

Malagasy, Antankarana: Bible for 1 Corinthians, 1 John, 1 Peter, 1 Thessalonians,
1 Timothy, 2 Corinthians, 2 John, 2 Thessalonians, 3 John, Colossians, Ephesians,
Galatians, Hebrews, James, Jude, Luke, Mark, Matthew, Philemon, Philippians,
Revelation, Romans, Titus
Formatted for Translators

©2022 Wycliffe Associates

Released under a Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Bible Text: The English Unlocked Literal Bible (ULB)

©2017 Wycliffe Associates

Available at <https://bibleineverylanguage.org/translations>

The English Unlocked Literal Bible is based on the unfoldingWord® Literal Text, CC BY-SA 4.0. The original work of the unfoldingWord® Literal Text is available at <https://unfoldingword.bible/ult/>.

The ULB is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Notes: English ULB Translation Notes

©2017 Wycliffe Associates

Available at <https://bibleineverylanguage.org/translations>

The English ULB Translation Notes is based on the unfoldingWord translationNotes, under CC BY-SA 4.0. The original unfoldingWord work is available at <https://unfoldingword.bible/utn>.

The ULB Notes is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

To view a copy of the CC BY-SA 4.0 license visit <http://creativecommons.org/licenses/by-sa/4.0/>

Below is a human-readable summary of (and not a substitute for) the license.

You are free to:

Share — copy and redistribute the material in any medium or format. Adapt — remix, transform, and build upon the material for any purpose, even commercially.

The licensor cannot revoke these freedoms as long as you follow the license terms.

Under the following conditions:

Attribution — You must attribute the work as follows: "Original work available at <https://BibleInEveryLanguage.org>."

Attribution statements in derivative works should not in any way suggest that we endorse you or your use of this work.

ShareAlike — If you remix, transform, or build upon the material, you must distribute your contributions under the same license as the original. No additional restrictions — You may not apply legal terms or technological measures that legally restrict others from doing anything the license permits.

Notices:

You do not have to comply with the license for elements of the material in the public domain or where your use is permitted by an applicable exception or limitation.

No warranties are given. The license may not give you all of the permissions necessary for your intended use. For example, other rights such as publicity, privacy, or moral rights may limit how you use the material.



Matthew

Chapter 1

¹ Bokin'ny razam-ben'i Jesosy Kristy Zanakan'i Davida, Zanaka Abrahama. ² Abrahama Baban'i Isaka, aviô Isaka Baban'i Jakoba, aviô i Jakoba koa baban'i Joda ndraiky irô ralahiny. ³ Joda Baban'i Fareza ndreky i Zara baka tami n'ny Tamara, Fareza Baban'i Herzona, aviô Herzona Baban'i Rama. ⁴ Rama Baban'i Aminadaba, aviô Aminadaba Baban'i Nasona, aviô Nasona Baban'i Salmona. Salmona baban'i Boaza tamin'ny ⁵ Rahaba, Boaza baban'i Obeda tamin'i Rota, Obeda baban'i Jese. ⁶ Aviô Jese baban'i Davida mpanjaka, Davida baban'i Solomona boaka tamin'ny vadin'i Oria. ⁷ Solomona baban'i Rehoboama, Rehoboama baban'i Abia, aviô Abia baban'i Asa. ⁸ Asa baban'i Jaosafata, aviô Jaosafata baban'i Jorama, aviô Jorama baban'i Ozia. ⁹ Ozia baban'i Jotama, Jotama baban'i Ahaza, Ahaza baban'i Hezekia. ¹⁰ Hezekia baban'i Manase, Manase baban'i Amona aviô Amona baban'i Josia. ¹¹ Josia baban'i Jekonia ndraiky irô ralahany tamin'ny fotoagnan'ny fandrohagna ho agny Babylona. ¹² Tafaran'ny fandrohagna handeha Babylona, kay Jekonia baban'i Sealtela razam-ben'i Zerobabela. ¹³ Zerobabela baban'i Abihoda, Abihoda baban'i Eliakima, aviô Eliakima baban' Azora. ¹⁴ Azora baban'i Zadoka, Zadoka baban'i Akima, aviô Akima baban'i Elihoda. ¹⁵ Elihoda baban'i Eliazara, Eliazara baban'i Matama, aviô Matama baban'i jakoba. ¹⁶ Jakoba baban'i Josefa vadiny Maria, araiky niteraka i Jesosy igny, na koa kahiantsika amin'ny agnaragna hoe Kristy. ¹⁷ Irô taranaka jiaby nanomboko tamin'i Abraham ndraiky jusqu'à tamin'i Davida zegny taranaka efatra ambin'ny folo, nanomboko tamin'i Davida jusqu'à tamin'ny fandroagna ta babylona taranaka efatra ambin'ny folo koa, aviô nanomboka tamin'ny fandroagna ta babylona jusqu'à tamin'i kristy, kay taranaka efatra ambin'ny folo hafa koa. ¹⁸ Karaha ty zaka nitranga tamin'ny fahaterahan'i Jesosy Kristy. I Maria mamany efa natao hanambady i Josefa, Kanefa talohan'ny niarahan-drô roé, hita izy fa nitoe-jaza baka tamin'ny Fanahy Masigny. ¹⁹ Josefa, vadiny, tegna lelahy marigny salakady sy tia angala baraka izy ampahabemaso. Kay nanapa-kevitra izy tsy hamaragna mangingina ny fifanekenany taminany. ²⁰ Aviô tamin'izy mbola nieritreritra makasika zaka jiaby igny, nihoaka tamin'ny nofinany anjelin'ny Tompo, nagnambara izy karaha ty hoe: "Josefa, zanaka lahin'i Davida, aza mavoza anao amin'ny anagalanao i Maria ho vadinao, satria agnatiny ao araiky nitorontoroegna tamin'ny Fanahy Masigny salakady nampitoetra izy. ²¹ Hitairaka lahy izy, aviô agnaranany ataonao hoe Jesosy, fa izy io hamonjy olonany mba hiala amin'ny fahotan-drô." ²² Raha jiaby zegny tsy maintsy hitranga mba hatantairaka raha nambaran'ny tompo tamin'ny alalan'ny mpaminaniny, magnano hoe: ²³ "Ity virjiny hitoe-jaza kay hitairaka tsaiaky lelahy hely, aviô irô hikaiky agnaranany Imanoela" zegny midika hoe: "Amintsika zagnahary." ²⁴ Taitry tamin'ny toromasonany i Josefa aviô nagnano raha karaha nandidiany anjelin'ny tompo izy aviô nampiakatra izy mba ho vadiny. ²⁵ Kanefa tsy niaraka taminany izy mandram-piterany tsaiaky lelahy hely io. Aviô nataony Jesosy agnaranany.

Chapter 2

¹ Tafaran'ny nahateran'i Jesosy ta Betlehemana i Jodia salakady mbola tamin'ny andron'i Heroda mpanjaka, navy tao Jerosalema irô lelahy manam-pahaizagna baka tagny atsignanagna nagnambara hoe: ² "Aia tsaiaky tairaka ho mpanjakan'ny jiosy zegny? Nahia lakintagna baka ta tsignanagna zahay kay navy mba hidera izy." ³ Izikoa fa naregny zegny i Heroda mpanjaka, nangôrohôro izy mbakan'i Jerosalema jiaby niaraka taminany. ⁴ Nandesin'i Heroda niaraka irô loha mpisorogno jiaby ndraiky irô mpanoro-dalagnan'olo, aviô nagnontany irô izy: "Aia mba tany hiteran'i Kristy?" ⁵ Nambarandrô taminany hoe: Agny Betlehemana i Jodia, fa karaha ty nisoratiny mpaminany hoe: ⁶ "Fa anao, Betlehema, agny amin'ny tanin'ny Joda, tsy tegna hely amindrô mpitondran'i Joda, fa aminao hitongavan'ny mpanapaka iambigny oloko Israely." ⁷ Aviô nikahian'i Heroda antsokosoko irô lelahy manam-pahaizagna aby io mba hagnontany irô mazava tsara nibohandô lakintagna aby io. ⁸ Nalefany tagny Betlehema irô, magnano hoe: "Mandihana aviô fôtôry tsara amin'ny tsaiaky. Izikoa fa hitanarô izy, agnambarà zaha mba afako andaiha agny koa ndraiky hidera izy." ⁹ Tafaran'ny nagniraisan-drô mpanjaka, aviô nandaiha tamin'ny lalagna irô, aviô zay lakintagna hitandrô ta tsignana talohandrô mandra-pijanony tagnambon'ny plasy nisy tsaiaky. ¹⁰ Izikoa fa nahita lakintagna irô, ravoravo tamim-pifaliambe ¹¹ Niditry tagnatiny tragno irô aviô nahita tsaiaky ely niaraka tamin'ny maria mamany. Niankôhoko ndraiky nidera izy iro. Nagnaokatra plasiny fanagnanan'dro irô avio nagnamia volamena, dintin-kakazo mangitry ndraiky miora aminany. ¹² Nampitandremin'ny tamin'ny nofin-dRagnahary baika irô tsy ipody amin'ny Heroda, kay lalagna hafa nandianandro nagnantogno firenenanany aby. ¹³ Izikoa fa loso irô, nisy anjelin'ny Tompo nihoaka tamin'i Josefa tamin'ny alalan'ny nofy aviô nivolagna karahty: "Mifohazà anao, mandianà andaisa tsaiaky io draiky mamany, aviô milifasa agny Egypta. Mipetraka agny mandra-pagnambarako aminao, fa i Heroda mitady tsaiaky io mba hamonoany izy." ¹⁴ Tamin'ny aligny igny fo i Josefa nifoha salakady nitondra ny tsaiaky draiky ny mamany kay nandeha tagny Egypta. Mipetraka tagny irô mandra-pahafatin'i Heroda. ¹⁵ Izegny nagnatanteraka raha nambaran'ny Tompo tamin'ny alalan'ny mpaminany hoe: "Hikahiako hiala tagny Egypta ny zanako" ¹⁶ Aviô i Heroda, izikoa fa nahita fa avoafitaka-ndrô lelahy manampahaizagna io izy, kay neloko farany mare. Salakady nagniraka olo fekin'ny izy amono tsaiaky lelahy jiaby latsaka taogno aroe midotro ta Betlehema ndraiky tamin'ny faritra jiaby igny, araka fotoagna nifotorany mazava tamin'ny dro lelahy manam-pahaizagna. ¹⁷ Aviô tantairaka volagna nambarany tamin'ny alalan'i Jeremia mpaminany hoe: ¹⁸ Nisy fiôho regny ta Rama, fitomagnagna ndraiky fisaonam-be, nitomagny nohon'ny zanany i Rahely, aviô tsy nagneky ampangigniny izy, satria fa

lôso irô." ¹⁹ Lairaka fa naty i Heroda, tiô amin'izaigny fa nisy anjelin'ny tompo niboaka tamin'i Josefa tagny Egypta tamin'ny agninyfôy kay nivolagna karaha ty: ²⁰ "Mifohazà avio andaisà zaza ndraiky mamany kay mandihanà agny amin'ny taniny Isarely, satria fa naty irô olo hitady amono tsaiaky io." ²¹ Nifaoha i Josefa, nandesiny zaza ndraiky mamany aviô nandaiha tagny amin'ny tanin'Israely. ²² Fa izikoa fa regniny fa i Arkelaosy nanjaka tagny Jodia nandimby i Heroda babany, mbola navôzo fo izy andaiha agny. Tafarany Zagnahary nampitandrigny izy tamin'ny nôfy. Niala nandaiha amin'ny faritra Galilia izy. ²³ Kay nandaiha aviô tamin'ny tanàna atao ho Nazareta. kay izegny nagnantantairaka raha nivolagniny tamin'ny alalan'drô mpaminany hoe: Nazarena fikahian-drô izy."

Chapter 3

¹ Tamin'ny andro zegny, nandaiha nitry tagny agnefatran'i Jodia i Jaona mpagnano batisa salakady nagnambara hoe: ² Mibebahà, fa efa marikity ny fanjakan'ny lagnitry." ³ Fa izy araiky nambaran'i Isaia mpaminany magnano hoe: "Misy feo araiky mikaiky agny agnefitry magnano hoe: "Amboara lalagnan'ny tompo, ahitsiho lalagnanany." ⁴ Aviô i Jaona nisikin'ny lamba volon-drameva ndraiky nagnano seintiry hoditra tamin'ny valagnany. Kidraidra ndraiky antely remby nataony anigninany. ⁵ Aviô Jerosalema, Jodia jiaby, aviô faritra jiaby magnodidigny tegnan- dragnon'i Jordana jiaby nagnantogno izy. ⁶ Kay nataony batisa tamin'ny tegnan-dranon'i Jordana irô jiaby, izikoa fa niaiky tamin'ny fahotagnanany. ⁷ Fa izikoa fa nahita irô fariseo ndraiky Sadoseo maomaro nagnantogno izy mbaika atao batisa izy, kay nivolagniny tamin'drô: ô taranaka menarana feno poison, azôvy nampitandrigny anarô hilaifa heloko zay mbola hoavy? ⁸ Mamohazà voaha miendrikin'ny fibabohana, Aviô aza misaigny hivolagna anankam-po hoe: "Managna Abrahama babanay zahay." ⁹ Fa ambarako mazava tsara aminarô fa Zagnahary zegny mavita manangana zanaka hoan'i Abrahama nata baka amin'andro vato aby io. ¹⁰ Aviô efa nampetraka am-pototrin' ny kakazo ny famaky. Kay irô kakazo jiaby zay tsy mamoha voany tsara hikapaigna abôko hatsipy agnatin'ny môtro. ¹¹ Magnano batisa anarô zaha amin'ny rano mba hibabohanarô. Fa araiky avy afarako ao tegna mahery lombolombon'ny zaha abaka iô tsy fanaoko zaha fekin'ny nata hitôndra kiraronany. fa Izy zegny agnana anaro batisa amin'ny fanahy Masigny ndraiky amin'ny môtro. ¹² Fa aifa aminy tagnanany fikororoagna agnadiovagna mololony ndraiky hamoriagna varinany agny amin'ny plasin'ny vary. Fa izy agnôro irô ankoihitry amin'ny môtro zay tsy mety maty." ¹³ Aviô Jesosy tagny Galilia kay navy tamin'ny tegnan-dragon'i Jordana mba ho ataon'i Jaona batisa. ¹⁴ Naifa i Jaona niaizaka nanakana izy, magnano hoe: "Tokony anao edy agnana batisa zaha, kanaifa anao ndraiky nagnaontogno zaha?" ¹⁵ Navalin'i Jesosy taminany hoe: Magnekeha zegny anao niany ty fa izegny mety amintsika agnantantairaka fahamarignanana jiaby." Aviô Jaona nagneky izegny. ¹⁶ Izikoa fa vita batisa Izy, directy fa niboaka tagnatiny rano i Jesosy, tio ny io fa nibiagna tamin'igny lagnitry. Hitany fagnahin-dRagnahary nidotro karaha pigeon avio nandaiha tagnambonany tio. ¹⁷ Abaka avio, nisy fiôho baka an-dagnitry nagano hoe: "Ity Zanako tiako. Zay tegna sitrako."

Chapter 4

¹ Avio i Jesosy nitaritin'ny fanahy handaiha agny an'efitry mba halain'ny devoly fagnahy. ² Izikoa fa baka nifady hanigny efapolo andro ndraiky efapolo aligny, kay silgno amin'izegny. ³ Nagnantogno izy mpangala fagnahy kay nivolagna taminany hoe: 'Izikoa Zanakan-dRagnahary marigny anao, volagnà mba hivadiaky môkary irô vato ty.'" ⁴ Fa i Jesosy namaly karaha ty, kay nagnano hoe taminany: "Karaha ty voasoratra ao: 'Tsy môfo kony mahavelogno olo io fa zay volagna jiaby ambaran-dRagnahary.'" ⁵ Aviô nandesiny setoany tagny amin'ny tanàna masigny kay napaitrany tagny amin'ny farantapan'ny tragnon-dRagnahary, ⁶ aviô nivolagna taminany hoe: "Izikoa zanakan-dRagnahary marigny anao, mitadatsahà agny ambany agny anao fa voasoratarà ao, Izy hagniraka irô anjely hitahy anao ndraiky hitsambo anao amin'ny tagnandro, baika vitinao tsy ho kogno vato.'" ⁷ Jesosy nagnambara izy: 'Mbola voasoratra agny fo koa: Tsy tokony hitsapa ny Tompo Zagnaharinao fekin'ny anao.'" ⁸ Nandesin'ny demony nandaiha amin'ny tany farany agnambo be izy naboakan'Izy fanjakana jiaby amin'ny donia ty ndraiky hatsaragna nany. ⁹ Nivolagniny taminany: "Raha jiaby io amiako anao, raha ohatra anao mankohoko alohako ndraiky midera zaha." ¹⁰ Avio Jesosy nagnambara taminany hoe: "Miala eto anao, ry demony! Fa efa voasoratra hoe: "Anao atao hidera Zagnahary, aviô Izy zaraiky fo hitompoagna.'" ¹¹ Abaka aviô fekin'ny nilaifa Izy demony, aviô igny fa nisy anjely navy ndraiky nanompo Izy. ¹² Izikoa fa regnin'i Jesosy fa voasambotra Jaona, nimpody tagny Galilia Izy. ¹³ Niala tagny Nazareta Izy, aviô nandaiha nipaitraka tao Kapernaony. Amin'ny sisin'ny ranomasigny Galilia, ndraiky amin'ny zara tanin'i Zebolona ndraiky Naftaly. ¹⁴ Izegny niboaka mba hatantairaka zaka jiaby nambaran'Isaia mpaminany hoe: ¹⁵ "Tanin'i Zebolona ndraiky tanin'i Naftaly, mandaiha amin'ny ranomasigny, agny an-dafin'i Jordana, Galilia hoandrô Jentilisa!" ¹⁶ Irô olo nipaitraka tamin'ny aizigny nahita fahazavagnam-be, aviô irô zaigny nipaitraka tamin'ny faritra ndraiky alokin'ny fahafatesagna, kay tamindro niboahany fahazavagna." ¹⁷ Avio tamin'ny izegny fotoagna zegny Jesosy nanomboko nitry teny ndraiky nivolagna hoe: "Mibabohà, fa efa marikity ny fanjakagna ny lagnitry." ¹⁸ Izikoa fa nandaiha tàry amin'ny sisin'ny ranomasigny Galilia Izy, nahita mpiralahy aroé, Simona kahiagna Petera, abaka iô Andrea ralahiny, nagnatopy haratondrô tàry amin'ny ranomasigny, satria mpagnarato irô io. ¹⁹ Nivolagnin'i Jesosy tamin'drô: Allô, agnaraka zaha, fa hataoko mpagnarato olo anarô." ²⁰ Tio ny io nialandrô harato aby igny kay nandaiha nagnaraka Izy. ²¹ Izikoa Jesosy mbala nandaiha fo nahita mpiralahy aroe hafa koa, Jakoba zanakan'i Zebedio, aviô Jaona ralahiny. Nagnamboatra haratony tagnatiny sambo irô niaraka tamin'i Zebedio babandrô. Nikaiky iro Izy. ²² kay tio ny io niala sambohelin'ny ndraiky babandro kay hagnaraka Izy. ²³ Nandaiha

eran'i Galilia i Jesosy, nampianatra tamin'ny synagogondro, nitory filazantsaran'ny fanjakana, aviô nitahy irô karazagna aretigny jusqu'a rôfy jiaby tamin'olo. ²⁴ Niboely eran'i Syria vaovao momba Izy, kay nindesindrô olo taminany irô olo marary jiaby, mararin'ny karazagna aretigny ndraiky fangirifiriagna, irô demoniaka, ndraiky mararin'ny aretim- borogno ndraiky paralyse. Nitahin'i Jesosy irô jiaby zegny. ²⁵ Vahoaka maro baka tagny Galilia, Dekapolisy, Jerosalema, Jodia aviô ny baka avy agny an-dafin'i Jordana nagnaraka Izy

Chapter 5

¹ Izikoa fa nahita irô vahoaka aby iô i Jesosy, nanonga tagnambon'ny bongo Izy. Aviô izikoa fa tafipaitraka Izy, Kay nagnatogno Izy irô mpianatranany aby iô. ² Nagnabiagna vavanany Izy aviô nampianatra irô, magnano hoe: ³ "Sambatra ny masikiny ara-pagnahy fa ninany ny fanjakan'ny lagnitry. ⁴ Sambatra irô misaona, fa hampiononigny irô. ⁵ Sambatra iro malemy fagnahy, fa irô igny handova ny tany. ⁶ Sambatra irô silôgno ndraiky sakaran'ny fahamarinagna, fa vokisagna irô igny. ⁷ Sambatra irô mpamindra fo, fa ahazo famindram-pô Koa irô igny. ⁸ Sambatra irô madio am-po, fa hahita Zagnahary iro igny. ⁹ Sambatra irô mpampihavagna, fa irô igny kahiagna zanaka Zagnahary. ¹⁰ Sambatra irô hiagniny boaka amin'ny fahamarignana, fa nindrô fanjakan'ny lagnitry. ¹¹ Sambatra anarô izikoa magniratsira anarô ndraiky magnejiky anarô olo, aviô mivolagna karazagna vandy jiaby hanohitry anarô boaka aminaka. ¹² Mifalia ndraiky miravoravohà, fa maventy valisoa azonarô agny an-dagnitry. Fa karaha zegny koa fomba nagniangnandrô irô mpaminany niaigny talohanarô. ¹³ Anarô zegny siran'ny tany. Fa izikoa sira najary matsatso, Kay amin'ny fomba akôry ampasira izy ndraiky? Tsy ho tsara na amin'ino na amin'ino eky izegny fa hariagna ndraiky hidiavin'ny vity olo ny sasany tavela. ¹⁴ Anarô fahazavagnan'ny donia ity. Irô tanàna miorigny amin'ny bongo igny fa tsy mety hasitriky eky. ¹⁵ Tsisy olo mampiretry jiro kay mametraka izegny agny ambanin'ny tognotogno, fa tsy maintsy amin'ny toeragna jiro fo, magnazava raha jiaby an-tragno izegny. ¹⁶ Ambilâ hazava ankilan'olo karaha zegny fomba zeny fahazavagnanarô baika ahitandrô asa tsara ataonarô aviô ankalazainy ny babanarô an-dagnitry agny. ¹⁷ Aza mieritreritry fa hoe avy handrava lalâgna na irô mpaminany zaha. Tsy avy hagnapotiky iro zaha, fa hagnantantairaka irô igny. ¹⁸ Fa volagniko marigny aminarô fa mandra-paharavan'ny lagnitry ndraiky tany, zegny tsy foagna amin'ny lalâgna nata litera araiky ndraiky tedron-tsaoratra araiky, mandra-pahatantairaka io raha jiaby igny. ¹⁹ Kay noho izegny, na azôvy na azôvy mandika nata farany hely amindrô didy aby iô ndraiky nampianatra ny hafa agnanao karaha zegny koa, kay zaigny hikahiagna ho farany hely agny amin'ny fanjakan'ny lagnitry. Fa na azôvy na na azôvy magnaraka ndraiky nampianatra irô donko hikahiagna tegnan'ny be agny amin'ny fanjakan'ny lagnitry. ²⁰ Fa volagniko aminarô fa Izikoa tsy mihoatra nohon'ny mpanoro-dalâgna ndraiky fariseo fahamarignanarô, zegny tsy hiditra agny amin'ny fanjakan'ny lagnitry fekin'ny anarô. ²¹ Efa regninarô fa voavolagna tamindrô fa ela: "Aza mamono olo, aviô na azôvy na zôvy olo mamono olo zegny kay tsy maintsy sazigny amin'ny fitsaragna. ²² Fa ambarako anarô tegna marigny, fa zaigny olo meloko jiaby amin'ny ralahinany zegny mendriky heloigny agny amin'ny fitsaragna, aviô na azôvy na azôvy mivolagna ralahinany hoe: 'Anao olom-poagna!' dia heloigna agny amin'ny filan-kevitra, aviô na azôvy na azôvy mivolagna hoe: 'Laifaka anao!' kay mendrika ho agny amin'ny ho agny amin'ny farihy misy môtro mirehitry. ²³ Noho izegny, izikoa anao raha ohatra magnatitry fagnatitry agnambon'ny alitara, kay tsaroanao fa managna alahelo aminao ralahinao, ²⁴ kay ambila akendriky alohan'ny alitara fagnatitranao, aviô mandihana lalagna mahitsy anao. Mivavahà akendriky amin'ny ralahinao, aviô mipodiana malaky salakady atairà ndraiky ka fagnatitranao. ²⁵ Mihavâgna malaky amin'ny mpagnampanga anao izikoa mbola miara-dihà aminany agny amin'ny fitsaragna, fandrao amin'ny mpagnapanga anao hitôndra anao agny amin'ny mpitsara, aviô ny mpitsara mety hitôndra agny amin'ny manam-boninahitra, kay atao agnatin'ny prison anao. ²⁶ Ambarako anaro tegna marigny, fa tsy afaka ao fekin'ny anao, mandra-mpagnifanao vola faran'ny hely amin'ny trosanao. ²⁷ Efa regninarô hoe: "Aza mijangajanga. ²⁸ Kanaifa ambarako aminarô fa zay olo jiaby mizaha viavy salakady mbola magniry izy fo, efa mijangajanga ao am-pony izy dikan'izegny. ²⁹ Izikoa manafitohnagna anao masonao ankavanagna, adosohà izegny aviô atsipia lavitra agny. Fa tegna tsara aminao izikoa ampahany araiky amin'ny vatagnanao tokony hirobatigny fa tsy tegnanao jiaby atsipy agny amin'ny heloko. ³⁰ Izikoa manafintohina anao tagnanao ankavanagna, tapahà izegny aviô atsipaza lavitra hiala aminao. Fa tegna tsara hoanao izikoa ampahany araiky amin'ny vatagnanao tokony ho very fa tsy tegnanao jiaby atsipy agny amin'ny heloko ³¹ Aviô efa voavolagna ao koa hoe: "Na azôvy na azôvy misaraka amin'ny vadiny, aoka izy agnamia taratasy fisaraham-panambadianagna." ³² Fa zaha ndraiky mivôlagna aminarô fa hoan'izay misaraka amin'ny vadiny, ankoatra boaka amin'ny fijangajangagna, kay dikan'izegny mampijangajanga izy. Na azôvy na azôvy manambady izy afaran'ny fisarahany ,mijangajanga fo koa izy. ³³ Aviô koa efa regninarô nambarany Ntaolo hoe: 'Aza mianiana amin'ny fianianana diso, fa andaisa agnatrehanao ny Tompo ny fianiananao.' ³⁴ Fa zaha ndraiky mivolagna aminarô, aza mianiana amin'ny zaka jiaby, nata amin'ny lagnitry aby, fa sezy fipetrahanao dRagnahary izegny; ³⁵ na amin'ny tany, fa fipetrahanao ny vitinany izegny ; na koa amin'ny Jerosalema, fa tanànan'ny mpanjaka maventy zegny. ³⁶ Aza misangy amin'ny lohanao, fa tsy afaka magnafotsy na koa magnajoby tapaka fagneva araiky anao. ³⁷ Fa aoka ny volagnanao ho, 'Ia,ia,' na 'Tsia, tsia.' Ze mihôtry Zay di baka amin'ilay ratsy. ³⁸ Regninarô fa voavôlagna hoe: "Maso solon'ny maso, aviô nify solon'ny nify." ³⁹ Fa zaha ndraiky mivôlagna aminarô hoe, aza manohitry ny ratsy. Fa kanaifa ndraiky, na azôvy na azôvy mitaifaka takaolagnanao ankavanagna, kay mba amaiza izy koa ny ilany. ⁴⁰ Aviô izikoa misy olo magniry hiaraka aminao agny amin'ny fitsaragna kay magnaindaka ny akanjonao, ambilâ ninazy agny fo koa lambanao. ⁴¹ Na azôvy na azôvy manery anao andaiha amin'ny lalagna kilometra araiky

,mandihana miaraka aminany amin'ny lalagna kilometra aroe.⁴² Amia zay mangataka aminao, aviô aza manda na azôvy na azôvy magniry hindragna aminao.⁴³ Efa regninarô fa voavôlagna hoe: 'Tsy maintsy mankatia mpiara-belogno aminao anao aviô mankahala ny fahavalonao.'⁴⁴ Fa ambarako marigny aminarô, tiava ny rafinao aviô mivavaha hoandrô olo magnejiky anao, [Fagnamarihagna: Ny dikan-teny taloha tegna tsara: "Misaora hoandrô olo magnozogno anarô, manaova tsara olo zay mankahala anao."]⁴⁵ mba hanjary ho loso zanaka babanaro agny an-dagnitra anarô. Fa Izy mampitsiriky masoandronany amin'ny ratsy ndraiky ny tsara, aviô mampilatsaka malegny amin'ny marigny ndraiky ny tsy marigny.⁴⁶ Fa izikoa irô olo tia anarô mba tiavananô koa, ino edy mba valisoa azonarô? Nata irô mpamoro mpantanty aby tsy magnano karaha zegny koa?⁴⁷ Izikoa ralahinarô zaraiky fo arabainarô, ino edy mba raha ataonarô mihoatra ny hafa ? Nata irô jentilisa aby iô tsy magnano karaha zegny?⁴⁸ Noho izegny, tsy maintsy tantairaka anarô. Karaha fagnatanterahan'ny babanarô zay agny an-dagnitra agny.

Chapter 6

¹ Mitandraima mba tsy agnany asan'ny fahamarignanarô ankilan'olo anaro baika ho hitandrô, fa izy koa tsy zegny tsy ahazo valisoa baka amin'ny babanarô agny an-dagnitry anarô. ² Kay baka amin'izegny izikoa fa magnamboaka fihantragna anarô, kay aza milaifa trompetra mitariky hafa karaha ataondrô mpiatsaravelatsigny agny amin'ny synagogo ndraiky amin'ny lalagna, kay mba mety ahazo fideragna'olo irô. Ambarako tsara aminarô, fa irô efa nahazo valisoandrô. ³ Fa izikoa fa magnamboaka fiantragna anarô, aza ataony hainy tagnanarô havia zay zaka jiaby ataony tagnanarô havanagna, ⁴ kay mba hamiagna mangiginy fanomezagnanarô. Aoka aviô babanarô mahita anarô mangiginy hamaly ny tsara anarô ⁵ Izikoa fa mivavaka anarô, aza atao karaha mpiatsaravelatsigny, fa irô tia mijoro ndraiky mivavaka amin'ny synagogo ndraiky amin'ny sisin'ny lalagna, kay mba mety ho hitan'olo. Ambarako tsara aminarô tegna marigny, fa irô aifa nahazo valisoanany aby. ⁶ Fa anarô izikoa fa mivavaka, midira amin'ny efity tragnonarô. Aviô afodia varavaragna, mivavaha amin'ny babanarô mangiginy. Abaka aviô babanarô zay mahita anarô amin'ny mangiginy hamaly tsara anarô. ⁷ Izikoa fa mivavaka anarô, aza magnano volagna maro tsisy ilavagna izy karaha atondrô Jentilisa amin'ny fiheverany fa ho regny irô nohon'ny volagna maro ataondrô. ⁸ Noho izegny, aza magnano karaha irô, fa Babanaro irô efa mahay irô zaka jiaby ilainarô alohan'ny angatahanarô aminany. ⁹ Noho izegny mivavaha karaty anarô: Rainay zay agny an-dagnitry, ho hamasigny anie agnaranao. ¹⁰ Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao ety antany tahaka ny any an-dagnitry. ¹¹ Omeo anay aniô ny haniginy sahaza hoanay. ¹² Mamela helokay, tahaka ny hamelanay zay meloko taminay. ¹³ Aviô aza mitondra zahay amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy." [Fahamarignana: Ny dikan-teny taloha tegna tsara: "Fa anao ny fanjakana sy ny hery aviô ny voninahitra mandrakizay. Amen."]¹⁴ Fa izikoa mamela hadisoan'olo anarô, dikan'izeny tsy hamela anarô fekin'ny koa i Babanarô zay agny an-dagnitry. ¹⁵ Fa izikoa tsy mamela hadisoagnandrô anarô, Kay tsy hamela hadisoagnanarô fekin'ny Babanarô. ¹⁶ Ankoatran'izegny, izikoa fa mifady haniginy anarô, aza mampiboaka fihetsiky mampalahelo karaha ataondrô mpiatsaravelatsihy, fa magnaratsy saora irô kay mba mety ho hitan'olo fa tegna mifady haniginy. Ambarako anarô tegna marigny, fa efa nahazo valisoany aby irô. ¹⁷ Fa anao izikoa fa mifady haniginy hisaora menaka lohanao aviô sasaha tsara saoranao, ¹⁸ kay mba tsy hitan'olo hafa fa mifady haniginy, fa amin'ny mangingigna fo, aviô Babanao izay mamela ao amin'ny mangingigna, hamaly tsara anao. ¹⁹ Aza mitana harenanarô aty an-tany, zay robatiny kalalao ndraiky harafesina, aviô idirandrô mpangalatra an-keriny kay angalatra. ²⁰ Kanefa ndraiky ampirima tsara fitaovagna narô agny an-dagnitry, zay tsy ho robakany kalalao ndraiky harafesina, aviô tsy hidirandrô mpangalatra an-keriny kay hangalatra. ²¹ Fa zay tany misy harenanarô, ipetrahany fonao koa. ²² Maso jiron'ny vatagna. Noho izegny, izikoa tsara masonao, dikan'izegny ho feno fahazavagna vatagna jiaby. ²³ Fa izy ndraiky koa ratsy masonao, ho feno haizigny vatagnanao jiaby. Noho izegny, izikoa maiizigny fahazavagna zay ao agnatinao amin'izidô, magnano akory ny haben'izegny haizigny zegny! ²⁴ Tsisy afaka hanompo Tompo aroe, fa hankahala araiky izy aviô hitia araiky, Izikoa tsy zegny hagnamia tegnanany amin'ny araiky kay hankahala araiky hafa koa. Anao zegn tsy afaka hanompo Zagnahary ndraiky harena. ²⁵ Noho izegny ambarako anarô, fa aza miahiahy momba aigninarô, zay hohaninarô na zay higianarô na momban'ny vatagnarô, zay hitafianarô. Fa tsy maventy nohon'ny sakafo mba ny fiainagna, aviô ny vatagana maventy noho ny fitafiagna? ²⁶ Zahava irô vorôgno amin'ny habakabaka. Irô igny tsy mamafy na mijinja na mamory amin'ny plasin'ny vary, fa i Babanarô zay agny an-dagnitry mamahagna irô igny. Tsy sarobidy mihoatra noho irô mba anarô? ²⁷ Azôvy aminarô afaka agnampy hakio araiky amin'ny andro hiaignany amin'ny fanahiaigna? ²⁸ Nagnino anarô miahiahy momba ny fitafiagnanarô? Eritrereto ny momban'ny lilia agny amin'ny lohasaha, akory fagniriandrô igny. Tsy mba miasa mba irô igny, aviô tsy mamoly fitafiagna. ²⁹ Ambarako anarô fa na i Solomona aza amin'ny voninahiny jiaby tsy nitafy karaha araiky amin'dro. ³⁰ Izikoa ampitafian-dRagnahary karaha izegny ahitra agny an-tsaha, zay olo jiaby misy amin'ny andra niany na amaray hatsipy agny am-patagna, ka karaha akory ampitafiagna anaro bebe kokoa, anaro ry hely finoagna? ³¹ Noho izegny aza miahiahy kay mivolagna magnano hoe: 'Ino ny higianay?' na koa: 'Ino fitafiagna anaovanay?' ³² Fa irô jentilisa mitady irô zaka jiaby io, aviô Babanarô zay agny an-dagnitry mahay fa mila irô anarô. ³³ Fa tadiava akendriky ny fanjakany ndraiky ny fahamarignany hamiagna anarô irô zaka jiaby iô. ³⁴ Noho izegny, aza miahiahy ny amaray, fa ny amaray hagnahy izy. Ampy hoandrô tsy araiky araiky ny ratsy aminany.

Chapter 7

¹ Aza mitsara, mba tsy hotsaraigna anarô. ² Fa amin'ny fitsaragna nataonarô fo koa hitsaragna anarô, abaka aviô amin'ny fandrefesagna andrefesananarô fo koa handrefesagna anarô. ³ Nagnino anao mizaha tapany mololo hely agnatiny mason'ny ralahinao, kanefa tsy tsikaritrinao vata-kazo agnatiny masonao? ⁴ Kay amin'ny fomba akory hivolagnanao amin'ny ralahinao hoe: 'Ambilâ zah agnadoso tapany mololo agnaty ny masonao,' kanaifa ndraiky vata-kazo mbola agnatiny ny masonao? ⁵ Hoanarô mpiatsaravelatsigny! Adosohà akendriky vata-kazo agnatiny masonao, aviô anao ahita tsara lairaka anao magnadoso tapany mololo amin'ny mason'ny ralahinao. ⁶ Aza amiagna amboa zaka masigny, aviô aza hatsipy alohan'ny lambo vatotsaranarô. Fa izikoa tsy zegny mety avoa dihany vitindrô, abaka aviô hifôtro ndraiky hanapatapaka anarô amin'ny tsijarany. ⁷ Mangatahà, mba amiagna anarô izegny. Matadiavà, mba hahita anarô. Dondogna fa ibiagna hoanarô izegny. ⁸ Fa hoandrô olo jiaby mangataka, ahazo izy; hoandrô olo jiaby mitady, ahita zegny; kay karah zegny koa hoan'drô olo mandondogno, hivahagna koa. ⁹ Sa azôvy aminarô, izikoa angatahan'ny zanany môfo, hagnamia vato izy? ¹⁰ Na koa angatahiny laoko, kay hagnamia izy bibilava? ¹¹ Noho izegny, izikoa anao ratsy, aza magnano mahay hagnamia irô fagnamaizagna tsara amin'ny zanakanarô, tsy be mihoatra ny zaka jiaby mba zaka tsara amian'i Babanarô araiky an-dagnitry agny ho an'drô zay mangataka aminany? ¹² Noho zegny, na ino na ino zaka tianarô hataon'olo amin'ny vatagnanarô, kay tokony agnanao karaha zegny amin'ndrô fo koa anarô, fa izegny lalâgna ndraiky irô mpaminany. ¹³ Midirâ amin'ny varavaragna tery. Fa be varavaragna salakady malalaka lalâgna mitôndra agny amin'n fahaverezagna, aviô maro irô olo mandaiha amin'izegny. ¹⁴ Fa tery varavaragna salakady sarotra lalâgna mitarika mandaiha amin'ny fiainagna, aviô vitsy irô olo mahita izegny. ¹⁵ Mitandrimâ amin'ndrô mpaminany sandôko, zay nagnantôgno anarô amin'ny sikin'ny ondrikôndrika kanaifa amboadia tegna mpagnano la chasse. ¹⁶ Amin'ny alalan'ny voany hahazanarô irô. Mitsôngo raisin amin'ny fatsiky mba olo, na koa aviavy amin'ny songosongo? ¹⁷ Mitovy amin'izegny, kakazo tsara jiaby mamokatra voany tsara, fa kakazo ratsy, mamoha voa ratsy koa. ¹⁸ Ny kakazo tsara tsy afaka hamoha voany ratsy, na koa kakazo ratsy tsy afaka mamoha voany tsara. ¹⁹ Zay kakazo jiaby tsy mamoha voany tsara, dikan'izegny kapaigina aviô hatsipy agny agnatiny motrô. ²⁰ Kay noho zegny, ho hainarô irô zaka jiaby zegny amin'ny alalan'ny voany. ²¹ Tsy olo jiaby mivôlagna aminaka: 'Tompo, Tompo,' kay hiditry amin'ny fanjakan'ny lagnitry, fa irô zay magnano sitrapon'ny Babako zay agny an-dagnitry. ²² Maro irô olo mivôlagna aminaka amin'izegny andro zegny hoe: 'Tompo, Tompo, fa tsy efa naminany tamin'ny agnaranao mba zahay, tsy raha efa namoaka irô demonia tamin'ny agnaranao, aviô nagnano irô asa be tamin'ny agnaranao?' ²³ Aviô zaha magnambara amindrô ampahabemaso hoe: 'Tsy nahay anarô fekin'ny zaha! Miala lavitry zaha fekin'ny, arô mpagnano ratsy!' ²⁴ Noho izegny, irô jiaby zay maregny volagnanaka aviô magnaraka izegny, kay karaha olo misy jery nagnorogno tragnonany agnambon'ny vatolampy. ²⁵ Latsaka malegny, aviô navy rano be aviô nandrofo ndraiky namely mare ny tsiko, fa tsy nianjera izany, satria nagnorogno teo agnambon'ny vatolampy. ²⁶ Fa anarô olo jiaby maregny vôlagnanaka zegny kay mbola tsy magnaraka izegny dikan'izegny karaha olo adala magnôrôgno tragnonany agnambony jia. ²⁷ Latsaka malegny, aviô navy rano-be, aviô nanjôfo ndraiky namely mare tamin'ny tragno tsiko, kay raotsaka izegny, aviô niafara tamin'ny faharavany." ²⁸ Aviô izikoa fa baka nagnambara irô vôlagna iô i Jesosy, gaga tamin'ny fampianarany irô vahoaka, ²⁹ satria nampianatra irô karaha olo managna fahefagna Izy, fa tsy karaha irô mpanora-dalagnan-drô.

Chapter 8

¹ Izikoa fa nidotro baka tamin'ny bongo i Jesosy, nagnaraka izy irô vahoaka maro aby io. ² Igny fa nisy olo boka araiky nagnantôgno Izy aviô nitsaoka tâlohanany, nagnano hoe: "Tompo, izikoa mba sitrakanao, asà mba afaka magnadio zaha anao." ³ Namavatra tagnany i Jesosy aviô nikasiky izy, nagnano hoe: "Sitirako. Midiovà." Tiô ny iô nadio tamin'ny fahabokany izy. ⁴ Nambaran'i Jesosy taminany: "Aoka anao tsy hivôlagna na ino na ino na amin'jôvy na amin'jôvy. Mandianà amin'ny lalagnanao, kay ambohà amin'ny mpisorôgno tagnanao aviô amaiza fagnatitra karaha nandidian'i Mosesy, mba hifijoroagna vavolombelogo amindrô." ⁵ Izikoa fa niditry tao Kaopernaomy i Jesosy, kay nagnantogno Izy kapitainy araiky aviô nagnontany Izy, ⁶ nagnano hoe: "Tompo, mandry ao an-tragno mpanompoko fa malemy aviô ao agnantin'ny fagnantaitaigana mafy." ⁷ Nambara'i Jesosy taminany hoe: "Hoavy zaha aviô hagnajanga izy." ⁸ Namaly i kapitainy aviô nagnano hoe: "Tompo, tsy mendriky zaha tokony hidiranao ambany tafon-tragnonaka, mivôlagna fo anao amin'ny vôlagna igny fa directy janga mpanomponaka. ⁹ Fa zaha ndraiky koa lelahy zay ambany fahefagna aviô, aviô zaha managna miaramila feheziko Koa. Zaha ziô nivôlagna amin'ny araiky hoe: 'Mandihana,' directy fa mandaiha edy Izy, aviô amin'araiky hafa koa: 'Avia,' directy fa nagnantôgno edy koa izy, aviô amin'ny mpanompoko hoe: 'Ataova izegny, Kay ataony koa.'" ¹⁰ Izikoa fa regnin'i Jesosy izegny, gaga Izy aviô nivôlagna tamin'ndrô zay nagnaraka Izy: "Ambarako marigny aminarô, fa tsy mbola nahita olo nanam-pinoagna karaha izegny Zaha teto Israely. ¹¹ Ambarako anarô, fa maro ny baka agny atsignanagna ndraiky baka agny andrefagna ho avy, aviô irô igny hipaitraka amin'ny latabatra miaraka amin'i Abrahama, Isaka aviô Jakoba, lera agny amin'ny fanjakan'ny lagnitry. ¹² Fa irô zanaka ny fanjakana hatsipy agny abadikan'ny aizigny lavitra be agny, zay hisy fitomaniagna ndraiky fikitrohanify." ¹³ Nambaran'i Jesosy tamin'ny kapitainy hoe: "Mandiana! Araka ninoanao, kay aoka izegny hatao hoanao." Aviô janga tamin'ny fotoagna zegny koa lay mpanompo. ¹⁴ Lairaka i Jesosy niditry tamin'ny tragnon'i Petera, kay nahita rafozam-bavin'i Petera nandry salakady naranin'ny tazo. ¹⁵ Nikasan'i Jesosy tagnanany, aviô niala taminany directy tazo igny. Kay nitsangana izy aviô nanomboko hagnamia hanigny Izy. ¹⁶ Lairaka tamin'ny andra hariva, maro irô nofehezin'ny demony ndraiky nandesin'olo tamin'i

Jesosy tiô. Nandroaka irô fagnahy tamin'ny vôlagna Izy aviô nagnajanga irô jiaby narary igny. ¹⁷ Kay karaha zegny nahatantairaka zaka nambaran'i Isaia mpaminany, nagnano hoe: "Izy tegnany nangala faharariantsika ndraiky hitôndra irô aretintika." ¹⁸ Aviô izikoa fa hitan'i Jesosy irô vahoaka nagnodidigny Izy, nagnamia toromarika mba hialagna arÿ ampitan'ny ranomasigny Galilia Izy. ¹⁹ Aviô mpanoro-dalàgna araiky nagnantogno Izy aviô nagnano hoe: "Ô mpampianatra, hagnaraka anao zaha na aiza na aiza andihananao." ²⁰ Nambaran'i Jesosy taminany hoe: "Ny amboahaolo manan-davaka, aviô irô voron'ny lagnitry managna akany, fa ny zanak'olo tsy managna na aiza na aiza ampandriany lohany." ²¹ Araiky hafa tamin'andrô mpianatra aby iô nivolagna taminany hoe: "Tompo, zaha ambilâ akendriky andaiha aviô andevigny babako." ²² Nambaran'i Jesosy taminany hoe: "Mangnaraha zaha, aviô ambilâ ny maty andevina ny maty aminany zaraiky." ²³ Izikoa fa niditry tamin'ny sambohely araiky io i Jesosy, nangataka Izy tao agnatin'io irô mpianatranany. ²⁴ Igny, fa nisy tafio-drivotra mahery nitranga tio amin'ny ranomasina, Kay rakotry ny onja ny sambo. Fa resin-tory jesosy. ²⁵ Nandaiha taminany irô mpianatra aviô namoha Izy, nagnano hoe: "Vonjeo atsika e, Tompo; ho faty isika!" ²⁶ Nambaran'i Jesosy tamin'andrô hoe: "Nagnino anarô mavozo, arô hely finoagna?" Kay nitsangana Izy aviô nivolagna maré ny tsiko ndraiky ny ranomasigny. Kay nisy fitoniagna be avy tio. ²⁷ Gaga irô lehilahy aviô nivolagna hoe: "Fa Karazagna lehilahy ino ity, fa nata ny tsiko ndraiky ranomasignyza mankatoa Izy?" ²⁸ Izikoa fa tagny ampitâ ndraiky tiô amin'ny tanànan'ny Gadarenesa i Jesosy, Kay nisy lehilahy aroé zay nifehezin'ny demonia nifanojo taminany. Irô niboaka baka tagny amin'andrô fasagna aviô tegna nahery setra, noho izegny tsy nisy mpandaiha afaka nandalo tamin'ny lalagna izegny. ²⁹ Igny fa, nihiakiaka mafy irô aviô nagnano hoe: "Mpifagnino aby mba zahay ndraiky anao, ô ry zanakan-dRagnahary? Navy eto mba anao hampihorihory zahay alohan'ny fotoagna voatôndro?" ³⁰ Aviô nisy andian'ny lambo maromaro nihinagna tiô, tsy dia lavitra irô tiô loatra. ³¹ Mbola niangavy i Jesosy fo irô demonia aviô nagnano hoe: "Izikoa nandroaka zahay anao, Kay alefasa agny agnatin'dro andian'ny lambo iô zahay." ³² Nambaran'i Jesosy tamin'andrô hoe: "Mandihana!" Kay niboaka tamin'andrô irô demonia nandaiha tamindrô lambo aby iô; aviô igny fa, irô andiany jiaby nirifatra nidôtsy ny bongo mideza nandaiha an-dranomasigny aviô maty tagny agnaty rano irô. ³³ Irô zay nikarakara irô lambo iô nilomay aviô nandaiha amin'ny tanàna irô ndraiky nitantara zaka jiaby, aviô surtout irô zaka jiaby nitranga tamin'andrô lelahy nifehezin'ndro demonia. ³⁴ Igny fa, niboaka irô tagny amin'ny tanana jiaby mbaika hifanojo amin'i Jesosy. Izikoa fa hitan'andrô Izy, nangataka Izy mba iala ny faritan'andrô.

Chapter 9

¹ Niditry tagny amin'ny sambohely i Jesosy, niampita, aviô navy tagny amin'ny tanàgnanany. ² Igny, fa nisy lelahy mararin'ny paralisisa nandry tiô amin'ny fandriagna nandesin'andrô taminany. Izikoa fa nahita finoagnan'andrô, kay nambaran'i Jesosy tamin'ny lelahy araiky mararin'ny paralisisa hoe: "Zanako, aoka anao hifaly. Efa avoavela helokonao." ³ Igny, fa ny sasany tamin'andrô mpanoro-dalàgna nagnano anakampo hoe: "Mivôlagna ratsy iô lelahy iô." ⁴ Hain'i Jesosy eritreritrin'andrô aviô nivôlagna hoe: "Nagnino anarô mieritreritry ratsy ao am-ponarô?" ⁵ Fa azôvy taigna moramora mivôlagna izy hoe: 'Voavela helokonao,' sa mivôlagna hoe: 'Mitsangana kay mandihana?' ⁶ Fa mba ho hainarô fa ny Zanak'olôgno managna fahefagna hamela heloko eto ambonin'ny tany,... Izy nagnambara tamin'lay mararin'ny paralisisa: "Mitsangana, hidrona fandraganao, avio mandihana agny an-tragnonao." ⁷ Aviô nitsangana lelahy iô aviô nandaiha ta tragnonany. ⁸ Izikoa fa nahita izegny irô vahoaka iô, gaga irô aviô nidera dRagnahary, zay nagnamia fahefagna karaha izegny hoan'olo. ⁹ Aviô izikoa niala tiô i Jesosy, kay nahita lelahy nikaiagna hoe Matio Izy, zay nipetrekta tamin'ny lain'ny famoriagna hetra. Izy nivolagna taminany hoe: "Magnaraha zaha." Nitsangana izy nagnaraka Izy. ¹⁰ Aviô izikoa fa nipaitraka hihinagna ta tragno Jesosy, igny fa mpamory hetra ndraiky olo mpanota maro navy aviô niaraka nihinagna tamin'i jesosy ndraiky irô mpianatranany. ¹¹ Izikoa fa nahita izegny irô fariseo, nivolagna tamin'andrô mpianatranany irô nagnano hoe: "Nagnino mpampianatranaro miaraka mihinigna amin'ny mpamory hetra ndraiky olo mpanota?" ¹² Izikoa fa naregny izegny i Jesosy, nivolagna Izy nagnano hoe: "Ny olo matanjaka ara-batagna tsy mila mpitsabo, fa irô zay marary fo." ¹³ Tokony mandaiha mianatra anarô midika hoe: 'Famindram-po iriako fa tsy sôrôgno.' Fa navy zaha, tsy hikaiky irô marigny hibaibaka, fa irô mpanota. ¹⁴ Aviô navy tiô nagnantogno irô mpianatran'io fa tsy mifady ? ¹⁵ Nambaran'i Jesosy tamin'ndro: "Mety malahelo mba irô havan'ny mpampakatra, izikoa mbola miaraka amin'andrô ny mpampakatra? Fa hoavy andra angalan'ny mpampakatra amin'ndro, kay amin'izegny irô vao hifady hanigny." ¹⁶ Tsary nisy olo magnampigny akanjo tonta amin'ny tapaka lamba vaovao, fa tampigny handrovitry lamba, aviô hisy triatra ratsy lavitra. ¹⁷ Tsary misy olo magnisy divay vaovao agnatiny siny hoditra tonta. Izikoa magnano izegny irô, kay ho triatra ny siny hoditra, ho raraka ny divay aviô ho potika ny siny hoditra. Fa kanaifa ndraiky, magnisy divay vaovao agnatiny siny hoditra vaovao irô, aviô ho voatahiry izy aroé." ¹⁸ Izikoa mbola nivolagna zaka jiaby izegny tamin'andrô i Jesosy, igny fa, nisy manam-pahefagna araiky navy kay nankohoko taminany. Nivolagna izy nagnano hoe: "Maty zioty zanaka vavy, fa mavia aviô apitraho amin'ny taghanao, fa ho velogno izy." ¹⁹ Abaka aviô nitsangana Jesosy aviô nagnaraka izy, nagnano karaha zegny koa irô mpianatranany. ²⁰ Igny fa nisy viavy araiky efa nandaiha liô nandritra ny aroé ambin'ny folo taogno, nandaiha tafaran'i Jesosy aviô nikasika tapany akanjonany. ²¹ Fa nivôlagna izy tamin'ny tegnany hoe: "Izikoa mahavoakasika lambanany fo zaha, mety ho janga." ²² Fa nitodiky Jesosy kay nahita izy, nivolagna nagnano hoe: "O zanako vavy, mahereza; ny finoagnanao nahajanga anao." Avio janga directy viavy iô nanomboka tamin'ny lera igny. ²³ Izikoa fa navy tagny amin'ny tragnon'i manam-pahefagna Jesosy, nahita irô mpitsoaka sodina ndraiky irô vahoaka

nitabataba be Izy. ²⁴ Nivolagna nagnano hoe Izy: "Mandihana, fa tsy maty i zaza viavy iô, fa mandry izy." Fa nitokiky Izy tamin'ny blague ndrô. ²⁵ Izikoa namboaka tagny ambadika ivailany vahoaka, niditra tagny agnefitra Izy aviô nangala izy tamin'ny tagnana, aviô nitsangana i razazavavy. ²⁶ Nalaza nagnairagna ny faritra jiaby ny vaovao momba izegny. ²⁷ Aviô izikoa fa niala tiô i Jesosy, nisy jamba aroé lahy nagnaraka Izy. Tsy nitsahatra nikaiky irô salakady nivolagna nagnano hoe: "Mamindra fo aminay, ry zanaka Davida!" ²⁸ Izikoa fa navy tao an-tragno i Jesosy, kay nagnantogno Izy irô lelahy jamba. Nambaran'i Jesosy tamin'ndro hoe: "Mino anarô fa mahay magnano izegny Zaha?" Nambaran'ndrô taminany hoe: "Eka, Tompo." ²⁹ Abaka aviô nikasihany i Jesosy mason'ndrô aviô nivolagna nagnano hoe: "Ho tantairaka aminarô araka finoagnanarô izegny," ³⁰ aviô nahiratra mason'ndrô. Abaka aviô Jesosy nandidy mare irô ndraiky nivolagna nagnano hoe: "Aoka mba tsy hoisy olo ahay momba zao." ³¹ Fa nandaiha irô aroé lahy kay nankalaza ny vaovao momba izegny magnerna faritra izegny. ³² Aviô izikoa fa nandaiha irô aroé lahy, igny fa nisy lelahy moah nipetrahany demony nandesigny tiô amin'i Jesosy. ³³ Aviô izikoa fa niboaka demony igny, nivolagna directy i lelahy moagna igny. Gaga aby vahoaka kay nivolagna nagnano hoe: "Tsy mbola fahita hatrizay tamin' Israely ity!" ³⁴ Fa nambaran'ndrô fariseo hoe: "Tamin'ny fanapahan'ndrô demony, namohany irô demony." ³⁵ Nandaiha nitety irô tanàna maventy ndraiky irô bongo jiaby i Jesosy. Nanohy nampianatra tagny amin'ndrô synagogan'ndrô Izy, nitory filazantsaran'ny fanjakana, ndraiky nagnajanga irô karazagna aretigny jiaby ndraiky irô karazagna fahararina jiaby. ³⁶ Izikoa fa nahita irô vahoaka Izy, nanagna fangoram-po tamin'ndrô, satria niahiahy ndraiky kivy irô. Karaha ondrikondriky tsisy mpiambigny igny irô. ³⁷ Nambarany tamin'ndrô mpianatranany hoe: "Maro ny vokatra, fa irô mpiasa no vitsy." ³⁸ Noho izegny mivavaha malaky amin'ny tompon'ny vokatra, mba andefasany mpiasa agny amin'ny vokatranany."

Chapter 10

¹ Nikahian'i Jesosy niaraka irô mpianatranany aroé ambin'ny folo aviô nagnamia irô fahefagna amin'ny fagnahy maloto, mba handroagna irô, ndraiky hagnajanga irô karazagn'aretigny ndraiky karazagna faharariagna jiaby. ² Indreto aby irô agnaran'ndrô apostoly aroé ambin'ny folo. Ny voalohany, Simona (izay kahiagna koa Petera), aviô Andreo ralahinany; Jakoba anaka lahin'i Zebede, ndraiky Jaona ralahiny; ³ Filipo, ndraiky Bartleomy; Tomasy, ndraiky Matio mpamory hetra; Jakoba zanaka lahin'i Alfeosy, ndraiky Tadeosy; ⁴ Simona lay Zelota, aviô Jodasy Iskariota, lay hamadiky Izy. ⁵ Nirahin'i Jesosy irô aroé ambiny folo. Nanôjo irô Izy aviô nivolagna nagnano hoe: "Aza mandaiha agny amin'ny toeragna zay hitoeran'ndrô Jentiissa anarô, aviô aza miditry amin'ny renivohitrana'ndrô samaritana. ⁶ Fa mandiana fo agny amin'ndrô ondrikondriky very amin'ny taranak'Israely; ⁷ Kay izikoa fa mandaiha anarô, mitoria aviô ambarao hoe: 'Efa tsy aila ny fanjakan'ny lagnitry.' ⁸ Jangaho ny marary, atsangano ny maty, diova irô boka, aviô roahy irô demonia. Araka nazahoanarô maimaimpoagna, magnamaiza maimaimpoagna koa. ⁹ Aza mitôndra volamena, volafotsy, na varahana agny amin'ny kitapom-bolanarô. ¹⁰ Aza mitôndra kitapom-batsy amin'izay handihanananarô, na fisikiny hafa, na kiraro, na tehina, fa ny mpiasa mendriky hahazo hanigninany. ¹¹ Na ino na ino tanàna maventy na tanàna madiniky hidiranarô, zahava zay mendriky ao, aviô mipitrahà agny mandra-pialanarô. ¹² Izikoa vao miditry amin'ny tragno anarô, miarabàha ao. Izikoa mendriky tragno, kay aoka ny fiadanagnanarô ho avy ao. ¹³ Fa izikoa fa tsy mendriky izegny, aoka ny fiadanagnanarô hipody aminarô. ¹⁴ Hoan'ndrô zay tsy mandray anarô na tsy mitandregny volagnanarô, ahitsano ny fotaka amin'ny vitinarô, izikoa fa miala amin'ny tragno zegny na amin'ny tanam-be zegny anarô. ¹⁵ Ambarako marigny aminarô, fa ho moramora kokoa amin'ny tanin'i Sodoma ndraiky Gomora amin'ny andro fitsaragna noho izegny tanam-be izegny. ¹⁶ Ign'y fa, handaifa anarô karaha ondrikondriky agnison'ny ambodia Zaha, kay misihà jery karaha ny menarana aviô tsy manan-tsigny karaha voromalala. ¹⁷ Mitandraima amin'ny folo! Hagnamia anarô amin'ny filan-kevitryn'ndrô, aviô hamôpoko anarô amin'ny sinagogan'ndrô. ¹⁸ Abaka aviô handesigny manoloagna ny governora ndraiky mpanjaka anarô nohon'ny aminaka, mba ho vavolombelognô hôandrô ndraiky hoandrô Jentilisa. ¹⁹ Izikoa nagnamia anarô irô, kay aza managnana ahiahy amin'ny akory na ino volagnindro, fa hagnamia anarô amin'ny fotoagna zay tokony hivolagniny. ²⁰ Fa tsy anarô hivolagna, fa tsy fagnahin'i babanarô hivolagnana aminaro ao. ²¹ Ralahy hagnamia ralahy ho amin'ny fahafatesagna, aviô ny baba ny zanany. Ny zanaka hitsangana hanohitry ny ray aman-dreniny kay hahatonga ny fahafatesagn'ndrô. ²² Ho alan'olo jiaby anarô nohon'ny amin'ny agnarako. Fa na azôvy na azôvy miharitry hatrimin'ny farany, kay ho voavonjy olo zegny. ²³ Izikoa magnenjiky anarô ao amin'io tanàna maventy irô, milifasa agny amin'ny magnaraka, fa ambarako marigny aminarô, fa tsy hahatapitry irô tananan'Israely alohan'ny havian'ny Zanak'Olo anarô. ²⁴ Ny mpianatra tsy maventy nohon'ny mpampianatra, na ny mpanompo ho agnambo nohon'ny tompony. ²⁵ Ampy ho amin'ny mpianatra izikoa avy karaha ny mpampianatranazy izy, aviô mpanompo karaha tompony. Izikoa nikahian'ndrô hoe Belzeboba tompon'ny tragno, ho ratsy lavitry karaha akory irô agnaragna hikahiagna irô isam-piankohonagna! ²⁶ Noho izegny aza mavozo irô, fa tsy hisy takony zay tsy hiboely, aviô zaka miafigny tsy ho hay. ²⁷ Zay ambarako anarô ao amin'ny maiizigny, ambaraho amin'ny andra mazava, aviô zay bisibisiky regninaro amin'ny sofigninarô, toria agny agnambon'ny tafon-tragno. ²⁸ Aza mavozo hoan'ndrô zay mamono vatagna kanaifa afaka mamono fagnahy. ²⁹ Fa kanaifa ndraiky, matahorà hoan'ndrô zay afaka mamotiky fagnahy ndraiky vatagna agny amin'ny heloky. ³⁰ Izo mba tsy vola madiniky hely hamarotana fody aroé? Fa tsy mbola misy na araiky amin'ndrô aby lavo amin'ny tany izikoa tsisy fahalalagnan'ny babanarô. Fa nata volovon-dohanarô aby voakonty. ³¹ Aza mavozo. Manan-danja bebe kokoa noho ny fody maro anarô. ³² Noho izegny, zay magnaiky Zah jiaby io agnatrehana'olo, ho ekeko fo eo agnatrehana'ny babako zay agny an-dagnitry. ³³ Fa zay manda zaha eo agnatrehana'ny olo fo, ho laviko koa eo anatrehan'ny babako zay agny an-dagnitry. ³⁴ Aza mieritreritry

fa zaha avy hitôndra fiadanagna eto an-tany.³⁵ Tsy avy mba hitôndra fiadanagna zaha, fa sabatra.³⁶ Fa navy zaha hagnasaraka ny zanaka lahy amin'ny babany, ndraiky ny zanaka vavy amin'ny reniny, aviô vinantovavy amin'ny rafozam-baviny. Irô zay ao an-tokantragnonany fo ho lôso fahavalon'olo.³⁷ Zay tia babany na mamany mihoatra zaha tsy mendriky zaha dikan'izegny; aviô zay tia mandilatra zanaka lahy na ny zanaka vavy mihoatra zaha, tsy mendriky zaha dikan'izegny.³⁸ Zay tsy mangala hazofijaliagnanany kay magnaraka zaha, tsy mendriky zaha dikan'izegny. Zay magnavotry aigniny hahavery izegny.³⁹ Fa zay mahavery aigniny nohon'ny aminaka hahita izegny.⁴⁰ Zay mangala anarô mandray zaha, aviô zay mandray zaha mandray lay nagniraka zaha fo koa.⁴¹ Zay mandray mpaminany satria mpaminany izy kay hahazo valisoan'ny mpaminany, aviô zay mandray olo marigny satria olo marigny izy kay hahazo valisoan'ny olo marigny.⁴² Na azôvy na azôvy magnamia araiky madiniky amin'izegny, nata rano manintsy araiky kapoaka higiagna aby, satria izy mpianatra, kay ambarako marigny aminarô fa, tsy ho very ny valisoanany."

Chapter 11

¹ Aviô izikoa fa baka nampianatra irô mpianatranany aroe ambin'ny folo Jesosy, niala aviô tiô Izy hampianatra ndraiky hitory agny amin'ny tananan'drô.² Aviô izikoa regnin'i Jaona tagny amin'ny prison ny momba irô asan'i Kristy, kay nandaifa hafatra tamin'ny alalan'ndrô mpianatranany izy,³ kay nivolagna izy nagnano hoe: "Anao mba olo araiky Zay hoavy, sa tôkony nitady hafa zahay?"⁴ Jesosy namaly aviô nivolagna irô nagnano hoe: "Mandihàna aviô ambaraamin'i Jaona zaka hitanarô ndraiky regninarô."⁵ Mahazo fahitagna irô jamba, mandaiha irô malemy, diovigny irô boka, maregny indraiky irô maregniny, atsangan-ko velôgno irô olo maty, aviô agnambaragna irô vaovao mahafaly ny masikiny.⁶ Sambatra zay tsy tafitohina noho ny aminaka."⁷ Izikoa fa nandaiha tamin'ny lalagna irô lelahy aby iô, nanomboko nagnambara ny momban'i Jaona tamin'ndrô vahoaka Jesosy nagnano hoe: "Hizaha ino mba anarô niboahanarô tagny agnefatra__volotara tsofin'ny tsiko?"⁸ Kanaifa hizaha ino mba niboahanarô lelahy magnano fisikiny lafo vidy? Igny fa, irô za magnano fisikiny lafo vidy mipaitraka agny amin'ny tragnon'drô mpanjaka.⁹ Kanaifa hizaha inô mba antony niboahanarô mpaminany? Eka, mivolagna aminarô zaha, aviô mihoatra lavitry noho ny mpaminany.¹⁰ Izy araiky avoasaoratra magnano hoe: "Zahava, magniraka ny irakanaka zaha talohan'ny tavanarô, zay hagnamia ny lalagnanarô aloha narô."¹¹ Ambarako marigny aminarô, fa amin'drô zay nitirahan'ny viavy tsisy maventy noho i Jaona mpagnano batisa. Kanaifa olo tegna tsy manan-danja amin'ny fanjakan'ny lanitra maventy noho izy.¹² Nanomboko tamin'ny andron'i Jaona mpagnano batisa kay ziska amin'ny zio, kay miaritry herisetra fanjakan'ny lagnitry, aviô irô olo mahery setra mangala irô an-keriny.¹³ Fa iro mpaminany jiaby ndraiky lalàgna efa naminany ziska amin'ny Jaona;¹⁴ aviô izikoa sitrakanarô agneky izegny, Izy i Elia araiky ho avy.¹⁵ Zay manan-tsofigny ho andesigny mitandregny, aoka izy hitandregny.¹⁶ Amin'ino mba tokony hampitahako ity taranaka ity? Izegny karaha tsaiaky misaoma agny amin'ny tsaina, zay mipaitraka ndraiky mifampikaikaiky¹⁷ kay mivolagna magnano hoe: 'Nilaiifa sodina anarô zahay, fa tsy nitsindraka anarô. Nagnano hira fisaoragna zahay, fa tsy nitomagny anarô.'¹⁸ Fa i Jaona tsy navy directy nihinagna mofo na higiaka divay, kay nambaran'ndrô hoe: 'Managna demony izy.'¹⁹ Zanak'olôgno navy directy hihinagna ndraiky higiaka kay nambaran'ndro hoe: 'Zahava lelahy tendan-kanigny io salakady izy mamolava, naman'ndrô mpamory haitra ndraiky irô mpanota!' Fa fahendregna voamarigny tamin'ndrô asany."²⁰ Abaka Aviô Jesosy nanomboka nivolagna mare tamin'dro tanàgna zay nagnanaovany ny ankamaroan'ny asany mahagaga, satria tsy nibaibaka irô.²¹ "Loza hoanarô, Korazina! Loza hoanarô, Betsaida! Izikoa natao tagny Tyra ndraiky Sidona irô asa mahagaga zay natao teto aminarô, aifa ela nibaibaka tamin'ny lamba fisaonagna ndraiky lavenona irô.²² Kanaifa ho moramora bebekokoa amin'ny Tyra ndraiky Sidona amin'ny andron'ny fitsaragna mihoatra nohon'ny anarô.²³ Anarô Kapernaomy, mihevitra mba anarô fo hasandratra agny an-dagnitry? Tsia, ho entigny hidigny agny amin'ny heloko anaro. Satria izkoa tagny Sodoma natao irô asa mahagaga zay natao teto aminarô, mbola ho tavela izegny mandrak'iniany ty.²⁴ Kanaifa mivolagna aminarô Zaha fa ho mora bebekokoa hoan'ny tanin'i Sodoma ny andron'ny fitsaragna nohon'ny aminarô."²⁵ Tamin'ny fotoagna izegny Jesosy nagnambara nagnano hoe: "Midera anarô Zaha, Baba, Tompon'ny lagnitry ndraiky tany, satria Anao nagnasitriky irô zaka aby io tamin'ny olo hendry ndraiky mahalala, aviô nagnambara irô tamin'ndrô zay tsy nahalala, aviô karaha irô tsaiaky hely."²⁶ Eka, baba, satria izegny nahafinaritra tiô imasonao.²⁷ Zaka jiaby nankinigny taminaka avy amin'ny Babako; aviô tsary nisy nahay Zanaka afa tsy Baba, aviô tsary nisy nahay babany afa-tsy Zanaka, ndraiky zay fidian'ny Zanaka hagnambaragny Izy.²⁸ Mandihàna aty aminaka, anaro jiaby zay miasa ndraiky mitôndra mavesatra, amiako fitsaharagna anarô.²⁹ Andaisa ny ziozako aviô mianara aminaka, fa malemy fagnahy ndraiky magnetry tegna am-po Zaho, hahita fitsaragna hoan'drô fagnahinarô anarô.³⁰ Fa mora ny ziozako aviô mahivagna ny entako."

Chapter 12

¹ Tamin'ny fotoagna izegny Jesosy nandaiha namakivavy ny tanimbary tamin'ny andro Sabata. Silogno irô mpianatranany kay nanomboko nioty salohim-bary kay nihinagna irô.² Kanaifa noho hitan'drô Fariseo izegny, kay nivolagn'ndrô tamin'i Jesosy: "Zahava, irô mpianatranao aby iô magnano zay tsy ara-dalàgna magnano izy amin'ny Sabata."³ Fa Jesosy nivôlagna irô nagnano hoe: "Mbola ty nivakianarô fekin'ny mba zaka nataon'i Davida, izikoa silôgno izy, ndraiky irô lelahy jiaby niaraka taminany?"⁴ Niditra tao amin'ny tragnon-dRagnahary izy aviô nihinagna mofon'ny fanatrehagna, zay tsy ara-dalàgna hoan'ndrô izikoa haniginy aviô tsy ara-dalàgna hoan'drô zay niaraka taminany, kanaifa ara-dalàgna hoan'drô lohan'ny mpisorona araiky fo.⁵ Tsary mbola nivakianarô mba ao amin'ny lalàgna, fa amin'ny

Sabata irô mpisorona agny an-tempoly manota sabata naifa tsy manan-tsigny? ⁶ Kanaifa ambarako aminarô fa eto araiky maventy noho tempoly. ⁷ Izikoa hainarô hevitra magnano hoe: 'Famindram-po iriko fa tsy sorôgno,' tsy nagnamelôko ny tsy manan-tsigny anarô. ⁸ Fa Zanak'Olo tegna tompon'ny Sabata." ⁹ Abaka aviô Jesosy niala tao kay niditry tao amin'ny Synagogan'ndrô. ¹⁰ Igny fa, nisy lelahy zay malemy tanagna tiô. Nagnatogno Jesosy irô Fariseo, nagnano hoe: "Ara-dalâgna mba magnasitragna amin'ny Sabata?" mbaika hampangan'andrô Izy amin'ny fahotagna. ¹¹ Nambaran'i Jesosy tamin'ndrô: "Olo azôvy aminarô, azôvy, izikoa ondrikôndriky araiky fô anagnany, kay izikoa latsaka agnaty lavaka laligny ondrikôndriky amin'ny andran'ny sabata, tsy anambotra izy aviô tsy hampiakatra izy? ¹² Tsy manan-danja, mba olo nohon'ny ondrikôndriky! Kay noho izegny, ara dalâgna magnano tsara amin'ny andra Sabata." ¹³ Abaka aviô Jesosy nivôlagna tamin-dralelahy nagnano hoe: "Ahinjiro tagnanao." Kay nahinjiny, aviô nipody fahasalamagnanany, karaha tagnanany ilany. ¹⁴ Fa niboaka irô Fariseo kay nitetiky hamono Izy. Nitady hevitra amin'ny fomba mety hamonôgna Izy irô. ¹⁵ Izikoa fa nahay izegny Jesosy, niala tiô Izy. Olo maro nagnaraka Izy, aviô nijangany jiaby. ¹⁶ Izy nandidy irô mbaika tsy hahazagna Izy amin'ny hafa, ¹⁷ mba ahatantairaka, zay aifa nambarany tamin'ny alalan' Isaia mpaminany, magnano hoe: ¹⁸ "Zahava, mpanômpoko zay nifidiko; ô ry malalako, zay tegna sitrakin'ny fanahiko. Apaitrako amin'ny fanahiko, aviô hagnambara fitsaragna amin'ny Jentilisa izy. ¹⁹ Tsy hifanditra na koa hikaiky maresaka izy; aviô tsary nisy olo haregny feônany amin'ny lalâgna. ²⁰ Tsy hanapaka volotara tôrotôro izy; tsy hamôno zay lahin-jiro manentona, mandrapagnanaovany rariny ho fandresena, ²¹ aviô amin'ny agnaranany hananan'ndrô Jentilisa fanantenana." ²² Abaka aviô nisy olo gila ndraiky môaha, nipetrahany demony, nandesiny tamin'ny Jesosy. Nijangany izy, vokatr'izegny nivôlagna ndraiky nahita lay môaha. ²³ Gaga irô vahoaka jiaby kay nivôlagna nagnano hoe: "Mety lelahy iô donko zanaka Davida zegny?" ²⁴ Kanaifa izikoa fa naharegny izegny fahagagagna izegny irô Fariseo, kay nivôlagna irô nagnano hoe: "Io lelahy iô tsy magnambôaka demony izikoa tsy amin'ny alalan'i Belzeboba, chefon'ny demony." ²⁵ Kanaifa hain'i Jesosy eritreritrin'andrô kay nivôlagna irô izy nagnano hoe: "Fanjakana jiaby miady an-tragno tsy haharitra, aviô tanàna na tragno jiaby miady an-tragno ho rava. ²⁶ Izikoa magnamboaka Satana ny Satana, miady an-tragno izy. Amin'ny fomba akôry noho izegny hijôroan'ny fanjakany? ²⁷ Aviô izikoa magnamboaka irô demony amin'ny alalan'i belzeboba Zaha, amin'ny alalan'azôvy izegny adroahagn'ny zanakanarô irô? Noho antony izegny hitsaragnao irô. ²⁸ Kanaifa izikôa magnabôaka irô demony amin'ny alalan'ny Fagnahin-dRagnahary Zaha, efa navy aminarô Fanjakan-dRagnahary. ²⁹ Amin'ny fomba akôry ahafahan'olo miditry agny amin'ny tragnôn'ny lelahy mahery aviô mangala irô fanagnanany izikoa tsy hafatotra aloha i lelahy mahery? Abaka aviô hagala irô fanagnanany agny an-tragnonany izy. ³⁰ Zay tsy momba Zaha manohitry Zaha, aviô zay tsy mitambatra miaraka Aminaka miparitaka. ³¹ Noho izegny aminarô fa, ho voavela heloko olo amin'ny fahotaha ndraiky amin'ny fivôlagnan-dratsy jiaby, fa fivôlagnan-dratsy amin'ny fagnahy Masigny tsy hazazôgna famelan-kelôko. ³² Na azôvy na azôvy mivôlagna manôhitry Zanak'olo, ho voavela izy. Fa na azôvy na azôvy mivôlagna manohitry Fagnahy Masigny, tsy ho voavela izy, na amin'ny fiainagna ity na amin'izay mbola ho avy. ³³ Ataôva tsara kakazo mbaika hamôha tsara izegny, na ataova ratsy kakazo fa hamôha ratsy izegny, fa hay amin'ny voany kakazo. ³⁴ Anarô taranaka menarana, satria ratsy fagnahy anarô, kay amin'ny fomba akôry ahafahanarô mivôlagna zaka tsara? Fa avy amin'ny haben'ny ao am-po ivôlagnan'ny vavany. ³⁵ Ny olo tsara avy baka amin'ny fanagnana tsara ao am-po, mamôkatra zay tsara, aviô olo ratsy avy amin'ny fanagnana ratsy ao am-pony mamôkatra zay ratsy. ³⁶ Ambarako marigny aminarô fa amin'ny andrôn'ny fitsaragna ho adigniny amin'ny volagna tsy voahevitra nambarany baka amin'olo. ³⁷ Fa vôlagninao hagnamarinana anao, aviô volagninao hagnamelohagna anarô." ³⁸ Abaka aviô nisy mpanôro-dalâgna ndraiky Fariseo sasantsasany namaly i Jesosy aviô nivôlagna nagnano hoe: "Ô ry Mpampianatra ô, magniry ahita famantaragna baka aminao zahay." ³⁹ Fa namaly Jesosy aviô nivôlagna irô nagnano hoe: "Misy taranaka ratsy fagnahy ndraiky mijangajnaga mitady famantaragna. Kanaifa tsisy famantaragna amiagna izy afa-tsy famantaran'i Jaona mpaminany. ⁴⁰ Fa karaha i Jonah zay telo andra ndraiky telo aligny tao an-kibon'ny laôko maventy, ho karaha izegny koa hipitrahany Zanak'Olo telo andra ndraiky telo aligny ao agnatin'ny tany. ⁴¹ Irô olon'i Ninive hitsangana miaraka amin'ity taranaka ity aviô nagnamelôko izegny. Fa nibaibaka irô tamin'ny toriten'i Jona, aviô igny fa, olo maventy noho Jona eto. ⁴² Mpanjakavavin'ny tatsimo hiaraka hitsangana amin'ndrô lelahin'ny taranaka amin'ny andran'ny fitsaragna aviô hagnamelôko izegny. Directy avy agny amin'ny faran'ny tany izy mbaika haregny fahendregnan'i Salomona, aviô igny fa, nisy olo maventy nohon'i Solomona eto. ⁴³ Izikoa fa nisy fagnahy ratsy niala tagnatin'ny lelahy araiky, mandalo tany karakaina izy aviô mitady fitsaharagna, naifa tsy mahita izegny. ⁴⁴ Izegny midika hoe: 'Hipôdy agny amin'ny tragnôko niaviako zaha.' Aviô izikoa fa navy tagny, nahita fa avoafafa tragno aviô nilamigny. ⁴⁵ Abaka aviô nandaiha izegny aviô nitôndra fagnahy ratsy fito niaraka taminany zay ratsy mihoatra izy. Kay niditry nipaitraka tao izy jiaby. Abaka aviô nahay ratsy noho'ny voalohany fiafaran'izegny lelahy izegny. Aviô ho karaha izegny koa amin'ity taranaka ratsy fagnahy ity." ⁴⁶ Izikoa mbola nivôlagna tamin'ndrô vahoaka aby iô Jesosy, igny fa, reniny ndraiky irô ralahinany aby iô nitsangana tagny ivailany, hitady hikôragana aminany. ⁴⁷ Nisy olo araiky nivôlagna taminany nagnano hoe: "Zahava, reninao ndraiky irô ralahinao mitsangana ao ivelany, mitady hikôragana aminao." ⁴⁸ Fa namaly Jesosy aviô nivôlagna tamin'olo nivôlagna Izy, "Azôvy reniko aviô azôvy irô ralahiko?" ⁴⁹ Abaka aviô nahijiny tamin'ndrô mpianatranany tagnanany aviô nivôlagna nagnano hoe: "Zahava, indreto reniko ndraiky irô ralahiko! ⁵⁰ Fa zay magnano sitrapon'ny Babako zay agny an-dagnitra, izegny olo izegny ralahiko, ndraiky anabaviko, aviô reniko."

¹ Tamin'andra izegny Jesosy nandaiha nibôaka tragno aviô nipaitraka tamin'ny sisin'ny dranomasigny. ² Nisy vahoaka maro nagnôdidigny Izy, kay niditry tao amin'ny sambohely Izy aviô nipaitraka tamin'izegny, izikoa nitsangana tiô amin'ny sisin'dranomasigny koa irô vahoaka jiaby. ³ Abaka aviô Jesosy nivôlagna zaka maro tamin'ndrô tamin'ny alalan'ny fanôharagna. Nivôlagna izy nagnano hoe: "Igny fa, nisy mpambôly araiky nandaiha nibôaka hamafy voa. ⁴ Izikoa izy namafy igny, nisy voa sasany latsaka tamin'ny sisin-dalagna, aviô navy irô vôrôgno kay nandrapaka irô. ⁵ Irô voa hafa ndraiky lasaka tagny amin'ny tany be vato, zay tsy nahazahoan'ndrô nofin-tany tsara. Avy directy naniry irô, satria tsy laligny tany. ⁶ Fa izikoa fa nitsiriky masoandro, maigina irô satria tsisy fakany, aviô nalazo. ⁷ Nilatsaka tiô amin'ny fatsiky irô voa hafa. Nitsiry irô fatsiky aviô nangenja irô. ⁸ Irô voa hafa nilatsaka tamin'ny tany tsara aviô namoa voany, sasany avo zato heny, sasany tsaota polo, aviô sasany telo-polo. ⁹ Zay manan-tsofigny, aoka izy hitandregny. ¹⁰ Navy irô mpianatra aviô nivôlagna tamin'i Jesosy nagnano hoe: "Nagnino anao mikôragna amin'ndrô vahoaka amin'ny alalan'ny fagnôharagna?" ¹¹ Namaly Jesosy aviô nivôlagna irô nagnano hoe: "Anarô namiagna tombony hahazaina irô zaka miafign'ny fanjakan'ny lagnitry, fa nindrô tsy namiagna izegny. ¹² Satria na azôvy na azôvy managna, kay ho bebe kokoa aza hagnamia. Fa na azôvy na azôvy kosa tsy managna, na zay hanagnany aby adosiny aminany. ¹³ Izegny mahatônga zaha mikôragna amin'ndrô amin'ny alalan'ny fagnôharagna: Nata mizaha aby irô, tsy mahita; aviô nata mitandregny aby irô, na mahazo. ¹⁴ Amin'ndrô faminaniagnan'Isaia tantairaka, zay mivôlagna nagnano hoe: 'Izikoa mitandregny, haregny anarô, kanaifa ndraiky ty hahazo fekiny; izikoa mizaha hahita anarô, kanaifa ndraiky tsy hahatakatra. ¹⁵ Fa lôso dônto fôn'ity vahoaka ty, aviô mafy sofigny irô, aviô nafodin'ndrô masonry, mbaika ty hahita amin'ny mason'ndrô, na haregny amin'ny sofign'ndrô, na hahazo amin'ny fon'ndrô, kay hibaibaka ndraiky irô, aviô hagnajanga irô Zaha.' ¹⁶ Fa sambatra masonarô satria mahita; aviô sofigninarô satria maregny. ¹⁷ Ambarako marigny aminarô fa mpaminany ndraiky olo marigny maro nagniry hahita irô zaka zay hitanarô, kanaifa tsy nahita izegny arô. Nagniry haregny irô zaka zay regninarô irô, kanaifa tsy naregny irô. ¹⁸ Izikoa mitandregny aviô fanoharagna amin'ny mpitsabo araiky zay nagnamafy voany. ¹⁹ Izikoa misy maregny volagnan'ny fanjakana kanaifa tsy mahazo izegny, avy directy lay ratsy aviô magnôngotro zay nafafy tao am-pony. Iô voany nafafy tamin'ny sisin-dalagna. ²⁰ Araiky nafafy tamin'ny tany be vato olo zay maregny vôlagna aviô directy mandray izy am-pifaliagna, ²¹ fa kanaifa ndraiky mbola tsy miorim-paka ao agnatinany izy aviô maharitra tsy aila. Izikoa fa navy fahôriagna na fagnejehana noho amin'ny vôlagna, malaky tafintohina izy. ²² Zay nafafy tamin'ny fatsiky, zaigany olo zay naharegny volagna, fa kanaifa ndraiky fiahiahiagny donia ity ndraiky fitaky ny haregna mangeja volagna, aviô mivadiky tsy avy mamoa izy. ²³ Zay nafafy tamin'ny tany tsara, iô olo zay maregny vôlagna aviô mahazo izegny. Mamoa voankazo izy avy mahatonga voa araiky hagnamia avo zato heny mihoata zay nitsabôagna, sasany avo telo polo heny." ²⁴ Nagnaboaka fagnôharagna araiky hafa tamin'ndrô Jesosy. Izy nagnambara nagnano hoe: "Ny fanjakany lagnitry karaha lelahy araiky zay namafy voa tsara tao amin'ny sahanany. ²⁵ Fa izikoa fa nandry olo igny, directy navy fahavalony aviô namafy voam-tsimparifary fo koa tao amin'ndrô vary aviô nandaiha. ²⁶ Izikoa fa nitsiry irô vary iô abaka aviô namôkatra irô voany, nibôaka fo koa irô voam-tsimparifary. ²⁷ Navy irô mpanômpon'ny tompon-tany aviô nivôlagna taminany nagnano hoe: 'Tompoko, tsy namafy voa tsara tao amin'ny sahanao mba anao? Nagnino izy niany ty misy voam-tsimparifary? ²⁸ Nivôlagna izy tamin'ndrô: 'Nisy fahavalo nagnano izegny.' Nivôlagna irô mpanompo taminany nagnano hoe: 'Tianao mba handihananay magnôngôtro irô?' ²⁹ Lay tompon-tany nivôlagna nagnano hoe: 'Tsy marigny. Satria izikoa mangnôngôtro irô tsimparifary anarô, mety hagnôngôtro faikany irô vary miaraka amin'ndrô koa. ³⁰ Ambila hiaraka haniry irô aroé ziska fijinjagna. Amin'ny fotoam-pijinjagna hivôlagna amin'ny mpijinja zaha nagnano hoe: "Adsoaha akendriky iro ahitsy ratsy avio fihaza maromaro mbaika handôrôagna irô, fa avôry ao amin'ny toeram-bôkatra fo koa irô vary.'" ³¹ Abaka aviô Jesosy nagnano fagnôharagna araiky hafa tamin'ndrô. Nivôlagna izy nagnano hoe: "Fanjakan'ny lagnitry karaha voatsinampy zay nalain'ny lelahy araiky aviô nafafiny tiô amin'ny saha. ³² Iô voa iô tegnan'ny voa hely amin'ny voa afa jiaby. Fa izikoa fa nitsiry izegny, maventy noho irô zaka maniry ao amin'ny saha. Mivadika kakazo izegny, mbaika hiavian'ndrô vôrôgno habakabaka aviô hagnano tragnôn'ndrô amin'ndrô rantsagna." ³³ Abaka aviô Jesosy nagnambara fagnôharagna araiky hafa. Fanjakan'ny lagnitry karaha lalivay zay nalain'ny viavy araiky aviô nafangarony tamin'ny lafariny intelo famarana ziska izy miakatra amin'ny foto-koba jiaby." ³⁴ Fagnoharana nagnambaran'i Jesosy irô zaka jiaby tamin'ny vahoaka; aviô tsy nivôlagna na ino na ino tamin'ndrô afa-tsy tamin'ny fagnôharagna Izy. ³⁵ Izegny mbaika hatantairaka zay nambarany tamin'ny alalan'ny mpaminany, izikoa nivôlagna Izy nagnano hoe: "Zaho hila-bava amin'ny alalan'ny fagnôharagna. Hagnambara zaka zay nasitriny hatrizay nagnorenagna zao tontolo zao Zaha." ³⁶ Abaka aviô Jesosy niala irô vahoaka aviô nandaiha tan-tragno. Nagnatôgno irô mpaminany aviô nivôlagna nagnano hoe: "Azavao aminay fagnôharagna momba tsimparifari'ny saha." ³⁷ Namaly Jesosy aviô nivôlagna nagnano hoe: "Zay mamafy voa tsara, dikan'izegny Zanak'olo. ³⁸ Ny saha mitovy amin'ny tontolo ty; aviô voa tsara, irô ny zanaka fanjakana. ³⁹ Tsimparifary irô zanaka'lay ratsy, aviô fahavalo zay namafy irô ny devoly. Fijinjana fiakaran'izao tntolo izao, aviô ny mpijinja irô anjely. ⁴⁰ Noho izegny, karaha atao mamory ndraiky angnôrôagna irô tsimparifary amin'ny môtro, atao koa amin'ny fiakaran'ny donia ty. ⁴¹ Hagniraka irô anjelin'ny Zanak'Olo, aviô avôry irô hiala amin'ny fanjakagnanany irô zaka jiaby zay mahatonga fahotagna, ndraiky irô zay nagnano ratsy. ⁴² Hatsipin'drô ao amin'ny lafaôro maventy mirehitry môtro irô, zay hisy fitômaniagna ndraiky fikitroha-nify. ⁴³ Abaka aviô hamaritra karaha masôandro ao amin'ny fanjakan'ny Baban'drô olo marigny. Zay manan-tsôfigny, aoka izy hitandregny. ⁴⁴ Fanjakan'ny lagnitry karaha zay misitriky amin'ny saha araiky. Nisy lelahy nahita zegny aviô nasitriny. Nandeha tamin'ny hafaliagna izy, nivarôtro zay raha jiaby nanagnany, aviô nivanga iô saha iô. ⁴⁵ Aviô koa, ny fanjakagnan'ny lagnitry karaha

lelahy zay mpivarôtro mitady tsô lafo vanga.⁴⁶ Izy koa fa nahita tsô araiky zegny tegna lafo vanga izy, nandeha kay nivarôtro zay raha jiaby nanagnany kay nivanga izegny.⁴⁷ Baka iô koa, ny fanjakan'ny lagnitry karaha harato zay natsipy agny an-dranomasigny, baka iô namory irô karazan-draha-manan'aigny jiaby.⁴⁸ Izikoa fa feno zegny, nantsoritin-drô mpagnarato iô amin'ny sisin-dranomasigny. Aviô irô nipetraka kai namory irô raha tsara amin'ny placeny, fa zegny raha tsy ilaigny draiky nariandrô.⁴⁹ Ho karaha izegny koa amin'ny fiasaran'ny donia ty. Ho avy irô anjely aviô hagnasaraka irô ratsy fagnahy amin'olo marigny.⁵⁰ Hatsipin'drô amin'ny fandôrôagna maventy amin'ny môtôro mirehitry mijôalajôala, zay hahitagna fitômaniagna ndraiky fikitroha-nify.⁵¹ Azonarô tsara zaka jiaby izegny?" Nivôlagnin'ndrô mpianatranany taminany: "Ia."⁵² Abaka aviô Jesosy nivôlagna tamin'ndrô nagnanao hoe: "Noho izegny irô mpanaôratra lalagna jiaby zay lôso mpianatra amin'ny fanjakan'ny lagnitry mitôvy irô lelahy tompon-tragno araiky, zay magnabôaka irô iô zaka tranaigny ndraiky irô vaovao baka ao amin'ny fanagnany."⁵³ Abaka avio izikoa fa nahavita iô fagnôharagna iô Jesosy, niala tamin'izegny toeragna izegny Izy.⁵⁴ Abaka aviô Jesosy niditry tao amin'ny taninany zaraiky aviô nampianatra irô vahoaka tao amin'ny synagogan'ndrô. Vokatry'izegny talanjogno irô aviô nivôlagna nagnano hoe: "Avy baka aia ahazahoany lelahy ty fahendregna ndraiky irô fahagagagna aby io?"⁵⁵ Tsy iô mba lelahy zanaka lay mpandrafitra igny?⁵⁶ Tsy Maria mba fikahiagna reniny? Tsy Jakoba, Josefa, simona, aviô Jodasy mba ralahiny? Tsy miaraka amintsika mba irô anabaviny? Baka aia nazahoany irô zaka jiaby iô?"⁵⁷ Gaga nohon'ny aminany irô. Fa nambaran'i Jesosy tamin'ndrô: "Tsary nisy mpaminany tsiisy hajany izegny izikoa tsy ao amin'ny firenena ndraiky amin'ny fianakaviagnanany fo."⁵⁸ Tsy dia nagnano fahagagagna be tao Izy nohon'ny tsy finôagnan'ndrô.

Chapter 14

¹ Tamin'ny fotôagna izegny, i Heroda mpanapaka naregny vaovao momba Jesosy. ² Nivôlagna izy tamin'ndrô mpanomponany: "I Jaona mpagnano batisa mba izegny; nitsangana tamin'ny maty mba izy. Noho izegny, miasa amin'ndrô irô hery iô." ³ Fa i Heroda nanambotra Jaona, salakady namehy izy, aviô nandaifa izy tamin'ny tragno maiizigny noho i Herodiasy, vadin'i Filipo ralahiny. ⁴ Fa i Jaona nagnamabara taminany: "Tsy ara-dalagna ho anao managna izy ho vadinao." ⁵ Nagniry hamono izy i Heroda, fa kanaifa ndraiky navôzo irô vahoaka izy, satria mraisin'ndrô karaha mpaminany izy. ⁶ Fa izikoa fa navy fitsingeran'ny andra nahaterahan'i Heroda, nitsinjaka tiô agnivoron'ndrô vahiny ni-inviteny zanaka vavin'i Herodiasy kay naharavôravo i Heroda izegny. ⁷ Ho setrin'izegny, nampagnantaigana tamin'ny fiananany izy salakady nagnamia zay hangatahiny na ino na ino. ⁸ Izikoa fa baka nitôrôan'reniny marika izy, izy nivôlagna nagnano hoe: "Amiha zaha eto, agnambonin'ny kapila naka eto, lohan'i Jaona mpagnano batisa." ⁹ Nalahelo be izy nohon'ny fangatahany mpanjaka, fa kanaifa ndraiky nohon'ny voadiny ndraiky nohon'irô jiaby niaraka nihinagna taminany, nagnamia baiko izy fa tokony ho vitan'izegny. ¹⁰ Nagniraka kay nanapaka lohan'i Jaona tao amin'ny prison izy. ¹¹ Abaka aviô nandesiny tamin'ny kapila lohanany aviô namiany zazaviavy aviô nandesiny tamin'ny reniny izegny. ¹² Abaka aviô, navy irô mpianatranany, nangala faty, salakady nandevigny izegny. Tafaran' izegny, nandaiha irô aviô nivôlagna tamin'i Jesosy. ¹³ Izikoa fa naregny izegny Jesosy, niala tiô tamin'ny sambohely araiky Izy handaiha amin'ny toeragna araiky mitôkana. Izikoa fa naregny izegny irô vahoaka, nagnaraka Izy tamin'ny dihavity baka tagny amin'tanàna maventy. ¹⁴ Abaka aviô Jesosy nagnantogno talohan'ndrô aviô nahita irô vahoaka maro be. Izy nangoraka irô ndraiky nagnajanga aretign'ndrô. ¹⁵ Izikoa fa hariva andra, nagnantôgno taminany irô mpianatra sady nivôlagna nagnano hoe: "Ity dia toeragna foana, aviô efa tapitra directy andra. Halefaso irô vahoaka baika hahafan'ndrô mandaiha agny amin'ndrô tanàna aviô hividy hanigny ho amin'ny taignan'ndrô." ¹⁶ Fa Jesosy nagnamabara irô: "Tsy mila mandaiha lavitra irô. Amaizaranô zaka hoanigny irô." ¹⁷ Nambaran'ndrô taminany: "Mofa dimy ndraiky hazandrano aroe fo hanagnanay eto." ¹⁸ Nambaran'i Jesosy: "Andaisa aty aminaka izegny." ¹⁹ Abaka aviô Jesosy nibaiko irô vahoaka mbaika hipaitraka amin'ny bozaka. Nalainy irô môfo dimy ndraiky laoko aroé. Niandra andra tagny an-dagnitry, kay nisaotra Izy aviô nanapaka irô môfo Kay namiany irô mpianatra, aviô irô mpianatra nagnamia izegny tamin'ndrô vahoaka. ²⁰ Nihinagna aby irô jiaby salakady voky. Abaka aviô navorin'ndrô ambin'ndrô hanigny Kay nahafeno roambinifolo harogno. ²¹ Tiô amin'ny dimy arivo lahy tiô irô nihinagna, ankoatran'ndrô tsaiaky aman-bihiavy. ²² Directy nirahiny nandaiha amin'ny sambohely aviô handaiha haloha Izy amin'ny ampita irô mpianatranany, izikoa mbola nandaifa irô vahoaka Izy. ²³ Tafaran'ny nandefasany irô vahoaka, nandaiha niakatra tamin'ny bongo Izy mba hivavaka. Izikoa fa hariva andra, jejerigny tiô Izy. ²⁴ Abaka aviô sambo efa lasagna lavitry ny tanety, nitopatopaka onja, satria nitsoka nanohitry irô tsiko. ²⁵ Tamin'ny fiambaisagna aligny fahaifatra nagnantogno irô Jesosy, nandaiha tagny agnambony ranomasigny. ²⁶ Izikoa fa nahita Izy nandaiha tagnambony ranomasigny irô mpianatra, kay navozo aviô nivôlagna nagnano hoe: "Lolo io eee," aviô nikiakiaka tamin'ny fahavozôragna irô. ²⁷ Fa Jesosy namabara irô directy: "Mahereza! Fa Zaha ty! Aza mavozo." ²⁸ I Petera namaly Izy nagnano hoe: "Tampo, izikoa anao iô, mba asaivo nagnantogno Anao amin'ny agnambonin'ny rano zaha." ²⁹ Navalina'i Jesosy: "Magnatogno." Kay niala baka tao amin'ny sambohely Petera aviô nandaiha tiô agnambony rano nagnantôgno Jesosy. ³⁰ Fa Izikoa fa nahita tsiko Petera, nivadiky navôzo ndraiky koa izy. Izikoa fa tiô fo izy nanômboko nilentiky igny, kay nikiakiaka mare izy salakady nivôlagna nagnano hoe: "Tampo, vonjeo zaha ô!" ³¹ Directy Jesosy, nanôndro tagnanany, nandaiha tamin'ny Petera, aviô nivôlagna taminany nagnano hoe: "Ô ry hely finoagna, fa magnino anao karaha miahiahy?" ³² Abaka aviô Jesosy ndraiky Petera nandaiha nagnantôgno sambohely, abaka aviô nitsahatra nitsoka directy tsiko. ³³ Abaka aviô irô mpianatra tao agnaty sambohely nidera Jesosy aviô nivôlagna nagnano hoe: "Anao marigny Zanaka Zagnahary." ³⁴ Izikoa fa baka niampita irô, kay navy tà tanety tao

Genesareta.³⁵ Izikoa fa nahay Jesosy irô lelahy tao amin'ny toeragna izegny, nandaifa hafatra tagny amin'ny faritra magnôdidigny jiaby, aviô nandesin'ndrô tiô Aminany zay olo narary jiaby.³⁶ Nangataka taminany irô mbaika hafan'ndrô mikasiky tapany akanjonany fo, aviô maro irô nikasiky izegny kay janga.

Chapter 15

¹ Abaka aviô nisy Fariseo ndraiky mpanôratra lalagna sasatsasany baka agny Jerosalema nagnantogno Jesosy. Nambaran'ndrô hoe: ² "Nagnino mba irô mpianatranao mandika fomban-drazagn'ndrô zoky olôgno? Fa tsy manasa tagnany irô alohan'ny hihinagna." ³ Namaly Izy aviô nivôlagna tamin'ndrô: "Kay nagnino basy anarô mandika lalân-dRagnahary nohon'ny fomban-drazagnanarô?" ⁴ Fa Zagnahary nagnambara: 'Hajao babanao ndraiky reninao,' aviô 'Zay mivôlagna fa ratsy babany na reniny, kay ho faty marigny.' ⁵ Fa anarô mivôlagna: 'Na azôvy na azôvy mivôlagna amin'ny babany na reniny magnano hoe: 'Na ino na ino fagnampiagna zay azonarô baka aminaka, kay fagnamaizagna amin-dRagnahary izegny amin'ny niany ty,'" ⁶ izegny olo zegny tsy mila magnaja babany. Amin'ny fomba izegny, nifoagnanarô vôlagnan-dRagnahary nohon'ny tombontsoan'ndrô fomban-drazagnanarô. ⁷ Ô ry mpihatsaravelatsihy! Marigny ny faminaniagnan'Isaia momba anarô izikoa izy nivôlagna nagnano hoe: ⁸ 'Ity vahoaka ity magnaja zaha amin'ny sognin'ndrô, fa ny fon'ndrô lavitra zaha. ⁹ Tsisy dikany ny fideragna zaha, satria irô mampianatra didin'olombelôgno karaha fampianaragn'ndrô.'" ¹⁰ Abaka aviô nikaiky irô vahoaka agnantôgno Izy aviô nagnambara tamin'ndrô nagnano hoe: "Tandrignaisa aviô mahazahoha. ¹¹ Tsy miditra ao ambavan'olo mandoto olo. Fa kanaifa ndraiky, zay amboakan'ny vava, mandoto olôgno." ¹² Abaka aviô hagnantôgno irô mpianatra aviô nivôlagna tamin'i Jesosy hoe: "Tsy hainao fa nampaneloko irô fariseo naharegny izegny vôlagna izegny?" ¹³ Jesosy namaly kay nivôlagna nagnano hoe: "Irô zaka maniry zay tsy nambolen'lay babako agny an-dagnitry ho fongoriny aby. ¹⁴ Ambilah irô hidoko iô, irô mpitarika jamba. Izikoa misy olo jamba araiky mitarika jamba araiky hafa, kay samy hivarigny an-kady izy aroé." ¹⁵ Petera namaly kay nivôlagna tamin'i Jesosy hoe: "Azavaho aminay izegny fagnôharagna izegny." ¹⁶ Nambaran'i Jesosy: "Tsy managna fahalalagna ma koa anarô?" ¹⁷ Tsy hitanao mba fa zay miditry amin'ny vava mandaiha amin'ny kibo abaka aviô haboaka agny amin'ny lava-piriny?" ¹⁸ Fa irô zaka zay aboaka'ny vava directy avy amin'ny fo. Irô zaka jiaby iô mandoto olo araiky. ¹⁹ Fa avy amin-po iboahan'ny sain-dratsy, famonôagna olo, fijangajangagna, fangalam-badin'olo, halatra, fijorôagna vavolombelôgno tsy marigny, aviô fivôlagnam-dratsy. ²⁰ Irô zaka iô mandoto olo araiky. Fa mihinagna amin'ny tagnana tsy misasa tsy mandoto olo araiky." ²¹ Abaka aviô Jesosy niala tiô kay nipôdy tagny amin'ny faritanin'i Tyro ndraiky sidona. ²² Igny fa, nisy viavy araiky kananita araiky amin'izegny faritra izegny. Nikaiky mare izy aviô nivôlagna: "Mamindrà fo aminaka, ô ry Tompo, zanak'i Davida ô! Zanko vavy ampahorin'ny demonia mare." ²³ Fa Jesosy tsy namaly izy. Nagnantôgno irô mpianatranany kay niagavy Taminany, nagnano hoe: "Roahy izy, fa mitabataba amintsika." ²⁴ Fa Jesosy namaly aviô nivôlagna nagnano hoe: "Tsy nirahiny ho an'azôvy na azôvy Zaha afa-tsy hoan'ny ondrikôndriky very ao amin'ny ankohonan'Irsaely." ²⁵ Fa nangataka ndraiky niankôhoko tiô agnatrehanany tiô izy, nagnano hoe: "Tampo, vonjeo zaha." ²⁶ Namaly Izy nagnano hoe: "Tsy rariny izikoa alaigna môfon-jaza kay atsipy amin'ny amboa." ²⁷ Fa hoy izy hoe: "Ia, Tômpo, na fandroaka aby mbala mihinagna pôtipôtiky latsaka baka amin'ny latatran'ny tômpiny." ²⁸ Kay namaly Jesosy nagnano hoe: "Ah viavy ty, maventy finôagnanao; ho tantêraka aminao araka zegny iriny fônao." Janga direct zanany tiô tamin'ny fotoagna iô. ²⁹ Niala tiô Jesosy kay nandaiha amin'ny sisin-dranoasigny Galilia. Abaka aviô niakatra tamin'ny bongo araiky Izy kay nipaitraka tiô. ³⁰ Vahoaka maro nagnantôgno Izy. Nandesin'ndrô niaraka tamin'ndrô mandringa, gila, môaha, kilemaigna, aviô aretigny maro samihafa koa. Napaitrakan'ndrô tiô amin'ny vitin'i Jesosy irô; kay nijangany. ³¹ Kay gaga irô vahoaka izikoa fa nahita irô moha nivôlagna, kilemaigna janga, ny malemy nivadiky afaka mandaiha, aviô ny jamba nahiratra. Nankalaza dRagnaharin'Irsaely irô. ³² Nikaiky irô mpianatranany mbaika hagnantôgno izy Jesosy aviô nivôlagna nagnano hoe: "Mangoraka irô vahoaka Zaha, satria aifa telo andra sahady irô nipaitraka niaraka taminaka naifa tsy managna hohanigny. Tsy tia handaifa irô tsy mihinagna Zaha, fa mety ho toragna amin'ny lalâgna." ³³ Nambaran'ndrô mpianatra taminany: "Aia hahitanay môfo ampy irô vahoaka maro aby iô aty an'efitra?" ³⁴ Nambaran'i Jesosy tamin'ndrô: "Môfo firy mba aminarô agny?" Namaly irô: "Fito, ndraiky, ndraiky hazandragno madiniky vitsy." ³⁵ Abaka iô Jesosy nandidy vahoaka mbaika hipaitraka amin'ny tany. ³⁶ Nangala môfo fito ndraiky hazandragno Izy, aviô izikoa fa nagnano fisaôragna, namaky môfo aviô namiany irô hoan'ndrô mpianatra. Irô mpianatra nagnamia tamin'ndrô vahoaka. ³⁷ Nihinagna salakady afa-pô irô vahoaka jiaby. Abaka iô irô namory tany fito feno tapatapany zay tsy lany. ³⁸ Irô zay nihinagna, agny amin'ny efatra arivo lahy, tsy mbola agnatiny ny tsaiaky amam-bihiavy. ³⁹ Abaka aviô Jesosy nampody vahoaka kay niôndragna sambohely aviô nandaiha amin'ny faritr'i Magadana.

Chapter 16

¹ Navy irô fariseo ndraiky Sadoseo aviô nitsapa Izy kay nangataka Izy mbaika agnaboaka irô famantaragna baka an-dagnitry. ² Fa Izy namaly aviô nivôlagna irô: "Izikoa fa hariva, nambaran'ndrô hoe: "Ho tsara andra, fa mena lagnitry." ³ Izikoa fa marandraigny, nagnambara anaro: 'Ho ratsy andra, fa mena ndraiky manjognôno lagnitry,' fa anarô tsy afaka mandika irô famantaragna fotôagna. ⁴ Taranaka ratsy ndraiky mpijangajanga mitady famantaragna, fa tsisy famantaragna hamiagna izy ankoatra ny famantaran'i Jona." Abaka aviô Jesosy niala irô kay loso. ⁵ Izikoa fa navy tafy ampita irô mpianatra, adignan'ndrô nitôndra môfo. ⁶ Nambaran'i Jesosy tamin'ndrô: "Miambena aviô mitandrima amin'ny masirasiran'ndrô Fariseo ndraiky Sadoseo." ⁷ Niady hevitra irô mpianatra kay nagnambara: "Nohon'ny atsika ty

nitôndra môfo." ⁸ Jesosy nahay izegny kay nivôlagna: "Anarô ry hely finôagna, nagnino mba anarô karaha miady hevitra samby anarô kay mivôlagna fa nohon'ny tsy nitôndranarô môfo izegny?" ⁹ Mbola tsy hainarô na tsaroanarô mba môfo dimy ho an'ndrô dimy arivo, aviô tany firy navorin'ndrô? ¹⁰ Na irô mofo fito hoan'drô efatra arivo, aviô tany firy nalainarô? ¹¹ Amin'ny fomba akôry tsy azahoanarô fa tsy momban'ny môfo agnambarako anarô? Miambena aviô mitandraima amin'ny masirasiran'ndrô Fariseo ndraiky Sodoseo." ¹² Abaka aviô azon'ndrô fa tsy hitandregny amin'ny masirasira môfo nambarany irô, fa hitandrigny amin'ny fampianaragnan'ndrô Fariseo ndraiky Sadoseo. ¹³ Izikoa fa navy tagny amin'ny faritra marikitry kaisaria-filipo Jesosy, nagontany irô mpianatranany Izy, magnano hoe: "Ataon'ny olo ho azôvy mba Zanak'olôgno?" ¹⁴ Nambaran'ndrô: "Sasany mivôlagna fa Jaona mpagnano batisa; sasany, Elia; aviô irô hafa, Jeremia, na araiky amin'ndrô mpaminany."

¹⁵ Izy nagnambara tamin'ndrô: "Fa anarô ndraiky mba magnano Zaha azôvy?" ¹⁶ Namaly, Simona, Petera nagnano hoe: "Anao mba Kristy, zanaka dRagnahary velôgno." ¹⁷ Namaly Jesosy kay nagnano hoe taminany: "Sambatra anao, ry Simona Bar-Jona, fa tsy nofotro ndraiky lio nagnaboaka zegny taminao, fa Babako zay agny an-dagnitry." ¹⁸ Ambarako aminao fo koa fa anao Petera, aviô agnambonin'ity vatolampy ity hagnôraignako fiangonanako. Varavaran'ny fasagna tsy haharesy izegny. ¹⁹ Hamiako anarô fagnalahidin'ny fanjakan'ny lagnitry. Na ino na ino fehezinao eto agnambonin'ny tany ho fehezigny agny an-dagnitry, aviô na ino na ino vahanao aty an-tany ho vahana agny an-dagnitry." ²⁰ Abaka aviô Jesosy nandidy irô mpianatra fa irô tsy tokony hivôlagna na amin'azôvy na azôvy fa Izy ny Kristy. ²¹ Tamin'ny fotoagna izegny Jesosy nanômboko nivôlagna irô mpianatranany fa tsy maintsy ho agny Jerosalema Izy, hizaka fijaliagna maro iô antanagnan'ny lohologno ndraiky lohan'ny mpisoro-dalâgna, ho vonoina, ndraiky hatsangana indraiky amin'ny andro fahatelo. ²² Abaka avio Petera nangala Izy kay nivôlagna Izy mare, nagnano hoe: "Enga anie ho lavitra anao izegny, ry Tompo; tsy hitranga aminao fekin'ny izegny." ²³ Fa Jesosy nitodiky kay nivôlagna tamin'ny Petera: "Miala agny ivohoko, ry satana! Anao fanafintohinana Zaha, noho anao tsy miarahaba irô zaka dRagnahary, fa irô zakan'olôgno." ²⁴ Abaka aviô Jesosy nivôlagna tamin'ndrô mpianatranany nagnano hoe: "Izikoa misy tia hagnaraka Zaha, tsy maintsy mandà tegnany izy, hitôndra hazofijaliagna, aviô magnaraka Zaha." ²⁵ Fa na azôvy na azôvy ho very aigny nohon'ny aminaka, hahazo izegny. ²⁶ Fa ino mba ny tsara ho azon'olo izikoa mahazo donia ty kanaifa very aigny? Ino mba raha amian'olo ho takolan'ny aigny? ²⁷ Fa ny Zakan'olôgno ho avy amin'ny voninahitry Babany miaraka amin'ndrô anjelinany. Abaka aviô Izy namaly tsara tsy araiky araiky araka zay vitany. ²⁸ Ambarako marigny aminarô, fa misy sasany aminarô zay mitsangana eto tsy hitsapa fahafatesagna mandrapahitan'ndrô Zakan'olôgno avy baka amin'ny fanjakany."

Chapter 17

¹ Tsaota andra taty afara Jesosy nangala Petera, Jakoba, ndraiky Jaona ralahanany niaraka taminany, aviô nitôndra irô niakatra tamin'ny bôngo agnambo tamin'ny tegnan'ndrô. ² Niôva endriky tiô alohan'ndrô Izy. Niôva endriky tiô alohan'ndrô Izy. Namiratra karaha masoandra ny sôrany, aviô irô fitafiny nanjary namiratra karaha hazavagna. ³ Igny fa niboaka tamin'ndrô Mosesy ndraiky Elia nikoragna taminany. ⁴ Navalin'i Petera aviô nagnano tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, tsara amintsika eto. Izikoa sitrakanao, hagnano fialofagna telo ho antsika eto zaha-araiky ninao, araiky ny Mosesy, aviô araiky ny Elia." ⁵ Izikoa mbola nivôlagna Izy, igny fa nisy rôdro mazava nagnarôgno irô, aviô igny fa nisy, fiô niboaka baka tao amin'ny rôdro, nagnano hoe: "Ity Zanak'olôgno, zay tegna sitrako. kay tandrignaisa Izy." ⁶ Izikoa regnin'ndrô mpianatra izegny, lavo irô aviô tegna navôzo. ⁷ Abaka aviô navy Jesosy nagnantôgno salakady nikasika irô kay nivôlagna nagnano hoe: "Mitsangana aviô aza mavôzo." ⁸ Abaka aviô nizaha tàgnambo irô fa tsy nahita na azôvy na azôvy afa-tsy Jesosy araiky fo. ⁹ Izikoa fa nidotso tamin'ny bongo irô, nandidy irô Jesosy, nagnano hoe: "Aza mba tantaraigna amin'olôgno raha hitanarô nianty na amin'azôvy na azôvy mandra-pitsangan'ny Zanak'Olo amin'ny maty." ¹⁰ Nagnôntany Izy irô mpianatanany, nagnano hoe: "Nagnino irô mpanoro-dalâgna mivôlagna fa Elia tsy maintsy ho avy aloha?" ¹¹ Jesosy namaly aviô nivôlagna nagnano hoe: "Elia hoavy marigny aviô hamerigny amin'ny laoniny zaka jiaby." ¹² Naifa ambarako aminarô, fa efa navy Elia, fa irô tsy nahay izy. Mifanohitra amin'izegny, nagnano zaka jiaby zay tiany natao taminany irô. Aviô karaha izegny fo koa, Zanak'olôgno hijaly iô an-tagnan'ndrô. ¹³ Abaka aviô azon'ndrô mpianatra fa nagnambara tamin'ndrô momban'i Jaona mpagnano Batisa Izy. ¹⁴ Izikoa fa navy tiô amin'ndrô vahoaka irô, nisy lelahy araiky nagnantôgno Izy, nandohalika tiô alohany, aviô nivôlagna nagnano hoe, ¹⁵ "Tompo, manâgna famindram-po amin'ny zanako lahy, fa avoan'ny aretim-bôrôgno izy aviô tegna mijaly mare. Fa lavo matetika ao agnatin'ny môtro na rano izy." ¹⁶ Nitôndra izy tiô amin'ndrô mpianatrananao zaha, fa irô tsy afaka nagnajanga izy." ¹⁷ Navalin'i Jesosy: "Ô ry taranaka tsy mpino ndraiky ratsy toetry, ziska imbiagna mba hipetrako miaraka aminarô? Ziska imbiagna tsy maintsy izakako miaraka aminarô? Andaisa aty aminaka izy." ¹⁸ Namiamian'i Jesosy vôlagna mahery demony, kay niboaka tamin'izegny aviô janga tamin'ny fotoagna izegny directy tsaiky lelahy iô. ¹⁹ Nagnantôgno Jesosy mangingina irô mpianatra aviô nagnano hoe: "Nagnino tsy nahavita nagnabôgno izigny zahay?" ²⁰ Jesosy nivôlagna irô nagnano hoe: Noho ny halehezany finoagnanarô. Fa ambarako marigny aminarô, izikoa managna finoagna nata hely karaha voatsinampy aby anarô, afaka mivôlagna amin'ity bôngo ity anarô hoe: "Mifindra baka eto andaiha ary; fa hifindrà izegny aviô tsy hisy na ino na ino tsy hainarô atao. ²¹ [Fagnamarihana: Ny dikan-teny taloha tegna tsara tsy ahitana ny hoe v.21. "Fa ity karazagna demonia ity tsy miboaka izikoa tsy miaraka amin'ny vavaka ndraiky fifadian-kanigny."] ²² Izikoa fa nipaitraka tagny Galilia irô, nambaran'i Jesosy tamin'ndrô mpianatranany: "Ny Zanak'olôgno hamiagna iô an-tagnan'ny olôgno, ²³ aviô irô hamono Izy, abaka aviô hitsangana Izy amin'ny andra fahatelo." Nanjary nalahelo directy irô mpianatranany. ²⁴ Izikoa fa navy tagny

Kaperinaomy irô, nandaiha tiô amin'ny Petera irô lelahy zay namory hetra atsasaky ny vôla abaka aviô nivôlagna nagnano hoe: "Tsy magnaifa hetra atsasaky ny vôla mba ny mpampianatrananarô?"²⁵ Navaliny: "Ia." Fa izikoa fa niditry tao an-tragno Petera, kay i Jesosy akendriky nikôragna taminany kay nagnano hoe: "Ino raha eritreretinao, Simona? Irô mpanjaka eto an-tany, baka amin'azôvy andraisan'ndrô haitra na haitran'olôgno? Baka amin'ny vahoakanany sa baka amin'ndrô vahiny?"²⁶ Izikoa fa nivôlagna Petera nagnano hoe: "Avy baka amin'ndrô vahiny," Jesosy nivôlagna taminany hoe: "Kay afaka amin'ny fagnifagna izegny irô vahoaka."²⁷ Fa mbaika tsy hampanontantsika ny mpamory haitra, mandihana agny amin'ny ranomasigny, manipàza vitagna ao, aviô alaivo laoko zay azonao voalohany. Izikoa avoa biagnanao vavany, hahita vôla anao. Alaiva izegny aviô amia irô mpamory hetra ninaka ndraiky ninao."

Chapter 18

¹ Tamin'io fotoagna io fo, navy tiô amin'i Jesosy irô mpianatranany salakady nagnambara: "Azôvy ny tegna maventy amin'ny fanjakan'ny lagnitry?"² Jesosy nikaiky irô tsaiiky hely andaiha aminany, nametraka izy tiô amin'ndrô,³ aviô nivôlagna: "Ambarako marigny aminaro, fa izikoa tsy miôva karaha irô tsaiiky hely anarô, kay tsisy hevitra hidiranarô agny amin'ny fanjakan'ny lagnitry."⁴ Noho izegny, na azôvy na azôvy magnètry tègna karaha ity tsaiiky hely ty, taigna maventy izy agny amin'ny fanjakan'ny lagnitry.⁵ Na azôvy na azôvy mangala irô tsaiiky hely aby ty karaha amin'ny agnarako, mandray Zaha izy dikan'izegny.⁶ Fa na azôvy na azôvy mahatônga araiky amin'ndrô tsaiiky hely ty zay mino Zaha hanota, ho taigna tsara kokoa amin'azy hiantôgnany fikosoham-bary maventy io amin'ny vôzôny, kay halentika agny amin'ny ranomasigny laligny izy.⁷ Masoantoko hoan'ny donia ty nohon'ny fotoagnan'ny fanafintohina! Fa ilaigna hahaviany fotoagna izegny, naifa loza amin'ndrô olo zay navian'izegny fotoagna izegny!⁸ Izikoa mitairaka fanafintohina anao tagnanao na vitinao, kay tapaho izegny aviô adosoaha iô aminao. Tsara kokoa aminao ny miditry kilemaigna na mandringa agny amin'ny fiaignana mandrakizay noho ny ho very agny amin'ny môtro tsy mety maty amin'ny fanagnana tanana aroé vity aroé.⁹ Izikoa mitairaka fanafintohina anao masonao araiky, hongota izegny aviô adosoaha iô aminao. Tsara kokoa aminao ny miditry agny amin'ny fiaignana mandrakizay miaraka amin'ny maso ilany noho'ny hoe very agny amin'ny motro tsy mety mahay maty miaraka amin'ny maso aroé.¹⁰ Tandrima tsy hagnano tsinotsinogno irô tsaiiky madiniky aby iô anarô. Fa magnambara aminarô Zaha fa agny an-dagnitry irô anjelinany mizaha vatagna fo Babako zay agny an-dagnitry.¹¹ [Fagnamarihana: Ny dikan-teny taloha tègna tsara tsy ahitagna fehezanteny zay miboaka karaha hoe: "Fa ny Zanak'Olo avy hagnavotra zay very."]¹² Ino mba raha eritreretinarô? Izikoa misy managna ondrikondriky zato, kay mandaiha amin'ny lalagnan-diso araiky amin'ndrô, tsy agnambaila ny sivy amby sivifolo iô amin'ny avoana mba izy aviô andaiha hiaroka araiky zay mandaiha amin'ny lalagna diso?¹³ Izikoa hitany izegny, fa ambarako marigny aminarô, fa mijaly amin'izegny mihoatra noho irô sivy amby sivifolo zay tsy nandaiha amin'ny lalagna diso izy.¹⁴ Karaha izegny koa tsy sitraky ny Babako agny an-dagnitra ny hahavery araiky amin'ndrô madiniky aby iô.¹⁵ Izikoa manonta aminao ralahinao, mandihana aviô ambaraho izy ny hadisoagnany, aminao ndraiky izy zaraiky fo.¹⁶ Kanaifa izikoa mitandregny anao izy, mangala araiky na aroé hafa tsy mitandregny anao izy, mangala araiky na aroé hafa miaraka aminao, amin'zay mbaka amin'ny vavan'ndrôavolombelôgno aroé na telo ahafagna magnamarigny vôlagna jiaby.¹⁷ Aviô izikoa mandà ny hitandregny iziô izy, ambarao amin'ny fiangonanagna irô zaka mitranga. Izikoa tsy magneky hitandregny fiangonagna fo koa izy, ambilaho izy karaha irô Jentilisa ndraiky mpamory haitra.¹⁸ Ambarako marigny aminarô, na ino na ino fihezinaro aty an-tany ho fehezigny agny an-dagnitra; aviô na ino na ino ambailanarô aty an-tany ho voa ambailanarô agny an-dagnitry.¹⁹ Mbola ambarako aminarô ndraiky hoe: "Izikoa misy aroé aminarô magneky aty an-tany amin'zay zaka angatahin'ndrô, kay ho atao ho irô izegny amin'ny alalan'ny Babako zay agny an-dagnitra."²⁰ Fa na aia misy aroé na telo miaraka mivory amin'ny Agnarako, kay ho iô agnivor'ndrô Zaha."²¹ Abaka aviô nagnantôgno Petera aviô nivôlagna tamin'i Jesosy: "Tompo, impiry hanota aminaka ralahiko kay hamela izy zaha? Ziska impito?"²² Jesosy nivôlagna izy nagnano hoe: "Tsy nivôlagna aminao Zaha hoe im-pito, fa ziska fitopolo im-pito."²³ Noho izegny fanjakan'ny lagnitry mitovy amin'ny mpanjaka araiky zay tia hifandamina ara-bôla miaraka amin'ndrô mpanompony.²⁴ Izikoa vao nanomboko ny fandaminagnana, nisy mpanompo araiky tiô aminany zay nanagnany talenta araiky aligny.²⁵ Naifa satria tsy nanagnany fomba handoavagna izegny izy, nandidy hamarotana izy tompony, miaraka amin'ny vadiny ndraiky irô zanany aviô zay hanagnany jiaby, kay ho vita fandoavan-trôsa.²⁶ Noho izegny, niondriky lay mpanompo, aviô niankôhoko tiô alohany, aviô nivôlagna nagnano hoe: "Tompo, manàgna faraitagna aminaka, haloako aminao zaka jiaby."²⁷ Noho izegny tompon'ny mpanompo izegny, onena, kay nagnafaka izy aviô namela trôsa taminany.²⁸ Fa niboaka iô mpanompo iô kay nahita araiky tamin'ndrô mpiara-manompo aminany, zay nanagnany dinaria zato. Nisamboriny izy, niraisiny tamin'ny tendany, aviô nivôlagna magnano hoe: 'Aloavà aminaka trosanao.'²⁹ Naifa niondriky iô mpiara-manompo aminany aviô nitalaho taminany, nagnano hoe: 'Manàgna faharetagna aminaka, haloako aminao ndraiky.'³⁰ Kanaifa nandà mpanompo voalohany. Mifanohitry amin'izegny, nandaiha izy aviô nataony tany am-pigadragna lay mpiara-manompo aminany zay nitrosainy.³¹ Izikoa nahita zay niboaka irô mpiara-manompo aminany, nalahelo be irô. Nandaiha aviô nagnambara tamin'ny tompony zay jiaby niboaka irô.³² Abaka aviô nikaiky izy tompon'iô, aviô nivôlagna izy nagnano hoe: 'Anao mpanompo ratsy fagnahy, namela troa jiaby taminao zaha satria anao nangataka taminaka.'³³ Tsy tokony hanagna famindram-po amin'ny mpiara-manompo aminao mba anao, karaha nanagnako famindram-po taminao?³⁴ Neloko tompony aviô nitôndra izy tagny amin'ndrô mpampijaly mandra-pagnifany zay jiaby nitrosainy.³⁵ Karaha izegny koa ho ataon'ny Babako agny an-dagnitry aminarô, izikoa tsy mamèla ralahinany amin'ny fony tsirairay baka aminarô."

Chapter 19

¹ Kay koa fa baka nivolagna koragna irô Jesosy, niala tagny Galilia Izy, bakô nandeha agny amin'ny faritr'i Jodia tagny andafin'ny renin-dranon'ny Jordana. ² Maro vaohaka nagnaraka Izy, nisitragniny tagny. ³ Nagnantony Izy irô Fariseo, ny teste Izy, nivolagna taminany hoe: "Ara-dalâgna ho any lelahy ma misaraka amin'ny vadiny baka amin'ny antony maro?" ⁴ Namaly Jesosy nivolagna hoe: "Tsy nivakinarô ma fa Izy nagnano irô tamin'ny voalohany nagnano irô lahy ndraiky vavy?" ⁵ Kay nagnamboatra irô nivolagna koa hoe: 'Dikany zegny hiala Baba ndraiky reniny lelahy hikambagna amin'ny vadiny, bakô January nôfotro araiky irô?' ⁶ Kay tsy aroé eky irô, fa ho nôfotro araiky. Kay zegny nakambagna ndRagnahary, aoka tsisy hagnasaka." ⁷ Hoy irô taminany hoe: "Kay karakôry basy Mosesy zahay hagnamia taratasy fagnamariham-pisarahagna bakô ndraiky hagnampody Izy?" ⁸ Izy nagnambara tamin'ndro: "Nohon'ny hamafiny fonarô, nagnambilan'i Mosesy anarô hisaraka amin'ny vadinarô, fa tamin'ny voalohany tsy karaha zegny fomba. ⁹ Ambarako anarô, na azôvy na azôvy misaraka amin'ny vadiny, afa-tsy nohon'ny fijangajangagna, kay nanambady hafa, kay nagnitsakitraka vadiny; aviô lelahy nanamabady viavy zay efa misaraka koa, mijangajanga fo izy." ¹⁰ Io mpianatra nivôlagna tamin'i Jesosy: "Izikoa karaha izegny toetrin'ny lelahy amin'ny vadiny, kay tsy tsara manambady." ¹¹ Fa Jesosy ndraiky nivôlagna tamin'ndrô: "Tsy olo jiaby afaka magnaiky izegny fampianaragna izegny, fa irô zay nambaila nagnaiky izegny fo." ¹² Fa misy irô ionoko zay nataon'olombelôgno, aviô misy ionoko zay magnano taiganan'ndrô ho ionoko nohon'ny fanjakan'ny lagnitry. Zay afaka mandray izegny, aoka izy handray izegny tsara." ¹³ Abaka aviô nisy tsaiky madiniky sasantsasany nandesiny tiô aminany mbaika hamitrahany tagnana amin'ndrô mbaika hivavaka, fa nivôlagna mare irô irô mpianatra. Fa nambarany Jesosy: ¹⁴ "Ambilah tsaiky madiniky, aviô aza rarâgna irô hagnantôgno Zaha, satria fanjakan'ny lagnitry natao hoan'ndrô olo karaha irô." ¹⁵ Napaitranany tiô amin'ndrô tsaiky hely tagnananany, abaka iô niala tiô Izy. ¹⁶ Igny fa nisy lelahy nagnatogno Jesosy avio nivolagna nagnano hoe: "Mpampianatra, ino mba zaka tsara tsy maintsy ataoko mbaika hahazahoako fiainagna mandrakizay?" ¹⁷ Navalin'i Jesosy taminany: "Nagnino mba anao nagnôntany momba zay tsara aty aminaka? Araiky fo ny tsara, fa izikoa ti hiditra agny amin'ny fiaignana anao, tandraima irô didy aby ty." ¹⁸ Nambarany ralelahy taminany: "Didy ino izegny?" Navalin'i Jesosy: "Aza mijangajanga, aza mangalatra, aza mety magnano vavolombelôgno diso, ¹⁹ hajao babanao ndraiky reninao, aviô tiava ny mpiara-belôgno aminao karaha hitiavanao taigananao." ²⁰ I zatovolahy nivôlagna taminany: "Efa nankatoaviko aby irô zaka jiaby izegny. Kay ino izegny mbola ilaiko?" ²¹ Jesosy nivôlagna taminany: "Izikoa magniry ho tonga lafatra anao, mandihâna, alafosa zay zaka anagnanao jiaby, aviô amaiza masikiny, kay hanagna harena agny an-dagnitry anao; abako iô avia aty anao agnaraka Zaha." ²² Fa izikoa fa naregny vôlagna nivolagnin'i Jesosy i zatovolahy, niala tamin'ny alahelo izy, satria nagnana fanagnana maro izy. ²³ Nambarany Jesosy tamin'ndrô mpianatra: "Ambarako marigny aminarô, satria amin'ndrô mpanakaregna hiditra agny amin'ny fanjakan'ny lagnitry. ²⁴ Aviô mbola ambarako aminarô ndraiky, taigna mora kokoa amin'ny rameva miditra amin'ny vodim-panjaitra noho ny idiran'ny mpanankaregna agny amin'ny fanjakan-dRagnahary." ²⁵ Izikoa fa naregny izegny irô mpianatranany io, tegna talanjona ankitiny kay nivôlagna nagnano hoe: "Azôvy ny afaka hivonjegna?" ²⁶ Nizaha irô Jesosy aviô nivôlagna nagnano hoe: "Amin'olo tsy hay atao izegny, fa amin-dRagnahary zaka jiaby azo atao." ²⁷ Abaka aviô Petera namaly aviô nivolagna nagnano hoe: "Igny fa nambelanay zaka jiaby aviô nagnaraka Anao zahay. Ino basy ny azonay?" ²⁸ Jesosy nivôlagna irô nagnano hoe: "Ambarako marigny aminarô, amin'ny vanim-potoagna vaovao jiaby mipaitraka iô amin'ny sezy fiandrianan'ny voninahiny ny Zanak'olo, hipaitraka amin'ny sezy fiandrianana aroé ambin'ny folo fo koa anarô zay nagnaraka Zaha, hitsara irô foko aroé ambin'ny folon'Israely. ²⁹ Olo jiaby zay niala tragno, ralahy, anabavy, baba, reny, zanaka, na tany nohon'ny agnarako, dia handray avo zato heny aviô handova fiainagnana mandrakizay. ³⁰ Fa maro irô zay voalohany ho loso farany, aviô farany ho voalohany.

Chapter 20

¹ Fa ny fanjakan'ny lagnitry karaha tompon-tany zay nandaiha marandraigny be agnakarama mpiasa hoan'ny tany tsabon'ny raisin-nany. ² Izikoa fa baka nifagnaraka tamin'ndrô mpiasa izy fa ho dinaria araiky isan'ndra karaman'ndro, nalaifany tagny amin'ny taniny raisin-nany iro. ³ Niboaka ndraiky tamin'ny laira fahatelo avio nahita mpiasa hafa nijorojoro tagny an-bazary. ⁴ Izy nagnambara tamin'ndro: 'Anao koa, mandiana agny amin'ny taniny raisin, avio zay amin'ny hevitrany marigny hamiako anaro.' Kay nandaiha niasa iro. ⁵ Mbola niboaka ndraiky izy tio amin'ny laira tsaota avio koa tamin'ny laira sivy, abaka io nagnano karaha zegny fo koa. ⁶ Tamin'ny laira faha araiky ambin'ny folo, niboaka ndraiky izy nandaiha avio nahita mpiasa hafa nitsangatsangana. ⁷ Nambarany tamin'ndro: 'Nagnino mba anaro karaha mitsangana mandritra tontolo andro?' Iro nagnambara taminany hoe: 'Tsary nisy olo mikarma zahay.' Navaliny tamin'ndro: "Anaro fo mandihana agny an-taniny raisin." ⁸ Izikoa fa hariva andra, nivolagna tamin'ny mpitandrin-draharaha tompony taniny raisin hoe: 'Kahia iro mpiasa avio hifaiha karaman'ndro, manomboko baka agny amin'ny farany ziska amin'ny voalohany.' ⁹ Izikoa fa navy iro mpiasa nalaigna tamin'ny laira faharaiky ambin'ny folo, nahazo dinaria araiky aby iro tsy araiky araiky. ¹⁰ Izikoa fa navy iro mpiasa voalohany, nihevitra fa ahazo mihoatra iro, kanaifa iro fo koa nahazo dinaria araiky aby isany. ¹¹ Izikoa fa nahazo karamanany iro, nitaraigny momba lay tompon-tany iro. ¹² Nambaran'ndro: "Iro mpiasa farany io niasa nanditra laira araiky fo, kanaifa nampitovianao taminay fo iro, zahay nizahavesatra ny tontolo andra ndraiky niharitra hain'andra." ¹³ Nivaliny tompon-tany nivolagna ariky tamin'ndro hoe: 'O

ry zaza, tsy magnano zaytsy mety aminao zaha. Tsy dinaria araiky mba nifagnarahanao taminaka? ¹⁴ Alaiva fo zay ninao avio manjozora amin'ny lalagnanao. Zaho nifidy agnamia hoaa'ndro mpiasa nikaramaigina farany karaha anao koa. ¹⁵ Tsy manan-jo hagnano araka zay tiako amin'ny ninaka mba zaha? Sa mialogno mba anaro satria malala-tagnana zaha? ¹⁶ Kay ny farany mivadika voalohany, avo ny voalohany mivadika faany." [Fagnamariana: Ny dikan-teny taloha tagna tsara magnala ny hoe: "Maro ny kahiagna fa vitsy ny voafidy."] ¹⁷ Izikoa handaiha agny Jerosalema Jesosy, kay nangala iro aroe ambin'ny folo tio agnilany Izy, avio nivolagnaara-dalagna Izy nivolagna tamin'ndro hoe: ¹⁸ "Igny fa, hiakatra andaiha Jerosalema atsika, avio ny Zanak'ologno hamiagna io amin'ny lohan'ny mpisorogno ndraiky irô mpanora-dalagna. Iro agnameloka izy salakady ho faty abaka io ¹⁹ hagnamia Izy amin'ndro Jentilisa mbaika hitokizan'olo, hipopoagna, avio hanombohagna Izy amin'ny hazofijliagna. Fa amin'ny andra fahatelo hatsangana nadraiky Izy." ²⁰ Abaka io regnin'ndro zanaka lahin'i Zebedio nagnatogno Jesosy niaraka tamin'ndrozanany lahy. Niankohoko tio anatrehany izy avio nangataka zaka baka aminany. ²¹ Nambarany Jesosy taminany: "Ino mba raha irinao?" Navaliny taminany: "Mandidia mba hipaitrahan'ndro zanako aroé lahy aby ireto, ny araiky io an-tagnanao ankavanagna avio araiky amin'ny tagnanao ankavia, ao amin'ny fanjakananao." ²² Fa Jesosy namaly avio nivolagna nagnano hoe: "Tsy hainaro tsara bkiny zaka angatahanaro. Afaka higiaka kapoaka zay higiako mba anaro? Namaly iro hoe: "Afaka zahay." ²³ Izy nagnambara tamin'ndro: "Higiaka kapoakako tokoa anaro. Fa hipaitraka io an-tagnako an-kavanako ndraiky ankaviako tsy anjarako ny magnamia, fa hoan'ndro zay efa nomagnin'ny babako." ²⁴ Izikoa fa naharegny izegny iro mpianatra folo lahy lahy hafa, neloko mare tamin'ndro mpiralahy aroé. ²⁵ Fa Jesosy nikaiky iro handaiha aminany avio nivolagna nagnano hoe: "Hainaro fa iro mpanapaka iro jentilisa hangeja iro, avio iro lelahy manan-danja iro hampiatra ny fahefany io amin'ndro. ²⁶ Fa tsy tokony ho karaha izegny aminaro. Mifanohitra amin'izegny, na azovy na azovy magniry ho loso maventy aminaro tsy maintsy ho mpanomponaro, ²⁷ avio na azovy na azovy magniry ho voalohany io aminaro tsy maintsy ho mpanomponaro, ²⁸ karaha ny Zanak'olo tsy nvy hitopoina, fa hanompo, ndraiky hagnamia aigny mbaika ho vidim-panavotagna ho amin'ny maro. ²⁹ Izikoa fa niboaka baka agny Jeriko iro, vahoaka maro nagnaraka Izy. ³⁰ Nisy lelahy jamba aroé nipaitraka tio amin'ny sisin-dalagna. Izikoa fa naregny fa nandalo Jesosy, nikiaka mare iro: "Tompo, zanaka'i Davida, mamindrà fo aminay." ³¹ Nasiaka iro, iro vahoaka aby io, mbaika hangigny, kanaifa vao maika iro nitabataba maresaka: "Tompo, zanaka Davida, mamindrà fo aminay." ³² Abaka io Jesosy nijanogno avio nikaiky iro salakady nivolagnanagnano hoe: "Ino mba raha irinaro hataoko aminaro?" ³³ Navalin'ndro Taminany: "Tompo, mba tia hahiratra masonay." ³⁴ Directy Jesosy nangoraka, sady nikitiky mason'ndro. Kay tio ny io nahiratra directy mason'ndro salakady nagnaraka Izy.

Chapter 21

¹ Kay koa nagnontany agny Jerosalema Jesosy Kay nandeha agny Betifaga, agny agnambony bongo Oliva, nandêfa mpianatra aroé Jesosy, ² nivolagna tamin-drô hoe: "Mandihanà amin'ny tanana magnaraka ao, fa iô anarô hahita boriky mifehy bakô zanaka boriky araiky miaraka aminany. Vahao irô bakô hoënta aminaka aty. ³ Izy koa misy mivolagna anarô mahakasiky zegny, volagna hoe: 'Misy raha ilainy Tompo izy,' bako iô ny iô i olo zegny handefa izy miaraka aminarô." ⁴ Kay zegny niraha nitranga mba hatantêraka raha nambarany mpaminany. Hoy Izy hoe: ⁵ "Agnambara zanaka vavin'i Ziona hoe: 'Indriô, Mpanjakananao magnantogno anao, Mitenginy boriky zana-boriky lahy.'" ⁶ Aviôroso iro mpianatra nagnano araka zegny nagnirahan'i Jesosy irô. ⁷ Nindessin-drô ampondra ndraiky zana-boriky bakô namêtraka lamban-drô taminany, kay nipêtraka tamin'nylamba tiô Jesosy. ⁸ Ankamaroan'ny vahoaka koa namêtraka lamba nazy tamin'ny tany, namparahan-drô sampan-kazo sady naporitaka tamin'ny lalagna. ⁹ Aviô irô vahoaka Nandêha alohan'i Jesosy ndraiky nitabataba irô nagnaraka izy hoe: "Hôsana ho an'ny zanaka Davida! Isaoragna izy navy baka amin'ny agnaran'ny Tompo!" ¹⁰ Izy koa nidriky ta Jerosalema tao Jesosy, nandrotogno mpiray tanàna nagnano hoe: "Azôvy ma io?" ¹¹ Namaly vahoaka hoe: "Izy ndrô Jesosy araiky mpaminany baka agny Nazareta agny Galilia." ¹² Aviô nidriky ta l'eglise tao Jesosy. Niroasiny aby irô mpivarotro ndraiky irô mpivanga jiaby ta l'eglise tao, bakô nalavony ka latabatra-drô mpanakalo vola draiky fipitrahan-drô mpivarotro voimailala. ¹³ Hoy Izy tamin-drô hoe: "Êfa voasôratra hoe: 'Ny tragonaka atao hoe tragno fivavahagna.'" ¹⁴ Tetekin'izigny nisy gila draiky mitsokilaka nagnatogno Izy ta tempoly tao, nisitragniny irô. ¹⁵ Izy ka fa nahita raha mahagaga nataony ny lehiben'ny Mpisôrognô draiky mpanora-dalàgna, izy ka fa regnin-drô tsaiky madiniky aby io nitabataba ta tempoly tao hoe: "Hôsana agny amin'ny zanaka Davida," kay neloko maré irô. ¹⁶ Hoy irô taminany hoe: "Regninarô ma raha nambaran-drô olo aby irô?" navalin'i Jesosy tamin-drô hoe: Ia! Fa tsendriky nivakianarô fekiny raha hoe: 'Baka amin'ny vavan'ny tsaiky madiniky draiky tsaiky minôno ndrô andovanarô fideragna?' ¹⁷ Aviô niala irô Jesosy nandeha tagny amin'ny tananàn'i Betania tagny bakô nipêtraka aligny tao. ¹⁸ Koa fa marandraignin'izigny nipody ta tanàna tagny Izy, kay silaogno. ¹⁹ Nahita kakazon'aviavy tan-tsisindalagna tiô, nagnantogno tiô Izy bakô tsy nahita na ino na ino tiô izy ka fa tsy raviny fo. Hoy Izy taminany hoe: "Aoka tsy ho hisy voany eky baka aminao mandrakizay," niaraka tamin'izegny naiky aviavy io. ²⁰ Izikoa nahita zegny reo mpianatra, dia Gaga sady nivola hoe: "Ahoana no nahamaina directy ity aviavy ty?" ²¹ Namaly Jesosy ary nivôlagna tamindrô hoe: "Volagniko aminareo, Izikoa managna fignoana sady tsy misy fisalasalana ianareo, dia tsy zay natao tamin'io aviavy io ihany no hataonareo, fa na dia hiteny amin'gny tendrombohitra aza anareo hoe: 'Miongota ary mianjrrà an-dranomasigany any,' dia ho atao zegny. ²² Na ino na ino angatahin'ndrô am-bavaka am-pinoagna, dia ho azonareo." ²³ Izy koa nidriky ta tempoly tao Jesosy, nagnantogno Izy ny lehiben'ny mpisôrognô draiky zokiolo tamin'izy mbola

nampianatra kay nivolagna hoe: "Fahifagna baka aia ma agnanôvanao raha jiaby io?"²⁴ Namaly Jesosy kay nivolagna tamin-drô hoe: "Hamitrako fagnontaniagna araiky koa anarô. Koa ambaranarô Za valiny, ambarako anarô koa fa fahifagna baka aia agnanaovako raha jiaby regny."²⁵ Batisan'i Jaona -baka ia naviany? Baka tagny an-dagnitry sa baka tamin'ny olombelogo?" Niady hevitra irô, nagnano hoe: "Koa mivolagna atsika hoe, 'Baka tagny an-dagnitry, 'Izy hivolagna amintsika hoe: 'Kay nagnino fo anarô tsy nino izy?"²⁶ Fa izy koa mivolagna atsika hoe: 'Baka tamin'ny olombelogo', mavoza vahoaka atsika, fôtony mihevitra irô fa i Jaona kara mpaminany". Kay navalin-drô tamin'i Jesosy hoe: "Tsy hainay".²⁷ Nivolagniny tamin-drô koa hoe: "Zaho koa tsy hivolagna aminarô hoe baka aia fahifagna agnanaovako raha jiaby regny."²⁸ Ino hevitra narô? Nisy lelahy araiky nagnana zanaka aroe lahy. Nandeha nagnatogno araiky voalohany izy nagnano hoe: 'Zanako, mandihana miasa an-tsabo agny anao niany."²⁹ Navaliny zanany lahy io hoe: "Zah tsy andeha agny", baka iô niôva hevitra izy kai rôso fo."³⁰ Aviô nandeha amin'ny araiky faharoa izy nivolagna kara igny koa. Namaly izy hoe: "Andeha agny zaho, tôlempoko" Kanêfa tsy nandeha izy."³¹ Azôvy tamin'ndrô zanany aroé io ndrô nagnano sitrapôn'ny babany?" Hoy irô hoe: "araiky voalohany." Jesosy nivolagna tamin'ndrô hoe: " Ambarako marigny aminarô, irô mpamory hêtra ndraiky irô mpivarotêgna hidriky Fanjakagnan-dRagnahary alohanarô."³² Fa Jaona nagnantony anarô tamin'ny fahamarignana, fa tsy nety nino izy anarô. Fa irô mpamory hêtra ndraiky mpivarotêgna nety nino izy. Fa anarô, na dia hahita zegny aza, tsy nibêbaka ndraiky tsy nino izy."³³ Tandrignêsa fagnoharagna araiky ity. Nisy lelahy araiky, tôlempiny tany. Nagnano taniny resin izy, nasiany fefy izegny, nanangagnany tilikambo, Kay nampagnofainy tamin'ndrô mpamboly resin. Aviô nandeha tamin'ny tanàna hafa izy."³⁴ Izy ka fa narikitry taogno famokaragna, nagniraka irô mpiasa nazy izy andeha amin-drô mpitsabo resin agny hangala vokatra nazy."³⁵ Fa nisambôrîn-drô mpamboly resin irô mpiasa nazy io, nipohiny araiky, nivoneny sasany, mbala nitorahagnan-drô vato ka ny sasany."³⁶ Bakô mbala, nandêfa mpiasa hafa koa tôlempin- tany, Maro noho ny tamin'ny voalohany ka, kay nataon-drô Kara zegny fo Koa."³⁷ Tafaran'izigny, nagniraka zanany lelahy tôlekagna tamin'ndrô tagny ka tôlempin'ny tany, nivolagna hoe: 'Hagnaja ny zanako irô.'"³⁸ Izy koa fa nahita zanany lahy io irô mpitsabo resin, nifampirêsa irô hoe: 'Ity ndrô mpandova. Alô, hivonetsika izy bakô alaintsika lova.'"³⁹ Ikà fa karazegny nisambôrîn-drô izy, natsipiny agnatiny tsabony resin tao bakô nivoneny."⁴⁰ Izy ka fa navy tôlempin'ny tan-dResin, ino raha ataony amin-drô mpitsabo resin?"⁴¹ Hoy irô taminany hoe: Hipotehigny amin'izegny fômba maharary indrindra irô olon-doza io, bakô aviô hampagnofaigny mpitsabo resin hafa ny tanin'ny resin, mba olo hagnamia anjarany vokatra amin'ny lèrany izy mamoa." "⁴² Nivolagna tamin'ndrô Jesosy hoe: " Mbalantsy namaky sôratra Masigny fekin'ny mba anarô hoe: 'Vato tsy tiany mpagnôrigny tragno natao vato fôtoto. Baka amin'ny Tômpo izegny, kanêfa mahagaga amin'ny masotsika zegny?"⁴³ Dikany zegny' ambarako anarô, hadoso aminarô Fanjakagnan-dRagnahary bakô hamiagna ny firenena zegny mahavokatra voany."⁴⁴ Kay na azôvy na azôvy tsy ho tiany vato io hipotehagna. Fa zegny lavoany kosa hitorotoregny."⁴⁵ Izy ka fa naharegny fanoharagna regny irô lehiben'ny mpisôrogo ndraiky irô Fariseo, kay azon'ndrô fa mahakasiky irô ndrô koragniny."⁴⁶ Aviô tsaiiky nisambôrîn-drô Izy, kanêfa navozo vahoaka irô, fôtony èfa nataon'olo ho mpaminany Izy.

Chapter 22

¹ Nivolagna tamin'ny fagnoharagna tamin'ndro ndraiky i Jesosy, nagnano hoe: ² "Fanjakan'ny lagnitry mitovy amin'ny mpanjaka zay nagnomagna fagnasagna amin'ny fampakaram-bady ho amin'ny zanany lahy. ³ Nagniraka iro mpanomponany hikaiky iro zay nahazo fagnasagna hiatriky fetin'ny fampakaram-bady izy, fa tsy nety ho avy iro. ⁴ Nandaifa iro mpamnomponany hafa ndraiky ny mpanjaka, nagnano hoe: 'Agnambarao iro zay nasaigina hoe: "Zahava fa, efa nikarakarako tsara hanigninaka. Efa nivonegna aomby ndraiky iro zanak'aomby mifahy, avio efa vognono iro zaka jiaby. Mitongava ao amin'ny fety fampakaram-bady." "⁵ Fa anaifa ndraiky, anaro tsy niraharaha avio loso nandaiha, avio araiky nagnantôgno toeragna fiompiagnanany, avio ny sasany tamin'ny raharaham-barotranany. ⁶ Iro sasany hafa koa nanambotro iro mpanompon'ny mpanjaka, nangala baraka iro, salakady namono iro. ⁷ Kay neloko mpanjaka salakad nagniraka iro miaramilanany, avio namno mmpamono olo iro, avio nagnoro tanagnanany. ⁸ Abaka io nivolagna tamin'ndro mpanompo izy: 'Efa vognono ny fampiakaram-bady, fa iro zay nasaigina tsy mendriky. ⁹ Noho izegny mandihana agny amin'ny sampan-dalambe avio nagnasa olo maro araka zay hitanaro ho agny amin'ny fety fampakaragnam-bady.' "¹⁰ Nandêha niboaka tagny amin'ny lalam-be iro mpanompo avio nagnambara olo jiaby zay hitan'ndro, na tsara na ratsy. Noho izegny, feno vahiny efitragno maventy nisy ny fampakaragna. ¹¹ Fa izikoa fa niditry mpanjaka mbaika hizaha iro vahiny, nahita lelahy tsy nisikiny akanjo fitondra amin'ny fampakaram-bady izy. ¹² Nivolagna taminany mpanjaka nagnano hoe: "O ry zaza, amin'ny fomba akory hidiranao ato ato tsy miaraka amin'ny sikiny fitondragna amin'ny fampakaram-bady?" Fa ty nahavolagna i ralelahy. ¹³ Abaka io nivolagna tamin'ndro mpanompony mpanjaka nagnano hoe: 'Fihaizo tagnana ndaiky vitin'ity lelahy ty, avio atsipaza agny amin'ny aizigny agny ambadiiky izy, agny misy fitomagnia ndraiky fikotroha-nify.' "¹⁴ Fa olo maro nikahiagna, naifa vitsy ny avoafidy. ¹⁵ Aviô irô fariseo nagnomagna fômba mety hamandrihagna Jesosy amin'ny raha nikoragniny. ¹⁶ Bakô nirahin-drô andeha Aminany agny irô mpianatran-dro, hiaraka tamin'ndrô Herodiana. Nivolagna tamin'i Jesosy irô hoe: "Ry mpampianatra eh! hainay fa marigny Anao, bakô mpampianatra lalagnan-dragnahary amin'ny marigny. Tsy miraharaha hevitrin'olo hafa Anao, baka iô ka tsy mizaha mitagnila. ¹⁷ Dikany zegny ambara zahay, ino hevitrinao? Ara-dalagna ma fandoavagna hetra agny amin'ny Kaisara sa tsia?" "¹⁸ Kanefa azon'i Jesosy haratsiagnan-dro Kay nivolagna hoe: "Nagnino mitsapa Za anarô, Mpiatsaravelatsihy?" "¹⁹ Aboaha Za farantsa amin'ny hetra." Kay nitôndra denaria taminany tiô irô. ²⁰ Nambarany Jesosy

tamin'ndrô hoe: "Ninjo sary ndraiky agnaragna ity?"²¹ Navalin'ndro taminany hoe: "Nihin'i Kaisara." Aviô Jesosy nagnambara irô hoe: "Amia i Kaisara zegny ny Kaisara, bakô amian-dRagnahary zegny nihin-dRagnahary."²² Izy koa fanaharegny izigny irô, gaga. Aviô niala tamin'ndrô tiô nandeha.²³ Tamin'ny andra io fo irô Sadoseo Sasany, irô nivôlagna fa tsisy fitsanganagna amin'ny maty, nagnantogno Izy. Nagnontany Izy irô,²⁴ nagnano hoe: "Mpampianatra eh, Mosesy nivôlagna hoe: 'Iziko maty olo, Tsy manan-janaka, tôkôny hanambady vadiny ny ralahiny bakô hiteraka ho an'ny ralahiny.'²⁵ Nisy mpiralahy fito. Nanambady voalohany aviô maty. Maty tsy hiteraka, namiany ho any ralahiny vadiny."²⁶ Aviô mitovy amin'izegy ka araiky faharo, bakô lay fahatelo, Kara zegny fo ka juska amin'ny ralahiny fahafito.²⁷ Tafaran-dro jiaby, maty i viavy.²⁸ Kay amin'ny fitsanganagna amin'ny maty, ho vadin-jovy amin-drô fito mpiralahy regny izy? fôtony fa nanambady izy aby irô jiaby."²⁹ Kay namaly Jesosy nivôlagna irô hoe: "Diso anarô, fôtony Tsy mahay Soratra Masigny na herin-dRagnahary."³⁰ Amin'ny fitsangana amin'ny maty salakady Tsy nanambady izy irô no Tsy amiagna ampakarigny ka. Kanefa ndraiky, mitovy amin-drô anjely agny an-dagnitry.³¹ Fa mahakasiky fitsangan'ny maty, mbala Tsy nivakinarô ma raha nambaranin-dRagnahary taminaro, magnano hoe: "Za ndrô Zagnaharin'i Abrahama, Zagnaharin'Isaka, bakô Zagnaharin'i Jakoba? ndRagnahary tsy Zagnaharin'ny maty, fa nihin'ny velogno."³² Kay izy koa fa naharegny zegny irô vahoaka, lany fagnahy tamin'ny fampianarananany.³³ Fa izy koa regnin-drô Fariseo ny nampagignan'i Jesosy Sadoseo, Kay niaraka nivondrogo irô.³⁴ Araiky tamin-drô, mpahay lalâgna, nametraka fagnontaniagna taminazy, nangala fagnahy izy hoe: "Mpampianatra eh, ino ma didy tegna be amin'ny lalâgna ao?"³⁵ Nivôlagna taminany Jesôsy hoe: "Tiava amin'ny fônarô jiaby, amin'ny fagnahinarô jiaby, ary amin'ny saigninarô jiaby ny Tompon-dRagnaharin'ny." "Izegny didy maventy salakady voalohany."³⁶ Kara zegny koa didy faharo: "Tiava ny namanao kara tegnanao."³⁷ "Kai amin-drô didy aroe regny iankinan'ny lalâgna jiaby draiky irô mpaminany."³⁸ Mbala tiô ampivoriagna irô Fariseo, nametraka fagnontaniagna tamin-drô Jesosy.³⁹ Hoy Izy: "Ino ma diniky narô mahakasiky i Kristy?" Navalin-drô: "zanaka Davida."⁴⁰ Hoy Jesosy tamin-drô hoe: "Nagnino fo basy Davida mipetraka agnatiny ny fagnahy ao mbala mikaiky Izy Tompo, magnano hoe: "Tompo nivôlagna tamin'ny Tompoko hoe: "Mipitraka amin'ny tagnan'ankavagnako iô, ziska fahavitako ny fahavalonao ho fipitran'ny vitinao?"⁴¹ Na Davida fo nikaiky i Kristy hoe: "Tompo," kai ino mampa zanaka Davida Izy?"⁴² Tsisy olo nahavaly Izy Tamin'ny koragna io, baka iô tsisy olo nahasaky nametraka fagnontaniagna hafa eky eky nanomboko tamin'ny andra zegny.

Chapter 23

¹ Bakô Jesosy nivôlagna tamin'ndrô vahoaka ndraiky irô mpianatranany. ² Hoy izy hoe: "Irô mpanoro-dalâgna ndraiky fariseo mipetraka amin'ny fitoërganan'i Mosesy iô." ³ Dikany zegny na ino na ino handidian-drô anarô ho atao, ataoa raha zegny bakô Mitandraima amin-drô. Fa aza mangalataka asan-drô, fôtony irô mivolagna raha nêfa aviô tsy ataon-drô. ⁴ Ia, fihezina-drô entagna mavësatra zegny sarotro andesigny, bakô aviô apêtrakan-drô amin'ny sôrokon'olo iô. Fa tsy nagnaintagna ratsan-tagnana araiky aby irô fa tégna-drô fo hitôndra irô. ⁵ Magnano asan-drô jiaby irô baka ho hitan'olo. Fa ataon-drô malalaka fyllataterany, bakô itarin-drô tendron'akanjony. ⁶ Tian-drô toërganany manan-kaja agny amin'ny fagnasagna ndraiky toërgana ndrô maventy amin'ny synagoga, ⁷ ndraiky fiarahabagna miavaka agny an-tsaina, bakô hikaïn'olo hoe: 'Raby.' ⁸ Fa anarô tsy azo ikaïagna hoe: 'Raby,' fa araiky fo mpampianatranarô, bakô mpiralahy anarô jiaby. ⁹ Bakakô ka aza mikaiky olo an-tany aty babanarô fa araiky fo Babanarô, Izy an-dagnitry agny. ¹⁰ Bakô anarô aza mety kaïn'olo hoe: 'Mpampianatra,' fa araiky fo mpampianatranarô, I Kristy. ¹¹ Fa zegny ti-ho be aminarô ndrô ho mpanomponarô. ¹² Na azôvy na azôvy manandra-tégna ahegny, bakô na azôvy na azôvy manêtry tégna hasandratra. ¹³ Fa lagigny aminarô, mpanora-dalâgna ndraiky fariseo, mpihatsaralatsihy! Fa afodin'ny amin'ny olo fanjakagnan'ny langitry, arô fa tsy ampidriky tégna-drô, Kay mitady tsy agnambêla irô hidriky koa. ¹⁴ [Fanamarihana: Ny antotan-taratasy taloha tsy ahitagna fehezanteny hoe: 'Fa lagigny aminarô, mpanora-dalâgna ndraiky fariseo, mpihatsaralatsihy! Fa mankasitraka tragnony mitôndra tégna, bakô magnano vavaka lavareny anarô. Dikany zegny hahazo sazy maventy anarô.'] ¹⁵ Lagigny aminarô, mpanora-dalâgna ndraiky fariseo, mpihatsaralatsihy! Fa mandêha mitety ranomasigny ndraiky tany anarô mba hampiova olo araiky, bakô izy koa fa miôva izy, ataonarô Zanaka môtro mihoatra lavitra fôtony baka aminarô izy. ¹⁶ Lagigny aminarô, mpitariky gila, anarô mivolagna hoe: 'Na azôvy na azôvy mifanta amin'ny tempoly Tsisy dikany zegny. Fa na azôvy na azôvy mifanta amin'ny volamenan'ny tempoly, voafehin'ny fiainagna izy.' ¹⁷ Anarô gila adala! Azôvy ka ndrô maventy ka, volamena sa tempoly arô magnano volamena ho masigny? ¹⁸ Bakô, 'Na azôvy na azôvy mifanta amin'ny alitara, Tsisy dikany zegny. Fa na azôvy na azôvy mifanta amin'ny fanatitry agnambony zegny, voafehin'ny fifantany izy.' ¹⁹ Arô olo gila! azôvy ka ndrô be ka, fanatitry sa alitara agnanaôva fanatitry ho masigny? ²⁰ Dikany zegny, zegny mifanta amin'ny alitara, kay mifanta amin'izegy ndraiky amin'ny raha agnambony iô. ²¹ Araiky mifanta amin'ny tempoly, mifanta amin'izegy ndraiky amin'izegy monigny Aminany ao, ²² ndraiky zegny mifanta amin'ny langitry, mifanta amin'ny seza fiandrianan-dRagnahary ndraiky Aminany zegny mipetraka agnambony zegny iô. ²³ Lagigny aminarô, mpanora-dalâgna ndraiky fariseo, Mpiatsaravelatsihy! Fa mandoa fahafolon'ny solila ndraiky aneta bakô komina anarô, fa anarô tsy nagneky raharaha mavêsa-danja indrindra amin'ny lalâna, rariny ndraiky famindra-pô bakô finoagna. Fa tôkôny ataonarô regny bakô tsy tôkôny nambelanarô tsy ho vita araiky hafa. ²⁴ Arô mpitarika gila, arô zegny manivagna lalitra nêfa ramêva! ²⁵ Lagigny aminarô, mpanora-dalâgna ndraiky fariseo, Mpiatsaravelatsihy! Fa nidiovinarô ambêlan'ny kapoaka ndraiky kapila, nêfa agnatiny ao feno fagniriagna ndraiky filâgna. ²⁶ Anarô ry fariseo gila! Diova antsandriky agnatiny kapoaka ao ndraiky kapila, mba ho rôso madio koa ambêlany. ²⁷ Lagigny aminarô,

mpanora-dalàgna ndraiky fariseo, mpiatsaravelatsihy! Fa anarô Kara fasagna pindre fotsy; tsara ambèlany, fa agnatiny ao feno taolam-paty ndraiky loto jiaby.²⁸ Kara zegny koa, aty ivèlanarô miseho ho marigny amin'olo iô, nèfa agnatinarô ao feno fihatsaram-bèlatsihy ndraiky heloko.²⁹ Lagigny aminarô, mpanora-dalàgna ndraiky fariseo, Mpiatsaravelatsihy! Fa magnôrigny fasagna mpaminany anarô bakô mampihaingo fsagnan'olo marigny.³⁰ Hoy anarô hoe: 'Izy koa nihaiginy taminy andran'ny razam-betsika atsika, tsy ho nandray anjara niaraka tamin'ndrô tamin'ny fandatsahagna ràn'ny mpaminany atsika.'³¹ Dikany zegny mijoro vavolombelongo amin'ny tègnanarô anarô fa zanakan-drô zegny namono mpaminany.³² Anarô fo koa nahafeno fahotagnan-drô razam-benarô.³³ Anarô ry bibilava, anarô ry taranaka mènarana, karakory hilifasanarô sazy andeha amin'ny motro?³⁴ Dikany zegny, indriô, magniraka mpaminany ndraiky olon-kendry bakô mpanora-dalàgna ho anarô Za. Ny sasany amin-drô hi-vonenarô ndraiky hombonaro; bakô sasany hipoponarô amin'ny synagoganarô ao bakakô ka handroaka izy hiala ao an-tanàna.³⁵ Vokatra zegny hanody anarô ny rà marigny jiaby zegny nalatsaka teto an-tany, nanomboko tamin'ny ràn'i Abèla marigny, ziska amin'ny ràn'i Zakaria zanak'i Barakia, zegny novonenarô agnèlan-kèlany toèragna masigny tiô ndraiky Alitara.³⁶ Ambarako aminarô marigny, fa zaka jiaby ho avy amin'ny taranaka ity.³⁷ Ry Jerosalema, ry Jerosalema, anao zay mamono mpaminany ndraiky mitora-bato zay nirahiny taminarô! Impiry ma za ndrô magniry hamory zakananarô miaraka, Kara akôho vavy araiky mamory akôho hely ambany èlatrany ao, nèfa tsy mety anarô!³⁸ Indriô, tragnonarô ambèla ho anarô.³⁹ Fa ambarako aminarô, ziska amin'iziô, tsy hahita Za eky anarô mandra- pivolagnanarô hoe: 'Isaoragna anie zegny baka amin'ny agnaran'ny Tômpo.'"

Chapter 24

¹ Niboaka ta l'eglise tao Jesosy kay roso nandeha. Nagnantogno Izy iro mpianatranany mba hagnaboaka firafitry ny tempoly io. ² Kanèfa nivolagniny tamin-drô hoe: «Tsy hitanaro ma irô zaka jiaby regny ? Ambarako marigny aminaro, tsy ho hisy vato araiky ambèla tsy ho ravagniny.» ³ Tamin'ny Izy nipetra tagnabony bongon'Oliva, nagnantogno Izy irô mpianatra nazy nivolagna hoe: «Ambarà zahay, imbiagna ma irô zaka jiaby regny hitranga ? Ino famantaragna havianao ndraiky faranian-dra?» ⁴ Namaly Jesosy nivolagna iro hoe: «Mitandraima mba tsy ho hisy hamitaka anarô.» ⁵ Fa maro olo ho avy baka amin'ny angnarako. Bakô hivolagna irô hoe: 'Za ndrô Kristy,' kay ho maro ho voafitaka. ⁶ Handre ady sy tatitr'ady anarô. Mitandrema mba Tsy hitebiteby anarô, fa tsy maintsy nitranga raha iaby zegny; nèfa tsy mbola navy ny farany. ⁷ Fa hisy firenena hanohitra firenena, ary fanjakana hanohitra fanjakana. Hisy mosary sy horohoron-tany amin'ny toerana samihafa. ⁸ Nèfa zegny raha iaby zegny dia fiandohagnin'ny fanaintainan'ny fiterahagna fo. ⁹ Kay handeha amian-drô ho hampijaliàgna anarô bakô hivoneny. Ho halany firenena jiaby anarô nohon'ny agnarako. ¹⁰ Bakô maro ho tafintohigna, bakô ka hifamadiky ndraiky hifankahala ny tsiairaikiaraiky. ¹¹ Mpaminany sandoko maro hitsangana hamitaka olo maro. ¹² Fotony hitombo haratsiagna, bakô hahay hanintsy fitiavan'ny maro. ¹³ Fa zegny madigny ziska amin'ny farany no vonjegy. ¹⁴ Ity filazantsara fanjakagna ity ho torigna magnèran'izao tontolo izao ho vavolombelongo amin'ny firenena jiaby. Aviô zegny vo avy farany. ¹⁵ Dikany zegny izy koa mahita fahavètavètagnan'ny fandravagna anarô zegny namambaran'ny Daniela mpaminany hitsangana amin'ny toeragna masigny iô anarô.» ¹⁶ (Aoka zegny mamaky hatakatra), «Aoka zegny agny Jodia hilèfa agnabon'ny bongo agny, ¹⁷ Aoka zegny aganabo tafintragno aoa tsy hijotso angala zaka baka antragno ao, ¹⁸ bakô aoka ka zegny an-tanimbary tsy himpody angala lambany . ¹⁹ Fa lagigny ho an-drô mavesatra draiky mampinônô amin'ny andra zegny ! ²⁰ Mivavahà mba tsy ho ririgniny na amin'ny sabata hitranga filifasagnanarô. ²¹ Fa hisy fahoriagna maventy mbala tsisy kara zegny rango nisian'ny Donia ty ziska ziô, a-ha, bakô tsisy eky. ²² Izy koa tsy ankafohezigny andra io, tsisy haiginy ho vonjegy. Fa nohon'ny olo voafidy hafahezigny andra io. ²³ Fa izy koa misy olo mivolagna anarô hoe: Indriô, ity i Kristy' na 'iry i Kristy' kaza mino zegny. ²⁴ Fa Kristy sandoko draiky mpaminany sandoko agnaboaka famatragna maventy draiky zaka mahagaga, mba hamitaka, raha azo atao, ia na irô olo voafidy io aza. ²⁵ Indriô efa nambarako anarô mialoha ny fotoagana. ²⁶ Dikany zegny izy koa mivolagna anarô irô hoe: 'Indriô, ambadiky agny izy,' aza mandeha ambadiky agny. Na hoe 'indriô agnatiny'ny tragno ao izy' kaza mino zegny. ²⁷ Fa kara varatra latsaka zegny baka antigniana agny mahatonga andrefa, Kai kara zegny havian'ny Zanak'Olo. ²⁸ Fa zegny antany misy faty fo ivoarian'ny volotora. ²⁹ Koa fa afaka fahoriagna amin'ny andra ho jôby masoandra, fanjava tsy agnamia mazava, ilatsaka boka an-dagnitry agny lakintagna, bakô hihozongozogno herin'ny lagnitry. ³⁰ Aviô hiboaka amin'ny lagnitry egnny famataragnan'ny Zanak'Olo, bakô foko jiaby ambony ny tany hoisaona. Hahita Zanak'Olo baka amin'ny rôndro miaraka amin'ny hery draiky voninahitry maventy Irô. ³¹ Handefa irô anjely Izy miaraka amin'ny fiô trompetra maré, bakô hamory olomboavidy baka amin'ny vazan-tany efatra agny irô, manomboko amin'ny faravodin'ny lagnitry ziska amin'ny farany. ³² Mianara leçon avy amin'ny aviavy. Dienty mbala matoe ny sampany bakô hagnaboaka raviny, kai haindrô fa mariny asara. ³³ Kara zegny koa, izy koa mahita zaka jiaby zegny anarô, tôkony ho hainarô eky fa efa marikitry Izy, iô amin'ny varavaragna iô fo. ³⁴ Ambarako marigny aminarô, tsy ho lany taranaka ty mandra-piboahan'ny zaka jiaby zegny. ³⁵ Tsisy eky lagnitry draiky tany fa volagnanaka tsy mety ravagna mandrakizay. ³⁶ Kanefa mahakasiky andra zegny draiky lèra io tsisy mahay, na anjelin'ny lagnitry aza, na Zanaka lahy, koa tsy i Baba fo. ³⁷ Kara tamin'ny andran'i Noa, Kara zegny koa fiavian'ny Zanak'Olo. ³⁸ Fa kara tamin'ny andra talohan'ny safo-drano nihinagna draiky nigiaka irô, nanambady draiky nampakarigny mandrapavian'ny andra nidiran'i Noa aganatin'ny sambo fiara tao, ³⁹ Bakô tsy nahay na ino na ino irô mandra-pavian'ny safo-drano kai namono irô jiaby kara zegny hiavian'ny Zanak'Olo. ⁴⁰ Aviô hisy lelahy aroe an-tanimboly agny__ araiky alaigny, araiky ambèla. ⁴¹ Magnangy aroe handisa vary__ araiky alaigny, araiky ambèla. ⁴² Dikany zegny, miambesa, tsy ho hainarô andra avian'ny Tomponarô. ⁴³ Fahainaro iziô,

izika hainy tòmpin-tragno hoe amin'ny firy aligny havian'ny mpangalatra, nambèsany izy bakô tsy ho nambèlany ho vaky tragnony.⁴⁴ Dikany zegny tsy maintsy vôgnono koa anarô, fa ho avy Zank'Olo amin'ny lèra tsy ampoizinarô.⁴⁵ Kay azôvy mba mpiasa misy jery nirahin'ny sefo nazy hikomdy hankohonany mba hagnamia irô hanigny amin'ny lèra maha mety izy?⁴⁶ Sambatra i olo zegny izy koa itany sefo nazy magnano zegny amin'ny lèran'izy avy.⁴⁷ Ambarako aminarô fa sefo nazy io hampanonga izy ho agnabony zaka jiaby anagnany.⁴⁸ Fa izy koa misy mpiasa mivolagna agnatiny fo nany ao hoe: 'Ela haviany Tompoko,'⁴⁹ kay manomboko mamony piasa namany izy, ndraiky mihinagna bakô mihiaka miaraka amin-drô mamolava;⁵⁰ ho avy sefo nany amin'ny andra tsy ho ampoizigny zegny bakô lèra tsy hainy.⁵¹ Ho tivitivainy sefonany izy bakô ataony kara irô mpiatsaravelatsy anjarany, kay zegny hisy tomoagny migogoko ndraiky nify mivatriky.

Chapter 25

¹ Fanjakan'ny lanitra zegny mitovy amin'ny virjiny folo izay nangala jirony ka nandeha fanojy tamin'ny mpampakatra.² Ny dimy tamin'ndrô zegny adala fa ny dimy hafa ndraiky hendry.³ Irô virjiny adala koafa nitaondra jirony zegny, irô tsy nitôndra soliky niaraka tamindrô.⁴ Fa irô virjiny hendry ndraiky zegny nitaondra fitahirizan-tsoliky niaraka tamin'ny jirony.⁵ Ary raha tara ny mpampakatra zegny, rendremana irô jiaby ka nandry.⁶ Fa tamin'ny sasak'aligny zegny nisy nikaiky mafy hoe: "Indrio, ny mpampakatra! misaokatra mba hifanojy aminy." ⁷ Avy iô nihangana irô virjiny jiaby kay nikarakara ny jirony.⁸ Hoy irô adala tamindrô hendry: "Mba amià ampahany amin'ny solikinarô izahay fa efa ho faty jironay." ⁹ Fa namaly irô hendry kay nivolagna hoe: "Tsao tsy ho ahampy ho anay ndraiky hoanarô, fa mandihana anarô agny amindrô mpivarotra ka mivadiana ho an'ny tagnanarô." ¹⁰ Irô koafa nandaiha nividy zegny, navy mpampakatra, ary izay efa vognono fo zegny niara-nandaiha tamin'ny ho agny amin'ny fanasam-panambadiagna, ka nifody varavaragna.¹¹ Afaka fotoagna foky zegny, navy koa irô virjiny sasany kay nivolagna hoe: 'Tompoko, Tompoko, mba sokafa izahay'.¹² Fa namaly Izy ka nivolagna hoe: 'Volagniko marigny aminarô, Zaho tsy mahay anarô.' ¹³ Kay noho izegny mihambena, fa tsy hainarô ny andra na ny l'heura.¹⁴ Izegny mitovy amin'ny lelahy araiky izay handaiha ho agny amin'ny firenen-kafa. Nikaiky mpiasanazy izy ka nampitantagna azy irô haregnany.¹⁵ Ny araiky tamindrô namiany talenta dimy, ny araiky hafa namiany aroe, ary araiky hafa ndraiky namiany talenta araiky. Ny tsiairaikaraiky zegny samy nandray talenta araka izay fahaizany avy, avy iô i lelahy iô nandaiha tamin'ny diany tagny.¹⁶ Ny araiky izay nahazo talenta dimy zegny nihala teo noho eo kay nampiasa azy ary nahazo talenta dimy hafa.¹⁷ Kara izegny koa nataony araiky nahazo talenta aroe, nahazo aroe hafa.¹⁸ Fa ilay mpanompo araiky izay nahazo talenta araiky ndaiky, nandaiha ka nangady lavaka tamin'ny tany, avy iô naleviny ny volan'ny tòmpiny.¹⁹ Afaka fotoagna ailahaila kay nipody zegny chefondrô sady nandamin-draharaha tamindrô.²⁰ Niditra ilay mpanompo izay nahazo talenta dimy sady nitaondra talenta dimy hafa. Hoy izy hoe: "Tompoko, namianao talenta dimy zaho. indrio, nanagna tombony talenta dimy hafa zaho." ²¹ Hoy ny chefonany taminy hoe: "Tsara izegny, ry mpiasa tsara sady mahatoky! Nahatoky tamn'ny zavatra vitsivitsy ianao. Izaho hampihandraikitra anao amin'ny raha maro. Midira amin'ny fifalian'ny chefonao." ²² Ilay mpiasa izay nahazo talenta aroe zegny nagnatogno ndraiky nivolagna hoe: "Tompoko. namianao talenta aroe zaho, indrio, nanagna tombony talenta aroe hafa zaho." ²³ Nambarany chefonany taminy: "Tsara izegny, ry mpiasa tsara sady mahatoky! Nahatoky tamin'ny raha vitsivitsy ianao. Izaho hampihandraikitra anao amin'ny raha maro. Midira amin'ny fifalian'ny chefonao." ²⁴ Baka iô ilay mpiasa izay nahazo talenta araiky nagnatogno sady nivolagna hoe: "Chefonaka, haiko fa anao lelahy hentitra. Mijinja eny amin'izay tsy namafazagnanao anao, sady manangom-bokatra amin'izay tsy nitsaboanao anao." ²⁵ Navozo zaho, ka nandaiha avy tiô nagnasitsiky talentanao tao agnatiny tany. Zahà, indrio izay anao." ²⁶ Namaly azy chefonany ka nambarany taminy hoe: 'Ianao ry mpiasa ratsy sady maigny, hainao fa zaho mijinja antany tsy namafazako ndraiky manangom-bokatra eo amin'izay tsy nitsaboako.' ²⁷ Noho zegny, tôkono namianao mpanjana-bola ny volako, koa fa nipody zaho, nandray ninaka miaraka amin'ny tombony.²⁸ Noho zegny alaiva agny talenta abao'io amià irô mpiasa izay managna talenta folo agny.²⁹ Fa izay olo managna zegny hamiagna maro be mihoatra lavitra aza. Fa hoandrô izay tsy managna na ny hely, ny hely hanagnany igny zegny mbola hoadoso aminany.³⁰ Arià agny amin'ny maizigny agny antany agny mpanompo tsy mendrika, agny no misy fitomagnia gna ndraiky fikitroha-nify.³¹ Koa fa havy agny amin'ny voninahiny ny Zanak'Olo ndraiky anjely jiaby miaraka Aminy, hipaitraka eo amin'ny seza fihandrihanan'ny voninahiny Izy.³² Baka iô, firenena jiaby zegny havory eo ankilany, avy iô Izy hagnavaka olo araiky amin'araiky hafa, karaha mpiandry odrikodrika magnavaka odrikodrikinany aminy bengy.³³ Hametraka odrikodrika ho ankavanagnanany izy, fa bengy ho ankavianany.³⁴ Avy iô mpanjaka hivolagna amindrô izay eo an-tagnana ankavanagna zegny: 'Avia, ianarô izay notahian'ny Raiko, mandovà fanjakagna izay efa voahomagna hoanarô hatrizay nagnaboaragna an'izao tontolo izao.' ³⁵ Silaogno Zaho namianarô sakafo; tigiaka Zaho namianarô rano nigiaiko;³⁶ nivahiny Zaho, nataonarô karibo; tsy nisikigny Zaho nampisikigninarô; narary Zaho nokarakarainarô; tamin'ny Zaho nigaja, novangianarô.' ³⁷ Baka iô irô marigny zegny hamaly ndraiky hivolagna hoe: 'Tompoko, oviagna izahay no nahita Anao silaogno ka nampihinagnanao zahay?' ³⁸ Na tigiaka anao kay nampigiahany? Oviagna Anao hitanay nivahiny kay nataonay karibo? Na tsy nisikigniana? kay nampisikigninay? ³⁹ Oviagna izahay nahita Anao narary na nigaja tagny am-prison kay novangiahany? ⁴⁰ Avy iô Mpanjaka namaly ka nivolagna tamindrô hoe: 'volagniko marigny aminarô, izay nataonarô tamindrô rahalahiko kely aby iregny, nataonarô tamiko koa.' ⁴¹ Fa izy hivolagna aminarô izay eo ankavianany hoe: 'Mialà amiko, Anarô izay voahozogno ho agny amin'ny môtôro mirehitra mandrakizay izay efa voahomagna hoagny amin'ny devoly ndraiky irô anjely, ⁴² satria silaogno Zaho, fa tsy namianarô hanigny; tigiaka Zaho, fa tsy namianarô rano higiaiko; ⁴³ nivahiny Zaho,

fa tsy nataonarô karibo; tsy nisikigny Zaho, tsy nampisikigninarô; narary ndraiky tao am-prison Zaho, fa tsy nokarakarainarô.⁴⁴ Avy iô koa irô hamaly ka hivolagna hoe: "Tompô! Oviagna izahay nahita Anao silaogno, na tigiaka, na nivahiny, na tsy nisikigny, na narary, na tagny am-prison, ka tsy nanompo Anao?"⁴⁵ Fa Izy hamaly irô kay hivolagna hoe: "Volagniko mazava aminarô, fa izay tsy nataonarô tamin'araiky tamindrô madinika aby irô, tsy nataonarô tamiko."⁴⁶ Irô zegny halefa ho ao amin'ny fagnasaziagna mandrahizay fa irô marigny ndraiky zegny ao amin'ny fiainagna mandrakizay."

Chapter 26

¹ Koafa vitan'i Jesosy izegny volagna jiaby izegny, kay nivolagna tamindrô mpianatranany Izy hoe: ² "Haiko fa afaka roa andra zegny, ho havy ny Paska, avy iô hamiagna homboagna amin'ny hazofijaliagna ny Zanak'olo." ³ Irô lehiben'ny mpisorona ndraiky loholona niara-nivory tao amin'ny lapan'ny mpisorona-be, izay nikahiagna hoe Kaiafa. ⁴ Niara-nagnano tetika irô mba hisamboragna mangingigny i Jesosy andraiky hamono Azy. ⁵ Fa hoy iz'irô hoe: "Tsy amin'ny fety, mba tsy hisian'ny korontagna amin'ny olo." ⁶ I Jesosy ndraiky tao Betania tao an-tragnon'i Simona boka, ⁷ raha nipetraka nihinagna teo ambony latabatra, kay nisy magnagy araiky nanagna tavoangy alabastara feno mainaka lafo vidy nagnatogno Izy, kay nandrarakana mainaka tamin'ny lohany. ⁸ Koa fa hitandrô mpianatranany izegny, niloko irô ka nivolagna hoe: "Ino ma anton'iô fandaniagna be iô ai?" ⁹ Afaka nalafony tagny na namaizany mahantra tagny iz'irô." ¹⁰ Fa Jesosy, nahay izegny, nambarany tamindrô avy tiô: "Nagnino anarô no manahirana-tsaigany amin'ny magnangy iô? Raha tsara kony nataony tamiko." ¹¹ Eo aminarô mandrakariva irô mahantra, fa Izaho, tsy hidoko eo aminarô mandrakariva. ¹² Fa koafa nandrarakana mainaka magnitra izegny izy tamin'ny vatako, nataony ho an'ny fandevenagna Zaho izegny. ¹³ Volagniko marigny aminarô, na ahia na ahia hipetrahagna filazantsara eto amin'izao tontolo izao zegny, ny raha nataon'ity magnangy ity zegny ho volagniny koa mba ho fahatsiarovagna azy." ¹⁴ Avy iô, araiky tamindrô roa ambinifolo, izay fikahiagna hoe Jodasy Iskariota, nankagny amin'ny lehiben'ny mpisaorogno ¹⁵ avy iô nagnano hoe: "Aminarô ohatrino zaho fa hamiako anarô Izy?" Nilanjaigany volafotsy madinika telopolo izy jiaby. ¹⁶ Tamin'izegny fotoagna izegny, nitady fahafahagna izy baika hagnamaizany Izy irô. ¹⁷ Tamin'ny andro voalohan'ny mofy tsy misy lalivay, nagnatogno Jesosy irô mpianatra kay nivolagna karaty: "Ahia ny tianao hagnomagnanay ho anao hihinagna ndraiky sakafon'ny Paska?" ¹⁸ Namaly Izy hoe: "Midira ao an-tanàna misy lelahy araiky, baka iô volagna izy hoe: "Efa akaiky fotoagnako. Ato an-tragnonao Zaho hagnano Paska miaraka amindrô mpianatro."" ¹⁹ Nataondrô mpianatra araka izay nagniran'i Jesosy izegny, avy iô nagnomagna sakafon'ny paska irô. ²⁰ Koafa ariva, nipetraka nihinagna niaraka tamin'ny mpianatra roa ambin'ny folo Izy. ²¹ Koafa nihinagna irô zegny, hoizy nivolagna tamindrô: "Volagniko marigny aminarô fa hisy araiky aminarô hamadika Zaho." ²² Nalahelo irô nanomboka tiô, nagnontany Izy ny tsiairaikiaraiky hoe: "Tsy ho izaho agnano izegny, ry Tompo?" ²³ Namaly Izy hoe: "Izay niaraka nagnatsoboka tagnany tamiko tao agnatiny kapila, zegny ilay araiky hamadika Zaho." ²⁴ Handaiha ny Zanak'Ologno, araka izay efa voasaoratra momba Azy. Nêfa lozan'ny olo izay hamadika ny Zanak'Ologno! Tsara kokoa hoany olo izegny tsy teraka akory." ²⁵ Jodasy, izay hamadika Izy nivolagna hoe: "Kay zaho zegny lay izy, Raby o? Hoy Izy namaly hoe: "Voalazanao." ²⁶ Raha mbola nihinagna irô, naka mofy Jesosy, nisaotra, avy iô nanapaka izegny. Namiany irô mpianatranany avy iô Izy nivolagna tamindrô: "Alaivo, hoana. Ity no vatako." ²⁷ Nangala kapoaka Izy avy iô nigiaika, ndraiky nagnamia izegny irô kay nivolagna karaty: "Anarô jiaby, igiaha ity." ²⁸ Fa ity ny lion'ny fagnekem-pihavanagna arotsaka ho an-ny maro ho famelan-keloka. ²⁹ Volagniko aminarô, fa tsy mba higiaka vokatry ny voaloboka eky Zaho, mandra-pihavin'ny figiagna vaovao hiarahako aminarô agny amin'ny fanjakan'ny Babako." ³⁰ Koafa nihira hira fideragna irô zegny, nandeha tagny amin'ny bongon'i Oliva. ³¹ Avy iô, hoy Jesosy tamindrô hoe: "Anarô jiaby zegny hiala Zaho nohon'ny amiko amiziô alignity, fa voasaoratra hoe: 'Hamely mpimbigny odrikodrika Zaho ka hiparitaka irô odrikodrika.'" ³² Fa ka afaran'ny fitsanganako amin'ny maty ndraiky hialoha lalagna anarô agny Galilia." ³³ Fa i Petera nagnano taminy hoe: "Na hiala anao nohon'ny aminao aza ny olo jiaby, fa zaho tsy mba hiala anao na karakory." ³⁴ Hoy Jesosy taminy hoe: "Volagniko marigny aminao, fa iniany aligny raha mbola tsy magnaina akoho, anao efa handà Zaho intelo." ³⁵ Petera nivolagna taminy hoe: "Na ho faty miaraka aminao aza zaho, zaho tsy handà anao zegny." Kara izegny koa nambarandrô mpianatra hafa. ³⁶ Fa Jesosy nandaiha niaraka tamindrô nakagny amin'ny toeragna kahiagna hoe Getsemane avy iô nivolagna tamin'ny mpianatranany hoe: "Mipetraka eto anarô fa Zaho mbola handeha hivavaka azy." ³⁷ Nindesiny ery Petera ndraiky zanak'i Zebedio aroa lahy avy iô nanomboka nalahelo sady nampahinakinaka. ³⁸ Avy iô hoy Izy tamindrô hoe: "Fadiranovagna ny fagnahiko, kara efo ho faty. Mipetraka eto baka iô mihambena miaraka amiko." ³⁹ Niataka kely Izy, niankohoka baka iô kay nivavaka. Hoy Izy hoe: "Babakoo, raha azo atao kony, mba adosoà amiko ity kapoaka ity. Nêfa, aoka tsy araky ny sitrapoko atao fa ny sitraponao." ⁴⁰ Nagnatogn'irô mpianatranany Izy, hitany irô resin-tory, ka hoy Izy tamin'i Petera karaty: "Anarô tsy mahavita miambigny miaraka amiko na l'heura araiky fo?" ⁴¹ Miambena baka iô mivavaha baika tsy ho azon'ny fakam-pagnahy anarô. Fagnahy narô mety fo, fa nôfotronarô malaigany." ⁴² Mbola nandaiha fanindroany Izy sady nivavaka. Hoy Izy hoe: "Babakoo, raha ohatra ka tsy azo adoso amiko ity raha tsy migiaika Zaho, zegny ho atao anie ny sitraponao." ⁴³ Nipody indraiky Izy sady mbola nahita irô nandry, fa navesatra masondrô. ⁴⁴ Ka niala tamindrô teo ndraiky Izy, loso nandaiha nivavaka ampagnitelsony, nivolagna irô volagna irô fo Izy. ⁴⁵ Avy iô Jesosy nagnatogno irôo mpianatra ka nivolagna tamindrô hoe: "Mbola mandry ndraiky miala sasatra ma anarô? Zahà, efa marikitry l'heura sady ny Zanak'Olo, hamihagna eo an-tanandrô mpanota." ⁴⁶ Mitsangàna, andaiha atsika. Zahà, efa marikitry ilay hamadika zaho." ⁴⁷ Raha mbola nivolagna fo Izy, navy Jodasy, araiky

tamindrô aroa ambin'ny folo. Nisy vahoaka maro navy niaraka taminy avy amin'ny lehiben'ny mpisorogno ndraiky irô loholono. Navy niaraka tamin'ny meso ndraika saboa irô.⁴⁸ Avy iô nagnamia famantaragna tamindrô lehilahy hamadik'i Jesosy, magnao hoe: "Izay horofako, no Izy. Sambaora Izy." ⁴⁹ Teo no eo fo nagnatogno Jesosy izy avy iô izy nivolagna hoe: "Finaritra, Raby!" Baka iô nirofiny Izy. ⁵⁰ Hoiz'i Jesosy hoe: "Ry sakaiza, ataovy izay nalehanao eto." Avy iô, navy irô naninjitra tagnana tamin'i Jesosy, sady nanambotra Azy. ⁵¹ Indrioo, araiky tamindrô niaraka tamin'i Jesosy naninjitra tagnany, nagnatsoaka meso, nimira mpiasan'ny mpisoronabe, ndraiky nahafaka sofigninany. ⁵² Avy iô, hoiz'i Jesosy taminy: "Ambodiana amin'ny plasiny ny mesona, fa irô izay miady amin'ny meso fo ho matiny meso koa. ⁵³ Anarô ma mieritreritra fa Zaho tsy afaka mikaiky Babako? Sady Izy afaka mandaifa tafik'anjely mihoatra lavitry noho aminarô arao ambin'ny folo. ⁵⁴ Fa atao karakory zegny no hahatanteraka ny Soratra Massigny, izay mivolagna fa tsy maintsy hisy iraha aby izegny?" ⁵⁵ Tamin'izegny andro izegny Jesosy nagnabara tamin'ny vahoaka karaty: "Anarô navy tamin'ny meso ndraiky saboa andaiha hanaboranarô Zaho, kara hisambotra dahalo iregny? Isan'andro Zaho hitanarô nipetraka nampianatra teo amin'ny tempoly, nefa tsy nosamborinarô. ⁵⁶ Fa iraha jiaby izegny, hitranga satria mba hahatanteraka izay voasoratr'irô mpaminany." Sady niala Izy irô mpianatranany jiaby ka nilaifa. ⁵⁷ Nindesindrô mpisambotra tagny amin'i Kaiafa mpisoronabe Jesosy, izay nivoriandrô mpanora-dalàgna ndraiky loholono. ⁵⁸ Fa Petera nagnaraka Izy baka lavitra nandaiha amin'ny kianjan'ny mpisoronabe. Niditra tao agnatiny izy avy iô nipetraka niaraka tamindrô mpiandry raharaha baika hahita izay hiafarany. ⁵⁹ Irô lehiben'ny mpisorogno ndraiky irô Synedriona jiaby zegny nitady fiampangana tsy marigny manohitra Jesosy, baika ahafahandrô mamono Izy. ⁶⁰ Tsy nahita na plans zegny irô na efa nisy mpijoro vavolombelogo maro tsy marigny irô teo. ⁶¹ Vetivety tiô nisy aroa navy nagnatogno teo sady nivolagna hoe: "Io lelahy iô nivolagna hoe: 'Afaka mandrava ny Tempolin-dRagnahary Zaho sady manangagna izegny koa afaka telo andra.'" ⁶² Nitsangagna mpisoronabe ka nivolagna taminy karaty: "Tsy manan-kavaly ma Anao? Ino zegny hiampangandrô Anao izegny?" ⁶³ Fa nangigny Jesosy. Hoizy mpisoronabe taminy: "Magniraka Anao amin'ny alalandRagnahary velogno zaho, mba ambaraozay raha Anao zegny i Kristy Zanakana Zagnahary zegny." ⁶⁴ Jesosy namaly izy hoe: "Voalazanao. Fa ambarako aminarô, manomboka iz'io, ho hitanarô ny Zanak'olo hipetraka eo an-tagnana ankavagnan'ny Hery, sady hoavy eo amin'ny rahon'ny lagnitra." ⁶⁵ Baka iô, mpisoronabe nagnatsiaka ankanjony sady nivolagna karaty: "Nagnasaha Izy! Nagnino atsika mbala mijoro vavolombelogo? Indrioo, regninarô volagna ratsy izegny. ⁶⁶ Kay ino hevitrinarô? Nambarandrô avy tiô: "Mendrika ho vonegna Izy." ⁶⁷ Baka iô, irô nandraora tamin'ny saorany ndraiky namopoko Azy, sady namely koboay Azy, ⁶⁸ avy iô nagnano hoe: "Maminanià aminay, ry Kristy. Azôvy no namely Anao?" ⁶⁹ Fa i Petera nipetraka atan'ny kianja, avy iô nisy mpanompo vavy navy nagnatogno izy nivolagna hoe: "Anao koa mba agnisany niaraka tamin'i Jesosin'ny Galilia." ⁷⁰ Fa izy nifamatra teo aloandrô tiô nivolagna hoe: "Tsy haiko raha volagninao zegny." ⁷¹ Koa fa niboaka varavaragna izy, nisy magnangy mpiasa hafa nahita izy nivolagna tamindrô tiô: "Ity lelahy ity koa mba naman'i Jesosy niaraka baka tagny Nazareta." ⁷² Mbola nifamatra fo izy sady mbala nasiany hadrohadrô karaty: "Zaho tsy mahay i Lelahy izegny fekin'ny!" ⁷³ Vetivety tiô zegny nagnatogno irô izay nitsangagna irô, nambarandrô tamin'i Petera hoe: "Anao zalah agnisany naman'amindrô ignee!" ⁷⁴ Baka iô izy nanomboka nagnozogno sady kinia nagnambara hoe: "Tsy haiko zalah lelahy izegny ee." Tiô ny iô zegny, nagnaina akoho. ⁷⁵ Tsaroan'i Petera volagna nambaran'i Jesosy karaty: "Akoho mbala tsy magnaina, anao handà Zaho intelo." Baka iô izy niboaka sady nitomoagny mare.

Chapter 27

¹ Izy kofa nandraigny andra, nitetiky hanohitry Jesosy mba hamoanoandrô Izy irô lehiben'ny mpisorogno ndraiky lohologno aby irô. ² Nifihezindrô Izy, boaka iô nendosindrô tambelagna tagny, baka iô natolodrondrô tamin'i Pilato Governora. ³ I Jodasy, araiky hamadiky Izy igny, izy kofa nahita fa nidisogny Izy, loso izy nandeha nibebaka ary nagnampody volafotsy telopolo tamindrô lehiben'ny mpisorogno ndraiky tamindrô lohologno, ⁴ sady nivolagna hoe: «Nanota zaha tamin'ny namadihako liô tsy manantsigny.» Fa irô nivolagna hoe: «Ahoanay ino? Anao izegny.» ⁵ Baka iô, natsipiny tamin'ny tempoly tao volafotsy aby iô, avy iô loso, niboaka ary nagnantogno vatagnanany izy. ⁶ Avy iô nalain'ny lehiben'ny mpisorogno aby iô volafotsy aby iô boaka iô irô nivolagna hoe: "Tsy ara-dalàgna ny mametraka ity amin'ny fikajianam-bola, fotony vidin'ny liô ity." ⁷ Niraka nikoragna mikasiky olagna iô irô, boaka iô nividianandrô tanin'ny mpagnano vilagny tanimanga vola igny hataondrô fasagna fandivenagna vahiny. ⁸ Izegny antontony nagnanaovagna saha io hoe: "tanin'ny lio" ziska ziô ty. ⁹ Ary tanteraka raha nivolagnin'ny mpaminany Jeremia, nivolagna hoe: "Nangala volafotsy telopolo irô, vidin'ny nanombanandrô vohakan'Isiraely Izy, ¹⁰ boaka iô irô nagnamia izegny ho an'ny tanin'ny mpagnano vilagny tanimanga, karaha nagnambaran'ny Tomponakahy izy." ¹¹ Nitsangana talohan'ny governora tiô Jesosy, ary ny governora nagnontany Izy hoe: "Anao ma mpanjakan'ny Jiosy izegny?" Jesosy namaly Izy hoe: "Voalazanao." ¹² Izy kofa nampangandrô lehiben'ny mpisorogno ndraiky lohologno irô Izy, tsy namaly na ino na ino Izy. ¹³ Boaka iô nivolagna taminany Pilato hoe: "Tsy regninao ma fagnampangagna atao Anao izegny?" ¹⁴ Tsy namaly na teny araiky Izy, gaga tantentaraka io governora io noho raha izegny. ¹⁵ Ary isaka andro firavoravoagna ndreky efa fa fomban'ny governora ny mamotsotro gadra araiky voafidin'ny vahoaka. ¹⁶ Tamin'ny fotoagna iô, nanangna gadra malaza ratsy antsovigny hoe Barabasy irô. ¹⁷ Noho izegny izy kofa nivorivory irô, nagnontany irô Pilato hoe: "Azovy tianarô halefako? Barabasy sa Jesosy izay antsovigny hoe: Kristy?" ¹⁸ Hainy fa avy baka amin'ny fialonagna no nanolorandrô Jesosy taminany. ¹⁹ Izy kofa nipeztraka tamin'ny sezy fitsaragna izy, nagnandefa volagna taminany vadiny nivolagna hoe: "Tsy mananagna na ino na ino hatao amin'ny lelahy tsy manan-tsigny ity zaha. Fotony nahinakinaka loatra zaha niany noho ny nofinakahy niany

mikasiky Izy.”²⁰ Fa ny lehiben’ny mpisorogno ndraiky lohologno aby irô nandresy lahatra vahoaka mba hangatahandrô an’i Barabasy, ary hampamono Jesosy.²¹ Nagnontany irô ny Governora hoe: “Azovy amin-drô aroe tianarô halefako ho anarô?” Namaly irô hoe: “Barabasy.”²² Nivolagna tamindrô Pilato hoe: “Ino raha tokony hataoko amin’i Jesosy izay antsovigny hoe: Kristy?” Irô jiaby namaly hoe: “Fantsiaha amin’ny hazo fijaliagna Izy.”²³ Nivolagna izy hoe: “Nagnino, ino ma raha tsy nety nataony?” Vao mainka irô nikiakiaka mafy hoe: “Fantsiaha amin’ny hazo fijaliagna Izy.”²⁴ Izy kofa hitan’ny Pilato fa tsy afaka nagnano na ino na ino izy, kanefa efa nanomboko ny tabataba, nangala rano izy, nanasa tagnananany talohan’ny vahoaka, sady nivolagna hoe: “Tsy manantsigny amin’ny liion’ny lelahy tsy manantsigny ity zaha. Fa asanarô izegny.”²⁵ Olo jiaby nivolagna hoe: “Ho aminay ndraiky zanakanay anie ny lionany.”²⁶ Boaka iô nalefany ho an’irô Barabasy, fa Jesosy nasainy nivilesigny karavasy ary natolony Izy mba ho fantsihigny.²⁷ Avy iô nalaindrô miaramilan’ny Governora irô Jesosy handeha amin’ny lapa ary nangonindrô vondron’ny miaramila jiaby.²⁸ Nadosondrô fitafiagnanany boaka iô nampagnanaovindrô ankanjo jaky Izy.²⁹ Nagnamboarandrô satro-boninahitry vita amin’ny fatisiky Izy boaka iô taondrô tamin’ny lohanany, ary nampitagna tongozy izy tamin’ny tagnananany ankavanagna. Nandongalitra talohany tiô irô sady nankadala Izy, nivolagna hoe: “Arahaba, ry mpanjakan’ny Jiosy!”³⁰ Nandrorandrô Izy, boaka iô nalaindrô tehigny iô avy iô nivolezindrô tamin’ny lohanany.³¹ Izy kofa avy nankadala Izy irô, nangala ankanjo lavanany irô boaka iô nampitafiandrô Izy fitafiagnanany, boaka iô nindosindrô niboaka Izy andeha hofantsihandrô amin’ny hazo fijaliagna.³² Izy kofa niboaka irô, nahita lelahy araiky avy any Syrena antsovigny hoe Simona, izay niterendrô hiaraka amindrô mba hampilanajaigny ny hazo fijaliagna.³³ Nandeha tamin’ny toeragna antsovigny hoe: Golgota irô, izay midika hoe: “Toeragnan’ny karandroha.”³⁴ Namiandrô divin mifangaro amin’ny afero Izy mba higiahigny. Fa izy kofa nagnandramanany izegny, dia tsy nigiaika Izy.³⁵ Izy kofa nifantsehandrô tamin’ny hazo fijaliagna Izy, dia nataondrô loka ny fizaragna ny fitafiagnanany,³⁶ boaka io, nipetraka irô nijanogno niambigny Izy.³⁷ Tambonin’ny lohanany tiô nasiandrô soratra mivolagna anton’ny nagnadisoadrô Izy, izay mivaky hoe: “Ity Jesosy izegny, mpanjakandrô Jiosy.”³⁸ Nisy mpangalatra lelahy aroe niaraka nifantsihagna taminany, araiky tankavanagnanany, araiky tankavianany tiô.³⁹ Olo jiaby nandalo samy nagnambanimbany Izy sady nagnivingivindoha⁴⁰ nivolagna hoe: “Anao izay nivolagna fa handravagna ny tempoly abôko hagnamboatra izy agnatin’ny telo andro, vonjè vatagnanao! Izy ko anao edy Zanakan-dRagnahary, mijotsoa avy amin’ny hazo fijaliagna egnny!”⁴¹ Karaha izegny koa irô lehiben’ny mpisorogno nankadala Izy niaraka tamindrô mpanora-dalâgna ndraiky irô lohologno, sady nivolagna hoe: “Nagnavotro olo hafa Izy, kanefa tsy afaka nagnavotro vatagnanany. Izy no mpanjakan’Isiraely. Ambilâ Izy hijotso avy amin’ny hazo fijaliagna, amin’izegny hino Izy atsika.”⁴² Natoky an-dRagnahary Izy, ambilâ dRagnahary hamonjy Izy niany, izy koa magneky hagnafaka Izy dRagnahary. Fa na Izy aby nivolagna hoe: “Zaha no Zanakan-dRagnahary.”⁴³ Karaha izegny koa irô mpangalatra nifantsihagna niaraka taminany nivolagna fagnambanimbaniagna taminany koa.⁴⁴ Nanomboko tamin’ny lera fahatsota, nandrakotro tany jiaby ny aizigny jiska tamin’ny lera fahasivy.⁴⁵ Tamin’ny lera fahasivy, nihiaka tamin’ny feo mafy Jesosy nagnano hoe: “Elia, elia, lamà sabaktani?” izay midika hoe: “dRagnahary, dRagnahary nagnino Anao nahafoy Zaha?”⁴⁶ Izy kofa regnin’ny olo sasany nitsangagna tiô raha zegny, nivolagna irô hoe: “Magnantso i Elia Izy.”⁴⁷ Tiô fo nihazakazaka araiky tamindrô nandeha nalaka eponge, nandegny izy tamin’ny vinaigre, avy iô nataony tamin’ny kakazo bararata natohitohy abakô namiany Izy mba higiahiny.⁴⁸ Sasany tamindrô nivolagna hoe: “Ambilâ Izy. Hitantsika iô raha ho avy hamonjy Izy Elia.”⁴⁹ Nihiaka tamin’ny feo mafy indraiky koa Jesosy avy iô nanolotro fagnahinany.⁵⁰ Indro, lamban’ny tempoly natrika aroe avy ambony jiska ambany, nangorohoro tany jiaby, vaky nisasaka ny vatolampy.⁵¹ Nisokatra ny fasagna boaka iô, fatindrô olon-dRagnahary maro efa maty dia nampitsanganigny.⁵² Niboaka avy tampusagna tao irô tafaran’ny fitsanganandrô tamin’ny maty, niditry tamin’ny tanâgna masigny irô, ary niboaka tamin’ny olo maro.⁵³ Irô kapiteny ndraiky irô nizaha Jesosy kofa nahita ny horohoron-tany ndraiky raha jiaby nitranga izegny niova navozo mafy sady nivolagna hoe: “Zanakan-dRagnahary marigny ity.”⁵⁴ Nisy magnangy maro nagnaraka an’I Jesosy jiska tagny Galilia mba hikarakara Izy fa nizaha avy lavitry fo irô.⁵⁵ Tagnatin’izegny Maria Magdalena, Maria renin’i Jakoba ndraiky Josefa, ndraiky renindrô zanakalahin’i Zebedio.⁵⁶ Izy kofa hariva andra, nisy lelahy araiky manan-kariagna avy agny Armatia agny navy agnaragnanany Josefa, mpianatr’i Jesosy koa izy.⁵⁷ Nagnatogno Pilato izy ary nangataka ny fatin’i Jesosy. Avy iô nibekon’i Pilato hamiagna izy izegny.⁵⁸ Nangala faty iô Josefa, avy iô namogno Izy tamin’ny lamba rongony madio,⁵⁹ boaka iô nampadreny tamin’ny fasagna vaovao Izy izay nolavahigny tamin’ny vatolampy. Avy iô nangala vato maventy hamodiagna tamiagnan’ny fasagna iô izy avy iô izy niboaka.⁶⁰ Maria Magdalena ndraiky Maria hafa koa tiô, nantotry tankilan’ny fasagna tiô.⁶¹ Andrô nagnaraka izegny, izay andro avafaran’ny Fagnomanagna, niara-niangogno tamin’i Pilato irô lehiben’ny mpisorogno ndrekny fariseo aby irô.⁶² Nivolagna ireo hoe: “Tompoko, azonay honogno fa tamin’igny mpamitaka igny mbola velogno, nivolagna Izy hoe: “Avafaran’ny telo andra, hitsangagna indraiky koa Zaha.”⁶³ Kay noho izegny, magnirâha mba hambesagna ny fasagna jiska amin’ny andro fahatelo, izy koa tsy izegny, mety ho avy mpianatranany hangalatra Izy kay hivolagna amin’olo hoe: “Nitsangagna tamin’ny maty Izy, ary ho ratsy fitaka farany izegny noho ny araiky tamin’ny voalohany.”⁶⁴ Nivolagna tamindrô Pilato hoe: “Mangalâ mpiambigny mandihâna ary ambesà tsara araka izay vitanarô izegny.”⁶⁵ Loso irô ary niambigny fasagna iô, nagnisy tombo-kase vato iô ary nametraka mpiambigny.⁶⁶

¹ Ary tamin’ny alignin’ny Sabata, tamin’ny mbola mangiran-dratsy tamin’ny andro voalohany tamin’ny herign’andra, loso

nandeha nizaha fasagna tagny Maria Magdalena ndraiky Maria hafa. ² Indro, nisy horohoron-tany nafy, fotony ny anjelin'ny Tompo no nijotso navy avy tandangitry, navy ary nanokatra vato iô, ary nipetraka tamboniny tiô. ³ Endrikinany karaha tsinkelatra, ary ankanjonany fotsy karaha oram-panala. ⁴ Navozo mafy irô mpiambigny kay lavo karaha olo maty. ⁵ Nikoragna tamindrô magnangy irô anjely iô ary nivolagna tamin-drô hoe: "Aza mavoza, haiko fa mitady an'i Jesosy anarô, araiky nifantsihagna tamin'ny hazofijaliagna igny. ⁶ Tsy akato Izy, fa efa nitsangana, araka raha efa nivolagniny. Avia zahava ny toeragna nandrian'ny Tompo. ⁷ Mandehana malâky abako volagnanarô mpianatranany hoe: 'Nitsangagna tamin'ny maty Izy. Indro efa loso nialoha lalagna anarô agny Galilea agny Izy. Agny no hahitanarô Izy.' Indrô efa nivolagna taminarô Zaha." ⁸ Niala tamin'ny fasagna tiô nalaky tamin'ny fahavozaogana ndraiky tamin'ny hafaliagna be irô magnangy irô ary nihazakazaka andeha hivolagna amin'ny mpianatranany. ⁹ Indro, nitraotro tamindrô Jesosy sady nivolagna hoe: "Arahaba!" Nagnatogno magnangy irô ary nitagna vitinany ary nidera Izy. ¹⁰ Avy iô Jesosy nivolagna tamindrô hoe: "Aza mavoza. Mandihana mivolagna amindrô rahalahinakahy mba hiala ka handeha agny Galilia. Agny no hahitandrô Zaha." ¹¹ Ary tamindrô magnangy aby mbola nandeha igny, indro sasany tamindrô mpiambigny nandeha tamin'ny tanàn-dehibe tagny ary nivolagna tamin'ny lohan'ny mpisorogno raha jiaby niseho. ¹² Izy kofa nitraotro namindrô lohologno mpisorogno iô ary nikoragna mikasiky olagna izegny tamindrô, nagnamia vola maro tamindrô miaramila niambly iô irô ¹³ sady nivolagna tamindrô hoe: "Volâna amindrô olo hafa hoe: 'Tonga tamin'ny andro aligny irô mpianatr'i Jesosy sady nangalatra vatagnanany tamin'ny zahay mbola nandry.' ¹⁴ Izy koa tonga amin'ny Governora tatitry izegny, dia handresy lahatra izy atsika ary hagnadoso ny ahiahy aminarô." ¹⁵ Avy iô, nalaindrô miaramila ny vola avy iô nagnano raha araka izay efa nivolagniny tamindrô irô. Ary tatitry izegny niparitaka tamindrô Jiosy ary mitohy jiska amin'izy iô ty. ¹⁶ Fa nandeha tagny Galilia tagny irô mpianatra araiky ambin'ny folo tagny amin'ny bongo izay efa nambaran'i Jesosy irô. ¹⁷ Izy kofa nahita Izy irô, dia nidera Izy fa sasany ndreky niahiahy. ¹⁸ Nagnatogno irô Jesosy kay nikoragna tamindrô sady nivolagna hoe: "Efa namiagna Zaha ny fahefagna jiaby agny andangitry ndraiky aty an-tany. ¹⁹ Kay mandihana ary ataova mpianatranakahy firenena jiaby. Ataova batisa irô amin'ny agnaran'ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fagnahy Masina. ²⁰ Ampianara irô hankato raha jiaby nagnirahako anarô. Indro, miaraka aminarô fo Zaha, eny fa na jiska amin'ny fiafaran' izao tontolo izao aby."

Mark

Chapter 1

¹ Ity nanomboagna filazantsaran'i Jesosy Kristy zanaka ndRagnahary. ² kara zegny voasaoratra agnatin'i Isaia Mpaminany hoe. Iniany zah magniraka iraka naka ndeha aloha Anao, izy zaraiky fo agnaboatra lalagna nao. ³ Misy fiô regny mikaiky maré ambadiky agny hoe: "Ataova vognono lalagnan'ny Tompo; ataova mahitsy ka lalagna andalôvany." ⁴ Navy Jaona, nagnano batisa tambadiky tagny ndraiky nagnambara batisan'ny fibaboagna andeha amin'ny famitsaoragna heloko navy baka amin'ny andalagna narô. ⁵ Irô tagny jodia jiaby ndraiky irô vahoaka jiaby tao Jerosalema navy nagnatogno izy. Nataony batisa tagnatiny tegnan-drano ny jordana irô, izy ka fa nagneky adalagna nazy. ⁶ Jaona nisikiny lamba volovolon'Dramêva aviô nagnano sentiry tamin'ny valâna nazy, bakâkô Valala ndraiky Antely hoezigy nahanany. ⁷ Avio nambarany ka: "misy araiky avy magnaraka za tegnany mahery mandilatra za, ndre za tsy tôkony agnadoso tadinin'ny kiraro Nazy. ⁸ Za nagnano batisa anarô tamin'nyrano, Izy ndaiky nagnano batisa anarô amin'ny fanahy masigny." ⁹ Tamin'ndrô andra aby niboahan'i Jesosy baka tagny Nazareta tao Jodia nitrangany izeny, baka tiô, nagnanovan'i Jaona batisa Izy tagnatin'ny tegnan-dranon'ny jordana. ¹⁰ Izy ka fa niboaka tagnatiny rano tao Jesosy, hitany nibiagna langitry, baka tiô nijotso taminany tiô kara vôromahilala fanahy masigny. ¹¹ baka tiô ka nisy fiô baka andangitry tagny nagnano kara ty: "Anao Zanako tegnany tiako, Anao ndrô ankasitrahako". ¹² Avio ka nitahôminy fagnahy andeha ankodahoda tagny Jesosy. ¹³ Êfapolo andra nangalany setoany fagnahy Izy tankodahoda tagny. Nipaitraka niaraka tamin-drô bibidy Izy, aviô nitompoiny Anjely Izy. ¹⁴ baka iô ka fa nisamborigny Jaona, navy tao Galilia Jesosy nagnambara filazantsaran-dRagnahary, ¹⁵ nagnano kara ty: "Èfa navy fotoagna, èfa marikitry ka fanjakan-dRagnahary. Mibaboa, minoa filazantsara". ¹⁶ Izy ka fa nandeha tamin'ny sisin-dranomasigny Galilia Izy, hitany Simona ndraiky Andrea ralahin'i simona nagnarato, fotony mpagnarato irô. ¹⁷ Nambarany Jesosy kara ty: "avia magnarah za, fa ataoko mpagnarato olo arô." ¹⁸ tiô ny tiô nambêlan-drô arato nagnaraka izy irô. ¹⁹ y ka fa nandeha lavitry Jesosy, nahita Jakoba zanaka Zebedio ndraiky Jaona ralahiny, tagnatiny lakana nagnamboatra arato. ²⁰ Nikainy irô niala tagnatiny lakana igny, directy Zebedio babany, niaraka tamin'ndrô mpiasa nazy igny, nagnaraka izy ka irô. ²¹ iô navy tao Kaperinaona irô, tamin'ny andra sabata, nidriky tao amin'ny synagoga Jesosy nampianatra. ²² Gaga tamin'ny fampianaragna nazy irô, fôtony nampianatra Izy irô kara olo managna fahifagna Izy fa tsy mitovy amin-drô Mpanora-dalâna. ²³ Aviô nisy lelah araiky tamin'ny Synagogan-drô tao nanagna fagnahy ratsy niafatra maré, nagnano kara ty: ²⁴ "Ino ma rah ifandraisanay aminao, Jesosy baka Nazareta eeh? Navy agnapotiky zahay va anao? hainay azôvy anié Anao ai. Anao masin-dRagnahary!" ²⁵ nagnadariany Jesosy setoany io nagnano kara ty: "mantsitsigny, miboaha aminany". ²⁶ Tiô fagnahy ratsy io nandavo izy salakady niboaka taminany kay nikaiky taminy fiô mahery. ²⁷ Gaga olo jiaby ndraiky nifagnotany irô hoe: "Ino ity? Fampianaragna misy fahifagna ity? Ndré irô fagnahy ratsy aby io, nikomandiny ndraiky nagneky Izy irô!" ²⁸ Ny vaovao mahakasiky Izy, niparitaka nagnairagna Galilia jiaby lazany. ²⁹ Ka fa niboaka Synagoga, navy tao antragnon'i Simona ndraiky Andrea irô, niaraka tamin'i Jakoba ndraky Jaona. ³⁰ Nêfa rafozagna Simona nandry naranin'ny tazo, nambaran-drô Jesosy mahakasiky Izy. ³¹

Nantôgniny Izy, nisamboriny tamin'ny tagnany izy, ndraiky nareminy; nafaka tazo nazy kay nanompo Izy irô.³² Taminy harivan'izo fo, alohany hilentiky masoandra, nandesin-drô taminazy tio, irô narariny sétoany jiaby.³³ Tafivory tambaravaragna tao an'tanagna irô jiaby.³⁴ Nagnajanga aretigny maro par karazany Izy, ndraiky nandroaka sétoany maro ka, fa tsy nambêlany hikapokapoko irô sétoany aby io, fôtony mahay Izy irô.³⁵ Nifaoaha marandraigny be Izy, mbala mahizikizigny andra; niala tiô Izy nandeha tagny amin'ny toairagna mitaokana tiô Izy nivavaka.³⁶ Nitady Izy Simona ndraiky irô niaraka taminany.³⁷ Hitan-drô Izy nivolagnin-drô taminany hoe: "Mitady Anao olo jiaby."³⁸ Nambarany: "Alô atsika andeh amin'ny toeragna hafa, ivailany amin-drô tanagna magnodidigny regny. Mba ho afaka mitory teny agny ka Za. Fa zegny antony niboahako aty".³⁹ kay nitety Galilia jiaby Izy, nitory teny tagnatin'ny synagôgan-drô, salakady nandroaka setoany maro.⁴⁰ Nisy boka araiky nagnatogno Izy tiô, nitaraigny taminany izy; Nandohaliky tankilany tio nagnano kara ty: "ka mba mety aminao, janga zah,⁴¹ "nahinakinaka Jesosy, ndraiky namêtraka tagnany Jesosy sady nitsapa izy, nagnano kara ty; "magneky Za, minjanga anao."⁴² directy niàla habokagna nazy, salakady janga izy.⁴³ Nampitandraimany Jesosy maré izy bakô nalaifany.⁴⁴ Nivolagniny taminany: "Tandraima tsy hivolagna na amin'jôvy na amin'jôvy anao, fa aloha mandeha, haboà mpisorona vatagnanao, baka iô magnanaova rakitry nohon'ny fagnadiovagna anao araka nicomandin' i Mosesy, mba hitsangana temoignase amin-drô."⁴⁵ Bakako niboaka izy, nandeh nagnambara olo nagnèragna tanana jiaby igny, ndraiky farany Jesosy ts nahazo nidriky tagny eky. Ndraiky nipetraka manaokana tambadiky tagny fekny Izy, avio nagnaraka izy fo ndraiky ka irô olo jiaby tagny.

Chapter 2

¹ Koa fa nimpody ta Kapernaomy izy tagnatiny andra vitsivitsy, koa fa tantragny izy.² Maro koa olo ny vorivory tio nefa tsitsy toeragna eky, na tambaravaragna, nagnabara volagna tamin-drô Jesosy.³ Bakako nisy lela maromaro ny tondra olo malemy araiky nagnatogno izy; ny lanjain'olo efa-dahy izy io.⁴ Koa fa tsy nafaka nagnatogno izy nariny irô bakatamin'ny amaron'olo, nadoso drô tafon-tragno tagnabony Jesosy, koa fa voa biagna drô, nadotso drô fandriagna nandriany lelahy marary io.⁵ Koa fa hita finoagna drô, nambarany Jesosy tamin'ny lelahy malemy io: "zanako, afaka masantoko nao."⁶ Abako nisy taman-drô panaoratra lalagna nipetraka tio, nihomogomogno tagnatiny fô drô tao:⁷ "ino nahafany lelahy io ny volagna kara zegny? Mivolagna raha ratsy izy! Tsy Zagnahary zaraiky fo mba afaka mamin-dra fô?"⁸ Direct hainy Jesosy Tamin'ny fagnahiny raha jiaby nieritreretin-drô. Ny volagniny tamin-drô: "Nagnino anarô miheritreritry raha kara zegny agnatiny fônarô?"⁹ Ino tegna maoramaora volagniny amin'ny lelahy malemy io: 'Afaka heloko nao' sa: 'mitsangàna, hinjona fandriagna nao, bakô mandihiana?'¹⁰ Mba hahazinarô fa managna fahefagna amin-dra fô eto antany Zanak'olo," Ny volagniny tamin'ny malemy io: "Ambarako anao, mitsangàna, hinjona fandriagna nao, mandihana atragno nao,"¹² Nitsangana izy nibata fandriagnany direct, draiky ny boaka tantragny manoloagna olo jiaby, Gaga irô jiaby kay nagnamia voninahitry Zagnahary, irô ny volagna: "Mbala tsary nahita raha kara ty zahay."¹³ Bakô niboaka tamoron-dranomasigny koa izy, bakô nagnatogno Izy koa vahoaka, nampianarigny irô.¹⁴ Koa fa nandalo Izy, nahita i Levi zanaka i Alfeo nipaitraka tamin'ny toeragna fagnanaovagna hetra kay ho izy taminany: "Magnaraha Zaho." Nitsangana izy nagnaraka Izy.¹⁵ Nihina tan-trangnon' i Levy i Jesosy, avio irô mpianatranany, mpangala hetra, mpahay lalàgna draiky Fariseo bakô olo mpanonta maro niaraka nihina taminany, fa maro irô tao sady nagneky nagnaraka Izy.¹⁶ Koa fa nahita i Jesosy niaraka nihina tamin-drô olo mpanota draiky irô mpamory hetra, nagnotany mpianatranany nagnano kara ty: "Nagnino izy miaraka mihina amin-drô mpamory hetra draiky irô mpanota aby io?"¹⁷ Koa fa naregny zegny Jesosy volagniny tamin-drô: "Tsy irô salama mila mpitsabo; fa irô marary fo mila zegny. Tsy avy hikaiky olo marigny zaho, fa mpanota"¹⁸ Ny fady anigny irô mpianatra Jesosy draiky irô Fariseo. Lelahy maro nagnatogno nivolagna kara ty: "Nagnino mpianatra Jaona draiky mpianatra-drô Fariseo mifady anigny, fa mpianatranao draiky tsy mifady?"¹⁹ Volagniny Jesosy tamin-drô: "Afaka mifady anigniny mba olo mpagnatriky fampakaragna koa mbala iô mpampakatra? Izy koa mbala miaraka amin-drô io mpampakatra, tsy afaka mifady anigny irô."²⁰ Mbala avy andra hagnadosoagna mpampakatra amin-drô, amin'andra zegny, hifady anigny irô.²¹ Tsisy manakotro lamba kay matriaka amin'ny lamba vaovao, koa tsy zegny hiala aminy tapaka lamba vaovao lamba taloha, bakô vomaika ho ratsy fahatsiarany.²² Tsisy olo angnisy divay vaovao agnatiny signy hoditry kay fa ratsy, koa tsy zegny hitriariny divay hoditry kay samy ho very divay draiky signy hoditry. Tegna izy draiky, divay vaovao atao agnatiny signy hoditra vaovao.²³ Tamin'ny andra sabata Jesosy nandeha tagny amin'ny tanimbary maromaro, sady nanomboko nitsôgo vary.²⁴ Volagnidrô Fariseo io taminany: "Zahava, nagnino irô magnano raha tsy fagnaraka amin'ny lalàgn'ny andra Sabata?"²⁵ Kara ty ny volagniny tamin-drô: "Mbala tsendriky ny vakinarô ma raha nataon' i Davida koa fa tagnatiny fasahiragna draiky mosary izy _²⁶ draiky lelahy ny araka taminany_ akory fomba nataony nidriky tagnatin'ny tragnon- dRagnahary tamin'ny andran' i Abitiara mpisoranabe, nihinagna mofon'ny fagnatraihagnana, nefa tsy ara-dalàgna na amin-jôvy na azôvy koa tsy mpisorana fo, bakô mbala namiany maromaro irô niaraka taminany?"²⁷ Jesosy ny volagna kara ty: "Sabata natao ho an'ny zanak'olombelogo, fa tsy zanak'olombelogo ho an'ny sabata."²⁸ Kay dikany zegny, Zanak'Olo Tompo, na amin'ny Sabata."

Chapter 3

¹ Nandaiha tagny amin'ny synagoga tagny koa Jesosy ary nisy lehilahy maty tagnana tao.² Nagnaramaso Izy olo sasantsasany hizahandrô na hagnajanga izy amin'ny sabata Jesosy na tsy hagnajanga mba hahafahandrô magnameloko Izy.³ Baka iô, Jesosy nivolagna tamin'olo maty tagnana io nagnano hoe: " Mitsangana agnivoton'olo jiaby eto anao".⁴ Avy iô,

nivolagna tamin'olo tiô Izy : " Aradalàgna ma magnano raha tsara amin'ny andro Sabata sa magnano raha ratsy; magnavotra aigny sa mamono?" baka iô, irô tsy nahita raha volagniny. ⁵ Neloko Jesosy nizaha irô sady nahinakinaka navy bakamin'ny hamafin'ny fandrô, abakô nivolagna tamin'ny lehilahy io Izy hoe: "Vavara tagnanao" Avy tiô, nivavaran'ny lehilahy io tagnagnanany, janga izy baka tiô. ⁶ Niboaka navy tagny irô fariseo aby irô ndraiky herodiana nikononkonogno hitady fomba hamonoagna Izy. ⁷ Avy tiô, nandaiha niaraka tamin'ny mpianatranany tan-dranomasigny tagny Jesosy, ary nisy vahoaka maro baka avy agny Galilia, avy agny Jodia, ⁸ avy agny Jerosalema, avy agny Edoma, mbaka amin'ny irô avy agny amin'ny matsaborin'ny Jordana ndraiky irô boaka magnodidigny Tyra ndraiky Sidona nagnaraka irô. Izy kofa naharegny raha aby nataony igny irô, nisy vahoaka maro navy taminany tiô. ⁹ Baka iô nagniraka mpianatranany hitady lakana ho anany Jesosy baka avy amin'ny hamaroan'olo tiô, baika Izy tsy angorognan'olo. ¹⁰ Navy tamin'Izy nagnajanga olo maro, nisarombaka nagnatogno hikasiky Izy olo jiaby nanagna aretigny. ¹¹ Izy kofa mahita Izy irô fagnahy maloto aby io, niondriky talohanany tiô sady nihaikaiky, mivolagna hoe : " Anao no Zanakan-dRagnahary". ¹² Nivolagniny mafy irô mba tsy hampahafantatra Izy. ¹³ Nanonga tagnabon'ny bongo Izy, nikaiany irô izay tiany, abokô navy nagnatogno Izy tiô irô. ¹⁴ Nanondro irô aroa ambin'ny folo Izy (izay nataony hoe : Apostoly) baika irô afaka miaraka aminany ¹⁵ ndraiky hahafahany magnandefa irô mitory hafatra, ndraiky hahafahan'irô mandroaka demono. ¹⁶ Avy tiô, nanondro irô aroa ambiny folo Izy: Simona namezany agnaragna hoe: Petera, ¹⁷ Jakoba zanaka Zebedio, draiky Jaona rahalahinany, namiany agnaragna hoe: Boanarijesy dikan'izaigny "zana-baratra"; ¹⁸ draiky Andrea, Bartolomeo, Matio, Tomasy, Jakoba zanaka Alfeo, Tadeo, Simona Zelota, ¹⁹ ndraiky Jodasy Iskariota araiky hamadiky Izy. ²⁰ Abokô, nody tan-tragno Izy, nisy vahoaka koa niara-navy tamin-drô tiô, tsy afaka nihinagna eky irô baka tamin-jaigny. ²¹ Izy kofa naharegny izaigny fianakaviagnanany, niboaka irô hangala Izy, fotony novolagnindrô : " lasa lefaka Izy". ²² Irô mpanoradala gna baka avy agny Jerosalema nivolagna fa: "Ipitrahan'ny Belzeboba Izy", kay " avy baka amin'ny sefon'ny demono fo androahany demono" ²³ Baka tiô nikaian'i Jesosy ho tonga taminany tiô irô, abokô, nivolagna tamin-drô tamin'ny fagnoharagna Izy hoe: "Magnano akory ma ahafahan'ny Satana mandroaka Satana?" ²⁴ Izy kô misy fanjakagna miady an-tragno, Ho ravagna Fanjakagna zaigny. ²⁵ Izy kô misy tokan-tragno miady an-tragno, tsy haharitra tokan-tragno zaigny. ²⁶ Izy kô nitsangagna nanohitry tegnanany edy Satana abokô nisaraka, tsy haharitra izy ary hifaragna. ²⁷ Tsisy olo afaka miditry agnaty tragnon'olo araiky matanjaka, sady mangalatra fanagnagnanany izy kô tsy matahotro olo matanjaka io aloha, ndraiky mamaky tragnonany boaka iô. ²⁸ Volagniko marigny aminarô, ambela aby fahotagnan'ny zanak'olombelogo jiaby, mboany karazagna asaha jiaby aboakan'ny vavanany, ²⁹ izay magnasaha Fanahy Masigny ndreky tsy voavela heloko mandrakizay, meloko baka avy amin'ny ota mandrakizay." ³⁰ Nivolagna zaigny Jesosy fotony nivolagna irô fa : " Managna fagnahy maloto Izy". ³¹ Avy tiô, navy renin'ny Jesosy ndraiky irô rahalahinany nitsangagna tambelagna tiô. Nagniraka olo irô hampahafantatra ndraiky hagnantso Izy. ³² Baka tiô, Nipetraka nagnodidigny Izy tiô vahoaka maro sady nivolagna taminany hoe: " An-tany ao reninao draiky rahahinao mitady anao". ³³ Namaly irô Izy boaka tiô nagnontany: " Azôvy ma reniko ndraiky rahalahiko?" ³⁴ Nizahany olo magnodidigny Izy, boaka tiô nivolagna Izy hoe: " Zahavanarô, ireto no rahalahiko ndraiky reniko! ³⁵ Na zôvy na zôvy magnano sitrapo-Ndragnahary, irô no rahalahiko ndraiky anabaviko ndraiky reniko."

Chapter 4

¹ Ary nanomboko nampianatra tiô amin'ny sisin-dranomasigny Izy, ary nisy olo maro nagnodidigny Izy. Niditry tagnaty lakana amizay Izy, sady nimpetraka tao. Olo jiaby nijanogno tamin'ny sisin-dranomasigny tiô. ² Nampianatra irô raha maro Izy boaka fagnoharagna, ary tamin' ny fampianarany, kara ity raha nivolagniny tamindro. ³ "Tandrignesa, nisy mpamafy voa navy andeha hamafy voa. ⁴ koa namafy Izy nisy voa sasany niraraka tamin'ny lalagna, ka nagnonany vorogno zegny. ⁵ Nisy voa sasany niraraka tamin'ny tany feno vatovato, tsy nisy tany firy. Tonga dia naniry iro regny fotony tsy laligny loatra tany nisy izy. ⁶ Koa fa nanonga masoandra, nalazo irô, fôtony tsy nisy vahy irô, kay naiky. ⁷ Ny voa sasany niraraka tamin'ny tany feno fatsiky. Ka naniry sady nahay be irô fatsiky irô, nitery izy kay tsy namoha foeky. ⁸ Ny voa hafa niraraka tamin'ny tany tsara, ka nitombo sady namoha tsara, avio nisy voany nahay narô. Ary ny sasany nitombo avo telopolo eny, sasany tsotampolo, ary ny sasany zato." ⁹ Ary avio izy nivolagna hoe : " izay managna sofigny, mba hitandregny!" ¹⁰ Izy koa jesosy fa nipetraka nanokagna, nagnontany Izy momba iro fagnoragna iro olo nariny izy tiô draiky mpianatra nany aroe ambimy folo. ¹¹ Volagnin'ny tamin'ny dro: "Ho anaro nagnamezagna ny raha manitriky fanjakan'ny Dragnahary. Fa ankatran' arô, fagnoaragna aby, ¹² mba amin'ny fotoagna zahavan-drô, irô hiza, fa tsy hahita, ary amin'ny fotoagna mba hitandrignesana-drô, hitandregny irô, kanefa tsy hahay zegny, na koa hiodigny irô ka handefitry amin-drô Zagnahary." ¹³ Ary nivolagna tamin-drô izy hoe : "Tsy azo narô mba fagnoaragna zegny ? Ary karakory hahazoanaro iro fagnoragna jiaby igny ? ¹⁴ I mpamboly mamafy voa zegny, izy mpamafy volagna na hafatra. ¹⁵ Ireto aby iro niraraka tamin'ny lalagna, iro namafaizagna volagna, koa regnin-drô zegny, navy setoany, ary hagatra iro volagna nafaty tamin-drô. ¹⁶ Ity draiky irô voafaty tamin'ny tany feno vatovato, koa fa nahazo volagna igny izy, nalainy an-karavoagna. ¹⁷ Tsisy nahadigny zegny irô, fa nihelagna fo. Nijaly sady fagnagnana nohony volagna, kai afaran-drô lavo foeky. ¹⁸ Irô voa afa nafaty tamin'ny tany feno fatsiky. Irô igny ny volagna, ¹⁹ fa fagnahy ny olo jiaby eto an-tany, fitaka ny fanagnana, ary filagna raha hafa ka tafiditry kay manery volagna, ka tsy namokatra zegny. Ary irô voafaty tamin'ny tany tsara zegny irô nahazo volagna ka nangala zegny, kai nisy vokatra irô Telopolo, tsotampolo, nimpody ²⁰ in-jato irô nafaty." ²¹ Jesosy nivolagna tamin-drô hoe: "Indesinao an-tragno agny mba jiro beka atao ambany tângnotôgno, na ambany

kobany? Indesinao miditry izegny sady apetraka nao amin'ny pilasin' ny jiro.²² Fa iô tsisy raha misitriky kai tsy hay, ary tsisy raha misitriky tsy hiboaka.²³ Koa misy ny managna sofiny mitandregny, mba hitandregny²⁴ Volagniny tamin-dro hoe : "Mitandrema amin'ny volagna regninaro, arakaraka fagnoragna anarô, agnoragna anarô, ary ho ampiagna aminarô zegny.²⁵ Fotony, na azovy na azovy managna, ka amiagna maro koa izy, ka na azovy nazovy tsy managna, na raha anagnany mbola adoso aminazy."²⁶ Ary hoy izy koa hoe : "Ny fanjakanan'ny dragnary mitovy amin'ny olo mamafy voany amin'ny tany.²⁷ Mandry izy amin'ny aligny, ary mifoha izy marandraigny, ary voa maniry fa tsy hainy karakory.²⁸ Tany mamoha amin'ny tagnany fo : voalohany rantsany, avio kakazony, ary ny voany matoe iô amin'ny kakazony.²⁹ Koa fa matoe ny voany, izy hitondra vokatrany, fa navy fotoagnan'ny vokatrany."³⁰ Ary hoy izy koa tamin-dro hoe : "Ino azon-tsika ampitovizagna amin'ny fanjakan-dragnahary, na koa ino fagnoharagna hampiasain-tsika agnazavagna zegny ?³¹ Zegny mitovy amin'ny voatsinampy, koa hafafy izy tegna hely amin'ny voa jiaby, fa koa fa maniry izy no tegna maventy be amin'ny kakazo jiaby.³² Ary magnamboaka ratsagna maventy, azony vorogno mitiligny anovany tragnony io amin'ny alokalokony."³³ Ary fagnoaragna maro kara zegny, nagnambary volagna tamin-dro, araka fazahoan-dro izy,³⁴ ary tsy nivolagna tamindro koa tsy tamin'ny fagnoaragna zegny. Fa koa fa mipetraka raiky izy, nazavainy tamin'ny mpianatra nazy manôkana raha jiaby.³⁵ min'ny andra zegny, navy hariva, nivolagniny tamin-dro hoe : "Andeha hitsaka ambadiaky ary atsika."³⁶ Ka niala tamin-dro vahoaka aby tio iro, nintondra jesosy niaraka tamin-dro, igny izy tagnantiny lakana izy. Nisy lakana afa niaraka taminany.³⁷ Ary avio nanomboka nisy tafio maresaka, ary daroban-dranomasigny magnafofo lakagna ka tsaiaky feno rano lakana.³⁸ Ary Jesosy raiky nandry tio ambodiny lakana, tagnambony ondagna. Nifohazin-do izy, nagnano hoe "Mpampianatra e! tsy mampagnino anao ho faty aty atsika ?³⁹ Ary nifoha izy nivolagna tamin'ny tsiko, ary nivolagna tamin'ny ranomasigny hoe : "Mijanona, ary mimpetraha tsara!" ka nijanogno rivotro, tsy naresaka.⁴⁰ Ary nivolagniny tamin-dro hoe : Nagnino anaro mavozo ?⁴¹ Tegna navozo iro, ka nifampivolagna hoe : Azovy ma ty ? Na tsiko, na ranomasigny magneky izy.

Chapter 5

¹ Navy tantety amzay irô, amin' ny faritr'i Gerasena tao. ² Koa fa niala tagnaty lakana zegny i Jesosy, nisy lelahy araiky misy setoany nagnatogno Izy boaka tamin' i fasagna tagny. ³ Nipetraka tamin'ny fasagna zegny lelahy io. Tsisy olo navoatana izy na tamin'ny silisily zegny. ⁴ Sady fa matetiky fihezigny silisily izy fa mbala tapatapaka fo jiaby zegny. Tsisy olo managna ra matana izy. ⁵ Isaka aligny draiky isan' andra vaky Jagnahary, amin'ny fasagna agnabo bongo agny izy mihiakiaka sady ratraratraviny foeky haingnany jiaby. ⁶ Izikoa fa nahita Jesosy boaka lavitry tary zegny izy diraikity nilomay nagnatogno sady nihôdriky taminazy tiô izy. ⁷ Sady nivolagniny maré hoe: "Ino ma raha ifandraisako aminao Jesosy Zanaka Zagnahary taigana agnabo? Mangataka rady aminao za amn'ny agnaran' i Zagnahary, za mba kaza ampijalegna". ⁸ Navaliny boaka tao: " Mialaha amin'ny lelahy io anao setoany tsy manjary io." ⁹ Avio Izy nagnontany hoe: " Azovy ma agnaranao?" Nivaliny boaka tao amzay: " Agnaragna naka Legiona, fôtony maro zegny zahay io." ¹⁰ Sady nanambitamby izy beka mba tsy roasigny miala amin'ny tanàna iô. ¹¹ Nisy kamankory aby zaigny koa baka nijotso boaka tany bongo tagny, ¹² kay nihangavy Taminany koa zegny irô nivolagna fa: "Mba alifasa amindrô komankory aby igny zahay; ambila zahay ipetraka am-drô iry". ¹³ Kay nambelany zegny iro; sady niboaka koa zegny irô setoany igny kay nihidriky tamin-drô komankory aby diraikity nitsambokiny tagnaty ranomasigny tagny iro jiaby. Na komankory mandeha arivo maty tagnaty rano tagny. ¹⁴ Nahita zigny irô mpagnamia anigny komankory aby igny, diraikity nilefa sady nandeha nitantara tamin'olo tan-tanàna irô sady naro koa olo navy boaka tagny andeha iza raha nandalo. ¹⁵ Navy tiô irô igny, nagnantogno Jesosy sady itan-drô tiô koa lelahy araiky nisazoan' ny setoany legionna igny nipetrekta tiô, misikiny sady salama tsara; kay navozo zegny irô. ¹⁶ Irô olo zaigny nahita raha nandalo tamin'ny lelahy nisazôhan' ny setoany draiky komankory aby tiô igny nitantara sady nagnambara tamindrô olo zay voavy tamin' ny antsipipriany. ¹⁷ Nanomboka nitambitamby Izy irô mba hialany amin'ny tanàna io. ¹⁸ Izy koa fa hiaondragna lakana Jesosy, nangataka tamininany lelahy araiky nidiran' ny setoany igny sady nangataka hiaraka amindrô. ¹⁹ Kanefa, tsy nimboany Jesosy izy fa nivolagniny hoe: " Alô anao mandaiha mody amin'ny havanao agny kay tantara amindrô agny raha jiaby nataon' Tompo taminao draiky fitiavany anao!" ²⁰ Rôso zegny izy nandaiha nody sady efa nanomboka nitantara raha maventy zay nataon' ny Jesosy taminany tagny Dekapolisy, sady nahagaga olo jaby. ²¹ Navy tamin'ny tanàna ambadiaky ranomasigny tagny koa zegny Jesosy, nisy olo maro be zegny nivorivory nagnodidigny Izy tiô tamin'ny sisin-dranomasigny tiô. ²² Avio amizay zaigny nisy olo araiky tamin-drô mpitariky synagoga aby tiô atao hoe Jairo, koa fa nahita Izy igny zegny diraikity nantopy tamin'ny vitiny tiô. ²³ Nitaraingny fo zegny izy tao sady nivolagna fa: " Marary mare zanako viavy ao, karaha fa ho faty foeky. Mangataka Aminao za, amitraha tagnana izy baika janga sady velogno." ²⁴ Kay lôso Izy niaraka taminany sady maro koa zegny olo nagnaraka no mbala nanery olo nagnodidigny Izy. ²⁵ Nisy magnangy araiky koa zegny, mandeha lio, tagnatiny roambinifolo taogno. ²⁶ Naharegny nijaly izy tagnatiny zegny sady efa nitety olo mahay raha jiaby fa tsy nety nisy fiofany, fa kara nahay ratsy fo draiky. ²⁷ Kay izikoa izy fa naharegny lazan' ny Jesosy zegny, nagnaraka tafaranany tao izy tagnivon' olo maro tao izy sady nitosy lambany. ²⁸ Fôtony zegny izy nivolagna fa: " Za koa fa tafikasiky lambanany fo efa janga edy". ²⁹ Izikoa fa nahakasiky lambanany zegny izy, efa nijanogno edy fandianan' ny lio nazy sady regniny koa fa nafaka aretigny nazy igny. ³⁰ Niaraka tamin' igny diraikity hain' i Jesosy fa nisy gôvo niala Taminany. Niherigny tamn' ny vahoaka tafaranany tao Izy sady nagnontany hoe: "Azôvy nikasiky lambako tiô igny?". ³¹ Namaly zegny iro mpianatranany nivolagna: " Itanao irô olo marobe aby nagnaraka afaranao aby io, kay anao mbala magnaontany fa: "

Azovy nitana za tiô." ³² Fa nizavan' ny Jesosy fo zegny nagnodidigny Izy tiô baika ahaizany olo nagnano zegny. ³³ I magnangy igny, nahay raha nahazo izy, ka navozo sady nangôrohôro. Nandè nandohaliky talohan'i Jesosy tiô, nangnambara raha nandalo jiaby. ³⁴ Kay navalin' i Jesosy izy avy tiô : "Zanakôôôôô, finoagnanao nagnajanga anao. Mandiana am-pilaminagna fa ho janga aretigny nao jiaby." ³⁵ Izy mbala mivolagna iô fo, navy olo sasany boaka tagny amin' ny mpitariky ny synagoga nivolagna fa: "Efa maty kony zanakanao aii. Nagnino anao mbala manahiragna mpampianatra io fo?" ³⁶ Izikoa fa naregny zegny i Jesosy, nivolagna Izy tamin-drô mpitariky ny synagoga aby tiô fa: "Kaza mavozo anarô fa minoa fo." Nanomboko tiô zegny, efa tsisy olo ³⁷ nimboany nagnaraka Izy eky, izkoa tsy iry Petera, Jakoba draiky Johany rahalan' ny Jakoba. ³⁸ Navy tan-tragnon' ny mpitariky synagoga tao irô, nahita olo maro be nitomagny tio Izy. ³⁹ Izikoa fa tafidriky tan-tragno tao zegny Izy, kay nambarany irô fa: "Nagnino ma anarô mitabataba sady mitomagny ? Izo kony tsy maty fa madry fo aii." ⁴⁰ Nitokizandrô zegny Izy. Kanaifa naboakany tan-tany tagny akendriky zegny irô olo jiaby niaraka Taminany aby igny, ankoatra ny babany draiky renin' ny tsaiky io, igny Izy vo nihidriky tan-tragno misy tsaiky io. ⁴¹ Nalainy zegny tagnan' ny tsaiky io sady nivolagna Izy hoe: " Talita, komy!" Izikoa avadiky zegny, midika hoe: "Tsaiky magnangy, mivolagna aminao Za, mitsangàna." ⁴² Diraikity nitsangagna izy sady nandaiha (fôtony roambinifolo taogno izy). Gàga zegny irô jiaby tiô. ⁴³ Nifeperiny maré zegny irô tiô baika tsy hisy na azovy na azovy agnana ahay raha nandalo io. Aviô amizay zegny nirahiny nampinanigny tsaiky viavy igny.

Chapter 6

¹ Niala tamin'ny toeragna io, nandeha ta tanindrazagnanany, niaraka tamin' ny mpianatranany. ² Izy koa fa Navy Andra sabata nampianatra tio amin'ny Synagoga Izy. Maro olo naharegny Izy sady gaga. Nambara-dro : baka ahia nazahoany fampianaragna jiaby iô ? Irô fisiagna Jery namezagna Izy ty ? Irô aby fahagagagna nataony tamin'ny tanàna ty ? ³ Tsy draiky mpandrafitry igny io, i zanaka Maria draiky rahalahin'i Jakoba draiky Josesy draiky Jodasy bakô Simona ? Tsy miaraka amintsika eto mba i anabaviny ? Neloko tamin'i Jesosy irô ⁴ Sady ho Jesosy tamin-drô: "Tsisy mpaminany tsy amezagna haja, izy koa tsy ao amin'ny tananindrazagnanany draiky ao amin'ny havany mariny bako olo miaraka mipetraka aminany fo". ⁵ Tsy afaka magnano asa mahagaga Izy, izy koa tsy fametrahagna tagnana amin'ny marary vitsivitsy bakô nagnajanga irô. ⁶ Gaga tamin'ny tsy finoan-dro Izy. Bako nandeha nagnodidigny tanana Izy hampianatra. ⁷ Bakô nikaiky irô aroe ambin'ny folo lahy Izy, nanomboko aniraka irô nandeha tsiaroeroe, bako namezany fahefagna tio amin'ny fagnahy maloto irô, ⁸ bako tsy hitonga na ino na ino amin'ny diany, na mofo, na saka, na vola amin'ny sentiry irô. Izy koa tsy tongozo fo. ⁹ Tsy hagnano kiraro, bakô tsy hagnano akanjo aroe. ¹⁰ Nivolagna Izy tamin-dro hoe : "Na ombiagna na ombiagna anarô mindriky tragno araiky, mimpitra ao mandra-pialanaro agny. ¹¹ Rahoatra ka misy tagnana tsy mandray anarô na tsy mitandregny anarô, izy koa miala amin'ny toeragna io anarô adosoa ny fotaka amin'ny vitinaro mba sady vavolombelogo amin-dro". ¹² Nadeha directe iro bakô nitory fa olo jiaby tokony hibaboko amin'ny andalagnany. ¹³ Nandroaka setoany maro irô, bakô nagnôsotro delohily tamin'ny marary maro nampanjanga irô zegny. ¹⁴ Regnin'i Heroda mpanjaka zegny, fotony loso nalaza be agnaran'i Jesosy. Iry sasany nivolagna fa "Nitsangana tamin'ny maty Jaona mpagnano batisa ka zegny, mahatongany hery mahagaga ao agnatiny miasa. ¹⁵ Fa iny sasany koa magnambara fa "i Elia Izy". Mbola nivolagna koa iry sasany fa "Mpaminany Izy, kara araiky tamin-drô mpaminany taloha. ¹⁶ Izy koa naregny zegny eroda nagnambara izy fa "Jaona, araiky nitapahako loha igny kony nitsangana tamin'ny maty". ¹⁷ Heroda nagniraka olo nanambotro i Jaona bako nagnadefaizy tagny agnaty prisn avy amin'ny raharahaHerodiasy (vadin'i Filipo rahahiny), fotony nalainy vady i viavy io. ¹⁸ Jaona nivolagna i Heroda fa " tsy magnaraka lalàgna hanambadiananao vadin'ny rahalahinao". ¹⁹ Neloko taminany Herodiasy nitady fomba hamonoagna izy, nefa tsy afaka, ²⁰ boka amin'ny fahavozaon'i Heroda i Jaona, hany fa olo marigny draiky feno fahamasignana izy, bako niarovany izy. naifa nitandrignesany tan-karavoagna fo izy. ²¹ Bakô nisy iraka tamin'ny anniversairen' i Heroda nagnano fagnambaragna amin-dro olo bebe, draiky irô mpifehiny, bako iro mpitariky Galilia Izy. ²² Nidriky directe tao amin'ny chambre vahiny i zanaka vvaivin'i Herodiasy direct nitsinjaka irô, bakô naharavoravo i Heroda draiky vahiny nikahiagna tamin'ny finanagna izy. Nagnabara mpanjaka tamin'ny tsaiky viavy io : Angataha aminaka izay raha tianaofa amiako anao". ²³ Bako nifanta taminazy izy agnana : "Na ino na ino angatahinanao aminaka, amiako anao, na antsasaky fanjakako". ²⁴ Direct niboaka bako nivolagna tamin'ny namany : "Ino tokony angatako aminazy ?" Nagnambara mamany : "Ny lohan'i Jaona mpanjaka Batisa". ²⁵ Tio tio nipody tagny amin'ny mpanjaka izy, nangataka, nagnano hoe : "Tiako amezanao zaho, zioty, io agnabony vilagny lohan'i Jaona mpagnano batisa. ²⁶ Na zegny draiky nampahinakinaka mpanjaka zegny, tsy afaka tsy nagnano fangatahany zegny izy fotony efa nifanta bako nisy vahiny nikahiny tamin'ny fiananagna tio. ²⁷ Nohon'izegny nagniraka miaramila araiky baka amin'ny mpiambigny mpanjaka mba hitongá lohan'i Jaona amin'azy io. Loso i mpiambigny io bako nanapaka lohany tao agnatiny prison. ²⁸ Nidesiny tio agnabo vilagny lohany bako namezany tsaiky viavy io, bako i tsaiky viavy io nagnamia zegny i mamany. ²⁹ Izy koa naregny zegny irô mpianatra nany, direct navy irô nangala fatiny nandeha nadevigny. ³⁰ Nimpody tagny amin'i Jesosy irô apostoly bako nitantara tamin'azy raha jiaby vitan-dro. ³¹ Bakô nambarany tamin-dro : "Alo atsika andeha agnaty chambre. Hangala kajo hely". Maro olo nandalodalo na tsy nanagna lera hinana-kanigny aby irô. ³² Nandeha ambilo irô mba antany fo. ³³ Irô nahita nadehana-dro bako maro tamin-drô nahay izy, niaraka nilomoay baka tgny an-tanana irô jiaby, nandeha tio alohan-dro. Izy koa navy tamin'ny sisiny tio irô, nahatazagna vahoaka maro. ³⁴ Izy bako nahinakinaka irô Izy fotony kara ondrikondriky tsy managna tsy magnaja irô. Ka nanomboko nampianatra raha maro irô Izy. ³⁵ Izy koa fa hariva andra, nagnatogno iz mpianatranany

nagnabara : "Toeragna tsisy raha ity bakô andra efa ho hariva.³⁶ Alifasa irô mba handeha agny amin-drô bongo draiky tanàna magnodidgny hivanga hanigny ho anin-drô : "Amezanarô raha ho anin-drô".³⁷ Namaly Izy nagnambara tamin-drô : "Amezanarô raha hoanigny irô". Nagnambara irô tamin'ny : "Afaka mandeha draiky mivanga mofo azon'ny denaria roanjato va izahay hagnamezagna irô hoanigny ?" ³⁸ Nagnambara tamin-dro : "Firy mofo anagnarô ? Mandiana bako zahava" Izy koa hitany, nagnabara irô : "Mofo dimy draiky laoko aroe".³⁹ Nagniraka olo jiaby mba hipetraka mitokotokogno tio amin'ny ahitry mahitso izy.⁴⁰ Nipetraka nitokotoko irô, nisy tokony zato dimampolo tio.⁴¹ Nangala irô mofo dimy draiky laoko aroe izy, niandrahandra langitry nankasitraka izy bakô nandrasadrsa mofo bako nagnamia zegny tamin-drô mpianatra mba hamezagna iro olo io alohan-drô. Nirasaigny tamin'olo jiaby koa laoko aroe.⁴² Samby nihinagna draiky irô voky.⁴³ Nalain-drô sombitsombiny mofo, nahafeno roambinifolo tôgnotôgno nilongolongo, bako koa lambiny laoko.⁴⁴ Nisy dimy arivo irô lelahy nihinagna mofo.⁴⁵ Tio tio nirahiny nanoga tao ambilo irô mpianatranany mba andeha alohany hitsaka andeha agny Betsaida, raha nandefa ny vahoaka Izy.⁴⁶ Izy koa loso irô, nanonga tagny agnambon'ny bongo Izy mba hivavaka.⁴⁷ Navy hariva, efa tio agnison-dranomasigny koa ny lalana, fa nitokana tagny agnambon'ny bango Izy.⁴⁸ Bakô hitany sahiragna mare irô nintondra lakana, fotony nikontira mare tsiko. Tio tio amin'ny efatra magnenakoho nandeha tamin-dro izy, nandalo agnambony ranomasigny, bako tia handalo tio amin-dro Izy.⁴⁹ Izy koa nahita Izy nandeha agnabony ranomasigny Irô, nambar-drô lolo izy nihiafatrafa irô,⁵⁰ fotony nahita izy irô navozo. Tio tio nivolagna tamin-drô izy agnambara : " Matokisa! za fo ty! Aza mavozo!"⁵¹ Bakô nidriky tao agnaty lakana niaraka tamin-dro Izy, nijanogno tsy nare tsiko. Tegna gaga irô.⁵² Bakô tsy takatra saigni-drô dikany mofo. Nefa draiky nahay mafy fô fo iro.⁵³ Izy koa tody irô, navy tao Genesareta nikahiagna irô amin'ny lakana irô,⁵⁴ Bako izy koa nijotso baka tao amin'ny lakana irô, direct hain'olo tao Izy,⁵⁵ nilomoay nagneragna faritry jiaby irô bako nanomboko nitonga marary tamin'ny tany fandriany iregny irô.⁵⁶ Na tahia na tahia nandiahany na an-tanàna na tanàna mavety, na tagny amin'ny bongo hely, napetraka drô tio amin'ny banja marary. Ningavy Izy irô mba hagnambela irô hikasiky tapaka ankanjony, bako olo nikasiky Izy Janga.

Chapter 7

¹ Navy nagnantogno Izy tiô zegny irô fariseo ndraiky irô mpahay lâlagna sasany sady nagnodidgny Izy tiô.² Kai itandrô tiô zegny sasany tamin-drô mpianatranany nihinagna tamin' ny tagnana maloto sady tsy nisasa.³ (Kai tsy afaka mihinagna zegny iro Fariseo ndraky Jiosy, izikoa tsendriky boaka nanasa tagnana , fotony iro zegny magnaraka fombafomban-drô loholono.)⁴ Koa nimpody boaka tamin' ny tsena tagny zegny iro Fariseo, tsendriky mihinagna izikoa tsy efa boaka niseky) sady iro koa zegny mitandrigny fomba mare, karaha fanasagna kapoaka draiky latabatra varagna, avio kidôro hinanandrô.)⁵ Nagnontany Jesosy amizay irô Fariseo draik irô mpahay lâlagna : "Nagnino mba mpianatranao tsy mandaiha karaha fombafombandrô loholona aby io, fa mihinagna mofondrô amin' ny tàgnana tsy voasasa?"⁶ Kanefa nivolagna tamindrô Izy fa : "Isaia tegna naminany tsara taminaro jiaby mpihatsaravelatihy. Ity raha nisoratany : "Ity vahoak ity magnaja Izy amin' ny vava, fa fô nany draiky lavitry Izy." ⁷ Foagna ny fivavahagna atolotro-drô Izy, izikoa mampianatra lâlagna ny olombelogno fampianaragna irô.⁸ Ambelamarô didin-Jagnahary fa ny olombelogno draiky tananaro maresaka".⁹ Sady nivolagna koa Izy tamindrô hoe : "fomba karakôry ma agnarianarô didy dragnahary kai hitananarô fomba-dRazagna narô!"¹⁰ Kai nivolagnin' i Mosesy : "magnajaha babanao draiky mamanao; aviô koa, ho faty aby izay olo magnamia volan-dratsy mamany draiky babany." Kanefa anarô nivolagna hoe : "Izikoa misy lelahy araiky mivolagna amin' ny mamany draiky babany fa : "Ndray ino ndray ino azo boaka aminaka efa Korbana," (dikany zegny : fa namian-Jagnahary),¹² kay aza ambelamarô agnano ndray ino ndray ino amin' ny babany draiky mamany foeky izy.¹³ Tsy magnisy fotony volagna Jagnahary anaro amin' ny fomban-dRazagna narô io. tsy vitany zegny koa fa bala maro koa raha itanarô iragna amzegny.¹⁴ Nimpody namory vahoaka draiky Izy nivolagna hoe : "Tandrignesa za, ataova hay fa anaro fo jiaby io.¹⁵ Tsisy raha boaka ivelan' ny vataganan' olo nihidriky aminany ao kai nahatoga izy naloto. Fa araiky boaka agnatiny ao igny fo mandoto izy." ¹⁶ [Ny fandikagna tegna tsara zegny tsy magnisy andininy faha 16: Izikoa misy ny manan-tsofigny hitandrignesany, mba hitandregny izy.]¹⁷ Izikoa fa niala tamindrô vahoaka aby tio zegny i Jesosy kai nihidiky tagnaty tragno, nagnontany izy zegny iro mpianatra nany mikasiky iro fagnoaragna aby igny.¹⁸ Volagnin' ny Jesosy tamindrô : "mbala tsy hainaro koa ma zegny? Tsy itanaro fa raha jiaby boaka ivelan' ny vatagna kay nihidriky agnatiny ao tsy mandoto izy,¹⁹ fôtony tsy tafidriky agnaty fô ao zegny, fa agnaty kibo ao fo izy sady miboaka amizay tany tokony iboany agny? Tamin' ny zegny. Tamin' ny zegny fagnambaragna zegny natonga hanigny jiaby madio i Jesosy.²⁰ Nivolagn Izy fa : "Zaigny miboaka boaka amn' olo ao fo mandoto izy." ²¹ Fa boaka agnatin' olo ao, boaka agnaty nany, iboany jery ratsy, fagnasahagna, fangalaragna, famoniagna olo,²² mandranto, fagniriagna, haratsiam-pagnahy, fitaka, mafana fô, vandivandy, fihavognana, hadlagna.²³ Jiaby igny zegny raha ratsy boaka agnatin' olo, aviô irô io koa mandoto izy.²⁴ Niala tio zegny Izy nandeha tamin' ny faritry Tyro draiky Sidona. Nidriky tagnaty tragno araiky zegny Izy kai tsy tiany hain' olo zegny Izy tao, sady tsy afaka nivolagna.²⁵ Niaraka tamin' ny zigny nisy vihavy araiky, managnanaka magnangy ely misy fagnahy maloto, nandeha taminany tio. Koa fa navy tio izy, diraikity niôdriky sady nandohaliky tamin' ny vitiny tao.²⁶ Grika zegny vihavy io, Syro-foinika tany fihaviany. Nanambitamby Izy zegny vihavy io mba agnadoso setoany mikotragna zanany hely io.²⁷ Nivolagna taminany amzay izy : "Hamiha hanigny akendriky tsaiiky io. Fôtony tsy mety mangala mokary ny tsaiiky kai andeha hatsipy amin' ny amboha." ²⁸ Kai namaly izy nivolagna hoe : " Ia, Tompo, na amboha ambany latabatra ao koa ane mba mihinagna mokary ny tsaiiky io." ²⁹ Kai navaliny boaka tao : "Boaka

amin' ny raha volagninao zegny, fa afaka mandeha anao. Efa niboaka amin' ny zanakanao ao i setany zegny.³⁰ Izikoa fa nimpody tan-tragnonany tagny viavy igny, nahita zanany mandry amin' ny fandriagna sady fa tsisy setoany.³¹ boaka niala tao draiky koa Jesosy, nandeha nitsaka tagny sidona jisaka tamin' ny ranomasigny ny Galelia sady nanonga tagny Dekapolis.³² Kai nindesindrô taminany olo araiky maregniny sady sahiragna mivolagna, kai nangataka taminany irô mba hamitrahany tagnana amnany.³³ Nandesiny niala tankilandro tio zegny i lelahy igny, kai nitanany sofigny nany, koa fa boaka nandrôra izy, nikasiky lelany izy.³⁴ Kai niandrahandra lagnitry zegny Izy, nihaimbe sady nivolagna taminy hoe: "Efeta", midika zegny fa: "Aretigny"³⁵ betibety tiô zegny i sofigny igny naharegny, potipotiky tagny zegny raha namehy leleny tiô igny sady afaka nivolagna tsara zegny izy.³⁶ Tsy nimboany Jesosy zegny irô andeha ikoragna raha nandalo tiô, na am-jôvy na am-jôvy. Kara vomaika nagniraka irô draiky zgny i volagna nataony igny.³⁷ Kai gaga zegny olo jiaby tio koa fa naharegny irô nivolagna zigny sady nivolagna hoe: "Nataony tsara aby kony raha jiaby ai". nataony maharegny ny maharegniny ary ny moa koa nampivolagniny.

Chapter 8

¹ Tamin'ny fotoagnan'andro izay, nisy olo maro sady tsy nanagna raha hoanigny irô. Kay nikaiky mpianatranany Jesosy ka nivolagna tamindrô karaty: ² "Mampahinakinaka zaho irô olo maro irô satria efa telo andro irô nagnaraka Zaho tsisy raha noanigny." ³ Izy koa alaifako mody an-tragnondrô irô, kay mety ho toragna an-dalagna irô. Sasany amin-drô avy agny lavitry agny." ⁴ Namaly koragnan'azy irô mpianatran'azy nivolagna karaty: "Aia hahitantsika mofo ampinana-tsika irô vahoaka aty an-tany foagna, tsisy raha hoanigny aty?" ⁵ Nambarany avy tiô tamin-drô: "Firy mba mofo anagnanarô ao?" Nivalian-drô avy tiô: "Fito izy ato." Nagniraka irô vahoaka hipetraka aminy tany Izy. Avy iô, nalainy mofo fito, avy iô Izy nankasitraka, baka iô, nanapaka mofo iô irô. ⁶ Namezany mpianatranany baka hizaraigany amin'ndrô vahoaka aby iô, avy iô napetrakan'ndrô mpianatra irô teo alohan'ndrô tiô. ⁷ Avy iô, mbola misy lôko helihely tamin'ndrô, koa fa baka nagnano fisaoragna irô zegny, nagniraka mpianatranany Izy hizara lôko aby iô. ⁸ Nihinagna zegny irô, avy tiô voky. Nisy ambiny tavela Kay nahafeno tognotogno fito maventy. ⁹ Tôkony farifary efatr'arivo tiô tiô, kontin'olo taminy zegny. baka iô nalefany nody irô baka tiô. ¹⁰ Niaraka tamin'izegny, Niakatra tao an-dakana Izy ndraiky mpianatranany, irô handaiha agny amin'ny faritr'i Dalmanota. ¹¹ Niboaka irô fariseo ary nanomboka nifanditra taminy. Irô zegny mitady famantaragna avy agny an-dagnitry, mba hitsapandrô Izy. ¹² Kay nitaraigny am-pagnahy Jesosy draiky Izy nivolagna tamindrô karaty: "Nagnino ma ity taranaka ity mitady famantaragna fo? Nefa ndraiky volagniko aminarô ny marigny jiaby fa anarô tsy hahita famantaragna aminaka zegny." ¹³ Avy tiô zegny, nialan-drô Izy avy tiô, niakatra tao agnatin'ny lakagna ndraiky Izy, niala lavitra ho eny am-pita. ¹⁴ Avy iô, nadignan-drô mpianatra aby iô nitondra mofo niaraka tamin'izy irô. Tsy nanagna mihoatran'ny araiky irô tagnatin'ny sambo ¹⁵ ka nampitandrigny irô Jesosy ka nivolagna karaty: "miambena avy iô, mitandraima ay, amin'ny masirasiran'irô Fariseo ndraiky masirasiran'irô Heroda." ¹⁶ Kay nifagnotany tainga irô mpianatra hoe: "Navy tamin'tsika, tsy nagnano mofo fo iz'iô." ¹⁷ Hain'i Jesosy raha agnatiny saigny ndrô, ivolagna Izy tamin'ndrô karaty: "Nagnino anarô misaigany amin'ny tsy fanagnana narô mofo ny saigny narô? Mbola tsy azonarô fo ma? Mbola tsy takatranarô fo? Ndraiky donto ma, fô narô ao?" ¹⁸ Managna sofigny ianarô fa tsy maregny ma? Tsy azonarô honogno ma izigny? ¹⁹ Zaho ka fananapaka mofo dimy hoan'ndrô olo dimy arivo igny, kay nisy ambiny izigny. kay firy tognotogno ny ambiny tavela nampiriminarô?" Namaly ny mpianatranany karaty: "Roambinifolo." ²⁰ Zaho ka fananapaka i mofo fito igny, hoan'ndrô olo efatr'arivo, mba firy tognotogno eky ambiny tavela? Nivolagna moianatranany karaty: "fito." ²¹ Baka iô, namaly Izy: "Mbola tsy takatran'arô fo?" ²² Navy agny Betsaida irô. Avy iô nisy gila araiky nindesin'olo taminany, avy iô nangataka Jesosy mba hikasik'azy. ²³ Nindesin'i Jesosy tagny aminin'ny tananan'i gila, baka iô nitondra azy mba hiboaka hiala agnaty tanana. koa fa nandrôrahany tamin'ny masonry, ndraiky napetrakany tagnabon'nylohany tagnany, avy iô nagnatony azy Izy: "Mahita raha ma anao ao?" ²⁴ Kay niangana izy, baka iô nivolagna kay: "Mahita olo mitovy amin'ny kakazo mandaidaiha zaho." ²⁵ Napetrakan'i Jesosy tamin'ny masonry koa ny tagnanany, kay nahita ny masonry lelah gila ary janga, avy iô nipody tamin'ny loany ny fahitany, mahita mazava jiaby izy. ²⁶ Kay avy tiô, nalefan'i Jesosy nody izy, avy iô novolagniny karaty: "Aza mitsofoko ao an-tanana." ²⁷ Handaiha niboaka i Jesosy sy ny moianatranany, irô nanday tamin'ny tananan'i Kaisaria Filipo. Tagny andalagna zegny nagnatany irô mpianatranany tamin'Azy hoe: "Atanao narô azovy Zaho?" ²⁸ Namaly izy irô ka nivolagna karaty: "Jaona mpagnano batisa. Ny hafa ndraiky: " i Elia", ny hafa mivolagna hoe: "Araky tamin'ndrô mpaminany." ²⁹ Nagnotany irô Izy : "Fa anarô ndraiky magnano Zaho azovy? Namaly Izy i Petera karaty: "Anao i Kristy." ³⁰ Nampitandrigny irô Jesosy tsy hivolagna makasika Izy na amin'ndrôvy na amin'ndrôvy. ³¹ Nanomboka tiô, nampianatra irô izy fa tsy maintsy hijaly anarô zanak'olo, avy iô tsy ho lavin'ny loholona ndraiky irô lohan'ny mpisorona, avy iô mpanora-dalàna, avy iô ho vonegna, mba hitsangana amin'ny maty afaka telo andro. ³² Nambarany mazava tsara izegny. Avy iô, nikahian'i Petera mangingingny Jesosy ka nanomboka tiô, nivolagn'Azy mafy. ³³ Kafa nitodik'i Jesosy nizaha ny mpianatranany Izy, avy iô Izy nivolagna mafy tamin'i Petera nagnano karaty: "Mialà lavitra Zaho anao Satana! Tsy mba mandinika ny zavatra ny ndRagnahary ianao, fa ny zavatran'olo fo!" ³⁴ Baka iô, nikaiky vahoaka ndraiky mpianatranany Izy, niaraka irô. Nivolagnagny avio irô: "Raha misy te agnaraka-Zaho, tsy maintsy magnaraka ny raha volagniko izy, maka ny hazo fijaliany koa izy, baka iô magnaraka Zaho. ³⁵ Na zôvy na zôvy te agnavotso aigninany kay hahavery izy zegny, ary izay mahavery ny aigniny boka tamiko ndraiky filazantsara zegny, hahavotro izy. ³⁶ Fa ino marigny ma, tôkony azahoan'olo araiky, raha mahazo izao tontolo izao zegny nefa very ny aigniny? ³⁷ Mba ino eky raha azon'olo araiky ho takalony aigniny? ³⁸ Na zôvy na zôvy maignatra Zaho,

ndraiky maignatra magnabara ny volagna-naka eto amin'ity taranaka mijangajanga, ndraiky mpanota ity, zaho ka mba maignatra izy koa. Ny zanak'olo fa navy agny amin'ny voninahitry Ndragnahary miaraka amin'io anjely masigny Izy."

Chapter 9

¹ Nambarany tamin-drô kara ty: "misy aminarô tsy hagnadragna fafatèsagnazegny, alohany ahitan-drô fanjakan-dRagnahary àvy bàka amin'angôvonany maventy. ² Tsôta andrà taty afara, nandesiny Jesosy niaraka taminany Petera ndraiky Jakoba baka iô jaona tagnabony bongo tagny. Tiô fo, niaova saoranany devant ndrô tiô. ³ Ankanjony niaova namirapiratra salakady nazava, tagnany fotsy maré, mandilatra raha jiaby fotsy ambony tany ity. ⁴ Baka iô Elia ndraiky Mosesy niboaka taminany tiô irô, kay nikoragna tamin'i Jesosy irô. ⁵ Navaliny Petera tamin'i Jesosy kara ty hoe: Andriàna é! mety amitsika donc mipetraka eto, kay agnana lay telo, araiky Ninao, araiky ny Mosesy, araiky ny Elia. ⁶ "Nèfa tsy hainy raha tôkony volagny, fôtony navozo loatra izy". ⁷ Nisy rano navy nagnarogno irô. Nisy fiô ndraiky ka navy baka tagnatiny rôndro tagny nivaolagna Kara ty: "Ity zanako tagnany tiako. Tandrignèsa izy." ⁸ Tampoko tio, izy ka fa nitoditodiky irô, tsisy raha ndrè araiky itan-drô izy ka fa tsy Jesosy zaraiky tiô. ⁹ fa nijotso baka tagnabony bongo tagny irô, mba tsy hikapokapoko raha jiaby itany mason-drô tagny, izy ka tsy mipody velogno ka Zanak'ôlogno. ¹⁰ Nitànan-drô secré igny, kanèfa nifampagnotany fo ndraiky irô, ino mety dikan'zegny "fitsanganagna amin'ny maty" zegny. ¹¹ Nagnatogno Izy irô o: "Nagnino fo ma irô mpanora-dalagna io, magnambara fa tsy maintsy avy aloha i Elia?" ¹² Nambarany tamin-drô: "voloahany navy Elia hagnarigny raha jiaby. Kay nagnino fo basy voasaoratra fa Zanak'olo tagnany hijaly amin'ny raha maro ndraiky atao tsisy dikany? ¹³ Kanèfa ambarako aminarô fa navy tio Elia, hors nataon'olo taminany zegny, ndrè tsy nankasitrahany, kay kara zegny ka nambarany Saoratra Masigny mahakasiky izy". ¹⁴ Izy ka fa nipody taminy mpianatra tio irô, koa fa nahita vahoaka maro be nikodidigny Izy irô, vaky debat taminany. ¹⁵ Ka fa itan-drô amin'jaigny Jesosy, gaga vahoaka jiaby izy ka fa nilomoay irô nagnatogno Izy, nagnano mbalatsara Izy. ¹⁶ Nagnotaniany amin'jaigny irô mpianatra Nazy kara ty: "mahakasiky ino edy debat ataonarô ami'zegny". ¹⁷ Nisy araiky tamin-drô vahoaka namaly kara ty: "Mpampianatra é, nandesiko aminao aty zanako lahy. Misy fagnahy tsy manjary mampikapokapoko izy irô. ¹⁸ Manambotro izy avio magnatretreky izy ndraiky izy mandoa hêlaka, nifiny mivagnivagny, ndraiky izy henjagna. Nangatako tamin'ny mpianatra hagnaboaka izo hiala aminany fa tsy vitan'drô zegny." ¹⁹ kay namaly irô izy hoe: "Arô taranaka tsy mino ity, jisika ombiagna hidaoko aminarô eto? Jisika ombiagna handifèrako aminarô? Andesa aminaka aty izy." ²⁰ Nandesiny taminany tio tsaiiky lelahy io, izy kaa nahita Jesosy fagnahy tsy manjary io nampifanintontsitogno izy irô. Lavo tamin'ny tany tsaiiky lelahy io ndraiky feno tovôro vavany. ²¹ Jesosy nagnotany babany kara ty: "nanomboko ombiagna nagnano kara io izy?" Navaliny babany: "rango izy mbala hely izo." ²² Indraikindraiky fagnahy tsy manjary io mandavo izy agnatiny môtro na agnatiny rano ndraiky nagnandragna hamotiky izy. Izy ka mba mahay raha jiaby Anao, mahininkina zahay baka iô ampia zahay." ²³ sosy nivolagna kara ty: "izy ka hainao? ²⁴ Zaka jiaby hainy zegny mino" directy niafatra maré babany tsiky io hoe: "mino za! Fa ampia za amin'ny tsy finoako!" ²⁵ Abaka iô hitan'i Jesosy vahoaka aby io nilomoay nagnantogno izy irô, nivolagniny maré fagnahy montraka io nagnano kara ty: "ô fagnahy moà ndraiky maregniny ty, mandroaka anao Za, miboahà aminany ao, ndraiky aza mipodipody ao eky." ²⁶ niafatrafatra maré izy nampifanintogno maré tsaiiky lelahy io, kay maro olo nivolagna hoe: "Maty izo." ²⁷ Fa Jesosy nanàmbotro izy tamin'ny tagnany aviô naréminy izy, kay nitsangana tsaiiky lelahy io. ²⁸ fa nidriky tagnatiny tragno tao Jesosy, nagnotanian-drô manaokana Izy hoe: "Akory zahay tsy nahavoaroaka fagnahy ratsy igny?" Nambarany tamin-drô hoe: ²⁹ "Araiky kara igny tsy afaka roàsigny fo ka tsy baka amin'ny vavaka." ³⁰ Niala tiô irô aviô nandalo tagny Galilia. Tsy tiany hain'olo fekny fa baka taia irô, ³¹ fa napianariny irô mpianatra nazy. Nambarany tamin-drô hoe: Zanak'Olo hamiagna an-tagnan'olo, kay hivonen-drô Izy. Izy ka fa maty, himpody velogno indraiky Izy afaka telo andra." ³² Fa tsy takatrin'ny jery ndrô raha nambarany, nèfa navozo irô agnotany Izy. ³³ ka fa navy tao Kapernaomy irô. Izy ka fa baka nidriky tan-tragno Izy nagnotanian-drô Izy hoe: "ino mba raha nikoragnin'arô tan-dalagna igny? ³⁴ tsy nivolagna irô. Fôtony fa ny debat zegny irô tan-dalagna tagny fa azovy tagnany maventy. ³⁵ Nidoko, nikaiky irô aroe ambiny folo lahy Izy aviô nivolagny tamin-drô hoe: "izy ka misy ti-ho voalohany, tsy maintsy farany amin-drô jiaby izy, baka iô bôton-drô jiaby." ³⁶ Nangala tsaiiky araiky izy nalatsany agnivon-drô tiô. Ninjoniny izy, baka iô nivolagny hoe: ³⁷ "Na zovy na zovy tia tsaiiky kara ty amin'ny narako, tia Za koa izy, tsy Zazaraiky fo ka tiany fa, ndrè nagniraka Za koa." ³⁸ Nambarany Jaona taminany kara ty hoe: "Mpampianatra é, nahita olo nagnaboaka setoany tamin'ny agnaragnanao zahay kay tsy ny kenay, fôtony tsy namatsika izy. ³⁹ "Jesosy nagnambara kara ty: "Aza mandrara izy, fa tsisy olo hagnano asa maventy amin'ny agnarako kanèfa betibetiky iô après zegny hivolagna raha tsy manjary mahakasiky Za izy. ⁴⁰ Na zovy na zovy tsy micontre atsika dikany zegny namatsika izy. ⁴¹ Na zovy na zovy magnamia rano trobaka araiky anao, fôtony naman'i Kristy anao kay ambarako aminao tagnany marigny, fa tsy ariagna valim-pitiavany. ⁴² Fa na zovy na zovy mampameloko araiky amin-drô mino Za regny, tsara tsara aminany vahôragna amin'ny tendany vato maventy kara araiky famofoàgna vary igny bakakô atsipy agnatiny ranomasigny agny. ⁴³ Izy ka tagnànao havianny magnameloko anao, tapa hagny izy. Sitrànny anao misy hantsà midriky amin'ny fiaignana kara anao managna tagnàna aroe kanèfa agnatiny môtro anao, môtro tsy mety vonoegny. ⁴⁴ [Fanamarihagna: tsy asiagna fehezanteny fandikagna tagnany tsara amin'ny party 44 ndraiky 46 hoe: "Na hankan-drô tsy maty, ndraiky môtro ka tsy maty mandrakizay." ⁴⁵ Izy ka vitinao mampameloko anao tapa agny zegny. Tsara tsara aminao ka midriky ami'ny fiaignana mitsokilaka, kara anao managna vity aroe hariagna agnatiny môtro agny. ⁴⁶ [Zahava fanamariagna amin'ny andininy faha 44] ⁴⁷ Izy ka maso nao mampameloko anao, tsara aminao taoka maso midriky

fanjakan-dragnahary kara managna maso aroe hariagna amin'ny môtôro, ⁴⁸ amin'ny toeragna tsy mahafaty hankan-drô, môtôro tsy mety vonoegny. ⁴⁹ fa olo jiaby samy voan'ny sira amin'ny môtôro. ⁵⁰ Tsara sira, fa izy koa lôso matsatso, ino koa hampamasigny izy? Ataova sira aminarô ndraiky mihavagna amin'ny tsaraiky araiky aby."

Chapter 10

² lera izy efa hanomboko handeha, nisy lelahy araiky fekin'ny nilomay nandohalika talohanany tio, avio nagnontany izy: "Mpampianatra maiva ô, mba ino eky mba rah ts maintsy ataoko a ahafako handovà ny fiainagna mandrakizay zegny é ? lanifagnahy i Jesosy naregny izy nivolagna draiky taf'agnontany: "Nagnino za kahianao fa tsara ? ny tegna marigny, tsisy tsara tsara mihoatra ny Zagnahary zegny . Hainao nambarany didy folo : "Aza mamono olo , aza aza mijangajanga , aza mangalatra , aza magnano ho vavolombelogo tsy marigny , aza mamitaka , hajao babanao draiky mamanao ." ⁵ Nivolagnin'i Jesosy tamin-drô: "navy tamin'ny hamafiny fo narô nahatonga izy nanôratra tamindrô lalàgna aby iô." ⁶ "Salakady tamin'ny voalohany namoraognana irô, Zagnahary nagnano irô lelahy draiky viavy ⁷ Amin'ny fotoagna zegny , ts maintsy hiala babany draiky mamany ny tsaiiky lelahy , bako tsy maintsy hikambagna amin'ny vadiny, ⁸ kay anjary ho vatagna irô roé. Izegny midika fa ts aroé eky irô, fa loso vatagna araiky eky. ⁹ Ho hoandrô nakamban-dRagnahary , aoka tsy avoa hampisarahan'i zanak'olombelogo." ¹⁰ Izy koa fa irô tônga tan-tragno , mbola nagnampody nagnontany makasika raha zegny draiky irô mpianatra io. ¹¹ Nivolagnindrô tamin'izegny: "Na anjovy na anjovy lelahy misaraka amin'ny vadiny bako mbola mampiakatra viavy hafa ; dikan'izegny mandranto izy. ¹² Kay karah zegny koa viavy misaraka amin'ny vadiny, mbola manambady lelahy hafa, mbola mandranto fo koa fivolagna zegny." ¹³ Nisy fotoagna irô saika hitôndra zanakan-drô tamin'i Jesosy mba hametragna taghana, kanaifa nisihan-drô mpianatranany aby irô. ¹⁴ Kay baka tamin'izegny amindraigny nampaneloko i Jesosy draiky nahatonga izy nagnaboaka volagna tamin-drô : " Ambilà ny tsaiiky hagnantogno za , avio aza sakanagna irô, fa ny fanjakan-dRagnahary izegny hoan'drô olo mitovy Izy ¹⁵ Ambarako anarô ny tegna marigny, na anjôvy na anjôvy mandray fanjakan-dRagnahary mitovy tsaiiky hely ts hiditry amin'izegny velively." ¹⁶ Izy baka nivolagna zegny , nalainy irô tsaiiky aby io avio nijoniny salakady namiany tso-drano draiky nametrahany gnana ¹⁷ lera izy efa hanomboko handeha, nisy lelahy araiky fekin'ny nilomay nandohalika talohanany tio, avio nagnontany izy: "Mpampianatra maiva ô, mba ino eky mba rah ts maintsy ataoko mba ahafako handovà ny fiainagna mandrakizay zegny é? ¹⁸ lanifagnahy i Jesosy naregny izy nivolagna draiky taf'agnontany: "Nagnino za kahianao fa tsara ? ny tegna marigny, tsisy tsaratsara mihoatra ny Zagnahary zegny . ¹⁹ Hainao nambarany didy folo : "Aza mamono olo , aza aza mijangajanga , aza mangalatra , aza magnano ho vavolombelogo tsy marigny , aza mamitaka , hajao babanao draiky mamanao ." ²⁰ Nambarany lelahy io: "Mpampianatrô, raha jiaby nitanisainao tio kony efa nataoko retry tamin'ny mbola fahatanorako tagny kony ai. ²¹ "Nizahavan'i Jesosy tsara bekiny izy satria tiany loatra rah nivolagniny tio. Bako amin'zegny nagnambara Izy : "Mbola misy raha araiky banga aminao. Tokony alafonao akendriky irô fanagnanao jiaby io na koa hamianao olo tegna mijaly satria rah zegny hazahoana fanagnana avy agny an-dagnita. Bako avia anao agnaraka za. ²² Tamin'ny fotoagna io, tegna hita tamin'ny sôranany izy nalahelo, salakady niasalasa nohon'ny fanagnana nisy be taminany. ²³ Tio eky i Jesosy nizaha magnodidy izy avio nivolagna tamin'ny mpianatranany : "tegha ho sarotra amin-dro olo jiaby manan-draha aby io ny nihiditra amin'ny fanjakan-dRagnahary !" ²⁴ Gaga eky irô mpianatra aby io tamin'ny rah nivolagniny. Nampody nambaran'i Jesosy tamin'dro: "Zanakô tegna sarotra mare ny fidiragna amin'fanjakan-dRagnahary zegny ai! ²⁵ Aleoleoho aby ny mampiditra rameva amin'ny vodiny fanjaitra , karah ny mpagnarivo hihiditra amin'ny fanjakanany". ²⁶ Nahay gaga fo irô mpianatranany io izikoa naharegny rah nivolagniny tio dreky vaky salakady nifampagnontany fekin'ny irô. mba olo karakory eky loatra olo havotra zegny é? ²⁷ Nizahavan'i Jesosy tsy araiky araiky irôlo aby io izikoa izy naharegny volagna tio avio fekin'ny izy nagnambara fa: "Tsisy olo mahavita izegny ankoatran'i Zagnahary zaraiky . Satria rah jiaby io hainy aby." ²⁸ kay nanomboko tio eky i Petera nagnaboaka volagna taminany : "Zahava baka, nata zahayjiaby nahafoy rah jiaby salakady nagnaraka anao." ²⁹ Avio nivolagnin'i Jesosy : "ambarako aminarô mazava tsara, tsisy olo niala tragnony, na ny ralahiny, na ny ravaviny, na ny reniny, na ny babany, na ny zanany na ny taniny nohon'ny aminaka draiky ny filanzantsara , ³⁰ kay tsy nahazo zato heny amin'ny taonjato zioty: tragno, ralahy, ravavy, reny, zanaka draiky tany, miaraka amin'ny fanenjehana, avio amin'ny taonjato hoavy, ny fiainagna mandrakizay. ³¹ Fa marony voalohany nanjary afara, avio ny afar nivadika voalohany." ³² Tami'ny fotoagna irô hiakatra lalagna mandeha jerosalema, i Jesosy nandeha talohan-drô jiaby. Kay gaga eky irô mpianatra io draiky irô olo sasany nagnaraka tafaranany sady navozo. Nikahiany Jesosy agnantogno izy irô aroé ambinifolo avio nanomboka nagnambara salakady nitantara raha mety handalo amin'ny fiainaganany tsy ho ela. ³³ "Hitamarô, mikatra jerosalema atasika zioty avio ny zanak'olo amiagna ny mpisoronabe draiky mpanoron-dalàgna. Ho saziagna izy salakady ho vonoagna ho faty koa avio hamiagna irô jentilisa. ³⁴ Iro io hanesy Izy , handrora Izy koa , draiky hipopopoagna sady mety hiafara amin'ny fahafatesagna. Kanefa draiky afaka andro fahatelo Izy hitsangana amin'ny maty. ³⁵ Jakoba draiky Jaona, zanak'i Zebedio, nagnantogno izy salakady nivolagna taminany : "Mpampianatrô, mba tianay izikoa mba ataonao raha angatahanay aminao. ³⁶ Nambarany tamindrô amin'izaigny: "Ino rah tianarô hataoko aminarô? ³⁷ "Nivolagnindrô: "Ambila zahay hipetraka aminao io mba ho voninahitranao, araiky amin'ny taghana droite nao avio araiky amin'ny taghana gauche nao." ³⁸ Fa i Jesosy namaly irô: "tsy hainao tsara bekiny raha angatahinarô zegny. Anaro mba anaro mba afaka migiaka amin'ny kapoaka nigiako na koa hiaritra hatao batisa karah nagnanaovagna batsa zah koa? ³⁹ Nambarany mpianatranany taminazy: "vitanay zegny ", vio nivolagna tamindrô i Jesosy: "Ny kapoaka izay higiako , higianarô koa , avio amin'ny batisa izay hanaovagna batisa zah agnanaovagna batisa

anarô koa.⁴⁰ Fa hoan'izay hipetraka amin'ny tagnana droite na gauche tsy miankina aminaka zegny ,fa izay hoandrô olo nagnomagna zegny. " ⁴¹ Irô mpanatra folo hafa irô io koa baka naregny zegny,nanomboka neloko tamin'ny Jakoba draiky i Jaona. ⁴² Donko nikahian'i Jesosy tagnilany tio irôa roé salakady nivolagna irô. "Hainaô draiky fa irô ndrô nieritreretiny mpanapaka ny jentilisa,mpanompon-drô,avio olo maventy mifehy irô draiky mampiatra fahefan'dro. ⁴³ Fa anarô tsy tokony agnaraka karaha zegny. Na azôvy na azôvy magniry ho farany be aminarô ,tsy ho mpanompo narô fekiny izy. ⁴⁴ Kay karah zegny koa ataondrô mieritreritra fa ho voalohany aminarô,aoka izy ho hainarô fa tsy andevonarô zegny. ⁴⁵ Fa ny zanak'olo tsy ho tompoagna, fa hanompo draiky hanolotro ny vatany ho takalon'aina ho any maro." ⁴⁶ Lera irô koa navy tà Jeriko.niboaka ny tanàna niaraka tamin'ny mpianatranany draiky vahoaka marobe, zanaka Timeo bartolomeo,izay olo mpangataka salakady jamba,mpipetraka amin'ny lalam-be. ⁴⁷ Fa izikoa fa naregny i Jesosy navy tà Nazareta , nanomboka nikiakiaka mare be izy nikaiky i Jesosy: "Jesosy ô, zanak'i Davida é, mamela zah! ⁴⁸ "Ankamaroan'olo jiaby nagniraka izy hangigny ,kanefa vao maika izy nitabataba: " Zanaka: "zanaka Davida ô, mamela zah." ⁴⁹ Izikoa fa naregny zegny i Jesosy nijanogno izy, salakady nikahian-drô i lelahy jamba io draiky nivolandrô taminany : "courage anao ralahy ,avio mandiana aty fa miambigny anao izy drô. ⁵⁰ Izikoa fa naregny zegny lelahy gila io ,nariany lambanany avio izy nitsangana malaky salakady nagnatogno Jesosy direct. ⁵¹ Lera izy koa fa navy tio ,nivolagna amindraigny Jesosy: "Ino rah tianao ataoko aminao? Navaliny : "Baba ô,tia hahiratra zah." ⁵² Volagnin'i Jesosy taminany : "Mandehna anao,fa ny finoagnao fo mahavotra anao." Niaraka tamin'iginy nahiratra direct masonazy avio amin'izaiginy nagnaraka Jesosy tamin'ny lalam-be iginy izy.

Chapter 11

¹ Izy koa fa nandeha tagny Jerosalema agny irô, nahay nagnatogno Betifaga ndraiky Betania, agny amin' ny bongon' ny Jerosalema fo irô, aviô, nagniraka lehilahy aroe tamin'ny mpianatranany Jesosy, ² Abakô nvolagna tamindrô Izy nagnano hoe:" Mandihana amin'ny bongo hely alohantsika iry anarô. Izy koa fa navy avy ao anarô, hahita zanaka boriky mbala tsaro nindronan' olo. Vahanarô izy, bakô, indesinarô aminakaha aty. ³ Izy koa misy olo mivolagna aminarô : "Nagnignino ma anarô magnano raha karaty?" Volagninarô aminany hoe: "Misy raha tadiavan' ny Tompo izy, aviô izy ampody malaky aty". ⁴ Avy tiô, nandeha niboaka irô, aviô, nahita zana-boriky nifehy tambelagna tragno tankilan' ny varavaragna araiky tamy sisin-dàlagna tiô irô, sady nivahandrô izy. ⁵ Nisy olo sasany nitsangagna tiô nivolagna tamidrô hoe: "Ino ma raha ataonarô ty, karaha nivahanarô zana-boriky io?" ⁶ Aviô, nivolagniny tamindrô raha nivolagnin' i Jesosy tamin-drô, kai nambelandrô handeha amizay irô. ⁷ Nindesin' ny mpianatra aroe lahy tamy Jesosy tiô zana-boriky igny, aviô zegny, nataondrô tagnabo nany tiô lambandrô mba havitan' ny Jesosy miondragna. ⁸ Naro olo koa namelatra lambandrô tamin'ny lalagna. Olo sasany koa zegny namelatra tagnantagnan' ny kakazo nitapahan-drô tagnaty ala tagny. ⁹ Irô olo nandeha talohanany draiky irô nagnaraka Izy, samby nivolagna maré: "Hosana! Deraigny araiky boaka amin'ny agnaran' ny Tompo. ¹⁰ Deraigny ny fanjakagna ho avin'ny Davida babantsika! Hosana! Agny amin'ny Araiky tegna agnabo!" ¹¹ Nihidriky tao Jerisalema tao amzay Jesosy, kai ndehandeha tan-tokotanin'ny tragnon-dRagnahary tiô Izy sady nizahazaha raha jiaby tao. Izy koa fa nahay ariva andra, nandeha tagny Betania tagny Izy ndraiky irô aroa ambin'ny folo lahy. ¹² Kiaka andra, izy koa fa nimpody tagny Betania tagny irô, naharegny silongno Izy. ¹³ Nahatazagna vodiny ny aviavy araiky vagnogno Izy, kai nagnatogno Izy hizaha tsoha fo misy voany aminany. Izikoa fa navy tiô, tsy nahita raha afa Izy koa tsy raviny fo, tsendriky fotoagna famoazany loatra tamin' ny zegny. ¹⁴ Kay nivolagny taminany tiô fa: "Tsisy mpihinagna eky voa boaka aminaoandrazakizay." Ary regnin'ny mpianatranany tiô raha zegny. ¹⁵ Nandeha tagny Jerosalema irô, aviô nidriky tamin'ny tokotanin'ny tragnon-dRagnahary tao Izy sady nanomboko nandroaka mpivarotro draiky mpividy jiaby tao Izy. Narongany latatran-drô mpanakalo vola draiky sezin-drô mpivarotro pigeon aby tao. ¹⁶ Tsisy olo nomboany hitondra raha mety alafo hihidriky tao eky. ¹⁷ Nampianatra irô Izy nivolagna hoe: "Tsy efa voasoratra ma hoe: "Tragnonaka zegny tragno fivavahan ny firenena jiaby?" Kanefa ataonarô tany fivorian'ny mpangalatra." ¹⁸ Regnin-drô lohan'ny mpisorogno ndraiky irô mpahay lalàgna aby tao raha nivolagniny, kai nizaha fomba hamonoagna Izy koa zegny irô. Kanefa, natahoran-drô Izy fotony vahoaka jiaby tiô samby rikiagna nitandregny fampianaragnanany. ¹⁹ Izy koa fa aligny andra, niala tan-tànagna tao irô. ²⁰ Izy koa fa nandeha irô narandraigny, nahita aviavigny irô efa nalazo zisaka amin'ny vahiny. ²¹ Nahatsiaro amzay Petera sady nivolagna hoe: "Raby, zahava baka! nalazo aviavy nohozogninao igny." ²² Navalin' ny Jesosy irô: "Mba minoa Zagnahary anarô. ²³ Volagniko aminarô ny tegna marigny fa, na zôvy na zôvy mivolagna amin'ny bongo ity hoe: 'Mitsangana avio milavoa andranomasigny agny', izy koa tsisy fisalasalagna am-pô nany sady mino fa tegna hisy marigny raha nivolagniny, kara zegny koa raha ataon-dRagnahary. ²⁴ Boaka amin' ny zegny ivolagnako aminarô fa : "Raha jiaby ivavahanarô ndraiky angatahinarô, matokisa fa efa nazonarô aby sady tsy maintsy ho azonarô koa. ²⁵ Anarô koa fa mivavaka, tsy maintsy mamela heloko jiaby anagnanarô na amin-jôvy na amin-jôvy arô, baika ambelan'ny babanarô an-dangitry agny koa fahotagnanarô igny. ²⁶ [Fagnamarihagna: Ny fandikagna tegna tsara tsy magnisy ny hoe: (Zahava amin'ny Matio 16:15) Mk.11:26" Anarô koa tsy mamela heloko, tsy hamela fahotagnanarô koa babanarô an-dangitra agny."] ²⁷ Nandeha nanonga tagny Jerosalema tagny koa irô. sady koa fa nandehandeha tan-tragnon-dRagnahary tao Jesosy, navy nagnontany Izy tiô irô lohandohan'ny mpisorogno, irô mpahay lalàgna, ndraiky irô olo maventy amin'ny tanàna tao. ²⁸ Kay nivolagnindrô taminany:"Fahefagna boaka ahia ma agnanaovanao raha jiaby io, azovy koa ma nagnamia lalagna anao hagnano raha aby regny?" ²⁹ Navalin' i Jesosy tamin-dro hoe: "Agnapetrako fagnontaniagna araiky anarô, ambara za akendriky aviô za mivolagna aminarô boaka ahia agnanovako raha jiaby io. ³⁰

Batisan'i Jaona ma boaka an-dagnitry sa boaka amin'ny olo?. Valia baka zegny." ³¹ Niaraka nandiniky amzay irô sady nifamaly ndraiky nivolagna hoe: "Izy koa volagnintsika fa: 'Boaka an-dagnitry', hivolagna Izy hoe: 'Nagnino basy ninoanarô izy?' ³² Izikoa ndraiky atsika namaly: "Boaka amin'olo,'...." Navozo olo tiô zegny irô fotony efa resy lahatra olo jiaby, fa tegna mpaminany marigny i Jaona. ³³ Aviô, nivolagnindrô tamy Jesosy: "Tsy hainay". Nivolagna tamindrô Jesosy hoe: "Za koa baka tsy hivolagna aminarô fahefagna boaka ahia agnanaovako raha jiaby iô."

Chapter 12

¹ Nanomboko nampianarin'ny Jesosy tamin'ny fagnoharagna zegny irô. Nivolagna Izy: "Nisy lelahy araiky nitsabo rézain nataony vala nagnodidigny tiô, sady nangady làvaka hàmiagna izy. Nagnatsangana tilikambo izy aviô nampamondreny olo mpitsabo rézain zegny i tany fitsaboany zigny. Kai niala lavitry tiô amizaigny izy. ² Koa fa lera zegny, nagniraka mpiasa nany tao izy andaiha angala anjara vokatranany tamin'ny tany araiky nafôdrony. ³ Koa fa navy tagny, nisamborindrô zegny izy, nipopondrô sady niroasindrô izy kai tsisy raha namiandrô izy foeky. ⁴ Nagniraka mpiasa hafa draiky koa izy, fa izikoa fa navy tagny, nivakindrô lohanany sady nalaindrô baraka koa. ⁵ Nandefa hafa koa zegny izy, kai nivonehindrô foeky. Kara zegny fo zegny ny raha nataondrô irô jiaby, nipopohindrô sady nivonehindrô koa ny sasany. ⁶ Mbala nisy olo hafa niragna fo koa izy tafara, fa zanany tegna tiany. Izy zegny ny farany nalefany tagny tamin-drô tagny. Kai nivolagna izy hoe: "Asa mba hajaihindrô edy zanako lahy igny." ⁷ Kanefa koragnandrô mpitsabo io draiky zegny hoe: "Ity araiky mpandova igny. Alô andeha vonentsika izy, kai alaintsika amizay loava nany." ⁸ Nivonendrô zegny izy, aviô natsipin-drô tam-belan'ny valan'ny rézain igny. ⁹ Kay ino zegny ra tokony ataony tompiny tany io? Mbala hoavy zegny izy andeha hagnadoso irô mitsabo amin'ny taninany ao igny sady hagnamia tany io olo hafa koa. ¹⁰ Anarô ma tsy namaky sôratramasigany ty? 'Ny vato nilavin'ny mpagnôrigny tragno, no atao hoe vato fehizoro. ¹¹ Baka amin'ny Tompo zegny sady mahagaga atsika.'" ¹² Tsaiky hanambotro Jesosy zegny irô, kanefa irô navozo vahoaka, fôtony haindrô fa mifanohitry amin'ny raha nivolangnindrô zegny koragna ny Jesosy aby igny. Kai nambelandrô zegny izy nial tiô. ¹³ Koa fa zegny ny raha nisy, nagniraka Fariseo draiky Herodiana sasany andaiha Aminany agny hamandriky izy amin'ny volagnanany. ¹⁴ Koa fa navy zegny irô nivolagna taminany hoe: "Mpampianatrô, hainay fa tegna tsy mila hevitrin'olo Anao, sady tsisy fagnavakavagna amin'olo koa Anao. Mampianatra lalangna-dRagnahary marigny. Kai ara-dalagna mba izikoa magnefa hetra amin'ny Kaisara? Tôkony agnefa Hetra ma zahay sa tsy tôkony? ¹⁵ Fa hain'ny Jesosy zegny irô mihatsara velatsihy kai nivolagniny tamin-drô: Nagnino nagnino ma anarô mi-testy Za? Angnandesa denaria araiky Za zahako izy." ¹⁶ Nagnandesandrô vola araiky zegny Jesosy. Nivolagna tamin-drô zegny Izy fa: "Azovy tômpin'ny sary draiky soratra ty?" Navalindrô: "Ny Kaisara." ¹⁷ Nivolagna koa Jesosy fa: "Ameza Kaisara agny ny raha tokony ny Kaisara, aviô amaiza Zagnahary koa ny raha tokony ny Zagnahary." Gaga zegny naharegny zigny. ¹⁸ Aviô irô Sadoseo aby nivolagna fa tsisy fitsagnanagna amin'ny maty, zegny navy taminanay tiô koa. Nagnontany Izy irô nivolagna fa: ¹⁹ "Mpampianatrô, karaty baka ny raha nisoratin'ny Mosesy taminay: 'Koa maty rahalahy ny lelahy araiky, kai vadiny io bala io, sady tsisy zanaka, tokony manambady vadin'ny rahalahiny io zegny izy. amizegny managna taranaka irô.'" ²⁰ Kai nis fito mirahalahy irô, nanambady zegny araiky voalohany naty, nefa tsy nagnambela taranaka. ²¹ Nalain-drahalahiny vady koa zegny vihavy igny, mbala naty fo koa izy, sady tsisy zanaka fo koa, kara zegny fo koa nataon'ny araiky fahatelo. ²² Tsisy nagnambela taranaka zegny irô jiaby fito igny. Hafarany zegny naty foeky koa i magnangy igny. ²³ Kai amin'ny fitsanganagna amin'ny maty agny, azovy amin-drô mpirahalaky aby igny ho lôso vadin'ny magnangy igny. Fôtony Satria samy nanambady izy aby baka irô fito igny. ²⁴ Nivolagna Jesosy tamin-drô: "Tsy zegny draiky ny magnary anarô io, fôtony anarô tsy mahay soratra Masigany na herin-dagnahary? ²⁵ Fôtony, agny fa tsisy fanambadiagna eky na koa vady atolotro zegny fa karaha anjely aby agny an-dagnitry fo zegny irô jiaby igny. ²⁶ Tsy nivakinarô ma bokin'ny Mosesy araiky mikasiky fitsanganagna amin'ny maty igny, araiky nikoragnin'ny Zanahary taminany, amin'ny andalagna mikasiky voaroy nivolagna fa: "Zanahary Ny Abrahama draiky Isaiah aviô ny Jakôba?" ²⁷ Izy tsy Agnahary ny maty fa ny velogno. salary diso hevitra zegny anarô." ²⁸ Nisy araiky tamin-dro mpahay lalàgna io naharegny koragnandrô; kai Jesosy itany namaly tsara tamin'ny koragnandrô. Kai nagnontaniny zegny Jesosy: "Ino zgny didy tegna maventy aminy didy jiaby? ²⁹ Nivolagnin'ny Jesosy taminany hoe: "Ny tegna maventy zegny: 'Mitandregny, Tompo Zagnaharintsika, Israhely aby io Tompo araiky fo. ³⁰ Tsy maintsy hitiavinao amin'ny fô nao madio zegny Tompon-dRagnahary itiavinao amin'ny fagnahinao jiaby, amin'ny saigninao jiaby, dariky amin'ny amgôvona jiaby.'" ³¹ Ity koa ny didy faharoe: "Tsy maintsy tiavinao namanao kara nitivanao haiginao. Fa tsisy didy mihoatra irô io eky." ³² Namaly mpahay lalagna araiky fa hoe: "Tsara zegny ry Mpampianatra! Vohavolagna Araiky marigny Zagnahary, aviô tsisy afa izikoa tsy Izy fo. ³³ Kai mitia Izy amin'ny fô, saigny, angôvo jiaby draiky mitia namandrô kara haigindrô, zegny tsaa lavitry mihoatra ny fagnatitry hiroagna. ³⁴ Izikoa faitan'i Jesosy fa namaly am-pahendregna zegny izy, naivolagna Jesosy fa: "Tsy lavitry fanjakahan-Jagnahary anao." Ary nanomboko tiô, tsisy olo nasaky nagnapetraka fagnontaniagna tamin'i Jesosy eky. ³⁵ Karaty raha navalin'i Jesosy izikoa fa nampianatra tamin'ny tempoly tio: "Ino ma agnanaovanarô mpahay lalagna fa i Kristy zanak'i Davida? ³⁶ Nefa tamin'ny fanahy Kasigny mihitsy i Davida nivolagna fa: 'Ny Tompo zegny nivolagna tamin'ny Tompoko fa: mipitra amin'ny tagnany gauche, mandram-panaovany fahavalonao ho fagnambilagna vitinao. ³⁷ Davida mintsy nikaiky Izy: 'Tomo', kay mbala ino koa ivolagnanarô fa zanakin'i Davida i Kristy?" nitandrignaisandrô vahoaka maro be rô Izy. ³⁸ Nivolagna Jesosy tamin'ny fampinaragnanany: "Anarô mitandraima amindrô mpahay lalàgna, irô magnano ankanjo lava tia mandaihandaiha rô ndraiky araiky tiany arabaigna koa fa amin'ny tsena igny ³⁹ aviô irô mila mahazo sezy ndraiky

toeragna voalohany koa fa amin'ny Synagoga agny.⁴⁰ Irô tihohita magnano vavaka lava regny ndraiky irô mandrava fanagnandrô viavy maty vady regny. Irô lelahy jiaby zegny hahazo sazy tegna maventy.⁴¹ Nipetraka fanandrify ra fatao rakitry tamin'ny faritry tempolo tiô zegny Jesosy; nizahavany irô olo jiaby nandatsaka vola. Maro zegny irô mpanambola nandatsaka vola be tao.⁴² Kay nisy viavy araiky mahantra ndraiky zegn nandatsaka farantsakely aroe, hely variroaventy koa hoarigny amin'ny iraimbilanja.⁴³ Nikahiany zegny irô mpianatranany kay nivolagniny tamindrô: "Ambarako anarô tegna marigny, ity viavy mahantra ity tegna nandatsaka vola be mihoatran'olo jiaby zaigny nandatsaka vola tagnatiny ra faganaovagna rakitry."⁴⁴ Fôtony ankamaroan'olo aby igny, nandatsaka tamin'y fanagnandrô vola ne fo. Fa izy ndraiky zegny, ndraiky tsy fanaganany, nandatsaka vola jiaby tokony ivilomany."

Chapter 13

¹ Izy koa niala tao amin'ny tokotan'ny tragno-dRagnahary i Jesosy, nivolagna taminany araiky tamin-drô mpianatranany : "Mpampianatra ô, zahava hatsaragnan'ny vato draiky hatsaragnan'ny rafitryny!"² Nambarany taminany : " Hitananao ma irô rafitra maventy irô ? Tsy hambela hisy vato araiky hifanegin io kay tsy ho ravagna ?"³ Izy koa nimpetraka tio agnambon'ny bongon'i Oliva fankahitsy tragno-dragnahary izy, nagnotany Izy mangingigny Petera, Jakoba, Jaona bako Andrea :⁴ "Ambara zahay, hombiagna hitranga raha Jiaby zegny ?" Ino famantaragna izy koa hitranga irô raha zegny ?"⁵ Bakô Jesosy nanomboko nivolagna tamin-drô : "Mitandrema mba tsisy olo hamezigny lalagna anarô."⁶ Fa maro ny ho avy amin'ny agnarako draiky agnambara : "zaho tegna izy", bakô maro voafitakany.⁷ zy koa maharegny ady draiky resabe mikasiky ady narô, aza taitry, tsy mintsy hitranga zegny, fa tsendriky zegny farany.⁸ Fa hisy firenena hitsangana hiady firenena, bako hisy fanjakana hiady fanjakana. Bakô hisy horohoron-tany amin'ny toeragna maro, sady hisy mosary. zegny fanobohan'ny fijaliany fiteragna.⁹ Mitandrema anarô. Hamezan-drô amin'ny Synedriona anarô, bakô hipopohigny ao amin'ny Synagoga. Baka aminaka hitsangananarô marikitry irô mpanjaka vavolombelogny amin-drô.¹⁰ Filazantsara tsy maintsy hambara agny amin'ny firenena jiaby antsandriky.¹¹ Izy koa manambotro driaky magnamia anarô aby hivolagna, fa ny fagnahy Masigny.¹² Ralahy hagnamia ralahiny faty, bako Baba hagnamia zanany. Zanaka hitsangana hanohitry ny ray aman-dreniny ka hahafaty irô.¹³ Ho halan'olo jiaby anarô baka amin'ny agnarako. Na azovy na azovy mahita ziska amin'ny farany, ho voa havotro i olo zegny.¹⁴ Izy koa hitanarô mitsangana amin'ny tsy tokony hitsanganany fahavetavetan'ny fandravagna (Alo handiniky zay mamaky), Alô zay baka agny Jodia jiaby hilefa ary agnambon'ny bongo,¹⁵ zegny agnabon'ny tragno alo izy tsy hitjotso an-tragno na hagnaboaka raha aminany,¹⁶ zegny agny agnatin'ny saha alo izy himpody hangala lambany.¹⁷ Loza amin-drô viavy mavesatra draikymampinono amin'ny andra zegny!¹⁸ Mivavaha anarô mba tsy amin'ny andra ririgniny hitsangany zegny.¹⁹ Fa hisy alahelo be, tsary nisy rango tamin'ny voalohany, izy koa namorogno izao tontonlo izao zagnahary, zisaka niany, tsia, bako mandraikizay tsisy foeky zegny.²⁰ Izy koa tsy nahoheziny Tompo i andra zegny, tsisy nofo hohavotro. Fa baka amin'ny olomboafidy, nifidiny, nahoheziny isan'ny andra zegny.²³ Ambarako anarô, marigny ankitigny ity taranaka ity tsy lany ritra ziska hitrangany raha jiaby zegny.³¹ Ho ravagna lagitry draiky tany, fa volagna naka tsy ravagna mandraikizay.³² Fa mahakasiky andra na lera zegny, tsisy mahay, na irô anjely an-dagitry, na zanaka, fa baba fo.²⁴ Kanefa afaran'ny fijalian'irô andra io, mahy mahiziky masoandra, fanjava tsy hagnamia hazavagna,²⁵ irô lakintagna hirabaraba baka amin'ny langitry, bako irô hery ao an-dagitry hihozonkozogniny.²⁶ Ka ho hitan-drô baka amin'ny rôndro amin'ny hery maventy draiky voninahitry i zanak'olo io.²⁷ Bako hagniraka anjeliny Izy hamory miaraka irô olom-boafidiny baka amin'ny zoro-tany efatra, bakagny amin'ny farany tany zisaka agny amin'ny farany lagitry.²⁸ Mangala lesan baka amin'ny kakazon'ny aviavy. Izy koa magnaloko draiky mandravigny ny rantsany, hainarô fa mariny ny lohataogno.²⁹ Kara zegny koa, izy koa hitanarô mitrangana i raha jiaby zegny, haianaro faefa marikitry Izy, marikitry varavargna.³⁰ Ambarako anarô, marigny ankitigny ity taranaka ity tsy lany ritra ziska hitrangany raha jiaby zegny.³¹ Ho ravagna lagitry draiky tany, fa volagna naka tsy ravagna mandraikizay.³² Fa mahakasiky andra na lera zegny, tsisy mahay, na irô anjely an-dagitry, na zanaka, fa baba fo.³³ Mitandrema! Miambena, fotony tsy hainarô lera. (Fanamriahagna : Irô fahefagna taloha : Mitandrema ! Miambena bako mivavaka, fotony ...) ³⁴ Zegny mitovy leleahy araiky handeha lavitry niala tragnony izy ka irô mponompony nataony niambiagny tragnony, samy raharahany aby, bako nagniraka mpiambigny Izy mba tsy hoandry.³⁵ Miambena, fotony tsy hainarô fa hombiagna aviany tompoan-tragno; mety amin'ny hariva, na amin'ny sasak'aligny, na magnena akoho, na marandraigny.³⁶ Izy koa avy tampoko izy, aza ambela hahita anarô mandry izy.³⁷ Raha jiaby ambarako anarô, amabaroko olo jiaby koa : Mivavaha!"

Chapter 14

¹ Aroe andra alohany Paska ndraiky fankalazagna fihinanagna mofo tsisy sira. Nitady fomba hanaboragna Jesosy mangingigny irô lohan'ny mpisorona ndraiky mpanoradalana avy iô irô hamono Izy.² Hoy irô: "Aleo tsy amin'ny andra fety, mba tsy hampitabataba olo."³ agny Betania tao an-tragnon'I Simona boka Jesosy, nipetraka teo an-databatra Izy, kay nisy viavy araiky nagnatogny Izy nitondra tavoara alabastara misy mainaka lafo vidy, izay narda tsisy fangaro.⁴ Novakiany iô tavoara, naranany tagnabony loahany. Nefa nahanelok'olo sasany iô, nifampikoragna irô hoe: "Ino dikany raha ataony iô, fandanindaniagna amin'ny tsisy dikany?"⁵ Iô mainaka magnitry afaka halafony mihoatry ny denaria telonjato, avy iô afaka homeny masikiny." Nagnasiaka i viavy iô tamin'ndray irô avy tiô⁶ Hoy I Jesosy: "Ambila izy. Fa nagnino ianarô magnano raha mampalahelo izy?"⁷ Raha tsara kony, nataony tamiko ai! Irô masikina eo amin'narô iô fo mandrakariva, anarô afaka hagnano asa soa ho an'ndrô na amin'ny fotogna karakory na fotogna karakory, fa I Zaho

ndraiky tsy hipetrika ankilanarô mandrakariva.⁸ Nagnano izay azony natao izy: nagnosotra aigniko ho amin'ny fandevenagna izy.⁹ Ambarako amin'narô ny taigina marigny, na aia na aia hagnambaranarô Filazantsara magneran-tany, kay ho volagniny zegny raha nataony ity magnagy ity, mba ho fahatsarovagna izy.¹⁰ Avy iô i Jodasy Iskariota araiky tamin'ndrô folo lahy, nandeha tagny amin'ndrô lohan'ny mpisorona aby tagny, mba ahafahany zegny agnamia Izy amin'ndrô.¹¹ Koa fa naregniny zegny irô lohan'ny mpisorona aby agny, ravoravo irô sady nampagnataigny agnamia vola izy. irô avy tiô, nitady fomba azahoandrô Izy.¹² Tamin'ny andra voalohan'ny finanagna mofo tsisy sira, koa fanagnano sorona odrikodrika ny Paska irô, hoy irô mpiamnatranany taminy: "aia toeregna tianao andiananay hikorakara gna sakafo, hinananao sakafon'ny Paska?"¹³ Nagniraka olo aroa tamin'ny mpiamnatranany Izy, nignambara tamin'ndrô hoe: "Mandehana agny an-tanana agny, fa misy lelah mintondra siny feno rano ifanodry amin'varo. Magnaraha izy.¹⁴ Zay tragno idirany, magnaraha izy ary volagna izay tompony tragno ao hoe: 'Nivolagna irô mpianatra hoe: 'Aia ny efitragno fandraisam-bahiny ahafagna miara-mihina ny Paska amin'narô mpianatra?"¹⁵ izy agnambara anarô tragno mavety, ambonin'netazy misy entagna zay ao efa paré tsara. Ao narô magnano fagnomanagna sakafotsika tsika jiaby."¹⁶ Nifamigny taghana irô mpianatra, avy iô irô loso nanday. Koa fa nanday zegny irô, hitandrô tandalagna jiaby, raha nivolagn'Izy tamin'ndrô, koa fa tonga tagny zegny irô, nikarakara sakafon'ny Paska araka zay nampagniragna irô.¹⁷ Koa fa navy zegny ariva, navy niaraka tamin'ndrô roa ambin'ny folo lahy Izy.¹⁸ Koa fa nipetraka tiô tambony tabatra tiô irô, ndraiky irô nihinagna, nivolagna i Jesosy avy tiô: "Ambarako amin'narô ny taignany marigny, misy araiky amin'varo mihinagna miarakamiko eto, misy hamadika Zaho."¹⁹ Nalahelo mafy irô jiaby, ndraiky irô nivolagna taminany karaty: "Tsy mety ho zaho izegny é!"²⁰ Nabarany Jesosy tamin'ndro avy tiô: "Araiky amin'narô roa ambin'ny folo iô kony izegny é! araiky, miarakamagnajobo mofo amiko agnaty bakoly iô izegny."²¹ Fa zanak'olo handaiday amin'ny lalagna zay efa voavolagnany Soratra masigny makasik'Izy. Fa loza kosa hoan' any ngia lelah mitady hamadika ny zanak'olo. Taigina tsara taminany tsy teraka."²² Irô mbola tampinanagna fo, nagala mofo i Jesosy ka nankasitrak'Izy, baka iô Izy nizazazara mofo tamin'ndrô.²³ Namaizan'irô sady nivolagna hoe: "Raiso, ity no vatako." Ka nangala kapoaka Izy, avy iô nankasitrak'Izy, avy iô natolotro ndrô izany azy irô, baka iô nigaiaka tamin'izegny irô.²⁴ Nabaran' Izy tamin'ndrô hoe: "Ity ny rân'ny faneke-pihavanako, rà izay alatsako ho anarô."²⁵ Ambarako amin'narô ny marigny, tsy higiaka ity vokatra avy amin'iô volobaka ity heky Zaho mandra-pahatongan'andra izay higiako izany ndraiky agny amin'ny Fanjakan'Ndragnahary."²⁶ Koa baka nihira fideragna zegny irô, nandaiha tagny amin'ny bongo ny iva.²⁷ Hoiz'i Jesosy tamin'ndrô: "Hiala-Zaho aby anarô jiaby, fa voasôratra hoe: 'Zaho hamango ny mpiambign'odrikodrika baka irô hiparitaka odrikodrika jiaby."²⁸ Zaho ka fa mipody velogny agny, hialoha lalagna anarô hoagny amin'ny Galili"²⁹ Hoiz'i Petera taminany: "Na hialanao Anao aby olo jiaby fa zaho ndraiky, tsy hiala anao é!"³⁰ Hoiz'i Jesosy: "Ambarako aminao ny marigny, amin'ity aligny ity, mbola tsy magnaina indroe akoho, anao efa mandà Zaho in-telo."³¹ Fa hoiz'i Petera nivolagna hoe: "Zaho tsy andà Anao, ziska zaho maty e." Kay samby nampagnataigna Izy avy irô jiaby.³² Navy tao amin'ny toeragna atao hoe Getsemane irô, nivolagna i Jesosy tamin'ndrô hoe: "Mipitraka eto anarô, fa Zaho ivavaka."³³ Nitondra i Petera ndraiky i Jakoba, avy iô i Jaona niaraka taminany avy iô irô nalahelo sady kivikivy tanteraka.³⁴ Kay nivolagna amin'ndray izy tamin'ndrô hoe: "Dirandoza loatra fagnahiko, kara fa ho faty. Mipetraka eto ka mivavaha."³⁵ Niatakataka hely Jesosy, mba hiakohofany ndraiky hivavahany. vavaka nataon'ny, mangataka zegny Izy mba toa ka azo atao, hiala amin'iô lera iô.³⁶ Hoizy avy tiô: "Aba, Ray o, raha jiaby iô hainao atao, mangataka zaho mba adosonao amiko ity kapoaka ity é. Naifa ndraiky aoka tsy ny sitrapoko fo hatao, fa Ninao."³⁷ Vita ny vavakanany, nipody Izy avy tiô, kay nahita irô nandry. ka nivolagn'Izy avy tiô taminy Petera hoe: "Simona, matoro ma anao? Tsy navita niambigny na lera araiky ma anarô?"³⁸ Miambena ka mivavaha anarô mba tsy hidirany amin'ny fakam-pagnahy. Fagnahy mazoto fa nofo ndraiky malemy."³⁹ Niataka, ka nipody ndraiky Izy nivavaka, napodiny ndraiky koa vavaka efa nataony tiô.⁴⁰ Nipody tamin'ndrô tiô koa Izy, bala nahita irô nandry tiô, hay be fa mbola mamon'ny toromaso irô ka tsy haindrô raha hikorahign'ndrô taminany.⁴¹ Nagnatogno fagnitelo Izy nivolagna irô hoe: "mbala matoro ndraiky magalakadro fo ianarô? Ampy eky izegny! Efa lera, zahava! Zanak'olo natakalo amaizagna eo antagnan'ny mpanota."⁴² Mitsangana; alo andaiha atsika. zahava fa efa hoavy ao lay hamadika Zaho."⁴³ volagnanany mbala tsy tapitry, i Jodasy navy baka tagny, araiky tamin'ndrô roa ambin'ny folo lahy, niaraka tamin'ny vahoaka maro aby iô izy, ndraiky nitondra meso-be ndraiky nagailagailan'ndrô miaraka tamin'ny lohan'ny mpisorona, mpanoradalagna, ndraiky irô loholona.⁴⁴ Ary ilay mpamadika Izy nagnamia signaly azy irô, nivolagna karaty: "Izay irôfako, Izy ilay Izy. Sambora Izy baka iô ndraiky ambaisa tsara."⁴⁵ Ka fa navy tagny Jodasy, diraikity nagnatogno Jesosy izy ndraiky nivola hoe: "Raby," baka iô nirofiny tamin'ndray Izy.⁴⁶ Avy iô nosamborindrô i Jesosy.⁴⁷ Fa araiky tamin'ndrô avy tiô, nitsagana, naboakany mesonany, avy iô draikity nivangoany fira-meso araiky tamin'ndrô mpisoronabe ka tapaka sofigny.⁴⁸ Hoiz'i Jesosy tamin'ndrô: "Andaiha hanambotro Zaho anarô, nefa kara olo hanabotra dahalo, miaraka amin'ny meso-be ndraiky langilangy koa ?"⁴⁹ Zaho isan'andra iô fo ndraikidraiky Zaho mandaiha agny an-tempoly agy, tsy samborinanarô. Fa andra inianity ndraiky natao, baika ho tanteraka Soratra Masigny."⁵⁰ Tsy niala Izy aby⁵¹ Nisy manafolahy araiky nagnaraka Izy, Nagnano akanjo hariry madinika, Itandro olo aby izy nagnarak'n' i Jesosy, kay nisamborindrô. ka fa voasambotra zegny izy nidady fika hilefa izy,⁵² ka tafilaifa sady nibonginy izy tsy amy lamba.⁵³ Nentin'ndrô tagny amin'ny mpisoronabe Jesosy avy itô. Niaraka nivory tiô, ny mpisorona jiaby ndraiky loholona, avy iô irô mpanora-dalana.⁵⁴ I Petera ndraiky, izy nagnaraka lavidafitra Azy baka afara, juska tagny amin'ny tokontanin'ny mpisoronabe. Nipetraka tiô tankilany ndrô mpiambigny izy, izy avy iô namindro tiô tankilany môtôro tiô izy.⁵⁵ Fa irô lohan'ny mpisorona ndraiky irô Synedriona Jiosy, hitady vavolombelolagna handetika Azy, baika hafandro hamono I Jesosy. Nefa ndraiky irô zegny tsy nahita olo. Fa naro ndraiky irô olo sasany nampavandy Izy,⁵⁶ Nefa ndraiky na ny

mpanognan'ndrô zegny tsy nahitagna porofo marigny feky.⁵⁷ Avy iô, nisy olo sasany nitsangana niampanga vandy taminany; hoy irô hoe:⁵⁸ "Regninay Izy nivolagna karaty: 'Ho ravako agny ity tempoly natao tagnana ity, avy iô Zaho hanagana araiky tsy natao tagnana, kay agnatiny telo andra Zaho magnano izegny.'" ⁵⁹ Fa bala tsy nety fo koa ny fiampangana nataondrô.⁶⁰ Nitsagana mpisoronabe nagnatogo irô, avy iô Izy nagnontagny I Jesosy: "Tsy managna ambara Ianao amin'ny raha aby zegny? Ino ma hiampangan'ndrô olo aby iô Anao zegny?" ⁶¹ Nangigny fo Izy sady tsy namaly. Bala nipody nagnotany Izy ndraiky koa mpisoronabe: "Anao ma zegny Kristy Zanak'Ilay voatahy izegny?" ⁶² Nivalian' I Jesosy: "Izaho zegny; avy iô Zaho hoitanarô Zanak'olo jiaby, hipetrika iô an-tagnana ankavanan'ny herin-dRagnahary baka iô Zaho hoitanarô ary amin'ny Rondrô." ⁶³ Avy iô, mpisoronabe nagnatriaka lambany sady nivolagna hoe: "Bola hitady vavolombelognô hafa koa atsika?" ⁶⁴ Efa regninarô hasah nany zegny. kay ino zegny fanapahan-kevitra narô aminany? Irô jiaby avy tiô, samby nanameloka Izy, mendrika ny hovonegna. ⁶⁵ Ery sasany ndraiky tiô, nanomoboka nandrôra Izy sady nandrakotra soranazy ndraiky namopoko Izy avy iô nabaran-ndrô Azy: "Maminania!" Irô manamboninahitra ndraiky, nagala Izy tiô, nitondra Izy. ⁶⁶ Fa I Petera ndraiky, bala tiô taminy banja tiô, nagnato izy mpanompo vavin'ny mpisoronabe. ⁶⁷ Itandrô i Petera namidrô tankilany môtro, nitsangana tiô izy. nikodidigny ndrô mariny izy. Hoiz'irô taminany: "Anao koa namany Jesosy boka Nazareta." ⁶⁸ Fa izy nifamatra izegny, nagnano hoe: "Tsy haiko Izy, baka iô zaho tsy mahay raha volagninao zegny feky." Baka iô izy loso niala teo amin'ny banja.[Fanamarihina: irô fandikana sasany manampy: "Nagnaina akôho," fa irô fandikana taloha taigana tsara kay izegny tsy misy io teny io.] ⁶⁹ Fa tsaiiky magnagy nahita izy, nanomboka nagnambara tamin'ndrô magnodidigny tiô: "iô lelah iô dia agnisany namany miarak'ndrô!" ⁷⁰ Bala nifamatra fo ndraiky izy. betibetiky tiô, nisy olo nitsangana nivolagna tamin'I Petera: "Anao zalah taigana agnisany araiky fanamandrô iô, satria anao Galiliana." ⁷¹ Nanomboka nagnozogno tegnanany ndraiky nifanta izy: "Taigana tsy haiko lelah volagny narô zegny." ⁷² Niaraka tamin'ny zegny, nagnaina fagnidroeny akôh. Avy tiô izy tontotry ka tsaroany volagn'I Jesosy: "Akôh bola tsy magneno ampagnidroeny, agnano tsy ahay Zaho intelo anao." Nalahelo mafy izy sady nitomoagny.

Chapter 15

¹ Maran-draigny be, nivory mpisoranabe niaraka tamin-drô Lohologno draiky irô mpahay lalâgna abako Synedrona jiaby. Ny fihezina-drô Jesosy bakakô nientin-drô niboaka. Naboakan-drô tamin'i Pilato izy. ² Kay nagnotany Pilato: "Ana mba mpanjakan'ny jiosy?". Izy namaly: " voalazanao". ³ nagnaboaka fagnabaragna maro mikontira i Jesosy irô lohan'ny mpisorina. ⁴ Nagnotany izy draiky Pilato : " Tsy agnamia valim-bolagna mba anao." Zahava ankamaroagnany fitaraignana entin-drô micontrô anao! ". ⁵ Fa Tsy namaly Pilato eky Jesosy, kay nahagaga izy zegny. ⁶ Abako tamin'ny andra firavoravoagna , navosotro gadra raiky i ? mba ny drô, gadra raiky tadiavin-drô. ⁷ Niaraka tamin-drô mpitariky grêvo, tamin-drô mpamon'olo araiky voatana baka tamin'ny fangalan-drô andrara tamin'ny grêvo, kay nisy lelahy araiky kahiagna Barabasy. ⁸ Nandeha amin'i Pilato vahoaka mba anoboko agnano kara faha atao drô taloha. ⁹ Pilato nivolagna tamin-drô: " Tianarô ma koa amiako anarô mpanjakany Jiosy alaifako ny narô?" ¹⁰ Fôtony ainy fa jaloux nagnaboany mpisorona i Jesosy taminany." ¹¹ Fa nagnaitagna vahoaka irô lohan'ny mpisorona mba androntondrontogno mare fa tokony Barabasy avosotro. ¹² Magnabara irô draiky i Pilato : " Ino basy zegny tokony ataoko amin'ny mpanjakany Jiosy?" ¹³ bakô himpody hiafatra ndraiky ka irô: "Fantasia Izy!" ¹⁴ Nambarany Pilato tamin' drô: " Ino mba raha ratsy nataony?" Vomaika nandrontogno maré irô hoe:" Fantsia Izy." ¹⁵ Tiagnano raha mahafa-pô irô Barabasy. kay nahahany ho an-drô fekny Barabasy. Ny popopoiny Jesosy bakakô namian'irô mba hifantsigny. ¹⁶ Nandesin-drô maramila aby io ankaramandra Izy (devant ny fanjakana), abako ny kahiagn-drô vahoaka antoko maramaly jiaby. ¹⁷ Napangnanovin-drô lamba violet Jesosy, avio nagnaboaragna fehiloha marangitry kay nambela taminany. ¹⁸ Nanomboka nagnano mbalatsara izy irô draiky ny volagna kara ty: " Mbalatsara, Mpanjakany Jiosy!". " ¹⁹ Ny popon-drô tamin,ny karavasy lohany abako nandroran-drô Izy. Nagnano nandohaliky taminany tio irô nagnano sary nidera Izy. ²⁰ koa fa baka ny kotragna Izy irô, nadoson-drô taminany draiky lamba violet igny abako napagnanavan-drô Izy lambany, ny entin-drô niboaka Izy mba hitombogna. ²¹ Ny tire-drô mpandalo araiky baka tanim-bary mba hilanja hazofijalian'i Jesosy, agnarany lelahy io Simona Kyreniana baban'i AleKsandra draiky Rofosy. ²² Nentin-drô miaramila tagny amin'ny toeragna Gologota Jesosy (Midika: " toeragna Karandoha"). ²³ Namian-drô divay nifangaro miora Izy, fa tsy nigiany zegny. ²⁴ Kay nifantsian-drô Izy sady nisaraisarain-drô amin'ny alalan'ny loka ankanjony mba ahaizan-drô ampahany alain-drô miaramila io tsiairaiky araiky ²⁵ Tamin'ny trois heur Izy nifantsian-drô. ²⁶ Tamin'ny plaky nanoratan-drô fampangagna mikontira Izy: " mpanjakan'ny Jiosy". ²⁷ Mpangalatra aroe niaraka nifantsiagna taminany. Araiky an-kahery abako araiky an-kavia. ²⁸ [fagnamariagna: Irô mpandika taloha tegna tsara tsy magnisy MarKa 15:28 hoe: " tanteraka soratra masigny magnano hoe: ' natao agnisany mpanota izy'. (Ampitaha Lioka 22:35)] ²⁹ ô zegny nandalo tio nagnaratsy Izy, nagnifikify loha ny volagna hoe: " Aha! Anao zaraiky afaka mandravagna tragno DRagnahary draiky mamorogno zegny agnatiny telo andra, ³⁰ Vonjia tegnanao abako mijotsoa amin'ny hazofijaliagna io!" ³¹ Lohan'ny mpisorona koa nitodiky kara izy ka, niaraka tamin'ndrô mpanora-dalâna, nagnabara hoe: " Nagnavotro olo afa izy, nefa tsy mahavosotro tegna. ³² Alo Kristy, Mpanjakan'Isaraely, hijotso amin'ny hazofijaliagna, mba hitanay abako hinoanay," abako irô nifantsigny niaraka taminany koa nakandala Izy. ³³ tamin'ny six heur, navy tamin'ny tany jiaby hiziky jusqu'à neuf heur. ³⁴ Tamin'ny lèra neuf heur zegny ny hafatra mare Jesosy ny volagna hoe: " Eloy, Eloy làma sabkatany?" izegny midika: " DRagnahary é, DRagnahary é, nagnino anao nafohy Zaho?". ³⁵ Sasany tamin-drô nitsangana tio naregny volagna nany hoe: " Zahava mikaiky i Elia Izy." ³⁶ Nisy olo araiky

nilomay, nivokisany divay matsiko, sady nagnapetraka zegny tamin'ny volotara namian-drô mba higiagna. Ny volagna lelahy io kara ty: " Angatagna mba hitanay i Elia koa avy eo agnadoso Izy." ³⁷ Abako nandrotogno mare Jesosy maty. ³⁸ Natriaka nizara roe baka agnabo jusqu'à ambany lamban'ny tempoly." ³⁹ Koa fa hitan'i Kapitainy nitsangana draiky ny fagnatriky tamin'i Jesosy fa maty tamin'ny fomba zegny Izy, Izy nagnabara: " Tegna zanaka ndRagnahary marigny i lelahy io." ⁴⁰ Nisy viavy koa ny zaha baka lavitry. Agnisany zegny Maria Magdalena, Maria(renin'i Jakoba draiky Jesosy), abako Salamo. ⁴¹ Tamin'Izy tagny Galilia nagnaraka izy sady nanompo Izy irô. Draiky viavy maro afa koa niaraka nanonga taminana ta Jerosalema. ⁴² Koa fa navy ariva, Satria andra fiomanagna, dikany zegny, andra alohan'ny Sabata io, ⁴³ kay navy tio Josefa baka Arimatia. Mpikambagna hajaigana amin'ny Synedriona ao izy, Araiky niambigny Fanjakan'DRagnahary. Nasaky izy nandeha amin'i Pilato hangataka fatin'i Jesosy. ⁴⁴ Gaga Pilato ha fa naty Jesosy; nikahiany kapitainy izy fa maty Jesosy, kay namiany i Josefa i faty ny Jesosy. ⁴⁵ Koa fa nahazo antoko tamin'ny Kapitainy izy fa maty Jesosy, kay namiany i Josefa i faty ny Jesosy. ⁴⁶ Sady nividy hariary madiniky i Josefa. najotro tagnambony hazofijaliagna tio i Jesosy, Ny fognosigny hariary madiniky Izy, Abako napaitrakan-drô tamin'ny fasagna nagadiagna ta vatolampy. Abako nagnafodiagna vato tamin'ny varavaragna fasagna nany. ⁴⁷ Kay hitan'i Maria renin'i Jesosy toeragna nandivainagna Izy.

Chapter 16

¹ Koa fa vita andra ny Sabata, nivanga soliky mangitry i Maria Magdalena ndraiky Maria maman'i Jakoba, bakakô saloma nivanga hagnitry ka handeha hisôdragna amin'ny fatin'i Jesosy. ² Magnèna akôho be marandraigny tamin'ny andra voalohan'ny herigniandra, nandèha tamin'ny fasagna tagny irôka fa ny boaka masogniandra. ³ Ny fagnambara irô kara ty hoe: "Azôvy agnabiagna varavaragnam-pasagna io amin' tsika?" ⁴ Ikà fa niangana kony irô, hitan-drô fa ,ny biagna farany maventy ny kisaka tiô i vato igny. ⁵ Nidriky tam-pasagna irô, baka iô, nahita Tôvolahy nagnano ankanjo fotsy, nipêtraka tan-kahery, kay gaga irô. ⁶ kay nambarany tamin-drô kara ty hoe: "Aza mavozo, Mitady Jesosy Nazareana nahatogno igny arô. Fa velogno Izy zahà place nagnapitrana irô. ⁷ Fa mandiana, agnabara irô mpianatra nazy regny ndraiky Petera fa èfa rôso alohanarô agny Galilia Izy. Agny arô mahita Izy. Arakan'ny koragna nambarany anarô igny. " ⁸ Niboaka tagnatiny fasagna tao irô ny lomoay; Nangôrohôro, salakady gaga irô. Tsisy raha nambaran-drô tamin'lo éky, fôtony irô tagnany navozo maré. ⁹ [Fanamarihagna: fandikagna taloha tegny tsara magnadoso mark: 16: 9-20] Marandraigny be ny andra voalohan'ny herigniandra, niboaka tamin'ny Maria Magdalenaaloha Izy, araiky nagnabognôsany setoany fito igny. ¹⁰ Lôso Maria niaraka tamin'i Jesosy nagnambara vaovao zegny tamin-drô. ¹¹ Mbala irô tagnatiny fisaonagna ndraiky tomoagny. Regnin-drô fa velogno Izy kanèfa tsy ninoàn-drô. ¹² andikagna taloha tegny tsara magnadoso mark: 16: 9-20]Tafaran'izy igny , Jesosy niboaka tamin'ny fômba hafa tamin'olo aroe tamin-drô, izy ka irô handèha tan-tanagna tagny. ¹³ baka iô irô nagnambara tamin'ny ianatra ambiny, kanèfa mbala tsy nino fo ka irô. ¹⁴ [Fanamarihagna: fandikagna taloha tegny tsara magnadoso mark: 16: 9-20] tafarafara hely niboaka tamin'ny araiky ambiny folo lahy i Jesosy. Mbala irô tampinanàgna, nagnadariany tagny irô baka amin'ny tsy finoagnan-drô ndraiky fô vato narô, fôtony tsy ny noanarô zegny nahitalzy talohan'ny nivilômany tamin'ny maty. Kay nambarany tamin-drô : ¹⁵ "Mandiana amin'izao tontolo zao, ambarà amin'olo jiaby Filazantsara. ¹⁶ Zégny olo mino ndraiky atao batisa fo vonjegna, fa zégny tsy mino sazigny. ¹⁷ anamarihagna: fandikagna taloha tegny tsara magnadoso mark: 16: 9-20] Kara ty marky ahaizanarô zegny mino: Amin'ny agnarako hagnaboan-drô setoany. Hivolàgna amin'ny volàgna vaovao ka irô. ¹⁸ Hanàmbotro Menarana amin'ny tagnàny irô, tsisy effet amin-drô zegny. hamêtraka tagnàna in'ny marary irô, kay ho janga regny." ¹⁹ [Fanamarihagna: fandikagna taloha tegny tsara magnadoso mark: 16: 9-20] ka fa baka nivolagna tamin-drô Tompo, nampakarigny tagny andangitry Izy salakady nipêtra ankavanana-dRagnahary. ²⁰ kay lôso aminjaigny irô mpianatra nandeha nitony teny antany jiaby, sady niaraka niasa tamin-drô Tompo ndraiky nagnamafy volagna tamin'ny famantaragna niaraka tamin-drô.

Luke

Chapter 1

¹ Maro irô niaizaka nanoratra tantara mikasiky irô raha fa niboaka tsara tamin-tsinka teto, ² araka fagnamaizan-drô zegny tamin-tsinka, laigny efa vavolombelogno nahita maso draiky mpanompon'ny teny jusqu'à amboalohany. ³ Koa aminaka koa kara mety __ koa fanagnadihady tsara fandehany raha jiaby retsy tamboalohany __ hanaoratra tatitry kara filaharagna ninao, Teofilo mendriky be ty. ⁴ Izegny mba fahaizagna marigny momba irô raha nampianarigny anao. ⁵ Tamin'ny andran'i Heroda, mpanjakan'ny Jodia, nisy araiky tamin'ny mpisorona kahiagna hoe Zakaria, avy amin'ny antokon'i Abia. Vadin'ny avy amin'ny zanaka vavin'i Arona, agnarany Elizabeta. ⁶ Samy marigny talohan-dRagnahary irô jiaby io, draiky nagnaraka irô didy jiaby draiky irô lalagnany Tompo. ⁷ Nefa tsy nanagna zanaka irô. Satria tsy miteraka Elizabeta, sady samy efa matoe koa irô roe io tamin'ny fotoagna zegny. ⁸ Izegny mahakasiky Zakaria tamin'ny fanompoagna dRagnahary, nagnatantairaka irô asan'ny fisoronana araka fifandimbiasan'ny isaka-tokony. ⁹ Araka fomba fataon-drô amin'ny fisafidianagna mpisorona zègny tokony hanompo, voafidin'ny kodia hely hiditry angnoro fofoko mangitry agnatin'ny tempolin'ny Tompo izy. ¹⁰ Tamin'ny l'heur nagnoroagna fofoko mangitry nivavaka ta ivailany vahoaka jiaby. ¹¹ Draiky nisy anjelin'ny Tompo niboaka taminany sady nitsangana tankavanana'ny alitara nisy fofoko mangitry. ¹² Koa fanahita izy i Zakaria, nandrary navozo izy draiky nahay navozo fo. ¹³ Fa anjely nagnambary taminana:

"Aza movozo, Zakaria, efa nitandrignaisagna vavakanao." Hitoe-jaza lelahy aminao Elizabeta vadinao. Jaona ho ataonarô agnarany.¹⁴ Hanagna afaliagna draiky haravoagna anao, draiky maro koa ho ravoravo haterany.¹⁵ Satria ho behy izy imason'ny Tompo. Tsy higiaka divay na raha figiagna mahery eky izy, sady ho feno Fagnahy Masigny isaka an-kibondreniny izy.¹⁶ Maro amin'ny vahoakan'Israely hitodiky amin'ny Tompo dRagnahary drô.¹⁷ Handeha alohan'ny Tompo amin'ny fagnahy draiky herin'ny Elia izy. Izegny ataony mba hitodinan'ny fôn'ny ray amin'ny zanaka, mba handihanan-drô zègny tsy magnaraka fisiam-pangnahy marigny - mba hanomanagna vahoaka efa vognono ho ny Tompo nohomanigny ho Ninany."¹⁸ Zakaria nivolagna tamin'ny anjely hoe: "Karakory ahaizako zegny? fa zaho efa anti-dahy draiky vadiko koa tegna efa antitry."¹⁹ Anjely namaly draiky nagnabara taminany: "Zaho Gabriela, araiky mitsangana alohan-dRagnahary. Sady voairaka zaho mba agnabara aminao, hitonga vaovao tsara ty aminao."²⁰ Kay! Ho moha anao, tsy afaka hivolagna, mandra-pavian'ny andra hiboan-drô raha jiaby io. Satria tsy nino volagna naka anao, izegny ho tantairaka amin'ny fotoagna voafaritry."²¹ Irô vahoaka sasany niambigny i Zakaria. Gaga irô Tamin'ny fijanonany aila tamin'ny l'eglise drô tao.²² Fa koa faniboaka izy, tsy afaka nikoragna tamin-drô. Sady aihy drô fa nahita fahitagna izy taminany tagnaty l'eglise tao. Nagnano baiko moa tamindrô izy draiky nijanogno ho moa.²³ Koa fanavy andra ahatamperan'ny fanompoagna, loso nody tantragnony izy.²⁴ Tamin'ny andra aby io, navaisatra Elizabeta sady nisitriky nadrintra ny dimy volagna. Izy nivolagna hoe: "²⁵ Kara ty nataony Tompo zaho koa fa nitsinjo zaho Izy mba agnadoso hagnatra naka amin'olo."²⁶ Tamin'ny faha tsahota fandrava, nirahin-dRagnahary anjely Gabriela nandeha amin'ny tanàna araiky ta Galilia kahiagna hoe Nazareta,²⁷ ho andeha amin'ny virijiny araiky fofom-badiny lehilahy kahiagna hoe Josefa. Agnisan'ny taranak'i Davida izy, Maria agnarany virijiny io.²⁸ Nandeha taminany izy sady Nivolagna hoe: "Balatsara, nohasoavina indrindra! Tompo aminao ao."²⁹ Tegna very hevitra tamin'ny volagnanany izy nagnotany taigana hoe karazagna fiarahabagna karakory zegny.³⁰ jely nagnabary izy: "Aza mavozo, Maria, fa efa nahita sitraka tamin-dRagnahary anao."³¹ Kay, avaisatra anao hitairaka Zanaka lelahy. Agnaragna hikahianao 'Jesosa'.³² Ho be Izy sady hikahiagna hoe Zanaka Ago Indrindra. Tompo dRagnahary hagnamia Izy sezy fiandrianan'i Davida razambeny.³³ Hanjaka mandrakizay amin'ny taranak'i Jakoba izy, sady tsisy fahatam-pairagna fanjakany."³⁴ Maria ny volagna tamin'ny anjely: "karakory hiboany zegny, mbala tsary niaraka nandry tamin'ny lelahy zaho?"³⁵ Anjely namaly sady nagnambara taminany hoe: "Hirotsaka aminao Fanahy Masigny, draiky herin'ny Avo Indrindra ho avy aminao. Ho tairaka olo masigny io ho kahiagna hoe Zanakan-dRagnahary."³⁶ Elizabeta havanao navaisatra koa naha fa tamin'ny fahantairagna. Efa faha tsaota fandrava ny nany zio, izy araiky nikahiagna hoe momba.³⁷ Satria tsisy raha tsy ho azo tanterahagna amin-dRagnahary. I Maria nagnambara: "³⁸ Aingane, zaho mpanompovavin'ny Tompo. Aingane ho tanteraka aminaka afatra nao zegny." Niala tankilany tio anjely.³⁹ Tamin'ny andra zegny i Maria Kay nandeha farany zay malaky amin'ny tany agnabo, agny amin'ny tanànan'i Jodia.⁴⁰ Nandeha amin'ny tragnon'i Zakaria izy draiky nagnano mbalatsara i Elizabeta,⁴¹ koa fa naregny fiharahaban'i Maria i Elizabeta, nihetsiky tsaiiky tagnatiny kibony tao, sady feno Fanahy Masigny Elizabeta.⁴² Ny volagna mare izy hoe: "Nosoavina noho ny viavy jiaby anao, draiky nosoavina ny natairaka ny kibonao."⁴³ Nagnino zegny miboaka aminaka fa i renin'ny Tompoko navy hagnatogno zaho?⁴⁴ Fa kanefa, koa fanavy tan-tsofiko fiarabanao, ravoravo tsaiiky tagnatin'ny kiboko.⁴⁵ Sambatra izy zaigany nino fa ho tanteraka irô raha zaigany nivolagn'ny Tompo taminany."⁴⁶ I Maria nagnabara: "Midera ny Tompo ny fanahiko,⁴⁷ ary ny fanahiko nifaly tao amin'Andriamanitra mpamonjy."⁴⁸ Fa niza fahatragan'ny mpanompo vaviny Izy. Kay tio, manomboko zio taranaka jiaby hikaiky zaho hoe sambatra.⁴⁹ Satria nagnano raha maventy taminaka i olo nahavita raha jiaby, sady masigny agnarany.⁵⁰ Fa maharitry honin-drô taranaka fara-mandimby zaigany mavozo Izy famindram-pony.⁵¹ Nagnamboaka angoviny tamin'ny vatagna nany izy; draiky nagnaparitaka irô zaigany niraiharaiha tamin'ny eritreritriny fô drô.⁵² Naongany tamin'ny sezy fiandrianany zanaka lahin'ny mpanjaka draiky irô ambany nampanongainy.⁵³ Nataony voky raha tsara irô silongno, fa mpanakarigna nampodiny tsy nanagna na ino na ino.⁵⁴ Nagnamia fagnampiagna Israely mpanompony Izy, mba hahatsiaravany hagnaboaka famindram-pô⁵⁵ (araka nivolagniny tamin-drô raintsika) tamin'i Abrahama draiky taranaka nany mandrakizay."⁵⁶ Nijanogno nipaitraka tamin'i Elizabeta tokony ho telo fanjava i Maria draiky abako io nimpody nody ta tragnony tagny izy.⁵⁷ Navy fotoagna hitiran'i Elizabeta zanany nitairaka tsaiiky lelahy izy.⁵⁸ Naregny famindram-pô naventy nataon'ny Tompo tamin-drô mpiara-monigny aminany draiky irô havany, sady niaraka niravoravo taminany irô⁵⁹ Draiky tamin'ny andra fahavalo navy hamositry tsaiiky irô. Saiky ho kahian-drô hoe: "Zakaria," kara agnarany papany izy.⁶⁰ Fa mamany fo namaly draiky namaly sady nivolagna hoe: "Aha. Jaona hikahiagna izy."⁶¹ irô nivolagna taminany: "Tsisy amin'ny havanao kaiagna amin'ny agnaragna zegny."⁶² Nagnano baiko moha tamin'ny baba drô amin'ny tiany ho atao agnarany.⁶³ Nangataka raha nanoratgna i babany kay nanaoratra hoe: "Jaona ny agnarany." Sady sady tamin'ny zegn rô jiaby.⁶⁴ Kay niharaka tamin'ny zegn nibiagna vava nany. Nivolagna izy sady nankasitraka dRagnahary.⁶⁵ Navy tamin-drô jiaby nagnodidigny izy fahavozoagna. Draiky niparitaka airakan'ny tanàna Jodia raha jiaby niboaka tio.⁶⁶ Sady irô jiaby naregny aby io nampijiky raha igny tamin'ny fô drô, draiky nagnambara hoe: "Ho karakory eky i tsaky ty?" Fa momba izy tanan'ny Tompo.⁶⁷ Sady feno Fagnahy Masigny i Zakaria babany draiky naminany, Kai nagnambara hoe: "⁶⁸ Deraigna anie Tompo, dRagnahariny Israely, fa navy nagnapy draiky nagnatantairaka fahafagna ho ny vahoaka nany Izy.⁶⁹ Nanangana agnabo tandrom-pagnavaotagna ny tsika amin'ny tragnon'i Davida mpanompony Izy,⁷⁰ kara raha nivolagniny tamin'ny vavan-drô mpaminany masigny tamin'ny andra taloha tagny.⁷¹ Hitonga famonjegna amin'ny fahavalontsika draiky amin'ny tagnan-drô jiaby mankahala atsika Izy.⁷² Zegny no hataony mba hampisehoa ny famindram-pô amindrô babantsika sy hampatsiahivana ny fanekem-pihavanany Masigna,⁷³ dia ilay fianianana nambarany tamin'i Abrahama babantsika.⁷⁴ Nianiana ny hahazoantsika manompo azy tsy amin-tahotra,⁷⁵ am-

pahamarinana sy am-pahamasinana eo anatrehany amin'andantsika aby izy, rehefa afaka tamin'gny tanan'ny fahavalontsika.⁷⁶ Ia, draiky anao, ry zaza, ho kahiagna hoe mpaminanin'ny Agnambo Indrindra, fa handeha halohany Tompo anao sady hagnaboatra lalagna nany,⁷⁷ mba hamiagna fahalalagnam-pamonjegna ho ny drô olo amin'ny alalan'ny famelagna helokon-drô.⁷⁸ Izegny hiboaka nohon'ny famindram-pô masign'ny dRagnaharintsika, nohon'ny amin'ny zegny hihohan'ny masoandra baka amin'ny agnabo mba ho avy hagnampy atsika,⁷⁹ hagnazavagna irô zaigny mipaitraka agnatiny ny haizigny draiky irô agnatiny aloky fahafataisagna. Hatony zegny mba hitahiagna vity tsinka amin'ny lalam-piadanagna."⁸⁰ Sady zaza nitombo draiky navy nahery amin'ny fagnahy, sady tagnefitry izy mandram-pavian'ny andra hihohan'ny amangy amin'Israel.

Chapter 2

¹ Tamin'ny andra zegny, nandefa didy mibaiko zaigny mibaiko hikontegna olo jiaby miaigny eto amin'izao tontolo izao Aogosto kaisara. ² Izegny fagnisam-bahoaka natao voalohany tamin'i Kyrenio mpanapaka ta Syria. ³ Nohony zegny olo jiaby nandeha amin'ny tanàna naviany aby mba hisaoratra agnaragna ho ny mpagnisa vahoaka. ⁴ Kai nandeha nanonga baka ta Galilia koa Josefa, baka tagny an-tanànan'i Davida izaigny fikahiagna hoe Betlehema, satria izy baka amin'ny tragno draiky fianakaviagnan'i Davida. ⁵ Nandeha tagny izy mba hisaoratra agnaragna niaraka tamin'i Maria, fofom-badiny sady navaisatra. ⁶ Mbala tagny fo irô, navy fotoagna hitirany zanany. ⁷ Nitairaka zaza lelahy izy, zanany voalohany, sady izy nandrakotro lambanin-tsaiky draiky nampandry Izy tamin'ny fihinanam-bilona, satria tsisy nisy toairagna ho ny drô ta amin'ny toeragna io. ⁸ Nisy mpiambigny aomby tamin'ny toairagna zegny nijanonagna ta tanim-bary, niambigny aomby nany maromaro tamin'ny aligny. ⁹ Nisy anjelin'ny Tompo niboaka tamin-drô, draiky voninahitry Tompo nikintakintagna magnodidiginy izy, sady feno vozo naventy irô. ¹⁰ Nivolagna tamin-drô anjely agnana hoe: "Aza mavozo, fa hitonga vaovao tsara mba hitonga hafaliagna maventy ho ny nolo jiaby zaho. ¹¹ Nihany nisy mpagnavotro teraka ho ny narô an-tanànan'i Davida! Izy zegny Kristy Tompo! ¹² Ity famantaragna hamiagna anarô: Hahita zazahely mirakotro lamban-jaza sady mandry amin'ny fihinanam-bilona anarô." ¹³ Tampoko tio niaraka tamin'ny anjely, nisy tafiky lagnitry naventy nakalaza dRagnahary nagnano hoe: ¹⁴ "Voninahitry ho an-dRagnahary agny amin'ny avo indrindra, sady hisy fiadanagna koa eto an-tany amin'olo izaigny ankahasitrany." ¹⁵ Koa fa niala taminany tio irô nandeha an- dagnitry irô anjely, ny mpiambigny aomby nifampivolagna hoe: "Andeha atsika zio andeha Betlehema, raha fanambarany Tompo atsika izegny." ¹⁶ Nandeha malaky tagny irô sady nahita i Maria draky Josefa, draiky nahita zazahely nandry tamin'ny fihinanam-bilona. ¹⁷ Tafaran'ny nahitan-drô Izy, nambaran-drô raha jiaby nivolagniny drô momba i zaza io. ¹⁸ Izaigny jiaby naregny zegny gaga amin'ny volagna nambarany mpiambigny aomby tamin-drô. ¹⁹ Fa i Maria draiky nony nieritreritry momba raha jiaby zaigny regny, draiky nitana raha aby igny tam-pôny. ²⁰ Nimpody irô mpiambigny aomby, hagnamia voninahitra draiky nankalaza an-dRagnahary nohony raha izaigny regnin-drô draiky hitan-drô, araka nivolagniny tamin-drô. ²¹ Nony tapitry andra fahavalo, koa fa nivosiriginy Izy, namiagna agnaragna hoe Jesosy, i agnaragna namian'ny anjely Izy talohan'ny nametragna Izy tan-kibo. ²² Koa fa navy isan'ny andra nitakigna hagnadiovany, araka lalàn'i Mosesy, nitonga Izy nanonga ho andeha à l'eglise ta Jerosalema i Maria draiky Josefa mba hagnamia Izy amin'ny lalàn'ny Tompo. ²³ Araka voasaoratra amin'ny lalàn'ny Tompo." ²⁴ Nony zegny nagnamia lafiky araka nivolagnana lalàn'ny Tompo drô, "domona aroe na zanaka voromailala roa." ²⁵ Tio fo, nisy lelahy baka Jerosalema, Simona agnarany, sady lela zegny marigny aviô mafana fô. Nitady fanompoagna an'Israely izy, sady tamin'ny Fagnahy Masigny tao. ²⁶ Nambaran'ny Fagnahy Masigny taminany fa tsy hahita fahafatesagna alohan'ny ahitany Kristin'ny Tompo izy. ²⁷ Nitaritin'ny Fagnahy, nandaiha an-tempoly tagny Simona. Koa fa nitondra an'i Jesosy Kely nidriky ray aman-dreniny, mba hagnano Izy araka fomba amin'ny lalàna ao, ²⁸ kay nalainy aviô ninjoniny Izy sady nidera an-dRagnahary aviô nagnano hoe: ²⁹ "Amin'ny ziôty ambila andaiha am-piadanagna mpanomponao, ry Tompo, araka volagnanao. ³⁰ Fa masoko nahitafamonjegna, ³¹ zay nomagninao olohan'ny olo jiaby tiô: ³² Zegny fahazavagna ho fagnambaragna ho an'ny Jentilisa sady voninahitra ho an'Israely olonao." ³³ Babany ndraiky maman'ny tsaiky io zegny gaga tamin'ny ra nivolagniny momba Izy. ³⁴ Nitso-drano irô Simona sady nivolagna tamin'i Maria mamany hoe: "Indro, tsaiky ty zegny voatendry ho amin'ny fandavaogana ndraiky fanandratagna olon'Israely maro aviô ho famantaragna zay nolaviny" ³⁵ kay hisy meso be handoaka fagnahinao__ mba ho voambara dikany fô maro." ³⁶ Kay tiô nisy mpaminany vavy araiky kahiagna hoe Ana. Zanakavavin'i Fanoela baka amin'ny foko Asera izy. Taigna matoe izy. Nipaitraka niaraka tamin'ny vadiny izy fito taogno tafaran'ny nahavirijiny izy, ³⁷ aviô mpitondra taigna nandritra efatra amby valopolo taogno. Tsy niala tempoly feky izy fa nanompo tamin'ny fifadian-kaniginy ndraiky vavaka, aligny matsagna. ³⁸ Tamin'ny lera zegny mintsy zegny nagnatogno mariny irô izy sady nanomboko nagnamia fisaoragna an-dRagnahary sady nivolagna mikasika tsaiky io tamin'ny ol jiaby zay niambigny fagnavaotagna an'i Jerosalema. ³⁹ Koa fa navita ra jiaby niragna nataony araka lalàn'ny Tompo zegny irô, nipody tagny Galilia, agny amin'ny tanàna-ndrô Nazareta agny. ⁴⁰ Nahay be tsaiky sady nahay natanjaka, nitombo fahendregna, aviô fahasoavan-dRagnahary zegny Taminany tao. ⁴¹ Ray aman-dreniny zegny nandaiha Jerosalema tagny isan-taogno hamonjy Firavoravoan'ny Paska. ⁴² Koa fa roa ambin'ny folo taogno zegny Izy, nandaiha tagny araka fomba fatao amin'ny fety ndraiky irô. ⁴³ Aviô koa fa baka nipetraka tagny tagnatin'ny andran'ny fety jiaby zegny irô, nanomboko nipody nody irô. Fa Jesosy tsaiky lelahy nijanogno tagny Jerosalema naifa tsy hainy ray aman-dreniny zegny. ⁴⁴ Heverindrô fa niaraka tamin'ny olo niaraka tamindrô fo zegny Izy, nandaiha tagnatin'ny andra araiky jaby irô. Aviô zegny nanomboko niady Izy tamin-drô havany ndraiky namany tagny irô. ⁴⁵ Koa fa tsy itandrô zegny Izy, nipody

Jerosalema tagny irô kay nanomboko nitady Izy tagny.⁴⁶ Koa vita telo andra, hitan-drô zegny Izy an-tempoly tao, nidôko tagnivo-ndrô mpampianatra tiô, nitandregny irô sady nagnapaitraka fagnontaniagna tamindrô.⁴⁷ Zay jiaby naregny Izy zegny gaga tamin'ny fahaizany ndraiky volagna navaliny.⁴⁸ La fa nahita Izy zegn irô, variagna. Mamany nivolagna taminany hoe: "Zanako, nagnino anao nagnano zay kara ty? Tandrignaisa, zaho ndraiky papanao nitady anao tamin-tebiteby."⁴⁹ Nivolagna Izy tamindrô hoe: "Nagnino anarô nitady Za? Tsy hainarô mba fa tsy maintsy ho ao an-tragnon'ny Babako Zaho?"⁵⁰ Fa tsy azondrô ra tiany koragniny tamin'ny volagna zegny.⁵¹ Nody zegny niaraka tamindrô tagny Nazareta Izy sady nankatoa irô. Mamany zegny nitana zegny ra jiaby zegny tagnaty fôny.⁵² Fa Jesosy nahay nitombo fahendregna ndraiky nitombo vatagna, aviô nitombo fitia tamib-dRagnahary ndraiky olo.

Chapter 3

¹ Tamin'ny taogno faha dimy ambin'ny folo nanjakan'i Tiberie Kaisara _fony Pontio Pilato governoran'i Jodia, Heroda zegny mpanapaka tao Galilia, Filipo ralahiny zegny mpanapaka tao amin'ny faritry Itoria ndraiky Trakonitisy, aviô Lysaina zegny mpanapak'i Abilena, ² nandritry fisoronam-ben'i Aniasy ndraiky Kaiafa _kay navy tamin'i Jaona zanaka lahin'i Zakaria tambadiky volagnan-dRagnahary tagny. ³ Nandaiha tamin-drô faritry jiaby amgnodidigny an'ny Jordana Izy, nitory batisan'by fibebahagna ho famelagna irô heloko. ⁴ Araka voasôtra amin'ny bokin'ny volagnan'ny Isaia ao hoe: "Nisy feo araiky nikaiky mare baka ambadiky hoe: 'Ataova vôgnono lalan'ny Tompo, ataova mahitsy lalan-kalehany."⁵ Matsi-matsabory jiaby ho totofagna, aviô bongo ndraiky tany agnabo agnabo hahegny, aviô lalagna mivezim-bezigny zegny amboarigny hahitsy, ⁶ aviô tany mikitoantoagna zegny ho atao lalagna, aviô nofo jiaby zegny hahita famonjegnan-dRagnahary."⁷ Koa nivolagna tamin-drô vahoaka zay navy hataon'i Jaona batisa hoe: "Anarô ry taranaka mainarana! Azôvy nampitandrigny anarô mba hilaifa fahatezeragna zay ho avy?" ⁸ Dikany zegny, mamokara voa tokony fibebahagna, aviô kaza manomboko mivolagna agnatinarô ao hoe: 'Zay managna an'i Abrahama ho babany,' fa mivolagna anarô zaho fa Zagnahary zegny afaka manangana zanaka ho an'iAbrahama amin-drô vato reto. ⁹ Amin'ny ziôty aby zegny famaky mipetraka amin'ny fototry kakazo iô. Kay kakazo jiaby zay tsy mamoa voany tsara zegny voakapa aviô hatsipy amin'ny môtro agny."¹⁰ Aviô irô vahoaka zegny nagnontany izy direct, nivolagna hoe: "Ino fo basy ataonay?" ¹¹ Namaly izy kay nivolagna tami-ndrô hoe: Koa misy olo managna akanjo lava aroe, tokony mandrasa zegny amin'olo araiky zay tsay managna izy, aviô zay managna hanigny koa zegny tôkony hagnano kara zegny."¹² Irô mpamory hetra koa zegny navy mba hatao batisa, aviô nivolagna taminany hoe: "Mpampianatra o, ino tsy naintsy ataonay?" Izy nivolagna irô hoe: ¹³ "Kaza mamory vola mihoatra noho zay niragna halainarô."¹⁴ Nagnontany izy koa miaramila, nivolagna hoe: "Akôry mikasiky zahay? Ino tsy maintsy ataonay?" Izy nivolagna tami-ndrô hoe: "Kaza mangala vola amin'olo an-kery, aviô kaza magnambara vandy olo. Mifalia amin'ny karamanarô."¹⁵ Koa niambigny fiavihan'i Kristy zegny vahoaka, nagnontany tagnaty fôny mikasikan'i Jaona tsiarak'araiky, na mety ho izy na tsy Kristy. ¹⁶ Jaona namaly tamin'ny volagna irô jiaby hoe: "Koa aminaka zegny, magnano batisa anarô amin'ny rano zaho, fa misy olo araiky ho avy zay mahery mihoatra zaho, sady tsy tôkony za aby hamaha irô fehi-kirarony. Hagnano batisa anarô amin'ny Fagnahy Masigny ndraiky môtro Izy."¹⁷ An-tagnanany iô fikororahany mba hagnadiovany tsara ao am-pomoloany ndraiky hamoriagna vary ho agny amin'ny ria. Fa hiroany amin'ny môtro tsy mety vonegna ankotry."¹⁸ Niaraka tamin'ny fananaragna maro hafa koa, Jaona nitory vaovao tsara ho an'ny vahoaka. ¹⁹ Heroda mpanapaka koa fa nanarigny nohon'ny fanambadiagna vadin-dralahiny Herodiasy, ndraiky nohon'ny ra ratsy hafa jiaby zay vitany zegny, ²⁰ ho fanampin'ny jiaby zegny, nafody tam-ponja tagny Jaona. ²¹ Aviô, koa fa vita batisa aby olo jiaby, natao batisa koa zegny Jesosy, aviô mbala nivavaka izy, kay nibiagna langitry, ²² sady Fagnahy Masigny nangala endriky kay nijotso taminany tiô kara voromailala, aviô nisy feo baka andangitry nagano hoe: "Anao no Zanako, malalakô. Faly Zaho nohon'ny aminao."²³ Koa fa nanomboko zegny asa fanompagnany Jesosy, tiô amin'ny telo-polo taogno tiô Izy. Izy no zanaka lahin'i (araka fiheveragna) Josefa, zanak'i Hely, ²⁴ zanak'i Matata, zanak'i Levy, zanak'i Melky, zanak'i Janay, zanak'i Josefa. ²⁵ Josefa zegny zanak'i Matitia, zanak'i Amosa, zanak'i Nahoma, zanak'i Elsy, zanak'i Nagay, zanak'i Mata, ²⁶ zanak'i Matatia, zanak'i Semen, zanak'i Joseka, zanak'i Joda. ²⁷ Joda zegny zanak'i Joanana, zanak'i Rase, zanak'i Zerobabela, zanak'i Sealtiel, zanak'i Nery, ²⁸ zanak'i Melky, zanak'i Ady, zanak'i Kosama, zanak'i Elmadama, zanak'i Era, ²⁹ zanak'i Josoa, zanak'i Eliezara, zanak'i Joreima, zanak'i Matata, zanak'i Levy. ³⁰ Levy zegny zanak'i Simeona, zanak'i Joda, zanak'i Josefa, zanak'i Jonama, zanak'i Eliakima, ³¹ zanak'i Melea, zanak'i Mena, zanak'i Matata, zanak'i Natana, zanak'i Davita, ³² zanak'i jese, zanak'i Obeda, zanak'i Boaza, zanak'i Salmona, zanak'i Nahasona. ³³ Nahasona zegny, zanak'i Aminadaba, zanak'i Adima, zanak'i Arny, zanak'i Hezrona, zanak'i Fazera, zanak'i Joda, ³⁴ zanak'i Jakoba, zanak'i Isaka, zanak'i Abrahama, zanak'i Tena, zanak'i Nahora, ³⁵ zanak'i Seroga, zanak'i Reo, zanak'i Palega, zanak'i Ebra, zanak'i Sela. ³⁶ Sela zegny zanak'i Kenana, zanak'i Arpaksada, zanak'i Sema, zanak'i Noa, zanak'i Lamaka, zanak'i ³⁷ metosela, zanak'i Enoka, zanak'i Jareda, zanak'i Mahalalila, zanak'i Kenana, ³⁸ zanak'i Enosa, zanak'i Seta, zanak'i Adama, zanakan-dRagnahary.

Chapter 4

¹ Tafaran'ny zegny Jesosy, koa feno Fagnahy Masigny, nipody baaka agny amin'ny reniranon'i Jordana, aviô nindessin'ny Fagnahy Masigny tambadiky tagny ² zay nangalan'ny devoly fagnahy Izy nandritra efapolo andra. Izy tsy nihinagna na ino na ino tagnatin'andra irô, aviô tamin'ny fotoagna arany zegny moasary Izy. ³ Devoly nivolagna taminany hoe: "Anao koa zegny zanakan-dRagnahary, avadia môfo vato ty."⁴ Jesosy namaly izy hoe: "Voasoratra hoe: 'Tsy môfo fo

ivilôman'olo."⁵ Aviô nindessin'ny devoly tamin'ny tany agnabo Jesosy sady naboakany Izy betibetiky tiô koa fanjakagna tany jiaby ty.⁶ Devoly nivolagna taminany hoe: "Hamiako anao fahefagna jiaby ndraiky famirapiratany jiaby, fôtony fa namiagna za zio, aviô afaka amiako olo zay tiako amiagna izy."⁷ Dikany zegny koa mandoaliky ndraiky manompo za zegny Anao, ho hazonao zegny."⁸ Nefa Jesosy namaly kay nivolagna izy hoe: "Voasoratra hoe: 'Hidera Tompo Zagnahary anao, aviô Izy araiky fo ho tompoinao.'" ⁹ Devoly aviô nitondra Jesosy tagny Jerosalema sady nataony tamin'ny farany agnabo tempoly, aviô nivolagna taminany hoe: " Koa zanakan-dRagnahary Anao, mitandatsaha baka eto anao. ¹⁰ Fôtony fa voasoratra hoe: 'Hibaiko anjelin'ny aminao Izy, mba hiaro anao,' ¹¹ aviô, 'Izy rô hanandratra anao amin'ny tagnany, mba tsy ho voakogno vato vitinao.'" ¹² Jesosy namaly, nivolagna hoe: "Fa nambara hoe: 'Aza mangala fagnahy Tompo Zagnaharinao.'" ¹³ Koa fa vita fangalan'ny devoly fagnahy an' i Jesosy, nandeha izy sady niala Taminany ambara fiavian'ny fotoagna hafa. ¹⁴ Jesosy ami-zay nipody ta Galilia tagny tamin'ny herin'ny Fagnahy, sady vaovao mikasiky Izy zegny fa niparitaka isaka faritra magnodidigny jiaby. ¹⁵ Kay nanomboko nampianatra tao amin'ny Synagoga-ndrô zegny Izy sady niderain'olo jiaby. ¹⁶ Nandeha Nazareta tagny Izy, tanana araiky nahabe Izy igny, kay araka fomba fataony zegny, nidriky tamin'ny Synagoga tao tamin'ny andra Sabata Izy kay nitsangana mba hamaky teny mare. ¹⁷ Natolotra Izy horonan-taratsin' Isaia mpaminany. Nibiafiny boky io sady hitany tany nanoratagna izy, ¹⁸ "Fagnahy Tompo zegny aminaka ato, fôtony Izy nandrisiky za hivolagna vaovao mahafaly ho an'ny mahantra. Izy nandefa Zaho hagnambara fahafagna ho andrô babo, sady hagnapody fahitagna ho an'ny gila, hagnadoso irô zay ampahoriagna, ¹⁹ hagnambara taom-pankasitrahan-dRagnahary." ²⁰ Naholony zegny taratasy baka tiô, nipody tagny amin'ny mpitandrigny, sady nipetraka Izy. Masondrô jiaby tamin'ny Synagoga tao zegny nizaha Izy. ²¹ Nanomboko nikoragna tami-ndrô Izy hoe: "Niany ty Soratra Masigny ty zegny tanteraka am-pitandrignaisanarô." ²² Olo jiaby tao zegny nivolagna ra tsara mikasiky Izy sady gaga irô tamin'ny tenim-pahasoavagna zay naboakany vavany, aviô irô nagnontany Izy hoe: "Fa tsy araiky zanak'i Josefa mba ty?" ²³ Nivolagna tami-ndrô Izy hoe: "Azo antoko fa hivolagna ohabaolna ty aminaka anarô: 'Dokotera, taha aigninao. Na ino na ino regninay fa nataonao tao Kapernaomy zegny, magnanaova kara zegny amin'ny taninao agny.'" ²⁴ Nefa Izy nivolagna hoe: "Volanko marigny aminarô, tsisy mpiminany voaray amin'ny taninany ao. ²⁵ Kanaifa volaniko marigny aminarô fa maro viavy tsy mpitondra-taigna tagny Iraely tamin'ny andran'i Elia, koa nifody langitry tagnatin'ny telo taogno ndraiky tsiôta fanjava, sady misary mavety koa navy tamin'ny tany jiaby. ²⁶ Naifa Elia tsy nilaifa na araiky tami-drô, fa tao Zerapata tagny Sidona fo koa, tagny amin'ny mpitondra taigna zay nipetraka tagny. ²⁷ Maro irô baka tao Israely tamin'ny andran'i Elisa mpaminany, naifa tsisy na araiky tami-ndrô zagny janga koa tsy araiky Namagna Syriana." ²⁸ Olo jiaby tamin'ny Synagoga tao zegny feno heloko koa naregny ra jiaby zegny. ²⁹ Nitsangana irô, nanery Izy hiala tanàna, sady nandaifa Izy tegny an-tampon'ny havoagna zay nioraignan'ny tanana-ndrô, mba hindatsagna Izy amin'ny hantsana. ³⁰ Naifa zegny Izy nandaiha namakivaky tagnivondrô tiô nandaiha tamin'ny tany hafa tagny. ³¹ Izy aviô nijotsy tagny Kapernaomy, tanàna araiky agny Galilia, aviô Izy nanomboko nampianatra irô tamin'ny andra Sabotsy. ³² Tegna gaga be irô tamin'ny fampianaragna natany, fôtony nivolagna tamin'ny fahefagna Izy. ³³ Aviô tamin'ny Synagoga tao zegny nisy lelahy zay nindaohany fagnahy maloton'ny satana, sady nikiakiaka tamin'ny feo mare hoe: ³⁴ "Ah! Ino ifandraisanay aminao, ry Jesosy baka agny Nazareta? Anao mba navy hamotiky zahay? Aiko hoe azôvy Anao - araiky Masignin-dRagnahary!" ³⁵ Nivolagnin'i Jesosy mare devoly io hoe: "Aza mivolagna aviô mialà aminany ao!" Koa fa nagnatsipy lelahy tagnivon-drô tio zegny devoly, niala taminany tao, sady tsy nandratra izy feky. ³⁶ Tegna gaga be zegny olo jiaby, kay nanohy koragna mikasiky zegny. Nivolagna irô hoe: "Mba volagna karakôry loatra zegny?" Baikoiny amin'ny fahefagna ndraiky ngôvo zegny fagnahy maloto kay miboaka."

³⁷ Dikany zegny nanomboko niparitaka nagnairany faritany lazanany. ³⁸ Kay niala Synagoga zegny Jesosy sady niditriky tantragnon'i Simona. Nampijalian'ny tazo mahery rafozam-bavin'i Simona, niangavy taminany ho izy irô. ³⁹ Kay nitsangana taloahany tiô Izy sady nivolagniny mare zegny tazo io, kay niala taminany. Tiô fo zegny izy nitsangana sady nanompo irô. ⁴⁰ Koa fa nilentiky zegny masoandra, nitondra olo jiaby naranin'ny aretigny maro samihafa tamin'ny Jesosy tiô olo. Nagnambela tagnana tami-ndrô tsiaraik'araiky Izy kay nagnajanga irô. ⁴¹ Irô devoly io koa zegny niala tamin'ny olo maro tao irô, nihakiaka mare sady nivolagna hoe: "Anao no Zanakan-dRagnahary!" Jesosy nivolagna irô devoly io mare kay tsy nambelany hivolagna irô, fôtony haindrô fa Izy no Kristy. ⁴² Vao mazava ratsy, nandeha tamin'ny tany manginginy Izy.Vahoako maro be nitady Izy sady nagnantogno amin'ny tany nisy Izy. Irô zegny niezaka nitana Izy mba tsy hiala amin-drô iô. ⁴³ Kay Izy nivolagna tamin-drô hoe: "Tsy maintsy mitory vaovao mahafaly mikasiky fanjakan-dRagnahary amin'ny tanàna maro hafa koa zegny Zaho fôtony, zegny antony nagnirahagna Zaho taty. ⁴⁴ Aviô Izy zegny nanohy nitory tamin-drô synagoga tao magneragna an'i jodia.

Chapter 5

¹ Kay kara ty ra nisy, izy koa nivorivorian-drô nagnodidigny an'i Jesosy irô olo sady nitandregny volagnan-dRagnahary, kay nitsangana amoron'ny farihin'i Genesareta tiô Izy. ² Nahita lakana aroe nijanogno amoron'ny farihy tiô Izy. Fa niboaka tao irô mpagnarato sady nanasa haraton-drô. ³ Nidriky tamin'ny araiky tamin-drô lakana Jesosy, zay an'i Simona, sady nangataka taminany mba handefa zegny egny amin'ny rano lavidavitry tanety. Izy aviô nipetraka kay nampianatra irô olo tambadiky lakana. ⁴ Koa fa nijanogno nivolagna zegny Izy, nivolagna tamin'i Simona Izy hoe: "Indesa amin'ny rano tegna lalagny agny lakana aviô halatsa haratonarô mba azahoanarô hazandrano." ⁵ Simona namaly Izy kay nivolagna hoe: "Tompo o, fa niasa tontolo aligny zahay, fa tsy nahazo na ino na ino, fa nohon'ny volagnanao zegny,

halatsako harato reo." ⁶ Koa fa nataondrô ra zegny, navoavory hazandrano maro tegna maro irô, sady natriaka haratondrô. ⁷ Kay irô nagano fihetsiky tamin'ny namandrô zay tagnaty lakana araiky hafa fa tokony avy agnampy irô. Navy irô kay nameno lakana aroe, koa fa kara igny nanomboko nilentiky irô. ⁸ Fa Simona Petera, niaraka nahita zegny, nandoaliky tamin'ny vitin'i Jesosy tiô, nivolagna hoe: "Milala aminaka, fa lelahy mpanota zaho." ⁹ Kay gaga izy ndraiky iro jaby zay niaraka taminany, nony habaizan'ny hazandrano zay azondrô. ¹⁰ Tagnatin'ny zegny Jakoba ndraiky Jaona, zanak'i Zebedio, zay miaraka miasa amin'i Simona. Jesosy nivolagna tamin'ny Simona hoe: "Aza mavoza, fa manomboko ziôty zegny hagnarato olo anao." ¹¹ Koa fa nindesindrô an-tanety zegny lakanandrô, nambelandrô ra jiaby kay nagnaraka Izy. ¹² Kay kara ty ra nisy izkoa mbala tami'ny tanàndrô tao zegny Izy, nisy lelahy feno habokagna tiô. Nony nahita an'i Jesosy zegny izy, nandolaliky Taminany tiô sady nitalaho Taminany, nagnano hoe: "Tompo, Anao koa mety, afaka magnadio zaho." ¹³ Kay naninjitra tagnany Jesosy sady nikasiky Izy, nivolagna hoe: "Mety Zaho. Madiova." Mbala tiô fo zegny afaka taminany habokagna. ¹⁴ Nivolagniny izy mba tsy hivolagna na amin-jôvy na amin-jôvy, fa nivolagniny taminany hoe: "Mandiana amin'ny lalagnanao, mandalova amin'ny mpisorona aviô manolora sorona hoany fagnadiovagna anao, araka zay nandidian'i Mosesy, mba ho fijoroagna vavolombelogna ami-ndrô." ¹⁵ Nefa tatitry mikasiky Izy zegny niparitaka tany lavitry, maro vahoaka niaraka navy hitandregny Izy nampianatra aviô mba ho janga amin'ny aretignindrô. ¹⁶ Izy nefa matetiky mandeha amin'ny tagna foagna agny sady mivavaka. ¹⁷ Kay tamin'ny andra araiky tamin'andra nampianarany zegny, nisy Fariseo ndraiky mpampiana-dalàna nipetraka tiô zay baka amin'ny tanàna samihafa amin'ny faritany Galilia ndraiky Jodia, aviô koa baka amin'ny tanànan'i Jerosalema. Herin'ny Tompo taminany tao mba hitahagna. ¹⁸ Aviô nisy lelahy sasay navy, nitondra lelahy araiky zay voan'ny paralisisa tamin'ny fandriagna tiô, kay irô zegny niza fomba hagnandesagna izy agnatiny ao mba hagnambilagna izy alohan'i Jesosy iô. ¹⁹ Tsy nahita fomba hagnampidiragna izy tagnaty tao irô nony vahoaka reo, dikany zegny nadeha amin'ny tampo-tragno irô sady ngnajotso fandriagnan'ny lelahy baka amin'ny tafo tragno, tamin'ny fandriagna, agnivon'olo tiô, talohan'i Jesosy tiô. ²⁰ Lafa nahita finoagnandrô zegny, volagniny Jesosy hoe: "Ralelahy, voavela helokao." ²¹ Nanomboko nagnontany irô mpanora-dalàna ndraiky irô Fariseo, nivolagna hoe: "Azôvy mba io mivolagna ra tsy manjary io? Azôvy no afaka mamela fahotagna koa tsy Zagnahary zaraiky fo?" ²² Fa Jesosy nahay ra nieritreretindrô, namaly sady nivolagna irô hoe: ²³ "Nagnino anarô magnontany zegny agnaty fonarô ao? Ino tegna mora volagniny: 'Voavela helokao sa mivolagna hoe: 'Mitsangana aviô mandiana?' ²⁴ Kay mba hahazanarô fa Zanak'Olo zegny manam-pahefagna hamela heloko ambonin-tany, volanko aminao, mitsangana, indesa fandriagnanao aviô mandiana an-tragnonao agny." ²⁵ Mblatiô fo zegny nitsangana taloahandrô izy sady nangala fandriagna nandriany. Izy aveo niala nandeha an-tragnonany, nagnamia voninahitra an-dRagnahary. ²⁶ Variagna olo jiaby sady nagnamia vonanhitra an-dRagnahary irô. Feno voza irô, nivolagna hoe: "Nahita ra mahagaga atsika niany." ²⁷ Tafaran'ny nisianindrô ra reo zegny, niala tiô i Jesosy kay nahita mpamory hetra araiky kahiagna heo Levy nipetraka tamin'ny tragno lain'ny mpamory hetra tiô. Nivolagna taminany Izy hoe: Magnara Zaho." ²⁸ Nitsangana i Levy nagnaraka Izy, nambailany ra jiaby. ²⁹ Nagnano fanasagna mavety tantragnony tao ho an'i Jesosy i Levy. Maro irô mpamory hetra ndraiky olo hafa nipaitraka tamin'ny latabatra tiô sady nihinagna niaraka tami-ndrô. ³⁰ Nitaraiginy tamin'ny mpaminany irô Fariseo ndraiky mpanora-dalàna, nivolagna hoe: "Nagnino anao mihinagna sady mingiaka miaraka ami-ndrô mpamory hetra ndraiky olo mpanonta hafa?" ³¹ Jesosy namaly irô hoe: "Olo salama tsy mila dokotera; fa irô marary fo." ³² Naviako aty tsy ra andaiha hikaiky olo-marigny ho amin'ny fibebahagna, fa hikaiky mpanota ho amin'ny fibebahagna." ³³ Volagnindrô taminany: Irô mpianatr'i Jaona matetiky mifady hanigny sady mivavaka, aviô mpianatrindrô Fariseo magnano kara zegny koa. Naifa mpianatranao mihinagna sady migiaka." ³⁴ Nivolagnin'i Jesosy irô hoe: "Mba ndraiky misy olo havan' ny tompim-bady mavita mampifady hanigny tompim-bady izy koa kay mbala midôko ami-ndrô ao izy?" ³⁵ Ho avy andra hagnadosoagna tompim-bady ami-ndrô iô, amin'andra zegny hifady hanigny irô." ³⁶ Nagnano fagnoharagna tami-ndrô koa Jesosy. "Tsisy olo magnatriaka tapa-damba baka amin'ny lamba vao sady mampiasa zegny hagnamboaragna lamba tonta. Izy koa izy magnano zegny, handrobaka lamba vao, aviô tapa-damba baka amin'ny lamba vao io tsy mifagnaraka amin'ny lamba tonta. ³⁷ Tsisy olo magnisy divay vao agnatiny signy hodriky tonta ao. Izy koa izy magnano zegny, hapmariatra hodriky divay vao, ami-zay raraka divay, aviô robaka signy hodriky. ³⁸ Fa divay vao zegny tsy maintsy atao agnatiny signy hoditra vao. ³⁹ Tsisy olo baka nigiaika divay taloha kay hagniry vao, fa izy hivolagna hoe: 'Araiky taloha no tsara.'"

Chapter 6

¹ Kay tamin'ny Sabotsy zegny nandaiha an-tanimbary tagny Jesosy aviô irô mpianatra naka salohim-bary, nikosendrô tamin'ny tagnana sady nihinagna voa. ² Fa sasany tami-ndrô Fariseo ndraiky nivolagna hoe: "Nagnino anarô magnano ra tsy ara-dalàna magnano izy amin'andra Sabotsy?" ³ Jesosy namaly nivolagna irô hoe: "Mbala tsy nivakinarô mba ra natoan'i Davida koa fa nosary izy ndraiky lelahy niaraka taminany?" ⁴ Nandaiha an-tragnon-dRagnahary ta izy, sady nangala mofon'ny Fanatrehagna aviô nihinagna an-tsasany tamin'ny zegny, aviô namiany an-tsasany koa lelahy niaraka taminany mba hihinagna, na dia mpisorona aby aza araka lalàna koa mihinagna zegny." ⁵ Izy aviô nivolagna tami-ndrô heo: "Zanak'Olo zegny Tompon'ny Sabotsy." ⁶ Ary tamin'ny Sabotsy magnaraka koa zegny nandaiha tamin'ny synagoga tao Izy nampianatra vahoaka tao. Nisy lelahy araiky maty tagnana havagnana tao. ⁷ Niza Izy mariny tsara irô mpanora-dalagna ndraiky irô Fariseo mba hahita koa hagnajanga olo amin'ny andra Sabotsy Izy, mba afahandrô mahita antony agnambara Izy. ⁸ Naifa fa hainy ra ra tagnatin'ny saignindrô kay Izy nivolagna tamin'ny lelahy maty tagnana io hoe:

"Mitsangna, mandiana agnivon'olo jiaby eto." Nitsangana zegny lelahy io nandaiha tiô.⁹ Nivolagna tami-drô Jesosy: "Za magnontany anarô, ara-dalâgna amin'ny Sabotsy mba fagnanaovagna tsara sa fagnanaovagna ratsy, magnavotro aigny sa mamotiky izy?"¹⁰ Sady niza izy jiaby Izy kay nivolagna tamin'ny lelahy io hoe: "Ahinjagna tagnanao." Nataony zegny, kay janga tagnany.¹¹ Naifa feno heloko irô sady nikoragna mikasiky ra andaiha ataondrô amin'i Jesosy.¹² Tamin'ny andra zegny nandaiha tamin'ny bongo Izy mba hivavaka. Nitohizany nandritra tontolo andra fivavahagna tamin-dRagnahary.¹³ Koa fa navy andra, nikaiky mpaminany aminany iô Izy, nifidy roa ambin'ny folo tamindrô Izy, nikahiagna koa Apostoly.¹⁴ Agnarandrô Apostoly reo zegny Simona (izy kahiagna koa hoe Petera) aviô ralahiny Andrea, Jakoba, Jaona, Filipo, Bertelemeo,¹⁵ Matio, Tomasy, Jakoba zanaka lahin'i Alfeo, Simona kahiagna hoa Zelota, Jodasy zanak'i Jakoba,¹⁶ Jodasy Iskariota, zay nivadiky mpamadiky.¹⁷ Jesosy aviô nijotso baka tamin'ny Bongo niaraka tami-drô kay nitsangana tamin'ny tany marigny niaraka tamin'ny mpaminany maro ndraiky vahoaka maro baka agny Jodia aviô Jerosalema ndraiky sisintanin'ny Tyro aviô Sidona.¹⁸ Navy irô hitandregny Izy aviô maba ho tahagna amin'ny aretignindrô. Janga koa vahoaka korontagnin'ny fagnahy maloto.¹⁹ Olo jiaby tami-drô vahoaka zegny niezaka hikasiky Izy directe, fôtony niboaka baka taminany hery magnajanga, janga aby izy jiaby.²⁰ Kay niza mpaminany Izy, nivolagna hoe: "Sambatra anarô mahantra, fa anarô fanjakan-dRagnahary.²¹ Sambatra anarô mosary amin'ny ziôty, fa ho voky anarô. Sambatra anarô mitomagny amin'ny ziôty, fa hitokiky anarô.²² Sambatra anarô koa fa tsy tia anarô olo koa fa ahilikindrô ndraiky haratsiandrô anarô, nony amin'ny Zanak'Olo.²³ Mifalia amin'ny andra zegny aviô mibitaha an-kafaliagna, fôtony azo antoko fa hahazo valisoa mavety an-dangitry agny anarô, fa mitovy amin'ny zegny nagnandesan'ny razandrô anarô mpaminany.²⁴ Fa loza ho anarô manan-karena, fa azonarô zay mahafa-po anarô.²⁵ Loza ho anarô voky amin'ny ziôty, fa mbala ho mosary anarô afara agny. Loza ho anarô mitokiky amin'ny ziôty, fa hisaona sady hitomagny anarô afara agny.²⁶ Loza ho anarô koa fa mivolagna tsara mikasiky anarô olo jiaby, fa mitovy amin'ny zegny nataon'ny razandrô tamindrô mpaminany sandoko.²⁷ Fa Za mivolagna aminarô zay mitandregny Zaho, tiava fahavalonarô aviô magnanaova tsara amin'ny zay mankahala anarô.²⁸ Tahia zay magnozagno anarô aviô miavavaha ho andrô magnano tsinotsinona anarô.²⁹ Koa misy magnamia taifaka takolaka araiky, amia izy koa ilany. Koa misy olo mangala lambanao, aza mitana na dia akanjonao aby.³⁰ Amia zaigny mangataka aminao jiaby. Koa misy olo mangala ra nao, aza mangataka zegny aminao.³¹ Kara zaigny tianao ataon'olo aminao, tokony hataonao amin-drô koa zegny.³² Fa koa olo tia nao fo tiavinao, ino soa ho azonao amin'ny zegny? Na mpanonta aby mba tia zaigny tia izy koa.³³ Koa amin'ny zaigny magnano soa anao fo agnanaovanao soa, ino so ho azonao amin'ny zegny? Na mpanota aby magnano kara zegny.³⁴ Koa tsy mampindragna koa fa tsy amin'olo zaigny hambaisanao fa hagnampody zegny aminao fo anao, ino soa ho azonao amin'ny zegny? Na mpanota aby mampindragna mpanota, mba hahazahoany kara zegny koa.³⁵ Tiava fahavalonarô aviô magnanaova tsara ho izy regny. Mampindrama kay aza miambigny valiny fa ho mavety valisoanarô avio ho zanaka Avo Indrindra anarô, fa Izy taignany zegny tsara fagnahy amin'ny zaigny tsy misaotra ndraiky olo ratsy fagnahy.³⁶ Manâgna famindram-po, kara Babanarô mpamindra fô³⁷ Kaza mitsra, aviô tsy tsaraigna anarô. Kaza magnasazy, aviô tsy ho saziagna anarô. Mamelâ hafa, aviô ho voavela anarô.³⁸ Magnamaiza, kay amiagna anarô zegny. Fahafotafotafy, miara-voahontsagna aviô mitoboka _ hararaka am-pofognanao io. Araka fahamatranarô, hifamaragna anarô kara zegny koa."³⁹ Izy aviô nagano fagnoharagna tamin-drô. "Kay olo jamba mba afaka mitariky olo jamna hafa? Koa magnano zegny Izy, hilatsaka an-kady agny irô roe sa tsia?"⁴⁰ Mpianatra araiky zegny tsy be nony mpaminany, fa jiaby zaigny nahatanteraka fiofanagna zegny hitovy amin'ny mpaminany.⁴¹ Nagnino anao miza sombin-kazo ely agnatin'ny mason'ny ralahinao ao, naifa anaot sy mahatsikaritry vatan-kazo agnaty masonao ao?⁴² Akôry ivolagnanao rahinao heo: 'Ry ralahy, mamelâ za hagnadoso sombin-kazo amin'ny masonao io,' kay fa tsy hitanao aby vatan-kazo amin'ny masonao iô? Ray mpiatsaravelatsihy! Adosoa amin'ny masonao aloha vatan-kazo, amin'ny zegny hahita tsara anao kay afaka hagnadoso sombin-kazo amin'ny mason'ny ralahinao iô.⁴³ Tsisy hazo tsara hamokatra voankazo lo, na hoe hazo lo hamokatraka voankazo tsara.⁴⁴ Fa hazo tsiraik'araiky zegny hay amin'ny karazam-boankazo zaigny vokariny. Fa tsy afaka hioty aviavy amin'ny fatsiky olo, na hangala voalobaka amin'ny hazona voafehy.⁴⁵ Olo tsara mamokatra zaigny tsara baka amin'ny harena saon'ny fony, aviô olo ratsy mamokatra zaigny ratsy baka amin'ny haren-dratsin'ny fony. Fa zaigny aboakany fony volagnin'ny vavany.⁴⁶ Magnino anarô mikaiky Za hoe: 'Tompo, Tompo,' naifa anarô tsy mankatoa zaigny ra volanko?'⁴⁷ Olo jiaby magnatogno Za ndraiky maregny volagnanaka aviô mankatoa zegny, kay anarô hivolagniko hoe kara ino izy.⁴⁸ Kara olo nanangana tragno izy, nandavaka laligny amin'ny tany tiô aviô nagnôrigny fototry tragno agnabony vatolampy tiô. Koa fa navy zegny tondra- drano, nandriaka nanohitra zegny tragno zegny rano be, fa tsy nampihaontsagna izy, fôtony tsara ôrigny izy.⁴⁹ Zaigny olo maregny volagnanaka naifa tsy mankatoa zegny, mitovy amin'ny olo zaigny nagnôrigny tragno agnabon'ny tany kay tsy nagnisy fototra. Koa fa nandriaka namely tragno io rano be, lavo direct zegny, aviô ravagna tantairaka zegny."

Chapter 7

¹ Koa fa navita nivolagna ra jiaby taohan'ny vahoaka tiô zegny Jesosy, nidriky tao Kapernaomy Izy. ² Kay nisy kapitainy araiky nanagna mpanompo tegna najaigina, aviô narary sady fa mariny ho faty izy. ³ Koa fa naregny mikasik'i Jesosy Kapiteny io, nagniraka loholon'ny Jiosy andaiha Aminany izy, hangataka Izy mba ho avy hitaha mpanompony. ⁴ Koa fa navy tamin'i Jesosy tiô iro, nangataka mare taminany, nivolagna hoe: "Mendrika izy hagnanaovanao zegny ho izy, ⁵ fôtony tiany firenenanay, aviô izy araiky nagnamboatra Synagoga ho anay." ⁶ Kay nanohy lalagna niaraka tami-drô Jesosy.

Mbala tsy lavitry tragno zegny Izy, nandaifa namagna kapiteny nivolagna Taminy hoe: "Tompo o, aza manahira-taigna Anao, fôtony tsy mendriky hidiranao ambanin'ny tafo-tranoko ao za." ⁷ Dikany zegny tsy nihevitra taignako ho mendriky han-keo Aminao za, fa mivolagna volagna araiky fo ho janga mpanompoko. ⁸ Fôtony ity koa lelahy ambany fahefagna, managna miaramila ambaniko ao koa. Volaniko amin'ny araiky ty hoe: 'Mandihana,' mandaiha izy, aviô amin'ny araiky hafa: 'Avia,' tamy izy, aviô amin'ny mpanompoko hoe: 'Ataova ity,' ataony zegny." ⁹ Koa fa naregny zegny Jesosy, Variagna taminany Izy, nitodiky tami-ndrô vahoaka zaigny nangnaraka Izy nangnanao hoe: "Volanko aminarô, fa na dia tagny Israely aza tsy nahitako finoagna kara ty." ¹⁰ Koa fa nipody tantragno tagny irô nirahagna, nahita fa salama tsara mpanompo io. ¹¹ Tafarany zegny ely, nandaiha tagny amin'ny tanàna atao heo Naina i Jesosy, sady niaraka Taminany irô mpianatranany ndraiky irô vahoaka maro be. ¹² Koa fa nariny varavaragna tanàna Izy, tiô fo, nisy lelahy araiky fa maty nindesiny vahoaka, zanaka lahy tokan'ny mamany (mpitondrataigna), aviô vahoaka maro be baka amin'ny tanàna io niaraka taminany. ¹³ Tompo ka fa nahita izy zegny, nalahelo izy tantairaka kay nivolagna hoe: "Aza mitomagny." Izy aviô niakatra sady nikasiky vata ¹⁴ nagnandaisandrô razagna, nijanogno irô nitondra zegny. Nivolagna Izy: "ry tovolahy, Za mivolagna aminao, miangana." ¹⁵ Niangana ilay maty kay nanomboko nivolagna, aviô Jesosy nanolotro izy tamin'ny mamany tiô. ¹⁶ Nandresy irô jiaby favozogana, kay nanohy nidera an-dragnahary directe irô, nivolagna hoe: "Mpaminany mavety natsangana amintsika eto" avio "Zagnahary nitsinjo olonany." ¹⁷ Ity vaovao mikasik'i Jesosy ity zegny niparitaka nagnairagna an'i Jodia ndraiky faritry magnodidigny jiaby. ¹⁸ Irô mpianatr'i Jaona nivolagna taminany mikasiky irô ra reo. ¹⁹ Nikaiky aroe tami-ndrô mpianatra Jaona kay nagniraka irô ho agny amin'ny Tompo mba hivolagna hoe: "Anao mba araiky hoa avy, sa tokony mbala hiza hafa zahay?" ²⁰ Koa fa nagnatogno mariny Jesosy zegny irô, Volagnindrô lelahy hoe: "Jaona mpanao batisa nagniraka zahay aminao aty hagnontany hoe: 'Anao mba araiky ho avy, sa tokony mbala hiza hafa zahay?'" ²¹ Kay tamin'ny fotoagna zegny nahajanga olo maro tamin'ny aretigny ndraiky fahoriagna aviô fanaintaigana baka ami-ndrô fagnahy ratsy Izy, aviô olo jamba nampahitavany. ²² Jesosy namaly kay nivolagna tami-ndrô hoe: "Anarô koa fa baka nandaiha tamin'ny lalagnanarô, volagna amin'i Jaona zaigny ra hitanarô ndraiky ra regnina. Nahita ny jamba, nandaiha ny malemy, nadio irô boka, naregny ny maregniny, nitsangan-ko velogno ny maty, aviô nitoriagna filazantsara olo agnatin'ny tsy fahampiagna. ²³ Sambatra olo zaigny tsy mitsahatra mino Zaho nony ataoko." ²⁴ Izy koa fa roso irô irak'i Jaona, nanomboko nivolagna tamin'ny vahoaka Jesosy mikasik'i Jaona hoe: "Hiza ino niboanarô tambadiky tagny? Volotara nahozongozognon'ny tsiko sa?" ²⁵ Fa hiza ino niboanarô tagny? Lelahy magnano akanjo tsara sa? Zahava irô zaigny magnano akanjo lafo vanga ndraiky irô miaigny amin'ny fiainagna soa ao zegny amin'ny lapan'ny mpanjaka ao. ²⁶ Fa hiza ino niboanarô tagny? Mpaminany sa? Kay, volaniko aminarô, sady mihoatra lavitry nony mpaminany. ²⁷ Izy araiky voasoratra hoe: 'Igny, alaifako mialoha anao mpitondra hafatra, hagnomagna lalagnanao mialoha zaho.' ²⁸ Volanko aminarô, fa aminarô zaigny natera-biavy zegny tsy mavety nony Jaona. Naifa araiky taigna ey amin'ny fanjakan-dRagnahary ao zegny mavety nony izy." ²⁹ (Koa fa naregny zegny olo jiaby, agnisan'ny zegny irô mpamory hetra, nagnambara fa marigny Zagnahary, fôtony natao batisa tamin'ny batisan'i Jaona irô. ³⁰ Fa irô Fariseo aviô mpahay lalagna Jiosy ndraiky nandà tanjon-dRagnahary ho an'ny taignandrô, fôtony tsy nataon'i Jaona Batisa.) ³¹ Amin'ny ino basy afaka mampitaha olo amin'ny tarana ity? Kara ino koa mba irô? ³² Kara tsaiky misaoma amin'ny tsaina igny mba irô zaigny mipaitraka sady mifampikaiky mivolagna hoe: 'Nitsoko sodigny hoanarô zegny zahay, anarô tsy nitsinjaka. Nagnano hira fisaonagna hoanarô zegny zahay, anarô tsy nitomagny.' ³³ Jaona mpagnano Batisa navy tsy nihinagna mofo sady tsy nigiaka divay zegny volagninarô fa: 'Misy devoly izy.' Zanak'Olo navy nihinagna sady niagiaka ³⁴ zegny volagninarô fa: 'Zahava tenda-kanigny sady mpigiaka izy, namandrô mpamory hetra ndraiky mpanota!' ³⁵ Fa fahendregna zegny voamarigny amin'ny jiaby zegny." ³⁶ Kay araiky tami-drô Fariseo ni-invité Jesosy hihinagna miaraka aminany. Koa fa nidriky tan-tragnony Fariseo tao zegny Jesosy, nipetraka tamin'ny latabatra tiô hihinagna. ³⁷ Tiô fo, nisy viavy zaigny mpanota tamin'ny tanàna tao. Izy koa hainy fa nipetraka tamin'ny latabatra tan-tragnony Fariseo zegny Izy, nitondra tavoagny alabastara feno menaka magnitra izy. ³⁸ Kay izy koa zegny nitsangana tafarany mariny vitiny tiô zegny izy, nitomagny, nanomboko nandaiha tamin'ny vitiny tiô ranomasonany, kay nifafany tamin'ny fagneva nany sady niôroko aviô nagnôsotro menaka mangitry tamin'ny vitiny. ³⁹ Fariseo koa fa nahita nanasa Jesosy, nieritreritra, nivolagna hoe: "Koa mpaminany lelahy io, tôkony ho hainy hoe karazagna viavy karakôry manafosafao Izy io, mpanota io." ⁴⁰ Namaly Jesosy kay nivolagna taminany hoe: "Simona, misy ra hivolagniko aminao." Nivolagna izy hoe: "Mpampianatra o! Volagna zegny." ⁴¹ Jesosy nivolagna hoe: "Nisy mpampindra-bola nanagna mpitraosa aroe lahy. Araiky zegny tôkony agnaifa diman-jato denaria, araiky ndraiky dimam-polo. ⁴² Koa fa tsy voahaifandrô taminany zegny ra io, samy nambela irô roe lahy. Dikany zegny, azôvy ami-ndrô roe lahy zegny tegna ho tia Izy?" ⁴³ Smona namlay Izy nivolagna hoe: "Heveriko fa namoizany be." Kay volagniny Jesosy taminany: "Marigny fitsaragnanao." ⁴⁴ Kay nitodiky tamin'ny viavy io Jesosy sady nivolagna tamin'ny Simona hoe: "Hitanao viavy io. Nidriky tan-tragnonao tato Zaho. Tsy namianao rano hasako vitiko anao, fa izy navoakosoko vitinaka reo tamin'ny ranomasony sady namafa irô tamin'ny fagnaivany. ⁴⁵ Tsy niraofinao Zaho, fa hatr'izay nidirako tato, tsy nijanogno nioroko vitinaka izy. ⁴⁶ Tsy nisaoaranao dolily lohanaka, fa izy nagnosotro vitinaka tamin'ny menaka mangitry. ⁴⁷ Dikany zegny, Zaho mivolagna aminao fa, irô fahotagna zaigny maro zegny, voavela fôtony izy be fitiavagna. Fa zaigny nagnambilagna ely zegny, tia ely." ⁴⁸ Kay Izy nivolagna taminany: "Voavela irô fahotagna." ⁴⁹ Irô niara-nipetraka nihinagna tiô zegny nanomboko nifampikoragna tami-ndrô hoe: "Azôvy mba lelahy ty kay mamela irô heloko?" ⁵⁰ Kay Jesosy aviô nivolagna tamin'ny viavy io hoe: "Finoagnanao nahavonjy anao. Mandihana am-piadanagna."

Chapter 8

¹ Tafarany zegny ely, nanomboko nandaiha nitety tanàna vohitra samihafa Jesosy, niotry sady nagnambara filazantsara mikasiky fanjakan-dRagnahary. ² Niaraka Taminany irô roa ambin'ny folo lahy, kara irô viavy sasany zaigny janga tamin'ny fagnahy ratsy ndraiky aretigny: Maria kahiagna hoe Magdalena, fa nagnadosoagna devoly fito; ³ Johana, vadin'i Koza, mpitan-draharahan'i Herodia, aviô Sosana; ndraiky irô maro samihafa koa, tamin'ny fanangnandrô zegny nagnamia zaigny nilaindrô. ⁴ Koa mbala nisy vahoaka maro nivorivory, samy nagnantogno Izy irô olo baka amin'ny isan-tanàna, Kay Izy nagnano fagnoharagna: ⁵ "Nisy mpitsabo niboaka mba hamafy voany. Kay fa nafafiny zegny zigny, sasany voafafy tamin'ny agnison-dalàna kay voadiadia sady lanin'ny vôrognô langitry. ⁶ Sasany ndraiky voafafy tamin'ny vatolampy tegny, izy koa zegny fa naniry, nalazo, fôtony tsy len-deny feky. ⁷ Fa sasany zegny voafafy tamin'ny fatsiky, kay niaraka naniry tamin'ny voa zegny fatsiky sady nampijaly be. ⁸ Sasany voafafy tamin'ny tany lonaka kay namoa tsara vokatra tsara zaigny tsara lavitry mihoatra zato hagny." Tafaran'i Jesosy nivolagna ra reo, nikakiky mare Izy hoe: "Zaigny manan-tsofigny hitandrignesagna, alô mba hitandregny izy." ⁹ Nagnontany Izy irô mpaminany amin'ny tian'ny fagnoharagna zegny hambara. ¹⁰ Nivolagna Izy: "Namiagna anarô fahaizaka ra misitriky fanjakan-dRagnahary, fa ho an'ny hafa zegny Zaho mikoragna amin'ny fagnoharagna, mba tsy ahita irô na dia mahita aby, aviô tsy hahay na dia maregny aby." ¹¹ Kay zao dikan'ny fagnoharagna: ny voa zegny volagnan-dRagnahary. ¹² Irô voanafafy tagnivon-dalagna tegny zegny irô zaigny maregny, nefa devoly aviô koa avy mangala volagna tagnaty fony, mba tsy hino sady tsy voavonjy irô. ¹³ Irô tamin'ny vatolampy ndraiky zegny, irô zaigny maregny volagna, kay nangala zegny amin-kafaliagna. Nefa irô tsisy varany; betibetiky fo finoagnan-drô fa foagna, kay lavo zegny irô koa avy amim'my andra fitsapagna. ¹⁴ Irô voafafy tamin'ny fatsiky zegny, irô olo maregny volagna, fa koa mandaiha amin'ny lalagna zegny irô, ampijalian'ny fiahiaha ndraiky haregna aviô fahafinaratagnan'ity fiainagna ity, kay tsy matoe voany. ¹⁵ Fa voa voafafy tamin'ny tany tsara zegny, irô mregny volagna tamin'ny fo marigny sady tsara, aviô irô nitana izy tsara kay namokatra am-paharaitagna. ¹⁶ Bakô, Tsisy olo, izy koa mampirehitry môtro, manakotro izy amin'ny rakony na hamêtraka zegny ambany fandriagna. Fa, hapêtrany an-tany fasiagna môtro, mba ho hitan'olo jiaby zegny mdriky ao hazavagna. ¹⁷ Fôtony tsy ho hisy takogno zegny tsy ho ampahafantarigny, na raha misitriky zegny tsy ho hiboaka amin'ny mazava iô. ¹⁸ Kay mitandragnêsa tsara, zegny managna, mbala hamiagna be tsy sômasôma, fa zegny tsy managna ndraiky, na zegny mbala heritretiny hanagnany alaigna aminany." ¹⁹ Bakô i reniny ndraiky ralahy nagnantogno Izy, nefa tsy afaka nagnantogno narikitry Izy nohon'ny hamaroany vahoaka. ²⁰ Nisy nivolagna taminany hoe: "Reninao ndraiky ralahinao mitsangana an-tany ao, tia ahita anao." ²¹ Fa Jesosy namaly nivolagna tamin-drô hoe: "Reniko arô zegny mitandregny volagnan-dRagnahary ziô ndraiky magnano sitrapônazy." ²² Ndraiky andra nandêha lakana Izy miaraka tamin'ndrô mpiantranany, Kay Izy nivolagna irô hoe: "Andeha ampitany farihy arÿ atsika." Kay rôso irô. ²³ Fa irô koa fanandeha nisoken-tôro Jesosy. Aviô nisy varatraza navy tamin'ny farihy io, kay feno rano làka, kay tandindon-doza irô. ²⁴ Bakakô nagnantogno Jesosy irô mpiantranazy namôha Izy, nagnano hoe: Tômpo ô! Tômpo ô! Ho faty atsika!" Nifoha directy Izy nivolagna mare tsiko ndraiky rano mihetsiky io, Kay ninjanogno izy aviô, zegny vô nisy fahangignana tio. ²⁵ Kay nivolagna tamin-drô Izy hoe: "Aia finoagnanarô?" Kay navozo salakady gaga irô, nifampagnotany hoe: Azôvy loatra mba lity, mandroaka tsiko ndraiky rano zala, kay mgnéky Izy irô?" ²⁶ Irô bakô nahazo faritr'i Gerasena, zegny ankilany farihin'i Galilea. ²⁷ Kay izy koa fa hiakatra antety Jesosy, nifanôjy tamin'ny lelavy araiky baka ta-tanàna tao nisy devoly. Tsy amin'ny akanjo, bakô fa tsary nipêtraka tan-tragno fa tamin'ny fasagna fo. ²⁸ Fa Izy Koa fanahita Jesosy izy, niafatrafatra maré ndraiky nankôko ta-lohany tiô nivolagna nandrotogno sady mare hoe: "Ino iraisatsika aroé, Jesosy, zanakan-dRagnahary Agnabo indrindra éh? Mangataka aminao za, kaza ampijaligny za." ²⁹ Fa Jesosy nandroaka fagnahy maloto io hiala taminany lelavy io tao. Fôtony fa fotoagna maro nampijaly izy iza, satria éfa nifihiziny tamin'ny silisily ndraiky gadra vy bakô niambesagna any izy, nitosany i silisily igny aviô nandesiny devoly io tan-kotaka tagny izy. ³⁰ Jesosy nagnôntany izy hoe: "Iza azôvy agnaranao? Hoy izy hoe: "Legiona," fôtony fa maro devoly nidriky taminany tao. ³¹ Kay irô niangavy izy mba tsy handefa irô agnatiny lavaka tsy hita farany. ³² Kay nisy andiany komankory maronihinagna tan-kilany bongo tiô. Kay niangavy Izy irô devoly aby mba halêfany amin-drô, nikehiny Jesosy izigny. ³³ Aviô hiboaka tamin'ny lelavy io irô nifindra tamin-drô komankory aby igny, directy nantrentreky tamin'ny hantsagna mijotso amin'ny farihy irô andiany komankory io kay maty. Kay izy koa fa nahita raha jiaby mandalo igny irô tsimagnajany komankory, nilomoay nagnambara irô tan-tanàna ndraiky tant-sabo. ³⁵ Noho zegny hiboaka mponigny ta-tanàna mba hizaharaha nitranga tamin'ny lelavy niboahany devoly io. Kay aviô izy nipêtraka tamin'ny vitiny'i Jesosy tiô, niakanjo sady nahazo jery; bakô navozo irô. ³⁶ Kay aviô ho andrô nahita izigny nagnambara fômba nagnajanga lelavy nanjakan'ny devoly io. ³⁷ Aviô ndraiky irô vahoaka jiaby tamin'ny faritrin'i Gerasena Nangataka Jesosy mba hiala amin-drô ao, fôtony navozo loatra irô. Noho zegny nandeha Izy miaraka amin'ny lakan-drô mba afahan-drô mipody. ³⁸ Ielavy niboany devoly niangavy taminany mba hamela izy andaiha hiaraka aminany, fa Jesosy nandaifa izy, salakady nivolagna izy nagnano: ³⁹ "Mipodiana agny an-tragnonao kay magnamaizagna tatitra feno momba zay nataon-dRagnahary taminao." Abakô i ralelavy nandaiha tamin'ny lalagnany, nagnambara magnairagna tanàna jiaby tamin'ny raha nataon'i Jesosy taminany. ⁴⁰ Aviô izikoa fa nipody Jesosy, nandray Izy iô vahoaka, fa irô éfa niambigny Izy. ⁴¹ Ignny fa nisy lelavy araiky atao hoe iro, zay araiky tamin'ndrô mpitarika tao amin'ny Synagoga, nagnantôgno salakady niankôhoko tiô amin'ny vitin'i Jesosy, mba niangavy Izy mba handaiha agny amin'ny tragnonany, ⁴² satria zanakanazy viavy taokana, tiô amin'ny aroe ambin'ny folo taogno tiô ny iô, ambavahoanan'ny fahafatesagna. Izikoa nandaiha tamin'ny lalagnanany Jesosy, niaraka nifaneritery nagnodidigny Izy irô vahoaka maro be. ⁴³ Abakô nisy

viavy araiky tiô zay efa nandaiha fotoagna efa nandritra aroé ambin'ny folo taogno aviô efa nandany volanany jiaby, [Fagnamarihagna: Irô manam-pahaizagna nizarazara hevitra izikoa tokony ampidiragna eto fehezanteny magnano hoe: "Nandany volanany jiaby (izy)] abakô tsary nisy nagnajanga izy na azôvy na azôvy. ⁴⁴ Abakô izy nandaiha tafaran'i Jesosy sady nikasika rambon-dambanany, kay nitsahatra directy fotoagnanany. ⁴⁵ Jesosy nivolagna: "Azôvy nikasika Zaha tiô?" Izikoa nandà irô olo jiaby, Petera nagnambara nagnano hoe: "Tompo, magnodidigny Anao kony irô vahoaka jiaby io sady manery Anao koa." ⁴⁶ Fa Jesosy namaly izy: "Nisy nikasika Zaha, satria haiko tsara fa nisy hery niala baka tato aminaka." ⁴⁷ Koafa hitany magnagy io fa tsy takotro izy, nangôrôhôrô magnagy iô ndraiky izy niankôko taminany tiô. ⁴⁸ Fa Izy nivolagna taminany: «Ry zanaka vavy, ny finoagnanao no nahajanga anao. Fa mandihana am-piadanagna. » ⁴⁹ Avy iô koa mbola nivolagna fo izy, nisy olo araiky avy tagny amin'ny tragnon'ny mpitarika synagoga, nagnano karaty: «Maty zanakanao magnagy. Aza sahiragninao eky mpampianatra io.» ⁵⁰ Regnin'i Jesosy volagna zegny, namaliany volagnan'i Jairo avy tiô karaty: «Aza mavozo ; minoa fo anao, fa ho njanga fo izy. ⁵¹ Koafa nandaiha an-tragnony zegny Izy tsy nagneky idiran'olo kafa ankotran'i Petera, i Jaona avy iô Jakoba, ndraiky babandrô-ntsaiiky sy renindrô-ntsaiiky. ⁵² Avy iô olo jiaby nisaona ndraiky nitomoangny izy, ⁵³ Fa Izy nivolagna karaty: «Aza mitomoangny; tsy maty izy fa mandry.» Naharegny izegny irô nitokiky Izy, satria haindrô tsara fa maty io tsaiiky magnagy io. ⁵⁴ Fa nalainy tamin'ny tagnanany izy ka nikaiky mare, nivolagna karaty: «Zanako, mitsangana!» ⁵⁵ Nipody fagnahinany, baka iô izy niangagna. Avy iô nagniraka irô Izy agnamia hanigny azy. ⁵⁶ Gaga Ray aman-dreniny, fa Izy ndraiky nagnamafy irô baika tsy ivolagnadrô i raha aby niboaka tiô na amin'izôvy na azôvy.

Chapter 9

¹ Nikaiky irô aroe ambinifolo lahy Izy sady nagnamia gôvo irô ndraiky fahefagna amin'ny setoany jiaby ary hitaha aretigny jiaby. ² Nalêfany zegny irô andêha hagnambara fanjakanan-dRagnahary ndraiky hagnajanga ny marary. ³ Nivolagna tamin-drô Izy fa: "Kaza mitondra raha foeiky amin'ny dianarô_ tsisy tihina, tsisy saka ny vatsy, tsisy mofo, tsisy vola, ary tsisy akanjo anoloagna. ⁴ Zay tragno hijanonanarô, mijanona ao mandra-pialanarô. ⁵ Tsisy tany angala anaro, izikoa fa miala amin'ny tanàna zegny anarô, adosoa posiera amin'ny vitinarô baika ho fitsaganagna vavolombelogo anohanananarô irô." ⁶ Aviô zegny loso irô ary namakivaky irô tanàna, nagnambara tenin-dRagnahary ndraiky nagnajanga raha jiaby tagny. ⁷ Ary nitandrignêsan'i Heroda mpanjaka aby irô raha nandalo jiaby, sady very hevitra izy, fôtony sasany nivolagna fa Jaona mpagnano batisa zegny nitsangana tamin'ny maty, ⁸ ary voavolagna koa fa niboaka Elia, ary sasany ndraiky koa mivolagna fa araiky tamin-drô mpaminany aby igny nitsangana tamin'ny maty. ⁹ Nivolagna Heroda hoe: "Za nanapaka ny lohan'i Jaona, kay azovy koa arignêsako raha kara zegny?" Ary niêzaka nitady Azy izy. ¹⁰ Izikoa fa nimpody zegny irô apostoly, nitantara raha jiaby vitan-drô taminany irô. Aviô nandesiny niaraka taminany irô, ary nandêha nitôkana tamin'ny tanàna atao hoe Betsaida. ¹¹ Izikoa naharegny raha mikasiky zegny irô vahoaka, nagnaraka Izy koa. Kay niraisiny irô sady nambarany irô koa ny fanjakan-dRagnahary, sady nagnajanga zay nila zegny Izy. ¹² Ary koa fa ho ariva andra, nagnatogno Izy irô aroe ambin'ny folo kay nivolagna hoe: "Alifasa mody amin'ny tanàna magnodidigny ndraiky ambanivolo agny irô vahoaka aby io mba hahita anigny tôromaso ndraiky anigny, fôtony atsika io amin'ny tany tsisy raha." ¹³ Fa nivolagniny tamin-drô: "Aminananarô raha ho hanigny irô." Ary nivolagna koa irô hoe: "Zay tsisy raha ankatran'ny mofo dimy ndraiky laoko aroe _ ka tsy raha andêha hividy hanignin-drô olo jiaby io zahay." ¹⁴ (mandêha dimy arivo tiô zegny lehilahy tiô). Ary nivolagna tamin-drô mpianatranany zegny Izy hoe: "Apitraha ho vondrognô dimampolo isan'isany aby irô." ¹⁵ Kay nataon-dro zegny, ary sady nampipetraka irô vahoaka. ¹⁶ Nalainy irô mofo dimy ndraiky laoko aroe igny, sady niandra lagnitry Izy, nisaotra irô ary nirasainy, kay namiany irô mpianatra zigny mba amiagna irô vahoaka. ¹⁷ Nihina irô jiaby sady afa-pô, ary najarigny zay tsy lany _ kay nisy nisy pôtipôtiny roa ambin'ny folo harogno. ¹⁸ Ary izikoa fa nivavaka manôkagna Jesosy, niaraka taminany zegny irô mpianatra. Kay nagnontany irô Izy, hoe: "Azovy ma ataon-drô vahoaka aby io Za?" ¹⁹ Namaly irô hoe: "Jaona mpagnano batisa. Fa sasany ndraiky mivolagna hoe Elia, ary sasany koa mivolagna fa nitsangana tamin'ny maty araiky tamin-drô mpaminany taloha aby igny." ²⁰ Ary nivolagna koa Izy hoe: "Fa azovy Za aminao?" Namaly Petera hoe: "Ilay Kristy Zagnahary." ²¹ Fa tsy niboany hivolagna zegny amin'olo zegny irô, ²² sady nivolagna hoe: "Ny Zanak'olombelogo ane tsy maintsy hijaly amin'ny raha maro ary tsy hiken-drô lohologno ndraiky lohan'ny mpisorogno ary irô mpagnano lalâgna, hivonoeigny Izy ary hitsangana amin'ny andra fahatelo." ²³ Ary nivolagniny tamin-drô jiaby: "Izikoa misy tiagnaraka za, tsy maintsy mandaha aigninany izy ary mitondra hazofijaliagnanany isan'andra ary nagnaraka za. ²⁴ Zay olo tiagnavotro aigninany, nohon'ny fitiavagna za, havotro zegny.

²⁵ Ino mba raha tsara azon'olo amin'ny fanagnana eto an-tany, kanêfa magnary na koa amamotiky aigniny? ²⁶ Fa zay olo megnatra aminaka ndraky irô volagnanaka, ho megnatra izy koa Zanak'olo jiaby koa fa avy amin'ny voninahitrinany, ndraiky voninahitry ny Baba ndriky irô anjely masigny Izy. ²⁷ Fa volagniko mazava aminarô, fa ny sasany amin-drô mitsangana eto tsy hahita fahafatesaga alohan'ny hahitany fanjakan-dRagnahary." ²⁸ Ary valo andra tafaran'ny nivolagnan'i Jesosy irô volagna aby io zegny, nindesiny niaraka taminany Petera ndraiky Jaona ary Jakoba kay niaraka nanonga bongo hivavaka. ²⁹ Izikoa nivavaka zegny Izy, niboaka endriky soranany, sady nivadiky fotsy mangilangilatra ankanjonany. ³⁰ Tiô fo, nisy aroe lahy nikoragna taminany, Mosesy ndraiky Elia, ³¹ izay niseho tamim-boninahitry mangilangilatra. Nikoragna mikasiky fialany Izy, zay hidesiny ho hatao agny Jerosalema. ³² Ary Petera ndraiky irô zay niaraka taminany zegny tafandry aby, fa koafa tegna taitry tsara irô, nahita ny voninahitrinany ndraiky irô lehilahy aroe

nitsangana niaraka taminany.³³ Ary izikoa niala lavitr'i Jesosy irô, nivolagnin'i Petera taminany: "Tompo, tsara amintsika midôko eto fo. Ambila zahay agnamboatra tragno ely telo, araiky ninao, araiky ny Mosesy, ary araiky ny Elia." (Tsy hainy raha nivolagniny.)³⁴ Tam-pivolagnana zegny izy nisy zavogno nanarogno irô, kai navozo irô koa fa nihidriky tagnaty zavogno tao.³⁵ Nisy fiô niboaka baka tao, nagnano hoe: "Ity Zanakô lahy, araiky vohafidy; tandrignèsa Izy." ³⁶ Koa fa nivolagna fiô igny, Jesosy zaraiky fo hita tiô kai nangigny sady tsisy olo nivolagnan-drô raha nandalo tamin'ny andra ny zegny.³⁷ Ary andra magnaraka zo, izikoa fa nijotso baka tamin'ny bongo tagny zegny irô, vahoaka maro nifanôjy Izy.³⁸ Tiô fo, nisy lehilahy araiky baka tamin-drô vahoaka tao nihiaka maré nagnano hoe: "Ry mpampianatra o, mangataka aminao za mba zahava zanakô lahy ty, fa zanakô tôkagna izy." ³⁹ Hitanao, misy fagnahy mibaiko izy kai mihiaka tampoko izy; mampiñenjagna izy zegny sady mampiboaka rehoko amin'ny vavany. Tsy miala aminany zegny sady manoragna izy teteraka.⁴⁰ Nangataka tamin-drô mpianatranao za mba agnadoso zegny fa ts afakan-drô." ⁴¹ Namaly Jesosy nivolagna hoe: "Anarô tsy mpino ndraiky taranaka ratsy fitondran-tegna, nombiagna no tsy maintsy hipitrahako miaraka aminarô ndraiky hipitrahako miaraka aminarô? Indèsa aty zanakanao," ⁴² Izikoa nagnatogno tsaike lehilahy io, natsipin'ny satoany tamin'ny tany izy sady nampitsipatsipaka izy. Fa Jesosy nivolagna maré tamin'ny fagnahy maloto io sady nagnajanga tsaike lehilahy io, ary nagnampody izy tamin'ny Babany.⁴³ Ary aviô koa zegny gaga aby olo jiaby nahita ny habèzan'ny Zagnahary. Izikoa fa gaga tamin'ny raha jiaby nataony zegny irô, ⁴⁴ nivolagniny tamin'ny mpianatranany hoe: "Ambilaha irô volagna aby ty ho tafidriky laligny an-tsofinin-drô: ny Zanak'olo zegny ho vadiagna ho an-tagna'olo." ⁴⁵ Fa tsy azon-drô fagnambaragna zegny. Nasitriky irô zegny zigny, nohon'izegny, tsy azon-drô dikan'ny zegny, ary mbala navozo irô hagnontany mikasiky fagnambaragna zegny.⁴⁶ Aviô zegny nanomboko nisy tsy fitovizan-kevitry tamin-drô ny amin'ny ho tegna maventy amin-drô.⁴⁷ Fa Jesosy, nahay raha niheverin-drô tam-pô-drô tagny, kai nangala tsaike ely araiky kai napetrakany tankilany tiô ⁴⁸ ary nivolagna tamin-drô hoe: "Fa zay olo mangala tsaike ty amin'ny agnaranaka, dikany zegny mangala Za izy; ary zay mangala Za, midika fa mangala ilay nagniraka Za. Fa zay farany madiniky aminarô no tegna maventy." ⁴⁹ Jaona namaly hoe: "Tompo o, nahita olo araiky nagnadoso setoany tamin'ny agnarao kai nisakananay izy, fôtony izy tsy magnaradia miaraka aminay." ⁵⁰ "Aza tohanagna izy," nivolagin'i Jesosy, "fôtony tsy manohitry anarô kai mitaha anarô." ⁵¹ Izikoa andra ampiakaragna Izy, nandeha agny Jerosalema Izy.⁵² Nandèfa mpitondra hafatra Izy talohanany, ary nandèha irô nihidriky tamin'ny tanàna Samaritana araiky mba hagnomagna raha jiaby ho Azy.⁵³ Fa ny vahoaka tao tsy nandray Izy, fôtony nitodiky andèha Jerosalema Izy.⁵⁴ Izikoa nahita zigny Jakoba ndraiky Jaona mpianatra, nivolagna irô hoe: "Tompoko, izikoa zahay itondra môtro baka an-dagnitry agny hamotiky irô io?" ⁵⁵ Fa nitodiky Izy sady nivolagna maré tamin-drô, ⁵⁶ ary nandèha tamin'ny tanàna hafa irô.⁵⁷ Ary koa fa nandèha tamin'ny lalàgna zegny irô, nisy olo araiky nivolagna taminany hoe: "Agnaraka Anao za zay tany imboanao." ⁵⁸ Namaly Jesosy: "Ny amboahaolo managna lavaka, ary irô vôrognô an-dagnitry misy ny akany, fa ny Zanak'olo tsisy tany asiagna lohany." ⁵⁹ Ary Nivolagniny tamin'ny hafa koa hoe: "Magnaraha Za." Fa hoy izy: "Tompoko, ambèsa atsindriky za andèha andevigny Babako." ⁶⁰ Namaly koa Izy hoe: "Ambilaha ny maty andevigny ny maty aminany ao. Fa anao, mandihana aviô mandria an-tany lavitry agny sady hitaro ny fanjakan-dRagnahary." ⁶¹ Ary nisy olo hafa koa nagnano hoe: "Hagnaraka Anao za, Tompo, fa amilaha akendriky za agnanao veloma irô an-tragnonaka agny." ⁶² Nambaran'i Jesosy Izy hoe: "Tsisy olo mitana angady sady miherigny kai mendriky andèha amin'y fanjakan-dRagnahary."

Chapter 10

¹ Ary tafaran'ny raha aby igny zegny, nifidy fitopolo lahy [Fanamariagna: Maro amin-drô fandikagna taloha tegna tsara zegny magnano hoe: "Fitopolo," Fa sasany ndraiky magnano hoe: "aroe abi-fitopolo."] hafa ny Tompo, ary nandèfa irô tsiaroeroe Talohanany tamin'ny tanàna jiaby ndraiky tany fandianany.² Nivolagniny tamin-drô fa: "Be ny vokatra, fa vitsy ny mpiasa. Noho izegny hangataha topin'ny vokatra mba handèfa mpiasa handèha amin'ny vokatra agny." ³ Mandihana amin'ny lalagnanarô. Zahava, alèfako kara zanakô ôndrikôdriky agnison'ny ambo_ anarô.⁴ Kaza mitondra sakam-bola, na raha fatao entaga, na kiraro, ary aza magnano malatsara amin'olo foeky na azovy na azovy amin'ny lalàgna agny.⁵ Zay trago hidiranarô, volagna aloha hoe: "Fiadanagna anie amin'ny tragno ity!" ⁶ Izikoa misy olo'ny fiadanagna ao, hipetraka aminany ny fiadanagna nivolagninarô igny, fa izikoa ndraiky tsisy, himpody aminarô zigny.⁷ Mipitraha amin'ny tragno io fo, minana ndraiky migia zay raha amian-drô, fa ny mpiasa mendriky karama nany. Kaza mifindrafindra tragno.⁸ Fa amin'ny tanàna idiranarô, kai mandray anarô, hano zay amian-drô anarô,⁹ ary sitragna zay marary ao. Volagna amin-drô hoe: "Fa marikitry anarô ny fanjakan-dRagnahary." ¹⁰ Na ombiagna na ombiagna anarô miditry tanàna kai tsy mandray anarô irô, miboaha an-dalagna ary volagna hoe: " ¹¹ Na fôtaka ny tanananarô mipetaka amin'ny vitinay bala fafanay fo hanohitry anarô! Ataova an-taigny fa: Efa marikitry ny fanjakan-dRagnahary." ¹² Ambarako anarô fa amin'ny andra ny fitsaragna, mbala Sodoma moramora liferigny toy izay tanàna io. ¹³ Loza ho anao, ry Korazina! Loza ho anao, ry Betsaida! Fa izikoa asa maventy zay natao taminao no natao tagny Tyro ndraiky Sidona, efa ela irô nibebaka, nipetraka tamin'ny lamba fisaoragna ndraiky lavenogno. ¹⁴ Sitrany Tyro ndraiky Sidona mety liferigny kara ninarô. ¹⁵ Anao, ry Kapernaomy, anarô mba mieritreritry ho hatsangana andèha an-dagnitry? Tsia, hidesigny mijotso amin'ny fiainan-tsi hita agny anao. ¹⁶ Zay mitandregny anarô zegny mitandregny Za, ary zay tsy magneky anarô koa tsy magneky Za, ary zay tsy magneky Za, tsy magneky Izy nagniraka Za koa." ¹⁷ Nimpody an-kafaliagna irô fito-polo, kai nivolagna hoe: "Tompo, na setoany mbala nagneky zahay fo tamin'ny agnaranao." ¹⁸ Jesosy nivolagna tamin-drô hoe: "Nizaha satana latsaka baka an-dagnitry agny Za kara telatra igny." ¹⁹ Zahava, fa efa namiako anarô ny fahefagna handemy ny menaragna, ny maigoko, ary ambonin'ny

hery ny fahavalo jiaby, ary tsisy raha andratra anarô amin'ny fomba hafa.²⁰ Na dia zegny ndraiky, kaza ravoravo amin'ny zegny fo, hagneky anarô ny fagnahy fa miravoravo fa voasôratra an-dagnitry agny agnaranarô."²¹ Tamin'ny andra io fo zegny izy ravoravo tamin'ny fagnahy Masigny, ary nivolaga hoe: "Midera Anao za, ry Baba, Tompon'ny lagnitry ndraiky tany, fa efa nasitrikinao raha aby ragny tamin'ny hendry ndraiky manan-tsaigany, ary nambara tamin-drô tsisy raha hay, kara ataon'ny tsaike madiniky. Ya, Babako, fa zegny raha ankasitragina tsara amin'ny masonao."²² Raha jiaby zegny nankinin'ny Baba taminaka, ary tsisy mahay hoe azovy Zanaka koa tsy Baba fo, ary tsisy mahay hoe azovy Baba koa tsy Zanaka ndraiky zay nisafidin'ny Zanaka haboaka Izy."²³ Aviô zegny nijotso tamin-drô mpianatra Izy kai nivolagna mangigiginy hoe: "Sambatra izay mahita irô raha aby hitanarô io."²⁴ Ambarako aminarô, mpaminany ndraiky mpanjaka maro no nagniry ahita raha hitanarô io, fa tsy hitan-drô zegny, ary aregny raha regninaro koa, fa tsy regnin-drô koa zegny."²⁵ Igny, nisy mpampianatra lâlagna ny Jiosy araiky nitsangana mba hitsapa Izy, kai nivolagna hoe: "Mpampianatra o, ino mba tsy maintsy ataoko baika andova ny fiainagna mandrakizay?"²⁶ Namaly izy Jesosy hoe: "Ino mba raha voasôratra amin'ny lâlagna ao? Karakôry famakianao zegny?"²⁷ Nagnamia valiny izy hoe: "Tiava ny Tompo Zagnaharinao amin'ny fônao jiaby, amin'ny fagnahinao jiaby, amin'ny gôvonao jiaby, ary amin'ny fisaiganao jiaby sady namanao kara tegnano."²⁸ Nivolagna taminany Jesosy hoe: "Marigny valinteninao. Ataova zegny, fa ho velogno anao."²⁹ Fa mpampianatra igny, tiankamarigny tegna zegny, nivolagna tamin'i Jesosy hoe: "Izovy mba namako?"³⁰ Namaly azy i Jesosy kai nivolagna hoe: "Nisy lehilahy araiky nijotso baka tagny Jerosalema handêha Jeriko. Izy zegny azin-drô mpandroba, nagnendaka fanagnana taminany jiaby, ndraiky namopoko izy, ary tsy nambêlan-drô ka tsy fa ho faty."³¹ Ary sendra nisy mpisorogno nandalo tamin'ny lâlagna io, ary izy koa nahita izy igny, niary tambadiky.³² Kara zegny koa Levita araiky, koa fa nandalo tiô koa kai nahita izy, niary tam-badiky koa.³³ Fa nisy Samaritana araiky ndraiky, koa fa nadêha tany nandianany izy, navy tamin'ny tany nisy izy io. Koa fa nahita izy zegny izy, nahitsy tiô izy.³⁴ Kai nagnatogno izy sady namehy ny bay taminany, ary nagnidigny menaka ndraiky divay tamin'iô. Nampidroaniny bibinany izy, kai nandesiny tamin'ny tragnom-bahiny tagny, ary nikarakarainy.³⁵ Kiaka andra, nangala denaria aoe izy, ary nagnamia zegny tamin'ny tômpitrango, sady nivolagna hoe: 'karakaray izy, ary na otrino laninao mihotra, lera za mimpody, magnêfa izy.'³⁶ Azovy amin-drô telo aby igny, eritreretinao fa, naman'i araiky niravain'olo igny?"³⁷ Namaly mpampianatra igny: "Araiky nagnampy izy igny." Nivolagna Jesosy hoe: "Mandihana ary magnanaova kara zegny koa."³⁸ Ary koa niaraka nandêha irô, niditry tamin'ny tanàna araiky Izy, ary nisy magnangy araiky atao hoe Marta nampidriky Izy tan-tragnony.³⁹ Nisy rahavavy atao hoe Maria izy, izay nipetraka tamin'ny vitin'ny Tompo sady nitandregny volagnanany.⁴⁰ Fa Marta sahiragna nikarakara anigany hamiagna Izy. Nagnatogno Jesosy izy, nagnano hoe: "Tompo, tsy mampagnino Anao rahavaviko nangnambêla za zaraiky hanompo Anao? Kai mba volagna izy hagnampy Za."⁴¹ Fa namaly Tompo hoe: "Marta, Marta, misahiragna amin'ny raha maro loatra anao,"⁴² kanêfa raha araiky fo tegna ilaigana. Maria fa nifidy raha tegna tsara, izay tsy adoso aminany eky."

Chapter 11

¹ Ity raha nisy izikoa fa nivavaka tamin'ny tany araiky Jesosy, isy araiky tamin-drô mpianatranany nivolagna taminany hoe: "Tompo, mba hampianara mivavaka zahay kara nampianarin'i Jaona irô mpianatranany igny."² Nivolagna tamin-drô Jesosy: "Izikoa fa mivavaka anarô volagna hoe: 'Baba o, hohamasigniny anie ny agnaranao. Ho avy anie ny fanjakanano.'³ Amia zahay ny anigninay isan'andro.⁴ Avela ny fahotagnanay, kara ny namelahanay izay nagnano ratsy taminany. Aza mitonga zahay amin'ny fakam-pagnahy."⁵ Nivolagna tamin-drô Jesosy hoe: "Azôvy aminarô nohisny namagna, ary handêha aminany agny sasakaliginy, ary hivolagna aminany hoe: 'Ry namagna, mba ampidrama môfo telo za,'⁶ fa misy namako araiky navy baka lavitry, ary tsisy raha misy aminaka ao amiagna izy."⁷ Ary mety hamaly izy araiky tan-tragno tao hoe: 'Aza mangnelingeligny za.' Efa mifody varavaragna, sady za ndraiky zanako, fa agnabo fandriagna. Tsy afaka mitsangana za hagnamia môfo anao.'⁸ Mivolagna aminarô Za, fa na dia tsy mitsangana ndraiky magnamia môfo anarô izy fôtony namany anarô, nohon'ny fasahiragnanarô tsisy hegnatra zegny, hitsangana izy sady hagnamia môfo ilainarô jiaby.⁹ Mbala mivolagna aminarô ndraiko koa Za, mangataha, fa hamiagna anarô; mitadiava, fa hahita anarô; konkogna, fa hampidiriginy anarô.¹⁰ Fa olo jiaby zay mangataka zegny mahazo aby, ary izay mitady koa mahita; ary zay olo mangnonkogno, hampidiriginy.¹¹ Azovy aminarô rai-pianakaviagna kai, izikoa mangataka laoko zanakanarô, kai anadeha aminanarô bibilava fa tsy laoko? [Fagnamariagna: Irô fandikagna tegna tsara misy vaki-teny fôkifôky, izay ariahantsika eto. Ny fandikagna taloha ndraiky misy vaki-teny lavalava, izay hita amin'ny Matio 7: 9 koa: "Raim-pianakaviagna azôvy aminarô, izikoa mangataka mofo zanakanarô, no hagnamia vato izy? Na laoko agnamia izy bibilava?"¹² Izikoa mangataka atody, kai amianarô raha tsy manjary?¹³ Dikany zegny, anarô koa ratsy fagnahy aza magnamia raha tsara zanakanarô, kai karakôry loatra habêzan'ny Fagnahy Masigny hamian'ny Babanarô an-dagnitry agny ho an'izay mangataka aminany?"¹⁴ Ary Jesosy nandroaka setoany moha. Koa fa niboaka setoany igny, nanjary nahay nivolagna lehilahy moha igny, ary gaga vahoaka.¹⁵ Fa olo sasany ndraiky nivolagna fa: "Baka amin'ny Belzeboba, mpitariky setoany, nandroasany setoany."¹⁶ Ny sasany ndraiky nitsapa Izy ary nitady sady nitady famantaragna baka amin'ny Zagnahary taminany.¹⁷ Kanêfa hain'i Jesosy raha tagnaty lohan-drô kai nivolagniny tamin-drô: "Irô fanjakagna jiaby zay misarasaraka aby io ho ravagna aby, ary ny tragno zay misarasaraka koa ho rongana."¹⁸ Kai setoany koa niady an-tragno, akôry koa ampaharitry fanjakagnanany? Kai anarô mivolagna fa Za mandroaka setoany amin'ny agnaran'i Belzeboba.¹⁹ Izikoa zegny Za mandroaka setoany amin'ny agnaran'ny Belzeboba, baka amin-jôvy koa ma androahan'ny

mpagnara-dia anarô izy? Dikany zegny, irô no hitsara anarô.²⁰ Fa izikoa mandroaka setoany baka amin'ny rantsan-tagnan-dRagnahary Za, avy amianarôny fanjakan-dRagnahary.²¹ Izikoa nahampy fitaovagna tsara zegny lehilahy matanjaka araiky miambigny tragno, voaaro aregnanany,²² fa izikoa draiky matanjaka noho izy lehilahy araiky kai mandresy izy, alain'ny lehilahy araiky maherhery aminany fiadivagna, ary ho ravainy koa fanagna'ny lehilahy.²³ Zay tsy miaraka aminaka, manohitry Za, ary zay tsy mikambagna miaraka aminaka misaka koa.²⁴ Izikoa fa miala amin'olo araiky ny fagnahy ratsy, rôso izy mandêha mamakivaky tany tsisy rano sady mitady fijanonagna. Ary izikoa tsy mahita, mivolagna hoe: 'Andêha himpody amin'ny tragno niaviako za.'²⁵ Izikoa tafimpody, izy hitany tragno io voadio sady milamigny koa.²⁶ Aviô rôso ndraiky koa izy mitongno fagnahy ratsy hafa koa mandêha fito miaraka aminany izy ary mihidriky mba hipêtraka ao koa irô. Kai ho ahay ratsiratsy ny taloha tiô zegny ny fiafaran'olo igny.²⁷ Izikoa fa nivolagna irô raha aby io zegny Izy, nisy magnangy araiky nampanonga feo tagnaty ny vahoaka ary nagnano hoe: "sambatra ny kibo niteragnaka Anao ndraiky nono ninononao."²⁸ Fa nambarany ndraiky: "Sitrany olo mitandregny volagna Zagnahary ndraiky mitana zegny no tegna sambatra."²⁹ Ary izikoa mbala mitombo zegny vahoaka, nanombolo nivolagna zegny Jesosy hoe: "Ity taranaka ity zegny taranaka ratsy. Mitady famantaragna zegny Izy, kanêfa tsisy famantaragna atao eky izy koa tsy famantaragnan'i Jona fo."³⁰ Fa karaha ny navian'i Jona ho famantaragna tamin-drô Ninivita, kara zegny koa famantaragna Zanak'olo amin'ny taranaka ty.³¹ Ny Mpanjaka vavin'ny Atsimo zegny hitsangana amin'ny fitsaragna miaraka amin-drô lehilahy amin'ity taranaka ty kai hagnasazy irô, fa navy baka amin'ny faran'ny tany agny izy mba hitandrignesana'i Solomona, ary igny, eto olo maventy noho Solomona.³² Ny lehilahin'i Ninive zegny hiaraka hitsangana amin'ny taranaka ity amin'ny fitsaragna ary hagnasazy izy, fôtony nibebaka tamin'ny toroten'i Jona irô, ary io, misy olo maventinventi'i Jona eto.³³ Tsisy olo kaibaka nandretry môtro kai, apetrakany amin'ny tany takotro na koa ambany arognô, fa atao amin'ny fipitrahan'ny môtro, baika itan'olo midriky hazavagna igny.³⁴ Masonao no jiro ny vatagna. Izikoa tsara masonao, rakotro hazavagna hegninany jiaby. Fa izikoa ndraiky rasty masonao, feno hiziky tagnanao.³⁵ Dikany zegny, mitandrema anarô mba tsy hahiziky ny hazavagna aminarô ao.³⁶ Ary izikoa feno hazavagna sady hegninarô jiaby koa zegny tsisy tapany tavêla agnaty hiziky, ho kara ny jiro mampazava ny hazavagna amin'ny hegninao jiaby.³⁷ Koa fa vita koragnanany, nisy Fariseo nangataka Izy hiaraka hihinagna aminany an-tragnony agny, kai nihidriky Jesosy nipetraka.³⁸ Gaga i Fariseo io fa tsy nisasa akendriky Jesosy alohan'ny hihinagna.³⁹ Fa nivolagnin'ny Tompo hoe: "Anarô Fariseo, zegny magnadio ambêlagna bakôly ndraiky kapila, kanêfa agnatiny ao feno loto ndraiky faharatsiagna."⁴⁰ Anarô hely jery! Tsy olo nagnano raha tagnatiny tao fo koa mba nagnano araiky hivêlany io?⁴¹ Amêza ny mijaly agny raha agnatiny io, fa hadio ho anarô aby raha jiaby.⁴² Fa loza ho anarô Fariseo, fôtony magnêfa ny ampahafolon'ny solila ndraiky rota ary kakazo an-tsaha agny anarô, kanêfa tsy nisakananarô ny fahamarignana ndraiky fitiavan-dRagnahary. Ilaigna ny magnano marigny ndraiky mankatia Zagnahary, no sady tsy magnadio magnano raha hafa koa.⁴³ Loza ho anarô Fariseo, fa tianarô ny pilasy voalohany amin'ny Synagoga agny ndraiky fiarabagna feno fagnajagna amin'ny tsena agny.⁴⁴ Loza ho anarô koa, fa anarô zegny mangataka fasagna tsisy famantaragna diavin'olo nêfa tsy hainy aby.⁴⁵ Araiky tamin-drô mpampianatra lalâgna nivolagna taminany hoe: "Mpampianatra o, raha volagninao zegny magnambanibany zahay koa."⁴⁶ Nivolagna Jesosy: "Loza ho anarô mpampiana-dalâgna! Fa mampitondra entagna mavêsatra tsy liôn'olo anarô, kanêfa na rantsan-tagnanarô araiky tsy mikasiky entagna zegny foeky.⁴⁷ Loza ho anarô, fôtony magnôrigny fasagnan-drô mpaminany anarô, kanêfa razambenarô no namono irô.⁴⁸ Kai vavolombelognô sady mangneky asan'ny razagnanarô anarô, fa namono irô marigny irô ary anarô no magnôrigny fasagnanany.⁴⁹ Nohon'izegy koa, no nagnambarany fahendrehana-dRagnahary hoe: "Handêfa mpaminany ndraiky apostoly amin-drô Za, ary irô hamono ndraiky hagnejiky sasany amin-drô."⁵⁰ Ity taranaka ity, zegny, no ho tômpin'andraikity amin'ny lion-drô mpaminany jiaby nilatsaka zisaka amin'ny tany jiaby ty,⁵¹ nanomboko tamin'ny lion'i Abela zisaka amin'i Zakaria, izay nivonegna tangnivoron'ny alitara ndraiky fipetragna masigny. Ya, ambarako mazava tsara aminarô, fa taranaka ity no ho tômpin'ny antoko.⁵² Loza ninarô mpampianatra lalâgnan'ny Jiosy, fôtony nalainarô ny lakilé ny fahaizagna; tsy mihidriky agnaty ao anarô, sady sakananarô koa zay olo mihidriky.⁵³ Tafaran'i Jesosy niala tiô, tsy nagnêky raha nivolagniny zegny irô mpagnano lalâgna ndraiky irô Fariseo ary niady hevitra taminany mikasiky raha marô,⁵⁴ sady nihêzaka namandriky Izy tamin'ny volagnanany fo koa.

Chapter 12

¹ Tamin'ny zegny, koa fa niaraka nivory zegny vahoaka mandêha arivo, maro loatra irô kai nifandiadia vity irô, voalohany zegny nanomboko nivolagna tamin-drô mpanatranany Izy hoe: "Tandrema ny voafitakana-drô Fariseo, fa fiatsarambelatsihy io." ² Fa tsisy takony raha tsy haboaka, ary tsisy misitriky raha tsy hay. ³ Kai zay raha nivolagninarô tamin'ny mahiziky tao, ho regny amin'ny fahazavagna, ary zay nivolagninarô tamin'ny sofigny tagnaty tragno tao zegny ambara amin'ny tafi-tragno ao. ⁴ Za mivolagna aminarô namako, aza mavoza irô mamon-tegna io, ary afaran'ny zegny, tsisy raha mety atao eky. ⁵ Fa hampitadrigny anarô Za amin'ny raha avozoagna. Matahôra Araiky zegny, koa fa mamono, managna fahefagna magnary anarô amin'ny môtrobe agny. Ya, Za mivolagna aminarô, matahôra Izy. ⁶ Tsy lafo farantsa ely aroe ma ny tsintsina dimy? Kanêfa tsisy araiky amin-drô igny adignan-dRagnahary. ⁷ Na fagnêvanarô mbala voakôty fo. Aza mavoza. Fa manan-danja mihoatra nohon'ny tsitsina maro anarô. ⁸ Za mivolagniko aminarô, zay olo magneky Za agnivoron'olo, ny Zanak'olo koa zegny hagneky izy agnivoron'ny Anjelin-dRagnahary, ⁹ fa zay mandà Za agivoron'olo ndraiky ho tsy hiekena angnivoron-drô anjelin-dRagnahary. ¹⁰ Zay olo mivolagna manohitry zanak'olo, liferigny aminany zegny, fa zay

magnaraty manohitry Fagnahy Masigny ndraiky, tsy ho voalefitry eky zegny.¹¹ Izikoa mitondra anarô amin'ny Sinagoga, irô mpanjaka, ndraiky irô manam-pahefagna zegny irô, aza miasaloha amin'ny fomba fivolagnan-drô ho fiarôvan-tegnanarô, na raha hivolagninarô,¹² fôtony Fagnahy Masigny zegny hampianatra anarô zay raha tôkony hivolagninarô amin'ny fotagna zegny.¹³ Aviô nisy olo araiky baka atamin-drô vahoaka tao nivolagna hoe: "Ry mpampianatra, volagna rahalahiko mba andrasa lova aminaka."¹⁴ Nivolagin'i Jesosy taminany: "Ralehilahy, azôvy mba nagnano fa Za mpitsara sady mpagnelagnelagna anarô?"¹⁵ Nivolagniny tamin-drô: "Mitandrêma baika hitananarô ny tegnanarô lavitry irô fagnirahan-dratsy jiaby, fôtony fiaignan'olo araiky zegny tsy miankiny amin'ny abêzan'ny fanagnany."¹⁶ Aviô Jesosy nagnano fagnoaragna araiky tamin-drô hoe: "Namokatra be zegny tsabo ny lehilahy mpanakarena araiky,¹⁷ ary nagnotany tegna izy hoe: "Ino raha ataoko, fa tsisy tany agnanaovako irô vokatra naka aby io za?"¹⁸ Nivolagna izy: 'Ity raha ataoko. Ravaniko irô tragno fagnanaovako vokatra aby io ary hanangana maventiventy ndraiky za, sady amin-drô io agnanaovako vokatrako ndraiky vokatra hafa koa.¹⁹ Kai hivolagna amin'ny fagnahiko za hoe: "Ry Fagnahy, anao magna vokatra be voatana agnatin'ny taogno maro. Mijanona tsara, mihinàna, migia, mifalia."²⁰ Fa Zagnahary nivolagna taminany hoe: 'Ralehilahy adala, niany aligny fagnahinao no halaigina aminao, kai irô raha aby nomagninao io, nijôvy irô io?'²¹ Zay olo mamory haregna ho an'ny tegnany ary tsy manan-karegna amin'ny Zagnahary."²² Jesosy nivolagna tamin-drô hoe: "Dikany zegny, volagniko aminarô, fa kaza miasaloha raha amin'ny aigninarô- zay ahaninarô, na koa momban'ny tegnanarô-zay hisikininarô."²³ Fa ny aigny zegny mihoatra noho irô fisikiny io.²⁴ Dinia ny goaika, tsy mamafy na mangala regny. Tsisy fasiagna vokatra zegny na tragno agnanaovagna izy, kanêfa amian-jagnahary hanigny regny. Karakôry mba fihorananarô lanja mihoatra irô vôrognô aby io!²⁵ Azovy aminarô mba fa nagnampy akio andra araiky iaigany amin'ny asaloha?²⁶ Kai izikoa raha farany ely zegny tsy hainarô atao, nagnino anarô mbala miasaloha amin'ny sasany tavêla?²⁷ Dinia koa irô lilia_ karakôry faniriany. Tsy miasa irô igny, na mitsabo. Kanêfa ambarako anarô fa, na Solomona tamin'ny voninahitranazy jiaby mbala tsy nisikiny kara irô igny.²⁸ Izikoa ampisikininy-dRagnahary kara zegny irô ahitry aby angnaty ala agny, niany ity, ary amaray zigany ariagna agnaty fatagna, ino antony ampisikininy anarô mihoatra lavitry noho irô igny, anaro ry hely finoagna o!²⁹ Kaza mitady raha hoaninarô ndraiky raha higianarô, ary aza miasaloha.³⁰ Fa irô firenena jiaby eto an-tany io mitady irô raha aby zegny, ary hain'ny Babanarô fa anarô mila raha aby zegny.³¹ Fa tsakaraha ny fanjakanganany, fa hamiany fagnampiana ho anarô raha aby zegny.³² Aza mavozo, ry andian'ondry vitsy, fôtony Babanarô zegny tegna ravoravo hagnamia anarô fanjakagna.³³ Alafôsa fanagnanarô ary amiaza ny mijaly. Magnanova fipitrahambola ny haigninarô izay tsy mety ho feno_ haregna agny an-dagnitry tsy mety lany, izay tsisy mpangalatra marikitry, ary tsisy kalalao mandrobaka.³⁴ Fa agny amin'ny tany pitrahanarô, agny fo koa tany idôhanarô.³⁵ Tôkony akanjo lavanarô fo hitaonarô ny valagnanarô, ary ny jironarô hirehitry fo,³⁶ ary magnanaova kara irô olo miambigny tôpiny hipody baka amin'ny fetin'ny fampakaram-bady, baika izikoa fa avy izy kai mangnonkogno, hafaka agnabiagna varavaragna ho anany aby irô.³⁷ Sambatra irô mpanompo, zay hitan'ny tômpiny fa niambigny izy avy. Ambarako anarô tsara, fa hisikiny lambanany lava amin'ny valagnany izy, ary hampipetraka irô amin'ny latatatra, kai ho avy izy ary hanompo irô.³⁸ Koa ho avy amin'ny fotoagna faharoe amin'ny aligny ny tompo, na amin'ny fotoagna fahatelo, kai mahita irô vôgnono, ho sambatra irô mpanompo irô.³⁹ Fagnampin'izegny ataova antsaigany ity, fa izikoa hain'ny tômpin-tragno lèra avian'ny mpangalatra, tsy nambêlany tragnonany hivakigna izy.⁴⁰ Mivognôsa koa, fa tsy hainarô ny fotoagna avian'ny Zana'olo."⁴¹ Nivolagna Petera hoe: "Tomo, aminay fo mba hivolagnanao fagnoaragna zegny, sa amin'olo jiaby koa?"⁴² Nivolagna Tomo fa: "Azôvy basy ny mpitantagna mahatoky ndraiky hendry izay ho tidren'ny tômpiny ho agnabon-drô mpanompony hafa mba agnamia irô anjara hanigni-drô amin'ny fotoagna mety?"⁴³ Sambatra mpanompo zegny, izay hitan'ny tômpiny magnano zegny koa fa avy izy.⁴⁴ Ambarako mazava tsara aminarô fa hitindreny hitantagna fanagnanany jiaby izy.⁴⁵ Fa izikoa mivolagna am-pônany mpanompo zegny hoe: 'nahemotry ny tompoko ny fodiany,' kai manomboko mamono irô mpanompo lahy ndraiky vavy, ary mihina ndraiky migiaka, kai mamô,⁴⁶ i tômpin'ny mpanompo zegny ho avy amin'ny andra tsy ampoiziny, ary amin'ny fotoagna tsy hainy, sady hanapatapaka izy kai hagnomagna toeragnanany miaraka amin-drô tsy mahatoky.⁴⁷ I mpanompo zegny, nahay sitrapôn'ny tômpiny, kanêfa tsy niomagna na nagnano kara sitrapônny, kai hipopogna amin'ny koboay maro.⁴⁸ Fa zay tsy nahay ary nagnano raha tôkony hazahoagna popoko ndraiky, hipopogna amin'ny koboay hely. Fa irô jiaby namiaha be, tegna be raha takigna aminany, ary irô zay magnakiny be, zegny ho be lavitry raha hangatahigny aminany.⁴⁹ Navy Za hanipy môtro agnabon'ny tany, ary karakôry fagniriagnanaka mba hiriêtany zigany dirêkity.⁵⁰ Fa misy fagnanôvagna batisa mba hagnaôvagna batisa Za, ary karakôry jalinaka mandra-pivitahan'ny zegny!⁵¹ Anarô mihevitra fa avy Za baika hitondra fiadanagna eto an-tany? Aha, Za ndraiky mivolagna aminarô fa fisaragna.⁵² Manomboko ziôtzy zegny hisy dimy agnaty tragno araiky izay hisarasaraka_ olo telo manohitry ny aroe, ary olo aroe manohitry ny telo.⁵³ Hisarasaraka irô, baba anaohitry zanany lahy, ary zanany lahy hanohitry babany; reniny hanohitry zanany vavy ary zanany vavy hanohitry mamany; ny rafozam-bavy hanohitry ny vinanto vaviny, ary vinanto vaviny hanohitry rafozam-baviny."⁵⁴ Nivolagna tamin-drô vahoaka koa Jesosy hoe: "Izikoa mahita zavogno mifôrognô andrêfa anarô, volagninarô dirêkity hoe: 'Hisy mahaleny ho avy, ary avy marigny zegny.'⁵⁵ Izikoa ndraiky misy tsiko baka atsimo, mivolagna koa anarô hoe: 'Hisy hafanagna be ho avy,' ary avy zegny."⁵⁶ Ry mpiatsaravelatsihy, hainarô mandika toetriny ny tany ndraiky lagnitry, fa ino ndraiky tsy ahaizanarô mandiniky andra zioty?⁵⁷ Nagnino anarô tsy mitsara raha marigny volagninarô?⁵⁸ Fa izikoa mandêha miaraka amin'ny mpagnandraga aminarô manoloagna mpitsara agnabo anarô, an-dâlagna agny zegny miezaha handamigny olo miaraka aminany baika tsy handianany handentiky anarô amin'ny mpitsara, ary mba tsy

andifasan'ny mpitsara anarô amin'ny mpamehy agny, ary baika tsy handifan'ny mpamehy anarô am-ponja agny.⁵⁹ Kai volagniko aminarô, anarô tsy ho tafiboaka ao foeky mandra-pagnifahanarô vôle tegna madiniky."

Chapter 13

¹ Tamin'ny andra zegny, nisy olo sasany tiô nivolagna taminany mikasiky irô Galiliana tsy niken-drô nafangaron'i Pilato tamin'ny sorony manôkagna. ² Namaly Jesosy sady nivolagna tamin-drô hoe: "Anarô mba mieritreritry fa irô Galiliana aby io zegny mpanota mihoatra noho irô Galiliana hafa jiaby fôtony nijaly kara zegny?" ³ Tsy marigny, Za mivolagna aminarô. Fa izikoa tsy mibebaka anarô, anarô jiaby io ho faty kara zegny. ⁴ Na irô olo valo ambin'ny folo tao Siloama nilavoan'ny tilikambo kai nahafaty irô, kai anarô mihevitra fa tegna mpanota ratsy mihoatra noho irô lehilehy tã-Jerosalema aby igny? ⁵ Tsy zegny, fa Za mivolagna. Fa anarô koa tsy mibebaka, anarô jiaby io koa ho faty aby. ⁶ Nagnano fagnoaragna ity Jesosy hoe: "Nisy olo nanagna kakazon'aviavy araiky natsabo tamin'ny tantsahany ary navy izy sady nizaha voan-kazo taminany tiô kanêfa tsisy raha itany. ⁷ Nivolagna tamin'ny mpagnano zaridaina zegny i lehilahy io hoe: 'Za navy teto nandritra ny telo taogno nizaha voany tamin'ny aviavy ity kanêfa tsy nahita foeky. Kapao io. Nagnino mba io ambè mandrobaka tany?' ⁸ Namaly mpagnano zaridaina igny hoe: 'Ambila io fo atsendriky izy amin'ny taogno ity mandra-pangadiako magnodidigny izy ndraiky hagnanaovako zeziky aminany. ⁹ Izikoa mamoa amin'ny taogno ho avy io, tsara, fa izy ndraiky koa tsy zegny, kapao agny!'" ¹⁰ Ary Jesosy zegny nampianatra tamin'ny Synagoga nandritry ny Sabata. ¹¹ Tiô fo, nisy magnangy araiky nisy fagnahy ratsin'ny fahalimegna nandrita ny valo ambin'ny folo taogno tiô, ary nivokiny izy sady tsy navita nitsangana tsara. ¹² Jesosy koa nahita izy, nikaiky izy sady nivolagna hoe: "Ry vehivavy, agaka amin'ny fahalemegnanao anao." ¹³ Napetrakany tamin'ny taghany, ary niaraka tamin'igny zegny niangana viahy igny ary nidêra Zagnahary. ¹⁴ Kanêfa ny mpandidy manapaka ny Synagoga zegny neloko noho fagnajangana nataon'i Jesosy tamin'ny andra Sabata io. Nohon'izegny, namaly mpanapaka io ary nivolagna tamin'ny vahoaka hoe: "Misy tsota andra tôkony iasagna. Mavia sady sitragna, fa tsy amin'ny andra Sabata jiaby ity." ¹⁵ Namaly zegny Tompo hoe: "Ry mpiatsaravelatsihy! Anarô ndraiky ma tsy samy mamaha omby na boriky amin'ny varionany sady mitondra izy higiaka rano andra Sabata? ¹⁶ Ary kara zegny koa zanakavavin'i Abrahama ity, izay voafehy ny setoany nandritry ny valo ambin'ny folo taogno, kai tsefa tôkony vahagna fehinany amin'ny andra Sabata?" ¹⁷ Ary koa fa nivolagna raha jiaby zegny Izy, negnatra irô jiaby nanohitry Izy, fa vahoaka jiaby ndraiky ravoravo noho irô raha jiaby malaza nataony. ¹⁸ Ary nivolagna koa Jesosy hoe: "Karakôry ma fanjakan-dRagnahary zegny, ary karakôry koa avitako agnôva zegny?" ¹⁹ Izegny kara voatsinampy nalaigina ndraiky nafafin'ny lehilahy araiky tan-jaridainany, kai nanjary kakazo maventy be araiky, ary ny vôrognô lagnitry nagnaboatra tragno tamin'ny rantsagnany." ²⁰ Mbala nivolagna ndraiky koa Izy hoe: "Ino raha afaka ampitahako amin'ny fanjakan-dRagnahary? ²¹ Zegny kara raha masigny nalain'ny magnangy araiky kai nafangarony tamin'ny koba in-telon'ny famoaragna mandra-piparitahany tagnatin'ny koaba tao." ²² Nandêha zegny Jesosy nitety tanàna ndraiky bongo tsaraikiariky tan-dalagna mandêha Jerosalema sady nampianatra irô. ²³ Nisy araiky nivolagna taminany hoe: "Tampo, vitsy fo ma olo hivonjegna?" Ary nivolagna tamin-drô Izy hoe: ²⁴ "Miadiva mihidriky varavaragna ary anarô, fôtony, Za mivolagna aminarô, fa maro olo tîtsôfotro, fa tsy afaka hidriky. ²⁵ Koa fa nitsangana tômpin-tragno ary namody varavaragnanany, hitsangana an-tany io anarô hangnonkongno varavaragna sady hivolagna hoe: 'Tampo, Tompo, ampidiro zahay.' Izy hamaly kai hivolagna hoe: 'Anarô tsy haiko na tany fihavianarô.' ²⁶ Ary hivolagna koa anarô hoe: 'Nihinagna ndraiky nigiaika talohananao tio zahay, ary Anao efa nampianatra tamin'ny lalabenay.' ²⁷ Fa Izy hivolagna hoe: 'Za fa mivolagna aminarô, tsy haiko tany fiavianarô. Mialà aminaka eto, anarô mpagnano ratsy!' ²⁸ Hisy fitomagnia ndraiky fifodia-nify izikoa amin'ny anarô mahita Abrahama, Isaka, Jakoba, ndraiky mpaminany jiaby ami'ny fanjakan-dRagnahary ao, kanêfa anarô voaroaka an-tany. ²⁹ Irô zegny ho avy baka antsignana, andrêfa, avaratra, ary atsimo kai ipetraka amin'ny latabatra ny fanjakan-dRagnahary. ³⁰ Ataova an-tsaigny, fa irô zay tsy manan-danja no ho voalohany, ary zay tegna manan-danja no farany." ³¹ Tafara ely ny zegny, nisy Fariseo sasany navy nivolagna taminany hoe: "Mandiana miala eto fa Heroda ti-amono Anao." ³² Nivolagna Jesosy hoe: "Mandihana ary volagna amboahaolo zegny hoe: 'Za mandroaka demony ndraiky magnajanga niany ndraiky amaray, ary amin'ny andra fahateo ho tatrako tanjognonaka.' ³³ Nino nino raha mandalo, zava-dehibe aminaka ny manohy iniany, amaray, ndraiky amin'ny andra magnaraka, fôtony tsy ikegna ny famonoagna mpaminany lavitry Jerosalema. ³⁴ Ry Jerosalema, ry Jerosalema, zay olo mamono mpaminany ndraiky mitôpy vato irô nirahigny taminarô. Impiry Za mba nagniry hamory zanakanarô kara ataon'ny akoho mamory zanany ambany elatrany, kanêfa tsy nijirenarô zegny. ³⁵ Igni nialagna tragnonarô. Za mivolagna aminarô, tsy ho hitanarô Za fomba fivolagnanarô hoe: 'Sambatra izay amin'ny agnaran'ny Tompo.'"

Chapter 14

¹ Ary Sabotsy nagnaraka, koa fa nanêha tamin'ny tragno ny araiky tamin-drô mpitariky Fariseo hihinagna mofo Izy, nagnara-maso Izy narikitr'irô. ² Talohanany tiô zegny nisy lehilehy araiky nampijalin'ny edema. ³ Nagnontany irô manampahaizagna Jesosy amin'ny lalâgnan'ny Jiosy ndraiky Fariseo hoe: "Azo atao ma magnasitragna amin'ny andra Sabata, sa tsy mety?" ⁴ Fa irô zegny nangigny fo. Nohon'izegny, nalain'i Jesosy izy, ary nisisitragniny, kai nalefany nandêha. ⁵ Nivolagniny tamin-drô hoe: "Azôvy aminarô manan-janaka lahy na omby latsaka agnaty vôvo amin'ny andra Sabata kai tsy agnantsory izy dirêkity?" ⁶ Irô tsisy nahavita namaly irô raha aby io. ⁷ Izikoa fa tsikaritr'i Jesosy ny fomba fisafidianan-drô olo namiagna toeran-kaja, nagnano fagnoaragna Izy, nivolagna tamin-drô hoe: ⁸ "Izikoa kahigna amin'ny fety ny

fanambadiagna anarô, aza mipetraka amin'ny pilasin'olo manan-kaja, fôtony mety nisy olo nikahiagna mbala manan-kaja noho anarô.⁹ Izikoa avy olo nikaiky anarô igny, hivolagna anarô izy hoe: 'Amiagna olo araiky ity pilasinao, ary haingna-maso maventy ny andiananrô andêha ipetraka amin'ny pilasy tegnany ambany.'¹⁰ Koa fa kahiaga anarô, mandihana ary mipitraha amin'ny pilasy tegnany ambany, amin'ny zegny koa fa mandalo olo nikaika anao, mety hivolagna aminao izy hoe: 'Ry namagna, manonga agnabognabo ary.' Aviô zegny anarô amiagna haja angnivon-drô olo latabatra araiky aminarô io.¹¹ Fa irô olo mangnamboni-tegna, hajotso, ary zay magnambany tegna ndraiky ampanongaigana."¹² Nivolagna tamin'ny lehilahy nagnasa Izy koa zegny Jesosy fa: "Koa fa magnamia hanigny na fagnasagna anao, aza magnasa irô namanao na irô rahalahinao na irô marikitry anao na mpanankaregna manodidigny anao, baika agnasany anao koa ho solon'izegny, ary ho voavaly anao."¹³ Fa izikoa fa magnano fagnasagna anao, kahia ny mahantra, ny kilemengna, ny mandringa, ary ny jamba,¹⁴ fa ho sambatra anao, fôtony tsy afaka amaly ny nataonao irô. Fa anao zegny ho voavaly amin'ny fitsaragna n'ny marigny."¹⁵ Koa fa naharegny irô raha aby zegny araiky tamin-drô niaraka tamin'ny latabatra tamin'i Jesosy tiô, nivolagna taminany izy hoe: "Sambatra izay hihinagna môfo amin'ny fanjakan-dRagnahary!"¹⁶ Fa nivolagnin'i Jesosy tamiany hoe: "Nisy lehilahy araiky nikarakara anigny be ary nikaiky olo maro."¹⁷ Izikoa fa voakarakara anigny jiaby, nagniraka mpiasanany izy hivolagna amin'olo nikahiny hoe: 'Mavia magnantogno, fa raha jiaby efa paré.'¹⁸ Irô jiaby zegny nitovy jery ary nanomboko nagnano fialan-tsigny. Araiky voalohany nivoagna taminany hoe: 'Nividy tan-bary za, kai tôkony andeha za io iza zegny. Miala tsigny za.'¹⁹ Araiky koa nivolagna fa: 'Nividy omby folo za, ary andêha hiza irô io koa zaio. Kai miala tsigny.'²⁰ Aviô nisy lehilahy hafa koa nivolagna hoe: "Vo baka nampika-bady za io, kai nohon'izegny tsy afahako handêha agny."²¹ Kai navy mpiasa sasy nivolagna tamin'ny tompony irô raha aby io. Aviô zegny neloko tômpi-tragno kai nivolagna hoe: "Mandihana amin'ny lalambe ndraiky sisin-dalagna agny an-tanàna eto ary indêsa aty ny mijaly, ny mandringa, ny jamba, ary ny kilemaina."²² Nivolagna ilay niragna hoe: "Tampo, fa vita raha nivolagninao, fa mbala misy pilasy tavela fo."²³ Nivolagnin'ny tompony ity tamin'ny mpanomponany hoe: "Mandiana amin'ny lalambe ndraiky sisin-tsabo ary tiria irô ho avy aty, feno tragonaka."²⁴ Fa ambarako anarô, fa tsisy hagnandragna anigninaka irô olo nikahigna aby igny."²⁵ Ary vahoaka maro no nandêha niaraka taminany, ary nitodika Izy sady nivolagna irô hoe: "²⁶ Koa misy aminarô magnantogno Za ary tsy mankahala ny babany, reniny, ny vadiny, ny zanany, irô rahalany ndraiky irô rahavaviny, ary na fiainagnanany, tsy ho afaka ho mpianatranaka izy."²⁷ Na azôvy na azôvy tsy milanja hazofijaliagna sady magnaraka Za, tsy afaka ho mpianatranaka."²⁸ Fa azôvy aminarô, magniry ny hanangagna tilikambo, no tsy mipetraka aloha ary magnajary ny fandaniagna koa misy raha ilaigna amin'ny fagnamboragna zegny izy? "²⁹ Koa tsy zegny, koa fa namêtraka fôtoto izy kanêfa tsy havita zeny aby, hanomboko handatsa izy irô olo mahita zegny, "³⁰ magnano hoe: 'I lehilahy io nanomboko nanangana kanêfa tsy nahavita foeky.'³¹ Na koa mpanjaka karakôry, koa andêha hisêtra mpanjaka hafa amin'ny ady, no tsy hipêtraka aloha ary angala hevitra koa miaraka amin'ny lehilahy folo arivo kai afaka hiady amin'ny mpanjaka hafa avy manohitra izy miaraka amin'ny lehilahy roapolo arivo? "³² Izikoa tsy zegny, koa mbala lavitry tafiky hafa koa, mitondra ekipa izy ary mangataka fepetra ho amin'ny fiavanagna."³³ Kai noho izegny, na azôvy na azôvy aminarô tsy mahafohy raha jiaby hanagnany zegny, tsy mety ho mpianatranaka izy."³⁴ Tsara ny sira, fa izikoa very tsiron'ny sira igny, akôry koa himpodianany ho masigny ndraiky? "³⁵ Tsisy raha ilain'ny tany izy na zezi-tany. Ariagna fo zegny. Zay misy sofigny hidesigny mitandregny, mba hitandregny."

Chapter 15

¹ Ary irô mpamory hetra jiaby ndraiky mpanota sasany zegny navy tamin'i Jesosy tiô mba hitandregny Izy.² Nifampihomogno tiô irô Fariseo ndraiky mpahay lalâgna, nivolagna hoe: "I lehilahy io mangala mpanonta ary mihina miaraka amin-drô feky."³ Nagnano fagnoaragna ity tamin-drô Jesosy nivolagna hoe: "⁴ Azôvy aminarô, koa misy ôndrikôdriky zato izy ary aviô very araiky amin-drô, no tsy nangnambêla irô sivam-polo sivy amby angnaty vario agny, ary andêha hitady araiky very igny mandra-pahitany izy? "⁵ Ary koa fa hitany zigny, apetrany amin'ny sôrokony sady mifaly izy."⁶ Izikoa avy an-tragno izy, kahiny aby irô namany ndraiky irô mpiara-monigny aminany, mivolagna amin-drô hoe: 'Miravoa miaraka aminaka, fa hitako ôndrikôdriky naka very.'⁷ Kara koa, Za mivolagna aminarô, fa hisy fifaliagna agny an-dagnitry nohon'ny mpanonta araiky mibebaka, mihoatra noho irô olo marigny sivam-polo sivy amby tsy mila mibebaka."⁸ Zay mangnangy misy farantsa ely folo, koa very farantsa araiky, kai tsy andrehitry jiro, hamafa tragno, ary hitady am-pazotoagna mandra-pahitany zegny? "⁹ Koa fa hitany izegny, hikahiny aby irô namany ndraiky mpiara-monigny aminany, kai hivolagna hoe: 'Mifalia miaraka aminaka fa hitako farantsa naka araiky very tiô igny.'¹⁰ Karaha zegny koa, volagniko aminarô, fa misy fety amin'ny anjelin-dRagnahary amin'ny mpanonta araiky mibebaka."¹¹ Aviô Jesosy nivolagna hoe: "Nisy lelahy araiky nanagna zanaka aroe lahy,¹² ary ny faralahy tamin-drô nivolagna tamin'ny babany hoe: 'Baba ô, amêza za anjara lova naka.' Kai nirasainy tamin-drô fanagnany."¹³ Tsy ela tafarany zigny, araiky faralahy igny namory aregnanany kai nandêha tamin'ny firenena araiky lavitry tiô, ary izy nandany haregnanany jiaby tamin'ny adalagna."¹⁴ Ary izikoa fa laniny zegny raha jiaby, nisy fasahiragnana maventy zegny nandalo tamin'ny firenena io, kai nanomboko tsisy raha izy."¹⁵ Nandêha izy ary nikarama tamin'olo araiky mipetraka amin'ny firenena io tao fo, kai nadêfa izy tamin'ny rôvanany tagny ampihina komankory."¹⁶ Tegna tihinagna hanigny kosoa io izy, fôtony tsisy olo nagnamia izy raha foeky tao."¹⁷ Fa izikoa fa tontohitra zegny i faralahy io, kai nivolagna izy hoe: 'Firy amin-drô mpiasan'ny babako agny misy hanigny mihoatra ny sahaza izy, ary ity raha mahazo za, matin'ny silôngno! "¹⁸ Za hiala eto ary andêha ody amin'ny

babako agny, sady hivolagna aminany hoe: "Baba ô, efa nanonta tamin'ny lagnitry za, ndraiky taminao koa." ¹⁹ Tsy mendriky kahiagna zanakanao eky za; ataova kara mpiasanao aby io za." ²⁰ Noho izegny nandèha izy kai nody amin'ny babany. Mbala lavitry zegny izy fa itan'ny babany, ary tohigny nalahelo, kai nilomay nagnatogno, ary nitologno ndraiky nihôroko izy. ²¹ Nivolagna zanany igny hoe: 'Baba ô, efa nanonta tamin'ny lagnitry za ndraiky taminao koa. Tsy mendriky kahiagna zanakanao eky za.' ²² Nivolagna tamin'ny mpiasanany Babany hoe: 'Angnandèsa akanjo tegna tsara agny malaky, ampisikina izy, ary asiava peratra tagnany, ndraiky kiraro vitiny.' ²³ Aviô amonoa zanaka omby vôn-draka agny. Alô atsika andèha agnanao fety! ²⁴ Fôtony zanako lahy tiô maty, ary ziôty izy velogno ndraiky. Very izy, ary hita ndraiky koa.' Aviô nanomboko nikoragna amizay irô. ²⁵ Ary araiky talagn'olo zegny tagnaty ala tagny. Izy koa fa nody ary nagnantogno tragno zegny izy, naharegny mozika ndraiky tsijaka. ²⁶ Nikaiky araiky tamin-drô mpiasa izy ary nagnotany izy hoe mety ino ma raha zegny. ²⁷ Nivolagna taminany mpiasa igny: 'Nody an-tragno ao rahalahinao kai namonoan'ny babanarô zanaka omby vôn-draka, fôtony navy soa aman-tsara izy'. ²⁸ Neloko talagn'olo igny, ary tsy nahèfa hidriky, kai niboaka babany, ary nanambitamby izy. ²⁹ Kanèfa namaly ilay talagn'olo sady nivolagna hoe: 'Zahava, fa efa maro taongno nanompoako anao, ary tsaro namaly anao, ary anao tsaro mba nagnamia na zanaka bengy araiky nafahako nikoragna tamin-drô namako foeky, ³⁰ Kanèfa koa fa navy zanakanao lahy, zay nandritry fanagnanao tamin'ny makorely, kai nivonenao noho izy zanaka omby araiky nafahy igny.' ³¹ Nivolagnin'ny babany taminany: 'Zanaka ô, anao kony niaraka taminaka teto fo atrizay, ary zay raha naka jiaby ninao koa. ³² Kanèfa rariny loatra izikoa atsika magnano fety, fôtony i rahalahinao io tiô naty, ary velogno ndraiky; very ary hita ndraiky koa ziôty.'"

Chapter 16

¹ Kai nivolagnin'i Jesosy tamin-drô mpianantranany koa hoe: "Nisy lehilahy mpanankaregna araiky nisy mpitantagna, ary nivolagnin'olo taminany tagny fa mpitantagnaio no nandany fanagnany jiaby." ² Kai nampikaiky izy lehilahy mpanankaregna sady nivolagna taminany hoe: 'Ino koa mba raha regniko zegny? Anao magnanaova tatitry mikasiky asa fitantagnanao, fa anao tsy ho afaka ho mpitantagna eky.' ³ Ary ilay mpitantagna nivolagna tan-tsaingniny hoe: "Ino raha tôkony ataoko, fa agnadoso za amin'ny asako sefoko ity? Za tsisy angôvo hiasa tany, ary megnatra angataka za." ⁴ Aiko raha ataoko, izikoa fa adoso amin'ny asa fitantagnako za, hampihidriky za an-tragnon-drô olo aby io." ⁵ Aviô ikay mpitan-draharaha nikaiky araiky araiky tamin-drô mpitrôsa amin'ny tompony, ary nagnontany araiky voalohany izy hoe: 'Ohatrino no anagnan'ny tompoko aminao?' ⁶ Nivolagna izy hoe: 'Menaka oliva zato litatra.' Nivolagna taminany izy hoe: 'Mangala taratasinao, mipitraha malaky, ary diman-polo sorata.' ⁷ Aviô nivolagna tamin'ny araiky koa izy hoe: 'Ohatrino trôsanao?' Nivolagna izy hoe: 'Vary zato gony.' Nivolagna taminany izy hoe: 'Alèva taratasinao' ary sorata hoe valopolo.' ⁸ Aviô ilay tompony igny zegny nihaiky i mpitantagna tsy marigny fôtony niasa tamin'ny afitsiagna izy. Fa fetsifetsy ny zegny koa zanak'olombelogo ambony tany ity amin'ny fifagnaragna amin'ny irô samy olombelogo noho ny zanaka fahazavagna. ⁹ Volagniko aminarô, fa mitadiava namagna amin'ny alalan'ny vôla tsy marigny, amin'ny raha fa lany zegny, kai mety hampidiriny an-tragnonany mandrakizay anarô. ¹⁰ Zay mahatoky amin'ny farany hely zegny mahatoky amin'ny tegnany be, ary zay tsy marigny amin'ny raha tegna hely no tegna tsy marigny amin'ny raha tegna maventy. ¹¹ Izikoa anarô tsy mahatoky fampiasagna vôla tsy marigny, azôvy hatoky anarô amin'ny fanagnana marigny? ¹² Anarô koa tsy mahatoky amin'ny fampiasagna vôlan'olo hafa, azôvy koa olo agnamia vôla anarô mania? ¹³ Tsisy mpanompo afaka manompo tompo aroe, fa na izy hankahala araiky kai ankatia araiky, na koa izy anolo-tegna amin'ny araiky kai agnambanimbany araiky. Tsy afaka manompo Zagnahary ndraiky haregna anarô." ¹⁴ Ary ny Fariseo, izay farany tia vôla, koa fa naharegny raha jiaby zgny, nagnaratsy Izy irô. ¹⁵ Nivolagna tamin-drô Izy: "Anarô mankarimagny tegna imason'olo io, fa Zagnahary mahay fônarô. Za zay hankatsaraigna amin'olo zegny hankahalaigna imason-dRagnahary. ¹⁶ Ny lalâgna ndraiky irô mpaminany fa nisy edy mandra-piavian'i Jaona. Fa rango tamin'ny fotoagna ny zegny, efa nitoriagna ny tenin-dRagnahary, ary ny tsiarakiaraiky fa samy niezaka nangnitsy lalagnanany ho amin'ny zegny. ¹⁷ Fa môramôra kokoa ny hahafoga ny lagnitry ndraiky tany noho ny sôratra tegna hely amin'ny lalâgna ao mbala tsy ho hanan-kery. ¹⁸ Zay misaraka amin'ny vadiny kai mangala magnangy hafa zegny mijangajanga, ary zay mangala magnangy fa baka nanambady koa mbala mijangajanga fo koa. ¹⁹ Ary nisy mpanan-karagna araiky zay nagnano akanjo viôlé ndraiky rongony matify ary nankamamy abèzan'ny aregnany isan'andra. ²⁰ Nisy mpangataka araiky atao hoe Lazarosy nipetraka tamin'ny varavaragnanany tiô, feno bay, ²¹ ary nagniry hihinagna raha latsaka baka agnabo latabatra ny lehilahy mpanan-karegna io. Kanèfa na amboa mbala navy fo nilelatra bay nany. ²² Ary tiô fo naty mpangataka igny kai nidesin-drô anjely tangnilan'i Abrahama. Maty koa i mpanan-karegna igny kai nalevigny, ²³ ary tamin'ny fahavirèzagna, koa fa nampijaligna, niangana nanipy masonry izy ary nahita i Abrahama lavitry tary ndraiky Lazarosy tangnilany tiô. ²⁴ Kai nihiakiaka maré izy sady nivolagna hoe: 'Abrahama baba, mamidrâ fo aminaka ary alifasa Lazarosy, mba hagnajobo tendron-tagnany agnaty rano ary hampanintsinty lelako, fa agnatin'ny fangirifriagna marèsaka agnatin'ny môtro ity ato.' ²⁵ Fa Abrahama nivolagna hoe: 'Zanako, tsarôva fa tamin'ny andra niaignanao anao naharo raha tsara, kanèfa ny Lazarosy raha ratsy. Fa ziôty ndraiky izy aty voatambitamby, ary anao agnatin'ny irifiry. ²⁶ Ankoatra ny raha jiaby zegny, nisy fampagna maventy napètraka, baika tsy afaka hitsaka zay ti-hitsaka baka aty mandèha aminarô, ary tsisy afaka hitsaka baka ary andèha aminay aty.' ²⁷ I lehilahy mpanan-karegna nivolagna hoe: 'Miangavy anao za, ry Abrahama baba, mba hangnirahanao izy andèha amin'ny tragnon'ny babako agny _ ²⁸ fa misy rahalahy dimy za _ baika afahany mampitandrigny irô, nohon'ny fahavozaagna ny havian-drô amin'ny tany fijaliagna aty koa.' ²⁹ Fa nivolagnin'i Abrahama:

'Managna Mosesy ndraiky mpaminany irô; tôkony hitandregny irô zegny irô agny.'³⁰ Ary namaly lehilahy mpanan-karegna hoe: 'Tsy marigny, ry Abrahama baba, fa izikoa ndraiky misy araiky baka amin'ny maty aty mandêha amin-drô agny, mety hibebaka irô.'³¹ Fa Abrahama ndraiky nivolagna taminany hoe: 'Izikoa irô mbala tsy mitandregny i Mosesy ndraiky irô mpaminany agny, fa tsisy andra maharesy lahatra irô eky na misy olo mitsangana amin'ny maty.'"

Chapter 17

¹ Nivolagnin'i Jesosy tamin-drô mpianatranany: "Azo antoko tsara fa hisy raha afaka hangnaposy atsika hanota, fa loza ho an'olo izay havian'ny zegny!"² Tsara tsara aminany asiagna vato maventy amin'ny vozogonany kai atsipy agnaty ranomasigny agny, karazegny ny hahatotohitry araiky amin-drô madiniky aby io.³ Mitandrêma anaroe. Koa manota rahalahinarô, volagna maré izy, ary izy koa mibebaka, mamelà izy.⁴ Izikoa manota aminao impito izy agnatin'ny andra araiky, kai impito koa izy magnantogno anao, magnano hoe: 'Mifona za,' tsy maintsy mamela izy anao!"⁵ Irô apostoly nivolagna tamin'ny Tompo hoe: "Ampitombosa finoagnanay."⁶ Namaly Tompo hoe: "Anarô koa misy finoagna karaha voatsinampy io, afaka mivolagna amin'ny voroihazo io hoe: 'Miobota, ary maniria amin'ny ranomasigny agny,' hagneky anarô izy."⁷ Fa azôvy aminarô, no managna mpanompo miasa tany na miambigny ondry, kai ivolagna aminany koa fa avy baka an-tsabo agny izy hoe: 'Avia malaky mipêtraka hihinagna?'⁸ Fa tsy hivolagna aminany hoe: 'Hagnamboara raha hoaniko agny za, ary asiava fehikibo ankanjonao io kai manompoa za mandrapilanian'ny hanigninaka ndraiky figiako. Aviô amizay anao mihina ndraiky migiaka?'⁹ Tsy misaotra mpanompo igny izy fôtony nagnano raha jiaby nagnirahany izy izy, sa misaotra izy?¹⁰ Na anarô koa zegny, anarô koa fa mahavita raha jiaby zay nagnirahagna anarô, mba tôkony hivolagna hoe: 'Zahay zegny mpanompo tsy mendriky. Raha tôkony nataonay fo nataonay.'" ¹¹ Ary izikoa nandêha Jerosalema zegny Izy, nandêha tamin'ny sisin-tany mampisaraka i Samaria ndraiky Galilia tiô.¹² Koa fa nihidriky tagnaty tanàna araiky zegny izy, nisy bola folo lahy nifanojy taminany tao. Nitsangana lavitry Izy zegny irô¹³ ary nivolagna maré hoe: "Jesosy, Tompo ô, mamindrà fô aminay."¹⁴ Koa fa nahita irô zegny Jesosy, kai nivolagna tamin-drô hoe: "Mandihana ary ampizahava irô mpisorona haighinarô." Lôso zegny irô kai nadio.¹⁵ Izikoa nahita araiky tamin-drô fa janga izy, nimpody, niaraka tamin'ny fiô maré mankalaza Zagnahary.¹⁶ Niôdriky tamin'ny vitin'i Jesosy izy, nagnano fisaoragna Izy. Izy zegny Samaritana.¹⁷ Ary nivolagna Jesosy hoe: "Tsy efa voadio ma irô folo igny?"¹⁸ Fa aia ny sivy? Tsisy hafaka nimpody agnamia fisaoragna Zagnahary foeky, koa tsy vahiny ity fo?"¹⁹ Ary nivolagniny taminany hoe: "Mitsangana, ary mandihana. Finoagnanao no nahajanga anao."²⁰ Koa fa nangnontanian-drô Fariseo hoe ombiagna ny fanjakan-dRagnahary no ho avy, namaly irô Jesosy kai nivolagna hoe: "Tsy taza-maso ny favian'ny fanjakan-dRagnahary."²¹ Ary irô koa tsy hivolagna hoe: 'Zahava, Ity izy! na koa hoe: 'Iry izy! Fa, efa agnatinarô ao ny fanjakan-dRagnahary.'" ²² Nivolagniny tamin-drô mpianatranany hoe: "Avy andra angniriaranô ny hahita ny araiky amin'ny andran'ny Zanak'olo, fa anarô tsy hahita zegny."²³ Ary irô koa hivolagna aminarô hoe: 'Zahava, ary! Zahava, aty!' Fa kaza miboaka na magniagna irô,²⁴ fa karaha tselatra mirehitry mazava jiaby mitaratra baka amin'ny ilany araiky, karazegny ny Zanak'olo amin'ny andran'ny.²⁵ Fa voalohany zegny tsy maintsy hijaly amin'ny raha maro Izy ary tsy hiken'ny taranaka ity.²⁶ Karaha raha nisy tamin'ny andran'i Noa, ny raha hisy amin'ny andran'i Zanak'olo.²⁷ Nihinagna irô, nigiaka, nanambady, namiagna ho ampiakarigny, mandra-piavian'ny andra nidiran'i Noa tagnaty sambofiara _ ary navy ny safodrano kay namono irô jiaby.²⁸ Kara raha nisy tamin'ny andran'i Lota _ nihinagna sady nigiaka irô, nividy ndraiky nigiaka, nitsabo ndraiky nagnano tragno.²⁹ Fa tamin'ny andra zegny niboahan'i Lota baka tao Sodoma, kay môtro ndraiky solifara no latsaka baka an-dagnitry tagny namono irô tao.³⁰ Kay kara zegny koa amin'ny andra hiboan'ny Zanak'olo.³¹ Amin'ny andra zegny, aza ambêla hijotso angala entagnanany hivêlan'ny tragno agny zay amin'ny tafi-tragno; ary aza ambêla himpody koa zay an-tanin'ny tsabo angny.³² Tsarôva vadin'i Lota.³³ Na azovy na azovy mitady hangnavotro aigninany, hahavery izy zegny, fa na azovy na azovy koa hahavery aigninany, hagnavotro izy.³⁴ Za mivolagna aminarô, fa amin'ny aligny zegny hisy olo aroe agnabon'ny fandriagna araiky. Araiky zegny halaigna, ary araiky ambêla.³⁵ Ary hisy aroe vavy miaraka mandisa vary. Araiky halaigna ary araiky ambêla koa."³⁶ [Fankamarignana: irô fandikagna taloha tegna tsara zegny misy andininy faha 36 hoe: "Hisy aroe lahy an-tanin'ny tsabo; araiky halaigna ary araiky ambêla."] ³⁷ Nagnontany Izy irô hoe: "Aia, Tompo?" Ary azôvy nivolagna tamin-drô hoe: "Zay hipitahan'ny faty, zegny agny koa no hisy voatariky hiaraka mivory."

Chapter 18

¹ Aviô Izy nagnano fangnoaragna tamin-drô mikasiky ny tôkony hivavahan-drô mandrakariva, ary tsy ho kivy,² nivolagna hoe: "Tamin'ny tanàna ariky zegny nisy mpitsara zay tsy navozo Zagnahary ary tsy nagnaja olo."³ Ary nisy mpitondra-tegna araiky koa tamin'ny tanàna io tao fo koa, ary nandêha taminany tagny matetiky, nivolaga hoe: 'Ampia za mba hahazo rariny manoloagna ny fahavaloko.'⁴ Fa efa ela izy tsy vôgnono hagnampy izy, fa tafarany elin'izegny nivolagna taminany tôlempiny izy hoe: "Na dia tsy mavoza Zagnahary zegny za na tsy magnaja olo,"⁵ fa efa manahiragna za loatra mpitondra-tegna ity, fa hampiko izy mba hahazoany rariny, baika tsy handrêraka za amin'ny fimpodimpodianany lava aty eky.⁶ Aviô nivolagna Tompo hoe: "Tandrignêsa raha volagnin'ny mpitsara tsy marigny zegny."⁷ Ary tsy hitondra rariny amin'ny zay voafidy zay mikaike maré Izy aligny mantsagna koa Zagnahary? Hangataka andra lava amin-drô mba izy?⁸ Ambarakoa anarô fa hitondra rariny malaky amin-drô izy. Kara zegny koa, izikoa fa avy ny Zanak'olo, hahita finoagna ety an-tany marigny mba Izy?"⁹ Aviô koa zegny Izy nagnano fangnoaragna ity tamin'ny sasany nahatoky tengnan-drô fa marigny ndraiky irô manêvatêva olo hafa:¹⁰ "Nisy aroe lahy nandêha tamin'ny tempoly tao mba hivavaka _ araiky

Fariseo ary araiky ndraiky mpamory hetra." ¹¹ Ilay Fariseo nitsangana ary nivavaka irô raha aby mikasiky tany aby ireto: 'Zagnahary ô, misaotra Anao za fa tsy mitovy amin'olo hafa _ mpangalatra, olo tsy marigny, mpampirafy _ na koa kara mpamory hetra io. ¹² Mifady hanigny indroe isan-kerignandra za. Magnamia ny ampahafolon'ny raha azoko jiaby za.' ¹³ Fa ilay mpamory hetra, nitsangana lavidavitry tary, tsy nivolagna raha manandratra masonany tamin'ny lagnitry, fa nandomi-tratra nivolagna hoe: 'Zagnahary ô, mamindrà fô aminaka, mpanota.' ¹⁴ Za mivolagna aminarô, i lehilahy io zegny nimpody nijotso tan-tragnony tagny voamarigny noho ny araiky igny, fôtony zay raha jiaby mangnambony tegna zegny hajotso, fa zay manetri-tegna ndraiky no hampanongaigana." ¹⁵ Ny olo ndraiky zegny nitondra zanany hely Taminany tiô, baika hikasiony irô, fa izikoa nahita zigny irô mpianatra, nivolagna maré irô. ¹⁶ Fa Jesosy nikaiky irô mba hagnantogno Izy, nivolagna hoe: "Ambila ny tsaiiky hagnantogno Za, ary aza sakanagna irô. Fa kara irô ny fanjakan-dRagnahary." ¹⁷ Ambarako anarô mazava tsara, fa tsisy olo hahazo fanjakan-dRagnahary kara ny tsaiiky madiniky kai tsy hidriky agnatin'ny zegny foeky." ¹⁸ Ary nisy mpanapaka araiky nagnontany Izy, hoe: "Mpampianatra tsara ô, ino no tsy maintsy hataoko baika handovako ny fiainagna mandrakizay?" ¹⁹ Nivolagna taminany Jesosy fa: "Nagnino mba Za kahinao hoe tsara? tsisy olo tsara, koa tsy Zagnahary zaraiky fo." ²⁰ Hainao ndraiky irô didy _ Aza mampirafy, aza mamono olo, aza mangalatra, magnajà babanao ndraiky reninao." ²¹ Nivolagna mpanapaka igny: "Fa nataoko aby raha jiaby zegny rango tamin'ny fahatanorako." ²² Koa fa naharegny zegny Jesosy, nivolagna taminany hoe: "Misy raha araiky tsy ampy aminao. Tsy maintsy mivarotro raha jiaby hanagnanao anao ary mirasa izegny amin'ny mahantra, ary hanagna haregna agny andagnitry anao _ ary avia, magnaraka Za." ²³ Fa koa fa naharegny iro raha aby io mpanapaka igny nanjary nalahelo be, fa nanan-draha loatra izy. ²⁴ Ary Jesosy, nahita izy, nanjary nalahelo maré [Fangnamariagna: Irô manam-pahaizagna misara-kevitra koa tókony ampidirigny eto ny volagna hoe: [Izy] zegny nanjary nalahelo maré. Ampitoviza ny And 23] ary nivolagna hoe: "Karakôry fahasarôtan'ny fidiragna amin'ny fanjakan-dRagnahary amin-drô mpanan-draha!" ²⁵ Fa môramôra amin'ny rameva ny hidriky vodim-pandraitry, nohon'ny hidriran'ny olo mpanan-draha araiky amin'ny fanjakan-dRagnahary." ²⁶ Irô olo zay naharegny zegny nivolagna hoe: "Azôvy basy no afaka vonjegna?" ²⁷ Namaly Jesosy: "Irô raha tsy hain'olombelogno hain-dragnahary aby." ²⁸ Nivolagna Petera hoe: "Zahava, fa nialanay aby raha jiaby hanagnany ary nagnaraka Anao zahay." ²⁹ Ary nivolagna tamin-drô Jesosy hoe: "Ambarako anarô mazava tsara, fa tsisy olo nahafohy tragno, na vady, na rahalahy, na ray aman-dreny, na zanaka, nohon'ny fanjakan-dRagnahary," ³⁰ izay tsy tegna hahazo amin'ny tany ity, ary amin'ny andra ho avy, zegny fiainagna mandrakizay." ³¹ Koa fa baka namory irô aroe ambin'ny folo lahy taminany tiô Izy, nivolagnin'ny tamin-drô hoe: "Ziôty, andêha Jerosalema agny atsika, kai irô raha jiaby voasôratran-drô mpaminany aby mikasiky Zanak'olo igny ho tantêraka aby." ³² Fa amiagna irô Jentilisa Izy, kai hitokizagna, ndraiky halaigana baraka, ary ho gadraigna. ³³ Hafaran'ny hamopoagna Izy, hivonen-drô koa Izy ary amin'ny andra fahatelo Izy hitsangana ndraiky koa." ³⁴ Tsisy raha azon-drô tamin-drô raha aby igny, ary nasitriky tamin-drô irô volagna aby zegny, ary tsy azon-drô koa raha nivolagniny. ³⁵ Ary koa fa narikitry Jeriko i Jesosy, nisy lehilahy jamba araiky nipetraka tamin'ny sisin-dalagna nangataka, ³⁶ ary koa naharegny vahoaka nandalo izy, nagnontany raha nandalo izy. ³⁷ Nivolagna taminany irô hoe: nandalo tiô Jesosy baka nazareta. ³⁸ Kai nikaiky maré i lehilahy jamba igny, nagnano hoe: "Jesosy Zanaka Davida, mamindrà fô aminaka." ³⁹ Fa irô olo nandeha taloha zegny nivolagna tamin'ny lehilahy jamba, kai nivolagna taminany mba hangigny. Fa vomaika nihay nikaiky maré zegny izy hoe: "Ry Zanaka Davida, mamindrà fô aminaka." ⁴⁰ Nitsangana Jesosy ary nagniraka mba hagnandêsagna i lehilahy igny aminany. Ary koa fa narikitry Izy lehilahy jamba io, nangnotany izy zegny Jesosy hoe: ⁴¹ "Ino raha tianao ataoko aminao?" Nivolagna izy hoe: "Tompo, tiahitra za." ⁴² Nivolagna taminany Jesosy hoe: "Mahitava. Ny finoagnanao no nahajanga anao." ⁴³ Tiô noho tiô zegny nahita izy ary nagnaraka Izy, nagnamia voninahitry zagnahary. Olo jiaby, koa fa nahita zigny, nagnamia fisaoragna Zagnahary.

Chapter 19

¹ Niditry Jesosy ary nandalo tagny Jeriko. ² Tiô fo, nisy lehilahy atao hoe Zakaioisy zaigany tio. Izy zegny lehiben'ny mpamory hetra sady manan-karegna koa. ³ Nihezaka ny ahita izy hoe azôvy Jesosy, kanêfa tsy nahita tagnatin'olo maro tao izy, fôtony izy fôhiky. ⁴ Kai nilomay nandêha aloan-drô olo aby io izy ary nagnaniky agnabo kakazo araiky baika ahita Izy, fôtony andalo amin'ny lâlagna io Jesosy. ⁵ Koa fa navy tamin'ny toeragna io Jesosy, nikandrakandra Izy kai nivolagna taminany hoe: "Ry Zakaioisy, mijotsoa malaky, fa tsy maintsy hijanogno an-tragnonao ao Za niany." ⁶ Kai nijotso nalaky izy ary nampidriky Izy tan-karavoagna. ⁷ Koa fa nahita zigny olo jiaby tiô, nitaraigany aby, nivolagna hoe: "Niditry hamangy lehilahy tegna mpanonta Izy" ⁸ Nitsangana Zakaioisy kai nivolagna tamin'ny Tompo hoe: "Zahava, ry Tompo, ny antsasaka fanagnanko aminako hoan'ny mahantra, ary izikoa nisy raha nikatramiako olo, honerako aby regny." ⁹ Nivolagna Jesosy fa: "Niany famonjegna avy agnaty tokantragno ity fôtony Zanak'i Abarahama izy. ¹⁰ Fa ny Zanak'olo navy mba hitady ndraiky hagnavotro irô olo very." ¹¹ Koa fa naharegny raha zegny irô, nanohy nivolagna Izy ary nagnano fagnoaragna araiky, fôtony narikitry Jerosalema Izy, ary irô nihevitra fa hiseho iô noho iô ny fanjakan-dRagnahary. ¹² Nohon'izegny Izy nivolagna hoe: "Nisy tandapa araiky nandêha tan-tany lavitry tagny mba hahazo fanjakana hoan'ny tegnanany ary himpody amizay aviô. ¹³ Nikaiky folo lahy tamin-drô mpiasanany izy ary nagnamia farantsa folo irô, ary nivolagna tamin-drô hoe: 'Mivarôta raha akendriky mandra-pipodianako.'" ¹⁴ Kanêfa irô vahoaka tsy nankatia izy ary nandêfa solontegna nagnaraka izy, nivolagna hoe: 'Tsy tianay eky ny anjakan'ny lehilahy io aminay eto.' ¹⁵ Ary izy koa fa nimpody, baka nahazo fanjakany, kai nagniraka irô mpiasany namiay vola aby igny izy mba andêha aminany iô, baika hahazany tombony nazon-drô tamin'ny fivarôtagna. ¹⁶ Navy tiô araiky voalohany, nivolagna hoe: 'Tompo, ny farantsanao igny

nahazo tombony farantsa folo koa.' ¹⁷ Nivolagna taminany tandapa igny hoe: 'Tsara zegny, ry mpanompo tsara. Nohon'ny anao nahatoky tamin'ny raha tegna hely, kai hanam-pahefagna amin'ny tanàna folo anao.' ¹⁸ Navy koa araiky faharoe, nivolagna hoe: 'Farantsanao igny Tompo, nahazo farantsa dimy.' ¹⁹ Ary nivolagna taminany koa tandapa igny hoe: 'Hiandraikitra tanàna dimy anao.' ²⁰ Navy koa araiky hafa, nivolagna hoe: 'Tomp, ity farantsanao, najarisoko tsara tagnaty lamba, ²¹ fa navozo anao loatra za, fôtony lehilahy masika anao. Kai mangala raha tsy napetrakanao, ary mahazo raha tsy nafafinao.' ²² Nivolagnin'ny tandapa taminany hoe: 'Amin'ny volagnanao manôkagna no hitsaraka anao, anao mpanompo ratsy fagnahy. Hainao fa za lehilahy masiaka, mangala raha tsy napetrako, ary mahazo raha tsy nafafiko.' ²³ Kai nagnino napetrakanao tamin'ny mpitana vôla tagny vôlanaka, kai za koa fa nimpody mba nangala izy niaraka tamin'ny zanany?' ²⁴ Nivolagna tamin-drô tankilany tiô i tandapa igny hoe: 'Alaiva aminany farantsa igny ary amêza ariky managna folo igny.' ²⁵ Ary nivolagna taminany irô hoe: 'Tomp, fa misy farantsa folo izy.' ²⁶ 'Za mivolagna aminarô, fa zay olo managna jiaby amiangna mihoatra, fa zay tsy managna, na ny hely anagnany igny bala ho alaïgna koa.' ²⁷ Fa irô fahavaloko, irô zay tsy magniry za anjaka amin-drô ao, indêsa aty irô vonoa alohanaka eto.' ²⁸ 'Izikoa baka nivolagna irô raha aby regny izy, nandêha taloha andêha Jerosalema agny.' ²⁹ Ary koa fa navy tankilan'i Betifaga ndraiky Betania Izy, tamin'ny bongo atao hoe Oliva, nagniraka aroe tamin-drô mpianatranany Izy, ³⁰ nivolagna hoe: 'Mandiana amin'ny tanàna magnaraka agny. Koa fa mihidriky anarô, ahita zana-boriky araiky mbala tsy nindroanan'olo foeky. Vaha zegny ary indêsa aminaka aty.' ³¹ Koa misy mangnontany hoe: 'Nagnino vahanarô zo?' Volagna hoe: 'Misy raha ilain'ny Tompo izy.' ³² Irô zay niragna igny zegny nandêha ary nahita i zana-boriky karaha nivolagnin'i Jesosy tamin-drô igny. ³³ Mbala tam-pamahagna zana-boriky igny fo irô, nivolagnin'ny tômpiny tamin-drô hoe: 'nagnino mba vahanarô zana-borikiko?' ³⁴ Nivolagna irô hoe: 'Misy raha ilain'ny Tompo izy.' ³⁵ Nindessin-drô tamin'i Jesosy tagny zigny, ary napetrakan-drô tangnabon'ny zana-boriky tiô lambanany ary nagnapetraka Jesosy tagnabony tiô. ³⁶ Koa fa nandêha zegny izy, nivilarin-drô tamin'ny lâlagna tiô zegny lamban-drô. ³⁷ Ary koa fa narikitra toeragna fijotsoagna amin'ny Bongo Oliva Izy, nanomboko ravoravo irô mpianatranany maro be ary nidêra Zagnahary tamin'ny fiô marêsaka noho'ny asa maventy jiaby hitan-drô, ³⁸ nivolagna hoe: 'Deraina anie ny mpanjaka amin'ny angnaran'ny Tompo! Fiadanagna agny an-dagnitry ary voninahitry agny amin'ny tegna agnabo!' ³⁹ Ny Fariseo sasany tamin'ny vahoaka zegny nivolagna taminany hoe: 'Mpampianatra ô, volagna marêsaka irô mpianatranao.' ⁴⁰ Namaly Jesosy ary nivolagna hoe: 'Ambarako aminarô, fa irô koa mangigny, hihikiaka ny vato.' ⁴¹ Koa fa nagnantogno tanàna Jesosy, nitomagny izy, ⁴² nivolagna hoe: 'Izikoa mba hainao fa amin'ny andra ziôty, ary anao, irô raha mitonga fiadanagna ho anao! Nefa ndraiky ziôty regny misitriky amin'ny masonao.' ⁴³ Fa ho avy aminao irô andra, izay hanangnan'ny fahavalonao manda magnodidigny anao, ary hagnodidigny anao, ary anery anao amin'ny lafin'ny raha jiaby. ⁴⁴ Irô zegny andavo anao amin'ny tany miaraka amin'ny zanakanao. Tsy hagnambêla na vato araiky mifaneginy irô, fôtony anao tsy nahay fôn-dragnahary nehêzaka ny hagnavotro anao zegny.' ⁴⁵ Niditry tagnaty tempoly tao Jesosy ary nanomboko nandroaka irô olo nivarotro, ⁴⁶ nivolagna tamin-drô hoe: 'Fa voasôratra hoe: 'Ny tragonaka natao tragno fivavahagna, fa anarô ndraiky nagnano zegny ho famoriagna jiolahy.' ⁴⁷ Kai nampianatra isan'andra tagnaty tempoly tao Jesosy. Irô lohan-dohan'ny mpisorogno ndraiky irô mpagnano lâlagna ary irô mpitariky ny vahoaka zegny nitady hamono izy, ⁴⁸ fa tsy nahita fomba hagnanaovagna zegny irô, fôtony nazoto nitandregny Izy aby ny vahoaka jiaby.

Chapter 20

¹ Iindraiky andra, izikoa fa nampianatra irô vahoaka tao amin'ny tempoly Jesosy bakô nitry filazantsara, kay nagnantôgno Izy irô lohan'ny mpisorôgno ndraiky mpanora-dalâgna niaraka tamin'drô lohôlôgno. ² Nambaran'ndrô taminany: 'Ambaraha zahay hoe amin'ny fahefagna ino hagnanaovanarô irô zaka jiaby iô? Na koa azôvy nagnamia anao fahefagna izegny?' ³ Izy namaly aviô nagnambara irô nagnano hoe: 'Zaha koa hamaitraka fagnontaniagna aminarô. Volagna aminaka makasika batisan'i Jaona. ⁴ Fa raha zegny mba raha avy baka an-dagnitra sa baka amin'ny olombelôgno?' ⁵ Niady hevitra irô, nivolagna nagnano hoe: 'Izikoa atsika hamaly: 'Avy baka an-dagnitra' kay nivolagna Izy hoe: 'Fa nagnino ndraiky mba anarô tsy nino Izy?' ⁶ Fa izikoa atsika mivolagna: 'Baka amin'ny olombelôgno,' hitôra-bato atsika vahoaka jiaby, satria irô resy lahatra fa Jaona mpaminany.' ⁷ Noho izegny irô namaly fa tsy hain'ndrô zay niaviny. ⁸ Jesosy nagnambara tamin'drô: 'Zaha koa tsy hivolagna aminarô zay fahefagna hagnanaovako zaka jiaby ty.' ⁹ Nambarany tamin'drô vahoaka fagnôharagna karaha ty: 'Nisy lelahy araiky nanagna tanin'ny raisin, nampagnofa izegny tamin'ny mpitsabo raisin, abakô nandaiha tagny amin'ny firenena hafa nandritra fotoagna maharitra. ¹⁰ Tamin'ny fotoagna voatôndrô nandaifa mpanompo izy agny amin'ndrô mpamboly raisin, fa tokony hagnamia izy voankazon'lay tanin'ny raisin irô. Nipopohan'ndrô mpitsabo izy, aviô nalaifany nipôdy tagnam-polo. ¹¹ Abakô nandaifa mpanompo hafa ndraiky izy aviô nipopohan'ndrô fo koa, nalainy baraka, avio nalaifan'ndrô tagnam-polo. ¹² Mbola nandaifa fagnintelo izy aviô niratavin'ndrô koa izy, aviô niroahiny. ¹³ Noho izegny nivolagna tompon'lay tanin'ny raisin: 'Ino hataoko? Halaifako agny amin'ny zanako lahy malalako. Mety mba ho hajain'ndrô izy.' ¹⁴ Fa izikoa tazagnan'ndrô mpitsabo raisin izy, nifampikoragna irô, kay nagnambara nagnano hoe: 'Io araiky mpandova. Fa allô hovonoantsika izy, mbaika ho azontsika lova zegny.' ¹⁵ Niroasin'ndrô niala tamin'ny tanin'ny raisin izy aviô nivonoan'ndrô. Ino basy ataon'ny tompon'ny tany amin'ndrô? ¹⁶ Ho avy izy aviô hamotiky irô mpitsabo raisin, abakô nagnamia lay tanin'ny raisin hoan'ny hafa.' ¹⁷ Izikoa fa naregny izegny irô, nivolagna nagnano hoe: 'Sagnatria amin-dRagnahary!' ¹⁷ Fa nizaha irô Jesosy, nivolagna nagnano hoe: 'Ino hevitra voasôratra nagnano hoe: 'Vato zay nolavin'dro mpagnorogno tragno navy vato fehizoro?' ¹⁸ Kay ny

tsiaraikiaraiky zegny lava amin'ny hototoregny. Fa na azôvy na azôvy hilavoany, hipotehigny." ¹⁹ Kay nitady hisambotra Izy tamin'ny laira iô irô mpanora-dalàgna ndraiky irô mpisorôgno, fa hain'ndrô fa nambaran'ndrô io fagnôharagna iô hanoitry irô. Kanaifa navôzo irô vahoaka. ²⁰ Tio am-pandinihagna izy tsara, nandaifa mpitsikilo mody ho marigny irô, mbaika afahan'ndrô mahita tsigny amin'ny volagnanany, kay hagnamia Izy iô amin'ny fanapahagna ndraiky fahefan'ny governora. ²¹ Nagnontany Izy irô, nagnano hoe: "Ô Mpampianatra ô, hainay fa anao nagnambara ndraiky nampianatra am-pahamarinana, aviô tsy voasariky hevitr'azôvy na azôvy, fa anao mampianatra fahamarinagna momban'ny lalan-dRagnahary. ²² Ara-dalàgna ho anay mba magnaifa haitra amin'ny Kaisara, sa tsia?" ²³ Fa Jesosy nahatakatra hafetsen'ndrô, aviô nivolagna tamin'ndrô nagnano hoe: ²⁴ "Magnamboaka dinaria araiky aminaka. Ninjôvy io sary io ndraiky agnaragna aminany io?" Nambaran'ndrô hoe: nin'i Kaisara. ²⁵ Izy nagnambara tamin'ndrô: "Noho izegny amiako i Kaisara zaka zay hoan'i Kaisara, aviô ny Zagnahary, iro zaka zay hoan-dRagnahary". ²⁶ Tsy nahita tsigny tamin'ny zay nambarako tiô agnatrehan'ny vahoaka irô, fa nahagaga tamin'ny valin-teninany kay nangina. ²⁷ Izikoa fa navy tiô aminany sasany tamin'ndrô Sadoseo, irô zay nivolagna fa tsisy fitsanganagna tamin'ny maty, ²⁸ nagnontany Izy irô, nivolagna nagnano hoe: "Mpampianatra ô, Mosesy nanaoratra amintsika fa izikoa maty ralahin'ny lelahy araiky, manambady, aviô tsy manan-janaka, tokony hangala vady ny vadin-dralahiny ilay lelahy, aviô hagnamia zanaka hoan'ndrô ralahinany. ²⁹ Nisy mpiralahy fito aviô voalohany tamin'ndrô nanam-bady, abakô naty tsy nanan-janaka, ³⁰ aviô faharoe tamin'ndrô karaha izegny koa. ³¹ Nampakatra izy ny fahatelo, kay karaha izegny fo koa irô fito mpiralahy samy tsy nanan-janaka, aviô naty fo koa. ³² Tafaran'izegny mbola naty fo koa viavy. ³³ Amin'ny fitsanganagna amin'ny maty, ho vadin'jôvy basy izy? Fa samy aifa nanambady izy aby irô fito." ³⁴ Jesosy nivolagna tamin'ndrô: "Irô zanaka donia ty mampakatra vady ndraiky ampakarigny. ³⁵ Fa irô zay hita amin'ny andra ziô mendriky hangala fitsanganagna amin'ny maty tsy hampakatra vady na koa hampakarigny. ³⁶ Tsy ho faty fekin'ny irô, satria mitovy amin'ny anjely ndraiky irô zanakan-dRagnahary zay zanaka ny fitsanganagna amin'ny maty. ³⁷ Fa maty natsangana, na Mosesy aby nagnamboaka, tiô amin'ny toeragna zay nisy voaroy, zay nikahiany Tompo ho Zagnaharin'i Abrahama ndraiky Zagnaharin'Isaka aviô Zagnaharin'i Jakoba. ³⁸ Abakô Izy tsy Zagnahary ny maty, fa velôgno, satria irô jiaby velôgno ao aminany." ³⁹ Sasany tamin'ndrô mpanora-dalàgna namaly nagnano hoe: "Mpampianatra ô, namaly tsara Anao." ⁴⁰ Satria tsy nasaky namaitraka fagnontaniagna hafa taminany fekin'ny irô. ⁴¹ Jesosy nagnambara tamin'ndrô nagnano hoe: "Amin'ny fomba akôry ivôlaganarô fa i Kristy zanaka lahin'i Davida? ⁴² Fa vata-taigna ny Davida fo koa nagnambara tao amin'ny bokin'i Salamo nagnano hoe: 'Tompô nivolagna tamin'ny Tompoko hoe: 'Mipetraha iô an-tagnana ankavanako, ⁴³ mandrapagnanaovako fahavalonao amin'ny plasin'ny vitinao.' ⁴⁴ Noho izegny Davida nikahiagna i Kristy: 'Tompô,' kay amin'ny fomba akôry maha zanaka Davida Izy?" ⁴⁵ Tiô agnatrehan'olo jiaby nivolagna tamin'ndrô mpianatranany Izy: ⁴⁶ "Mitandraima amin'ny mpanora-dalàgna, zay magniry handaiha hiaraka amin'ny akanjo lava, ndraiky tia fiarahabagna manokana agny an-bazary, ndraiky sezy voalohany ao agnaty synagoga, aviô toeragna voalohany agny amin'ny fagnasagna. ⁴⁷ Irô koa mandany tragnon'ndrô mpitôndra taigna, abako magnano vavaka lava mba ho fisehoagna. Lelahy karaha izegny, hahazo fagnamelohagna maventy kokoa."

Chapter 21

¹ Jesosy nanôpy maso kay nahita irô lelahy manan-karena zay nandrotraka fagnatitr'ndrô tao amin'ny fandatsahan-drakitra. ² Nahita mpitôndra-taigna masikiny araiky androtsaka farantsa aroé Izy. ³ Kay Izy nagnambara hoe: "Ambarako marigny aminarô, ity mpitôndra-taigna masikiny ty nandrotsaka tagnany maro noho anarô jiaby. ⁴ Irô jiaby nagnamia fagnatitry araky ny haben'ny fanagnany. Fa ity mpitôndra-taigna ty, tamin'ny tsy fanagnany, nandrotsaka fivelomany jiaby." ⁵ Izikoa nisy maro nikoragna momba tempoly, fa voaravaka vato tsara saora ndraiky fagnatitry izegny, kay Izy nagnambara: ⁶ "Fa amin'ndrô zaka hitanarô io, mbola ho agny amin'ny andra zay tsisy na vato araiky aby hijanôgno amin'ny hafa kay tsy ho ravaigna." ⁷ Kay irô nagnontany Izy, nagnano hoe: "Ry mpampianatra, mba imbiagna eky irô zaka jiaby io hitranga? Ino famantaragna izikoa fa hitranga irô zaka aby io?" ⁸ Navalin'i Jesosy: "Mitandraima mbaika tsy ho voafitaka anarô. Fa maro ho avy amin'ny agnarako, hagnano hoe: 'Zaho izy,' abakô, 'Efa tsy lavitry ny fotoagna.' Aza magnaraka irô. ⁹ Izikoa maregny ady ndraiky fitomaniagna anarô, kay aza mihorohoro, fa irô zaka aby iô tsy maintsy hitranga aloha, fa ny taigna farany tsy hitranga io ny io." ¹⁰ Abakô Izy nagnambara tamin'ndrô: "Firenena hitsangana hanohitry firenena, abakô fanjakana hanohitry fanjakana. ¹¹ Kay hoisy hôrohôron-tany maventy, abakô môsary ndraiky areti-mandringana agny amin'ny toeragna samihafa. Hisy tranga mampavôzo abakô famantaragna maventy baka agny an-dagnitry. ¹² Fa alohan'irô zaka jiaby io, hisambotra anarô irô abakô hagnenjiky anarô, hagnamia anarô ao amin'ny synagoga ndraiky figadragna, hitôndra anarô io alohan'ndrô mpanjaka ndraiky irô mpanapaka nohon'ny amin'ny agnarako. ¹³ Izegny hagnamia fahafagna amin'ny fijôroanarô vavolombelôgno. ¹⁴ Noho izegny manapa-kevitra ao am-pônarô mbaika tsy hagnomagna fiarovagnarô alohan'ny fotoagna, ¹⁵ fa Zaho hagnamia volagna ndraiky fahendrena anarô, zay tsy afaka toherigny ndraiky lavin'ndrô mpanohitra anarô. ¹⁶ Fa anarô koa hamainy ray aman-dreny, irô ralahy, irô havagna, ndraiky irô namagna, abakô irô hamono ho faty sasany aminarô. ¹⁷ Ho halan'ny tsy araiky araiky noho ny agnarako anarô. ¹⁸ Fa tsy hoisy ho very nata tapaka fagnaiva araiky io amin'ny lohanarô aby. ¹⁹ Amin'ny faharaitagnanarô hagnavaotagna fagnahinarô.

²⁰ Izikoa hitanarô voadidiny miaramila Jerosalema, hainarô fa aifa tsy lavitry ny faharavany. ²¹ Kay aoka irô zay agny Jodia hilaifa agny an-tendrombohitra, abakô aoka irô zay agny agnivon'ny tanàna hiala, abakô koa aza ambaila hiditry ao

irô zay agny ambanivolo.²² Fa irô andran'ny valifaty, mbaika ho tantairaka irô zaka jiaby efa voasaoratra.²³ Loza hoan'ndrô zay bevaotraka ndraiky hoan'ndrô mampinono amin'ny andra izegny ! Fa hoisy fahoriagna maventy io amin'ny tany, abakô fahasosaoragna amin'ny vahoaka aby io.²⁴ Ho lavo sabatra irô aviô ho andesigny ho babo agny amin'ny firenena jiaby, abako Jerosalema ho voahosin'ndrô Jentilisa, mandrapa-tantairaka andran'ny Jentilisa.²⁵ Hisy famantaragna iô amin'ny masoandro, iô amin'ny fandrava, ndraiky iô amin'ny lakintagna, abakô eto an-tany. Ho trapa-horiagna irô firenena, hitaintaina nohon'izegny eron-dranomasigny ndraiky irô onja.²⁶ Hisy lelahy ho toragna vôzo ndraiky fiandrasagna irô zaka zay ho avy eto an-tany. Fa ho voahozôngozôgno ny tanjaka herin'ny lagnitry.²⁷ Abakô ho hitan'ndrô Zanak'olôgno avy baka agnambo ny rôndro miaraka amin'ny hery ndraiky voninahitra be.²⁸ Fa izikoa manomboko miboaka irô zaka iô, mitsangàna abakô hahandra lohanarô, satria efa tsy lavitry fagnafahagna anarô."²⁹ Nagnano fagnôharagna tamin'ndrô Jesosy nagnano hoe: "Zahava kakazon'aviavy, ndraiky irô kakazo jiaby."³⁰ Izikoa fa magnarôko irô, ho hitanarô fa efa tsy lavitry ny lohataogno.³¹ Karaha izegny koa, izikoa hitanarô mitranga irô zaka jiahy iô, fa efa hainarô fa efa tsy lavitry ny fanjakan-dRagnahary izegny.³² Ambarako marigny aminarô, fa taigna marigny, ity taranaka tsy ho faty mandra-piboahany zaka io.³³ Lagnitry ndraiky tany ho levôgno, fa irô volagnanaka jiaby tsisy ho levôgno mandrakizay.³⁴ Fa mitandraima amin'ny taignanarô, mbaika tsy ho vesarin'ny vokatra figiahagna ndraiky fahamamoagna ny fonarô, ndraiky irô ahiahin'ny fiainagna, kay abako tsy hifody tampoko aminarô karaha fandriky izegny andra izegny.³⁵ Fa izegny ho avy tsy araiky araiky amin'ny magnairan-tany. Fa mba tokony mailo amin'ny fotoagna jiaby, mivavaha mbaika ho ampy hery anarô amin'ny filifasagna irô zaka miboaka, abakô hitsanganana iô alohan'ny Zanak'olôgno."³⁷ Koa nandritra andra nampianatra tao amin'ny tempoly Izy, aligny nandaiha niboaka Izy aviô nijanôgno tiô amin'ny tendrombohitra'Oliva.³⁸ Irô vahoaka jiaby navy vao mangiran-dratsy mba hitandregny Izy tao amin'ny tempoly.

Chapter 22

¹ Efa mariny ny firavoravoagna amin'ny mofo tsy misy masirasira, izay volagniny hoe Paska.² Irô lohan'ny mpisorona ndraiky irô mpanora-dalàgna zegny mitady hevitra baika afandrô hamonoagna Jesosy, satria navozo Azy irô.³ Avy iô, Satana niditra tamin'i Jodasy Iskariota, ilay araiky tamindrô aroa ambin'ny folo.⁴ I Jodasy nandaiha tamindrô lohan'ny mpisorona ndraiky irô kapiteny sady niady hevitra tamindrô izy ny amin'ny fomba hamadihagny an'i Jesosy amindrô.⁵ Ravoravo irô, sady nagneky hagnamia vola izy.⁶ Nagneky izy, abokiô izy nitady faomba hagnamaizagn'Azy amindrô lavitry vahoaka.⁷ Navy andran'ny mofo tsy misy masirasira, ilay tsy maintsy hagnaovagna sôrognô zanak'ôndrikôndrikin'ny Paska.⁸ Jesosy nagniraka ery Petera ndraiky Jaona, nagnano karaty: "Mandiana amboarinanô sakafon'ny Paska, baika afahantsika mihinagnazy."⁹ Irô nagnontany Izy karaty: "Aia tianao hagnanaovagnay fagnomanagna?"¹⁰ Namalian'irô nataony karaty: "Tandrignaisa, koafa miditra antanagna anarô, hisy lelahy araiky mitaondra siôn-drano fanojy aminarô. Magnaraha izy anarô amin'ilay tragno itsifaorany.¹¹ Volagnanarô tompon-tragno karaty: 'Mpampianatra mivolagna aminao karaty: 'Aia efi-tragno fandraisagna vahiny, ilay hihinanako sakafon'ny Paska miaraka amindrô mpianatra naka?'"¹² Izy agnambara aminarô ny efitragnô ambony etazy maventy misy fanaka. Ataovy ao ny fagnomagnana."¹³ Irô avy tiô nandaiha, sady nahita raha jiaby araka ny volagniny tamindrô. Avy iô, irô nagnomagna sakafon'ny Paska.¹⁴ Navy fotoagna, niarahany nipetraka tamindrô apostoly Izy.¹⁵ Kay nivolagna tamindrô Izy karaty: "Zaho taigna nahiry hihinagna ity Paska ity miaraka aminarô alohan'ny hijaliako."¹⁶ Fa ambarako aminarô, Zaho tsy hihinagna ity eky mandra-pahatanterak'izegny agny amin'ny fanjakandRagnahary."¹⁷ Nangala bakôly Jesosy, avy iô koafa nisaotra Izy, nivolagna karaty: "Igiha ity, avy iô zara aminarô."¹⁸ Fa ambarako aminarô, Zaho tsy higiaka vokatry raisin eky, mandra-pahavian'ny fanjakandRagnahary."¹⁹ Nangala mofo Izy, avy iô koafa nisaotra, nitapahany izany, avy iô namian'irô, nivolagna karaty: "Ity vata naka izay amigna natao hoanarô. Hoana izity mba hatsiaraovanarô Zaho."²⁰ Nigniany kara izegny koa bakôly koafa lany mofo, nivolagna Izy avy tiô karaty: "Ity bakôly ity zegny fagnekegna vaovao amin'ny lioko, ilay nalatsako hoanarô."²¹ Mitandraima. Araiky ilay hamadika Zaho zegny miaraka Aminaka eto amin'ny latabatra.²² Fa ny Zanak'olôgno zegny taigna mandaiha araka izay voatendry. Fa loza ho an'izegny lelahy ilay hamadik'Azy izegny!"²³ Irô nanomboka nifapagnontany amin'ilay araiky mety hagnano izegny.²⁴ Kay lasa nisy tsy fifankahazoagna koa niboaka tamindrô mikasika ilay nantenaigny fa taigna maventy amindrô.²⁵ Nivolagna tamindrô Izy karaty: "Irô mpanjakan'ny Jentilisa zegny da tompondrô, avy iô lay managna fahefagna amindrô zegny atao kara irô lay mpagnano tsara amin'ny vahoakany."²⁶ Aminarô ndraiky tsy kara zegny feky. Mifanohitra amin'izegny, aoka ilay taigna maventy aminarô ho lasa taigna hely, avy iô lay taigna manan-danja aminarô ho lasa mitovy amin'ny mpiasa.²⁷ Fa azôvy zegny ny taigna maventy, ilay mipetraka ambony latabatra sa lay mpiasa? Tsy araiky ilay mipetraka ambony latabatra va? Kanêfa Izaho eto aminarô kara ilay araiky mpiasa.²⁸ Fa anarô olo ilay nanohy niaraka taminaka tao amin'ny fakampagnahy nianjady taminaka.²⁹ Amiako fanjakagna anarô, karaha ny Babako koa Ilay nagnamia fanjakagna Zaho,³⁰ baika afaka hihinagna ndraiky igiaka eo amin'ny latabatanaka agny amin'ny fanjakako anarô, avy iô hipetraka eo amin'ny seza fiandrianagna hitsara fokon'ny Israely aroa ambin'ny folo anarô.³¹ Simona, Simona, mitandraima fa mitady hahazo anarô Satana, mba afahany manivagna anarô kara vary.³² Fa nivavaka ho anao Zaho, baika tsy ho faty finoagnanao. Hafaran'ny hipodiananao ndraiky zegny, ampahereza irô rahalahinao."³³ Petera nivolagna taminany karaty: "Tampo, vognono hiaraka Aminao zaho na agny amin'ny prison na hagnagny amin'ny fahafatesagna."³⁴ Jesosy namaly karaty: "Ambarako aminao, Petera, akoho mbola tsy magnaina amin'ny andro volagniko izegny, intelo anao magnano tsy mahay

Zaho." ³⁵ Kay nivolagna tamindrô Jesosy karaty: "Koafa nandefa anarô tsy niaraka tamin'ny tragnom-baola, kitapom-batsy, na kiraro anarô, kay nisy raha nanky ma taminarô va?" Namaly irô karaty: "Tsisy." ³⁶ Kay nivolagna tamindrô Izy karaty: "Fa karaty, ilay managna tragnom-baola, aoka izy hangala izegny, na kitapom-batsy koa. Ilay tsy managna meso zegny tôkono mivarotra lambanany avy iô hivity araiky." ³⁷ Fa Zaho mivolagna aminarô, ilay voasaoratra momba Zaho zegny tsy maintsy tanteraka: 'Izy zegny noraisiginy kara araiky tamindrô tsy magnara-dalàgna.' Fa ilay novolagniny mialoha makasika Zaho zegny efa ho tanteraka" ³⁸ kay nivolagna irô karaty: "Tompo, zahava baka! Ity misy meso aroa." Izy nivolagna tamindrô karaty: "Basy eky izegny." ³⁹ Tafaran'ny finanagna zegny nandaiha Jesosy, kara ilay fataony matetika tagny amin'ny bongon'Oliva, avy iô nagnaka Izy irô mpianatra. ⁴⁰ Koafa navy irô, dia nivolagna Izy tamindrô: "Mivavaha baika tsy hidirananarô amin'ny fakam-panahy." ⁴¹ Niala tamindrô tiô Izy amin'ilay tôkony mbola hitora-bato Izy, nandohalika Izy avy iô nivavaka, ⁴² nagnano karaty: "Babako oh, koa sitrakanao, mba adosoa aminaka ity kapoaka ity. Na dia zegny aza tsy ilay tiako atao, fa Ninao no hatao." ⁴³ Avy tiô nisy anjely baka tagny an-dagnitra niboaka taminany, nampahery Izy. ⁴⁴ Tagnatiny fangirifiriagna, nivavaka tamin-kafanam-po mafy be Izy, baka iô hevokonany zegny lasa kara lio nitete tamin'ny tany. ⁴⁵ Koafa nitsangagna avy nivavaka Izy zegny, nagnagny amin'ny mpianatra, avy iô nahita irô nandry Izy, ⁴⁶ kay nagnotany irô Izy karaty: "Nagnino anarô mandry? Mitsangàna, mivavaha baika tsy hidirananarô amin'ny fakam-pagnahy." ⁴⁷ Koa mbola nivolagna Izy, nisy vahoaka niboaka niaraka tamin'i Jodasy, araiky tamindrô aroa ambin'ny folo, nitariky irô. Nagnatogno Jesosy izy mba hioriko Izy, ⁴⁸ fa Jesosy nivolagna taminany karaty: "Jodasy, anao ma mamadika Zanak'Ologno amin'ny hôroka?" ⁴⁹ Koafa nahita raha niboaka irô ilay nagnodidigny Jesosy, nivolagna irô karaty: "Tompo, tôkony hamely amin'ny meso izahay?" ⁵⁰ Avy iô araiky tamindrô namely mpiasan'ny mpisoronabe, avy iô nanapaka sofigninany havanagna. ⁵¹ Jesosy nivolagna karaty: "Basy eky izay!" Nikasiginy sofigninany, avy iô nojangangniny. ⁵² Jesosy nivolagna tamin'ny lohan'ny mpisorogno, tamindrô kapitenin'ny tempoly, avy iô tamindrô lohologno ilay navy hanohitra Izy karaty: "Navy kara hanambotra mpangalatra anarô va, miaraka amin'ny meso ndraiky saboha?" ⁵³ Tamin'Izaho niaraka taminarô isan'andro tao an-tempoly, anarô tsy nanambotra Zaho. Fa amizîô l'heuranarô ndraiky fahefan'ny haiziginy." ⁵⁴ Tiô am-pisambaoragna Izy zegny, notarihandrô Izy, avy iô nindesindrô tagny an-tragnon'ny mpisoronabe. Fa Petera nagnaraka avy tagny lavidavitra. ⁵⁵ Koafa avy nampirehita môtro tiô agnivon'ny tokontany avy iô niara-nipetraka irô, abakô nipetraka tagnivondrô i Petera. ⁵⁶ Nisy mpiasa magnangy araiky nahita izy koafa nipetraka tiô tamin'ny fahazavan'ny môtro izy, avy iô nizaha mare izy ndraiky nivolagna karaty: "Ity lelahy ity koa niaraka taminany." ⁵⁷ Fa Petera nifamatra izegny, nivolagna karaty: "Ha magnangy ty, zaho tsy mahay Izy," ⁵⁸ Tsy hailan'ny koa nisy olo hafa nahita izy, nivolagna karaty koa: "Anao koa mba agnisany namandrô." Fa Petera namaly karaty: "Ha lelahy ty, zaho tsy agnatiny." ⁵⁹ Koafa fa afaka l'heura araiky tiô, nisy lelahy hafa koa nihizingiziginy ndraiky nivolagna karaty: "Marigny fa niaraka taminany koa ity lelahy ity, fa izy ty Galiliana." ⁶⁰ Fa Petera namaly karaty: "Ha lelahy ty, tsy haiko raha volagninao zegny." Tiô ny iô, mbola ampivolagnana fo izy zegny nisy akoho nagnaina. ⁶¹ Baka iô nitodiky Tompo nizaha i Petera, avy iô tsaroan'i Petera raha nivolagniny Tompo taminany karaty: "Alohan'ny agnainany akoho iniany ity, anao agnano tsy ahay Zaho." ⁶² Niboaka tagny an-tany Petera sady nitomoagny mare. ⁶³ Fa irô lelahy niambigny Jesosy zegny nagnahiahy avy iô namopoko Izy. ⁶⁴ Nisaoraognandrô Izy avy iô nagnantaniandrô karaty: "Maminanià! Azôvy olo mamono Anao izao?" ⁶⁵ Nivolagna raha maro baika hanoerandrô Jesosy irô, nivolagna ratsy Azy. ⁶⁶ Koafa nazava andro zegny, niara-nivoary irô lohologno, ny lohan'ny mpisorogno ndraiky mpanora-dalàgna. Nindesindrô tagny amin'ny Synedriona Izy ⁶⁷ avy iô nivolagna karaty: "Koa mbola Anao no Kristy, volagna aminay." Nambaran'irô tamindrô avy tiô: "Raha ho volagniko aminarô izegny, anarô tsy hino izegny," ⁶⁸ avy iô Zaho koa agnontany anarô, anarô tsy hamaly Zaho. ⁶⁹ Fa manomboka iz'iô, ny Zanak'Ologno hipetraka eo an-tagnana akavanagn'ny herin-dRagnahary." ⁷⁰ Irô jiaby avy tiô nagnontany Izy karaty: "Anao dikan'izegny Zanaka Zagnahary?" Novalian'i Jesosy tamindrô karaty: "Voalazananarô fa Izaho no Izy." ⁷¹ Irô nivolagna avy tiô karaty: "Nagnino antsika mbola mitady vavolombelogo? Efa regnitsika volagna nambarany tamin'ny vavany izegny."

Chapter 23

¹ Nitsangagna olo jiaby nitondra an'i Jesosy tamin'i Pilato. ² Nanomboko nagnampanga Izy irô ary nivolagna hoe: "Hitany lelahy ity nametaveta firenenanay, nandrara ny hagnomezagna hetra ho an'i Kaisara, baka iô nivolagna fa Izy no Kristy, mpanjaka." ³ Nagnontany Izy Pilato, nivolagna hoe: "Anao ma mpanjakan'ny Jiosy izegny?" Namaly izy Jesosy nivolagna hoe: "voalazanao." ⁴ Nivolagna tamindrô lohany mpisorogno ndrekny irô vahoaka Pilato hoe: "Tsy mahita fahadisoagna amin'ity lehilahy ity zaha." ⁵ Mbola nagnizingiziginy fo irô, nivolagna hoe: "Magnakorontagna vahoaka Izy, mampianatra eran'ny Jodia jiaby, manomboko avy agny Galilia ziska amin'ity toeragna ity aby." ⁶ Izy kofa regnin'i Pilato izegny, nagnontany izy raha toa ka Galiliana ilay lelahy. ⁷ Izy kofa hitany fa ambany fahefagnan'i Heroda Izy, nalefany nandeha amin'i Heroda tagny Jesosy, izay tagny Jerosalema koa tamin'io andro io. ⁸ Tegna ravoravo Heroda izy kofa nahita Jesosy, satria efa tehahita Izy efa ela izy. Naharegny ny mikasiky Izy izy ary nagnantegna hahita fahagagagna maro natoany. ⁹ Nametraka fagnontaniagna tamin'i Jesosy tamin'ny fivolagnagna maro Heroda, kanefa Jesosy tsy namaly na ino na ino izy. ¹⁰ Irô lohan'ny mpisorogno ndraiky irô mpanora-dalàgna nitsangagna, nagnampanga mafy Izy. ¹¹ Heroda ndrekny irô miaramilany nanavateva Jesosy sady nankalefaka Izy. Baka iô nampianakajo lamba tsara Izy baka iô nalefandrô nimpody tagny amin'i Pilato Izy. ¹² Heroda ndraiky Pilato nanjary mpinamagna tamin'ny andron'io (talohaka izegny mpifahavalo irô). ¹³ Avy iô nagnantso irô lohany mpisorogno ndrekny irô mpanapaka ary irô vahoaka maro niaraka tamindrô Pilato, ¹⁴

baka iô nivolagna tamindrô hoe: "Nihentinarô taminakà teto ity lelahy ity karaha lelahy mitariky olo hagnano ratsy, zahava, zaha raha nametraka fagnontaniagna taminany talohanarô tiô, tsy mahita fahadisoagna amin'ity lelahy ity mahakasiky raha ampanganarô Izy." ¹⁵ Tsia, na Heroda koa, satria nalefany nimpody amintsika aty Izy, baka iô zahava, tsisy raha nataony mendriky fahafatesagna vitany. ¹⁶ Noho izegny ho faiziky Izy, baka iô havotsotro Izy." ¹⁷

[Fagnamarihagna: Irô fandikagna tegna tsara dia tsy magnisy ny And 17 hoe: Ary Pilato dia voatery namotsotro gadra araiky ho an'irô Jiosy tamin'ny andro firavoravoagna.] ¹⁸ Fa niaraka nihiaka mafy irô, nagnano hoe: "Indesa agny lelahy io, baka iô avotsora ho anay Barabasy!" ¹⁹ Barabasy dia lelahy araiky nampidirigna am-ponja nohon'ny fikomiagna maro tantanàgna ndraiky famonoagna olo. ²⁰ Ary nivolagna tamindrô koa Pilato, nagniry ny hamotsoragna an'i Jesosy. ²¹ Saingy nitabataba mafy irô, nivolagna hoe: "Fantsiaha Izy, fantsiaha Izy." ²² Nivolagna tamindrô fagnintelony izy hoe: "Nagnino, ino ma ratsy vitan'ity lelahy ity? Tsy nahita na ino na ino izay mendriky sazy famonoagna taminany zaha. Noho izegny kofa avy magnafay Izy zaha, havotsotro Izy." ²³ Fa irô nagnizingizigny tamin'ny feo mafy, nangataka Izy mba hifantsiahagna. Ny feondrô dia nandresy lahatra an'i Pilato. ²⁴ Kay nanapakevitry hagneky ny fangatahandrô Pilato. ²⁵ Navotsony araiky nangatahindrô izay nalefa tagny am-ponja nohon'ny fikomiagna ndraiky famonoagna olo. Fa natolony ho amin'ny sitrapondrô Jesosy. ²⁶ Ary tampitondragna Izy tiô irô, nitagna an'i Simona avy agny Syrenia, izay avy agny ambanivolo, ary napetrakandrô taminany ny hazofijaliagna mba ho entiny, nagnaraka an'i Jesosy. ²⁷ Maro tamindrô vahoaka, draiky irô magnangy nalahelo mafy abakô nisaogno Izy, nagnaraka Izy. ²⁸ Izy kofa nitodiky amindrô Jesosy, nivolagna tamindrô Izy hoe: "Ry zanakavavin'i Jerosalema, aza mitomoagny Zaha, fa mitomoagnia ho an'ny tegnanarô ndraiky ho an'ny zanakanarô. ²⁹ Fa indro, ho avy ny andro hivolagnandrô hoe: 'Sambatra irô momba ndraiky irô votraka tsy niteraka, ndraiky nono tsy nampinono tsaiy.' ³⁰ Ary dia hanomboko hivolagna amindrô bongo irô irô hoe: 'Milavaô aminay,' ary amin'ny havoagna hoe: 'Manarogna zahay.' ³¹ Izy koa magnano zegny raha zegny irô raha mbola maitso ny kakazo, ino eky raha hitranga izy kofa maiky zegny?" ³² Nisy lelahy hafa, olon-dratsy aroe, nihentigny niaraka taminany mba ho vonegny ³³ Izy kofa tonga tiô amin'ny toeragna araiky antsovigny hoe: "Ikarandoha" irô, dia tiô no namantsaihandrô Izy, ndraiky irô olon-dratsy, araiky tamin'ny havanagnanany ary araiky tankavianany. ³⁴ Jesosy nivolagna hoe: "Ah Baba e, mamela irô, fa tsihaindrô raha aby ataony." Avy iô niloka irô nizarazara fitafiagnanany. ³⁵ Nitsangagna nizaha tiô irô olo raha mbola nankalefaka Izy irô mpanapaka, nivolagna hoe: "Namonjy irô hafa Izy. Ambilâ Izy hamonjy ny vatagnanany, izy koa Izy edy Kristin'Andriamanitra, araiky voafidy." ³⁶ Irô miaramila koa nangala baraka Izy, nagnatogno Izy, nagnamia Izy vinaingra, ³⁷ sady nivolagna hoe: "Izy koa Anao edy mpanjakan'ny Jiosy, vonjia vatagnanao." ³⁸ Nisy famantaragna koa tamboniny tiô hoe: "Ity no mpanjakan'i Jiosy." ³⁹ Araiky tamindrô olondratsy araiky nihantogno tiôno namingavinga Izy tamin'ny nivolagnany hoe: "Tsy Anao ma Kristy? Vonjeo vatagnanao ndraiky zahay." ⁴⁰ Fa araiky nivolagna mafy Izy, nagnano hoe: "Tsy mba mavozo an'Andriamanitra ma anao, raha samy ambanin'ny fagnamelohagna mitovy fo? ⁴¹ Atsika aketo aradrarin'ny izegny, fotony mandray zay mendriky ny asantsika atsika. Fa ity lelahy ity tsy nagnano raha ratsy." ⁴² Baka iô izy nivolagna hoe: "Jesosy ô tsarovy zaha izy kofa tonga amin'ny fanjakagnanao Anao." ⁴³ Jesosy nivolagna taminany hoe: "Volagniko marigny aminao, fa niany anao dia hiaraka aminakà agny amin'ny paradisa." ⁴⁴ Ary tamin'ny lera fahatsota teo ho eo tamin'izegny, navy ny aizigny nandrakotro tany jiaby ziska tamin'ny lera fahasivy ⁴⁵ izy kofa nahay nahiziky fo ny hazavagnan'ny masoandro. Avy eo nizara aroe tagnivo ny lamban'ny tempoly. ⁴⁶ Nihiaka tamin'ny feo mafy Jesosy nivolagna hoe: "Baba ô, antagnagnanao no ametrahako ny fagnahikà." Izy kofa avy nivolagna izegny, maty Izy. ⁴⁷ Kofa hitan'ny kapiteny iô raha nitranga nitranga izegny, nagnamia voninahitra an'Andriamanitra izy, nivolagna hoe: "Azo antoko marigny fa olo marigny lelahy ity." ⁴⁸ Izy kofa hitandrô vahoaka jiaby niaraka tonga tiô ho vavolombelogno nagnatrimaso raha jiaby nitranga tiô, dia nimpody nitahatratra irô. ⁴⁹ Fa irô jiaby izay nahay Izy, ndraiky irô magnangy izay nagnaraka Izy avy agny Galilia, dia nitsangagna lavidavitry, nizaha raha izegny. ⁵⁰ Ary indro, nisy lelahy araiky kahiagna hoe Josefa, izay mpikambagna tamin'ny Synedriona. Olo tsara sady marigny izy. ⁵¹ Io lelahy io dia tsy nagneky ny fanapahankevity ny Synedriona sy ny asandrô. Avy agny amin'ny tanagnan'ny Jodiana tagny Armatia izy; ary izy dia nikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra. ⁵² Io lelahy io, raha nagnatogno an'i Pilato dia nangataka ny vatagnan'i Jesosy. ⁵³ Nalainy nijotso izany, nirakofagny hariry madiniky, ary napetrany tagnaty fasagna araiky izay nivakigny tamin'ny vatolampy, izay tsy mbola nisy olo nilevigny. ⁵⁴ Andron'ny fiomanagna tamin'izegny, ary efa antombotro ny Sabata. ⁵⁵ Irô magnangy niaraka tamin'i Jesosy niala tao Galilia, dia nagnaraka avy tafara ary nahita ny fasagna baka iô ny fomba namitrahagna ny fatiny. ⁵⁶ Nimpody irô, ary nagnomagna raha magnitry ndraiky menaka magnitry. Ary tamin'ny Sabata dia nitsahatra irô araka ny didy.

Chapter 24

¹ Mbala nandraigny tamin'ny andra voalohany tamin'ny herignandra, nandeha tam-pasagna tagny irô, nitondra raha mangitry efa nikarakaraindrô. ² Hitandrô avy lavitry fa efa nikodia vato tamin'ny fasagna iô. ³ Niditry tao irô, kanefa tsy nahita vatagnan'ny Tompo Jesosy. ⁴ Ary, raha mbola sahirantsaigany momba izany irô, tampoko teo, dia nisy lelahy aroe nagnano fitafiagna mamirapiratra nitsangagna teo agnilandrô. ⁵ Mbola very hevity tamin'izegny fo irô, nisy lelahy aroe niseho tamindrô nagnano fitafiagna mamirapiratra. Ary izy kofa navozo mafy irô magnangy irô, dia niankohoko tamin'ny tany, nivolagna tamindrô magnangy irô hoe: "Nagnino anarô no mitady ny velogno aty amin'ny maty?" ⁶ Tsy ato izy, fa efa natsangagna! Tsarova ny nivolagniny taminarô tamin'izy mbola tagny Galilia, ⁷ nagnambara fa ny zanak'Olo dia tsy maintsy hatolotro antagnan'olo mpanota ka hifantsiahagna amin'ny hazo fijaliagna, ary amin'ny andro fahatelo dia

hitsangagna ndraiky." ⁸ Nahatsitaro volagnany irô magnangy irô, ⁹ kay nimpody avy tamin'ny fasagna tagny ary nivolagna raha jiaby izegny tamindrô araiky ambin'ny folo ndraiky tamin'ny namandrô jiaby. ¹⁰ Ary Maria Magdalena, Johana, Maria renin'i Jakoba ndraiky irô magnangy hafa niaraka tamindrô nitatitry raha aby izegny tamindrô Apostoly. ¹¹ Kanefa hafatra izegny nataondrô Apostoly irô raha tsisy dikany, kay tsy nino irô magnangy irô irô. ¹² Kanefa nitsangagna Petera, nihazakazaka nandeha tamin'ny fasagna tagny, niondriky nizaha tao izy ary nahita lambam-paty nitokagna. Boaka iô nody tan-tragnonany tagny Petera, sady nagnontany tegna tamin'ny raha nitranga izegny. ¹³ Avy iô, tamin'andra iô, lehilahy aroe tamindrô nandeha ho agny amin'ny tanàgna atao hoe: Emaosy, izay tsaotampolo stadio miala Jerosalema. ¹⁴ Nikoragna mikasiky raha nitranga iô irô. ¹⁵ Niaraka nikoragnna ndraiky nagnapetraka fagnontaniagna irô, boaka iô nagnatogno irô Jesosy ary niaraka nandeha tamindrô Izy. ¹⁶ Fa nisakanagna mba tsy hahay Izy masondrô. ¹⁷ Nivolagna tamindrô Jesosy hoe: "Mikoragna ino ma anarô ampandihanagna aty?" ¹⁸ Nijanogno irô sady nalahelo tarehy. Araiky tamindrô kaihigny hoe: Kleopasy, namaly Izy hoe: "Anao araiky fo ma tsy nahay raha nitranga tamin'ny andra izegny?" ¹⁹ Jesosy nivolagna tamindrô hoe: "Raha ino?" Irô namaly Izy hoe: "Raha mikasiky Jesosy ilay Nazarena, izay mpaaminany, natanjaka tamin'ny asa ndraiky tamin'ny teny talohan'Andriamanitry ndraiky talohan'olo jiaby, ²⁰ ndraiky fomba nanolorandrô lohan'ny mpisorogno ndraiky irô mpanampaka Izy mba hahatonga Izy hofaoty ndraiky namantsihagna izy tamin'ny hazo fijaliagna. ²¹ Kanefa zahay nagnantegna fa Izy no ilay hagnafaka ny Isiraely. Ie, ankoatra ny raha jiaby izegny, telo andra niany nitrangan'ny raha jiaby izegny. ²² Kanefa koa, irô magnangy sasany tamin'ny namanay nahavariagna zahay, tagny fasagna tagny irô nandraigny. ²³ Izy kofa tsy nahita vatagnananany irô, nivolagna irô fa nahita fahitagna anjely nivolagna fa velogno Izy. ²⁴ Lelahy sasany niaraka taminay nandeha tamin'ny fasagna tagny, ary nahita izegny koa karaha raha nivolagnindrô magnangy irô koa. Fa irô ndraiky tsy nahita Izy." ²⁵ Jesosy nivolagna tamindrô hoe: "Ry lehilahy adala sady votsa saigny tsy mino raha ambaran'ny mpaminany! ²⁶ Tsy nilaigny ho an'i Kristy ma ny nijaly tamin'ny raha aby igny mba hidirany amin'ny voninahitry?" ²⁷ Nanomboko tamin'ny Mosesy jiska tamindrô mpaminany jiaby Izy nambarany tamindrô ny dikan'ny Soratra Masigny mikasiky Izy. ²⁸ Izy kofa ho navy tamin'ny tanàgna handihanandrô irô, Jesosy nivolagna fa mbala handeha laidavitry. ²⁹ Fa irô nanery Izy kay nivolagna hoe: "Mijanona aminay eto, fa efa hariva andra sady efa hifaragna andra iô." Kay niditry mba hijanogno niaraka tamindrô Jesosy. ³⁰ Izy kofa nipetraka hiaraka hihinagna tamindrô Izy, nangala mofo Izy, boaka iô Izy nisaotra avy iô namaky mofo iô ary nagnamia izegny irô. ³¹ Avy iô nisokatra masondrô kay nahay Izy, avy iô nanjavogno tamasondrô tiô Izy. ³² Nifampivolagna irô hoe: "Tsy niredareda tagnatintsika ma fontsika tamin'Izy nivolagna tandalagna igny, tamin'Izy nanokatra Soratra Masigny tamintsika?" ³³ Nitsangagna irô tamin'ny lera zegny, kay nimpody tagny Jerosalema tagny. Nahita irô araiky ambin'ny folo nivory irô, irô izay niaraka tamindrô, ³⁴ nivolagna hoe: "Nitsangana marigny ny Tompo, ary niseho tamin'i Simona." ³⁵ Kay nivolagnindrô raha nitranga tamin'ny lalagna, ndraiky fomba nisehoan'i Jesosy tamindrô tamin'ny fanapahagna mofo. ³⁶ Mbola nivolagna mikasika izegny fo irô, nitsangagna tagnivondrô tiô Jesosy, sady nivolagna tamindrô hoe: "Fiadanagna ho anarô." ³⁷ Taitry sady navozo mafy irô, sady nihevity irô fa nahita hangatra irô. ³⁸ Nivolagna tamindrô Jesosy hoe: "Nagnino ma anarô mavoza? Nagnino misy fagnontaniagna amin'ny fonarô? ³⁹ Zahava tagnananakahy ndraiky vitinakahy fa Zaha ity. Kasiaha zaha abokô zahava. Fa hangatra tsy managna nofotro ndraiky taholagna karaha ahitanarô Zaha iô." ⁴⁰ Izy kofa nivolagna izegny izy, naboakany tamindrô tagnanany ndraiky vitinany. ⁴¹ Mbola tsy nino izegny fo irô noho ny hafaliagna, ary gaga irô. Nivolagna tamindrô Jesosy hoe: "Managna raha hoanigny ma anarô?" ⁴² Namandrô loko voatono Izy, ⁴³ kay nalainy izegny ary nioaniny talohandrô tiô. ⁴⁴ Nivolagna tamindrô Izy hoe: "Tamin'ny Zaha niaraka taminarô, nivolagna taminarô Zaha fa izay voasoratra tamin'ny lalàgnan'i Mosesy ndraiky irô mpaminany ndraiky irô Salamo dia tsy maintsy tanteraka." ⁴⁵ Nisofiny sagnindrô, mba hahazahoandrô Soratra Masigny. ⁴⁶ Nivolagna Izy hoe: "Izao ny voasoratra, Kristy dia hijaly, abakô nitsangagna amin'ny maty amin'ny anda fahatelo. ⁴⁷ Ary ho torigny amin'ny agnaragnanany ny fibebahagna sy familàgna fahotagna amin'ny firenena jiaby manomboko Jerosalema. ⁴⁸ Anarô vavolombelogno raha jiaby igny. ⁴⁹ Halefako aminarô ny nampagnantenain'ny Babako taminarô. Mijanôna antanàgna mandra-panafiagna anarô hery avy agnabo agny." ⁵⁰ Ary Jesosy nitariky irô mandra-pahatongavandrô tagny Betania tagny. Nasandrany tagnanany, ary nitahiny irô. ⁵¹ Izy kofa nitsodrano Izy irô, Niala tamindrô tiô Izy ary nampiakarigny tan-dangitry. ⁵² Nidera Izy irô, ary nimpody tagny Jerosalema tamin'ny fifaliagna be. ⁵³ Nitohy nandeha tamin'ny Tempoly irô, nankalaza Andriamanitry.

Romans

Chapter 1

¹ Paoly, mpanompon'i Jesosy kristy, voakaiky ho apostoly, ary nataoka ho mpitory filazan-tsaran-dragnahary. ² Io i filazan-tsara efa nampagnatenainy taloha, baka tamin'ny iro mpaminany tagnatiny soratra masigny. ³ Zegny mikasiky zanany lahy, avy mbaka tamin'ny taranaka Davida. ⁴ Tamin'ny fitsanganany tamin'ny maty, nambara fa zanaka maherin'i zagnahary tamin'heriny fanahy masina Izy_dia Jesosy tompontsika. ⁵ Mbaka tamin'ny nangala tsika fahasoavagna draiky maha-apostoly fagnikiagna finoagna amin'ny firenena jiaby nohon'ny agnarany. ⁶ Amindro firenena iro, anao ho voakaiky nohon'i Jesosy Kristy. ⁷ Taratasy ity ho olo jiaby ao Roma, izay mahay zagnahary, izy voakaiky ho olo masigny. Hoaminaro agny fahasoavagna draiky fiadagnany dragnahary baban-tsika sy Jesosy Kristy tompo. ⁸ Voalohany, hisaorako zagnahary mbaka amin'i Jesosy Kristy aminaro jiaby. Fotony finoagna naro fa nambara amin'izao tontonlo izao. ⁹ Fa Dragnahary vavolombeloko tompoko ao amin'ny fagnahiko ao amin'ny filazan-tsara ny zanany, fa tsy mijanogno mivolagna aminaro

za.¹⁰ Mangataka fo za amin'ny vavaka ataoko mba ahombiazako amin'ny fomba jiaby amin'ny sitrapon-dragnahary hoavy aminaro.¹¹ Fa za mba magniry ahita anaro, mba ahafako magnamia anaro fagnamezan-panahy sasantsany ho anaro, mba ampahery anaro.¹² Zegny, magniry za hifankaherezan-tsika eto agnivontsika. Mbaka amin'ny finoagna tsika tsirairay, ny naro avio ninaka.¹³ Niany, sty tiako anaro tsy ahay, ry rahalahy, matekiky zaho managna fikasagna agnatogno anaro, (nefa za voasakana ka hatramin'ny zio), mba hahazoagna vokatra aminaro, kara nazahoako ambiny iro Jentilisa koa.¹⁴ Za mpitrosa amin-dro Grika sy iro vahiny, amin'ny misy jery draiky adala.¹⁵ Nohony zegny, aminaka, vognono koa za hitory filanzan-tsara ho anaro agny Roma.¹⁶ Fa za tsy megnatra amin'ny filazan-tsara, zegny herin-dragnahary indesigny amonjy iro jiaby mino, ho an'ny Jiosy aloha avio ho an'ny Grika.¹⁷ Fa zegny agnambargna famarignan-dragnahary, mbaka amin'ny finoana ho an'ny finoana, araka ny voasoratra hoe : "Ny marigny dia ho velogno amin'ny finoana."¹⁸ Fa heloko dragnahary namboakany mbaka tan-dagitry manohitra haratsiam-pagnahy, draiky tsy fahamarignan'olo, izay manakana ny fahamarignana amin'ny tsy fahamarignana.¹⁹ Zay raha hay momba dragnahary hitan-dro maso. Fa nazavain-Dragnahary tamin-dro.²⁰ o endriny tsy hita maso, zegny heriny tsisy fetrany, maha Dragnahary Izy, Hita nazava tsara, nanomboko namorogno izao tontonlo izao, tamin'ny raha jiaby niforogniny. Nohon'ny zegny dia tsy managna fialan-tsigny iro.²¹ Fotony na fa nahay momba Dragnahary iro, fa tsy nagnamia voninahitry maha Dragnahary Izy, na koa nankasitraka Izy. Loso adala tao saigny dro, avio nahay nahiziky fo dro.²² Iro mivolagna iro misy jery, nefa nahay adala.²³ Voninahitry Dragnahary tsy mety motraka natakalo dro sarintsary nolobelogo mety motraka, vorona, biby managna vity efatra draiky raha mikisaka.²⁴ Zegny namian-Dragnahary iro, nohon'ny fahalotoany fo dro. mba ho voa baraka amin'ny aigny dro iro.²⁵ Iro nanakalo fahamarignan-Dragnahary amin'ny vandy, ary iro midaira manompo zava-boary fa tsy Dragnahary, deraina mandraikizay. Amen.²⁶ Nohon'ny zegny nalefa Dragnahary agny amin'ny filan-dratsy iro, fa viavy dro nanakalo fifandraisagna voajanahary tamin'iro tsy voajanahary.²⁷ Kara zegny iro lelavy nagambela fifandresan-dro voajanahary miaraka amin'ny viavy ka niheritreritry filagna ara-nofo amin-dro samy iro. Zegny iro lelavy nagnano fehitsiky mahametraka miaraka amidro samy iro Ary navoa iro, ny sazy mifagnaraka aminy fahavetavetagna nataon-dro.²⁸ Fotony tsy nagneky hanagna Dragnary mifagnaraka amin'ny heritreritry dro, ka namiany saigny tsy mendriky iro, mba anaovan-dro raha tsy mety.²⁹ Iro feno tsy fahamarignana, faharatsiagna, fanafo, draiky lolompo jiaby. Iro feno famamogna, fanafo, fifanoheragna, fitaka, draiky fikasagna ratsy.³⁰ Iro mpitsiko, mpagnedrikendriky, ary mpankahala Dragnahary. Iro io mahery andra, miavogno, draiky mirehareha, iro mpamoro raha ratsy ary tsy magnaja ray aman-dreny.³¹ Iro tsisy raha hay ary tsy azo hatokisagna, tsisy fitiavagna voajanahary, tsy mamindra fo.³² Aidro lalagnan-dragnahary, fa iro magnano rah kara zegny, mendriky fahafatesagna. Fa tsy zegny fo raha ataony fa mbola magneky iro magnano zegny koa.

Chapter 2

¹ Dikan'izegny, tsisy fialantsigny azonao atao, ho andrô olo tia mitsara olo io satria amin'ny hitsaranao ny hafa fo no hitsaragna anao koa. Zegny magnambara fa nata anao magnano mitsara olo io, mba karaha zegny fo koa.² Kanefa haintsika tsara fa ny fitsaran-dRagnahary zegny, miankigny amin'ny ataontsika fo koa.³ Mba etritrereta baka, anao magnano mitsara olo hafa io, anao mitovy irô fo koa. Kay ataonao akory hilaifa fitsaran-dRagnahary zegny ?⁴ Sa, tsisy dikany aminao ny hariagnan'ny hatsaram-pagnahiny ndraiky fandiferagna ndraiky faharetagna ? Tsy hainao ma hatsaram-pagnahy zegny natao hitariky atsika amin'ny fibebahagna?⁵ Fa izegny noho ny hamafin'ny fonarô ndraiky ny tsy fahaizanarô mibebaka mahatonga anarô hamory heloko amin'ny tegnanarô amin'ny andro fahatezeragna, amin'io fotoagna io tegna anehoagna ny fitsaragnan-dRagnahary.⁶ Ny fanagnanarô ny faharetagna ndraiky ny fahaizagna magnano tsara isan'andro,⁷ mety ahazahoanao ny dera, voninahitra, ndraiky ny tsy fahafatesagna amin'ny fiainagna mandrakizay.⁸ Ho an'izay mitady ho an'ny tegnany ndraiky tsy magneky ny marigny fa magnaraka ny fahamarignana, ho avy aminany ny heloko ndraiky ny sazy.⁹ Zagnahary hitondra fahoriagna ndraiky jaly amindrô olo jiaby nagnano ratsy tamin'ny Jiosy taloha ndraiky amindrô Grika koa.¹⁰ Fa kanefa ho andrô olo magnano tsara amindrô Jiosy ndraiky Grika io, hahazo laza ndraiky fiadanagna.¹¹ Fa tsisy fiangaragna miaraka amin-dRagnahary.¹² Fa ho andrô olo izay nanota tsy nanagna lalagna, ho very sady ts managna lalagna. Abakô hoandrô olo jiaby nanota niaraka amin'ny tsy fagnajagna lalagna ho tsaraigny araka ny lalagna koa.¹³ Tsy voatery irô olo mandray lalagna no mahazo ny marigny ao agnatrehand-dRagnahary, fa ho an'izay mampihatra lalagna, mahazo ny fahamarinagna.¹⁴ Fa irô jentilisa tsy managna lalagna, izikoa fa magnano raha momba ny lalagna araka ny voajanahary, kay irô zaigny samy magnano lalagna ho an'ny tegnany, nata tsy managna lalagna aby irô.¹⁵ Kay baka amin'izegny, ahafahagna magnaboaka irô ny asa angatahin'ny lalagna voasaoratra am-pondrô. Ny fieritreretandrô fo koa ho vavolombelognon-drô, avy iô, ny dinikindrô manaokagna nata magnameloko, na miaro irô amin'ny tegnandrô.¹⁶ Ndraiky amin'ny Zagnahary izaigny hiboaka amin'ny andro hitsaran-dRagnahary irô tsy ambaratelon'olo jiaby, araka ny filazantsara amin'ny alalan'ny Jesosy Kristy.¹⁷ Izy koa Jiosy hikaianao ny tegnanao sady miankigny amin'ny lalagna ndraiky mirehareha amin-dRagnahary,¹⁸ aviô, mahay sitrapony ndraiky mamantatra raha tegna tsara fotony nampianarigny tamin'ny lalagna anao;¹⁹ aviô, izikoa resy lahatra anao fa ny tegnanao mpitariky jamba, fahazavagna ho andrô mbala agnatin'ny aizigny.²⁰ Mpagnitsy ny adala mampianatra ny tsaiiky hely, abakô, anagnanao ny endriky ny fahalalagna ndraiky ny marigny. Kay karakory ny fiandraikan'izegny amin'ny fiainagna iaigananao ?²¹ Ho anarô mampianatra irô sasany, tsy mampianatra ny tegnanarô ma anarô iô ? Ho anao manohitra ny lahatra, mangalatra anao dikan'izegny ?²² Ho andrô mivolagna fa tsy tokony hijangajanga, mijangajanga

anao dikan'izegny ? Karaha zegny koa anao mandrobaka ny tragnon-dRagnahary, mankahala ny sampy anao dikan'izegny ? ²³ Anao magnano faly mipoerapoera amin'ny lalàgna iô, mangala baraka an-dRagnahary anao dikan'izegny ? ²⁴ Fa ny agnaran-dRagnahary efa afa-baraka tamindrô jentilisa aby iô araka izay voasoratra. ²⁵ Anarô mahazo tombony amin'ny famoraognana raha ohatra ka magnaraka lalàgna, karaha zegny koa anao directy mivadiky tsy voavositry nata efa voavositry aby anarô. ²⁶ Araka izegny ho andrô olo tsy voavositry mitandrigny izay takin'ny lalàgna, tsy atao agnisan'ny voavositry ma izy nata tsy voavositry ? ²⁷ Aviô, tsy ho sazigny ny olo araiky tsy voavositry ara-boajanahary mba anao raha ohatra ka mitandrigny lalàgna izy ? Izegny tsy managna lalàgna voasoratra ndraiky ny famosiragna nefa mbola mandika lalàgna ! ²⁸ Fa izy tsy jiosy amin'ny endriky ivelany fo na famosiragna izay miboaka amin'ny endriky ivelan'ny vatagna. ²⁹ Fa izy jiosy ao agnatiny, aviô famoragna izay an'ny nofotro, ao amin'ny fagnahy, fa tsy amin'ny soratra. Ny fideran'olo karaha zegny, tsy avy amin'olo fa avy amin-dRagnahary.

Chapter 3

¹ Kay ino zeny tombon-tsoa anagnan'ny Jiosy? ndraiky ino koa tombon-tsoan'ny famoragna? ² amin'ny fomba jiaby tsara zegny. voaloany, nankinigny tamin-dro jiosy aby fagnambaragna baka amin-Dragnahary. ³ Raha nagnino fo ma tsy nanagna finoana iro Jiosy sasany? kay tsy finoagnan-dro zegny natonga tokin-Dragnahary tsy tanteraka? ⁴ donc tsy ho hisy zegny. kanefa ndraiky, ambila ho hita fa marigny Ndragnahary, na mavandy olo tsaraiky raiky. Araka voasoratra kara ty: "Aboaka amin'ny tegnanaro fa olo marigny anaro, aboaka ndraiky izy ka aro avy amin'ny fitsaragna." ⁵ Fa rahoatra tsy fahamarignantsika magnaboaka fahamarignan-dRagnahary, ino zaka mety hivolagnitsika? Afaka mivolagna atsika fa tsy marigny Ndragnahary amin'ny fagnaboany heloko Nany amintsika,sa tsy zegny? (Mampiasa fandaminambolagnan'olombelogo za.) ⁶ Donc tsy hisy zegny! fotony amin'ny toetry karakory hitsaran-dRagnahary zao tontolo zao? ⁷ Fa izy ka mitovy fahamarinan-dRagnahary magnamia fideragna maro andeha Aminazy baka amin'ny vandinaka, karakory fo basy za mbala tsaraigna mpanota? ⁸ Fa nagnino tsy mivolagna, araka tatitry diso ambara fa volagnitsika, bakako hamafisin'ny sasany ka fa nivolagnitsika kara ty: "Ambila zahay agnana raha tsy manjary, mba ho avy ny meva?" Rariny fitsaragna atao amidro. ⁹ Kay ino fo basy? Magnamia rariny tagnatsika basy atsika? Tsy zegny fekny. Fa atsika efa nagnasazy Jiosy ndraiky Grika,iro jiaby, ho mpanota. ¹⁰ Araka ny voasoratra hoe: "tsisy olo marigny, nata araiky. ¹¹ Tsisy na araiky mahay,tsisy ka nata araiky mahay mitady Ndragnahary. ¹² Roso niataka iro jiaby. Ndraiky tsisy zaka nilagna iro jiaby ka. tsisy magnano raha manjary, taisy ata voany araiky ka. ¹³ Tendana-dro fasagna misokatra. Lelan-dro mamitaka. ¹⁴ Poison'ny bibilava ambanin'ny saokon-dro. Vavan-dro feno ozogno ndraiky fanafo. ¹⁵ Vitin-dro malaky mandatsa-dra. ¹⁶ Ny fanimbana ndraiky fijaliagna agny amin'ny lalagnan-dro. ¹⁷ kay olo regny tsy mahay lalagnan'ny fiadagnana. ¹⁸ Tsy mba misy fatahoragna devant Ndragnahary." ¹⁹ L'heur zio haitsika fa na ino na ino ambaran'ny lalagna, miantefa aminaro zegny ambany lalagna. Zegny mba hattonga vavan'ny tsaraiky araiky hangigny, mba ahita valiny baka amin-dRagnahary zao tontolo zao. ²⁰ Zegny fotony tsy hisy eky nofotro hamarigniny baka amin'ny lalagna devant masony. Fa baka amin'ny lalagna haviany fahaizagna fahotana. ²¹ kay l'heur zio koa nampafantarigny fahamarign-dRagnahary tsy amin'ny lalagna. Nabaribary'ny lalagna ndraiky iro mpaminany, ²² fa zegny, fahamarignana zegnybaka amin'ny finoagna Jesosy Kristy andeha amin'olo jiaby zegny mino. Fotony tsisy fagnavahagna. ²³ Fa nanota olo jiaby tsy managna voninahitry Ndragnahary, ²⁴ maimaimpoagna fahasoavagna baka amin'ny fagnavotagna tamin'i Kristy Jesosy. ²⁵ Fa zagnahary nagnamia Kristy Jesosy ho fagnatitra finoagna ny ranazy. Namiany mba ho porofon'ny fahamarignany Kristy, dikany tsy jireny ota tagny taloha ²⁶ salakady faharaitany. Niboaka raha jiaby zegny hagnaboagna fahamarignany ami'zio fotoagna l'heur zio. Zegny mba hafahagna magnaporofa fa marigny vatany, Ndraiky mba hagnaboagna amin'olo jiaby fa Izy magnamarigny finoana Jesosy. ²⁷ Aia koa reheha? Fa nifafa zegny. kay ino dikany zegny? Aha, fa baka amin'ny finoana. ²⁸ Manapa-kevitra atsika fa olo araiky fo zegny hamarigniny amin'ny finoagna tsisy asan'iregny. ²⁹ Sa Zagnahary'ny Jiosy regny fo Zagnahary? Sa tsy Zagnaharin-dro Jentilisa regny ka Izy. ³⁰ Izy ka araiky fo Zagnahary, dikany zegny hamarigniny amin'ny finoagna iro vita fora regny, fa iro tsy vita fora ndraiky amin'ny alalan'ny finoana. ³¹ I foagnatsika amin'ny finoagna ma lalagna zegy? Donc tsy hisy fekin'ny dikan'izegny? Fa kanefa ndraiky magneky lalagna atsika.

Chapter 4

¹ Ino raha tokony koragnin-tsika, nefa raha fahitan'i Abrahama razan-tsika taloha tamin'ny nofo ? ² Izy koa asa edy raha nagnariagna abrahama, misy tokony hampirehareha izy, fa tsy amin-dRagnahary. ³ Ino mba raha nambaran'ny soratra masigny ? "Abrahama zegny nino Zagnahary". ⁴ " Avio irô zegny miasa, tsy atao agnatiny fahasoavagna karamany, fa atao kara trôsa . ⁵ Iro zegny tsy miasa, nefa mino izay ratsy fagnahy, atao agnatiny fahamarignana finoagnany. ⁶ Davida fo koa zegny magnognono tso-drano amin'olo zegny ataon-dRagnahary marigny nefa tsy miasa. ⁷ Raha nivolagniny : "sambatra irô zegny voavaila heloko, ndraiky irô rakotron'ny fahatagnany. ⁸ Sambatra koa zaigny hisain'ny Tompo heloko." ⁹ Kay fahasambaragna jiaby zegny ma atao amindrô voavositry koa ? Atsika mivolagna fa : "Natao fahamarignana Abrahama ny finoagna." ¹⁰ Kay karakory nagnany zegny ? Tamin'izy fa voavositry, sa tamin'izy tsy voavositry ? Tsy tamin'izy efa voavositry fa tamin'izy mbola tsy voavositry. ¹¹ Nahazo famataragna famosiragna Abrahama. Zegny famantaragna zegny, marikin'ny finoagna marigny fa misy fahaila tamin'i Abrahama retsy izy mbola tsy voavositry. Nanjara baban'olo jiaby izy, na irô mbola tsy voavositry izy, fa natao hoandrô ny famarignana. ¹² Zegny koa

midika fa mbola tsy voavositry izy, avio hoandrô, taloha zaigny tsenjiky voavositry nefa magnaraka dian'ny finoagna Abrahama razan-tsika.¹³ Tsy avy baka amin'ny lalàgna fa avy baka amin'ny finoagna marigny ny fampagnatenagnan'i Abrahama ndraiky irô takanany handova ny tany.¹⁴ Ho foagna zegny finoagna ndraiky fampagnatenagna, izy koa irô miaigny amin'ny lalàgna handova tany ty.¹⁵ Fotony lalàgna io. mitondra heloko, fa amin-drô tsisy lalàgna agny, tsisy fandikagna lalàgna zegny.¹⁶ Kay baka amin'ny lalàgna zegny tegna hiboan'ny finoagna, amin'ny zegny mimpetraka ambaniny fahasoavagna fampagnatenagna sady azo antoko irô tarak'i Abrahama zaigny mandrasa finoagna ndraiky iro jiaby zegny fiheziny lalàgna. Babatsika izy,¹⁷ araka voasoratra : "Nataoko rain'ny firenena maro anao", talohan'i Zagnahary araiky mamelogno ny maty ndraiky raha tsisy mba hisy.¹⁸ Natoky zagnahary tantairaka fa zegny i Abrahama, na maro ra mitranga tamin'ny fiainagnany draiky hoaviny. Kay rosô baban'ny firenena maro izy, araka koragna fa nambara fa : "Ho kara zegny taranakanao."¹⁹ Tsy kivy tamin'ny finoagnany izy, nefa hainy tsara, fa tsy afaka hanan-janaka izy (fotony fa tagny amin'ny zato taogno tagny izy). Hainy tsara fa tsy mety miteraka i Saraha.²⁰ Kay nony fampagnatenagna nataon-dRagnahary, kay izy tsy misalasala izy tamin'ny tsy finoagna i Abrahama. Fa nahay nahery tamin'ny finoagna fo izy sady nidera Zagnahary mare.²¹ Izy tegna resy lahatra fa tanteraka aby zaigny raha nampagnatenai-ndRagnahary zegny, tsy maintsy tantairaka.²² Koa fa zegny ra nisy, natao famarignana izegny.²³ Kanefa tsy izy tsy nisoratagna tombotsoanany zaraiky fo zegny fa natao ninazy zegny.²⁴ Nisoratagna ho antsika koa zegny, zaigny mino Izy, nanangana Jesosy Tompontosika tamin'ny maty.²⁵ Izy araiky natolotro baka tamin'ny fahotagnatsika avio natsangana mba mba hamarigny atsika.

Chapter 5

¹ Satria namarigniny tamin'ny finoagnantsika atsika, noho zaigny, managna fiadanagna miaraka amin-dRagnahary amin'ny alalan'ny Tompontosika Jesosy Kristy atsika.² Navy baka aminany koa no anagnantsika lalagna amin'ny finoagna midriky amin'izegny fahasoavagna zegny, izay itsanganantsika. Miravoravo amin'ny fahatokiagna amian-dRagnahary zahay amin'ny ho avy zahay, fahatokiagna izay horasaintsika ao amin'ny voninahitrin-dRagnahary.³ Tsy aminjegny fo fa atsika koa miravo ao amin'ny fahoriagnantsika. Haintsika tsara fa fahoriagna zegny miteraka faharetagna.⁴ Faharetagna koa miteraka fagnikiagna. Abôko, ny fagnikiagna miteraka fahatokiagna amin'ny ho avy.⁵ Ary zegny toky zegny tsy magnadiso fagnantenagna, fotony fitiavan-dRagnahary zegny efa narotsaka tagnatin'ny fontsika tamin'ny alalan'ny Fanahy Masigny namiagna atsika.⁶ Tamintsika mbala nalemy, maty amin'ny lerany ho an'olo ratsy fagnahy Kristy.⁷ Sarotro amin'olo araiky baka ny hofaoty ho amin'olo marigny. Fa ndeky, mety ho hisy donko olo hahasaky hofaoty ho an'olo tsara.⁸ Fa Zagnahary efa nagnaboaka fitiavagnanany manokagna tamintsika, fotony, tamintsika mbala mpanota, maty hagnavotra atsika Kristy.⁹ Mbala mihoatran'izaigny aby, aminiziô io. Izy kofa namarigniny tamin'ny lionany atsika, abokô, voavonjin'izegny amin'ny fahamelohan-dRagnahary.¹⁰ Tamintsika mbala fahavalo, nihavagna tamin-dRagnahary baka avy amin'ny fahafatesan'ny Zanakanany atsika, ary mbala mihoatry ny zaigny aby, fotony, izy kofa navy nampihavaniny, ho voavonjy baka avy amin'ny aigninany atsika.¹¹ Abokô, tsy izaigany fo fa miravo ao amin-dRagnahary koa atsika baka avy amin'ny Tompontosika Jesosy Kristy izay nazahoantsika fihavanagna zegny amin'iziô ty.¹² Noho izegny, mitovy tamin'ny nidiran'ny ota tamin'olo araiky tamin'izao tontolo izao, karaha zegny koa nidiran'ny fahafatesagna tamin'ny alalan'ny ota. Abokô, niparitaka tamin'olo jiaby ny fahafatesagna, fotony, samby nanota aby olo jiaby.¹³ Nandrapisian'ny lalàgna, lasa navy teto amin'izao tontolo izao teto ny ota, fa tsisy fagnisana fahotagna izy kofa tsisy lalàgna.¹⁴ Kanefa na zegny na tsy zegny, fahafatesagna zegny nanjaka nanomboko tamin'ny Adama ziska tamin'i Mosesy, na tamindrô tsy nanota nitovy tamin'ny fanotagnan'i Adama aby zegny, izay alokon'ilay ho avy.¹⁵ Na zegny ndreky, fagnomezagna zegny tsy mitovy amin'ny fahadisoagna. Fa izy kô baka avy amin'ny fahadisoan'olo araiky fo hamono olo maro, mihoatra lavitrin'izegny ny nataon'ny fahasoavan-dRagnahary ndraiky fagnomezagna baka avy amin'ny fahasoavan'olo araiky, Jesosy Kristy, namiagna be ho an'olo maro.¹⁶ Abokô, fagnomezagna zegny tsy mitovy amin'ny vokatra baka avy amin'ny araiky nanota igny. Fa amin'ny lafiny araiky, navy fitsaragna zaigny ho fagnasaziagna navy tamin'ny fahadisoagnan'olo araiky. Fa amin'ny lafin'ny araiky hafa ndreky, fagnomezagna mifaragna amin'ny fagnamarinagna zegny navy tafaran'ny fahadisoagna maro.¹⁷ Izy kô baka avy amin'ny fahadisoan'olo araiky edy no hanjakan'ny fahafatesagna amin'ny olo araiky, mihoatra lavitr'izegny ny hanjakan'irô mandray fahasoavagna maro ndraiky fagnomezagnan'ny fahamarinagna baka avy amin'ny fiainan'ilay olo araiky, Jesosy Kristy zegny.¹⁸ Dikan'izegny, satria baka avy tamin'ny fahadisoagnan'olo araiky fo no niteraka fagnamelohagna tamin'olo, dikan'izegny, baka avy amin'ny fahamarinan'olo araiky koa zegny ny fagnamarinagna ho an'ny olo jiaby.¹⁹ Satria baka avy amin'ny tsy fagnarahan'olo araiky lalàgna no nahavian'olo maro ho mpanota, dikan'izegny, baka avy amin'ny fagnarahan'olo araiky lalàgna koa zegny no hagnamarigny ny maro.²⁰ Fa navy ny lalàgna, hampitombo fahadisoagna. Kanefa, izy kofa nitombo ny fahotagna, vao maika nitombo koa ny fahasoavagna.²¹ Nitranga raha zegny baiky karaha nanjakan'ny fahotagna tamin'ny fahafatesagna koa ny hanjakan'ny fahasoavagna baka avy amin'ny fahamarinagna ho amin'ny fiainagna mandrakizay baka avy amin'ny Jesosy Kristy Tompontosika.

Chapter 6

¹ Ino basy hivolagnitsika? Tokony hanohy amin'ny fahotogna fo mba atsika hanogan'ny fahatsaragna? ² Tsisy feky zegny. Atsika zegny maty amin'ny adalagna, amin'ny fomba akory koa bola hiaignatsika amin'ny zegny? ³ Tsy hainarô mba irô

jiaby natao batisa tao amin'i Kristy Jesosy natao batisa tao amin'ny fahafatesany? ⁴ Izy koa voalevigny, niaraka taminany baka tamin'ny alalan'ny batisa andeha amin'ny fahafatesagna atsika. Nitranga raha zegny mba hitovizagna amin'ny nanaganagna iKristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry Baba, andihianantsika amin'ny fiainagna vaovao koa. ⁵ Izy koa mitambatra Aminany mitovy amin'ny fahafatesany atsika, hitambatra amin'ny fitsanganany koa. ⁶ Hay tsika zegny, vatagnatsika taloha nifantsiagna niaraka taminany, mba androtoegna ota. Nitranga zegny mba tsy hiboten'ny ota feky atsika. ⁷ Izy maty io kony nambara fa marigny sady afaka amin'ny fahotogna. ⁸ Izy koa maty niaraka tamin'i Kristy atsika, matoky fa hiaraka velogno Aminany koa. ⁹ Atsika mahay fa nitsangana tamin'ny maty i Kristy, bakô tsy maty feky Izy. Tsy manjaka Aminany feky fahafatesagna. ¹⁰ Izy koa momba fahafatesagna, maty baka amin'ny fahotagna Izy, maty indraiky mandeha ho an'olo jiaby Izy. Kanefa, fiainagna hiaignany iaigany an-dRagnahary. ¹¹ Izy koa zegny, tsy maintsy miheritreritry tagnanarô efa maty amin'ny fahotagna koa anarô, fa velogno an-dRagnahary ao amin'i Kristy Jesosy. ¹² Izy koa zegny aza ambela hanjaka ao amin'ny vatagnanarô mety maty ny ota mba hagnarahanarô filany. ¹³ Aza amezagna fahotagna ratsam-batagnanarô, ho fitaovagna ampiasaigny amin'ny tsy fahamarignana. Fa ameza an-dRagnahary vatagnanarô, kara nitsanganany tamin'ny maty velogno amizio ty. Ameza an-dRagnahary ratsam-batagnanarô mba fitaovagna ampiasaigny amin'ny fahamarignana. ¹⁴ Aza ambela hanjaka aminarô adalagna. Fôtony tsy ambany lalâgna anarô, fa ambany fahatsaragna. ¹⁵ Ino basy? Tokony hagnano hadalagna zegny atsika fotony tsy ambanin'ny lalâgna, fa ambanin'ny fahatsaragna? Tsisy feky izegny. ¹⁶ Tsy hainarô fa i araiky agnamezanarô vatagnanarô ho mpanompo araiky hankatoavinarô? Marigny zegny na mpanompo fahotagna mitariky anarô agny amin'ny fahafatesagna, na mpanompo fakantoavagna mitariky agny amin'ny fahamarignana. ¹⁷ Fa ankasitrahigny Zagnahary! fotony efa mpanompo fahotagna anarô, kanefa tafidriky am-pônârô fomba fampianaragna namezagna anarô. ¹⁸ Nadoso tamin'ota anarô, bakô natao mpanompo fahamarignana. ²¹ Noho zegny, koa fa nataoko asa ary nagnamafy fa voaray dro vokatra izay navory, andeha a Espaina za hitsidika anaro no diako. ²⁹ Aiko fa za koa mandeha aminaro ka hiditry agnatiny fitahian'i kristy. ²² Amizio ty izy koa nadoso tamin'ny adalagna anarô bakô navy mpanompon-dRagnahary, mahazo ny fahamasignana. Fiaignana mandrakizay raha azo. ²³ Raha azo amin'ny adalagna fahafatesagna, fa fagnamezagna azo avy amin'ny Zagnahary fiainagna mandrakizay ao amin'i Kristy Jesosy Tompontosika.

Chapter 7

¹ Tsy hainarô ma,Ralahy (fôtony mikoragna amin'olo mahay lalâgna za), fa lalâgna io micomandy olo araiky zegny ty ho velogno? ² Ny magnangy zegny mbala manambady voafeny lalâgnan'ny vadiny izy ka izy mbala velogno, fa koa fa maty vadiny kay, dikany zegny. ³ Ka mbala velogno, mandeha mandry amin'ny lelahy hafa izy,mandrânto izy zegny,fa izy ka maty vadiny kay, tsy voafehy lalâgna izy, kay tsy mandrânto izy zegny na mandry amin'ny lelahy hafa. ⁴ Dikany zegny, ralako ô,natao maty tamin'ny lalâgna ka arô tamin'ny alalan'i Kristy. Natao zegny mba hitambaranarô amin'ny hafa, midikâ zegny,ami-Nazy maty nimpody velogno, havitantsika mamoa voa amin-Dragnahary. ⁵ Taminntsika tagnatin'ny nôfotro,irô fitiavagna fahotagna,zegny nataitaitry lalâgna,niasa tamin'ny sampagnatsika hamoa voany amin'ny fafatèsagna. ⁶ Izio ty nadoso tamin'ny lalâgna atsika. maty tami'zegy namèhy atsika atsika. Zegny hafatsika manômpo amin'ny fagnahy vaovao,fa tsy amin'ny sôratra fakây. ⁷ Kay ino zaka ambaratsika? tsisy ané dikany zegny ai. Kanèfa, tsy nahay fahotagna zegny fekny za,izy ka tsy tamin'ny lalâgna zegny. Tsy honohono nahay nagniry fekny za izy ka tsy baka tamin'ny lalâgna nivolagna hoe. "Aza magniry loatra. ⁸ "Fa nangala vahagna tamin'ny didy ny fahotagna naviany fagniriagna rôso loatra aminaka ato. Fa izy ka tsisy lalâgna igny,maty ota. ⁹ Fa èla za velogno tsisy lalâgna, fa ka fa navy didy,velogno ndraiky ota,kay maty ka za. ¹⁰ Didy tôkony hitôndra fiainagna nivadiky fafatèsagna taminaka. ¹¹ Fa fahotagna niraikitry baka tamin'ny didy namitaka za. Baka tamin'ny zegny namonoagna za. ¹² Dikan'izegny masigny lalâgna, Masigny ka didy, marigny, salakady tsara. ¹³ Kay hivadiky fafatesagna aminaka raha tsara? Tsy hisy fekny zegny. Fa ota, mba hiboany andeha amin'ny fahotagna amin'ny alalan'ny raha manjary, nitôndra fafatesagna tagnâtiko. Zegny mba andeha baka amin'ny didy, Fahotagna io mety mbala hihôva fahotagna araiky fo. ¹⁴ Kanèfa haitsika ara-pagnâhy lalâgna, fa za baka amin'ny nôfotro. Èfa nalafo andeha amin'ny fagnadevozagnan'ny ota za. ¹⁵ fa raha ataôko, tsy dia haiko loatra, fôtony zegny tiako fo ataô, kay tsy ataôko, fa zaka tsy tiako ndraiky, atao. ¹⁶ Fa izy ka za magnano raha tsy tiako, minkôn-doa amin'ny lalâgna fa tsara lalâgna zegny. ¹⁷ Fa l'heur ziô tsy za eky magnano zegny, fa fahotagna velogno agnatiko ato. ¹⁸ Fa haiko fa agnatiko zegny ndraiky amin'ny nôfotro naka, fa fagniriagna raha manjary aminaka ato, kanèfa tsy afaka magnano zegny za. ¹⁹ Fa raha mananjary tiako tsy vitako, fa ny tsy manjary ndraiky, nataoko. ²⁰ Fa za ka magnano raha tsy tiako atao, dikany zegny tsy za eky miasa zegny, fa fahotagna mihaigany agnatiko ato. ²¹ Izo ndraiky fa hitako, fitsipiky agnatiko ato tia agnano kabârô manjary, kanèfa kabârô tsy manjary fo agnatiko ziô. ²² Fa za ravoravo amin'ny lalâgnan-Dragnahary amin'ny fagnahy maha olo. ²³ Kanèfa mahita fitsiky hafa ka za mahakasiky tègnako. Zegny raha mampiadidy fitsiky vaovao agnatin'ny saigniko zegny. Mitàna za ho laifakan'ny fahotagna mahakasiky vatagna naka zegny. ²⁴ Olo mampalahelo za! kay azôvy agnadoso za amin'ny tègnan'ny fafatesagna ty? ²⁵ Fa ankasitrahagnan-Dragnahary tamin'ny alalan'n'i Jesosy Kristy Tompontosika ah! dikany zegny, za vatagna naka manompo lalâgnan-Dragnahary amin'ny jeriko. Kanèfa ndraiky, za manompo fitsipikin'ny fahotagna amin'ny nôfotro.

Chapter 8

¹ Dikany zegny tsisy fanameloagna eky zio ty hoan-drô zegny ao amin'i Kristy Jesosy. ² Fa fitsipikin'ny fanahin'ny

fiainagna ao amin'ny Kristy Jesosy nagnafaka za tamin'ny lalàgnan'ny fahotagna ndraiky fafatesagna.³ Fa zegny tsy afaka nataon'ny lalàgna nohon'ny fahalemegnan'izegny tamin'ny nôfotro, nandefa Zanany lahy Izy tamin'ny tarehy nôfotro feno fahotagna mba ho hay ho an'ny ota, ndraiky nagnameloko ota tagnatin'ny nôfotro izy.⁴ Atao zegny mba ho tanteraka amitsika raha takin'ny lalàgna, atsika zegny mandeha tsy araka ny nôfotro, fa araka ny fagnahy.⁵ Irô zegny miaigny araka ny nôfotro, fa irô zegny velogno araka ny fagnahy mifantoko amin'ny raha ny fagnahy.⁶ Fôtony fisaigana miôrigny amin'ny nôfotro fafatesagna, fa fisaigana miôrigny amin'ny fagnahy ndraiky fiadagnana avio fiaignana.⁷ Ny fiaignana miôrigny amin'ny nôfotro miteraka rafy ankilan-dRagnahary, fa tsy mifagnaraka amin'ny lalàgnan-dRagnahary zegny, salakady tsy hainy fekny magnano zegny.⁸ Kay irô zegny mbala agnatiny nôfotro tsy ho afaka ho ankasitrahana-dRagnahary.⁹ Kanefa, anarô tsy agnatiny nôfotro fa agnatiny fagnahy, ka marigny fa miaigny aminarô fagnahin-dRagnahary. Fa izy koa misy olo tsy managna fagnahin'i Kristy, tsy ninazy izy zegny.¹⁰ fa izy ka ao agnatinarô i Kristy, maty nohon'ny fahotagna ny vatany, fa fagnahy velogno baka amin'ny fahamarignana.¹¹ Izy ka fagnahiny zegny nagnatsangana Jesosy tamin'ny maty velogno aminarô, Izy nagnatsangana i Kristy tamin'ny maty baka hagnamia tegnany fiaignana koa andeha amin'ny tegnanarô mety maty amin'ny alalan'ny Fagnahy, zegny velogno ao aminarô.¹² Dikany zegny, ralahy, mpitraosa atsika fa tsy ao amin'ny nôfotro mba hiaignana araka ny nôfotro.¹³ Fa ka miaigny araky ny nôfotro anarô, ho faty, fa izy ndraky koa amin'ny fagnahy amonoanarô asan'ny taignanarô, ho velogno anarô.¹⁴ Fa kara irô raha voatsariky ny fagnahin-dRagnahary, irô zegny zanakan-dRagnahary.¹⁵ Fa tsy nangala fagnahin'ny andevo arô kay havozo. fa ndraiky, nangala fagnahy fananganana-janaka arô, zegny dràdràdràgna hoe: "Aba, Baba ô!"¹⁶ fagnahy marigny vavolombelogo amin'ny fagnahitsika fa zanakan-dRagnahary atsika.¹⁷ kay izy koa zanaka atsika, mandova baka zegny, mpandova ndRagnahary. Avio lova araiky ao amin'i Kristy atsika, raha tegnany miaraka aminany marigny atsika amiam-boninahitry miaraka Aminany koa.¹⁸ aoko fa irô fijaliagna magnerantany ty tsy tôkony ampitovigny amin'ny voninahitra zegny aboaka amitsika.¹⁹ Fa raha jiaby nahary magnantegna maré miambigny ny fagnaboagna zanakan-dRagnahary amin-drô.²⁰ Raha jiaby eto ambon'ny tany natao tsisy dikany, tsy baka amin'ny sitrapônany manaokagna, fa baka amin'izy nagnano zegny. Izegny baka amin'ny toky namiany koa²¹ fa raha jiaby eto ambon'ny tany ho vôtasoragna amin'ny fagnandevozan'ny hozogno, bakô hitaondra agny amin'ny fahafagna amin'ny voninahitry zanakan-dRagnahary.²² Haintsika fa raha jiaby eto ambony tagny miaraka malahelo bakakô miaraka miasa agnatiny horohoro zisaka izio ty aza.²³ Tsy zegny fo, na vatagnatsika aza, managna vokatra voalohany fagnahy, na tegnatsika ka aza mihaime agnatitsika ao, izegny fagnavotagna atsika. Fa tamin'izegny fatokisagna zegny namonjegna atsika.²⁴ Fa zegny atokisantsika efa hiboaka na mbala tsy hita, azovy ka hiambigny hampatokisagna zaka efa hitany?²⁵ Fa izy ka matoky amin'ny raha mbala tsy hitatsika atsika, miambigny zegny ampaharaitagna atsika.²⁶ Kara zegny koa ataon'ny fagnahy magnampy ao amin'ny fahalemegnatsika. Fa atsika tsy mahay vavaka tôkony ataotsika, fa fagnahy tegnany mibabako ho antsika amin'ny alahelo tsy hay volagniny.²⁷ zegny mandiniky ny fô, mahay diniky fagnahy, fôtony Izy mibabako ho atsika mpino araka ny sitrapôn-dRagnahary.²⁸ haintsika miara-miasa hagnatsara zegny raha tian-dRagnahary, voakaiky araka ny fikasany koa, [Fanamariagna: Tôkony "miaraka ampiasainy ho amin'ny tsara raha jiaby," dikany volagna taloha magnano hoe: "raha jiaby miaraka miasa ho amin'ny tsara."] Ho an-drô voakaiky ho amin'ny fandaharany.²⁹ Fôtony irô fa hainy taloha, nitindreny mba hitovy bika amin'ny zanany, mba ho talagnolo agnivoan-drô ralahy maro izy.³⁰ Irô nitindregny taloha, nikahigny ndraiky. Irô zegny nikahigny, namarigniny ndraiky koa. Irô zegny namarigny, namiany voninahitra koa.³¹ Ino basy raha tôkony volagnitsika mahakasiky irô raha rô? Izy ka manaogna atsika ndRagnahary, azovy mahasaky atsika?³² Izy tsy niaro zanany tôkana fa namiany atsika jiaby, kay nagnino tsy hagnamezany atsika bôjo miaraka amin'ny zaka jiaby zegny koa?³³ Azôvy irô hagnampanga hicontre irô olo nifidin-dRagnahary? Zagnahary araiky magnamarigny zegny.³⁴ Azôvy araiky hagnasazy? Kristy araiky maty ho antsika, kay mandilatra zegny, natsangana koa Izy, manapaka miaraka amin-dRagnahary amin'ny toeram-boninahitry Izy, ndraiky Izy mibabako ho atsika.³⁵ ôvy hagnasaraka atsika amin'ny fitiavan'i Kristy? Fahoriagna sa fijaliagna, sa fanenjahagna, sa mosary, sa fitanjahagna, sa loza, sa raha marangitry?³⁶ Araka ny voasaoratra hoe: "Baka aminao maty lalandava zahay. Nalaigna kara ôndrikôndriky zahay."³⁷ Ao agnatiny rah jiaby zegny zahay mandilatra noho ny mpandresy zahay amin'ny alalan'izy araiky tia zahay.³⁸ Fa resy lahatra za fa na fafatesagna, na fiaignana, na irô anjely, na irô fanjakagna, na irô raha jiaby ziô ty, na irô zaka ho avy, na irô angôvo,³⁹ na ny agnabo, na aligny, na zavaboary hafa, tsy mahasaraka atsika amin'ny fitiavan-dRagnahary, izegny ao amin'ny Kristy Jesosy Tompontosika.

Chapter 9

¹ Magnabara marigny ao amin'ny Kristy zaho. Tsy mavandy zaho, bakô eritreritry naka vavolombelogo miaraka aminaka ao amin'ny fagnahy Masigny, ² fa haminaka misy alahelo maventy bakô fijaliagna tsy mijanogno ato am-pôko. ³ Afaka nagniry zaho fa zaho vatako ho voaozogno ka hiala amin'i Kristy baka am-drô ralahiko, draiky irô zegny razagna araiky aminaka ara-batagna. ⁴ Irô io Isiraelyta. Irô io managna fananganana, voninahitry, fankatoavagna irô, fagnamezagna lalàgna, fideragna an-dRagnahary, bakô irô fampagnatenagna. ⁵ Ninany io kony irô razagna nahavy an'i Kristy ho avy vatagna, Izy Zagnahary ambonin'ny jiaby. Deraigna mandrakizay Izy. Amena. ⁶ Tsy foagna ir I zeny nampagnategnan-dRagnahary. Tsy baka agny Isiraely tegna Isiraely. ⁷ Na irô taranak'i Abrahama jiaby tegna zanany. "Baka amin'Isaka hikahiagna irô taranakanao." ⁸ ⁹ ¹⁰ Baka io hagnambaragna aminaka anarô: "Nagnino mbala mahita tsigny fo Izy? Azovy mba azovy mavoatohitry raha tiany fôny?" ²⁰ Mifanohitry amin'ny zegnylelahy ty oe, azovy mba anao

mamaly manohitra Zagnahary? Izio mba efa nivolvolaizany hagnambara amin'ny mpamolavola: "Nagnino mba nataonao Kara ty zaho?"²¹ Izio mba mpagnaboatra vilagny tsy managna zo hagnamboatra fipitragna bolongany araiky amin'ny tanimanga amin'ny andra voatokana, bakô fipitragna araiky hafa isan'andra? ¹⁰ Tsy zegny fo, avy io koa Rebeka hiteraka amin'ny lelahy araiky, Isaka babatsika_ ¹¹ mbala tsy teraka aby irô tsaiky bakô mbala tsy nagnano raha tsara na ratsy, mba Kara tanjogno Zanahary araka ny fisafidianany, tsy baka amin-drô asa io, fa baka aminany mikaiky io_ ¹² nambara-dro tamin'ny viavy io: "zokiny hanompo zandriny." ¹³ Izegny Kara raha voasoratra fa: "Jakoba tiako, fa Esao halako." ¹⁴ Ino basy hivolagnitsika? Misy adisoagna mba miaraka amin-dRagnahary? ¹⁵ Tsisy feky zegny. Nambarany tamin'i Mosesy: "Hamindra fô amin'izegny tiako hamindragna fô Zaho." ¹⁶ Dikany zegny, tsy baka aminany tia hagnano zegny, na baka aminany milomoay, fa baka amin-dRagnahary, nagnaboaka famindram-pô. ¹⁷ Soratra Masigny nagnambara tamin'i Farao: "Baka amin'izegny antony zegny nampanogako anao, mba hagnaboako aminao tanjako, bakô hagnambaragna agnarako eran-tany." ¹⁸ Dikany zegny, Zagnahary mamindra fô amin'izegny tiany, bakô zegny tiany hamafisiny fô. ¹⁹ Baka io hagnambaragna aminaka anarô: "Nagnino mbala mahita tsigny fo Izy? Azovy mba azovy mavoatohitry raha tiany fôny?" ²⁰ Mifanohitry amin'ny zegny, lelahy ty oe, azovy mba anao mamaly manohitra Zagnahary? Izio mba efa nivolvolaizany hagnambara amin'ny mpamolavola: "Nagnino mba nataonao Kara ty zaho?" ²¹ Izio mba mpagnaboatra vilagny tsy managna zo hagnamboatra fipitragna bolongany araiky amin'ny tanimanga amin'ny andra voatokana, bakô fipitragna araiky hafa isan'andra? ²² Karakory Izy koa Zagnahary, ty agnaboaka helokonany draiky hampahay fahefagnany, Kay niaritry tam-paharetagna irô fipetraka heloko handrobaka raha? ²³ Karakory izy koa nataony raha zegny mba hagnambarany voninahitrinany amin'irô fipetraka famindram-pô? ²⁴ Karakory izy koa nataony amitsika draiky irô nikahigna koa zegny, tsy amin'ny samy Jiosy fo, fa amin'ny irô Jentilisa koa? ²⁵ Kara raha nambarany tao amin'i Hosea koa: "Kahiko oloko zegny tsy oloko, bakô tiaviko zegny tsy tia." ²⁶ Baka io agny amin'izegny nagnimbaragna tamin-drô: "Tsy oloko anarô," agny hikahiagna irô: "zanaka Zagnahary velogno." ²⁷ Isaia mare irô Isiraely: "Izykoa Kara jia agny amin'ny ranomasigny zanaka Isiraely, ho avotro zegny tavela ambiny, ²⁸ fa Tompo hitonga volagnanany eto an-tany, feno bakô tsy ela." ²⁹ Araka nambarany Isaia mialoha: "Izy koa Tompo tompin'ny maro nagnambela taranaka how antsika, ho Kara i Sodoma atsika, bakô lôso kara I Gomora" ³⁰ Ino basy hambaratsika? Irô Jentilisa, tsy nitady fahamarignana, nahazo fahamarignana tamin'ny finoagna. ³¹ Isiraely, nitady lalâgnan'ny fahamarignana, tsy navy tamin'izegny. ³² Nagnino kè? fôtony irô tsy nitady zegny tamin'ny finoagna, fa tamin'ny asa. Tafitohigny vato fanafintohinagna irô, ³³ araka voasoratra: "Zahavan-drô, ao Ziona no ambulako vato fanafintohinagna draiky vatolampy fandikan-dalâgna. Zegny matoky tsy megnatra."

Chapter 10

¹ Ô! ralahy, ny rin'ny fôko draiky angatahako amin'DRagnahary mbaha ho ninany irô, draiky fagnavaotagna irô. ² Mijoro vavolombelogno drô zaho fa mafana fô amin-dRagnahary irô, nefa tsy araka ny fahaizagna. ³ Fa tsy mahay famarignan-dRagnahary irô, sady mitady hamaitraka famarignana manaokana irô. Tsy magneky famarignan-dRagnahary irô ⁴ a Zagnahary faharaitagna lalâgna mba amin'ny fahamarinagna amin'ny olo jiaby mino. ⁵ Fa Mosesy nanaoratra momban'ny famarinagna avy amin'ny lalâgna hoe: " Olo zaigany magnano fahamarignan'ny lalâgna hiaigany amin'ny famarinagna zegny." ⁶ Famarinagna avy amin'ny finoagna magnabara hoe: " Aza mivolagna kara ty am-pô hoe: ' Azovy anoga andangitry?' (izegny, mampidrotso i Kristy); ⁷ sady aza mivogna hoe: ' Azovy hijiky amin'ny laligny?'" (izegny, mampiakatra i Kristy amin'ny maty). ⁸ Ino ambara ny zegny? " Ankilanao eo volagna, am-bavanao sady am-ponao." Izegny volagnany finoagna, zaigany nambarany. ⁹ Fa koa amin'ny vavanao ny ekenao Jesosy Tompogna, sady amin'ny fô nafo fa natsangan-dRagnahary tamin'ny maty Izy, hivojony anao. ¹⁰ Fa amin'ny fô inoagnan'olof famarinagna, draiky amin'ny vava agnekegny famonjegna. ¹¹ Nagnambara soratratra hoe: " Tsy ho maignatra zaigany mino Izy." ¹² Fa tsisy mampiavaka Jiosy draiky Grika. Fa Zagnahary araiky fo tompon-tsika, Abako Izy araigm-pasohavagna zaigany mikaiky Izy. ¹³ Fa olo jiaby mikaiky agnarany Zagnahary vonjegna. ¹⁴ Karakory ataon-drô hikaiky irô tsy ninoany? Akory ataon-drô aregny koa tsisy mpitory? ¹⁵ Akory ahafan-drô mitory, koa tsisy nagniraka? Araka voa soratra hoe: " Zahava atsaragna ny vitin-drô mpagnabara filazantsara!" ¹⁶ Kanefa tsy irô zaraiky naregny filazantsara. Isaia nagnabara hoe: " Zagnahary è, azovy nino afatra nay?" ¹⁷ Dikany zegny finoagna io baka amin'ny fitandrignaisagna, ary fitandrignaisagna avy amin'ny volagna Kristy. ¹⁸ Ambaroko fa: "Ia tegna marigny". Feho drô fa regny nagnairantany, ary nivolagny drô fo farany fiainagna ty." ¹⁹ Ankoatrany zegny, nambarako: " Tsy naregny mba Isiraely?" Tamin'ny volohany Mosesy ny volagna hoe: "Hatako saropiaro amin'ny tsy firenena anarô.Amin'ny firenena tsisy raha ahy. ²⁰ Tio nasaky Isaia izy koa fa ny volagna hoe: " Hitan-drô tsy ny tady zaho za. Niboaka tamin-drô tsy nagnatogno zaho za." ²¹ Nagnambara izy tamin'Isiraely hoe: " Faritry nany namotsaorako tamin'ny olo tsy mijery draiky maditry."

Chapter 11

¹ Kai nivolagna za fa, narian-Dragnahary foeky ma olo nany? sagnatria. Za koa ane Israelita, taranak'i Abrahama ary karazagna naka Benjamina. ² Zagnahary tsy nagnary olo nany fa hainy taloha zegny. Tsy hainarô ma raha nivolagnin'ny soratra Masigny mikasiky Elia, nitaraizany tamin-Dragnahary nisazy Isiraely? hoe: ³ Tompo, irô io namono mpaminaninao, nagnapotiky lâtabatra masigninao. Za fo tavela eto, sady tiamono za foeky ka irô. ⁴ Ino navalin-Dragnahary Izy: "Efa niaro olo mandeha fito arivo izay tsy nandohaliky tamin'ny Bala ho anakahy Za." ⁵ Kai karaha zegny koa zioty, misy ely fo

koa araka ny fifidianagna amin'ny fahasoavagna.⁶ Iziko draiky boaka amin'ny fahasoavagna zegny, tsy avy amin'ny asa foeky zegny. Sady tsy ho fahasoavagna eky fahasoavagna. (fagnitsiagna ely: ankamarozan'ny taratasy sasany taloha magneky fa: "Iziko boaka amin'ny asa i zegny, fa tsy fahasoavagna eky; iziko draiky zegny, tsy asa eky koa ny asa.")⁷ Kai ino basy? Ny raha tadiavin'i Israely tsy azony, fa izay voafidy fo nahazo, sady nankamafisigny ambiny tio.⁸ Zegny baka araiky voasoratra fa: "Zagnahary nagnamia irô fagnahin'ny adindiriagna, maso mba tsy ahitan-drô, sofigny koa mba tsy harignesn-drô, zisaka niany."⁹ kai nivolagna i Davida nagnano hoe: "Alô latabatra mba ho harato draiky fandriky, ho vato hamitaka sady hamaly faty amin-drô."¹⁰ Mason-drô hizigniny baika ts hahita, sady hiôdriky mandrakizay tahèzangnan-drô¹¹ i za mivolagna fa: "Asa mba ho ahay meloko fo irô koa lavo? Sagnatria. Kanefa, boaka amin'ny fahalavoan-drô fo nahatonga famonjegna tamindrô jentilisa, baika ampafana fô drô."¹² Kai izikoa fahavalondro harehan'olo jiaby eto an-tany, sady i fahaverezagnan-drô io koa naren-drô jentilisa, agnano karakory eky ankabeazan' ny fahavitan-drô.¹³ Amin'ny zioty, za mikoragna amin-drô jentilisa, ary izikoa za mbala ampostolin-drô jentilisa, mankasitraka fanompoagna naka fo za.¹⁴ Asa mety ampafana fô drô izay boaka amin'ny haigny naka manokagna. Ary mety hagnavotro sasany amin-drô io atsika.¹⁵ Izikoa fangnilikiliagna irô midika fampavianagna ambony ny tany ity, kai ino koa ma hangnanovandrô fa boaka amin'ny fahafatesagna fiainagna ity?¹⁶ Izikoa voatokagna ny vokatra vohalohany, dikany zegny ny ampahany amin'ny onga. Izikoa draiky fakany, karaha zegny koa irô tagnantagnany.¹⁷ kanefa koa nitapagna tagnantagnany sasany, ary koa anao, sampagna olivadia, zegny natambatra tamin'drô tio, sady izikoa nifampizara tamin'drô tio zegny vahin'ny kakazo oliva anao,¹⁸ azendriky mipoera amin-drô vahitra sasany. Fa anao koa nipoera, manjary tsy anao mitondra vahiny, fa vahiny mitondra anao.¹⁹ Kai ivolagna amizay anao fa: "Nitapagna hiala tagnantagnany baika havitako mifandray aminany."²⁰ Marigny zegny. Nohon'ny tsy fisiandrô finoagna nahatonga irô nitapagna, fa anarô draiky ny hipetraka tsara boaka amin'ny finoagnanarô. Kaza magnambony tegna anarô, fa mba matahora.²¹ Fa izikoa tegna sampagna tsy nambelan-Dragnahary, anao mba tsy ambelany koa.²² Mba zahava baka, fahatsoragna draiky aratsiam-pagnahy ny Zagnahary. Amin'ny lafiny araiky, ny arantsiam-pagnahy zegny boaka amin-drô jiosy lavo aby igny. Fa amin'ny lafiny araiky draiky, ny hatsaram-pagnahin'Dragnahary avy aminarô, izikoa maharitra amin'ny hatsaram-pagnahiny anarô. Fa koa tsy zegny, hitapagna koa anarô.²³ Fa na dia zegny draiky, izikoa irô tsy mino kara io fo, hatambatra foeky. Fa zagnahary afaka mipody mampitambatra irô draiky.²⁴ Fa izikoa draiky nitapagna tamin'ny kakazo oliva anarô, kai natambatra tamin'ny kakazo oliva tsara, asa ho karakory fihoran'ny ankabeazan-drô jiosy aby sampagnana vojanahary, natambatra tamin'ny kakazo oliva-drô manôkana?²⁵ Tsy tiako ny tsy hahay anarô rahalako, ny raha misitriky zegny, baika tsy agnanaovanarô fa anarô misy jery. I raha misitriky zegny ane fa nampihirign'olo irô Israely aby io, zisaka irô tao feno Jentilisa.²⁶ Dikany zegny, hivojegn Israely jiaby, karaha ny voasoratra hoe: "Hiboaka baka agny Ziona ny mpamafaka. Hagnadoso harantsiam-pagnahy ny Jakoba Izy,²⁷ sady zegny koa fagnekem-piavanagna nataoko tamin-drô izikoa fa hagnadosoagna fahotangnan-drô Za."²⁸ Amin'ny lafiny araiky mikasiky tenin-dRagnahary, irô fahavalo alohalohanarô. Fa amin'ny lafiny araiky draiky, araka safidin-dRagnahary, irô mahay halohan-drô Razagna.²⁹ Fa irô fagnomezagna draiky kaiky ny Zagnahary tsy miôva foeky.³⁰ Fa anarô zegny tsy mankasitraka Zagnahary taloha, kanefa anarô zioty draiky zegny nangala famelan-keloko boaka anin'ny tsy fankasitrangnan-drô.³¹ Karazegny koa, irô Jiosy zioty zegny tsy mankasitraka koa. Vokatra zegny, boaka tamin'ny famelan-keloko nataonarô mety azahoandrô famelan-keloko zioty koa.³² Fa zagnahary fa nagnadoso ny tsy fankasitragna jiaby, baika ahavitany mamela heloko amin'olo jiaby.³³ Zahava fa, ny alalignan'ny irô haren'ny fahendregna ndraiky fahaizan-dRagnahary! Tsy takatra jerin-drô ny fitsarany, draiky irô lalagna nany zegny tsy hay faritigny!³⁴ "Azovy ma nahay heritreritrin'ny Tompo, sady azovy koa najary mpagnamia hevitra Izy?"³⁵ Azovy koa nagnamia raha Zagnahary taloha, kai tsy maintsy agnaregnan-dRagnary izy draiky koa?"³⁶ Fa avy Aminany draiky boaka Aminany sady ho Anany ny raha jiaby. Ho ninany mandrakizay ny voninahitra. Amèn.

Chapter 12

¹ Zaho mangataka aminarô zegny ralako nohon'ny famindram-pon-dRagnahary, mba hanolotra ny vatagnanarô ho sôrôgno masigny sady eken-dRagnahary. Araka ny tôkony izy fanompoanarô.² Aza magnaraka fanaony izao tontolo izao, fa miôva amin'ny fagnavaozagna ny saigninarô, mba hamantaranarô tegna sitrapon-dRagnahary tsara sady ankasitrahany, marigny.³ Nohon'ny fahasoavagna namiagna zaho, agnambarako amin'olo jiaby aminarô. fa tsy tôkony hanagnanarô menimeny agnambon'ny tegnany mihoatra ny tôkony ho eritreretiny. Fa izegny ndraiky, tôkony eritreretiny am-pahendregna irô iô, karah nagnamaizan-dRagnahary lanjam-pinoagna ny tsirairay.⁴ Fa managna rantsagna maro amin'ny vatagnatsika,⁵ kanefa tsy mitovy aby ny asan-ndrô rantsagna iô.⁶ Managna ny fanomezam-pahasoavagna samihafa atsika, arakany fahasoavagna.⁷ Raha ny faminaniangna ny fagnamaignazagna ny fahasoavagna. Kay atao araka ny haben'ny finoagnany. Raha ny fanompoagnany fagnamaizagnam-pahasoavagna, kay aoka atao izy hanompo. Fa raha nisy olo araiky nahazo fanomezam-pahasovagna hampianatra, aoka izy hampianatra.⁸ Raha ny fampaherezagna ny fanomezam-pahasovagna araiky, aoka izy hampahery. Raha magnamia ny fanomezam-pahasoavagna araiky, aoka izy agnano izay ampelatagnanany. Raha ohatra hitarika ny fanomezam-pahasoavagna araiky, kay aoka izegny ho vita am-pitandremagna. Raha agnaboaka fangoraham-po ny fanomezam-pahasoavagna araiky, aoka izy ho vita hampiravoravogna.⁹ Aoka ny fitiavagna tsy hisy fitsaram-belatsihy. Mankahalà ny ratsy; mifikira mafy amin'ny tsara.¹⁰ Mifankatiava mitova amin'ny mpirahalaha; mifankatiava aby anarô tsy araiky araiky, mifagnamezam-boninahitra ary

mifagnajàha. ¹¹ Mazotoa, fa kaza kamo, Aoka hafana fo amin'nyfanompoagna ny Tompo. Mifalia amin'ny fahatokiagna hanagnanao momba ny ho avy. ¹² Maharetà amin'ny probleminao jiaby. Mivavaha hatrany. ¹³ Mifampizarà amin'ndrô mpino. Mitadiavà fomba maro mba hahatonga olo hiditry an-tragnônao. ¹⁴ Misaôra amin'ndrô olo magnenjiky anao; misaôra salakady aza magnozogno. ¹⁵ Mahaizà miaraka mifaly amin'ndrô olo ravoravo koa miarahà mitomoangny amin'ndrô mitomoangny. ¹⁶ Mitovia fisaigana amin'olo tsy araiky araiky. Aza misaigana amin'ny fomba fireharehagna, fa ekeo irô olo ambany. Aza mihevity tagnanao tegna misy jery. ¹⁷ Aza mamaly ny ratsy. Magnanaôva zaka maro tsara amin'ny mason'olo jiaby. ¹⁸ Raha azo atao, mivavaha hoan'olo jiaby, arak'izay vitanao. ¹⁹ Aza mamaly ny ratsy tagnanarô, fa amaizà lalagna ny fahatezeran-dRagnahary. Satria efa voasoratra tagny: "Ninaka ny vali-faty, donc zaho hamaly izy; nambaran'i Tompo." ²⁰ Izy koa mosâry ny fahavalonao, aza misalasala eky fa amaiza anigny izy. raha mangetaheta izy, amaiza rano higiagna izy. Raha ohatra nagnano zegny anao hamoro ny vain'ny môtro anambo ny lohany." ²¹ Reseo amin'ny tsara ny ratsy fa aza mety resen'ny ratsy

Chapter 13

¹ Alô zegny olo jiaby samby hagneky fa maventy fahefagna zegny. Tsisy fahefagna eky koa fa tsy baka amin-dRagnahary. Aviô, fa voatôndron-dRagnahary irô manam-pahaifagna jiaby misy. ² Dikany zegny, zaigny tsy magneky fahaifagna zegny miragna tsy magneky didin-dRagnahay; kay hahazo fitsaragna amin'ny irô zaigny tsy magneky didy na fahaifagna zegny. ³ Fôtony ny mpanapaka tsy avozoandrô magnano asa tsara, fa irô magnano asa ratsy fo. Magniry tsy havoza ikambagna amin'ny fahaifagna mba anarô? Magnanaova ra manjary fa hideraigna amin'ny zegny anao. ⁴ Mpanompon-dRagnaharinanarô amin'ny tsara izy. Fa anarô ndraiky koa ra tsy manjary, mila mailo, fôtony izy tsy mitondra fahasambaragna aminarô koa fa amin'ny ra ratsy. Fa izy mpanompon-dRagnahary mpamaly ny ratsy amin'ny olo magnano ra tsy manjary. ⁵ Dikany zegny tôkony hankatoa anarô, tsy amin'ny heloko fo, fa amin'ny fieritreretagna koa. ⁶ Dikany zegny, magnaifa hetra koa anarô. Fa mpanompon-dRagnahary irô manam-pahefagna, araiky miandraikitry ra zegny tsisy farany. ⁷ Ifaiha amin'olo tsy araiky araiky ra toky nindrô: magnifa hetra amin'ny olo tokony agnifagna izy; magnifa fadin-tseragnana amin'ny zaigny tokony agnifagna izy; magnajà zaigny tokony mety ajaigina. ⁸ Kaza magnano misy traosa na amin'jovy na amin'jovy, ankoatran'ny fifankativagna. Fa zaigny tiamagnodidigny izy nahavoaboaka lalagna: ⁹ Maro irô didy: "Aza mangala-badin'olo, aza mamono olo, aza mangalatra, aza magniry," izy koa misy misy didy hafa ankoatran'ny irô igny, fehezan-teny ty mavoafehy izy: "Tiava namanao kara fitiavanao tagnanao." ¹⁰ Tsy mandratra magnodidigny fitiavagna zegny; dikany zegny, fitivagna fahatantern'ny lalagna. ¹¹ Dikany zegny, ainarô fotoagna, fa laira hifoazanarô amin'ny tôromaso ziôty. Amiziôty fa tsy lavitry fagnavaotagna araiky ninoantsika retsy tamin'ny voalohany igny. ¹² Avy aligny, magnantogno andra. Dikany zegny, alô ariagna agny asany setoany jiaby, aviô alô atsika andaiha hitafy fiadagna. ¹³ Alô andaiha amin'ny lalagna mihitsy, kara atao mandaiha amin'ny andra matsagna igny, fa tsy kara irô ravoravo tsy ampahedraigna na amin'ny hamamoagna igny; fa alô tsy andaiha amin'ny fahavaitavaigna na amin'ny filàgna tsy voatana ndraiky amin'ny fifanohairagna na amin'ny hafanam-po. ¹⁴ Fa magnara an'i Jesosy Kristy Tompo aviô aza magniraka nofo hahantatairaka filàgna.

Chapter 14

¹ Halaiva jiaby malemy amin'ny finiagna, kaza mitsara mikasiky fanohoanan-kevitra. ² Olo araiky managna finoagna hihinagna raha jiaby, fa araiky malemy tsy mihinagna izy koa tsy legume. ³ Zegny mihinagna raha jiaby, alo izy tsy hagnaratsy zegny tsy mihnagna raha jiaby; bako zegny olo tsy mihinagna raha jiaby tsy hitsara koa irô olo mihinagna raha jiaby. Fa zagnahary efa nagneky izy. ⁴ Azovy mba anao, anao mitsara mpanompon'olon-kafa ? Eo alohan'ny Tompony izy mitsangana na lavo. Fa hatsangana izy, fotony Tompo afaka manangana izy. ⁵ Olo araiky miheritreritry fa misy andra tsara ankoatran'ny andra hafa. Olo hafa koa miheritreritry fa mitovy fo andra jiaby. Ambila olo tsiraikiaraiky ho resy lahatra araka saigniny. ⁶ Zegny mitandrigny andra, mitandrigny zegny ho an'ny Tompo; bako zegny mihinagna ho an'ny Tompo; izy koa mankasitraka ndRagnahary. ⁷ Tsisy miaigny amin'ny vatagnanany atsika, bako tsisy maty ho an'ny vatagnanany. ⁸ Izy koa miaigny atsika, miaigny ho an'ny Tompo, izy koa maty atsika, maty ho an'ny Tompo. Dikany zegny na velogno na maty atsika, nihin'ny Tompo. ⁹ Baka amin'ny antony zegny nahafatesan'i Kristy draiky nahavelogno Izy, mba haviany sady Tompon'ny veelogno. ¹⁰ anao nagnino mitsara rahalahinao ? Bako anao malaigany rahalahinao ? Atsika jiaby mbola hitsaraigany alohan'ny sezy fitsaran-dRagnahary. ¹¹ Efa voasoratra : "Izy koa mbola velogno Zaho", Nambaran'ny Tompo, "hiforitry io alohako lohaliky jiaby, bako lela jiaby hihira ndRagnahary." ¹² Dikany zegny atsika tsiraikiaraiky, hagnano tatitry ny vatany io amin-dRagnahary. ¹³ Kay, alo atsika tsy hifampitsara feky, aleo miheviry, tsy hasigny fandavoagna na fandriky io alohan'ny rahahiny. ¹⁴ Mahay zaho, bako resy lahatra amin'ny Tompo Jesosy, fa tsisy tsy madio amin'ny vatany. Fa zegny mangala raha jiaby tsy madio zegny aminany. ¹⁵ " Fotony izy koa anao malahelo baka amin'ny hanigny rahalahinao, tsy mandeha am-pitiavagna feky anao. Aza robotigny baka amin'ny hanigninaro, iro raha jiaby namoizan'i Kristy aigniny. ¹⁶ Kaza magnambela zegny raha herisetretinano tsara, andeha haratsiagna. ¹⁷ Fa fanjakan-dRagnahary, tsy momba hanigny draiky rano figiagna, fa momba fahamariagnana, fiadagnana, bako firavogna ao amin'ny Fagnahy Masigny. ¹⁸ Zegny manompo Kristy arak'izegny, ankasitrahan-dRagnahary bako iken'olo. ¹⁹ Dikan'izegny, alo atsika hiezaka hitady raha mikasiky fiadanagna draiky momba fifampandrosoagna. ²⁰ Aza rombatigny baka amin'ny hanigny, asan-dRagnahary. Tegna madio raha jiaby, fa ratsy amin'olo mihinagna izy bako mampameloko

izy.²¹ Tsara izy koa tsy mihinan-kena na tsy migiaka divay, na raha jiaby tokony hampameloko ralahinao.²² Finoagna anagnanao, hakajia ao aminao draiky amin-dRagnahary. Sambatra zegny tsy mampameloko vatany amin'izegny raha ekeny.²³ Zegny misalasala, meloko izy koa mihinagnay fotony tsy tamin'ny finoagna. Bako izay raha jiaby tsy baka amin'ny finoagna dia fahotagna.

Chapter 15

¹ Atsika matanjaka tokony handefitry amin'ny fahalemeny drô mahalemy, sady tsy tokony agnanao izay mahafalifaly teganany.² Hiangaviagna ny tsirairay mba agnanao raha mahafalifaly ny mpiara-monigny aminazy, fa zegny tsara mba hiposigna izy.³ Fa na kristy tsy nagnano raha mahafinaritra teganany. Zegny araka voasoratra hoe : " fagnambanian'olo anao, natreky aminaka." ⁴ Na ino na ino voasoratsara taloha, igny voasoratra mba fampianaragna atsika. Mbaka amin'ny faharetan-tsika draiky mbaka amin'ny soratra masigny no hanagnan-tsika toky.⁵ Dragnahary faharetagna draiky fampaherezagna hagnamia fisaignana mitovy atsika jiaby araka an'i Kristy Jesosy.⁶ Izy mba agnanao zegny mba ho fisaignana araiky draiky vava araiky mba hideranaro Dragnahary draiky baban'i Tompotsika.⁷ Noho zegny, mitambara, mitovy nandraisan'i Jesosy Kristy anaro koa, mba fideragna Zagnahary.⁸ Ambarako anaro fa i Kristy mpanompo'ny voavositry (iro Jiosy) ho an'ny fahamarignan-Dragnahary, mba hahafagna magnamarigny iro fampagnatenagna iro razana,⁹ ho an-dro Jentilisa mba hagnamezagnn-boninahitra Dragnahary nohon'ny famindram-pony. Zegny araka voasoratra hoe : "Noho zegny agnamia fideragna Anao amin'ny Jentilisa Za ary hihira fideragna agnaranao." ¹⁰ Mbola voavolagna koa hoe : "Miravoravo miaraka amin'ny vahoakany, ry Jentilisa." ¹¹ "Ary ko a hoe : "Derao ny Tompo, ry Jentilisa jiaby, hambila olo jiaby hidera Azy." ¹² Volagniny Isaia koa hoe : "Hisy vahatran'i Jese, ary araiky hitsangana hanapaka eo amin'ny Jentilisa. Hanagna fahatokisagna amin-dro Jentilisa." ¹³ Dragnahary fahaokisagna ane agnamia anaro firavoravogna draiky fiadanagna jiaby amin'ny finoagna, mba ho feno fahatokisagna anaro mbaka amin'ny herin'ny fagnahy masigny.¹⁴ Tegnako io koa resy lahatra momba anaro, ry rahalahy. Resy lahatra koa za fa anaro feno fahatsaragna, feno fahaizagna jiaby. Resy lahatra koa za fa anaro mahavita mifagnanatra.¹⁵ Manoratra ampasahiagna aminaro za, mba ampatsiavagna anaro raha sasany draiky, nohon'ny fagnamezan-pahasoavagna namiany Dragnahary za.¹⁶ Zegny fagnamezan-pasoavagna zegny tokony hanompoako i Kristy Jesosy tany Jentilisa, mba agnamia filazantsaran-Dragnahary. Tokony ataoko zegny mba azo ekegna fagnatitry (raha ateriny) Jentilisa, voatoka'ny fagnahy masigny.¹⁷ Nohony zegny ny hafaliako ao amin'i Kristy Jesosy draiky raha Dragnahary.¹⁸ Za tsy hasaky hikoragna na ino na ino koa tsy raha vitan'i Kristy mboka taminaka mba ho fagnikihany Jentilisa za. Iro raha jiaby io vita tamin'ny teny draiky asa,¹⁹ tamin'ny herin'ny famantagna, fahagagana, draiky tamin'ny herin'ny fagnahy masigny. Zegny mbaka agny Jerosalema, draiky lavidavitry mitovy Ilyrikioma, hahafako magnatanteraka filazantsaran'i Kristy.²⁰ Amin'ny zegny fagniriako hitory filazantsara, fa tsy hahazagna agnaran'i Kristy fo, mba hagnoregnana amin'izay efa nagnoregnany hafa.²¹ Zegny araka voasoratra hoe : "Tamin-dro tsy nahita Izy, hahita Izy, draiky iro tsy naharegny no hahazo." ²² Noho zegny voavasaka matetiky tsy handeha matetiky aminaro za.²³ Aminy zio, Za tsy managna fahefagna amindro toeragna aby io. Efa taogno nagniriako mare andeha aminaro.²⁴ Noho zegny, na imbiagna na imbiagna andehanako agny Espana, magnategna za hahita anaro koa fa mandalo, avio aterinaro antany andianako, koa mbaka mankafy fiharagna naro betibetiky Za.²⁵ Fa amin'ny zio andeha a Jerosalema Za hanompo iro mpino.²⁶ Fa faravoravognan' i Makedonia sy Akaia hagnano fandraisagna anjara ho an-dro mpino agny Jerosalema.²⁷ Ia, haravoagna ho an-dro zegny, ary, mpitrosa aminazy koa iro. Fa koa Jentilisa nizara raha masigny dro, tokony hanompo iro ara-materialy.²⁸ Noho zegny, koa fa nataoko asa ary nagnamafy fa voaray dro vokatra izay navory, andeha a Espaina za hitsidika anaro no diako.²⁹ Aiko fa za koa mandeha aminaro ka hiditry agnatiny fitahian'i kristy.³⁰ Niany mampirisiky anaro za, ry rahalahy, amin'ny Jesosy Tompotsika, draiky amin'ny fitiavan'ny Fanahy, mba hiharaka hiady aminaka anaro amin'ny vavaka ataonaro amin-dragnahary.³¹ Mivavaka mba ho avotro amin-dro izay tsy mankasitraka agny Jodia za, ary mba heken-dro mpino any Jerosalema ny fanompoako.³² Mivavaha mba hihaviako aminaro ankaravoagna amin'ny sitrapo-Dragnahary, ary hahafako, mahita fitsaragna, miaraka aminaro.³³ Zagnahary ny fiadanagna anie hiaraka aminaro jiaby. Amen.

Chapter 16

¹ mbelako aminarô i Foiby anabavitsika, mpivavaka agny Kenkrea,² mba hiraisanaro ao amin'ny Tompo izy. Ataova zegny fomba tsara ndrô mpino, ndraiky hatrêha izy amin'ny problème mety hilany fagnampianarô. Fa ndray teganany koa roso mpagnampy olo maro, ndraiky za koa.³ Magnanaova veloma Presila ndraiky Akoila, mpiara-miasa aminaka amin'n'i Kristy Jesosy,⁴ zegny nafoy irô amin'ny haigniko. Fa regny l'eglise Jentilisy regny koa.⁵ Magnanaova veloma l'eglise amin'ny tragnon-drô ao. Magnanaova veloma agny ami'i Epaineto tiako, voalohany vokatr'i Asia amin'i Kristy.⁶ Magnanaova veloma amin'i Maria, niasa maré taminarô.⁷ Magnanaova veloma i Androniko ndraik Jonia, havako marikitry, ndraiky niaka nigadra taminaka. Malaza agnivony apostoly irô, iro niaraka tami'i Kristy taloha naka koa.⁸ Magnanaova veloma ami'ny Ampliato, tiako baka ami'ny Tompo.⁹ Magnanaova veloma i Orbano, mpiara miasa amitsika ato amin'i Kristy, ndraiky Staky, tiako.¹⁰ Arahaba Apela, izy ankasitrahagna ato amin'ny Jesosy Kristy. Arahaba irô zegny ato amin'ny tôkantragnon'i Aristobolo.¹¹ Magnanaova veloma amin'i Herodiona, havako. Magnanaova veloma ami-drô agny antôkantragnon'i Nakisa, amin'ny Tompo.¹² Magnanaova veloma amin'i Tryfena ndraiky tryfosa, zegny miasa maré ato amin'ny Tompo. Arahaba Perysa tiako, zegny miasa maré tao tamin'ny Tompo.¹³ magnanaova veloma i Rofosy, izegny

voafidy tao amin'ny Tompo, bakako reniny ndraiky reniko.¹⁴ Magnanaova veloma i Asynkrito, Flegona, Hermesy, Patroba, Herma, ndraiky irô ralahy zegny miaraka amin-drô.¹⁵ Magnanaova veloma i Filologia ndraiky Jolia, Nerea ndraiky anabaviny, baka iô Olimpa, avio ka irô mpino miaraka amin-drô.¹⁶ Mifagnanaova veloma mifagnôroko masigny. Irô l'eglise ny Kristy magnano veloma anarô.¹⁷ heur zio mampirisiky anarô za, ralahy, mba handiniky mahakasik'irô zegny mahatonga raha mampameloko ndraiky fisarasaragna. Fa irô, mandilatra fampianaraka nahazonarô. Mialà marikitry irô.¹⁸ Fa tsy mivavaka amin'ny Kristy Tompontosika olo kara regny, fa kibony manaokana fo. Amin'ny volagna malemy ndraiky roboko amitahan-drô olo tsy manan-tsigny.¹⁹ kara regny fankatoavagna tafitsa agny amin'ny tsaraiky araiky. dikany zegny, ravoravo za, aminarô, fa tiako mba hisy jery amin'ny raha tsara anarô, fa tsy hagnitsy amin'zegny ratsy.²⁰ Zagnaharin'ny fiadanagna hanôrotôro Satana iô ambanin'ny vitinarô afaka fotoagna fohy. Andeha aminarô Tompontosika Jesosy Kristy.²¹ Timoty, mpiara-miasa aminaka, kay magnano veloma anarô, ndraiky Losio, Jasona ndraiky Sosipatro, havako.²² Zaho, Tertio, nanaôratra epistily ity, magnano veloma anarô ao amin'ny Tompo.²³ Gaio, mpagnamia tragno za ndraiky mpivavaka jiaby, kay magnano veloma anarô. Erasto, mpitam-bôla amin'ny tanàgna, kay magnano veloma anarô koa miaraka amin'i Koarto ralahy.²⁴ [Fanamariagna: fandikagna taloha tagnany tsara magnadoso ity andiny ity. (zahava Romana 16: 20). and 24: "Andeha aminarô jiaby fahasoavan'ny Tompontosika Jesosy Kristy."]²⁵ Ndraiky voninahitra aminazy mahavita magnitsy anarô araka ny filazantsarako ndraiky fitoriagna Jesosy Kristy, araka ny fagnambaragna tery nitanagna ho secré fa èla be tagny aloha tagny,²⁶ kanêfa ambara l'heur zio, tamin'ny alalan'ny bokin'ny faminaniagna nampafantarigny tamin'ny firenena jiaby, araka ny didin-dRagnahary hankatoavagna finoagna.²⁷ Andeha amin'Izy ndRagnahary taôkan'ny fisiagna jery, voninahitra mandrakizay, baka amin'ny alalan'i Jesosy Kristy.

1 Corinthians

Chapter 1

¹ Paoly, nikahin'i Kristy Jesosy mba ho Apostoly baka amin'ny sitrapon-dRagnahary, ndraiky Sostena ralahintsika,² ho an'ny fiangonan-dRagnahary ao Korinto, ho an'irô nahamasigniny tao amin'i Kristy Jesosy, voakaiky ho olo masigny. Manoratra amin-drô jiaby zegny mikaiky agnaran'i Jesosy Kristy Tompontosika amin'ny toeragna jiaby koa izahay, Tompon-drô ndraiky nintsika.³ Ho amin-drô fahatsaragna ndraiky fiadanagna bak'amin-dRagnahary Babantsika ndraiky Jesosy Kristy Tompontosika.⁴ Izaho tsy mijanogno magnamia fankasitrahagna ndRagnahary ho anarô nohon'ny fahatsaran-dRagnahary namezany i Jesosy Kristy anarô.⁵ Nataony manankaregna tamin'ny fomba jiaby anarô, tamin'ny fivolagnana jiaby ndraiky fahaizagna jiaby,⁶ izy koa fa voaporofa tiô aminarô fa marigny fagnabaragna mikasik'i Kristy.⁷ Baka amin'izegy tsy hijalianarô fagnamezagna fahatsaragna iô ampiambesananarô fagnambaragnan'i Jesosy Kristy Tompontosika.⁸ Mbola izy koa hampahery anarô zisika farany, mba tsy hanagna tsigny anarô amin'ny andran'i Jesosy Kristy Tompontosika.⁹ Matokisa Zagnahary, izegny nikaiky anarô hiaraka amin'ny zanany lahy, Jesosy Kristy Tompontosika.¹⁰ Amin'izîô, mamporisiky anarô zaho, ralahy, amin'ny agnaran'i Jesosy Kristy Tompontosika, mba hifagnaraka anarô jiaby, bakô tsy tôkony hoisy fisarahagna aminarô. Mamporisiky anarô zaho mba ho jery ariky aviô ho tanjogno araiky anarô.¹¹ Nambaran'ny vahoakan'i Kloe taminaka tsara, ralahy, fa misy fifampiandaniagna aminarô.¹² Kara ty tiako ambara: Tsiaraikiaraike aminarô samy magnano: "Izaho miaraka amin'i Paoly," na "Izaho miaraka amin'i Apolosy," na "Izaho miaraka amin'i Kefasy," na "Izaho miaraka amin'i Kristy".¹³ Voarasarasa mba i Kristy? Paoly ma voafantsiky ho anarô? Anarô ma natao batisa tamin'ny agnaran'i Paoly?¹⁴ Mankasitraka ndRagnahary zaho fa tsisy nataoko batisa anarô, izy koa tsy Kripo ndraiky Gaio fo.¹⁵ Izegny mba tsy hafahany olo mivolagna fa tamin'ny agnarako nagnanaovagna batisa anarô.¹⁶ (Izaho koa nagnano batisa fianakaviagnan'i Stefanasy. Ankoatran'izegy, tsy haiko na nisy hafa nataoko batisa)¹⁷ Tsy hampagnano batisa nagnirahan'i Kristy zaho fa hagnambara filazantsara. Izy tsy nandefa zaho hitory amin'ny volagna fisiagna jerin'olombelogo, mba tsy ho foagna herin'ny hazofijaliagnan'i Kristy.¹⁸ Fa hafatra mikasiky hazo fijaliagna, hadalagna amin-drô zegny ho faty. Iô amin-drô zegny ho vonjen-dRagnahary ndraiky, herin-dRagnahary izegny.¹⁹ Fa voasoratra: "Ho potehiko fahendregnan'ny hendry. Ho foagnana fahaizan'ny mahay."²⁰ Aia olo misy jery? Aia ny manam-pahaizagna? Aia koa olo mpiady hevitra an'izao tontolo izao? Izio mba tsy navadiky Zagnahary ho hadalagna fahendren'izao tontolo izao?²¹ Fotony tsy nahay Zagnahary izao tontolo izao tao amin'ny fahendregnan'ny, sitraka Zagnahary hagnavotro irô zegny mino baka amin'ny hadalagnan'ny fitoriagna.²² Irô Jiosy mangataka famantaragna mahagaga fa irô Grika ndraiky mitady fahaizagna.²³ Fa izahay magnambara an'i Kristy fa voafantsiky, izegny vato mampameloko amin-drô Jiosy sady fahadalagna amin-drô Grika.²⁴ Fa irô zegniny voakaikin-dRagnahary, na irô Jiosy na irô Grika, mitoray an'i Kristy kara hery ndraiky fahendregnan-dRagnahary.²⁵ Fa hadalagnan-dRagnahary hendry tohizay olo, bakô fahalemen-dRagnahary matanjaka tohizay nin'olo.²⁶ Heritrerete ny fikahiagna anarô, ralahy. Tsy maro aminarô misy jery raha amin'ny maha olombelogo. vitsy aminarô mahery. Vitsy aminarô koa agnambo firazagnana.²⁷ Zagnahary nifidy irô adalan'izao tontolo izao mba hampamegnatra irô misy jery. Zagnahary nifidy irô malemy amin'izao tontolo izao mba hampamegnatra irô matanjaka.²⁸ Zagnahary nifidy irô alan'olo ndraiky irô ambany amin'izao tontolo izao. Izy koa nifidy irô raha niheverigny atao tsionsino, mba hagnamboahany fa zegny raha atao manandanja, tsisy dikany.²⁹ Nataony izegny mba tsisy raha hanagna antony hireharehagna eky iô alohany.³⁰ Baka amin'ny raha nataon-dRagnahary, amin'izîô anarô nanjary ao amin'i Kristy Jesosy, izegny lôso fisiagna jery hoantsika baka amin-dRagnahary. Izy lôso

Chapter 2

fahamarignantsika, fahamasignantsika bakô fahafahantsika.³¹ Baka amin'izegny, araka nambaran'ny soratra masigny: "Ambila izegny mirehareha, hirehareha ao amin'ny Tompo"

Chapter 2

¹ Izy koa fa nandeha amin-drô zaho, ralahy, tsy navy niaraka tamin'ny volagna na fahendregna raha nambara fa misy tery mikasiky Zagnahary. [Fagnamarihagna: dikany volagna maro hafa vakigna kara ty: Izy koa nagnambara fijoroagna vavolombelogo mikasiky Zagnahary zaho."]² Nanapa-kevitra tsy hahay na ino na ino zaho izy koa taminarô tiô, izy koa tsy Jesosy, ndraiky Izy nifantsihigny fo.³ Niaraka taminarô zaho tiô amin'ny fahalemegna, ndraiky tiô amin'ny favozoagna, bakô tio amin'ny fangorohoroganz maventy.⁴ Hafatro ndraiky fagnambarako tsy tamin'ny volagna fandresen-dahatra ny fahendregna. Nefa ndraiky, raha jiaby io tamin'ny fanehoagna Fagnahy ndraiky hery,⁵ mba tsy ho agnatiny fahendren'olombelogo finoagnanarô, fa hagnatin'ny herin-dRagnahary.⁶ Amin'izao ty, mikoragna fahendregna io amin'irô matotro atsika, fa tsy fahendregna io amin'izao tontolo izao, na irô mpanapaka iziô andra iziô, izegny mandalo io fo.⁷ Kanefa, mivolagna fahendren-dRagnahary amin'ny fahamarignana misitriky atsika, i fahendregna misitriky izegny nitindren-dRagnahary talohalohan'irô fotoagna jiaby ho voninahintsika.⁸ Tsisy tamin-drô mpanapaka iziô andra iziô nahay fahendregna io, izy koa nahatakatra izegny irô tamin'ny fotoagna izegny, tsy nifantsihin-drô i Tompon'ny voninahitry.⁹ Fa araka izegny voasoratra: "Irô raha zegny tsisy maso nahita, tsisy sofigny naharegny, tsisy saigny nahazo eritreritry, irô raha zegny nomanin-dRagnahary ho an'irô tia Izy."¹⁰ Kara zegny raha naboakan'i Zagnahary taminay tamin'ny alalan'ny Fagnahy. Fa fagnahy mitady raha jiaby, na irô raha lalignin-dRagnahary aby.¹¹ Azovy mahay fisaingan'ny olo araiky izy koa tsy fagnahin'ny olo ao aminany? Kara izegny koa, tsisy mahay irô raha lalignin-dRagnahary izy koa tsy fagnahin-dRagnahary.¹² Tsy nangala fagnahin'izao tontolo izao atsika, fa nangala Fagnahy baka amin-dRagnahary, mba hafahantsika mahay irô raha amezagna atsika bôjo baka amin-dRagnahary.¹³ Mivolagna mikasiky irô raha io amin'ny volagna zegny tsy hain'ny fahendregnan'ny olombelogo ampianarigny izahay, fa ampianarin'ny Fagnahy zahay. Fagnahy mandika volagna ara-panahy miaraka amin'ny fahendregna ara-pagnahy.¹⁴ Olo zegny tsy ara-pagnahy, tsy mangala irô raha zegny nihin'ny Fagnahin-dRagnahary, fôtony hadalagna aminany iregny. Tsy afaka mahay iregny izy fôtony famantaragna ara-pagnahy iregny.¹⁵ Izegny ara-pagnahy mitsara raha jiaby, fa tsy hitsarainy hafa izy.¹⁶ Fa azovy afaka mahay fisaingan'ny Tompo, sady afaka hampianatra Izy? Fa zahay managna fisaingan'i Kristy.

Chapter 3

¹ Bakô zaho, ralahy, tsy afaka nivolagna taminarô kara olo ara-pagnahy, fa kara olo ara- batagna, kara tsaiky hely ao amin'i Kristy.² Namezako ronono anarô, fa tsy ventin-kanigny, fôtony anarô tsy vôgnono tamin'izegny; bakô na amin'iziô mbola tsy vôgnono amin'izegny fo anarô.³ Fôtony anarô mbola araka ny vatagna. Na aia misy fahasaratam-piaro ndraiky tsy fifankazahoagna iô aminarô, tsy miaigny araka ny vatagna mba anarô, tsy mandeha amin'ny tôkony hoizy mba ny olombelogo? ⁴ Izy koa misy araiky mivolagna: "Zaho magnaraka nihin'i Paoly," araiky ndraiky mivolagna: "Zaho magnaraka nihin'i Apolosy," tsy miaigny kara olombelogo fo ma anarô? ⁵ Azovy Apolosy? Azovy i Paoly? Mpanompo izegny baka aminany ninoanareo, zegny namezany Tompo asa aby.⁶ Zaho nitsabo, Apolosy nandrony, fa Zagnahary nampitombo.⁷ Dikany zegny, na araiky mitsabo na araiky mandrony tsisy misy dikany. Zagnahary nampitombo.⁸ Araiky mitsabo ndraiky araiky mandrony olo araiky, bakô samy mahazo karamany araka ny asany aby ny tsiairaikiraiky.⁹ Fa zahay mpiara-miasa amin-dRagnahary. Anarô sahan-dRagnahary, sady tragnon-dRagnahary.¹⁰ Araka fahasoavan-dRagnahary namezany zaho kara mpagnano tragno mahay, nametraka fôtony zaho bakô hafa koa magnorigny iô agnambony. Mba alo lelahy tsiairaikiraiky hitandrigny amin'ny fomba hagnoregnany io amin'izegny.¹¹ Fa tsisy olo magnampetraka fôtony izy koa tsy olo araiky napetraka, tsy azovy izegny fa i Jesosy Kristy.¹² Amin'iziô izy koa misy olo magnorigny iô agnambon'ny fôtony amin'ny volamena, volafotsy, vato lafo vidy, kakazo, bozaka, na mololo,¹³ haboaka asanany, andra mazava hagnaboaka izegny. Fôtony haboaka amin'ny môtro izegny. Môtro hitsapa hatsaragan'ny nataon'ny tsiairaikiraiky.¹⁴ Izy koa mipetraka asany olo io, hahazo valiny tsara izy;¹⁵ fa izy koa may asany olo io, matiantoko izy, fa izy vatany ndraiky ho vonjegna, kara nialany tamin'ny môtro igny fo.¹⁶ Tsy hainarô fa anarô tragnon-dRagnahary bakô Fagnahin-dRagnahary mipetraka ao aminarô?¹⁷ Izy koa misy olo mandrombaka tragnon-dRagnahary, handrombaka i olo zegny Zagnahary. Fa masigny tragnon-dRagnahary, kara zegny koa anarô.¹⁸ Aza ambela hoisy olo hamitaka tegna. Izy koa misy olo iô aminarô mihevitry fa izy hendry amin'iziô vanim-potoagna iziô, ambila izy ho lôso "adala" amin'izegny mety ho lôso hendry izy.¹⁹ Fa fahendren'izao tontolo izao hadalagna iô amin-dRagnahary. Fôtony voasoratra: "Nahatakatra hendry tao amin'ny hafitsiagnan-drô Izy."²⁰ Bakô koa: "Tampo mahay fa fihevitry hendry tsisy dikany."²¹ Dikany zegny tsisy fireharehagna mikasiky olo feky! Fa raha jiaby ninarô,²² na Paoly, na Apolosy, na Kefasy, na izao tontolo izao, na fiainagna, na fahafatesagna, na raha amin'iziô, na raha ho avy. Raha jiaby ninarô,²³ aviô anarô nihin'i Kristy, bakô Kristy nihin'i Zagnahary.

Chapter 4

¹ Kara ty tôkony handraisan'ny olo atsika, kara mpanompon'i Kristy sady mpitandrina irô raha misitrisitrikin-

dRagnahary.² Amin'izegny fifandraisagna izegny, fepetra takigna amin-drô mpitandrigny ny maha mendriky atokisagna irô.³ Aminaka raha hely tôkony hitsaranarô na hitsaran'olombelogo jiahy zaho. Na zaho tsy mitsara tégna.⁴ Zaho tsy mahay fiampangagna natao taminaka, fa izegny tsy midika fa tsy managna tsigny zaho. Tompo mitsara zaho.⁵ Dikany zegny, kaza manognotognony fitsaragna mikasiky raha jiahy alohan'ny fotoagna, alohan'ny fihavian'ny Tompo. Izy hitonga irô raha misitrisitikin'ny hiziky amin'ny fahazavagna sady hagnamboaka fikasan'ny fô. Baka iô hahazo fideragna avy amin-dRagnahary ny tsiairaikiaraiky.⁶ Amin'izîô, ralahy, nagnatanteraka irô lalâgna taminaka ndraiky tamin'i Apolosy zaho nohon'ny aminarô, mba hafahanarô mianatra aminay dikan'ny fivolagnana: "Aza mandeha mihoatra zegny voasoratra." Amin'izegny mba tsisy araiky aminarô hipoerapoera amin'ny fankasitrahagna ny araiky noho ny hafa.⁷ Azovy mahita tsy fitovizagna iô aminarô ndraiky irô hafa? Ino raha anagnanarô kay tsy nazonarô bôjo? Izy koa nahazo zegny bôjo anarô, nagnino anarô mipoerapoera kara tsy nagnano kara izegny?⁸ Efa anagnanarô raha jiahy tadiavinarô! Fa lôso mpagnarivo anarô! Fa nanomboko nanjaka koa anarô_ zegny tsy bakâ taminay! Zaho tegna magniry ny nanjakanarô, mba hafahanay manjaka miaraka aminarô.⁹ Nandiniky zaho fa Zagnahary nagnambela atsika ho Apostoly miharihary kara farany amin'ny laharagna ndraiky kara olo voasazy ho faty. Zahay nanjary fampisehoagna hoan'izao tontolo izao_ hoan'irô anjely, sady hoan'ny olombelogo.¹⁰ Adala nohon'i Kristy zahay, fa anarô hendry ao amin'i Kristy. Malemy zahay, fa anarô mahery. Anarô namezagna voninahitry, fa zahay ndraiky tsy nalaiginy barakâ.¹¹ Ndraiky isaka zio zahay mosary bakô mangetaheta, masikiny ankanjo, voakobay mare, ndraiky tsy managna tragno hipetragna.¹² Miasa mare zahay, miasa amin'ny alalan'ny tagnanay fo. Izy koa fa latsaigny zahay, miaritry.¹³ Izy koa hiagniny zahay, magnano tsodrano. Izy koa nahihigny zahay, mivolagna amin-katsaram-pagnahy. Niôva zahay, ndraiky mbola nalainy ho, fakon'izao tontolo izao ndraiky faikany raha jiahy.¹⁴ Zaho tsy nanoratra raha jiahy iô mba hahamegnatra anarô, fa magnitsy anarô kara zanaka tiako.¹⁵ Fa na managna mpiambigny araiky aligny ao amin'i Kristy aza anarô, tsy managna babà maro be. Fa zaho lôso babànarô ao amin'i Kristy Jesosy tamin'ny alalan'ny filazantsara.¹⁶ Nohony zegny mampirisiky anarô zaho mba ho kara zaho.¹⁷ Izegny nagnadifasako anarô an'i Timoty, zanaka tiako sady matoky ao amin'ny Tompo. Izy hampatsiaro anarô lalagnanaka ao amin'ny Kristy, kara nampianarako irô na aia na aia ndraiky ao amin'ny tragno NdRagnahary jiahy.¹⁸ Amin'izîô ty lôso miavogno sasany aminarô, magnano kara fa tsy ho avy aminarô zaho.¹⁹ Fa hoavy tsy ela aminarô zaho, raha sitraky Tompo. Bakô tsy hahay koragna ndrô zay tegna miavogno fo zaho, fa hahita tanjakan-drô.²⁰ Fôtony fanjakan-dRagnahary tsy miankiny amin'ny koragna fa amin'ny hery.²¹ Ino raha tadiavinarô? Tokony ho avy aminarô miaraka amin'ny tsorany kakazo zaho sa miaraka amin'ny fitiavagna feno halemem-pagnahy?

Chapter 5

¹ Zahay naharegny fa misy fijangajangagna ao aminarô, Karazagna fitondran-tegna tsy tsara zay tsy azo atao feky eo amin-drô jentilisa. Misy hafatra fa misy araiky aminarô mandry miaraka amin'ny vadin'i babàny.² Anarô tegna miavognavogno! Fa tsy tokony alahelo anarô? Araiky nagnano zegny tsy maintsy hadoso eto aminarô.³ Fa na tsy iô arabatagna aza zaho fa mbola iô ara- pagnahy, efa nitsara araiky zegny nagnano izegny sandra, kara tio fo zaho.⁴ Izy koa fa miaraka mivory amin'ny agnaran'Jesosy Tompontosika anarô, iô koa fagnahiko amin'ny herin'Jesosy Tompontosika, efa nitsara io olo io sandra zaho.⁵ Nataoko zegny mba hanoloragna izegny lehilahy izegny ho an'i Setoany ho fandrombatagna vatagna, mba ho vavoan'ny fagnahy amin'andran'ny Tompo.⁶ Tsy tsara fireharehagnanarô! Tsy hay narô fa lalivay ely magnova mofo jiahy?⁷ Diova tegnanarô amin'ny lalivay taloha mba ho hanjary mofo vaovao anarô, ka mba hanjary mofo tsisy lalivay. Fa Kristy, zanak'ondrintsika tamin'ny Paska, nataony sorogno.⁸ Nohony zegny alo atsika hankalaza firavoravoagna, tsy amin'ny lalivay taloha, lalivain'ny fitondran-tegna ratsy ndraiky faharatsiagna. Nefa ndraiky, aoka atsika hankalaza amin'ny mofo tsy misy lalivain'ny fahadiovam-pô ndraiky fahamarignana.⁹ Zaho nanoratra ho anarô tao amin'ny taratasiko mba tsy hiarahanarô miasa amin-drô olo mpijanganjanga.¹⁰ Kanefa tiako volagny tsy olo mpijanganjanga jiahy eto amin'izao tontolo izao, na irô tsy mahafehy tegna, na irô mpamitaka, na irô mpanompo sampy, fôtony mba hialagna amin-drô mila miala amin'izao tontolo izao anarô.¹¹ Nefa amin'izîô ty zaho manoratra ho anarô mba tsy hiaraka hiasa amin-jôvy na amin-jôvy zegny kahiagna rahalahy nefa miaigny ao agnatiny fijangajagagna, na zay tsy mahafehy tegna, na mpanompo sampy, na mpagnasaha, na mpigiakatoaka, na mpangalatra. Aza mihinagna hanigny miarka amin'olo kara zegny feky.¹² Fa karakôry idirako amin'ny fitsaragna irô zegny agny ambadiky fiangonagna? Mifanohitry amin'ny zegny, anarô tsy tokony hitsara irô ao agnatiny fiangonagna?¹³ Fa Zagnahary mitsara irô zegny agny ivelany. "Adosoa aminarô olon-dratsy."

Chapter 6

¹ Raha misy araiky aminarô managna ady amin'ny araiky hafa, masakia handeha agny amin'ny fitsaragna eo alohan'ny mpitsara tsy mpino izy, fa tsy eo alohan'irô mpino?² Zio ma tsy hay narô fa irô mpino no hitsara an'izao tontolo izao? Izy koa zegny anarô hitsara an'izao tontolo izao, zio ma tsy mahavita mandamigny raharaha mandiniky anrô?³ Zio ma tsy hay narô fa hitsara irô anjely atsika? Karakôry, nohony zegny, ny fihoragna fahafantsika mitsara irô raharaha amin'ity fiaignana ity?⁴ Raha ohatra afaka mitsara raha zay miboaka amin'ny andavanandrom-piaignana anao, fa nagnino anao mametraka karazagna tranga kara zegny eo anolohan'irô zay tsinontsinona eo amin'ny fiangonagna?⁵ Hahamegnatra anarô hivolagnako izegny. Zio ma tsy mba misy ampy fahendregna na araiky fo amirô handamigny malomalo amin-drô

mpirahalalahy? ⁶ Kanefa , misy mpino araiky mandeha mifagnatriky amin'ny mpino hafa iô amin'ny fitsaragna, izegny raharaha izegny ambailà iô alohan'ny mpitsara zay tsy mpino! ⁷ Fisian'ny ady aminarô Kristiana jiaby efa faharisiagna ho anarô sandra. Fa tsy alô mijaly amin'ny fahadisoagna? Fa tsy alô ambela ho voafitaka tegnanarô? ⁸ Fa anarô nandiso ndraiky namitaka irô hafa , bakô rahalahinarô koa irô! ⁹ Zio ma tsy hay narô fa ny tsy marigny tsy handova fanjakan-dRagnahary? Aza mino vandy. Irô raha tsy manjary, irô mpanompo sampy, irô mpijangajana, irô lelahy mpivaro-tegna, irô zay miara- mandry amin'ny samy lelahy, ¹⁰ irô mpangalatra, irô tsy mahalala onona, irô mamolava, irô mpagnaratsy , irô mpagnano an- keriny _tsy misy araiky amin-drô irô handova ny fanjakan-dRagnahary. ¹¹ Kara zegny koa irô aminarô. Fa efa voadio, ndraiky voamarigny tamin-dRagnahary anarô tamin'ny agnaragna Tompo Jesosy Kristy ndraiky Fagnahin-dRagnahary. ¹² "Raha jiaby aran-dalàgna aminakà", fa tsy raha jiaby no maha tsara. "Raha jiaby magnaran-dalàgna aminakà," fa tsy ho andevozin'ny araiky amin-drô zaho. ¹³ "Ny hanigny nihin'ny kibo, aviô kibo natao nihin'ny hanigny," fa Zagnahary hagnadoso irô roé. Vatagna tsy natao ho an'ny fijangajangana. Kanefa ndraiky, vatagna natao ho an'ny Tompo, aviô Tompo hagnamia ho an'ny vatagna. ¹⁴ Zagnahary efa nanagnana Tompo ndraiky hanagnana atsika amin'ny tanjakanazy koa. ¹⁵ Zio ma tsy hainarô fa tegnanarô ratsam-batan'i Kristy? Ka hindsigny ve izegny irô ratsam-batan'i Kristy aviô hampitambatra irô amin'ny mpivaro-tegna? Tsy hisy anie izegny! ¹⁶ Zio ma tsy hainarô fa zay mitambantra amin'ny mpivaro-tegna lôso nofo araiky aminazy? Kara zegny voalazan'ny Sôratra Masigny hoe: "Ho nôfo araiky fo irô roé." ¹⁷ Fa izy zay miaraka amin'ny Tompo lôso Fagnahy Masigny araiky Aminazy. ¹⁸ Hialà fijangajangana! Ny fahotagna jiaby hafa ataon'ny olo ivelan'ny tegna, fa olo mpijangajana manota ho amin'ny tegnany araiky fo. ¹⁹ Zio ma tsy hainarô fa vatagnanarô tragnon'ny Fagnahy Masigny, zay mipetraka agnatinarô , zay azonarô bakà amin-dRagnahary? Zio ma tsy hainarô fa tsy ninarô tegnanarô? ²⁰ Fa olom-boavidy anarô. Nohony izegny mankalazà ndRagnahary amin'ny tegnanarô. [Fagnamariagna: Irô dikany volagna taloha sasany vakigna kara ty: "Nohony izegny mankalazà an-dRagnahary amin'ny tegnanarô ndraiky amin'ny fagnahinarô, zay an-dRagnahary." Fa dikany volagna tegna tsara tsy mivaky kara io.]

Chapter 7

¹ Mikasiky irô nisorantanarô: "Tsara aminarô lelahy tsy mikasiky viavy." ² Kanefa nohony irô fakam-pagnahy amin'y raha tsy manjary maro isan-karazany, tôkony hanagna vady manôkagna aby lelahy Tsiaraikiaraiky, bakô viavy tsiaraikiaraiky tôkony hanagna vady manôkagna koa. ³ Ny lelahy tokony hagnamia irô zo ara-panambadiagna ho an'ny vadiny, aviô kara izegny koa ny viavy hon'ny vadiny. ⁴ Tsy ny viavy no managna fahefagna amin'ny vatagnany manôkagna, fa ny vadiny. Kara izegny koa ,tsy ny lelahy no managna fahefagna amin'ny vatagnany manôkagna, fa vadiny no managna. ⁵ Aza mifanakatsakagna anarô tsiaraikiaraiky, Izy koa tsy amin'ny fifagnarahagna nifanôvagna ndraiky amin'ny fotoagna natôkagna amin'izegny. Ataovà izegny mba hafanarô, manokan-tegna amin'ny vavaka. Aviô tôkony hiaraka hoandry indraiky anarô,mba tsy hafan'ny devoly mangala Fagnahy anarô nohon'ny tsy fagnarahanarô fifehezan-tegna. ⁶ Kanefa zaho mivolagna irô raha jiaby aminarô am- pahalalahagna fa tsy didy akory. ⁷ Tegnany tikao olo jiaby kara zaho. Fa tsiaraikiaraiky samby managna fanomezam-pahasoavagna manôkagna bakà amin-dRagnahary. Araiky managna ity karazam-panomezam-pahasoavagna ity, ndraiky araiky hafa managna karazany hafa koa. ⁸ Hoan'irô zay tsy managna vady ndraiky irô mpitondratégna mivolagna zaho fa tsara ho azy irô raha mijanogno tsy manambady irô, kara zaho. ⁹ Kanefa zay irô tsy afaka mifehy tegnany, tôkony hanambady. Satria tsara kokoa irô manambady toy zay aviliviliny filàgna ara-batagna. ¹⁰ Aviô irônzay manambady magnamia didy ty zaho_tsy zaho, fa Tompo_ viavy Tsy tôkony hisaraka amin'ny vadiny, ¹¹ (fa raha misaraka amin'ny vadiny , tôkony hijanogno ts hanambady na koa mipody mihavagna amin'ny vadiny)_ bakô lelahy tsy tôkony hisaraka amin'ny vadiny. ¹² Fa hoan'irô tavaila mivolagna zaho, fa tsy Tompo_hoe raha misy ralahy araiky managna vady tsy mpino, bakô raha maharavoravo izy miara-miasa aminazy, tsy tôkony hisaraka amin'ny vadiny izy. ¹³ Raha viavy araiky no managna vady tsy mpino, ndraiky raha maharavoravo izy miaraka miaigny aminazy, tsy tôkony misaraka amin'ny vadiny izy. ¹⁴ Satria lelahy tsy mpino natokagna noho amin'ny vadiny, ndraiky viavy tsy mpino natokagna nohoniny amin'ny vadiny rahalany. Fa raha tsy izegny ho maloto zanakandrô, nefa raha marigny efa vaotôkagna irô. ¹⁵ Izy koa vady tsy kristianina miala, ambila izy andeha. Amin'ny raha kara zegny, ralahy na ranabavy tsy voafehin'ny vavan-drô. Zagnahary nikaiky atsika mba hiaigny am-piadanagna. ¹⁶ Anarô viavy, amin'ny fomba karakory ahaizanao, fa ho voahavotronao vadinao? Anarô lelahy, amin'ny fomba karakory koa ahaizanao, fa ho voahavotronao vadinao? ¹⁷ Ambila fo ny tsiaraikiaraiky hiaigny amin'ny fiainagna efa nagnanaovan'ny Tompo izy, bakô araka zegny efa nikahian-dRagnahary izy. Io fitsipikinaka ao amin'ny fiangonagna jiaby. ¹⁸ Efa voavositry mba olo araiky izy koa fa kahigna mba hino? Izy tsy tôkony hiezaka hisehoseho kara olo'tsy voavositry. Tsy voavositry mba olo araiky izy koa nikahigna amin'ny finoagna? Tsy tôkony vosiragna izy. ¹⁹ Fôtony tsy ny famosiragna na ny tsy famosiragna ny tegna izy. Tegna izy ny fagnanaovagna didin-dRagnahary. ²⁰ Tsiaraikiaraiky tôkony hijanogno amin'ny fikahiagna zegny nisy izy rahoatra koa nikahiny Zagnahary mba hino izy. ²¹ Andevo mba anao tamin'ny nikahian-dRagnahary anao? Aza miasaloha amin'izegny. Izy koa mety ho afaka anao, araraota izegny. ²² Fôtony olo araiky nikahin'ny Tompo ho andevo, olo afaka ny Tompo. Kara zegny koa, andevon'i Kristy olo afaka tamin'ny nikahiagna izy mba hino. ²³ Anarô olo voavidy, dikany zegny aza magnano kara irô andevon'olo. ²⁴ Anarô ralahy, na ino na ino fiainagna nisy atsika tsiaraikiaraiky tamin'ny atsika nikahigna mba hino, aoka atsika hijanogno ho kara zegny. ²⁵ Mahakasiky irô nzegny tsy manambady feky, zaho tsy managna didy baka amin'ny Tompo. Nefa zaho magnamia hevitrako kara araiky zaigny, baka amin'ny famindram-pôn'ny Tompo, tôkony atokisagna. ²⁶ Nohony zegny, mieritreritry zaho fa baka amin'ny loza ho avy, tsara amin'ny lelahy

mijanogno amin'ny maha izy izy.²⁷ Voafehy amin'ny viavy mba anarô? Aza mitady ho afaka aminany. Afaka amin'ny vadinao mba anao? Aza mitady vady. Nefa tsy nanota anarô izy koa manambady.²⁸ Izy koa manambady ny viavy tsy manambady, tsy nanota izy. Hanagna karazagna olagna maro irô zegny manambady rahoatra ka mbola velogno, fa za ndraiky ty hagnadoso anarô amin'izegny.²⁹ Fa kara ty raha ambarako, anarô ralahy: Foky fotoagna. Manomboko ziô, alô irô zegny efa manambady hiaigny ho kara olo tsy managna.³⁰ Irô zegny mitomagny tôkony hagnano ho kara olo tsy mitomagny, irô ravoravo ho kara tsy ravoravo, bakô irô zegny mividy ho kara olo tsy managna na ino na ino;³¹ bakô irô zegny mampiasa izao tontolo izao tsy tôkony hagnano kara olo mampiasa izegny tanteraka. Fôtony izao tontolo izao amin'ny endrik'izao ho avy amin'ny fiataragna.³² Tiako anarô ho afaka amin'ny ahiahy irô. Lelahy tsy manambady miahiahy amin'ny raha ny Tompo, ny amin'ny fomba hamparavoravoagna Izy.³³ Fa lelahy manambady ndraiky miahiahy amin'ny rahan'izao tontolo izao, ny amin'ny fomba hamparavoravoagna vadiny³⁴ mandasandra izy. Viavy tsy manambady na virijiny miahiahy amin'ny raha ny Tompo, ny amin'ny fomba hanokanagna amin'ny tegna ndraiky fagnahy. Fa viavy manambady ndraiky miahiahy amin'ny rahan' izao tontolo izao, ny amin'ny fomba hamparavoravoagna vadiny.³⁵ Hambarako zegny mba tombotsoanarô manokagna, fa tsy hagnapetraka raha jiaby hanakantsakana iô aminarô. Magnambara izegny zaho nohon'ny raha marigny, amin'izegny anarô mba hanolo-tegna amin'ny Tompo tsisy raha manabataba.³⁶ Izy koa misy olo araiky mihevitra fa tsy mitonga tsakitsaikinany ampagnajagna_ izy koa mihoatra taognon'ny fanambadiagna i viavy io sady tsy maintsy kara izegny_ tôkony hagnano izegny tiany izy. Tsy manota izy. Tôkony hagnano fivadiany irô.³⁷ Izy koa ndraiky nanagna fikasagna tsara tao am-pôny izy, izy koa tsisy faniritriagna fa afaka mifehy sitrapôny manokagna, sady nanapa-kevitra tao am-pôny koa izy hagnano izegny, mba hitanany tsakitsaikinany ho virijiny, tsar nynataony.³⁸ Magnano ny tsara izegny manambady tsakitsaikinany, avio zegny misafidy tsy hanambady hagnano ny tegna tsaratsara.³⁹ Viavy voafehin'ny vadiny izy koa mbola velogno i lelahy io. Izy koa ndraiky fa maty vadiny, malalaka tsara izy hanambady zegny tiany vadigny, fa tegna tsara ao amin'ny Tompo fo.⁴⁰ Nefa amin'ny fitsaragnako tôkony ho ravoravo izy koa miaigny amin'izao fo. Heveriko fa zaho araiky koa managna Fagnahin-dRagnahary.

Chapter 8

¹ Bakô mikasiky hanigny atao sorogno amin'ny sampy_ haintsika fa: "Atsika jiaby manam-pahaizagna." Fahaizagna mampimpoerampoera, fa fitiavagna manangana.² Izy koa misy olo araiky mihevitra tagnany fa mahay raha, mbola tsy mahay araka tôkony hahazany aby i olo izegny.³ Fa izy koa misy olo araiky tia ndRagnahary, hainy i olo izegny.⁴ Izy koa mikasiky fihinanagna hanigny natao sorogno amin'ny sampy_ haintsika fa " sampy eto amin'izao tontolo izao atao tsinotsino" sady "efa tsisy Zagnahary afa eky izy koa tsy araiky fo."⁵ Fa mety misy irô atao sary kahigna zagnahary, na agny an-dagnitry na eto an-tany, kara hamaroan'irô "zagnahary" ndraiky hamaroan'irô "tampo."⁶ Fa amintsika "Araiky fo Zagnahary Baba, izegny avy aminany raha jiaby, Izy koa antony hivilomantsika, bakô araiky koa Tompo Jesosy Kristy, baka taminany nisian'ny raha jiaby, bakô baka taminany koa nisiantika."⁷ Na zegny, izegny fahaizagna zegny mbola tsy ao amin'ny tsiraikiaraiky. Nefa ndraiky koa, sasany tiô aloha nampihatra fanompoan-tsampy, nihinagna i hanigny zegny kara raha natao sorogno amin'ny sampy izegny. Noho izegny robaka fieritreretana-drô fôtony malemy izegny.⁸ Fa tsy hanigny hanolotra atsika iô amin-dRagnahary. Fa tsy tegna ratsy atsika izy koa tsy mihinagna, na koa tegna tsara izy koa mihinagna izegny.⁹ Tandrema mba tsy fahaizagnanarô antony hampameloko irô olo tsy ampy finoagna.¹⁰ Ataova kara misy olo mahita igny anao, manam-pahaizagna io, mihinagna hanigny ao amin'ny tragnon'ny Sampy. Tsy fahalemen'ny fieritreretagna mba nasakiany hihinagna zegny namezany ho an'ny sampy?¹¹ Kay baka amin'ny fahaizanao toetra marigny mikasiky sampy, nahavery i ralahy araiky malemy finoagna, zegny nahafatesan'i Kristy.¹² Dikan'izegny, izy koa manota amin'ny ralahinarô anarô ka mandrobaka saigny malemin-drô, manota manohitra i Kristy anarô.¹³ Dikan'izegny, izy koa hanigny mahatonga ralahiko ho meloko, tsy hihinan-kena feky zaho, mba tsy baka aminaka hahalavo ralahiko.

Chapter 9

¹ Tsy olo afaka mba zaho? Tsy apostoly mba zaho? Tsy nahita i Jesosy Tompontsika mba zaho? Tsy asako ao amin'ny Tompo mba anarô?² Izy koa tsy Apostoly ho an'ny hafa zaho, farafaratsiny Apostoly ho anarô. Fa anarô porofo amin'ny maha-apostoly zaho ao amin'ny Tompo.³ Ara ty fiarovako amin-drô zegny magnotanitany zaho:⁴ Izio mba zahay tsy mahazo lalagna hihinagna ndraiky higiaka?⁵ Izio mba zahay tsy mahazo mitonga vady mpino, kara ataoon-drô apostoly sasany, ndraiky irô ralahin'ny Tompo, bakô Kefasy?⁶ Sa zaho ndraiky Barnabasy fo tsy maintsy miasa?⁷ Azovy magnano fanompoagna miaramila amin'ny fandaniany manokagna? Azovy mitsambo voaloboko tsy mihina voany? Azovy mpiambigny ondrikondriky kay tsy migiaka ronono azo amin'izegny?⁸ Izio mba zaho magnambara irô raha mifototra amin'ny fahefagnan'ny olombelogno? Tsy magnambara zegny koa mba lalàgna?⁹ Fa izegny efa voasoratra ao amin'ny lalàgna Mosesy hoe: "Aza fihezigny tady vavany aomby izy koa miasa." Ilainy aomby marigny hiahian-dRagnahary?¹⁰ Tsy mikoragna mikasiky zay mba izy? Efa nisoratagna ho atsika, fa zay miasa tany tôkony hiasa amin'ny fagnatenagna, bakô zay hamopoko tôkony hamopoko amin'ny fagnatenagna hahazo anjara amin'ny vokatra.¹¹ Raha namafy raha arapagnahy tio aminarô izahay, Zio ma maro loatra aminay mijinja raha ara-materialy baka aminarô?¹² Raha atao izegny zo izegny avy aminarô irô hafa, zio ma zahay tsy managna mandilatra? Na izegny aza , tsy nitaky izegny zo izegny zahay. Fa kanefa, naleonay niaritry raha jiaby toy zay ho sakagna ho an'ny filazantsaran'i Kristy.¹³ Zio ma tsy hainarô fa irô zay

manompo ao amin' ny tragnon-dRagnahary, mahazo sakafon-drô irô baka ao amin'ny tragnon-dRagnahary? Bakô ma zio tsy hainarô fa irô zay manompo iô amin'ny alitara mahazo anjara aminy zay natao fagnatriky tio amin'ny alitara? ¹⁴ Kara zegny koa, Tompo nandidy fa irô zay mitory filazantsara tôkony hahazo fivelomagna irô bakà amin'ny filazantsara. ¹⁵ Nefa tsy nitaky araiky tamin'irô zo irô zaho. Avio tsy manoratra raha kara ty mba mety hisy raha jiaby hatao zaho. Alo zaho maty toy zay hisy olo hagnadoso aminaka izegny reharena zegny. ¹⁶ Fa izy koa mitory filazantsara zaho, tsy misy antony tôkony ireharehako, fôtony tsy maintsy magnano izegny zaho. Bakô loza aminaka izy koa tsy mitory filazantsara zaho! ¹⁷ Fa raha magnano izegny an-tsitrâpô zaho, managna valisoa. Fa raha tsy an-tsitrâpô ndraiky, mbola managna andraikitry zay nambela taminaka zaho. ¹⁸ Ino izegny no valisoako? Izegny rehefa mitory zaho, afaka magnamia filazantsara tsy misy fagnifam-bôla ka mba tsy hampiasa tanteraka zonaka amin'ny filazantsara. ¹⁹ Fa na afaka amin'ny jiaby aza zaho, ho avy mpanompo ho an'ny jiaby, mba hahazaoko maromaro koa. ²⁰ Tio amin'ny Jiosy lôso kara Jiosy zaho, mba hahazaoko Jiosy. Tamindrô zay amban'ny lalâgna zaho, lôso kara olo zay amban'ny lalâgna zaho mba hahazaoko irô zay amban'ny lalâgna. Nagnano izegny zaho na tsy tio amban'ny lalâgna aza tegnako.[fahamariagnana: Ny baiboly ULB ndraiky UDB mivaky hoe:"Nagnano izegny zaho na tsy tio amban'ny lalâgna aza tegnako."Ny dikan-teny taloha tsy magnisy izegny.] ²¹ Tamin-drô zay ambandiky lalâgna, loso kara olo ambandiky lalâgna zaho, na tsy ambandiky lalâgnan-dragahary aza tegnako, fa ambanin'ny lalâgnan'i Kristy. Nagnano izegny zaho mba hahazaoko irô zay ambanin'ny lalâgna. ²² Tio amin-drô malemy lôso malemy zaho, mba hahazaoko irô malemy. Nanjary raha jiaby ho an'olo jiaby zaho, mba hamonjeko sasany amin'ny fomba jiaby. ²³ Magnano raha jiaby zaho ho an'ny filazantsara, mba hafahako mandry anjara amin-drô fitahiagna izegny. ²⁴ Zio ma tsy hainarô fa amin'ny filomahizana araiky ny mpilomoay jiaby magnano filomahizana, nefa araiky fo no mahazo loka? Koa milomahiza mba hahazo loka. ²⁵ Mpilomoay araiky magnano fifehezan-tegna amin'ny fanazaragna tegnan'ny jiaby. Magnano izegny irô mba handray satro-boninahitra zay mety rombaka, kanefa ndraiky milomahiza mba hahazoantsika satro-boninahitra tsy mety rombaka. ²⁶ Nohony izegny tsy milomoay amin'ny tsisy dikany zaho na mamango tombokôndry amin'ny tsiko. ²⁷ Fa fiheziko tegnako bakô ataoko andevo, mba hiekeny tegnako, rehefa bakà nitry tamin'ny hafa zaho.

Chapter 10

¹ Tiko hainarô , rahalahy, fa irô babâtsika tao ambanin'ny rôndro jiaby bakô namakivaky ranomasigny. ² Olo jiaby natao batisa ho amin'i Mosesy tao amin'ny rôndro ndraiky tao amin'ny ranomasigny, ³ aviô olo jiaby samy nihinagna sakafom-pagnahy mitovy. ⁴ Olo jiaby nigiaika ranom-pagnahy mitovy. Fa irô nigiaika tamin'ny vatolampim- pagnahy zay nagnaraka irô, Kristy izegny vatolampy izegny. ⁵ Fa Zagnahary tsy nagneky tsara ny ankamaroan-drô, bakô fatin-drô naparitaka tagny an'efitra. ⁶ Amin'izo ty raha jiaby regny ohatra ho atsika, mba tsy hagnirantsika raha ratsy kara nilain-drô. ⁷ Aza manompo sampy, kara sasany tamin-drô. Izegny araka voasôratra hoe:" Irô olo nipetraka mba hihinagna ndraiky higiaka, bakô nitsangana mba hisôma." ⁸ Alô atsika tsy hijangajanga, kara nataon'ny maro tamin-drô. Agnatiny andra araiky, olo telo amby roapolo arivo no maty nohon'izegny. ⁹ Alô atsika tsy hitsapa Kristy, kara nataon'ny maro tamin-drô kay naripaka bibilava irô. ¹⁰ Aza mimenimenigny koa, kara nataon'ny maro tamin-drô kay naripakan'ny anjelin'ny fahafategna. ¹¹ Raha jiaby regny no nitranga tamin-drô mba ho ohatra ho atsika. Nisoratagna mba ho fampianaragna atsika izy regny_ho amintsika zay niavian'ny faranandrà. ¹² Dikan' izegny zegny mieritreritry tegnanany efa mitsangana mitandrema tsara mba tsy ho lavo. ¹³ Tsy nisy fakam-pagnahy nahatakatra anarô kay tsy hitambaran'olombelongo jiaby. Fa kanefa, Zagnahary mahatoky. Tsy hagnambaila anarô halaim-pagnahy mihoatra zakanarô Izy. Miaraka amin'ny fakam-pagnahy, hagnamia anarô lalagna hilifasagna koa Izy, mba hafanarô miaritry izegny. ¹⁴ Dikan'izegny , ry tiako, milifasa lavitry fanompoan-tsampy. ¹⁵ Mivolagna aminarô kara olo manan-tsaingy zaho, mba hafahanarô mitsara zay volagniko. ¹⁶ Kapoakan'ny fisaoragna zay isaorantsika, zio ma izegny tsy fiombonagna amin'ny lion'i Kristy? Mofo zay vakantsika, zio ma izegny tsy fiombonagna amin'ny vatagnan'i Kristy? ¹⁷ Fôtony araiky fo mofo, atsika zay maro vatagna araiky. Atsika jiaby mandray amin'ny mofo araiky fo. ¹⁸ Zhava irô vahoakan'Israely: zio ma irô zay mihinagna irô fagnatriky tsy mpandray anjara eo amin'ny alitara? ¹⁹ Ino basy raha volagniko? Hoe tsisy dikany izegny sampy? Sa hanigny zay natao fagnatriky tamin'ny sampy no tsisy dikany? ²⁰ Fa mikoragna mikasiky raha jiaby ataon-drô Jentilisa mpanompo sampy fagnatriky zaho, fa amaizan-drô irô devoly raha jiaby regny fa tsy an-dRagnahary. Tsy tiako anarô ho jery araiky amin'ny devoly! ²¹ Tsy afaka migiaka kapoakan'ny Tompo ndraiky kapoakan'ny devoly anarô. Tsy afaka miaraka eo amin'ny latabatra Tompo ndraiky latabatran-drô devoly anarô. ²² Sa magnano zay mahasaro-piaro Tompo atsika? Mahery noho Izy ma atsika? ²³ "Raha jiaby ara-dalâgna , " fa tsy raha jiaby mahatsara." Raha jiaby ara-dalâgna," fa tsy raha jiaby no mampandroso olo. ²⁴ Tsisy tôkony hitady tombontsoany manôkagna. Kanefa, tsiraikiaraiky tôkony hitady tombontsoany namany. ²⁵ Afaka mihinagna raha jiaby alafo agny amin'ny tsena anarô, fa aza magnotanitany eritreritry eky. ²⁶ Fa "nihin'ny Tompo tany, ndraiky zay raha jiaby misy ao aminazy." ²⁷ Raha misy tsy mpino magnano karibo anarô hihinagna, kay magniry handeha anarô, hahana zay raha jiaby mipetraka eo alohanarô kaza mametraka fagnontaniagna amin'ny eritreritry eky. ²⁸ Fa raha misy mivolagna aminao hoe: " Ity hanigny ity bakà amin'ny fagnatitra mpanompo sampy," aza mihinagna izegny. Izegny nihin'ny nampahay anarô, ndraiky nihin'ny fieritreretagna. [fanamarihana: Ny dikany volagna taloha sasany manampy hoe:"Fa tany ndraiky raha jiaby ao aminy nihin'ny Tompo". Fa dikan-teny tsara indrindra tsy misy izegny.] ²⁹ Tsy mivolagna zaho hoe eritreritrinao manôkagna, fa fieritreretana'olo hafa. Nagnino fahafako tôkony tsarainy fieritreretana hafa? ³⁰ Izy koa mandray anjara amin'ny hanigny am-pakansitragna

zaho, nagnino no tivativaigny amin'ny zay namiako fisaoragna? ³¹ Dikan'izegny , na mihinagna na migiaka anarô, na ino na ino ataonarô, ataova ho voninahitry Zagnahary jiaby. ³² Aza magnamia raha mampameloko Jiosy na ny Grika, na fiangonan-dRagnahary. ³³ Miezakaka haharavo olo jiaby amin'ny raha jiaby zaho. Tsy mitady tombontsoako zaho, fa nihin'ny maro. Ataoko izegny mba ho voavonjy irô.

Chapter 11

¹ Alaiva tahaka zaho, kara zaho mangala tahaka an'i Kristy. ² Aviô midera anarô zaho fôtony mahatsiaro zaho amin'ny raha jiaby anarô. Midera anarô zaho mitana maré fombafomba araka zay nagnanaovako izy irô tio aminarô. ³ Bakô tiako ho azonarô fa Kristy no lohan'ny lelahy jiaby fa lahy no lohan'ny viavy, bakô Zagnahary no lohan'i Kristy. ⁴ Aviô magnadoso voninahitry lohany irô lelahy zay mivavaka na maminany ka mifogno loha. ⁵ Fa magnadoso voninahitry lohany irô viavy zay mivavaka na maminany tsy mifogno loha. Fa tsy hafa bakô mitovy amin'ny viavy manaratra lohany izegny. ⁶ Fa raha tsy mifogno loha viavy, tôkony tapahagna fagnevany. Raha mahamainatra viavy manapaka fagneva na manaratra lohany, alô izy hanarogno lohany. ⁷ Fa tsy tôkony hanarogno lohany lelahy ,satria izy no sary ndraiky voninahitran-dRagnahary. Fa viavy voninahitry lelahy. ⁸ Fa lelahy tsy natao baka tamin'ny viavy. Fa kanefa, viavy no natao baka tamin'ny lelahy. ⁹ Fa tsisy lelahy niforôgniny ho an'ny viavy. Fa kanefa, viavy no niforôgniny ho an'ny lelahy. ¹⁰ Izegny tôkony hanagnany viavy mariky fahefagna iô amin'ny lohany, nohony irô anjely. ¹¹ Na izegny aza, ao amin'ny Tompo, tsy matondra tegna amin'ny lelahy ny viavy, na lelahy matondra tegna amin'ny viavy. ¹² Fa izy koa baka amin'ny lelahy ny viavy, lelahy koa baka amin'ny viavy. Aviô baka amin-dRagnahary raha jiaby. ¹³ Tsarao tegnanarô: Mety amin'ny viavy ma mivavaka amin-dRagnahary tsy mifogno loha? ¹⁴ Tsy natiora feky ma mampianatra anarô fa raha lelahy no lava fagneva, fahafaham-baraka ho nazy izegny? ¹⁵ Tsy mampianatra anarô ma natiora fa raha viavy lava fagneva, voninahitry ho nazy izegny? Fa namezagna izy fagnevany mba hanarognany izy. ¹⁶ Fa raha misy ti-hiady hevitra amin'izegny, tsy managna ohatra hafa zahay, na irô fiangonan-dRagnahary. ¹⁷ Fa agnatin'irô torolalagna magnaraka, tsy midera anarô zaho. Fa izy koa miaraka havy anarô, tsy ho amin'ny tsara izegny fa ho amin'ny tegna ratsy. ¹⁸ Fa tamin'ny voalahany, regniko fa rehefa miaraka mivory ao amin'ny fiangonagna anarô, misy fisarasaragna eo aminarô bakô mino izegny amin'ny ampahany zaho. ¹⁹ Fa tsy maintsy misy fitsitokotokoagna iô aminarô, mba hankasitrahagna iô aminarô irô zay nikegna. ²⁰ Fa izy koa miangona anarô, tsy Fagnasan'ny Tompo no hoaninarô. ²¹ Izy koa mihinagna hanigna anarô, samy mihinagna hanigny manokagna tsiarakiaraiky alohan'ny hinanagnan-drô hafa. Mosary ny araiky, bakô ny hafa loso mamo. ²² Tsy managna tragno ihinanagna ndraiky giagna ma anarô? Ho tsinontsiniavinarô ma fiangonan-dRagnahary ka hahetrinarô zay tsy managna na ino na ino ? Ino tôkony volagniko aminarô? Tôkony hidera anarô ma zaho? Tsy hidera anarô amin'izegny zaho! ²³ Fa nalaiko baka amin'ny Tompo koa zay ampitaiko aminarô, fa Jesosy Tompo, tamin'ny aligny zay namadihagna Izy, nangala mofo. ²⁴ Izy koa fa baka nankasitraka Izy, nanapaka izegny Izy aviô nivolagna hoe: "Ity ny vatagnanaka, zay nihin'anarô. Ataova ty ho fahatsiarovagna Zaho." ²⁵ Mitovy amin'izegny koa nalainy kapoaka raha baka nihinagna hariva, aviô nivolagna Izy: "Ity kapoaka ity fagnikehagna vaovao ao amin'ny lioko. Ataova ty na ombiagna na ombiagna anarô no migiaka, ho fahatsiarovagna zaho." ²⁶ Amin'ny fotoagna jiaby zay hinananarô ity mofo ity ndraiky higianarô amin'ny kapoaka ity ,magnambara fahafatesagnan'ny Tompo mandra-piaviny anarô. ²⁷ Na azôvy na azôvy, dikan'izegny, mihinana mofo na migiaha amin'ny kapoakan'ny Tompo amin'ny fomba tsy mendriky, ho diso amin'ny vatagna ndraiky lion'ny Tompo. ²⁸ Alo mandiniky tegna tsendriky olo, bakô amin'izegny alo hihinagna mofo aviô higiaka amin'ny kapoaka izy. ²⁹ Fa izy zegny mihinagna ndraiky migiaka ka tsy mahay vatagna, mihinagna ndraiky migiaka fitsaragna ho an'ny tegnany. ³⁰ Izegny no mahatonga maro aminarô ho osa ndraiky marary , aviô sasany aminarô ho faty. ³¹ Fa izy koa ndraiky mandinin-tegna atsika , tsy ho tsaraigny. ³² Fa izy koa voatsaran'ny Tompo atsika, mpagnara-dalâgna , mba tsy ho voaheloko miaraka amin'izao tontolo izao. ³³ Dikan'izegny, ralahiko, rehefa miangona mba hihinagna anarô, mifampiambesa. ³⁴ Izy koa misy olo araiky mosary, alo izy hihinagna agny an-tragno, amin'ny zay koa miangona anarô tsy ho amin'ny fitsaragna izegny. Bakô mahakasiky irô raha hafa zay nosoratanarô, hagnamia toro-lalagna zaho izy koa fa avy.

Chapter 12

¹ Mikasiky irô fanomezam-pagnahy, rahalahy, tsy tiako tsy hahay anarô. ² Hainarô fa taminarô mbola mpanompo sampy, voavily nadeha amin-rô sampy tsy manam-peo anarô, tagny amin'ny zay lalagna jiaby nitarihin'ny anarô regny. ³ Nohon'izegny tiako ho hainarô fa tsisy olo zay mivolagna amin'ny Fagnahin-dRagnahary afaka mivolagna hoe: "Jesosy dia voaozogno." Tsisy afaka mivolagna hoe: "Jesosy dia Tompo", afa-tsy amin'ny alalan'ny Fagnahy Massigny. ⁴ Bakô misy fanomezam-pagnahy samihafa, fa Fagnahy mitovy fo. ⁵ Misy fanompoagna samihafa, fa Tompo mitovy fo; ⁶ bakô misy karazan'asa samihafa, fa Zagnahary mitovy fo no magnano izy irô ho azo atao amin'ny tsiarakiaraiky. ⁷ Bakô ho an'ny tsiarakiaraiky namiagna fanehoagna ambadikin'ny Faganhay ho an'ny Tombontsoany jiaby. ⁸ Fa ho an'ny olo araiky namiagna baka amin'ny Fagnahy ny volagna fahendregna, aviô ho an'olo araiky hafa volagnan'ny fahalagnana amin'ny alalan'ny Fagnahy mitovy fo. ⁹ Ho an'ny araiky hafa namiagna finoagna amin'ny alalan'ny Fagnahy mitovy, bakô ho an'ny araiky hafa irô fanomezam-pahasoavagna hanjanga amin'ny alalan'ny Fagnahy araiky. ¹⁰ Ho an'ny araiky hafa nagnamia irô asan'ny hery ,aviô ho an'ny araiky hafa faminaniana. Ho an'ny araiky hafa nagnamia fahafahagna magnavaka irô fagnahy, ho an'ny araiky hafa irô karazagna fivolagnana samihafa, aviô ho an'ny araiky hafa fandikagna volagna. ¹¹ Fa

Fagnahy araiky sady mitovy fo miasa ao amin'ny raha jiaby izegny, magnamaiza irô fanomezam-pagnahy ho an'ny olo tsiraikiaraiky aby, araka zay nofidiany.¹² Fôtony vatagna, araiky aviô managna rantsagna maro sady jiaby rantsagna ny vatagna fo, dikan'izegny miaraka amin'i Kristy izegny.¹³ Baka tamin'ny Fagnahy araiky nagnanaovagna batisa atsika jiaby ho vatagna araiky, na irô jiosy na irô Grika, na voafehy na afaka, bakô ijiaby natao mba higiaka amin'ny fagnahy araiky.¹⁴ Ny vatagna tsy rantsagna tôkana, fa maro.¹⁵ Izy koa mivolagna ny vity: "Fôtony tsy taghana zaho, tsy rantsagna amin'ny vatagna zaho," izegny tsy hely amin'ny rantsagnan'ny vatagna aby.¹⁶ Izy koa sofigny hivolagna: "Fôtony tsy maso zaho, tsy rantsagna amin'ny vatagna zaho," izegny tsy hely amin'ny rantsagnan'ny vatagna aby.¹⁷ Izy koa maso ny vatagna jiaby, ino raha arignaisagna? Izy koa sofigny ny vatagna jiaby, hagnaia ny fahitagna?¹⁸ Fa Zagnahary nandamigny rantsan'ny vatagna tsiraikiaraiky araka ny namorognany izegny.¹⁹ Izy koa rantsagna mitovy fo izy jiaby, agnaia hoisy vatagna?²⁰ Kay izegny naviany izio rantsagna maro, fa vatagna araiky fo.²¹ Maso tsy afaka mivolagna amin'ny taghana hoe: "Tsisy raha ilaiko anao." Na loha tsy hivolagna amin'ny vity hoe: "Tsisy raha ilaiko anao."²² Fa irô rantsagna amin'ny vatagna zay miseho ho malemy kokoa tegna ilaigana,²³ bakô irô rantsan'ny vatagna zay heverintsika fa tsy manan-danja, amiansika lanja maventy kokoa irô, aviô rantsantsika tsy famboaka managna fahamendrehagna mihoatra.²⁴ Bakô rantsantsika famboaka tsy mila indesigny amin'ny fahamendrehagna. Fa irô efa misy fahamendrehagna. Fa Zagnahary nampikambagna rantsana jiaby miaraka, aviô izy nagnamia lanja kokoa an'irô zay tsy ampy izegny.²⁵ Nagano izegny Izy mba tsy hisy fisarahagna iô amin'ny vatagna, fa mba hifampikarakara amin'ny fitiavagna mitovy irô rantsagna.²⁶ Dikan'izegny izy koa mijaly rantsagna araiky, miaraka mijaly rantsagna jiaby; na izy koa amiagna lanja rantsagna araiky, miaraka ravoravo rantsagna jiaby.²⁷ Bakô anarô vatagn'i kristy aviô rantsagna amin'izegny ny tsiraikiaraiky.²⁸ Bakô Zagnahary nanendry tao amin'ny fiangonagna irô apostoly aloha, faharoé mpaminany, fahatelo irô mpampianatra, aviô irô zay magnano asa mahagaga, bakô irô fanomezam-pahasoavagna hagnanjanga, irô nagnamia fagnampiagna, irô zay managnano asan'ny fitanan-draharaha, aviô irô zay magnano karazagna fivolagna samihafa.²⁹ Apostoly ma irô jiaby? Mpaminany aby? Mpampianatra aby? Magnano asa mahagaga aby jiaby?³⁰ Managna fanomezam-pagnahay hajanga ma izy jiaby? Mivolagna amin'ny fivolagna tsy hay ma izy jiaby? Mandika volagna ma izy jiaby?³¹ Tadiava maré irô fanomezam-pagnahay maventy. Fa hagambara aminarô lalagna tsaratsara kokoa zaho.

Chapter 13

¹ Na atao mivolagna amin'ny fivolagnan-drô olo ndraiky irô anjely aza zaho. Fa raha tsy managna fitiavagna, manjary vy magnena na kipantsona mikarantsam-peo zaho.² Na atao managna fanomezagna faminaniagna bakô mahay irô misitery ndraiky fahaizagna jiaby zaho, managna finoagna jiaby afahagna mamindra irô bongo. Fa izy koa ndraiky tsy manam-pitiavagna, tsinontsinoagna zaho.³ Na atao nagnamia zay jiaby anagnako hamahanagna masikiny aza zaho, bakô nagnamia tagna hiroagna. Fa izy koa tsy manam-pitiavagna tsy mahazo na ino na ino zaho. [Fagnamarihana: Ny ULB ndraiky UDB samy managna dikany volagna maro, mivaky kara ty: "Hamiako mba hiroagna tagna." Ny dikany volagna sasany ndraiky mivaky kara ty: "Hamiako tagna mba ho rehehako."] ⁴ Fitiavagna mahari-po sady tsara fagnahy. Fitiavagna tsy magnirigniry na mirehareha. Tsy miavogno ⁵ na magnano zegny tsy mahamendriky. Tsy tia tegna. Tsy mora meloko, na mikaonty fahadisoagna. ⁶ Tsy miravoravo amin'ny tsy fahamarignana. Kanefa, miravoravo amin'ny fahamiragnana. ⁷ Fitiavagna mandefitry amin'ny raha jiaby, mino raha jiaby, matoky raha jiaby, bakô miharitry raha jiaby. ⁸ Tsy ho tapitry mandrakizay fitiavagna. Izy koa misy faminaniagna, ho ravagna irô zegny. Izy koa misy fivolagnana amin'ny volagna tsy hay, hijanogno irô zegny. Raha misy fahaizagna, ho ravagna izegny. ⁹ Fa atsika mahay amin'ny ampahany ndraiky maminagny amin'ny ampahany. ¹⁰ Fa izy koa navy tegna meva, ho ravagna zay tsy tanteraka. ¹¹ Taminy mbola ntsaiky, nikoragna kara ntsaiky, nieritreritry kara ntsaiky, nisaigny kara ntsaiky. Rehefa be zaho, nambelako fahazazagna. ¹² Fa amin'izîô atsika nahita tsy mivantagna amin'ny fitaratra, fa letry zay, hifagnatriky sôra. Amin'izîô zaho mahay amin'ny ampagnahy, fa baka io zaho fahay tanteraka kara nahaizagna zaho tanteraka. ¹³ Fa amin'izîô irô telo irô no mipetraka: finoagna, fanatenagna letry zay, bakô fitiavagna. Fa tegna maventy amin'ny raha irô, fitiavagna.

Chapter 14

¹ Mitadiava fitiavagna bakô managnà zotom-pô amin'irô fagnamaizam-pagnagny, indrindra fa mba haminanianarô. ² Fa zegny mivolagna amin'ny fivolagna tsy hay tsy mikoragna amin'olo fa amin-dRagnahary. Fa tsisy mahazo izegny fôtony mikoragna raha misitriky ao amin'ny fagnahy izy. ³ Fa zegny maminany mikoragna amin'olo mba ho fampioregnana irô, ho famporisiana irô, bakô fampiononagna irô. ⁴ Zay mivolagna amin'ny fivolagna tsy hay magnorigny tagnany, fa zay maminany magnorigny fiangonagna. ⁵ Amin'izîô magniry anarô jiaby hivolagna amin'ny fivolagna tsy hay zaho. Fa mbola mihoatra nohony izegny aza, magniry zaho ny haminanianarô. Zay maminany misy lanjany kokoa noho zay mivolagna amin'ny fivolagna tsy hay (raha tsisy olo araiky mandika volagna ka mba hitsanganany fiangonagna). ⁶ Fa amin'izîô, rahalahy, raha navy aminarô amin'ny fivolagna tsy hay zaho, ino mba raha tsara amiako anarô amin'izegny? Tsy afaka zaho, izy koa tsy mikoragna aminarô amin'ny fagnambaragna, na fahaizagna, na faminanihana, na fampianaragna. ⁷ Izy koa magnamboaka fiô irô raha-magnaina tsy manan'aigny_kara sodina na lokanga_sady tsy magnamboaka lantom-peo samihafa irô, akory hahazana'olo zay hira amboakan'ny sodina na lokanga? ⁸ Fa izy koa magnano fiô hafahafa trompetra, akory hahazana'olo jiaby fotoagna hiomagnana amin'ny ady? ⁹ Ka kara zegny koa aminarô. Izy koa tsy mazava volagna amboakan'ny vavamarô, akory hahazana'olo raha nivolagninarô? Hivolagna anarô, sady tsisy hahazo anarô. ¹⁰ Misy

fivolagna maro samihafa eto amin'izao tontolo izao, bakô tsisy aminy regny tsisy dikany.¹¹ Fa izy koa tsy mahay dikany fivolagnana araiky zaho, ho vahiny amin'izegny mivolagna zaho, aviô zegny mivolagna ho vahiny aminaka.¹² Kara zegny koa aminarô. Fôtony magniry mare fihetsehan'ny Fagnahy anarô, managnâ zotom-pô mba handeha tsara amin'ny fagnoregnana fiangonagna.¹³ Dikan'izegny zay mivolagna amin'ny fivolagna tsy hay tôkony hivavaka mba hafahany mandika volagna.¹⁴ Fa izy koa mivavaka amin'ny fivolagna tsy hay zaho, mivavaka fagnahiko, fa saigniko tsy mamoa.¹⁵ Ino tôkony ataoko? Hivavaka amin'ny Fagnahiko zaho, sa hivavaka amin'ny saigniko koa zaho. Hihira miaraka amin'ny Fagnahiko zaho, bakô hihira miaraka amin'ny saigniko koa.¹⁶ Raha tsy izegny, izy koa midera an-dRagnahary miaraka amin'ny Fagnahy anarô, akory no hivolagnan'ny vahiny hoe: "Amena" izy koa magnamia fisaoragna anao izy koa tsy hainy zay volagninao.¹⁷ Fa anao tegna magnamia fisaoragna tsara koa, fa olo hafa tsy miorigny.¹⁸ Misaoatra an-dRagnahary zaho fa mivolagna amin'ny fivolagna tsy hay mandilatra noho anarô jiaby.¹⁹ Kanefa agny am-piangonagna aleoko mivolagna fivolagna dimy araka fazahoako mba hafahako mampianatra irô hafa, toy zay volagna folo arivo amin'ny fivolagna tsy hay.²⁰ Ralahy, aza mba ntsaiky amin'ny fihevitra anarô. Kanefa ndraiky, raha amin'ny ratsy, manaova kara ntsaiky. Fa amin'ny fihevitrinarô alo ho matotro anarô.²¹ Voasoratra ao amin'ny lalâgna fa: "Amin'olo hafa fivolagna ndraiky amin'alalany sogny vahiny Hikoragnako amin'ireto olo ireto. Na tsy haregny zaho aby irô," Hoy Tompo.²² Dikan'izegny fivolagnana tsy hay famantaragna, tsy amin-drô mpino, fa amin-drô tsy mpino. Fa faminaniagna ndraiky, famantaragna tsy nihin-drô tsy mpino, fa nihin-drô mpino.²³ Dikan'izegny, izy koa miara-miangona fiangonagna jiaby aviô mivolagna amin'ny fivolagna tsy hay aby jiaby, bakô miditriky irô vahiny ndraiky tsy mpino, tsy ho ambaran-drô fa adala ma anarô?²⁴ Fa izy koa ndraiky maminany aby anarô jiaby ka nisy tsy mpino na vahiny nidriky, ho resy lahatra aminy zay jiaby regniny izy. Ho tsaraigny amin'alalany raha jiaby nambara izy.²⁵ Ho ambara ny sekire am-ponany. Vokatry'izegny, handohaliky izy bakô handiniky an-dRagnahary. Hagnambaragna izy fa tegna ao aminarô Zagnahary.²⁶ Ino izegny magnaraka, ralahy? Izy koa fa tafiaraka anarô, tsiarakiaraiky managna salamo, fampianaragna, fagnambaragna, fivolagna tsy hay, na fandikam-bolagna. Ataova raha jiaby mba hagnoregnanarô fiangonagna.²⁷ Izy koa misy mivolagna amin'ny fivolagna tsy hay, ambilâ hisy aroé na farafabeny telo io, aviô mandeha tsiarakiaraiky, bakô tôkony araiky handika volagna zay voalaza.²⁸ Fa izy koa tsisy mpandika volagna, ambilâ tsiarakiaraiky amin-drô hitana fahanginagna ao am-piangonagna. Ambilâ tsiarakiaraiky hikoragna mitokagna amin'ny tegnany ndraiky amin-dRagnahary.²⁹ Ambilâ hivolagna mpaminany aroé na telo, bakô ambilâ irô hafa hitandregny amin'ny fahaiza-magnavaka zegny nambara.³⁰ Fa izy koa misy fahitagna amaizagna zegny mipetraka iô amin'ny fanompoagna, ambilâ hangigny araiky zegny mivolagna.³¹ Fa tsiarakiaraiky aminarô afaka mifandimby maminany mba hafahany tsiarakiaraiky mianatra bakô mba jiaby hahery.³² Fa fagnahin-drô mpaminany iô ambanin'ny fagnaraha-maso-drô mpaminany.³³ Fa Zagnahary tsy Zagnaharin'ny fikorontagnana, fa fiadanagna. Izegny fitsipiky fiangonagnan-drô mpino jiaby.³⁴ Viavy tôkony hitanâ fahanginagna ao am-piangonagna. Satria tsy mahazo alalagna hivolagna irô. Fa kenefa, tôkony hagneky irô, kara nambaran'ny lalâgna.³⁵ Izy koa misy tianan-drô hianaragna, ambilâ hagnotany vadiny agny atragno irô. Fa mahamegnatra viavy mivolagna ao am-piangonagna.³⁶ Bakâ aminarô ma niavin'ny volagnan-dragnahary? Anarô fo ma voakasikin'izegny?³⁷ Raha misy mieritreritry tegnany ho mpaminany na ara-pagnahy, tôkony hagneky izy fa irô raha jiaby zay soratako aminarô, didin'ny Tompo.³⁸ Fa izy koa misy tsy magneky izegny, alo izy tsy hiekgny. [fagnamarihagna: Ankamaroan'ny dikany volagna, ao agnatin'izegny ny ULB ndraiky UDB, mamaky fa: "Fa izy koa misy tsy magneky izegny, alo tsy ho ekegna izy." Ny dikan-teny sasany taloha magnano hoe: "Fa izy koa misy tsy mahay izegny, alo izy tsy hahay izegny."] ³⁹ Koa amin'izegny, ralahy, magniria maré haminany, aviô aza manakagna na azôvy na azôvy hivolagna amin'ny fivolagnana tsy hay.⁴⁰ Fa ambilâ raha jiaby atao araka tôkony ho izy ndraiky am-pilaminagna.

Chapter 15

¹ Niany mampatsiaro anarô zaho, ralahy, amin'ny filanzantsara zegny nambarako taminarô, zegny niraisinarô sady itsangananarô.² Baka amin'ny filanzantsara zegny hampahâvotro anarô, izy koa mitana mare amin'ny volagna nambarako taminarô anarô, izy koa tsy minomino fahatany.³ Namezagna ho zava-dehibe voalohany anarô sady nazoko koa: fa maty amin'ny fahotantsika i Kristy araka Soratra Masigny,⁴ nalevigny Izy, bakô Izy natsangana tamin'ny maty tamin'ny andra fahatelo araka Soratra Masigny.⁵ Kristy niboaka tamin'i Kefasy, bakô tamin-drô aroe ambin'ny folo,⁶ avy iô niboaka ndraiky tamin-drô ralahy mihoatra ny dimanjato Izy. Mbola velogno ankamaroan-drô, fa sasany maty.⁷ Bakô Izy niboaka tamin'i Jakoba, ndraiky tamin-drô apostoly jiaby.⁸ Tegna farany, niboaka taminaka Izy, kara tamin'ny tsaiky teraka tsy feno fanjava. Fa zaho tegna hely amin-drô apostoly.⁹ Zaho tsy magnaiva kahigna apostoly fôtony zaho nagnejiky fiangonan-dRagnahary.¹⁰ Fa nohon'ny fahatsaragnan-dRagnahary naha kara ty zaho, sady tsy foagna ato aminaka fahatsaragnany. Nefa ndraiky, niasa mare noho izy jiaby zaho. Nefa tsy zaho aby zegny, fa fahatsaran-dRagnahary miaraka aminaka.¹¹ Dikany zegny na zaho izegny na irô, araka nitorianay kara izegny ninoanarô.¹² Amin'iziô izy koa nambara fa Kristy natsangana tamin'ny maty, akory hafahan'ny sasany aminarô mivolagna fa tsisy fitsanganagna amin'ny maty?¹³ Nefa izy koa tsisy fitsanganagna amin'ny maty, tsy natsangana aby Kristy;¹⁴ Izy koa tsy natsangana Kristy, foagna fitorianay, bakô foagna koa finoagnanarô.¹⁵ Hita ho vavolombelogno diso mikasiky zagnahary zahay fôtony nitsangana vavolombelogno nanohitry ndRagnahary, nivolagna fa natsangany Kristy izy koa fa tsy nagnano izegny Izy.¹⁶ Izy koa tsy nitsangana ny maty, na Kristy tsy nitsangana koa;¹⁷ rahoatra tsy nitsangana Kristy, foagna finoagnanarô sady mbola ao amin'ny fahotagnanarô anarô.¹⁸ Bakô jiaby zegny maty ao amin'i Kristy efa very koa.¹⁹ Izy koa fiainagna ty fo

anagnantsika toky amin'ny ho avy ao amin'i Kristy, atsika tegna mampalahelo amin'olo jiaby.²⁰ Amin'izîô efa natsangana tamin'ny maty Kristy, araiky voalohany tamin-drô zegny maty.²¹ Fôtony baka tamin'ny alalan'ny olo araiky fahafatesagna, baka tamin'ny alalan'ny olo araiky koa nahavian'ny fitsanganagna amin'ny maty.²² Kara nahafatesan'ny jiaby tao amin'i Adama, ho vilomigny ao amin'i Kristy koa olo jiaby.²³ Kanefa samy amin'ny filaharany manokagna ny tsiraikiaraiky: Kristy, araiky voaloham-bokatra, baka iô irô zegny nihin'i Kristy ho atao velogno amin'ny fiaviany.²⁴ Baka iô ho avy ny farany, izy koa fa hamezan'i Kristy ho ndRagnahary Baba ny fanjakagna. Izegny izy koa fa hagnafoagna fitsipiky jiaby ndraiky fahefagna jiaby bakô hery Izy.²⁵ Tsy maintsy manjaka Izy mandrapaha hagnabilany ny fahavalony jiaby ao'ambani'ny vitiny.²⁶ Fahavalo farany ho haripaka ny fahafatesagna.²⁷ "Napetrany tiô ambanin'ny vitiny raha jiaby." Fa nambara fa: "Izy nametraka raha jiaby," mazava tsara fa tsy tafiditry ao agnatin'izegny araiky nametraka raha jiaby hagneky tegnany.²⁸ Izy koa fa magneky Izy raha jiaby, Zanaka feky hagneky araiky nampagneky raha jiaby ho Nihinany. Hiboaka izegny mba ho jiaby ao'amin'ny jiaby Zagnahary Baba.²⁹ Na koa ino ilaigna irô zegny vita batisa ho an'ny maty? Izy koa tsy natsangana feky ny maty, nignino irô natao batisa ho an'izy iregny?³⁰ Nagnino atsika am-bava loza isan-dera?³¹ Miatriky fahafatesagna isan'andra zaho! Izegny azo antoko kara fireharehako ny aminarô, izay azoko amin'i Kristy Jesosy Tompotsika.³² Ino tombony azoko, baka amin'ny fomba fizahavan'ny olombelogno, izy koa niady tamin'ny biby tao Efesosy zaho, izy koa tsy natsangana ny maty? Alô atsika hihinagna sady higiaka fôtony ho faty atsika hamaray.³³ Kaza mety ho fitahiginy: "Mandrombaka fisaigana tsara namagna tsy manjary."³⁴ Mandiniha! Miaigna ampahamarignana! Kaza manohy manota! Fa sasany aminarô tsy managna fahaizagna ndRagnahary. Magnambara izegny amin'ny hagnatranarô zaho.³⁵ Olo araiky hivolagna fa: "Karakory nananganagna ny maty, hitsangana amin'ny karazagna vatagna karakory irô?"³⁶ Tsy mahay na ino na ino anarô! Zegniny hafafinarô tsy hanomboko hitombo izy koa tsy maty izegny.³⁷ Zegny nafafinarô tsy vatagna zegny ho avy, fa voany fo. Izegny mety hanjary vary na raha hafa.³⁸ Fa hamezan-dRagnahary izy vatagna araka safidinany, bakô samy amin'ny vatany aby ny voany tsiraikiaraiky.³⁹ Tsy nofo jiaby mitovy. Fa kanefa araiky nofon'ny olombelogno, hafa nofon'ny biby, nofo hafa koa nin-drô vôrognô, hafa koa nin-drô laoko.⁴⁰ Misy koa vatagna agny an-dagnitry, misy vatagna eto an-tany. Fa karazagna araiky fo voninahitry vatagna agny an-dagnitry, hafa koa voninahitry ny eto an-tany.⁴¹ Araiky voninahitry masoandro, hafa voninahitry fanjava, avy iô voninahitry hafa koa nin-drô kintagna. Fa voninahitry koa mampiavaka kintagna araiky amin'ny kintagna araiky hafa.⁴² Kara zegny koa fitsanganagna amin'ny maty. Zegny afafy mety rombaka, fa zegny atsangana tsy mety rombaka.⁴³ Afafy amin'ny fahafaham-baraka, natsangana amin'ny voninahitry. Afafy amin'ny fahalemegna, natsangana amin'ny tanjaka.⁴⁴ Afafy amin'ny vatagna voajagnahary izegny, atsangana ho vatagna ara-pagnahy. Izy koa misy vatagna voajagnahary, misy koa vatagna ara-pagnahy.⁴⁵ Efa voasoratra koa fa: "Lôso fagnahy velogno Adama araiky lelahy voalohany." Araiky Adama farany lôso fagnahy magnamia fiainagna.

⁴⁶ Tsy ny ara-pagnahy avy voalohany fa ny voajagnahary, avy iô ny ara-pagnahy.⁴⁷ Olo voalohany baka amin'ny tany, namboarigny tamin'ny fotaka. Olo faharoa baka agny an-dagnitry.⁴⁸ Kara araiky namboarigny tamin'ny fotaka, kara zegny koa olo agny an-dagnitry, kara zegny koa irô baka agny an-dagnitry...⁴⁹ Kara nitongasantsika bikan'olon'ny fotaka, hitonga bikan'olon'ny lagnitry koa atsika.⁵⁰ Kara ty ambarako, anarô ralahy, nôfotro miaraka amin'ny lio tsy afaka handova fanjakan-dRagnahary. Na zegny mety rombaka handova zegny tsy mety rombaka.⁵¹ Indriô! Raha marigny misitriky ambarako anarô: Tsy ho faty aby atsika jiaby, fa hivoagna aby atsika jiaby.⁵² Hiova atsika amin'ny fotoagna araiky, agnatin'ny mipi-maso indraiky, amin'ny trompetra farany. Hagnena ny trompetra, irô maty hatsangana tsy ho mety lo, bakô hivoagna atsika.⁵³ Fa ity vatagna mety rombaka ity tsy maintsy hisikiny izegny tsy mety lo, bakô ity vatagna mety maty ity tsy maintsy hisikiny tsy fahafatesagna.⁵⁴ Fa izy koa misikiny ny tsy mety rombaka ity vatagna mety rombaka ity, aviô izy koa misikiny ny tsy fahafatesagna ity vatagna mety maty ity, ho avy amin'ny volagna zegny voasoratra, "Voateligny tamin'ny fandrisiagna ny fahafatesagna."⁵⁵ "Fahafatesagna, aia ny fandrisiagnanao? Fahafatesagna, aia ny fanindronanao?"⁵⁶ Ota fanindron'ny fahafatesagna, bakô herin'ny ota lalâgna.⁵⁷ Fa ankasitrahiginy Zagnahary, zegny nagnamia atsika fandrisiagna baka amin'ny Jesosy Kristy Tompotsika!⁵⁸ Dikany zegny, ralahy tiako, mioragna tsara bakô kaza miozongozogno. Kaza mipondy afara amin'ny asan'ny Tompo, fôtony hainarô fa tsy very foagna asanarô ao amin'ny Tompo

Chapter 16

¹ Mikasiky famoriagna vola nin-drô mpino, araka ny nagnambarako lalagna fiangonan'i Galatia, kara zegny koa tôkony ataonarô.² Amin'ny andra voalohan'ny herignianandra, tôkony hanokagna raha ny tsiraikiaraiky aminarô sady hikajy zegny araka zegny vitanarô. Magnanaova zegny mba tsy hisian'ny famoriagna vola izy koa fa avy Zaho³ Izy koa fa avy zaho, na azovy na azovy ikenarô, alefako miaraka amin'ny taratasy mba hanolorako fagnatrikinarô ho agn'i Jerosalema.⁴ Izy koa mety aminaka mandeha, handeha hiaraka aminaka irô.⁵ Fa ho avy agny aminarô zaho izy koa mandalo agn'i Makedonia. Fa handalo agny Makedonia zaho.⁶ Mety afaka hijanogno miaraka aminarô zaho na mandritra ny ririgniny, mba hahafahanarô magnampy zaho amin'ny diako na aia na aia himboako.⁷ Fa tsy magniry hahita anarô mandritra ny fotoagna fôky zaho iziô. Fa magnategna hipetraka maharitraritry miaraka aminarô, izy koa ambelan'ny Tompo.⁸ Hijanogno ao Efesaosy zaho mandra-pahavian'ny Pentekosta,⁹ fa efa varavaragna malalaka nimbiagna aminaka, aviô misy fahavalo maro.¹⁰ Izy koa fa avy Timoty, ezaho mba tsy havoza izy miaraka aminarô, fa magnano asan'ny Tompo izy, kara ny ataoko.¹¹ Kaza ambela hoisy olo hagnano tsinontsino izy. Ampia izy amin'ny lalany fiadanagna, mba hafahany

mandeha iô aminaka. Magnantegna izy mba ho avy hiaraka amin-drô ralahy zaho.¹² Mikasiky i Apolosy ralahintsika, namporisiky izy mare zaho mba hamangy anarô miaraka amin-drô ralahy. Fa mbola tsy vognono tanteraka ho avy izy iziô. Na zegny ndraiky, ho avy izy koa fa mety ny fotoagna.¹³ Madigniasa, mitsangana tsara amin'ny finoagna, miasa kara ny lelahy, mahereza.¹⁴ Mba alô atao am-pitiavagna raha atanao jiaby.¹⁵ Hainarô fianakaviagnan'i Stefanasy, irô niova fô voalohany tao Asaia, bakô koa irô nametraka tegnan-drô ho amin'ny fanompoagna irô mpino. Mamporisiky anarô zaho, ralahy,¹⁶ mba hagneky olo kara zegny ndraiky amin'olo jiaby magnampy amin'ny asa ndraiky miasa miaraka aminay¹⁷ Ravo amin'ny fahavian'i Stefanasy, Fortinatasy, bakô Akaiosy zaho. Nameno ny tsy naha-tiô anarô irô.¹⁸ Namelombelogo fagnahiko ndraiky ninarô irô. Dikany zegny, ataova hay olo kara zegny.¹⁹ Irô fiangonan'i Asia magnano veloma anarô. Akila ndraiky Pritsila magnano veloma anarô ao'amin'ny Tompo, miaraka amin'ny fiangonagna ao amin'ny tany mpitra-drô.²⁰ Ralahy jiaby magnano veloma anarô. Mifagnanaova veloma amin'ny oroko masigny.²¹ Izaho, Paoly, manoratra ity amin'ny tagnako.²² Izy koa misy olo tsy tia Tompo, enga anie mba ho voaozogno izy. Ho avy, ny Tompotsika!²³ Ho aminarô anie fahasoavan'ny Jesosy Tompo.²⁴ Ho aminarô jiaby ny fitiavako ao amin'i Jesosy Kristy. [Fagnamarihagna: Dikan'ny volagna taloha magnampy fa: "Amena." Fa ny vaovao maro hafa, ao agnatiny zegny ULB ndraiky UDB, magnadoso izegny.]

2 Corinthians

Chapter 1

¹ Paoly, Apostolin'i Kristy Jesosy noho ny tamin'ny sitrapôn-dRagnahary, irô ndraiky Timoty ralahintsika, ho agny a l'églisen-dRagnahary, ao amin'ny Korinto, ndraiky hoan-drô mpino jiaby magnerany aminy faritry Akaia.² Ho andrô jiaby anie fahasoavagna ndraiky fiadanagna avy amin-dRagnahary Babantsika ndraiky Tompo Jesosy Kristy.³ Ho deraigna anie Zagnahary ndraiky Baban'ny Tompotsika Jesosy Kristy. Izy Papan'ny famindram-pô jiaby avy iô Zagnahary fampionognana jiaby.⁴ Zagnahary zegny fampionogno atsika amin'ny fahoriagnatsika jiaby, zegny ahafahantsika fampionogno irô zay mbôla agnatiny fahoriagna ao. Atsika zegny fampionogno irô hafa kara izay fampiononagna nampiasan-dRagnahary fampiononagna atsika.⁵ Mitovy hitomboan'ny fijalian'i Kristy bôka aminay, kara zegny koa hitomboan'ny fampiononagnanay amin'ny alalan'i Kristy.⁶ Izahay kofa nampahoriagna zegny, fampionognana ho anarô sady famonjegna ho anarô. izy koa ndraiky, fampiononagna zahay, izegny fampiononagna zegny ho anarô. Ny fampiononagnanarô zegny tsara kôfa manam-paharaitagna hizara irô fijaliagna izay mitovy amin'ny fijaliagnanay.⁷ Fa ny fahatokisanay mômbe anarô zegny azonay antoka, satria zegny, anarô agnisany namanay mizara irô fijaliagna, ary anarô koa agnisany mizara fampiononagna.⁸ Tsy tianay tsy ahay izegny anarô ralahy, tamin'ny probleme nahazo zahay tagny Asia. Izahay zegny taiganay novesarina mihoatran'izay tôkony ho zakanay, naro loatra efa tsy nagnantaigna ho velogno hoaila eky izahay.⁹ Efa taigna taminay ny fanamelohagna ho foaty. Fa izegny navianay tsy namaitraka tokinay tamin'ny taiganay zaraiky fo, fa nankigniny tamin-dRagnahary mampitsangana ny maty.¹⁰ Nagnavotra zahay tagnatiny loza mahafaty karaha izegny Izy, tsy vitan'izegny fo fa mbala hagnavotra zahay koa Izy. Izahay zegny namaitraka tokinay taminany fa mbala hagnafaka zahay ndraiky Izy.¹¹ Izy zegny hagnano satria anarô, magnampy zahay bôk'amin'ny vavaka ataonarô. Ary maro avy agny agnano fisaoragna amin'ny agnarnagnanay bak'avy amin'ny tombom-pahasoavagna namiany anay baka tamin'ny vavaka besin'ny maro.¹² Izahay zegny miraiharaiha amin'ty: fijoroagna vavolombelogo amin'ny fieritreretany. Fa tamin'ny fikasagna madiô ndraiky fahatsoram-pô izay avy amin-dRagnahary irô raha jiaby izay nitondrasanay taiganay amin'izao tontolo izao. Izahay nahavita irô raha jiaby izegny avy iô, ny ankamaroany zegny niaraka taminarô, tsy tamin'ny fahendren'izao tontolo izao, fa tamin'ny fasoavan-dRagnahary.¹³ Izahay koa zegny tsy nanaoratra raha tsy ho voavaky na ho azonarô. zaho zegny magnataigna fa,¹⁴ satria anarô nahazo ny mombanay amin'ny ampahany, izahay zegny ho anton'ny raiharaihanarô amin'ny andran'ny Tompotsika Jesosy, mitovy anarô ho antony hiraiharaihanay.¹⁵ Satria zaho natoky makasika izegny, kay te ho agny aminarô indraiky zaho, baika hafanarô mahazo tombony amin'ny fitsidiako faharoe.¹⁶ Niomagna hitsidika anarô jiaby zegny zaho tamin'ny lalagna naka andaiha agny amin'ny Makedonia. Baka iô zaha mbala nagniry hitsidika anarô ndraiky zaha tamin'ny diako avy tagny Makedonia, baika zaha haterinarô ho agny amin'ny lalagna naka ho agny Jodia.¹⁷ Kofa nieritreritra kara zegny zaho, kay niasalasala zegny zaho? Nagnomagna irô raha yô araka nôfotro ma zaho, baika hikoragnako "Iah na aihé" ndraiky "tsia na tsia" amin'ny fotoagna araiky fo?¹⁸ Fa satria Zagnahary zegny mahatoky, atsika ka tsy afaka hivolagna na "Iah" na "aihé."¹⁹ Fa Zanaka ndRagnahary, Jesosy Kristy, araiky nivolagnan'i Sylvanosy, Timoty ndraiky izaha taminarô, zegny tsy "Iah" na "aihé." fa Izy zegny nivolagna fo nivolagna karaty "Iah."²⁰ Satria fampantanagnan-dRagnahary jiaby zegny "Iah" aby aminany ao. Kay amin'ny alalany koa atsika hivolagna "Amena" ho agny voninahitrin-dRagnahary.²¹ Zagnahary magnamafy zahay aminarô ao amin'i Kristy, baka iô, Izy nagniraka atsika.²² Izy zegny nagnisy tombo-kase tamintsika baka iô nagnamia Fagnahy ho ao am-pôtsika ho antoko lay hamiany avy afara ao.²³ Fa nikaiky an-dRagnahary zaha, hitsagagna vavolombelogo tamin'ny antony tsy nahaviako tagny Korinto mba hamindrako fô aminarô.²⁴ Izegny ndraiky tsy sagnatsia noho izahay miaizaka mamehy izay tôkony ho finoagnanarô. Kanéfa ndraiky, izahay zegny miara-miasa aminarô amin'ny fifaliagnanarô, satria anarô mipétraka amin'ny finoagnanarô.

Chapter 2

¹ Koa raha araigny agnaty fôko ato edy, zaho nanapa-kevitra tsy agnatogno anarô, satria zegny amin'ny fotoanam-pangirifiriagna. ² Ka zaho nagnano raha nampalahelo anarô, fa anjovy edy afaka hampiravoravo zaho ankoatran'ny araiky noratravako? ³ Nanaoratra zaha kara lay fataoko tiô, baika zaha ka fa havy agny tsy voaratran-drô, baka iô za tsy hahazo alahelo amin'ny raha tôkony hiravoravoako. Zaha ndraiky managna toky aminarô jiaby, satria aravoagna naka jiaby aminarô jiaby. ⁴ Nanaoratra ho anarô jiaby zegny zaho baka amin'ny fahoriagna mavety, miaraka amin'ny fangirifiriagna-fo, baka iô miaraka amin'ny ranomaso be. Zaha tsy te ampalahelo anarô. Fa ndraiky, te hampahay anarô amin'ny alalin'ny fitiavagna, izegny hanagnako ho anarô. ⁵ Koa nisy olo niteraka alahelo, tsy niteraka izegny taminaka fo izy, fa aminarô jiaby koa fa amin'ny endrika hafa. ⁶ Ampy izy fanasaziagna nataon'olo maro hoanany. ⁷ Fa iniany ity ndraiky, raha tôkony handay ho saziagna zegny, fa anarô ndraiky hamela heloka ndraiky hampionogno izy. Ataovy izegny baika tsy hifototro izy amin'ny alahelo be loatra. ⁸ Dikan'izegny mankahery anarô zegny zaho, hagnamafy ampahibe-maso fa tianarô zegny Izy. ⁹ Izegny zegny antony nagnoratako, baika hitsapako anarô, avy iô koa mba ahaizako anarô mahay mankasitraka amin'ny raha jiaby va. ¹⁰ Izikoa anarô mamela olo, mamela izegny olo izegny koa zaho. baka iô izay navelako, raha namela raha jiaby zegny zaho, izegny famelagna izegny atao hoe fitiavagna anarô eo imason'I Kristy. ¹¹ Izegny natao baika tsy hamitahan'ny Satana anay. satria izahay zegny mahay irô drafiny. ¹² Nisaokatra hoanaka zegny varavaragna tamin'ny Tompo jiaby Kôfa navy tao tanàgna mavety Troasy, hitory filazantsaran'I Krtisty tagny zegny zaho. ¹³ Na dia izegny, tsy nanagna fiadanan-tsaigany zegny zaha, satria zaho tsy nahita ralahiko Titosy tagny. Dikan'izegny, niala irô zegny zaho avy iô zaha nandaiha nipody tagny Makedonia. ¹⁴ Fa hisaoragna anie ho an-dRagnahary, izay ao amin'i Kristy mitarika anay mandrakariva ao amin'ny fandresegna. Amin'ny alalatsika zegny haeliny na aia na aia hagnitra mamin'ny fahalalagna izy. ¹⁵ Fa izahay zegny hanitra mamin'i Kristy an-dRagnahary, na tiô aminarô izay novonjega ndraiky tiô aminarô izay ho faty. ¹⁶ Ho an'ny olo izay ho faty, izegny zegny hanitra avy amin'ny fahafatesagna ho amin'ny fahafatesagna. Ho anarô sasany, izay nobonjena zegny hanitra avy amin'ny fiainagna ao amin'ny fiainagna. Azovy mendrika amin'irô raha irô? ¹⁷ Fa izahay zegny tsy mitovy amin-drô olo maro, irô mivarotra tenin-dRagnahary baika ahazoagna tombony. Fa ndraiky, amin'ny fahadiovam-po fo, hiresahanay amin'i Kristy, satria zegny nalefa avy amin-dRagnahary izahay, tao amin'ny fahitan-dRagnahary.

Chapter 3

¹ Hanomboka hidera-taigna izahay va? Izahay tsy mila irô taratasy fagnamariagna aminarô na baka aminarô, kara olo sasany, sa tsy izegny man? ² Taignanarô fo taratasy fagnamariagnanay, lay voasaoratra agnaty fô tsika, lay hay vakian'olo jiaby. ³ Anarô zegny maregny fa taratasy fagnambaragna baka amin'i Kristy, lay namaizantsika. Izegny zegny tsy voasaoratra tamin'ny ranomainty fa tamin'ny Fagnahin-dRagnahary velogno. Izegny zegny tsy voasaoratra tamin'ny takaila-bato, fa tamin'ny takailaka ny fôn'ny olombelogno. ⁴ Izegny toky lay anagnantsika eo ankilan-dRagnahary amin'ny alalan'i Kristy. ⁵ Atsika zegny tsy mahaifa amin'ny taigantsika mba hangala n'ino n'ino lay baka amintsika. Néfa ndraiky, fahefagnatsika zegny baka amin-dRagnahary. ⁶ Zagnahary nagnano atsika mba ho mpanompon'ny fagnekegna vaovao. Izegny zegny fagnekegna tsy avy amin'ny saoratra fa avy amin'ny Fagnahy. Fa saoratra mamono, fa Fagnahy ndraiky magnamia aigny. ⁷ Fa lay asa nitairaka fahafataisagna zegny voasaoratra tambonin'ny vato zegny navy tamim-boninahitra mavety kay vahoakan'Israely zegny tsy afaka nibanjigny ny vatagnan'i Mosesy. Izegny zegny noho ny voninahitry ny vatagnanany, voninahitra ilay nihalevogno. ⁸ Ho voninahitra mavety karakory ny asa izay ataon'ny Fagnahy? ⁹ Fa raha nanagna voninahitra ny asan'ny fagnamelohagna, kay karakory zegny fitomboan'ny voninahitry ny asan'ny fahamarinagna! ¹⁰ Satria baka, lay namaizagna voninahitra igny ka mandaiha zegny tsy hoisy voninahitra eky amin'izegny fomba izegny, noho ny voninahitra ilay mampitombo izegny. ¹¹ ka izegny edy nandalo fo nanagna voninahitry, ka tsy hanagna voninahitra mihoatran'izegny izay maharitra va? ¹² Satria managna toky karaha izegny atsika, ka masaky tantairaka. ¹³ Atsika zegny tsy karaha nin'i Mosesy, ilay nanarogno vatagnanany tamin'ny voaly, baika tsy hafahany vahoakan'Israely mizaha izy mivantagna amin'ny fiakaran'by voninahitry'ilay mandalo fo. ¹⁴ Fa sain-drô iô zegny donto. Na juka ziô izegny voaly izegny mbala mijanogno amin'ny fanekegna taloha. Tsy misaokatra izegny, satry ao amin'i Kristy fo izegny no adoso. ¹⁵ Kanéfa na amin'iziô, na ombiagna naombiagna no vakigny lalagnan'i Mosesy, zegny mandrakotra fôn-drô ny voaly. ¹⁶ Kanéfa ndraiky, ka mitodika amin'i Tompo olo zegny, adoso ny voaly. ¹⁷ I Tompo zegny Fagnahy. Lay misy Fagnahin'ny Tompo, izy zegny misy fahafahagna. ¹⁸ Ary atsika jiaby, tsy misarogno voaly zegny mahita voninahitry ny Tompo. Atsika zegny efa voaôva ho agny amin'ny voninahitra mitovy ilay baka amin'ny voninahitra ho aamin'ny voninahitra, baka avy amin'ny Tompo tsy azovy fa ny fagnahy.

Chapter 4

¹ Kay noho izegny, satria izahay managna izegny asa fanompoagna izegny, ndraiky vonahazo famindram-pô, ka kivy izahay. ² Kanéfa ndraiky, tsy nikenay irô fomba mahamainatra ndraiky misitriky. Tsy miaigny amin'ny katramo izahay, avy iô taigna mampiasa marigny amin'ny volagn-dRagnahary. Amin'ny fagnaboaka ny marigny, izahay zegny magniraka tegnanay amin'ny feon'ny fieritreretany olo baika izy indesigny eo imason-dRagnahary. ³ Fa raha misitriky filazantsaranay, misitriky amin-drô zay ho very izegny. ⁴ Amin'ny toe-javatra miboaka amindrô izegny, Zagnaharin'izao tontolo izao manakona saignindrô, baika irô tsy hino, mba tsy hiboan'ny fahazavagnan'ny filazantsaran'ny voninahitry

Kristy, izay endriky Zagnahary.⁵ Fa izahay tsy magnabara raha makasika zahay, fa Kristy Jesosy Tompo, ndraiky taignanay karaha fa mpanomponarô baka amin'i Jesosy.⁶ Fa Zagnahary ilay araiky nivolagna karaty: "Fahazavagna hamiratra ao agnatiny mahiziky." Izy namiratra tao agnaty fô narô, baika hagnamia fahazavagnan'ny fahalalagna voninahitrin-dRagnahary eo amin'ny ankilan'i Jesosy Kristy.⁷ Fa izahay managna zegny haregna izegny ao agnatiny tavoara tanimanga, baika hazava fa angovo mahery mihoatra lavitra zegny an-dRagnahary fa tsy ninay.⁸ Ampijaliagna amin'ny faomba jiaby izahay, fa tsy resy. Very hevitra izahay fa tsy feno famoizam-pô.⁹ Hiagniny izahay fa tsy ningiagna. Vonegna izahay fa tsy ravagna.¹⁰ Mitondra fahafataisagn'i Jesosy mandrakariva agnatiny taignanay izahay, baika hiboaka atoaminay fo ny fiainagnan'i Jesosy.¹¹ Fa izahay mbala velogno ndraiky mitaondra fo ao amin'ny vatagnanay ny fahafataisagn'i Jesosy, amin'izegny fiainagn'i Jesosy zegny hiboaka eo amin'ny vatagnanay olombelogno.¹² Kay noho zegny, fahafataisagna zalah miasa ao amintsika é, fa fiainagna ndraiky miasa ao amindrô.¹³ Fa izahay managna Fagnahin'ny finoagna mitovy araka izay voasaoratra karaty: "Nino zaha, baka iô nivolagna zaha."¹⁴ Magneky koa izahay, avy iô zegny nivolagna koa izahay. Hainay tsara fa araiky izay nanagana ny Tompo Jesosy zegny hanangana atsika koa miaraka amin'i Jesosy. Hainay fa hitôndra zahay miaraka aminandrô ao amin'ny fagnatrehany Izy.¹⁵ Raha jiabay zegny ho anarô baika, araka fahasoavagna voaparitaka tamin'ny olo maro zegny mba hitomboan'ny fanomaizam-pisaoragna ao amin'ny voninahitrin-dRagnahary.¹⁶ Noho izegny zegny, tsy ho kivy izahay. Na kara somary malemy ivelagna aza izahay, zegny hatsaraigny isan'andra isan'andra ao agnatiny.¹⁷ Fa amin'iz'io andra mandalo karan'io, ny fahoriagna maivagna izay magnamia aigny ho amin'ny lanjan'ny voninahitra maharitra mandrakizay ho anay.¹⁸ Fa izahay tsy mizaha raha hita, fa raha tsy hita. Irô raha hitantsika iô tsy maharitra, fa irô raha tsy hitantsika iô fo maharitra mandrakizay.

Chapter 5

¹ Haitsika tsara fa izy koa ravagna tragno ipetrahatsika ambonin'ny tany, managna tragno avy amin-dRagnahary atsika. Izegny tragno zegny, tsy natao tagn'olombelogno fa tragno mandrakizay, agny an-dagnitra agny.² Fa eto amin'ity tragno-lay ity atsika sahiragna, kay magniry mafy zegny atsika mba hipetrahatsika agny amin'ny tragno tsika an-dagnitra agny.³ Magniry izegny mafy atsika satria amin'ny fotoagna agnanaovatsika zegny ho hita misignikigny atsika fa tsy ho hita miboginy.⁴ Izy koa mbala eto amin'ity tragno-lay ity fo atsika, sahiragna, mavésatrainatna. Tsy te hiboginy atsika. Néfa ndraiky, te hisikigny atsika, mba ho ateligny ny fiainagna izay mety maty.⁵ Fa Araiky Izay hagnomagna atsika hoagny amin'ny raha izay agny, tsy azôvy Iz'io fa Zagnahary, Izy nagnamia atsika ny Fagnahy ho fanambaragna izay ho avy.⁶ Kay noho izegny mahatokià mandrakariva fo atsika. Haintsika tsara fa izy koa mijanogno matoky taigna zegny atsika, dikany zegny atsika magnalavitra ny Tompo tsika atsika.⁷ Fa mandianà amin'ny finoagna zegny atsika, fa tsy amin'ny fahitagna.⁸ Kay noho zegny, managna fahatokisagna atsika. Aleontsika lavitry vatagna tsika fa ao an-tragno miaraka amin'ny Tompo.⁹ Kay dikan'izegny, ataontsika tanjogno zegny, na angny an-tragnotsika na agny lavitra agny, baika mba hampiravoravo Izy.¹⁰ Fa atsika jiaby tsy maintsy hiboaka eo alohan'ny seza fitsaràgnan'i Kristy, baika ho mety ahazahoan'ny tsy araiky araiky izay mifagnaraka amindrô zava-bita ao amin'ny aingny, na ho amin'ny tsara na ho amin'ny ratsy.¹¹ Avy amin'izegny, ahaizantsika mavoza ny Tompo, handresentsika lahatra ny olo. Ny maha atsika atsika zegny hitan-dRagnahary mazava. Ataoko fa mazava tsara amin'ny feon'ny fieritreretagnarô izegny.¹² Izahay tsy miezaka handresy lahatra anarô fa hizahà zay mikoragna mahitsy fo. Kanéfa ndraiky, izahy magnamia porofo anarô hiraiharaiha nohon'ny aminay, mba hanagnanarô valin-teny ho andrô izay miraiharaiha amin'endrika ivailany fa tsy ao am-pô.¹³ Fa raha ohatra ndraiky zahay very saigny, hoan-dRagnahary izegny fahaverezagna saigny zegny; Fa raha ohatraka, zahay zegny tonga saigny tsara, izy zegny hoanarô.¹⁴ Fa fitiavan'i Kristy zegny manery anay, satria atokisanay fa: nisy olo araiky maty ho an'olo jiaby, ary noho izegny maty ho olo jiaby.¹⁵ Maty Izy homojoy olo jiaby, baika tsy ho velogno ho an'ny taignanany eky izay velogno, fa ho andrô efa maty ndraiky nitsangana hamonjy azy.¹⁶ Noho izegny antony izegny, manomboka iz'io zegny, tsy mitsara na zôvy na zôvy araka ny fomban'olombelogno eky atsika, mitovy amin'izegny koa fomba fizahavan'i Kristy atsika taloha. Fa amin'iz'io, atsika zegny tsy mitsara na zôvy na zôvy kara izegny eky.¹⁷ Noho zegny, raha misy olo ao amin'i Kristy, i olo iô efa olom-baovao. Efa nialany jiaby raha taloha. Amin'iz'io iz, efa niova olom-baovao irô.¹⁸ Irô raha jiaby yô zegny bak'amin'ndRagnahary fo. Nampihavanigny tamin'ny Taignany baka tamin'ny alalan'i Kristy atsika, avy iô namiany atsika asa fanompoagnany fampihavanagna.¹⁹ Midika hoe, Zagnahary ao amin'i Kristy zegny nampihavagna izao tontolo izao amin'ny Taignany, tsy nikonty fahadisovagna, avy iô efa nampaitrany taminay volagnanany ny fampihavanagna.²⁰ Kay voatôndro ho mpisolon-taignan'i Kristy izahay, kara fa hoe amin'ny alalanay zegny hagnanaovan-dRagnary kaikinany. Kay miangavy anarô zegny zahay, noho i Kristy: "mihavàgna amin-dRagnahary!"²¹ Natony tonga saorogno ho an'ny fahotantsika Kristy. Izy ilay araiky izay tsy nanota. Nataony izegny baika mba ho havy agny amin'ny fahamarinan'dRagnahary ao aminy atsika.

Chapter 6

¹ Izahay koa miara-miasa aminy, kay mampirisiky anarô zegny tsy handray fahasoavan-dRagnahary fahatany.² Fa izy nivolagna karaty: "Tamin'ny fotoagna mety, Zaho nitandregny anarô, baka iô tamin'andron'ny famonjegna, nagnampy anarô Zaho. Zahava, amin'iz'io zegny fotoagna mety."³ Tsy mamaitraka vato fanafintohinana yô aloany na jôvy na jôvy izahay, fa izahay ndraiky tsy magniry hagnaratsy laza amin'ny asa fanompoagnanay.⁴ Kanéfa ndraiky, izahay zegny magnaporofa taignanay amin'ny asanay jiaby, fa mpanompon-dRagnahary izahay. Izahay zegny mpanompony amin'ny

fiaretagna be, fahoriagna, fipetrahagna, fahasarotagna, ⁵ irô koboay, fanagadragna, fampihirigny, amin'ny asa mafy, kaofa aligny irô tsy misy torimasoa, amin'ny hagnomagnana, ⁶ amin'ny fahadiovagna, fahalalagna, faharetagna, fahatsoram-pô, amin'ny Fagnahy Masigny, amin'ny taigña fitiavagna. ⁷ Izahay zegny mpanompo ao amin'ny volagnan'ny fahamarinagna, ao amin'ny angovo ndRagnahary. Izahay managna fiarovan'ny fahamarinagna amin'ny taghana havagnana ndraiky havia. ⁸ Izahay miasa amin'ny voninahitra ndraiky amin'ny fahafam-baraka, amin'ny fanaratsiagna ndraiky fideragna. Izahay voavolagna fa mpavandy, Néfa ndraiky izahay olo marigny. ⁹ Izahay miasa kara iregny tsy misy mahay iregny kanéfa zahay olo malaza. Miasa kara ho faty izahay, zahà fa mbola miaigny saomatsara zahay. Miasa zahay kara olo voa-sazy nohon'ny asanay, néfa tsisy kara ho voaheloka ho faty zegny feky. ¹⁰ Izahay miasa kara irô malahelo, kanéfa izahay ravoravo amin'ny fiainagnanay. Izahay miasa kara masikina, kanéfa mampanan-karena olo maro izahay. Miasa kara tsy manan-dràha izahay, kanéfa ndraiky kara anagnanay aby raha jiaby. ¹¹ Izahay nivolagna raha jiaby marigny taminarô, ry Korintiana, baka iô fonay misaokatra midagnadagna. ¹² Zahay tsy mandidy Fonarô, fa anarô mahay namehy hetseham-ponarô. ¹³ Boka iô ho valiagna ara-drarigny-mikoragna aminarô kara amin-jaza ambilà hidagnadagna agny Fonarô ¹⁴ Aza mipaitaka amindrô tsy mpino. Fa ino ifandraisany fahamarinagna ndraiky fandikan-dalàgna? Fa ino koa iarahany mazava amin'ny mahiziky? ¹⁵ Mba ino eky mety ho fifagnaragna eo amin'ny Kristy ndraiky Beliala? Baka iô, ino iraisan'ny anjaran'ny mpino araiky ndraiky tsy mpino araiky? ¹⁶ Avy yô, ino ikambanan'ny tempoly ndRagnahary amin'ny sampy? Fa antsika zegny tempoly ndRagnahary velogno, araka ny nataon-dRagnahary nambarany: "Zaho ipetraka aminany sady andaidaiha ao aminany Zaho. Izaho ho Zagnaharinazy, fa Izy ndraiky ho olognonaka." ¹⁷ Noho izegny, "Mivoaha iala eo amindrô, baka iô mitokana," hoizy Tompo. "Aza mitana raha maloto, avy iô Izaho angala anarô. ¹⁸ Izaho ho Papa narô, fa anarô ndraiky ho zanako lahy ndraiky ho zanako vavy", hoizy Tompo tsitoha.

Chapter 7

¹ Irô malalako, hatramin'ny nanagnatsika irô teny fikasana, aoka atsika hagnadio tagnatsika amin'ny raha jaiby izay mahataonga fahalotoagna amin'ny vatagna ndraiky fanahintsika. Aoka atsika hikatsaka fahamasinagna amin'ny fatahoragna an'dRagnahary. ² Alaivo izahay! Fa tsy nagnano ratsy tamin'jôvy na zôvy zahay. Tsy nandratra na nanararaotra nan-jôvy na zôvy izahay. ³ Tsy andaiha agnaneloko anarô zegny zaho fa efa nambarako fa ato ampaonay anarô, fa miara-maty ary miara-velogno atsika. ⁴ Be fahatokiako anarô, zaho mirehareha nohon'ny aminarô. Zaho feno fampiononagna. Mitobotoka hafaliagnako na somary yô zegny fampahoriagna jiaby. ⁵ Zahay kaofa navy tagny Makedonia, tsisy repos feky tamin'ny taignanay. Noho izegny, nijaly tamin'ny fomba jiaby izahay nohon'ny ady tagny antany, ndraiky favozoagna tao antiny. ⁶ Fa Zagnahary, izay mpampahery ny kivy, nampahery zahay tamin'ny fahavian'i Titosy. ⁷ Tsy tamin'ny fahaviany fo nampaherezan'dRagnahary zahay. Fa tamin'ny fampaherezagna izay nalain'i Titosy avy tamindrô. Mivolagna antsika izy amin'ny haben'ny fitiavanarô, alahelonarô, ndraiky fiahianarô zaho laligny. ka hiravo mandrakizay zaho. ⁸ Fa na dia nampalahelo anarô ny taratasiko, tsy nampanenigny zaho izegny. Fa nanegniny tamin'izegny zaho kaofa nahita fa nampalahelo anarô taratasiko. Fa nalahelo nandritra ny fotoagna foky anarô. ⁹ Inianity ndraiky zaho ravo, tsy hoe satria mijaly anarô, fa satria alahelonarô nitondra anarô nandeha ho agny amin'ny fibebahagna. Anarô zegny niainigny ny fahoriagna ao amin'i Zagnahary, kay tsy nisy very nijaliagnanarô ho anay. ¹⁰ Ny fijaliagna ao amin'i Zagnahary zegny mitaondra amin'ny fibebahagna baika hahatanteraka ny famonjegna tsy misy fanignainagna. Na dia zegny aza, ny alahelon'izao tontolo izao zegny mintondra fahafataisagna. ¹¹ Zahavà vokatra'nny habehan'ny fikirizananarô tamin'ny fahoriagna ao amin'i Zagnahary. Be lavitriny habehan'ny fikirizana tao amindrô mba hagnaporofogana fa tsy manan-tsigny anarô. Be lavitriny habehan'ny helokonarô, ny favozognanarô, ny alahelonarô, ny zotom-ponarô, ary ny fagniriagnanarô ahita zegny ny fahamarinagna izay tokôno atao! Amin'ny raha jiaby nagnamarigny tamin'ny taignanarô ianarô baika tsy ho voa-tsigny ami'izegny raharaha izegny. ¹² Na nanaoratra taminarô aza zaho, tsy hoandrô izay mpagnano ratsy nanoratako, na koa hoandrô izay miharitra ny ratsy aby yô! Fa nanoratako hoandrô zay tokôno hagnambaragna ny fahazotoanarô teo aminay eo ankilan-dRagnahary. ¹³ Baka tamin'izegny nampaherezagna zahay. Mihoatra ny fampaherezagna izay efa nanagnanay, nihoa-papagna ny aravoagna nohon'ny aravoagnan'i Titosy, satria fagnahinany velombelogno noho ny aminarô jiaby. ¹⁴ Izy ndraiky koa zaho niraiharaiha momba anarô zaho, tsy mba afa-baraka zaho. Mifanohitra amin'izegny, irô raha jiaby izay novolagninay taminarô raha marigny jiaby, firaiharaihagnanay momba anarô amin'ni Titosy, voaporofa fa marigny. ¹⁵ Fitiavany anarô mavety kokoa, mitovy nahatsiarovagna ny fangnekehanarô jiaby, fandraisanarô azy tamin'ny tahotra draiky favozohagna. ¹⁶ Ravoravo zaho satria managna fahatokisagna tantairaka taminarô.

Chapter 8

¹ Tianay ho hainarô zegny rahalahako, mahakasikin'ny fahasovan-dRagnahary lay namiany tamindrô fiangonan'i Makedonia. ² Nandritran'ny fitsapagna maventy amin'ny fahoriagna ny fitobakin'aravoagna ndraiky fara-fahantran'izy jiaby, nitairaka haregna mavety ny amin'ny fahafaoizagna magnamia. ³ Satria zaho nitsangana vavolombelogno fa nagnano be arak'izay vitandrô irô, mihoatra izay tokôny vitandrô ny vita. Tamin'ny sitrapondrô manokana ⁴ ndraiky tamin'ny fiangaviagna mafy baika hanagnandrô anjara amin'ity asa fanompoagna eto amin'arô mpino eto. ⁵ Tsy arakaraka izay nantenainay ny raha niboaka. Kanéfa ndraiky, Irô zegny nagnamiha taigandrô mialoha tamin'dRagnahary. Avy iô irô nanolo-taigña ho anay irô tamin'ny sitrapôn-dRagnahary. ⁶ Kay nampirisik'i Titosy zegny

izahay, tamin'ny fanomboany asa izegny, mba hagnatanteragna fahasoavagna eo aminarô.⁷ Fa anarô ndraiky zegny manan-karegna amin'ny raha jiaby, amin'ny finoagna, amin'ny volagna, amin'ny fahalalagna, amin'ny fahazotoagna jiaby, amin'ny fitiavanarô zahay. Koa ataovy azo antoka mba hanan-karegna amin'izegny asa fahasoavagna anarô. [NY ULB ndraiky UDB, miaraka amindrô dikan-teny maro hafa, dia mivaky karaty: "Ao amin'ny fitiavagnanao anay." Ny dikan-teny hafa dia mivaky karaty: "Ary ao amin'ny fitavanay anarô"]⁸ Tsy mivolagna izegny kará didy zaho. Kanêfa, mivolagna zegny zaho amin'ny fitsapahagna izegny amin'ny zotom-pon'ny olon-kafa.⁹ Satria hainarô ny fahasoavan'ny Tompontsika Jesosy Kristy. Ka na nanankariagna aby izy, zegny lasa masikina noho n'anarô, koa amin'ny alalan'ny fahantragna zegny, mety azahoanarô haregna.¹⁰ Nohon'amin'ny koragna zegny, hagnamia toro-hevitra anarô zegny zaho, izay hagnampy anarô. Herintaogno lasa izay, tsy ny fanaovagna fo nivitanarô, fa ny fikasagna koa efa natombokanarô teo alohan'ny sasany hatry ny taon-itsy.¹¹ Todiô katramin'ny farany, kara tamin'ny nazotoanarô tam-boalohany, karazegny koa no ataonarô hahavitanarô azy araka izay anagnanarô.¹² Satria raha magniry mafy hagnano izegny asa izegny ianarô, raha tsara ndraiky azo ekegny izegny. Tsy maintsy mifototro amin'ny zay hanagnan'ny olo araiky izegny, fa tsy lay tsyanagnany.¹³ Kanêfa, i asa izegny, tsy tokôny hanamaivana ny hafa na koa hampijaly anarô. Fa tokôny hisy ny rariny.¹⁴ Ny haregnanarô amin'izîô fotoagna iz'îô, hagnamia izay ilaindrô. Ka izegny koa, mba hagnamezan'ny haregnandrô izay ilainarô. Avy iô, mba agnamaizandrô ny rariny¹⁵ Araka izay efa voasoratra hoe: "Ilay araiky izay nanagna betsaka, tsy nanagna ambiny, avy iô lay araiky izay nanagna ny hely, tsy nanagna ny tsy ampy."¹⁶ Fa an-dRagnahary ny fisaoragna, izay nametraka ny tao am-pon'i Titosy ny fahamatoragna izay ananako aminarô.¹⁷ Fa izy tsy nagneky ny kaikitsika, fa taigna matotra ny amin'izegny koa. Nanatogno anao tamin'ny sitrapony manokagna izy.¹⁸ Nalefanay izy niaraka tamin'lay rahalahy izay noderaina teo agnivon'ny fiangonagna jiaby noho ny asany izay mitory ny filazantsara.¹⁹ Tsy izegny fo fa, izy koa notendrendrô fiangonagna mba handaiha hiaraka aminay hitondra io asan'ny fahalalan-tagnana io. Izegny, ho an'ny voninahitry ny Tompo ndraiky ho an'ny fanirianay hagnampy.²⁰ Mitandrigny izahay ny amin'ny mety isian'ny olo mitaraigny mombanay mahakasika an'îô asa fahalala-tagnana izay hataonay iô.²¹ ka mila mitandrigny izahay mba hagnano mendrika, fa tsy eo anatrehan'ny Tompo fo! fa eo alohan'ny olo koa.²² Mandaifa rahalahy araiky hafa koa izahay miaraka amindrô. Matetika izahay zegny nitsapa azy, avy iô nahita azy mafana fo tamin'ny asa maro. Mazoto kokoa izy iz'îô niany noho ilay fahatokisagna maventy izay anagnany aminarô.²³ Raha ny amin'i Titosy, izy no namako ndraiky mpiara-miasa amiko ho anarô. Raha ny amin'ny rahalahinay, nalefandrô fiangonagna izy irô. Voninahitra ho an'i Kristy izy irô.²⁴ Kay aboà irô ny fitiavanareo, ary aboà amin'ny fiangonagna ny anton'ny firaiharaihanay momba anarô

Chapter 9

¹ Makasika asa fanompoagna ho ndrô mpino, tsy taigna tadiaviko manokatra ho anarô.² Haiko momba faniriagnanarô, izay iraiharaihako amin'olon'i Makedonia. Nambarako irô fa Akaia zegny efa vognono nanomboka tamin'ny taogno lasa. Zotom-pônarô no nanosika ny ankamaroandrô hiasa.³ Avy iô nirahiko rahalahy mba tsy ho zava-pôagna zegny fireharehantsika mômba anarô, abokô mba ho vôgnono anarô, araka efa nivolagniko hoanarô.⁴ Raha tsy zegny, koa misy Makedoniana maro miaraka aminaka avy iô mahita anarô mbola tsy vôgnono, zegny ho maignatra atsika tsy mivolagna n'ino n'ino mahakasika anarô zaho-noho fahatokiagna anarô.⁵ Ka mieritreritry zaho fa ilaigny mampirisiky irô rahalahy hagnagny aminnao avy iô hagnano fifagnarahagna mialaoha amin'ny fagnomezagna efa nampanantenainao. Izegny zegny ahafahagna miavognono karaha fitahiagna, fa tsy karaha raha tsy azo ekehiginy.⁶ Taigna ny izy zegny ity: Ny araiky izay mamafy hely zegny hijimja kely, Fa araiky izay mamafy amin'ny tanjom-pitahiagna zegny hijinja fitahiagna koa.⁷ Ambilâ agny tsy araiky araiky hagnamia araka lay efa norafetiny tao am-pônany. Aza atao forcé izy. Fa ny mpagnamia am-pifaliagna zegny no tian-dRagnahary.⁸ Zagnahary zegny afaka mampitombo fitahiagna ho anao, amin'ny raha jiaby, afaka hahazo izay tadiavinarô jiaby mandrakariva aminarô. Izegny no misy zegny mba ahafahanarô manatombo asa soanarô.⁹ Izegny zegny araka ny voasôratra hoe: "Nozaraiginy irô haregnanany baika hagnamaizagna irô mahantra. Maharitra mandrakizay fahamarinagnanany."¹⁰ Hoandrô zay magnamia hambeo ho andrô mpamafy ndraiky mofô hohaniginy zegny hagnamia ndraiky hahabe ny hambeo afafindrô ndraiky hampitombo vokatry ny fahamarinagnanarô,¹¹ Hahazo haregna amin'ny fomba jiaby ianao mba hahatonga anao ho malala-tagnana. Izegny zegny hitondra fanehoam-pisaoragna an-dRagnahary amin'ny alalanay.¹² Ny fagnatanterahagna iô asa fanompôagna iô zegny, tsy vitan'ny hoe mahafeno raha ilain'ny mpino fo. Mila mitombo koa izegny amin'ny asa fagnamaizam-pisaoragna an-dRagnahary maro.¹³ Fa noho ny fitsapagna anarô izay voaporofô amin'îô asa iô zegny, hagnamia voninahitra Zagnahary koa ianarô amin'ny fagnekegna ny fibabohanarô amin'ny filazantsaran'i Kristy. Zegny hagnamaizagna voninahitra Zagnahary koa ianarô amin'ny fahalalahan-tanagnanarô amin'ny fagnamaizagna ho andrô ndraiky olo jiaby.¹⁴ Avy iô, amin'ny fangatahany ho andrô zegny maniginy anarô izy noho ny haben'ny fahasoavan-dRagnahary aminarô.¹⁵ Ho an-dRagnahary anie ny saotra noho ny fagnamaizany tsy hay volagniny!

Chapter 10

¹ Izaho Paoly miangavy anarô, amin'ny fanetren-taigana ndraiky hamoram-pagnahin'i Kristy. Malemy fagnahy zaho kôfa eo ankilanarô, néfa masakisaky zaho, anarô kôfa tsy iô.² Kay mangataka aminarô zegny zaho, kôfa miaraka atsika, tsy mila masakisaky amin'ny fahatokisan-taigana. Néfa zaho mieritreritra fa mila sahy manohitra irô izay mihevitra fa isika zegny miaigny araka ny nôfotro.³ Fa na izegny aza, mandeha araka ny nôfotro zahay, tsy miady araka ny nôfotro.⁴ Fa

fiadiagna iza iadiagna tsy ara-nôfotro. Kay noho izegny, managna angôvy avy agny an-dagnitra irô mba hamotehagna ny fagnahy ratsy. Fa tsy mitôndra raha aby ny hevi-pitak'izy irô.⁵ Ho robotintsika koa ny raha zay manangana micontra ny fahalalagna ho an-dRagnahary. Fa mandiniky ny hampandroso ny olo tsy araiky araiky amin'ny fagnekehagna an'i Kristy atsika.⁶ Kay miomagna amin'ny fômba fihetsika tsy fankatoavagna jiaby atsika, kôfa hainy ny fagnekehanarô.⁷ Zahava mazava izay eo aloanarô. Fa na zôvy na zôvy no resy lahatra fa izy no Kristy, aoka hampatsiaro ny tegnany izy fa izy tokoa zegnyn Kristy, kay kara zegny koa atsika.⁸ Yah, fa na zegny mirehareha aby zaho makasikan'ny fahefangnantsika, ilay namian'ny Tompo atsika mba hananganagna avy iô tsy hanimba anarô, tsy ho maignatra zaho.⁹ Tsy tiako izegny hampamgôrôhôrô baka amin'ny taratasiko.¹⁰ Fa olo sasany nivolagna hoe: "Mavozo ndraiky mahery taratasinany, néfa melemby ara-batagna izy. Tsy mendriky ho regnaisigny volagnanany."¹¹ Aoka olo mba hitovy iregny ahay fa iregny volagnanay ao amin'ny taratasinay tamin'ny fotoagna tsy nahatiô zahay, mampiseo asanay, tôkony ho ataonay rehetra havy agny izahay.¹² Zahay tsy mandeha lavitra; ampitovisanay amin'ny taignanay anarô izay midoka-taigna. Fa raha mandrefy ny taignanany amin'ny hafa irô, mampitovy taignanany amin'ny hafa, zay tsy ho mavariagna.¹³ Atsika, na dia izegny, tsy mirehareha mihoatra ny tôkony ho izy. Fa kanéfa, ataonay fo izegny zegny misy ferany araka ny nanendreny Zagnahary anay, misy farany izay mahakasika anarô.¹⁴ Fa tsy mitandriny taignanay izahay jiaby havy volagna aminarô. Izahay no havy voalohany hatrany aminarô niaraka tamin'ny filazantsaran'i Kristy.¹⁵ Tsy mirehareha mihoatra ny farany atsika ny mômban'ny asan'ny sasany. Néfa, magnataigna zahay fa hitombo finoagnanarô amin'ny asa lehibe miambigny ny tsy araiky araiky, avy iô samy amin'ny farany avy.¹⁶ Fa ity zegny antenainay, mba ahafahanay mitoro ny filazantsara na agny amin'ny toeragna lavitra agny anarô. Tsy hirehareha momban'ny asa efa vita tagny amin'ny faritra hafa antsika.¹⁷ "Néfa aoka araiky izay mirehareha, hirehareha ao amin'ny Tompo."¹⁸ Fa tsy ilay araiky izay magnamia taignanany no ekegna. Néfa, aoka ilay araiky izay namaizany ny Tompo.

Chapter 11

¹ Magniry zaho mba ahafahanarô mamela zaho hagnano fahadalagna hely sasany. Fa taigna mamela zaho marigny anarô!² Fa zaho saro-piaro amin'ny raha mahakasika anarô. Managna fahasarotam-piaro araka ndRagnahary aminarô zaho, hatramin'ny nagnamaizako toky anarô tao amin'ny fanambadiagna ho an'ny vady araiky fo! Zaho nagnamia toky hagnamia anarô karaha tamin'ny virijiny madio ho an'i Kristy.³ Fa zaho mavozo saofy, karaha tamin'ny menarana namitaka an'i Eva tamin'ny alalan'ny hafetsegna, eritreritra narô mety hiala amin'ny fagnamaizan-taigna amin-kitsim-pô ndraiky madio amin'i Kristy.⁴ Fa eritrereta hoe misy olo araiky havy hitory Jesosy hafa noho ny araiky toriatsika. Na eritrereta hoe mahazo fagnahy hafa nohon'izy nalainarô ianarô. Na eritrereta hoe mahazo filazantsara hafa nohon'ilay araiky izay noraisinareo ianareo. Mamaila iregny Raha jiaby iregny tsara koa ianarô!⁵ Satria mieritreritra zaho fa tsy farany ambany noho irô volagniny fa apostoly ambony.⁶ Fa na dia tsy nahazo nikabaro aza zaho, fa nahazo tamin'ny fahalalagna. Tamin'ny fômba jiaby ndraiky tamindrô raha jiaby zegny nataonay ho hainarô izegny.⁷ Zaho ma nanota tamin'ny fanetren-taignako baika hisandrananarô? Fa nitory filazantsaran'dRagnahary maimaimpôagna ho anarô zaho.⁸ Nikatramo irô fiangonagna hafa zaho tamin'ny alalan'ny fagnekegna fanohanagna baka amindrô baika ahafahako manompo anarô.⁹ Kôfa niaraka taminarô zaho ndraiky nila fanampiagna, zegny tsy nanavesatra na zôvy na zôvy. Fa irô raha nilaiko namiandrô mpirahalaha izay navy bôka agny Makedonia. Tamin'ny raha jiaby, zaho nitandrigny amin'ny taignako baika tsy ho enta-mavesatra aminarô zegny zaho, avy iô hanohy hanao izegny.¹⁰ Koa ato amiko fahamarinagn'i Kristy, tsy hangigny izegny fireharehako izegny agny amin'ny faritr'i Akaia.¹¹ Nagnino? satria tsy tiako va anarô? NdRagnahary mahay izy.¹² Avy iô raha ataoko zegny mbola ho ataoko fo! baika mety ahafahako magnala fitaraignana nohon'ny fivolam-bolagnandrô zaho ndraiky mba ho hitany fa mitovy aminany fo izahay, amin'izay ireharehany.¹³ Fa Apostoly santoka izy iregny, mpiasa mamitaka, kaila mampiova saora ho karaha n'Apostolin'i Kristy.¹⁴ Fa izegny tsy mahagaga, fa na i Satana aza mampiseo taignanany mitovy amin'ny anjelin'ny fahazavagna.¹⁵ Tsy mahagaga eky izy koa mampiseo taignandrô karaha ny mpanompon'ny fahamarinagna irô mpanompony. kay ny anjarandrô zegny izay mendrika ny asandrô¹⁶ Ambarako indraiky: "Aza ambela hisy hieritreritra hoe adala zaho. Fa raha magnano izegny anarô, raiso karah ny adala zaho ka mba hirehareha hely."¹⁷ Izay volagniko momba ity fahatokiagna mirehareha ity, tsy araka ny volagnin'ny Tompo, fa mivolagna kara adala zaho.¹⁸ Satria maro olo no mirehareha araka ny nôfôtsô poerapoera koa zaho.¹⁹ Nagneky am-piravoandrô adala anarô. Misy jery fieveranarô taignanarô!²⁰ Fa mandefitra amin'olo anarô raha manandevy anarô, mandany anarô, manararaotra anarô, mivolagna izy ho ambony noho ny anarô, na raha manaifaka taifantsofigny anarô izy.²¹ Ho vololagniko amin'ny fahafaham-barakanay fa malemy loatra izahay tamin'ny fagnanaovagna izegny. Raha misy mipoerapoera zegny mivolagna karan'ny adala, i zaho koa mba hirehareha.²² Hebreo ma irô? Izaho koa. Isiraelita ma irô? Izaho koa. Taranak'i Abrahama ma irô? Izaho koa.²³ Mpanompon'i Kristy ma irô? (Mikoragna kara olo adala zaho.) Mihoatra noho irô izegny zaho. Mbala niasa mafy nihoatra noho izegny zaho, tagny am-pikadragna matetika, tamin'ny kapoka mihoatra ny fepetra, tamin'ny fiatrehagna loza maro mahafaty.²⁴ Avy amin'ny alalandrô Jiosy no nandraisako "koboay efaolo latsaka araiky" Indimy.²⁵ Intelo zaho navoa koboay tamin'ny kakazo. indraih'andro zaho nitoraham-bato. Intelo zaho vaky sambo. Nandany aligny araiky ndraiky andro araiky tagny an-dranaomasy zaho.²⁶ Nandeha matetika zaho, tamin'ny onaona, tamin'ny lozandrô mpandrava, tamin'ny lozan'ny oloko manaokana, tamin'ny lozandrô Jentilisa, tamin'ny loza tany amin'ny tanàna, tamin'ny loza tagny an'efitra, tamin'ny loza avy amindrô rahalahy santoka.²⁷ Efa tamin'ny asa mafy ndraiky raha-tsarotra zaho, tamin'ny aligny tsy mihita toromaso,

tamin'ny hanoanagna ndraiky hetaheta, tamin'ny fifadin-kanigny matetika, tamin'ny hatsiaka ndraiky fitanjahana.²⁸ Ankoatry ny raha jiaby, misy tsinky isan'andro amiko nohon'ny fanahiako amin'ny fiangonagna jiaby.²⁹ Azôvy no malemy, ka tsy malemy zaho? Azôvy no mikotragna, kay tsy ho meloko zaho?³⁰ Raha tsy maintsy mipoerapoera zaho, hipoerapoera momba izay magnabôaka irô fahalemeko.³¹ Ilay ndRagnahary ndraiky Papan'i Tompo Jesosy, ilay araiky izay deraigna mandrakizay, araiky lay mahay fa tsy mavandy zaho!³² Tagny Damaskosy, ny governora ambanin'i Areta mpanjaka, niambigny tanànan'i Damaskosy baika hisambotra zaho.³³ Fa najotso tamin'ny manda zaho, kay nilaifa niala tamin'ny tanagna.

Chapter 12

¹ Izaho tsy maintsy mipoerapoera, na tsy mahazo ninonino zaho. Fa izaho hanohy ny amindrô fahitagna ndraiky irô fanambaragna avy amin'ny Tompo.² Mahay lehilahy ao amin'i Kristy zaho izay efatra ambin'ny folo taogno lasa izay na ao amin'ny taigna na tsy ao agnatiny taigna, tsy haiko izegny, ndRagnahary fo mahay araiky nakarigny ho agny andagnitry fahatelo.³ Raha haiko fo iô lehilaha iô-na tao amin'ny taigna, na agny antany agny, izaho tsy mahay, ndRagnahary mahay-⁴ fa nakarigny ho agny Amparadisa izy kay naharegny volagna tsy azo volagniny ndraiky tsy tôkono hovolagn'olo izy.⁵ Fa alay araiky fo no hataoko rehehaha; fa amin'ny taignako fo tsy hataoko rehehaha afa-tsy amin'ny fahalemegnako.⁶ Izy koa zaho te hirêharêha, zegny tsy ho adalagna, fa te hivolagna ny marigny. Fa hifehy taigna zaho amin'ny firêharêhagna, baika tsy hoisy na zôvy na zôvy hihevitra zaho ho ambony noho izay hita amiko na regny avy aty amiko.⁷ Hifehy taigna amin'ny firêharêhagna ihany zaho noho nirô karazany fagnambaragna miavaka aby irô. Kay noho izegny, baika zaho tsy ho feno firêharêhagna, nasiagna fatsika nôfotronaka, mpitôndra hafatr'i Satana hanakorontagna zaho, baika tsy hirêharêha loatra zaho.⁸ Intelo zaho nitaraiginy tamin'ndRagnahary ny makasika izegny, baika hagnadosoagna izegny aminaka.⁹ Fa hoizy taminaka: "Ampy ho anao ny fahasoavako, fa angôvo zegny natao ho lafatra ao amin'ny fahalemaigna." aleoko mirêharêha bebe kokoa amin'ny fahalemaignako, baika hipetrahany angôvon'i Kristy ato amiko.¹⁰ Noho izegny ravô noho i Kristy ao amin'ny fahalemaigna, amin'ny fagnevatevêgna, amin'ny korontagna, amin'ny fagnenjaihagna ndraiky ao amin'ny fotoan-tsarotrako. Fa na oviagna na oviagna malemy zaho, zegny no matanjaka.¹¹ Lasa adala zaho! Anarô nanery zaho amin'izegny, fa izaho tôkono noderainarô. Fa izaho ndraiky tsy ambany noho nirô izay kahiagna Apostoly, agnabondrô zaho, na dia tsy jirenarô zaho.¹² Irô famantaragna marigny ny maha Apostoly zegny notanterahiginy teo aminarô tamin'ny faharétagna tantairaka, famantaragna ndraiky fahagagagna avy iô asa mahery.¹³ Fa nagnino anarô no tsy mba manan-danja noho irô fiangonagna sasany, ankoatrin'izegny, tsy maha vesatra amiko anarô? Mamelà zaho noho izegny fahadisoagna izegny!¹⁴ Indro! vôgnono ho havy fanintelony agny aminarô zaho. Tsy ho vesatra ho anarô zaho, fa izaho tsy mila izay ao aminarô. Fa anarô no tadiaviko. Fa tsy ny zanaka no tôkono hihary hoandrô Ray aman-dreny. Kanêfa, irô Ray aman-dreny no tôkono hihary hoandrô zanaka.¹⁵ Izaho ho ravo tantêraka handany ndraiky ho laniagna ho an'ny fagnahinarô. Raha mitia be anarô zaho, zegny hotiavigny kely va izaho?¹⁶ Fa na dia zegny aza, tsy nanavésatra anarô. Satria zaho fetsifetsy be, kay izaho ilay araiky nahazo anarô tamin'ny fitaka.¹⁷ Kay nagnararaotra anarô tamin'ny alalan'olo izay nakadalaiko taminarô zaho?¹⁸ Nagnirak'i Titosy nalaky ho agny aminarô zaho, avy iô nalefako niaraka tamindrô rahalahy sasany. Kay andêha agnaraoatra anarô agny koa i Titosy? Atsika ty ma tsy lalagna araiky fo? Kay tsy niaraka fo atsika?¹⁹ Kay anarô ma mieritreritra fa nandritra ny fotoagna jiaby izegny, niaro taignanay taminarô izahay? Eo ankilan-dRagnahary, no agnambaranay tao amin'i Kristy ny raha jiaby mba ho fampaherezagna anarô.²⁰ Fa zaho mavôzo, tsao fo, amin'ny fotoagna zaho havy aminarô iô, mety tsy hahita anarô araky ny fanantenaiko. Kay mavôzo zaho, sao tsy ho hitanarô araky ny fanantenagnanarô. Mavôzo zaho fa sao mety hisy fifandiragna, fialonagna, fiakaran'ny heloko, fikasagna amin'ny fitiavan-taigna, fifosagna, fieboeboagna avy iô fikorontagnana.²¹ Mavôzo zaho tsao fo kôfa mimpody, hampihetrika zaho eo ankilan-dRagnahary. Mavôzo zaho tsao fo mety halahelo ny amindrô maro izay nanota teo aloha, ka mbola tsy nibebaka tamin'ny fahalotoagna ndraiky fijangajangagna avy iô fijejojejoagna feno fanirian-dratsy izay nataondrô.

Chapter 13

¹ Ampagnintelony iziôty no nandalovako aty aminarô. "Fiampangagna jiaby tsy maintsy miorigny amin'ny porofo amin'ny vavolombelognô roa na telo."² Efa nivolagna taminarô izay nanota ao taloha ndraiky tamindrô ambiny jiaby tiô fanindroany, avy iô ambarako indraiky izegny: "Kôfa havy indraiky zaho, tsy hiantra azy ireo zaho."³ Mivolagna zegny aminarô zaho satria anarô mitady porofo fa i Kristy zegny nivolagna amin'ny naka. Tsy marefo aminarô Izy. Fa néfa, mahery ao aminarô Izy.⁴ Fa Izy nohombohagna amin'ny fahalemaigna, néfa velogno tamin'ny angôvon-dRagnahary. Fa atsika ndraiky marefo ao aminy, kanêfa atsika zegny miara-miaiginy amin'angôvon-dRagnahary eo agnivonarô.⁵ Diniha taignanarô raha tianarô ho hita fa ao amin'ny finoagna anarô. Tsapao taignanarô, tsy mbaola azonarô an-tsaiginy va izegny momba ny amin'ny taignanarô fa i Jesisy Kristy zegny ao aminarô? Izy kôa anarô ka tsy nahomby tamin'ny fitsapagna.⁶ Fa izaho mahatoky fa anarô zegny hiaiky fa atsika nahomby amin'izegny fitsapagna izegny.⁷ Amin'iziô! atsika zegny mivavaka amin-dRagnahary fa tsy afaka ny hangnana raha ratsy anarô. Izaho tsy mivavaka ny afaka ahitana fa atsika zegny nahômby amin'ny fitsapagna. Fa néfa, izaho zegny nivavaka mba ahafahanarô magnano izay mety kanêfa atsika zegny mety ho hita ho kara ny tsy nahômby tamin'ny fitsapagna.⁸ Fa atsika tsy afaka hagnano raha manohitra amin'ny fahamarinagna, fa ho an'ny fahamarinagna zaraiky fo!⁹ Fa atsika zegny miravo kôfa marefo ndraiky

mafy anarô. Fa atsika fo koa zegny mivavaka baika ho ataontsika feno anarô.¹⁰ Manôratra irô raha aby ireto zaho raha magnalavitra narô zaho, kôfa efa miaraka aminarô zaho zegny tsy voatery mitandra anarô ampahameloa gna amin'ny fampiasagna ny fahefako- ilay namian'ny Tompo zaho, baika ananganako anarô, avy iô tsy handrantra anarô.¹¹ Farany, ry rahalahy, miravoa! miasa ho amin'ny fagnampodianagna amin'ny voloany, mahereza, mifagnikia tsy araiky tsy araiky, miaina am-piadanagna, avy iô Zagnahary ny fitiavagna ndraiky ny fiadanagna zegny hiaraka aminarô.¹² Mifampiarahabà anarô amin'ny fanorohagna Masigny.¹³ Irô mpino jiaby zegny magnano veloma anarô. [Fagnamarihagna: Irô dikany volagna sasany zegny magnambatra ny andininy faha 13 amin'ny andininy faha 12 avy iô magnano ny andininy faha 14 ho andininy faha 13.]¹⁴ Ainganie fahasoavan'ny Tompo Jesosy Kristy, ny fitiavan-dRagnahary, ndraiky ny fiarahagna amin'ny Fanahy Masigny ho ao aminarô jiaby.

Galatians

Chapter 1

¹ Paoly, apostoly tsy apostoly avy baka amin'olo na tamin'ny alalan'ny olo, fa avy baka amin'i Jesosy Kristy ndraiky baba Zagnahary, izay nampitsangagna Izy tamin'ny maty,² ndreky irô rahalahy jiaby miaraka aminakahy ho an'irô fiangonagna Galatiana :³ Ho aminarô ny fahasoavagna ndreky fiadanagna avy baka amin-dRagnahary babantsika ndraiky Jesosy Kristy Tompo,⁴ izay nagnamia aigninany ho an'ny fahotagnantsika mba hagnafahany atsika aminjao andron'ny faharatsiagna zao, mifagnaraka amin'ny sitrapon-dRagnaharintsika sady babantsika,⁵ Ho Anany anie ny voninahitra mandrakizay, mandrakizay. Amen.⁶ Gaga zaha fa niala tamin'ilay nagnantso anarô tamin'ny fahasoavagnan'i Jesosy Kristy anarô. Gaga zaha fa mitodiky amin'ny filazantsara hafa anarô.⁷ Zegny ndreky tsy midika fa misy filazantsara hafa, fa misy olo maromaro izay mitondra fagnakorontanagna ho anarô ary tehagnova ny filazantsaran'i Kristy.⁸ Na zahay na anjely avy baka andagnitry agny no hitory filazantsara hafa aminarô izay tsy mitovy amin'ny filazantsara nitorinay taminarô, enga anie ka mba ho voaozogno izy.⁹ Karaha raha efa nivolagninay taminarô taloha, mbala magnambara aminarô koa za aminizîô ty : " Izy koa misy olo magnambara aminarô filazantsara hafa tsy mitovy amin' ny filazantsara noraisinarô, enga anie ka ho voaozogno izy."¹⁰ Zaha ziô io ma mitady fankasitrahagna avy amin'olo sa avy baka amin-dRagnahary? Zaha ma mitady raha hahararavoravo olo? Izy koa mbala miezaka hampiravoravo olo fo zaha, tsy mpanompon'i Kristy.¹¹ Tiako ho hainarô rahalahiko fa ny filazantsara nambarako taminarô, tsy filazantsaran'olombelongo.¹² Tsy nazoko avy baka amin'olo zegny, ary tsy nampianarigny zaha koa. Fa fagnambaragnan'i Kristy Jesosy taminakahy.¹³ Ary anarô naharegny fiainagnanakahy taloha mikasiky fomba fivavahagna jiosy ndraiky fomba fagninjaihako fiangonan-dRagnahary mihoatra ny tokony ho izy, draiky ezakagnanakahy handravagna raha zegny.¹⁴ Nidriky tamin'ny fivavahagna Jiosy zaha naharesy irô olo mitovy taogno aminakahy, avy tamin'irô firenena araiky taminakahy. Karaha zegny ny fomba nitanàko mafy ny fombandrazagnanakahy.¹⁵ Kanefa Zagnahary izay nifidy zaha hatrany ankibon'ny mamako, ary nikaiky zaha tamin'ny alalan'ny fahasoavagnanany,¹⁶ izy kofa nagnaboaka Zanakanany taminakahy, mba hahafahako magnambara Izy amin'ny jentilisa, tsy nangala jery tamin'ny nofo ndraiky lio zaha.¹⁷ Tsy nanonga tagny Jerosalema tagny handeha amin'irô efa lasa Apostoly talohanakahy zaha. Fa zaha ndreky nandeha tagny Arabia tagny, abôko, nimpody tagny Damaskosy.¹⁸ Abôko, telo taogno tavafaran'izegny, nanonga tagny Jerosalema tagny zaha mba hifankahay amin'ny Kaifasy, abôko, zaha nijanogno niaraka taminany tagny tagnatin'ny dimy ambin'ny folo andro.¹⁹ Fa zaha tsy nahita Apostoly tagny afa-tsy i Jakoba, rahalahin'ny Tompo.²⁰ Ary mikasika raha jiaby nosoratiko taminarô, nagnamia toky anarô alohan-dRagnahary zaha fa tsy mavandy.²¹ Avy tiô za nandeha tagny amin'ny faritr'i Syria ndraiky Kilikia.²² Tsy mbola hain'olo tamin'irô fiangonagnan'ny Jodia izay ao amin'ny Kristy zaha.²³ Fa efa regnin'irô fo hoe : " I lehilahy araiky nagnenjiky atsika taloha igny, lasa magnambara finoagna izay nezahiny nopoteniny taloha." ²⁴ Noho izegny, nidera an-dRagnahary noho ny aminakahy irô.

Chapter 2

¹ Douze taogno taty afara nanonga ta Jerosalema draiky zaho niaraka tamin'i Barnabasy, nitondra i Totisy niaraka taminaka.² Nanonga tagny nohon'ny fagnambaragna araiky zaho sady namaitraka tamin-drô filazantsara izaigny ambarako aminarô Jentilisa. Nagnabara mitaokana tamin-drô zaigny niheverigny ho manan-danja zaho, hahazoagna antoko fa tsy nilomay_ na efa nilomay_ very foagna zaho.³ Na Titosy fo, araiky niaraka taminaka sady Grika izy, nitiregna mba voavositry.⁴ Niditry manginginy irô rahalahy sandoko mba hitsikilo fahafahagna hanaganany amin'i Kristy Jesosy. Nagniry hagnadevo zahay irô,⁵ fa tsy nivolagna hagneky izy irô na fotoagna hely aby zegny. mba hidaohan'ny famarignan'ny filazantsara aminarô.⁶ Fa irô niheverigny ho managna lanja (na ino na ino irô tsy mampangnino zaho, ndRagnahary tsy miangatra) _ ambarako, irô, izaigny heverigny ho managna lanja tsy nagnampy na ino na ino taminaka.⁷ Mifanohitry amin'ny zegny, hitandrô fa nagnakigniny filazantsara ho ny drô zaigny tsy voavositry zaho, kara nagnakingnany i Petera filazantsara ho ny drô zaigny voa vositry.⁸ Fa dRagnahary, araiky niasa tamin'i Petera ho amin'ny maha -apostoly ho ny drô zaigny voa vositry, niasa tagnaty naka koa ny drô Jentilisa.⁹ I Jakoba, Kefasy, draiky Jaona, zaigny aihy fa agnisan-drô nagnorigny eglise, koa fa nahay fahasoavagna zaigny namiagna zaho, namiany tagnana ankavanagna fiaraovany ny naka draiky Barabasy irô. nataon-drô izegny mba hahafahanay mandeha amin'ny Jentilisa, draiky mbz ahafan-drô mandeha aminarô izaigny voa vositry.¹⁰ Nangataka fo irô mba hahatsiaro mahanatra zahay,

izaigny tegna tiako atao.¹¹ Koa fa navy Antioka I Kefasy, ny contre izy tamin'ny saora nany zaho satria voa volagna fa diso izy.¹² Talohan'ny nahavian-drô lelahy sasany avy baka amin'ny Jakoba, tio tampinanagna niaraka tamin-drô Jentilisa i Kefasy. Koa fa avy irô lelahy rô, nijanogno izy draiky niala lavitry irô Jentilisa. Navozo irô zahay nitaky famosiragna izy.¹³
¹⁴ Sasany tamin'ny Jiosy koa niaraka tamin'ny zegny fiatsaram-belatsihin-drô. Koa fa hitako fa tsy magnaraka fahamarigniny filazantsara fitondran-tegnan-drô, nivolagna tamin'i Kefasy tio aloan-drô jiaby hoe: " Koa Jiosy anao kanefa miaigny kara Jentilisa fa tsy kara Jiosy, karakory ahafanarô manery irô Jentilisa hiaigny kara Jiosy?"¹⁵ Atsika Jiosy baka tamin'ny fahatiragna fa tsy mpanota Jentilisa;¹⁶ aihy tsika fa tsisy olo hamarignin'ny asan'ny lalàgna fa baka amin'ny finoagana i Jesosy Kristy mba hamarignana amin'ny finoagana i Kristy fa tsy amin'ny asan'ny lalàgna. Fa tsisy nofoto ho hamarigniny amin'ny asan'ny lalàgna.¹⁷ Rahotra ka, mitady ho hamarigniny amin'i Kristy atsika, atsika fo ka, hita fa mpanota, mety ampirisiky fahotagna i Kristy? Tsy marigny!¹⁸ Fa koa manangana draiky irô raha èfa niravako taloha, magnaporofa taingako ho mpandika lalàgna zaho.¹⁹ Fa tamin'ny lalàgna nahafataisako amin'ny lalàgna, mbo ho velogno ho an-dRagnahary zaho.²⁰ ²¹ Nifantsigny niaraka tamin'i Kristy zaho. Tsy zaho eky velogno, fa i Kristy velogno ato agnatoko. Fiainagna koa amin'ny fiainagna zioly iaignako amin'ny finoagana Zanakan-dRagnahary, izaigny tia zaho nagnamia vatany zaho, fa koa azo amin'ny lalàgna famarignana, tsisy nahafataisan'i Kristy!

Chapter 3

¹ Ry Galatiana Adala! Azovy namosavy anaro ? Kanefa tio tamin'ny mason-dro tio i Jesosy nifantsiagna tamin'ny azo fijaliagna ? ² Ity raha tiako ambaranaro : Nangala fagnahy tamin'ny asan'ny lalàgna ma anaro sa araka finoagana naro ? ³ Adala marigny ma anaro ? Nanomboko tamin'ny fagnahy anaro, ka niany hiafara amin'ny nofo ? ⁴ Anaro ma niaritry raha maro tamin'ny raha tsisy dikany_fa tegna zava-poagna eky zegny? ⁵ Nagnamia fagnahy anaro draiky asa mahagaga aminaro ma baka amin'ny asan'ny lalàgna sa mbaka tamin'ny fitandrignesano finoagana ? ⁶ Mitovy i Abrahama "nino an-dRagnahary ary ni compte gna ho fahamarignany zegny," ⁷ mitovy amin'ny zegny, ataova hay, iro agnatiny finoagana dia zanakan'i Abrahama. ⁸ Soratra masigny, nahita mialoha zagnahary hagnamarigny iro jentilisa amin'ny finoagana, nitovy filazantsaramialoha amin'i Abrahama, nivolagna hoe : " ⁹ Mbaka aminao no hitahiagna jiaby." olo agnatiny finoagana dia voatahy miaraka amin'i Abrahama, izay olon'ny finoagana. ¹⁰ Iro izay miasa miankigny amin'ny lalagna dia io ambanin'ny ozogno; fa voasoratra hoe: "Voahozogno jiaby tsy magnaraka, izay olo tsy magneky raha voasoratra amin'ny bokin'ny lalagna draiky magnano zegny." ¹¹ Manomboko zio tsy misy olo hamarigniny io hagnatrehany Zagnahary avy baka amin'ny lalagna, fotony ny marigny velogno amin'ny finoagana. ¹² Fa ny lalàgna tsy haraka ny finoagana, fa, "olo izay magnano asan'ny lalàgna, dia tsy maintsy velogno amin-dro". ¹³ Kristy nagnavotro atsika tamin'ny hozogno lalàgna, tamin'ny navian'ny hozogno tamintsika_fa voasoratra hoe : "Voahozogno jiaby miantogno amin'ny kakazo" _ ¹⁴ mba ho avy amin'ny Jentilisa ny fitahian'i Abrahama ao amin'ny Kristy Jesosy, mba hoan'ny finoagana no ahazoantsika ilay fagnampagnatenagna ny fagnahy. ¹⁵ Ho rahalahy, ambila za hivolagna kara fataon'olo. ao amin'ny fifagnaragna ataon'olo, tsy afaka magnafoagna na magnampy izay ao, koa fa tafapetraky ny lalagna zegny. ¹⁶ Ary iro fampagnatenagna nambara tamin'ny Abrahama draiky tamin-drô taranakany. Zegny tsy magnambara hoe : "ho an'ny taranaka" olo maro, taranaka olo araiky fo, "ho an'ny taranakanao" i Kristy. ¹⁷ Ity tiako ambara: "Lalàgna navy fa efadrato taogno sy telopolo taty afara, tsy hahafaoagna fagnekegna nampetrakan-dRagnahary taloha. ¹⁸ Fa koa mbaka amin'ny lalagna ny lova, ka tsy ho avy amin'ny fampagnatenanagna fekin'ny zegny. Fa zagnahary nagnamia zegny Abrahama mbaka tamin'ny fampagnatenagna. ¹⁹ Ino, zegny tanjogno lalàgna ? Nasiagna zegny nohon'ny fandikan-dalàna, mandra-paviany taranak'i Abrahama tio nanaovagna fampagnatenagna. Lalàgna natoan'ny mpanalana araiky manankery mbaka amin'ny anjely. ²⁰ Fa mpanalalana midika fa olo miohatran'araiky, kanefa zagnahary araiky.La ²¹ Lalàgna ma manohitry iro fampagnatenagnan' i dRagnahary ? Sagnatsia zegny! Fa raha misy lalàgna namiany izay afaka nagnamia fiainagna, ka baka tamin'ny lalàgna marigny fahamarignana. ²² Fa soratra masigny nagnagadra raha jiaby ambanin'ny fahotagna. Nagnano zegny zagnahary mba agnamezagna iro mpino ny fampagnatenagna hagnavotagna atsika baka amin'ny finoagana i Jesosy Kristy. ²³ Talohany naviny finoagana, atsika nampetraka ho bado ambanin'ny lalàgna, nigadraigina mandra-pahaviany finoagana. ²⁴ Baka amin'ny lalàgna, nanjary mpiambigny atsika nandra-piboan'i Kristy, mba ho voamarigny baka amin'ny finoagana atsika. ²⁵ Fa zio navy zegny finoagana zegny, ka tsy io ambanin'ny mpiambina eky atsika. ²⁶ Fa anaro jiaby zanakan-dRagnahary ao amin'ny finoagana i Kristy jesosy. ²⁷ Fa maro aminaro natao batisa tao amin'i Kristy, no nahazo an'i Kristy. ²⁸ Ary tsy misy eky na Jiosy na Grika, na andevo na olo afaka, na lahy na vavy, fa araiky fo anaro ao amin'i Kristy. ²⁹ Koa an'i Kristy anaro, ka taranaka Zagnahary, sady mpandova araka fampagnatenagna anaro.

Chapter 4

¹ Mivolagna zaho fa irô mpandova, raha mbala tsaiiky izy, mitovy amin'ny andevo, na izy tompiny raha jiaby. ² Nefa ndraiky izy, eo ambaniny fifehezagna ndrô mpiambigny ndraiky irô mpikajy raha misy valaira mandra-pahaviany daty izay napetraky ny baba. ³ Ka karazegny koa atsika mbala tsaiiky, nandevozin'ny lalàgna fitsipi-pianaran'izao tontolo izao. ⁴ Nefa ndraiky, ka fa navy fahafenoan'ny fotoagna, nandaifa zanakanany Zagnahary, izay natera-biavy, natairaka tao ambanin'ny lalàgna. ⁵ Nagnano izegny Izy mba hanavotagna irô izay ambanin'ny lalàgna, mba hafantsika mandray ny fanaganagna ho zanaka. ⁶ Satria anarô efa zanaka, nirahin-dRagnahary ho agnaty ny Fagnahin'ny Zanakanany, izay

mikaiky hoe: "Aba, Ray." ⁷ Kay noho zegny, tsy andevo eky anarô, fa zanaka, raha zanaka anarô, mpandova amin'ny alalan-dRagnahary koa. ⁸ Fa tamin'ny zegny fotoagna zegny, tamin'narô tsy nahay an-dRagnahary, natao ho andevon'ndrô, amin'ny angovo voajanahary, tsy ho zagnahary fekin'ny na karakory. ⁹ Fa amiziô ndraiky, anarô efa lasa mahay an-dRagnahary, avy iô koa, anarô efa hain-dRagnahary, fa nagnino ndraiky hipodiananarô amin'ny abidim-pianarana malimy sady tsisy dikany? Te ho andevozigny indraiky ma anarô? ¹⁰ Mandinika irô andra ndraiky irô fandrava avy iô irô vanim-potoagna ndraiky irô tôgnonarô! ¹¹ Hatahôrako ny aminarô ai, sao ndraiky ho zava-poana ny asako teo aminarô. ¹² Miangavy anarô zaho, ry rahalahy, magnanova karaha zaho, satria na zaho efa itady kara narô koa. Tsy nagnano ratsy tamiko anarô. ¹³ Nefa hainarô fa noho aretim-batako no nagnambaraiko anarô filazantsara tamin'ny voalohany. ¹⁴ Na zaho nitondra anarô tamin'ny fakam-pagnahy aza, ny toe-batako, anarô tsy nagnano tsinontsinona na nagnilika zaho. Fa nalaihinarô kara fa anjelin-dRagnahary ny fandraisanarô zaho, kara fa izaho igny no Kristy Jesosy. ¹⁵ Aia zegny fahasoavagnanarô amiziô? fa zaho ndraiky itsagana ivolagna vavolombelogo aminarô fa raha azonarô atao, adosonarô eo masonarô ndraiky namaizananarô zaho izegny. ¹⁶ Kay noho zegny, efa nanjary nataonarô fahavalonarô zaho, fotony nagnambara raha marigny aminarô? ¹⁷ Irô mazoto hitaogno anarô, fa tsy amin'ny tsara. Fa irô ty hampigadra anarô agny antany, mba hampazoto anarô hitady fitia amin'ndrô. ¹⁸ Tsara fo managna zotom-po amin'ny tanjogno tsara, na sendra tsy iô aminarô zaho. ¹⁹ Zanakô ô! mbola mijaly amin'ny hôtsonko fiterahagna ho anarô indraiky zaho zisika hiforônin'i Kristy ao aminarô. ²⁰ Magniry zaho amin'iziô mba afaka miaraka aminarô hagnova feoko, fôtony miasa loha aminarô zaho. ²¹ Ambara zaho, hoanarô zegniny ty ho ambanin'ny lalâgna, tsy regninarô mba nambarany lalâgna? ²² Fotony voasoratra fa i Abrahama nisy zanaka aroe lahy, araiky baka amin'ny andevo vavy bakô araiky baka amin'ny viavy tsy andevo. ²³ Araiky nateraky andevo vavy ara-batagna, fa araiky hafa nateraky viavy tsy andevo tamin'ny volagna fampanantenagna. ²⁴ Irô raha jiaby iô azo raisigny fagnoharagna, fôtony irô viavy aroe iô, magnabara fagnekegna aroe; Araiky amin'ndrô baka agny amin'ny bongon'i Sinay niteraka tsaiiky ho amin'ny fahandevozagna, I Hagara izegny. ²⁵ I Hagara zegny magnambara bongon'i Sinay agny Arabia, mifamaly amin'i Jerosalema amin'iziô, fôtony izy andevo mba ny zanany. ²⁶ Fa i Jerosalema ndraiky agnambony, avy iô regnitsika irô tsy agnisany andevo. ²⁷ Fôtony voasoratra: "Miravoa ianao ry momba tsy miteraka. Mikaikahia mafy, ndraiky magnanaova rontondrontogno olo ravoravo, ianao zegny tsy mijaly amin'ny hôtsonkôtsonko fiterahagna. Fôtony irô zanaky viavy nafoe maromaron'irô viavy manambady." ²⁸ Fa anarô rahalahy, kara Isaka, zanaky fampanantenana. ²⁹ Tamin'ny fotoagna zegny olo teraka ara-batagna nagnenjiky irô teraka araka Fagnahy. kara izegny iziô. ³⁰ Kanaifa ino ambaran'ny soratra masigny? "Alefasa andevo agny vavy ndraiky zanany lahy. Zanaka lahin'ny andevo vavy tsy handrasa lova miaraka anin'ny zanaka lahin'ny viavy tsy andevo." ³¹ Dikan'izegny, ralahy, tsy zanaka andevo vavy atsika, fa zanaka viavy tsy andevo.

Chapter 5

¹ Ho agny amin'ny fahafagna ane ny nagnavôtan'ny Kristy atsika. Mioregna tsara, dikany zegny, kaza magneky ho ambakain'ny fagnandevozagna eky. ² Ign'y, za Paoly mivolagna aminarô fa izikoa magneky ny haigninarô hivosiragna anarô, tsy agnano tsara anarô na ny hely foeky zegny i Jesosy Kristy. ³ Mitsangana vavolombelogo amin'ny olo tsaraiiky araiky zaigny mamaila taignanany ho voafora ndraiky za fa voatery hagnaraka lalâgna jiaby izy. ⁴ Tafisaraka tamin'ny kristy anarô, te ho hamarigny amin'ny lalâgna; sady tegna tsy miaigny fahasoavagna anarô. ⁵ Fa baka amin'ny Fagnahy amin'ny finoagna, no hiambaisan-tsika mare fagnatenagna fahamarignana. ⁶ Ao amin'ny Kristy Jesosy tsy midika na ino na ino na voafora na tsy voa, fa finoagna miasa amin'ny fitiavagna fo. ⁷ Anaro fa nilomay tsara. Azovy nanakagna anarô fangnekenarô ? ⁸ Tsy baka amin'ny araiky nikaiky anarô fandresen-dahatra zegny. ⁹ Lalivay hely mampitombo ny koba jiaby. Fa za matoky Tompo fa tsy hangala fomba hafa fizahagna anarô. ¹⁰ Fa araiky zaigny mampikorontagna anarô, hagnaifa sazy na azovy na azovy. ¹¹ Rahalahy e! izy koa mbala miovy amin'ny famoragna za, nangina za mbala iagniny ? Baka amin'ny hazo fijaliagna, mahafaka raha jiaby mampalahelo. ¹² Fa nindrô zaigny magnakorontagna anarô, ainganie irô hanapaka tegnandrô! ¹³ Fa nikahiagna amin'ny fahafagna anarô ralahy. Fa kaza andesinaro hagnaraka nofo zegny fahafagna zegny fa mifampanompoa amin'ny fitiavagna. ¹⁴ Fa lalâgna jiaby tantairaka ao amin'ny didy araiky; ao amin'ny hoe : " Tsy maintsy mitia namanao kara ataonao tia taignanany anao. ¹⁵ Fa izy koa mifangnekity sady mifampihinagna anarô, mitandrima toa hifandavo. ¹⁶ Fa ho za, mandiana araka fagnahy fa tsy hahatantairaka zegny filan'ny nofo zegny anarô. ¹⁷ Fa ny nofo manohitry Fagnahy, ndraiky fagnahy manohitry filagnan'ny nofo, avio mifanohitry iro roe, mba tsy hahazoandrô magnano zay raha jiaby tiandrô atao. ¹⁸ Tsy ho amban'ny lalâgna zegny anarô izy koa fagnahy mitariky anarô. ¹⁹ Miharihary asan'ny filan'ny mofo amin'ny zioty : fandratoagna, fahalotoagna, fijejojejoagna, ²⁰ fanompoan-tsampy, famosaviagna, fankahalagna, fifamandriagna, farahy, fipohan'ny heloko, firafaisagna, fisaran-bazagna, ²¹ fialomagna fahamonoagna, fagnakoron-tagnana, ndraiky raha mitovy amin'ny zegny. Mampitandrigny anarô za, kara nampitandrigny anarô taloha, fa tsy handova ny fanjakan-dRagnahary irô zaigny mampihatra raha aby rô. ²² fa vokatra fagnahy fitiavagna, fifaliagna, faharetagna, hatsaram-pagnahy, fagnanaovagna tsara, finoagna, ²³ fahalemam-pagnahy, aviô fahafehezan-taigna; tsisy lalâgna manohitry raha kara zegny. ²⁴ Irô zaigny an'i Kristy Jesosy aifa nanombo jery feno fahotagnany niaraka tamin'ny fahafinaraitagnany ndraiky filany. ²⁵ Izy koa miaigny Fagnahy atsika, alô andaiha amin'ny Fagnahy fo koa. ²⁶ Alô atsika tsy ho rôso mpipoerapoera, mifandragitry, mifampialogno.

Chapter 6

¹ ! rahalahy, koa misy olo azon'ny ota, anarô zegny ara-pagnahy tôkony hagnapody izy draiky amin'ny famoram-pagnahy. Mandinia tagnanao, mba tsy halaim-pagnahy anao. ² Mifampitonga mavaisatra, draiky amin'ny zegny tanteraha lalàgnan'i Kristy. ³ Koa misy olo mihevitra taiganaza ho raha kanefa tsisy dikany, mamitaka tagnany izy. ⁴ Tokony handiniky asany aby tsaraikiaraiky, mba amin'ny taiganany fo antony hireharehany fa tsy amin'olo afa. ⁵ Fa samy hitondra entagnany aby olo tsaraikiaraiky ⁶ Olo zaigny nampianarigny volagna tsy maintsy mizara raha amin'ny zaigny nampianatra. ⁷ Aza mety ho fitagna. Tsy azo sangisangina ndRagnahary, fa zaigny atsabo nolo, jinjaigna koa. Laigny mitsabo voany amin'ny toetriny feno fahotagna, kay avy amin'ny zegny hijinjaigna faharobatagna. ⁸ Izaigany mitsabo voany amin'ny fô, amin'ny fô hijinjagna fiainagna mandrakizay. ⁹ Angatagna atsika mba tsy kajo amin'ny fagnanaovagna tsara, fa hijinja vokatra atsika amin'ny fotoagna mety, izy ka tsy magneky resy atsika. ¹⁰ Kai dikany zegny, satria managna fahafahagna atsika, kai alo magnano tsara amin'ny olo jiaby, surtout amin'ny fianakaviagnan'ny finoagna. ^{13 11} hava avintaisan'ny saoratra zaigny nisorstan'ny tagnako ny narô. ¹² Irô zaigny ty boakaho tsara amin'ny nofotro miaizaka manery anarô mba ho vosiragna. Magnano zegny irô mba hialagna amin'ny fagnijaihana baka amin'ny hazofijalian'i Kristy. ¹³ Na irô zaigny tsy voa vositra tsy mitandrigny lalàgna, nefa tian-drô hovosirigny amin'ny nofonarô ¹⁴ Nefa tsy hiraiharaiha na imbiagna na imbiagna afa-tsy amin'ny hazofijalian'i Jesosy Kristy Tompotsika anie zaho, izaigany nanomboagna izao tontolo izao taminay, abako zaho koa tio amin'ny zio tontonlo zio. ¹⁵ Fa famosiragna na tsy famosiragna samy tsisy dikany, fa fiainagna vaovao misy dikany. ¹⁶ Ho amin'arô jiaby zaigny miaigany araka zegny fombo zegny, kay amin-drô fiadanagna draiky famindram-pô, na amin'ny Israelin-dRagnahary. ¹⁷ Manoboko zio angatagna mba tsy hisy hagnadala zaho, fa mitondra irô marik'i Jesosy amin'ny vatagnako zaho. ¹⁸ Ho amin'ny fagnahy narô fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompotsika, ry rahaly.Amen

Ephesians

Chapter 1

¹ Paoly, apostolin'i Kristy Jesosy araka ny sitrapôn-dRagnahary, ho an-drô olo-masigny ny Zagnahary agny Efesosy, izay mahatoky i Kristy Jesosy. ² [Fagnamarihana: Misy fandikagna sasany mangnadoso ny hoe: "Ao Efesosy" kanefa mety ao amin'ny taratasi'ny Paoly tamin'ny voalohany izany.] Ho aminarô ny fahasoavagna sy ny fiadanagna baka amin'ny Zagahary Babantsika ndraiky Jesosy Kristy Tompo. ³ Deraigany anie Zagnahary ndraiky Baban'i Jesosy Kristy Tompotsika, izay nitantagna atsika tao amin'ny Kristy tamin'ny fitahim-pagnahy jiaby baka an-dagnitry ao amin'i Kristy. ⁴ Zagnahary nifidy atsika taminany tao zisaka fanomboan'izao tontolo izao, mba ho masigny ndraiky tsisy tsigny aminany atsika. ⁵ Zagnahary zegny nifidy astika taloha ho amin'ny fananganagna ho zagnaka tamin'ny Jesoso Kristy, araka ny sitrapôny. ⁶ Ny fananganagna atsika zegny mitondra amin'ny fanopoagna ny fahasoavagny be voninahitry araiky namiany atsika bôjo tamin'ny Araiky tegna tiany. ⁷ Ao amin'i Jesosy Kristy zegny atsika mahazo fagnavôtagna amin'ny lionany ndraiky famelan-keloko, araka ny fanagnam-pahasoavany. ⁸ Narotsakany tamintsika tamin'ny alalan'ny fahendregna ndraiky fahaizagna i fahasoavagna zegny. ⁹ Nataon'ny Zagnahary ho haitsika ny raha magnasitriky sitrapônany, amin'ny araiky tiany, ndraiky araiky naboakany tao amin'ny Kristy, ¹⁰ niaraka tamin'ny fandaharagn araiky amin'ny fahafenoan'ny fotoagna, hamoriagna ny raha jiaby, etoan-tany ndraiky agny an-dagnitry, ho loha araiky, na Kristy foeky. ¹¹ Ao amin'ny Kristy zegny voatendry ho mpandova atsika. Nifidigna sandra araka fandaharan'ilay mampiasa ny raha jiaby araka ny tanjogno ny sitrapôny atsika. ¹² Zagnahary nanendry atsika ho mpadova baika ho atsika misy fahatokisagna voalohany ao amin'i Kristy, mba ho fideragna ny voninahitrinany atsika. ¹³ Tamin'ny Kristy, anarô koa, izikoa fa nagnaboaka ny volagnan'ny fahamarignana, ny volagnanany zegny famonjegna anarô, kai nino Izy anarô sady voatomboko tamin'ny Fagnahy Masigny araiky nampagnantenaigana, ¹⁴ araiky antoko ho an'ny lovantsika mandra-pazahoantsika tanteraka izegny, ho fideragna ny voninahitrinany. ¹⁵ Dikany zegny, rango naharignesako ny finoagnanarô i Tompo Jesosy ary ny fitiavanarô irô olo-masigny jiaby io, ¹⁶ tsy nijanogno nisaotra Zagnahary za nohon'ny aminarô sady indesoko am-bavaka fo anarô. ¹⁷ Mivava za baika ny Zagnahary Jesosy Kristy Tompotsika, araiky Baba ny voninahitry, hagnamia anarô ny fagnahy fahendregna draiky fagnambaragna amin'ny fahaizagna Izy. ¹⁸ Mivavaka koa za baika hahazananarô ny toky araiky nikahiany anarô draiky ny haregnan'ny voninahitry ny lovanany amin-drô olo-masigny ny Zagnahary jiaby. ¹⁹ Noho ny fitiako, za mangataka baika hahazananarô ny fihoaran'ny habezany gôvony amintsika zay mino, araka ny heriny maventy. ²⁰ I hery zegny fo no napiasain'ny Zagnahary tao amin'ny Kristy izikoa fa natsangany tamin'ny maty Izy sady napetrakany tan-tagnany ankavanana tagny an-dagnitry. ²¹ Kristy zegny napetrany ho agnabon'ny lalàgna ndraiky ny fahefagna ary ny hery ndraiky fitsaragna, sady ny agnaragna jiaby izay misy. Hanapaka Kristy, tsy amin'ny fotoagna ziôty fo fa, amin'ny ho avy koa. ²² Napetraka Zagnahary ho ao ambanin'ny vity ny Kristy aby ny raha jiaby sady namiany ho lohan'ny raha jiaby ao amin'ny fiagonagna koa Izy. ²³ Ny fiagonagna no vatagnanany, araiky fahafenoan'ny Araiky mameny raha jiaby amin'ny endriky nany jiaby.

Chapter 2

¹ Ary ny mikasiky anarô, maty tagnatin'ny fahadisoagnanarô ndraiky fahotagnanarô anarô. ² tamin-drô fahadisoagna aby igny no niaignanarô taloha araka ny fomban'izao tontolo izao. Niaigany araka ny mpanapaka irô fahefagna agny amin'ny

rivotra anarô, i fagnahy araiky miasa ao aminarô zanaky ny tsy fankasitragna. ³ Niaigny tamin-drô olo aby iregny fo atsika taloha, nagnatanteraka irô raha ratsy jiaby ilain'ny vatagnatsika ndraiky saignitsika. Efa voahary ho zanaka ny heloko, karaha ny zanak'olombelogo fo atsika. ⁴ Kanefa manan-karena famidragna fô Zagnahary nohon'ny fitivagna maventy nitiavany atsika. ⁵ Tamintsika mbala maty tagnatin'ny fahadisioagna, zegny nivilôminy niaraka tamin'ny Kristy tamin'ny fahadisioagna no nagnavotany anarô. ⁶ Niaraka natsangan'ny Zagnahary atsika, sady niaraka napetrakany tandagnitry ao amin'ny Kristy Jesosy, ⁷ baika afahany magnaboaka atsika amin'ny fotoagna ho avy ny avitesan'ny fanagnam-pahasoavagnany izay tsy voa-fetra naboakany amin'ny hatsaram-pagnahinanay amintsika ao amin'i Kristy Jesosy. ⁸ Fa tamin'ny fahasambaragna no nagnavotagna anarô tamin'ny alalan'ny finoagna, ary tsy baka aminarô izegny, fa fagnomezan-dRagnahary. ⁹ Tsy baka amin'ny asa ny fahasambaragna baika tsisy hipoerapoera. ¹⁰ Fa asan-dRagnahary atsika, noforôgniny tamin'i Kristy Jesosy baika hagnano asa izay fandaharan-dRagnahary efa ela ho antsika, baika handianatsika amin-drô. ¹¹ Dikany zegny aleva honogno fa Jentilisa tamin'ny nôfotro anarô taloha. Anarô zegny kahigna ho: "Tsy voafora" eo amin'ny nôfotro izay nataon'ny tagnan'olombelogo. ¹² Fôtony mbala tafisaraka tamin'i Kristy anarô tamin'ny fotoagna zegny. Mpivahiny anarô tamin'ny vahoakan'Israhely. Ary vahiny tamin'ny fagnikehagna fampagnantenagna anarô. Mbala tsisy fagnantenagna ny amin'ny ho avy anarô. Tsy niaraka tamin'ny Zagnahary anarô teto amin'izao tontolo izao. ¹³ Fa ziody, aminy kristy Jesosy anarô taloha izay lavitry Zagnahary zegny nampagnantôgniny tamin'ny lio ny Kristy. ¹⁴ Fôtony Izy no fiavanagnantsika. Izy no nahatonga ny aroe ho araiky. Tamin'ny nôfotronany no nandrongatany ny riba nampisarasaraka atsika. ¹⁵ Izany hoe zegny, nifoagnany ny lalâgnan'ny didy ndraiky fitsipiky baika hagnanovany olom-baovao araiky Aminany ao, sady mba agnanaovagna fampivahanagna. ¹⁶ Kristy zegny mampihavagna ny vahoaka aroe tonta ho vatagna araiky amin'ny Zagnahary amin'ny alalan'ny hazofijaliagna, kai mamono ny fanoheragna. ¹⁷ Fa navy Jesosy ary nitry fihavanagna ho anarô izay lavitry sady fihavanagna hoan-drô izay marikitry.

¹⁸ Fa amin'ny alalan'i Jesosy no hanagnantsika aroe tonta fifandraisagna amin'ny Fagnahy araiky amin'ny Baba. ¹⁹ Dikany zegny, tsy vahiny draiky mpivahiny eky anarô Jentilisa ziody. Fa kara nahay mpiray firenena miaraka amin-drô izay olom-signin-dRagnahary anarô sady agnisan'ny ankohonagna ny Zagnahary. ²⁰ Efa naôrigny tamin'ny fôtotrin'ny fanoheran-drô apostoly ndraiky irô mpaminany anarô, ary Kristy Jesosy foeky ane no vato fehizoro. ²¹ Aminany ao no hokambanan'ny fanoheragna jiaby ary hanomboany karaha ny tempoly amin'ny Tompo ao. ²² Aminany ao fo hananganagna anarô miaraka hoa fipitrahagna ho an-dRagnahary amin'ny Fagnahy.

Chapter 3

¹ Dikany zegny, za Paoly zegny gadran'i Kristy Jesosy ho anarô Jenstilisa. ² Za matoky fa samy nahareny ny fitantagnana ny fahasoavan-dRagnahary izay namiagna za ho anarô anarô. ³ Za manoratra karaha ny fagnambaragna nampianarigny za fo. Izegny ny marigny misitriky mikasiky raha nosoratako ely taminarô. ⁴ Izikoa mamaky zigny anarô, mety ahazo ny fomba fazahoako ny marigny misitriky mikasik'i Kristy zegny. ⁵ Tamin-drô taranaka hafa zegny tsy natao hain'ny zanak'olombelogo ny marigny zegny. Fa ziody ndraiky, nambara tamin'ny alalan'ny Fagnahy tamin-drô Apostôly ndraiky mpaminany izay voatôkagna amin'ny asa ty. ⁶ zeny marigny misitriky zegny mivolagna fa irô Jentilisa zegny mpiaramandova, ndraiky mpiara-miombogno amin'ny vatagna, sady mandrasa fampagnantenagna amin'ny Jesosy Kristy ao amin'ny alalan'ny volagnan-dRagnahary irô. ⁷ Fa nanjary rôso mpanompon'ny volagnan-dRagnahary zegny za tamin'ny fahasoavan-dRagnahary namiagna za tamin'ny alalan'ny fiasan'ny gôvonany. ⁸ Namian-dRagnahary za zegny fagnomezagna zegny, na dia za ny tegnany hely amin-drô olom-signin-dRagnahary jiaby. Namiagna za zegny baika hitoriako amin-drô Jentilisa ny haregnan'i Kristy saro-tadiavigny. ⁹ Ny fagnomezam-pahasoavan-dRagnahary ho anaka zegny ny hitondrasako fagnazavagna amin'ny olo jiaby ny fandaharan-dRagnahary. Io fandaharagna io no nafehin-dRagnahary, araiky nagnamboatra ny raha jiaby, nandritra ny taongno maro taloha. ¹⁰ Nampianarigny tamin'ny Eglizy izegny fandaharagna zegny baika hahatonga irô mpanapaka ndraiky irô manam-pahefagna agny an-dagnitry hahay ny toetry maron'ny hatsaram-pagnahin-dRagnahary. ¹¹ Niseho araka ny fandaharagna mandrakizay izay tanterany tamin'i Kristy Tompontsika izegny. ¹² Fa amin'i Kristy ao no anangnantsika fahasakiagna ndraiky làlagna am-pahatokisagna nohon'ny finoantsika Izy. ¹³ Kai miangavy anarô za mba tsy ho kivy nohon'ny fijaliako ho anarô, izay voninahitrinarô. ¹⁴ Kai mandohaliky alohan'ny Baba za, ¹⁵ izay nagnamia angnaran'ny fianakaviagna jiaby an-dagnitry agny ndraiky eto antany. ¹⁶ Mivavaka koa za mba hagnamezany anarô, araka ny haregna ny voninahitrinany, baika hatanjaka an-kery amin'ny alalan'ny Fagnahy Masigny, araiky aminarô ao. ¹⁷ Mivavaka koa za mba hipetraka agnaty fônarô amin'ny finoagna Kristy, baika hifototro sady hiôrigny amin'ny fitiavagnanany ao anarô. ¹⁸ Hahazo angôvo anie anarô kai ho afaka hanakatra, miaraka amin-drô mpino jiaby, ny antsakany, ny halavagnany, ny habôsany, ary halalignany, ¹⁹ sady ahay ny fitiavan'i Kristy, izay mihoatra ny fahaizagna jiaby, kai mba ho finoan'ny fahafinoan-dRagnahary jiaby anarô. ²⁰ Ary ho Anany izay mahavita magano mihoatra raha jiaby angatantsika na eritreretintsika, araka ny hery izay miasa agnatintsika ao, ²¹ Ninany koa ny voninahitry amin'ny Eglizy ao ary amin'i Kristy Jesosy ao zisaka amin'ny taranaka jiaby mandrakizay doria. Amène.

Chapter 4

¹ Nohon'izegny, za , amin'ny maha gadra ho an'ny Tompo zaho, maporisiky anarô mba handeha am-pahendregna amin'ny

kaiky izay nikahiagna anarô.² Mandrisiky anarô koa za mba hanagna fahazotoagna maventy ndraiky fahatsoragna ary faharetagna, mifandefitry amin'ny fitiavagna.³ Magnanaova izay fara-fahaizanarô baika hitanagna ny fifandraisan'ny Fagnahy amin'ny fifihezan'ny fihavanagna.⁴ Araiky fo ny vatagna ary araiky fo koa ny Fagnahy, karaha nikahiagna anarô tamin'ny fagnantenan'ny fikahiagna anarô araiky fo koa.⁵ Ary araiky fo koa ny Tompo, araiky fo ny finoagna, araiky ny batista,⁶ ary araiky fo koa Zagnahary ndraiky Baba jiaby, izay angnabo ny raha jiaby ary amin'ny alalan'ny raha jiaby sady ao amin'ny raha jiaby koa.⁷ Atsika tsiaraiiky araiky aby zegny namiangna fahasoavagna araka ny habezan'ny fagnomezan'i Kristy.⁸ Araka ny volagna ny soratra Masigny magnano hoe: "Izikoa fa niaraka tangnabo tagny Izy, nitondra ireo babo ho amin'ny fahababoagna, ary nagnamia fagnomezagna ho an'ny vahoaka Izy."⁹ Ino mba dikany hoe: "Nanonga Izy," izikoa tsy raha nijosto tamin'ny faritry tambany tagny koa Izy?¹⁰ Izy araiky nijotso igny fo koa olo araiky nanonga an-dagnitry agny igny, baika havitany magnamia raha jiaby.¹¹ Kristy zegny nanolotra ny sasany ho apostôly, ny sasany ho mpaminany, ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho pasitera ndraiky mpampianatra.¹² Magnamia irô asa aby io Izy baika hagnampiany irô vahoakanany masigny ho amin'ny asa fanompoagna, amin'ny fagnoregnana ny vatagna ny Kristy.¹³ Manohy magnorgny ny vatagnanany Izy mandra-pahatakarantsika ny firaisam-pinoagna ndraiky ny fahaizantsika ny Zanaka Zagnahary, ary mba ahatonga antsika ho matotro kai mba hahatakatra ny habezan'ny fahafenoan'i Kristy.¹⁴ Mangnôrigny atsika i Kristy baika tsy ho karaha tsaiiky atopitopin'ny daroba eky atsika, ary tsy hindsin'ny tsiko ny fampianaragna ndraiky ny hafotsiagnan-drô olo amin'ny tetiky feno fitka.¹⁵ Fa atsika ndraiky, amin'ny fivolagnana ny fahamarignana amin'ny fitiavagna, tokny hitombo amin'ny fomba jiaby Aminany izay lohany ao, izany hoe zegny, kristy.¹⁶ Kristy zegny managna ny haigny jiaby, ary nakambagna ndraiky natambatra tamin'ny isan-karazany izegny sady ny fiasagna miaraka amin-drô zegny, mahatonga ny vatagna hitombo mba hampiôrigny ny tegnany amin'ny fitiavagna.¹⁷ Nohon'izegny, aviako mivolagna sady manendry maré amin'ny Tompo ao, baika mba tsy hiaignana karaha ny Jentilisa eky anarô, amin'ny tsy fisian-jery drô.¹⁸ Mahiziky ny fahaizandrô, tafisaraka amin'ny fiainan-dRagnahary nohon'ny tsy fahaizagna amin-drô ao, fahirezana ny fô drô.¹⁹ Tsy mahay megnatra irô ary manolotra ny tegnan-drô koa irô amin'ny raha tadiavin'ny vatagna, sady manohy magnano karazam-pahalotoagna jiaby io.²⁰ Fa tsy zegny ny fomba nianaranarô mikaisk'i Kristy.²¹ Za mino fa ny momba Izy anarô, ary nampianarigny taminany tao, satria ny fahamarignana zegny amin'ny Jesosy ao.²² Nampianarigny anarô baika hagnary fomba tsy fiaingnanarô taloha, mba hagnary ny toetry taloha. Toetry araiky taloha izay tsy manjary nohon'ny fitaka ny filagna.²³ Nampianarigny anarô mba hahavao amin'ny fagnahin'ny saingninarô ao,²⁴ ary hisikiny olom-baovao izay naharigny araka ny endriky ny Zagnahary ao amin'ny tegnany fahamarignana ndraiky fahamasignana.²⁵ Dikany zegny, iala vandy, ary ny tsiaraiikaraiky aminarô tokony agnambara ny marigny amin'ny namany, fôtony samby agnisan'ny rantsagnan'ny jiaby atsika.²⁶ Milôfa fa kaza manota. Kaza ambela ho tatra'ny masoandra mody ny helokonaô.²⁷ Kaza magnamia hiraka ho an'ny devoly.²⁸ Zaingny nangalatra zegny tsy tokony hangalatra eky. Tsy maintsy miasa izy, magnano asa tsara amin'ny tagnany, mba hanagnany raha ho rasaingny amin-drô agnatin'ny fasahiragnana.²⁹ Aza ambela hisy volagna maloto hiboaka baka amin'ny vavanarô. Mampiasa volagna izay ilaigna amin'ny fagnampiagna ny hafa, araka izay ilain-drô, baika mba tegna hagnampy irô izay mitandregny anarô ny volagnanarô igny.³⁰ Ary aza mampalahelo ny fagnahy Masignin-dRagnahary, fa baka Aminany no nagnanovagna tombo-kase anarô ho amin'ny andra ny fangnavôtaga.³¹ Iala ny lolom-pô jiaby, haromôtaga, ny heloko, ny fifamaliagna, ary ny fagnomezam-bolan-dratsy, miaraka amin-drô karazan'asa ratsy jiaby.³² Manâgna fahalemem-pagnahy amin'ny tsiaraiikaraiky aby, fahatsoram-pô, mifamelà heloko, kara ny namelan-dRagnahary anarô tamin'ny Kritsy.

Chapter 5

¹ Nohon'izegny, alô mba ho mpangala tahaka Zagnahary, karaha ny zanaka tiagna.² Ary mandihana amin'ny fitiavagna, karaha ny nitiavan'ny Kristy antsika koa ndraiky nagnamezany ny haingnany ho antsika, fagnatitry mangitry fôfony ndraiky sorogno ho an-dRagnahary.³ Fa tsy tôkony hisy eky rêsaka fandrantoagna na karazagna fahalotoagna na tsy fihononan-tegna aminarô, fa tsy mendriky ny olo-masignin-dRagnahary irô io.⁴ Alô mba tsy hisy eky ny mamoaafady, volagna adaladala, ary sangisangy tafahoatra fa tsisy manjary irô jiaby io.⁵ Fa afaka mahazo antoko ny amin'ity anarô, fa tsisy mpampirafy, maloto, na ny mpierigny_ izany hoe zegny , mpanompo sampy_ managna lova amin'ny fanjakan'ny Kristy ao ndraiky Zagnahary. Alo mba⁶ tsy hisy hamitaka anarô amin'ny volagna tsy marigny, fôtony boaka amin-drô raha jiaby zegny navian'ny helokon-dRagnahary amin'ny zanaka ny tsy mankasitraka.⁷ Dikany zegny kaza miaraka amin-drô.⁸ Fa mahiziky anarô avahizo, fa anarô ziôty ndraiky zegny fahazavagna amin'ny Tompo ao. Mandihana kara ataon'ny zanaka ny mazava,⁹ (fa ny vokatry ny fahazavagna zegny amin'ny fahatsaragna aby jiaby, fahitsiagna, ndraiky fahamarignana).¹⁰ Ary tadiava izay maharavoravo ny Tompo.¹¹ Kaza mitambatra amin-drô asa tsy mamokatra ny hiziky, fa ampagnariaria fu irô.¹² Na manogniny raha aby ataon-drô amin'ny mahiziky agny fo fa mampamegatra.¹³ Izikoa fa hazavain'ny fahazavagna ny raha araiky manjary mangarahara.¹⁴ Kanefa raha mangarahara jiaby midika fahazavagna. Nohon'izegny navian'ny volagna hoe: "Mifohaza, anao mandry io, ary mitsangàna amin'ny toetrin'ny maty, fa hiboaka aminao Kristy."¹⁵ Mitandrema amin'ny fomba fiainagnanao _ tsy karaha irô mahery andra fa mba karaha irô misy jery.¹⁶ Araraota ny fotoagna fôtony andra ziôty fa ratsy.¹⁷ Dikany zegny , kaza magnano sary adala, fa takara hoe ino sitrapôn'ny tompo.¹⁸ Ary kaza magnano mamon'ny divay, fa mitomga amin'ny haratsiam-pagnahy zegny. Fa sitrany ho feno Fagnahy Masigny,¹⁹ anarô samby anarô mifampikoragna amin'ny salamo ndraiky fihiragna ary hiram-pagnahy, mihirà ary

mihoregna amin'ny Tompo amin'ny fônarô jiaby.²⁰ Kaza vôly misaotra, amin'ny agnaran'i Jesosy Kristy Tompontosika amin'ny raha jiaby mandalo ho an-dRagnahary Baba,²¹ mifagnamiaza haingny am-pangnajagna ho an'i Kristy.²² Anarô magnangy, magnikia vadinarô, karaha amin'ny Tompo.²³ Fa ny ehilahy no lohan'ny vihavy karaha i Kristy lohan'ny Egilizy, ary Kristy no tengna mpamonjy.²⁴ Fa karaha nagnikian'ny Egilizy i Kristy, koa no tokony hagnikian'ny magnangy vadiny amin'ny raha jiaby.²⁵ Anarô lelahy ndraiky, tiava vadinarô, karaha nitiavan'i Kristy ny fiangonagna ndraiky nagnamezany izy Haigninany.²⁶ Nanolotro tegnanany ho an'ny fiangonagna i Kristy baika hagnamasignany izy, tamin'ny fagnadiovagna izy tamin'ny rano fanasagna amin'ny volagna,²⁷ baika ahavitany magnaboaka izy ho voninahitry aminany iô, tsisy tasy na heloko na koa raha hafa karaha zegny, fa masigny sady tsisy diso.²⁸ Karaha zegny fo koa ny lelahy jiaby mba tôkony hitia vadiny aby karaha tengnanany. Izay tia vadiny dikany zegny tia haigninany koa.²⁹ Tsaro nisy tsy nankatia tengnanany, fa mampihina sady mikarakara i zegny tsara, karaha nataon'i Kristy nikarakara sady nampihaigny fiangonagna koa,³⁰ fôtony atsika zegny rantsam-batany.³¹ Nohon'izegny, ny lelahy zegny iala ray aman-dreniny kai hiaraka amin'ny vadiny, ary irô roe no ho nôfotro araiky fo.³² Maventy izegny fahamarinagna misitriky izegny _ fa za mikoragna momba i kristy ndraiky fiangonana.³³ Kanefa, ny tsiairaikaraiky aminarô tokony hankatia ny vadiny kara tegnany, ary ny magnagy mba tokony hagnaja ny vadiny ka.

Chapter 6

¹ Ry zanaka, magnikia ny ray aman-dreninarô amin'ny Tompo, fôtony zegny ny mety.² "Haja ny babanao ndraiky reninao" (zegny didy voalohany misy fampangnantenagna),³ "baika hahita ny tsara anao ary baika ho aila velogno eto ambonnin'ny tany."⁴ Anarô baba, kaza mitondra zanakarô agnaty ny heloko. Fa kanefa, tezao amin'ny fitsipika ndraiky irô fampiaaragna ny Tompo irô.⁵ Ry npanompo, mankasitraka ny tomponarô eto an-tany amin'ny haja agnabony ndraiky fangotiagna, amin'ny fahatsoran'ny fônarô.⁶ Mankasitraka izy irô karaha ny nankasitrinarô an'i Kristy. Tsy hoe mankasitraka imason'ny tomponarô fo fa baika hankasitrahandrô. Fa kanefa, mankasitraka karaha mpanompon'i Kristy, izay magnano sitrapô ny Zagnahary amin'ny fônarô jiaby.⁷ Manompoa amin'ny fônarô jiaby, karaha hoe mpanompo ny Tompo igny anarô fa tsy olo tsotra,⁸ fôtiny haintsika fa na ino na asa tsara ataon'olo tsiairaikaraiky, dikany zegny ahazo valim-pitiavagna boaka amin'ny Tompo izy, na adevo izy na olo afaka.⁹ Anarô Tompo, magnanôva karaha irô raha aby io koa amin'ny mpanomponarô. Kaza mampagôrohôro irô. Baika hainarô fa Izy sady Tomponarô no Tompon-drô koa an-dagnitry agny, ary tsisy fangnavakavagna Aminany ao.¹⁰ Farany, mahereza amin'ny Tompo ndraiky amin'ny fahatanjany.¹¹ Ataova fiadivan-dRagnahary jiaby, baika ahavitanao manohitry irô raha tiataon'ny setohany.¹² Fa ny adintsika, tsy manohitry ny nôfotro ndraiky lio. Kanefa, manohitry ny fanjakana ndraiky ny fahefagna ara-pagnahy ndraiky irô mpanapaka ny fanjankan'ny ratsy, manohitry irô fagnahy ratsy amin'ny fipitrahagna an-dagnitry agny.¹³ Nohon'izegny ataova ny fiadian-dRagnahary jiaby, baika ahavitanarô manohitry ny andra ratsy ziôty, ary koa fa vitanarô ny raha jiaby zegny, haharesy anarô dikany zegny.¹⁴ Mitsangana, nohon'izegny, izikoa fa boaka nagnano fehikibon'ny fahamarignana ndraiky ny fiharôvan-tratran'ny fahitsiagna anarô.¹⁵ Ary karaha kirarom-bitinarô, hapitaha ny fahavognôsagna hitory ny volagna fampihavagnana ny Zagnahary.¹⁶ Amin'ny toe-javatra jiaby, aliava ny ankabehazan'ny finoagna, izay afahanarô manohitry irô raha mandrehitry môtro amin'ny ratsy.¹⁷ Ary alaiva ny ny fiharôvan-doha ny famonjegna ndraiky ny saboa ny Fagnahy, izay volagna Zagnahary.¹⁸ Amin'ny vavaka amin'ny Fagnahy amin'ny fotoagna jiaby. Amin'izay fomba fisaigana izaegny, miareta amin'ny raha jiaby, koa fa magnano vavaka hoan-drô olo-masignin-dRagnahary anarô.¹⁹ Ary mivavaha ho anakahy, baika hisy hafatra hamiagna za izikoa magnabiagna vavako za. Mivavaha baika ahavitako magnambara amin'ny fasakiagna ny fahamarignana misitriky mikasiky volagna Zagnahary.²⁰ Ho an'ny volagna Zagnahary no maha-ambasadaora vohagadra za, baika ahavitako magnambara izegny am-pahasakiagna, izikoa za tsy maintsy hivolagna.²¹ Tykiko, ny rahalahy tsara ndraiky mpanompo mahatoky amin'ny Tompo, no hagnambarako aminarô raha jiaby, baika ahaizanarô raha aoko.²² Nirako taminarô izy nohon'ny tanjogno io, baika hahazanarô irô raha mikasiky zahay, ary mba ahavitany mankahery ny fônarô.²³ Fiadanagna ho aminarô rahalahy, ary ny fitiavagna miaraka amin'ny fioagna boaka amin'ny Zagnahary baba ndraiky Jesosy Kristy Tompo.²⁴ Ny fahasoavagna anie ho amin'olo jiaby izay tia Jesosy Kristy Tompontosika amin'ny fitiavagna tsy mahay maty mandrakizay.

Philippians

Chapter 1

¹ Paoly draiky Timoty, mpanompon'ny Jesosy kristy, irô jiaby voatôkana ho an'i Jesosy Kristy zay agny Filipy, miaraka amin-drô mpiandraikitry draiky irô diakona.² Ho aminarô ane ny fahasoavagna dariky fiadanagna boaka amin-dRagnahary Babantsika draiky Jesosy Kristy Tompo.³ Misaotra Zagnahary za amin'ny fahatsiarôvako anarô.⁴ Amin'ny fivavahako anarô jiaby zegny, an-kafaliagna fo agnanovako fivavangna naka.⁵ Magnamia fisaoragna amin'ny fagnampianarô za amin'ny tenin-dRagnahary, nanomboko tamin'ny vohalohany zisaka zioty.⁶ Matoky zegny za fa, Izy araiky nanomboko asa tsara taminarô kai hanohy agnatanteraka zegny zisaka amin'nyandra ny Jesosy Kristy.⁷ Fa tsara aminaka ny mahatsapagna fa kara zegny momba anarô jiaby fotony am-pô naka ato anarô. Anarô jiaby zegny mpiaramiasa taminaka tamin'ny fahasoavagna na tamin'ny figadrako draiky fiharôvako na koa tamin'ny fagnamasignana ny tenin-dRagnahary.⁸ Fa Zagnahary zegny vavolombelogno naka, fa manigny anarô fatatra za amin'ny famelahankeloko ny

Kristy Jesosy.⁹ y za mivavaka karaty: "Hahay hitombo fo ny fitiavanarô amin'ny fahaizagna draiky amin'ny fahazavan-tsaingny jiaby.¹⁰ Mivavaka zegny za baika hagneky ny tegna tsara anarô, baika ho tsara fagnahy dariky tsisy tsigny amin'ny andra ny Kristy.¹¹ Mivavaka koa za baika ho feno vokatra ny fahamarignana araiky boaka amin'ny Jesosy Kristy anarô, ho voninahitry draiky fideragna Zagnahary.¹² Sady tiako ho hainarô rahalahy, fa irô raha jiaby nandalo taminaka zegny niasa tamin'ny fampandianagna ny tenin-dRagnahary fo.¹³ Vokatra zegny, ny hidokoako amin'ny Kristy zegny nagnarihary mazava tamin-drô mpiambigny lapa jiaby driaky irô olo hafa.¹⁴ Ankamaroan-drô rahahy zegny mangna toky maventy amin'ny Tompo nohon'ny fiankignako, sady masaky magnambara tsisy fataôragna volagna irô jiaby.¹⁵ Ny sasany draiky mitory Kristy amin'ny fana fô draiky fifanipahagna foeky, sady olo hafa draiky amin'ny sitrapô tsara.¹⁶ Irô farany ty zegny magnano izy amin'ny fitiavagna, mahay fa za napetraka eto andeha hiaro tenin-dRagnahary.¹⁷ Fa irô vohalohany io mitory Kristy amin'ny fitiavan-tegna, fa tsy hatsaram-pagnahy. Irô igny zegny mihevity fa hangnakoronagna za izikoa mbala amin'ny fifehezgna naka za.¹⁸ Ino fo basy? amin'ny fomba jiaby, na fihatsaram-belatsihy na fahamarignana, Kristy fo volagniny, sady ravoravo amizegny za. Ya, ravoravo za,¹⁹ fotony haiko fa izegny hifaragna amin'ny fagnavôtagna za boaka amin'ny vavaka natao narô draiky fagnampian'ny fagnahy ny Jesosy Kristy.²⁰ Araka fiambesako mare draiky fiantôhako fa za tsy ho megnatra foeky, sady mbala amin'ny fasakiagna jiaby koa, zioty kara taloha koa, hiaraka aminaka ato Kristy, na amin'ny fiainagna na amin'ny fahafatesagna.²¹ Aminaka, ny atao hoe miaigny zegny Kristy sady ny atao hoe maty zegny tombony.²² Fa izikoa draiky miaigny amin'ny nôfy za, midika fa asa mahavokatra hoanaka zegny. kanefa ino koa ma fahadisoagna naka? tsy haiko nino aby. Fôtony za kara itako latsaka agnivon-drô roe io.²³ Ny fagniriagnanaka zegny ny handè sady hiaraka amin'ny kristy, zaingny tsara lavitry,²⁴ kanefa ny mipetraka agnaty nôfy, ilainga lavitry kara anarô.²⁵ Resy lahatra amin'ny zegny sady aiko fa hipetraka draiky andeha hiaraka aminarôjiaby za, ho an'ny fandrosoagna draiky fifaliagna agnatin'ny finoagna.²⁶ Aminaka zegny hisy antony hipoeragna amin'ny Kristy Jesosy anarô izikoa fa mimpody aminarô agny koa za.²⁷ Ny fitondran-tegnanarô mba ho mendriky ny volagna ny Kristy, na hoavy hizaha anarô za na tsy hoavy, baika hahazako toetry nanarô, fa maharitry midoko amin'ny fagnahyaraiky fo anarô, sady miaraka mihezaka ho jery araiky mba ho finoagna ny tenin-dRagnahary.²⁸ Sady kaza mety ampitahôrin-drô fahavalonarô aby io anarô. Midika fahapotehan-drô zegny, draiky mariky ny famonjeganarô koa, sady boaka amin'ny Zagnahary.²⁹ Fa namiagna anarô zegny, ho an'i Kristy, tsy mba hinoagna Izy fo fa, mba hijaliagna hoanany koa,³⁰ fa anarô zegny managna fomba fiadivagna araiky fo amin'ny araiky hitanarô taminaka, sady araiky hitandrignesarô aminaka zioty.

Chapter 2

¹ Izy koa misy fampaherezagna ao amin'ny Kristy, izy koa misy fampionanagna baka amin'ny fitiavany, izy koa misy fikambanagna baka amin'ny fitiavany, izy koa misy fikambanagna ao amin'ny fagnahy, izy koa misy famindra-po maventy draiky² hinakinaka, ataova haravoagnako mba ho saigny araiky, fitiagna araiky, fo araiky, hevity araiky anaro.
³ Tsisy raha tokony atao amin'ny fitiavan-tegna na fagnaboniagna tegna. Izy koa draiky fanetrn-tegna, mihevera hafa mihoatra tegnanaro.

⁴ Tokony tsy hitady raha mahatsara tegnanaro fo anaro tsiaraikiaraiky, fa zegny mahatsara hafa koa.⁵ Mihevera kara fisaingana izegny tao amin'i Kristy Jesosy koa.⁶ Nisy kara endriky zagnahary Izy, tsy nihevity iegny fitoviany amin-dRagnahary zegnyIzy.⁷ Mifanohitry amin'izegny, nadosony tegnanany tamin'ny nangalany bikan'ny mpanompo, draiky naviany izy misy fitoviagna amin'olombelogny. Bako hita nitovy tamin'olombelogny Izy.⁸ Nanetry tegna Izy bako loso mpankatoa ziska Izy maty, izegny maty tamin'ny hazofijaliagna!⁹ Dikan'izegny, nampanogain-dRagnahary faray hagnabo koa Izy. Namezany agnaragna agnambon'ny agnaragna jiaby Izy.¹⁰ Nataony izegny mba ho amin'ny agnaran'i Jesosy handohalifan'ny lohaliky jiaby, lohalik'iro agny an-dagnitry draiky aty an-tany bako agny ambany tany.¹¹ Nataony izegny, mba hagnikehan'ny lela jiaby fa i Jesosy Kristy no Tompo, ho voninahitay zagnahary Baba.¹² Dikan'izegny, ry havako tiako, kara nankatoavanaro, tsy rango zaho ankilanaro fo, fa bebe kokoa izy koa tsy io zaho, Aboaha amin'ny tahotro draiky horohoro ny fagnavotagna anaro.¹³ Fotony zagnahary miasa ao aminaro mba ho vognono agnana sady hiasa ankaravoagnany ianaro.¹⁴ Tsy mila mitaraina, na miady hevity, magnano raha jiaby.¹⁵ Magnanaova kara zegny mba ho. zanaka zagnahary tsisy tsigny sady marigny, tsisy kilema anaro. Miasa kara izegny mba hangilagilatra anaro kara fahazavagna io amin'izao tontolo izao, io agnivon'ny taranaka diso sady maditry.¹⁶ Mihezaha mare amin'ny andran'i Kristy. Amin'izegny haiko fa tsy very maigny lomoay bako tsy very maigny asa nataoko.¹⁷ Ia, na ahidigny atao fagnateragna io amin'ny sorona draiky fanompom-pioagna aby zaho.¹⁸ Bako kara izegny koa hiravoravoanaro, bako miaraka ravoravo aminaka anaro.¹⁹ Magnategna ao amin'i tompo Jesosy zaho fa handefa an'i Timoty agny aminaro malaky, mba hahery koa zaho, izy koa haiko raha momba anaro.²⁰ Tsy managna olo hafa mitovy toe-tsaina aminany zaho, mihiahiahy mare aminaro.²¹ Iro jiaby mitady tombon-tsoany, fa tsy rahan'i Jesosy Kristy.²² Hainaro fahamendrehany, fotony kara tsaiiky manompo babany, nanompoany niaraka taminaka tao amin'ny filazantsara.²³ Kay magnategna handefa izy zaho izy koa hitako fandehan-draha aty aminaka.²⁴ Matoky Tompo zaho fa hoavy agny malaky zaho.²⁵ Mieritreritry zaho fa ilaigny koa magnampody agny aminaro i Epafrodito, Ralahiko sady asa araiky aminaka sady miaramila namako bako mpitondra hafatranaro draiky mpanompo hagnamia zegny nilaiko.²⁶ Malahelo mare izy fa manigny anaro jiaby, fotony efa regninaro narary izy.²⁷ Tegna narary izy tsaiiky maty. Fa namindra fo taminay zagnahary, bako tsy taminany araiky fo, taminaka koa, mba tsy hanagnako alahelo agnambon'ny alahelo.²⁸ Nazoto be zaho

hagniraka izy, mba hamparavoravo anaro, izy koa hitanaro izy, mba ho afaka alahelo koa zaho.²⁹ Alaiva miaraka amin'ny aravoagna ao amin'ny Tompo izy, bako ameza voninahitry, izegny olo kara izegny.³⁰ Asan'i Kristy tsaiaky hamono izy, sady nagnano farany mare izy mba hagnfa izegny tsy vitanaro tamin'ny fanompoagna.

Chapter 3

¹ Farany, ralahy, miravoa ao amin'ny Tompo. Tsy manahiragnaza manaoratra regny raha jiaby regny hoanarô. Regny zaka regny hiaro anarô.² Mitandraima amin-drô, mitandrema amin-drô mpagnano ratsy. Mitandraima amin-drô fanapahagna rantsam-batana.³ Fa atsika voafaôra. Ndraiky atsika manompo amin'ny fagnahin-dragnahary. Ndraiky atsika miraiharaiha ao amin'i Kristy Jesosy, bakakô tsy matoky amin'ny nôfotro.⁴ a azo aza, za afaka matoky amin'ny nôfotro naka. Izy ka olo miheritreritry fa izy managna fatokisagna amin'ny nôfotro, afaka magnano mandilatra izegny za.⁵ Nivosirigny tamin'ny andra fahavalo za. Teraka tamin'ny vahoakan'Isiraely, tao tamin'ny karazan'ny Benjamina, Hebreo tao taminarô Hebreo za; arakan'ny lalâgna, za Fariseo.⁶ Tamin'ny zotom-po, nagnejiky l'eglise za; kayraha amin'ny fahamarignana ambanin'ny lalâgna, tsy nanagna tsigny za.⁷ Fa na ino na ino tombotsoa naka, raisoko kara fatiantoko regny nohon'i Kristy.⁸ Raha tegan'izy, raisoko fatiantoka aby irô raha jiaby nohon'ny haben'ny fahalagna nihin'ni Kristy Jesosy Tompoko. Navy baka aminany nariako zaka jiaby. Heritreretoko ho fako regny mba hazoako i Kristy⁹ ndraiky hita ao aminany za. Tsy managna fahamarignana amin'ny teganako za baka amin'ny lalâgna. Fa kanefa, za managana fahamarinagna tamin'ny alalan'ny finoagna kristy, fahamarignana baka amin-Andragahary miôrigny amin'ny finoagna.¹⁰ Kay zio ty, tiahay izy ndraikyherin'ny fitsanganagny tamin'ny maty aviô fiombonagna amin-drô fijaliany za. Ty hiaova amin'ny alalan'ny kristy za mba hitovy fafatesany,¹¹ mba hafahako matsapa fitsanganagna amin'ny maty.¹² Tsy marigny fa efa nangala zaka regny koa za, na ka tateraka za. Fa mihaizaka za misaraomba araiky nisarombahan'i Kristy Jesosy za.¹³ Ô ralahy, tsy miheritreritry za fa teganako efa nandrobaka zegny. Fa misy zaka araiky: Adignako zegny agny afarako ndraiky mihaizaka za andeha amin'izegny alohako.¹⁴ Mihaizaka za magnatratra tanjogno mba ahazo cadeau kaîgna baka agnabo agny avy baka amin-dRagnahary ao amin'i Kristy Jesosy.¹⁵ Isika jiaby zegny misy jery, aoka atsika hieritreritry kara zegny; ndraiky izy ka misy eritreritry narô hafa maomba zaka jiaby, haboakan'dRagnahary aminarô zegny.¹⁶ kanefa, na ino na ino efa tatratsika, aoka atsika hifikitry amin'izegny.¹⁷ Aoka himpaka kara zegny anarô, ralahy. Dinia marikitry irô zegny mandeha kara ohatra zegny hitanarô ao aminay.¹⁸ Maro irô mandeha, irô zegny nambarako anarô matetiky, kay zio ty magnambara aminarô amin'ny ranomaso kara fahavalon'ny hazofijaliagnan'i Kristy.¹⁹ Fandringanagna hiafaran-drô. Fa kibony Zagnahary, ndraiky poerapoeran-drô andeha ho maignatra. Mieritreritry zakan'izao tontolo zao anarô.²⁰ agny andangitry fanjakagnatsika, zegny hiambesatsika mpamonjy koa, kay Tompo Jesosy Kristy.²¹ Izy hagnaova vatagnatsika malemy mba roso vatagna kara vatagna feno voninahitry, zegny natao tamin'ny herin'ny fahefagna mba hampagneky zaka jiaby amin'ny teganay.

Chapter 4

¹ Dikany zegny, ralahy tiako mahamanigny za, haravoagnanaka ndraiky satro-boninahitra naka, amin'ny zegny mioraingna tsara amin'ny Tompo, arô namako tiako.² Miangavy i Eodia za, ndraiky miangavy i Syntyke, mitambara saigny ao amin'ny Tompo.³ Ndraiky, mangâtaka aminao ka za, namako mpiray zioga: Ampia irô magnangy irô. Fôtony irô jiaby niara-niasa taminaka tamifampagnaritagna filazantsara niaraka tamin'ny Klementa ndraiky irô tavela namagna mpiara-miasa aminaka jiaby, salakady fa agny amin'ny boki'ny faignana agnaran-drô.⁴ Miravoravo amin'ny Tompo. Ambarako ndraiky, miravoa.⁵ Ambila hitan'olo jiaby fahantsaôram-ponarô. Fa marikitry Tompo.⁶ Aza magnahy na amin'ino na amin'ino. kanefa ndraiky, amin'ny raha jiaby baka amin'ny alalan'ny vavaka ndraiky fangatahagna, miaraka amin'ny alalan'ny fankasitrahagna, ambilâ fangatagnarô ho hain-dRagnahary.⁷ Baka iô fiadagnan-dRagnahary, mandilatra fahaizagna fahalalâgna jiaby, hiaro fô narô ndraiky fisaignanarô jiaby amin'i Kristy Jesosy.⁸ ay farany, ralahy, na ino na ino marigny, na ino na ino manan-kaja, na ino na ino ara-drarigny, na ino na ino madio, na ino na ino maharavoravo, na ino na ino ambara fa tsara, ndray misy na ino na ino teganany tsara, ndre misy ka na ino na ino tôkony deraigny, mihairitrereta amin'ny raha regny.⁹ Irô raha nianarô ndraiky niraisanarô baka iô nitandrignesananarô aviô hitanarô taminaka, ataova zaka regny, aviô zagnaharin'ny fiadanagna hiaraka aminarô.¹³ ay farany, ralahy, na ino na ino marigny, na ino na ino manan-kaja, na ino na ino ara-drarigny, na ino na ino madio, na ino na ino maharavoravo, na ino na ino ambara fa tsara, ndray misy na ino na ino teganany tsara, ndre misy ka na ino na ino tôkony deraigny, mihairitrereta amin'ny raha regny.⁹ Irô raha nianarô ndraiky niraisanarô baka iô nitandrignesananarô aviô hitanarô taminaka, ataova zaka regny, aviô zagnaharin'ny fiadanagna hiaraka aminarô.¹⁴ Kanefa, anarô nagnano tsara taminaka tamin'ny fahasahiragnana naka.¹⁵ Ndraiky anarô filipiana mahay nanomboan'ny Filazantsara, izy ka niala Makedonia za, kay tsisy l'eglise nanaohagna za izy ka mahakasiky fagnamezagna draiky fandraisagna izy ka tsy anarô zaraiky.¹⁶ Na tamiza tagny Tesalonika aza, nandefa fagnampiagna zegny nilaiko mandilatra indraiky mandeha anarô.¹⁷ Tsy hoe mitady fagnamezagnaza. Fa , mitady vokatra mampanonga voninahitrinarô za.¹⁸ Nangala irô raha jiaby za, ary teganany magnana maro be. Fa haimpaka ka za. Voaraiko tamin'i Epafrodito irô zaka jiaby aby baka aminarô. Iregny hangitry mangitry fôfony, zegny rakitry azo ikeko ndraiky ankasitrahana-dRagnahary.¹⁹ Bakakô Zagnahary hameno raha jiaby ilainarô araka ny haregnan'ny voninahitra ao amin'i Kristy Jesosy.²⁰ Hainganie ho agny amin-dRagnahary babatsika ny voninahitra mandrakizay doria. amen.²¹ Magnanaova veloma agny mpino jiaby ao amin'i Kristy Jesosy. Io ralahy zegny

miarka aminaka kay magnano veeloma anarô za.²² Irô mpino jiaby zegny eto aminao veloma anarô, indrindra irô baka amin'ny havan'i kaisara.²³ Hainganie fahasoavan'ny Tompo Jesosy Kristy ho amin'ny fagnahinarô. [fanamariagna: Misy irô fandikagna sasany magnampy hoe: "amen."]

Colossians

Chapter 1

¹ Paoly, apostolin'ny Kristy Jesosy baka amin'ny sitram-pô dRagnahary, ary Timoty rahalahantsika, ² ho an-drô mpino draiky rahalahy mahatoky agnatin'ny Kristy zaigny andeha Kolosia. Aminarô fasohavagna' draiky fiadanagna avy amin'ny dRagnahary babatsika. [Fanamariagna ambanin'ny pejy: misy dikam-bolagna sasany manampy hoe: " draiky Tompo Jesosy Kristy"]. ³ Magnamaiza fisaoragna dRagnahary atsika, araiky baban'ny Tompotsika Jesosy Kristy, draiky mivavaka jusqu'à riva zahay. ⁴ Faregny nay finoanarô i Kristy Jesosy draiky fitiavanarô zaigny voatokana ho an'dRagnahary. ⁵ Managna fitiavagna zegny anarô nony fanantenagna azo antoko nataokana ho anarô agny an-dagnitry. Tandrignaisanarô momba fanatenagna azo antoko io talohan'ny volagna fahamarinagna, filazantsara, ⁶ izaigny avy aminarô. filazantsara ty mitondra vokatra draiky efa natao izegny taminao nanomboko tamin'ny andra narignaisagna sady nihanaranao momban'ny fahasoavan'dRagnahary amin'ny marigny. ⁷ Ity filazantsara araka nianaranarô tamin'ny Epafra, araiky mpiara-mivavaka tantsika, izegny mpanompo mahatoky Kristy amin'ny agnarantsika. [famarignana ambanin'ny pejy: " Amin'ny agnaranarô "] ⁸ Nampahaizan'ny Epafra zahay fitiavanarô fagnahy. ⁹ Nony fitiavagna io, retry tamin'ny andra nagnaboany izegny tsy nitsahatra nivavaka ho anarô zahay. Nangataka zahay mba feno fahaizanana sitrapôny amin'ny fisiagna jery jiaby draiky fahaizagna ara-pagnahy anarô. Nivavaka zahay mba handeha anarô am-pisianjery amin'ny Tompo amin-drô fomba ankasitahan-dRagnahary. ¹⁰ nivavaka zahay mba hamokatra amin'ny asa tsara jiaby anarô draiky mba hitombo falalagna an'dRagnahary. ¹¹ Mivavaka zahay mba hahazo angovo amin'ny voninahitry amin'ny fiaraitagna draiky fiharaitagna. ¹² Mivavaka zahay mba hagnamia fisaoragna Raintsika am-piravoagna anarô, izaigny nahafanarô hanagna anjara amin'ny lovan-drô mpino amin'ny fahazavagna [Famarignana ambany pejy: misy dikam-bolagna sasany mivaky hoe: " izaigny nahafantsika nanagna anjara"]. ¹³ Nagnavotro antsika tamin'ny fanapahan'ny haizigny draiky namindra atsika ho andeha amin'ny fanjakan'ny zanany lelahy tiany Izy. ¹⁴ Amin'ny zanany lelahy anagnatsika fagnavaotagna, famelagna irô fahotagna. [Fagnamarignana ambanin'ny pejy: misy dikan-teny sasany mivaky hoe: " Amin'ny Zanany anagnatsika fagnavaotagna baka amin'ny lihony, kay, ny famelagna irô fahotagna."] ¹⁵ Zanaka lelahy vatan-dRagnahary tsy hita maso. Izy araiky teraka voalohany tamin'ny fagnaboaragna. ¹⁶ Fa baka taminany nagnaboaragna raha jiaby, irô zaigny an-dagnitry draiky irô zaigny eto ambonin'ny tany, irô raha hita maso draiky tsy hita. Na irô sezy fiandrianagna, na irô fanapagna, na irô pitondram-panjakagna, na irô manam-pahefagna, irô raha jiaby namboarigny baka taminany draiky mba ninany. ¹⁷ Izy alohan'ny raha jiaby, draiky aminany haraitany raha jiaby. ¹⁸ Izy lohan'ny vatagna, draiky tragno dRagnahary. Izy voloany draiky tēraka voalohany tagnivon-drô raha jiaby. ¹⁹ Satria sitrakan-dRagnahary tokony hiaignan'ny fahatsaragna jiaby agnatiny, ²⁰ sady ampihavagna amin'ny Zanaka lahy amin'ny raha jiaby amin'ny tagnany. Zagnahary nihavagna tamin'ny alalan'ny rân'ny hazo fijaliagna. Zagnahay nampihavagna raha jiaby tamin'ny tagnany, na raha jiaby eto ambonin'ny tany na irô raha jiaby an-dagnitry agny. ²¹ Tamin'ny fotoagna raiky, anarô koa, vahiny tamin-dRagnahary draiky fahavalony tagnatiny saigniny draiky tamin-drô asa ratsy. ²² Fa zioty izy nampihavagna anarô tamin'ny vatagnany jiaby tamin'ny alalan'ny fahafataisagna. nataony zegny mba hanaovagna anarô masigny, tsy anam-pondro ankilany, draiky nagnala baraka izy noho ny fanaratsiagna, ²³ koa tohizagna amin'ny finoagna narô, miorigny draiky mafy originy, kay aza mihataka amin'ny fagnatenagna mahatoky filazantsara zaigny regninarô . Ity filazantsara izaigny nambara tamin'ny olo jiaby naraiginy ambanin'ny lagnitry. Ity tagnany filazantsara zegny, nahatonga zaho, Poly, ho mpanompo. ²⁴ Zioty zaho ravoravo amin'ny fijaliako baka aminarô, sady zaho nagnamia vatagna zaigny tsy ampy amin'irô fahorian'i Kristy nohony vatagnany, fiangonagna zegny, ²⁵ Noho ny fiangonagna nahampanompo zaho, Araka andraikitry avy amin-dRagnahary izaigny namiagna zaho ho ny narô, mba ahatanteraka volagna Zahary. ²⁶ Io marigny misitriky nandritra taogno maro draiky ny drô taranaka. Fa izioty fa niboaka zegny tamin-drô mino azy. ²⁷ tamin-drô tian-dRagnahary aihin-drô haraignan'ny voninahitr'ity famarinagna misijiky ity tio agnivon'ny Jentilisa. Dikany zegny Kristy agnatinao, tokony voninahitry ho avy. ²⁸ Izy araiky ny torinay. Nagnanatra olo jiaby zahay, draiky nampianatra olo jiaby tamin'ny fahendregna jiaby, mba agnaboatsika olo jiaby feno agnatin'ny Kristy. ²⁹ Nohony zegny miasa mare zaho draiky miaizaka araka angovy zaigny miasa aminaka.

Chapter 2

¹ Tiako ho hainarô ny haben'ny ady nataoko ho anarô, ho andrô tagny Laodikia tagny, ndraiky hoandrô olo mbala tsy nahita saorako tamin'ny nofotro. ² Miasa zaha mba hampahery fon-drô mba hifampiraisagna irô miaraka amin'ny fitiavagna agnatindrô ndraiky fanagnana jiaby amin'ny fahalalagna azo antoko, andeha amin'ny fahalalagna ny fahamarignana tsy hita amin-dRagnahary, dikan'izegny Kristy. ³ Ao aminany harem-pahendregna ndraiky fahalalagna jiaby tsy hita. ⁴ Mivolagna zegny zaha mba tsy hisy hitariky anarô amin'ny kabaro mandresy lahatra. ⁵ Nata tsisy miaraka aminarô amin'ny nofo aby zaha, kay mbola miaraka aminarô agnatin'ny fagnahy. Ravoravo zaha mahita filaminanarô

ndraiky tanjakan'ny finoagnanarô amin'ny Kristy.⁶ Raha ohatra anarô mandray an'i Kristy Tompo, izegny midika fa mandeha aminany.⁷ Mifantohà aminany, mioregna aminany, mioregna amin'ny finoagna izay efa nampianariny anarô, aviô mazotoa magnano fisaoragna.⁸ Mitandrema mba tsy hagnambela olo hisambotro anarô amin'ny filozofia na koa fitaka araka ny fataon'olo magnaraka ny endrik'izao tontolo izao, fa tsy arakan'i Kristy.⁹ Fa ao agnatiny tegna mipetraka ny fahatsaragnan'ny tegnan-dRagnahary.¹⁰ Feno anarô aminany. Izy lohan'ny hery ndraiky fahefagna jiaby.¹¹ Taminany koa anarô nivositry tamin'ny vositry tsy nataon'olombelogo tamin'ny tsy fikitihagny nofotry ny vatagna, fa tamin'ny famosiran'i Kristy.¹² Niaraka nalevigny tamin'ny batisa anarô, avio tao aminazy nananganagna anarô tamin'ny alalan'ny finoagna herin-dRagnahary izay nananganagna Izy tamindrô jiaby maty igny.¹³ Mbala anarô fo maty tamin'ny fahotagna ndraiky tsy fahavitan'ny nofotronarô tamin'ny famosiragna, kay Izy namenologno anarô niaraka taminany ndraiky nagnambela atsika tamin'ny fahotagnantsika jiaby.[Fagnamarihagna : Misy dikan-teny sasany taloha nivadiky karaha ty : " Nagnambela fahotagnantsika jiaby."]¹⁴ Nifafany ny raki-tsaoratan'ny trosam-panafahana ndraiky fitsipika jiaby mifanohitra tamintsika. Nadosony raha jiaby zegny ndraiky fagnitsiagna.¹⁵ Nadosondrô ny hery ndraiky ny fahefagna baka aviô izy nagnano fampisehoagna ampahabe maso raha zegny, nadresy raha zegny tamin'ny hazo fijaliagna.¹⁶ Kay, aza ambela hisy hitsara anarô na amin'ny fihinanagna na amin'ny fisotroagna, na amin'ny fiantomboham-panjava na amin'ny andro Sabata.¹⁷ Izegny taratra ny raha ho avy, fa tegna Izy Kristy.¹⁸ Aza ambela hisy na azovy na azovy mila ny fanetrian-tegna ndraiky ny fideran'ny anjely hitsara anarô kay tsy ahazahaoanarô ny lokanarô. Olo karaha zegny miditra amin'ny raha hitany ndraiky manjary mipoerapoera amin'ny fisaingan'ny vatagna.¹⁹ Tsy mihazogno ny lohany izy. Izegny avy amin'ny loha namian-dRagnahary ny vatagna jiaby magneragna vanin-taolagnanany jiaby ndraiky ny hozany izay magnamia kay mitana raha jiaby avio mitana raha jiaby mikambagna. Raha zegny mitombo miaraka amin'ny fampitomboagna namiany Zagnahary.²⁰ Raha maty miaraka tamin'i Kristy anarô, tamindrô endrik'izao tontolo izao, Kay karakory ndraiky anarô miaigny karah voatery amin'ny tany.²¹ " Aza midodigny, aza magnandragna, aviô aza mikasika ? " ²² Raha jiaby zegny ho an'ny fahalovagna, araka ny torolalagna ndraiky fampianaran'olo.²³ Fitsipika zegny mampahory ny vatagna. Fa irô tsy manan-danja amin'ny fanoheram-pandeferagna ny filân'ny nofotro.

Chapter 3

¹ Izy koa Zagnahary zegny no nampitsangagna anarô niaraka tamin'i Kristy, mitadiava raha agnabo agny anarô, izay ipitrahan'i Kristy an-tagnan-kavanan-dRagnahary.² Mieritrereta raha ambony agny anarô, fa tsy raha eto an-tany eto.³ Fa efa maty anarô , abôko, ny fiainanarô koa misitriky miaraka amin'i Kristy ao amin-dRagnahary.⁴ Kristy izay fiainanarô kofa miboaka amin'ny rondro, anarô koa hiaraka hiboaka aminany amin'ny voninahitra. [Fagnamarihagna egny ambanin'ny pejy : Irô dikan-teny taloha sasany irô mivolagna hoe: " Izy kofa miboaka amin'ny rondro i Kristy, izay fiainanarô, anarô koa hiaraka hiboaka aminany amin'ny voninahitra.]⁵ Vononarô ny mahakasika ny tegnanarô izay aty an-tany aty: ny filan-dratsy, ny fahalotoagna, frihetan'ny filâgna, fagnirian-dratsy, ny fahatendâgna, izay fanompoan-tsampy.⁶ Navy baka amininirô raha aby irô no avian'ny helokon-dRagnahary aminirô zanaky ny tsy fankatoavagna. [Fagnamarihagna egny ambanin'ny pejy: Ny dikan-teny taloha sasany vakigny hoe: " Navy baka amin'irô raha aby irô no avian'ny helokon-dRagnahary."]⁷ Izegny koa no nandihananarô taloha taminarô mbola velogno taminany.⁸ Amin'izîô ty, adosoanarô raha jiaby reto : heloko, fahasosoragna, irô fikasagna ratsy, fanevatevagna, ndraiky teny fanevatevagna avy amin'ny vavanarô.⁹ Aza mifampavandy, fa efa narianarô ny toetranarô taloha miaraka amin'ny fagnanaovanarô izy.¹⁰ Efa nisikininarô ny toetra vaovao izay navaozigny ao amin'ny fahalalagna tsara karaha endrik'ilay namorogno izy.¹¹ Kay aminjegny, tsisy Grika ndraiky Jiosy na voavositry ndraiky tsy voavositry, barbariana, Skytiana, andevo, olon' afaka, fa Kristy no raha jiaby sady amin'olo jiaby.¹² Misikina famindram-po, hatsaram-pagnahy, fagnetren-tegna, fahalemempagnahy ndraiky faharetagna, amin'ny maha olom-boafidin-dRagnahary anarô, sady masigny no tiany.¹³ Mifampitondra tsara anarô. Mifamelâ. Izy kô misy olo araiky managna fitaraignagna mikasiky olo hafa, mamelâ karaha namelan'ny Tompo anarô.¹⁴ Ambonin'ny raha jiaby zegny, manâgna fitiavagna izay mamehy atsika amin'ny fahatanterahagna.¹⁵ Ambilâ ny fiadagnan'i Kristy hanapaka amin'ny fonarô. Fa avy baka aminjegny fiadanagna zegny no nikaigana anarô ho vatagna araiky fo. Abôko, mankasitraha.¹⁶ Ambilâ ny tenin'ny Kristy hipetraka maro aminarô amin'ny fahendrena jiaby, abôko, mifampianara ary mifagnanara amin'ny salamo, ndraiky amin'ny fihiragna, ndraiky amin'ny tonon-kiram-pagnahy, mihirâ amin'ny fahasovavagna ao am-ponarô ho an-dRagnahary.¹⁷ Na ino na ino raha ataonarô, na amin'ny volagnagna na amin'ny asa, ataovanarô amin'ny agnaran'ny Tompo Jesosy raha jiaby. Magnamaiza fankasitrahagna ho an-dRagnahary amin'ny alalany.¹⁸ Anarô magnangy, magnikia vadinarô, fa zegny no mety ao amin'ny Tompo.¹⁹ Anarô lelahy, tiavâ ny vadinarô, ary aza masiaka amindrô.²⁰ Anarô zanaka, magnikia ray aman-dreninarô amin'ny raha jiaby fa zegny no ankasitrahigny ao amin'ny Tompo.²¹ Anarô baba, aza magnano raha mampalahelo zanakarô baiky irô tsy ho kivy.²² Anarô andevo, magnikia ny tomponarô amin'ny raha jiaby amin'ny maha olo, tsy amin'ny asa ataonarô alohanany baiky hahazoanarô fankasitrahagna fo fa amin'ny fo tsotra. Matahora ny Tompo.²³ Na ino na ino ataonarô, ataovanarô amin'ny fo, karaha ny ho an'ny Tompo fa tsy ho an'olo.²⁴ Satria hainarô tsara fa avy baka amin'ny Tompo no hazahoanarô valisoan'ny lova ho anarô. Izy no Kristy izay Tompoinarô.²⁵ Fa olo jiaby izay magnano tsy fahamarinagna, tsy maintsy hahazo sazy baka avy amin'ny tsy fahamarinagna izay nataony, ary tsy misy fizahagna tarehin'olo.

Chapter 4

¹ Anarô tompo, ataova amin'ny mpanomponarô zay marigny ndraiky ny mety jiaby, fotony, hainarô fa anarô koa mba managna Tompo andangitry agny. ² Mahareta amin'ny fivavahagna. Miambesa amin'ny fagnamaizagna fisaoragna zegny. ³ Mivavaha ho anay koa, mba hanokafan-dRagnahary varavaragna ho an'ny teny, mba hilazagna fahamarignana araiky misitrik'i Kristy. Dikan'izegny, voafahy zaha. ⁴ Mivavaha mba hahavitako magnano ny tokony hivolagniko. ⁵ Mandihana amin'ny fahendregna amindrô agny ivailany, aviô, araraota tsara ny fotoagna. Aoka ny teninarô hiaraka amin'ny fahasoavagna mandrakariva. ⁶ Aoka irô ho feno sira, mba hahafahanarô mahay ny fomba tokony hamalianarô olo jiaby. ⁷ Ka izy koa raha mikasiky zaha, dia i Tykyko no hampahafantatra anarô zegny. Rahalahy malala izy, mpanompo mahatoky sady mpiara-mpanompo amin'ny Tompo. ⁸ Baka avy amin'izegny no nandifasako izy aminarô agny, mba hahafahanarô mahay raha mikasiky zaha, aviô, afahanay koa mampahery fonarô. [Fagnamarihagna ambanin'ny page: Ny dikan-teny sasany taloha vakigny hoe: "Baka avy amin'izegny no nandifasako izy aminarô agny, mba hahafahanarô mahay raha mikasiky zaha, aviô, afahanay koa mampahery fonarô."] ⁹ Nalefako niaraka tamin'i Onesimosy izy, rahaly araiky mahatoky sady malala, hampahay anarô raha jiaby. ¹⁰ Magnano veloma anarô Aristarka, mpiara-migadra aminaka, ndraiky Marka, havan'ny Barnabasy (araiky nahazahoanarô baiko; izy koa mandaiha aminarô agny izy, alaiva), ¹¹ ndraiky Jesosy kaiagna koa hoe : Josto. Irô baka amin'ny voafôra io fa koa mpiara-miasa aminaka ho an'ny fanjakan-dRagnahary. Fankaherezagna zaha jiaby zegny. ¹² Miarahaba anarô i Epafra. Araiky aminarô izy sady mpanompon'ny Kristy Jesosy. Mivavaka maré ho anarô fo izy, mba hatantairaka anarô sady hahazahoanarô antoko tantairaka amin'ny sitrapon-dRagnahary jiaby. ¹³ Fa mitsangagna vavolombelognô ho izy zaho, miasa maré ho anarô izy, ndraiky ho andrô agny Laodika agny, aviô, amindrô zay agny Hierapolia. ¹⁴ Miarahaba anarô i Lioka araiky mpitaha malalantsika igny ndraiky i Demasy. ¹⁵ Arabainarô irô lahalahy agny Laodika, ndraiky irô agny Nymfa, ndraiky irô fiangonagna an-ntragnonany ao. ¹⁶ Izy koa fa voavaky agnivonarô iô taratasy ty, ataova vakigny amin'ny eglizin'ny Laodikiana koa, aviô, ataova voavakinarô koa taratasy baka agny Laodikia. ¹⁷ Volagna Arikipo hoe: " Tandrima ny asa fanompoagna zay nalainao tamin'ny Tompo, fa tokony ho tantirahinao zegny." ¹⁸ Fagnanaovagna veloma ty zegny, ataon'ny tagnako manôkagna Paoly. Tsarova fifatorako. Ho aminarô anie ny fahasoavagna.

1 Thessalonians

Chapter 1

¹ Paoly, Silasy, draiky Timoty namangy Eglizindrô Tesaloniana amin'ny Zagnahary Baba dariky Jesosy Kristy Tompo. Ho aminarô ao ane ny fihadanagna draiky fahasoavagna. [Fagnambaragna ely: Irô dikany volagna sasany taloha tiô igny zegny mivavaka hoe: "Ho aminarô ane ny fahasoavagna daraiky fiadanagna baka amin'ny Zagnahary Baba drai Jesosy Kristy Tompo."] ² Magnamia fisôragna Zagnahary mandrakizay izahay aminarô jiaby, kai manognono anarô amin'ny vavakanay. ³ Izahay zegny tsy mijanogno ary tsy maintsy mahatsiaro anarô agnatraihan-dRagnahary Babatsika ny asan'ny finoagnanarô, ny asan'ny fitiavanarô, ary fahatokisanarô mahadigny amin'ny ho avy amin'ny Jesosy Kristy Tompotsika. ⁴ Ry avako aby tian-dRagnahary, hanay fa Izy zegny efa nifidy anarô. ⁵ fôtony ny volagna Zagnahary zegny navy taminarô tsy tsy tamin'ny volagna fo, fa tamin'ny hery, Fanahy Masigny, draiky fahatokisagna maventy koa. Mitovy amizegny, anarô fo koa ane mba mahay olo karakôry izahay taminarô tiô karaha taminarô. ⁶ Nanjary nangala tahaka zahay draiky Zagnahary anaro, tamin'ny nazahoanarô volagna tamin'ny ady sarotro maventy dariky tamin'ny fifaliagna boaka amin'ny fagnahy Masigny. ⁷ Vokat'izegny, anjary ohatra tamin'olo jiaby izay mino tao Makedonia draiky Akaia zegny anarô. ⁸ Fa navy taminarô ane narignesandrô volagna ny Tompo, sady tsy ta Makedonia draiky Akaia fo koa zegny. Fa kanefa, tamin'ny toeragna jiaby koa nampihegny finoanarô Zagnahary. Vokat'izegny, tsy mila mivolagna na ino na ino atsika. ⁹ Fa irô io fo koa ane hivolagna fifankazahoagna nazonay taminarô. Irô ane nivolagna nyb fomba jiaby nampiova anarô nandeha nanompo Zagnahary sady niala tamin'ny sampy mba hanompo Zagnahary margny sady velogno. ¹⁰ Irô koa ny nagnano tatitry fa anarô zegny miambigny ny Zanany boaka an-dagnitry agny, araiky natsangany tamin'ny maty. Jesosy zegny, araiky manadoso atsika amin'ny heloko jiaby na ny bala ho avy.

Chapter 2

¹ Fa ny tegnanarô zegny mahay ry avako aby, fa ny fahaviany teto aminarô zegny tsy raha navinavy hoazy fo. ² Hainarô fa taloha tiô, nijaly sady nalaina baraka tagny Filipy tagny zahay. Izahay zegny nasaky taoamin'ny Zagnarinay hivolagna volagnanany aminarô tagnatin'ny fanoheragna maventy. ³ Fotony fagnaragnanay zegny tsy boaka tamin'ny fahadisoagna, na boaka tamin'ny fahalotoagna, na koa tamin'ny fitaka. ⁴ Fa kanefa, araka ny fagnikian-dRagnahary zahay mba hatokisagna amin'ny tenin-dRagnahary, dikany zegny, mivolagna zahay, tsy hamparavoravo olo, fa hamparavoravo Zagnahary. Izy araiky mahay raha agnaty fô nay. ⁵ Fotony tsy napiasa irô volagna fagnokoaragna foeiky izahay, araka ny fahaizanarô, na koa fialan-tsigny, fôtony Zagnahary zegny vavolombelognonay. ⁶ Na koa nitady ny voninahitry boaka amin'olo izay, na koa boaka amin-drô na boaka amin'ny hafa. Zahay zegny afaka nitaky irô tombotsoha kara irô apostolin'ny Kristy. ⁷ Fakanefa, zahay zegny tsotra taminarô kara ny reniny mankahery ny zanany naterany. [Fanamariana: Irô dikan-teny hafa sasany zegny karaty: "Fa kanefa, zahay zegny karaha tsaiiky hely taminarô, koa fa mampangigny zanany naterakany ny reny."] ⁸ Kai kara zegny koa nanagnany fitiavagn ho anarô. Faly izahay magnamia

anarô, tsy ny volagna Zagnahary fo, fa fihainagna nany koa. Fotony anarô nanjary tegna tianay.⁹ Fotony azonarô honogno ry avako aby, ny asanay dariky fasahiragnanay. Rango marandraigny zisak'aligny zegny asanay mba tsy avitanay mampitondra anarô raha mavesatra. Nandritran'izegny fotoagna zegny, zahay nitony tenin-dRagnahary zegny taminarô.¹⁰ Anarô no vavolombelogo, sady Zagnahary fo koa zegny, masigny, marigny sady tsisy tsigny ny fitondrantengnanay teminarô iazay mino.¹¹ Kara zegny koa zegny ahaizanarô fa hoe karakôry ma nataonay taminarô tsy araikiaraiky kara nataon'ny baba tamin'ny zanany naterany,¹² niahangavy nagnamia môrally sady nadrisiky anarô izahay mba handeha amin'ny fomba araiky mety amin'ny Zagnahary, araiky mikaiky fanjakagnanany draiky voninahitrinany manôkagna.¹³ Izegny no antony isaoranay Zagnary fo mandrakizay. Fa anarô koa fa mangala hafatra Zagnahary zay regninarô zegny, nalainarô zegny mba tsy ho kara volagnan'olo. Kanefa, nalainarô zegny kara raha marigny zegny, ny volagna Zagnahary. I volagna zegny fo koa no miasa aminarô zay mino.¹⁴ Fôtony anarô, ry avako aby, zegny lôso kara irô Eglizy agny Jodia izay amin'i Jesosy Kristy. Fa anarô fo koa ane mba nijaly tamin'ny raha aby io koa boaka tamin'ny nataon-drô mpiray tanindrazagna aminarô, kara ny nahazoirô koa nohon'ny nataon'ny Jesosy taminany.¹⁵ Irô Jiosy no namono Jesosy Kristy na irô mpaminaniny. Irô Jiosy io ane nandroaka zahay. Tsy nankasitraka Zagnahary irô. Kanefa, irô zegny fahavalon' ny olo jiaby.¹⁶ Irô koa zegny tsy nagnomba zahay tsy hivolagna amin-drô jentilisa mb tsy hamonjegna irô. Vokatra zegny, mamenon'ny fahotagnan'ny tegnan'ny mandrakizay Irô. Ny heloko zegny tsy maintsy avy amin-drô fo amin'ny farany agny.¹⁷ Nisy fotoagna zegny zahay tafisaraka taminarô ry avako aby, ramin'ny fihatrehagna fa tsy tamin'ny fô. Tegna nazoto marigny zahay, nagniry mare,ny hahita ny sôranarô.¹⁸ Fôtony nagniry ny andeha aminarô zahay, za, Paoly, matetiky, kanefa nisakanan'ny setoany zahay.¹⁹ Ino mba ny tokony antenanay amin'ny hoavinay, na ravoravo, na satro-boninahitra ny fandrasiagna amin'ny tany fihaviany? Anarô ma tsy mba karaha irô sasany io koa?²⁰ Fa anarô voninahitrinay sady fifalianay.

Chapter 3

¹ Dikany zegny, izy ka tsy afaka niaritry zegny eky zahay, nieritreretinay fa tsara mipaitraka mitaokana tao Atena.² Nandefa i Timoty zahay,ralahinay ndraiky mpiara-miasa amin' dRagnahary ao amin'ny filazantsaran' i Kristy, mba hagnamafy ndraiky hankahery mahakasiky finoagnanarô.[Fanamariagna: dikany volagna sasany hafa taloha mivaku hoe: "nandefa Timoty zahay,ralahinay ndraiky mpanompon' dRagnahary ao amin'ny filazantsaran' i Kristy."]³ Ntaonay zegny mba tsy hisy olo taitry baka amin'ny fahorignan' drô. Fa tegnanarô mahay fa zegny nitindregny atsika.⁴ Marigny tsara, efa niaraka taminarô zahay, nivolagna taloloa taminarô fa atsika tsy maintsy hampahorigna, kay nitranga zegny,kara hainarô.⁵ Dikany zegny, antony zegny, efa tsy madigny zegny eky za,mba ahaizako finoagnanarô. Donc irô mpangala fagnahy efa nangala fagnahy anarô, kay tsisy varany asatsika.⁶ a navy taty aminay i Timoty baka taminarô aviô nitaondra vaovao maharavoravo ny finoagna ndraiky fitiavanarô zahay. Nagnambara taminay izy fa anarô managna fahatsiaraovagna tsara ninay fo,ndraiky anarô magniry maré ahita zahay kara fagniriagnanay ahita anarô.⁷ Dikany zegny, ralahy, zahay nampaherezinarô nohon'ny finoagnanarô, tao tagnatin'ny fijaliagna ndraiky jalinay jiaby.⁸ Fa zio ty velogno zahay,ka mipetraka maré amin'ny Tompo anarô.⁹ Fa fankasitragna karakôry azonay amiagnan-dRagnahary aminarô, tamin'ny haravoagna jiaby zegny anagnanay tiô devant ndRagnaharinay noho ny aminarô?¹⁰ Mivavaka maré andra aman'aligny zahay mba mety ahita saoranarô ndraiky amatsy zegny tsy ampy ao amin'ny finoagnanarô.¹¹ hainganie tegnan'ny Babatsika ndRagnahary, ndraiky Jesosy Tompotsika, hagnitsy lalgnanay aminarô.¹² Tompo anie hagnabe ndraiky hampavagnono amin'ny fifankatiavanarô amin'ny hafa aviô olo jiaby,kara atanay aminarô koa.¹³ Hainganie Izy hagnamafy fônarô, mba tsisy tsigny amin'ny fahamasignana irô devant ndRagnahary Babatsika, amin'ny fihavian' i Jesosy Tompotsika miaraka amin' drô masigny jiaby.

Chapter 4

¹ arany, ralahy, mampahery ndraiky magnanatra anarô amin'ny Tompo Jesosy zahay, izy koa nahazo irô fampianaragna bako aminay mikasiky fomba tsy maintsy handihananarô hamalifalianarô zagnahary anarô, mba agnanovanarô lalagna andiahananaro mihoatran'ny zegny.² Ainaro zegny fampianaragna zaigny namianay anarô baka tamin'ny Jesosy Tompo.³ Ity sitrapon-dRagnahary, hagnamasigny ny anarô, mba hialanarô amin'ny fampirafaisagna,⁴ zaigny tokony ahaizan'ny tsy araikiaraiky fomba azahoagna ny fanaky tegnan'ny fahamasignana ndraiky voninahitry,⁵ tsy amin'ny filan-dratsy (kara irô jentilisa tsy mahay zagnahary).⁶ Aoka tsisy olo handika nahagnaratsy ralahinany amin'ny zegny. Fa tompo mamaly amin'iregny ra jiaby regny, kara nampidramanay vavolombelogo taminarô.⁷ Fa zagnahary tsy nikaiky zahay hoa amin'ny fahalotoagna, fa amin'ny fahamasignana.⁸ Dikany zegny, tsy mandà olo zaigny mandà Zagnahary araiky nagnamia fagnahy masigny ho anarô.⁹ Mikasiky fifankatiavan'ny mpirahalaly, tsy mitady olo hafa anarô anoratra ho anarô tompo ny fo nampiararin-dRagnahary mba hifankatia.¹⁰ Tegna ataovanarô zegny, hoandrô ralahy jiaby zegny eran'i Makadonia. Fa zahay zegny magnanata anarô ralahy mba hagnano mihoatra.¹¹ Magnanatra anarô ralahy mba hagnano mihoatra. Magnanatra anarô koa zahay mba hagnadragna hiaigny am-pilaminagna, agnanaovagna raharanarô manokgna, sady mba hiasa amin'ny tagnanarô, araka nandidianay anarô,¹² mba hanagnanarô fitondran-tegna mendriky io agnatrehandrô tsy mino sady tsy hanagna raha mampalahelo.¹³ Fa tsy tianay tsy ho hainarô ralahy mikasiky iro zegny nodimandry, mba tsy hanagnanarô halahelo kara ambin-drô zaigny tsy managna antoko amin'ny ho avy.¹⁴ Izy koa mino atsika fa Jesosy maty kay nitsangana ndraiky, kara zegny koa hagnandaisan-dRagnahary irô zaigny efa nodimandry

miaraka tamin'ny Jesosy.¹⁵ Kara ty raha volagninay aminarô amin'ny volagnan'ny Tompo, atsika zegny velogno, zegny farany tavaila amin'ny fahatongavan'ny Tompo, tsy andaiha alohandrô zaigny fa maty.¹⁶ Fa ijotso baka andagitry agny tenin'ny Tompo. Ho avy miaraka amin'ny feo avo Izy, miaraka amin'ny feon'ny anjely, sady miaraka amin'ny bankoran-dRagnahary, kay ny maty ao amin'i Kristy hitsangana voalohany.¹⁷ Avio atsika zegny velogno tavela, hiaraka amindrô agny amin'ny Tompo agny amin'ny habakabaka. amin' izegny hiaraka amin'ny Tompo mandrakariva atsika.¹⁸ Dikany zegny, mifankaherezagana anarô amin'ny zegny volagna zegny.

Chapter 5

Amizao makasika irô fotoagna ndraiky irô vanim-potoagna, ry rahalahy tsisy raha tôkony hosoratako aminarô.² Fa satria, efa nambara anarô mazava tsara andron'ny Tompo, ho avy Izy kara fiaviany mpangalatra amin'ny aligny.³ Izy koa olo magnano hoe: "Miadagna ndraiky milamigny ka fahapotegna tampoka ho avy amin'ndrô. Mitovy amin'ny fahararian'ny viavy mavesasatra jiaby miteraka igny. tsisy afaka hilafa aby olo jiaby.⁴ Fa anarô, ry rahalahy, tsy ao agnatin'ny mahiziky ka hatatra anarô tampoka tahaka mpangalatra andra. Fa anarô jiaby zegny zanaka ny nazava ndraiky zanaka ny andra.⁵ Tsy zanaka aligny na mahiziky.⁶ kay nohy zegny, anarô kaza matoro kara ery sasany eky, fa magnanaova hiambina ndraiky hahonon-tena.⁷ Fa hoan'ndrô izay matoro, magnano izegny amin'ny aligny, avy iô hoan'ndrô mamô, magnano izegny koa amin'ny aligny.⁸ Noho ny atsika mbola agnatiny andra, kay tsy maintsy mankaheri-taigna zegny atsika kay mila misikiny finoagna ndraiky fitiavagna ba fiarovan-tratra, iraha zegny natao mba antoko famonjegna amin'ny ho avy, baika fiarovan-dohantsika.⁹ Fa ndRagnahary, tsy nitondro atsika ho amin'ny fahatezeragna, fa hazahoagna famonjegna amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontosika.¹⁰ Izy zegny maty ho atsika, na mifoha atsika na madry, ka afaka miara-mignaigny aminany atsika.¹¹ Ka noho izegny mifampionana ndraiky mifampahereza anarô kara fatanarô igny.¹² Mangataka aminarô izahay, ry rahalahy, baika hekenarô izay mikely aigny ao aminarô ndraiky mitondra anarô agny amin'ny Tompo avy iô izay magnanatra anarô.¹³ Mangata anarô ndraiky izahay mba hagnaja irô am-pitiavagna noho ny asan-drô.¹⁴ Mihavàgna amin'ny taignanarô. Magnanatra anarô izahay, ry rahalahy: anarô izay tsy mitoetra tsara; hampaherezo irô kivy, ampio irô malemy, maharaita amin'ny raha jiaby.¹⁵ Tandema, tsy tôkono hoisy olo hamaly ratsy ny ratsy na amin'ndrôvy na amin'ndrôvy izegny. Ka nefa, mitadiava raha tsara ho an'ny tsaraikiraiky ndraiky hoan'olo jiaby.¹⁶ Miravoravoa isan'andra isan'andra.¹⁷ Aza mijanogno mivavaka.¹⁸ Mankasitraha amin'ny raha jiaby. Fa izegny taigna sitrapon-dRagnahary ao amin'ny Kristy Jesosy ho anarô.¹⁹ Aza mamono fagnahy.²⁰ Aza magnano tsinontsinona irô faminaniagna.²¹ Andramana raha jiaby fa mifikira amin'ny tsara.²² Adosoa agny fisehoan-dratsy jiaby.²³ Zagnahary tompiny fiadanagna anie hampamasigny anao tanteraka. Aoka fagnahinarô jiaby, aigny, ndraiky vatagna hotehirizigny tsy hanan-tsigny ho amin'ny favian'I Jesosy kristy Tompontosika.²⁴ Matokisa Izy nikaiky anao, avy iô Izy araiky nahaifa izegny.²⁵ Ry rahalahy, mivavaha koa ho anay.²⁶ Magnanaova veloma amin'ny rahalahy jiaby amin'ny oroko masigny.²⁷ Magataka aminarô amin'ny Tompo Zaho mba hovakinarô amin'ny rahalahy jiaby ity taratasy ity.²⁸ Ho aminarô jiaby anie fahasoavan'I Jesosy Kristy Tompontosika.

2 Thessalonians

Chapter 1

¹ Paoly, draiky Silasy, abako Timoty, andeha amin'ny eglise drô Tesaloniana amin-dRagnahary babatsika draiky Jesosy Kristy Tompo.² Ho avy amianarô fahasoavagna draiky fiadanagna avy amin-dRagnahary babatsika draiky Jesosy Kristy Tompo.³ Zahay tokony hagnamia fisaoragna amin-dRagnahary ho narô. Ô! Ralahy. Fa izegny tsara atao, satria tegna mitombo mare finoagna narô, draiky fitiavanarô tsaraikiraiky mampy tombo ny nolo afa.⁴ Nohony zegny zay mivolagna am-pirerehagna momba anarô amin-drô eglise ndRagnahary. Zahay magnabara momba faharaitagna narô draiky finoagna narô tamin'ny raha jiaby nagnijaihagna anarô. Magnabara momban-drô fahoriagna zaigny niharaitanarô.⁵ Izegny famantaragna fitsaragna marin-dRagnahary. Vokany horaisigny ho mendriky fanjakan-dRagnahary izaigny nijalianarô.⁶ Marigny amin-dRagnahary hamaly fahoriagna drô izaigny nampahoriagna narô,⁷ draiky hagnamia fitsaragna ho ninarô izaigny nampahoriagna niaraka taminay. Ho ataony zegny amin'ny fisehoagnan'i Jesosy Tompo avy agny an-dagnitry miaraka amin-drô anjelin'ny angoviny.⁸ Amin'ny môtro mijailajaila hagnanaovany valifaty amin-drô izaigny tsy mahay ndRagnahary draiky amin-drô izaigny tsy mamaly filazantsaran'i Jesosy Tompontosika.⁹ Irô io hijaly amin'ny hiziky fadringagna mandrakizay lavitry ankilany Tompo draiky voninahitry ny angoviny.¹⁰ Hagnano izegny izy jiaby navy amin'ny zegny andra zegny mba hagnamaizagna olo nany voninahitry izy draiky higagan-drô jiaby izaigny nino. Fa fitsangananay vavalombelogo aminarô ninoanay.¹¹ Nony zegny miavavaka isanandra ho anarô koa zahay. Mivavaka zahay mba ho mendriky ho alain-dRagnahary amin'ny fikahiagna anarô. Mivavaka zahay mba ho tanterahiny amin'ny angoviny fagniriaranô fahatsaragna draiky asan'ny finoagna jiaby. Mivavaka raha mba namianarô voninahitry agaran'i Jesosy Tompontosika.¹² Mivavaka zahay mba hagnamaizany voninahitry anarô, nohon'ny fahasoavan-dRagnahary draiky Jesosy Kristy Tompo.

Chapter 2

¹ Mikasiky favian'i Jesosy Kristy Tompotsika draiky namoriagna antsika iaraka aminanay : magnotany anarô zahay ralahy, ² mba tsy mora tabitabaigny na hangorohoro anaro, na amin'ny fagnahy, na amin'ny hafatra, na amin'ny taratasy izegny baka aminay, baka amin'ny fihavian'izegny andran'ny Tompo izegny. ³ Kaza ambela hisy olo hamitaka anaro amin'ny fomba hafahafa. Tsy ho avy raha zegny izy koa tsy hafaran'ny fahavian'ny faharavanigny, bako lelahy mpandika lalâna draiky, zanaky fanaovagna raha tsy manjary aseho. [Fagnamariagna : dikany volagna taloha sasany : "bako lelahy mpanota aseho"]. ⁴ Izy araiky manohitry draiky mampanonga tagnany amin'ny raha jiaby kaliagna Zagnahary na izegny hivavagna. Baka amin'izegny, nipetrahany tao amin'ny Tragnon-dRagnahary draiky nampisehoany tagnany ho kara zagnahary. ⁵ Tsy tsaroanarô mba zaho niaraka taminarô nivolagna raha jiaby zegny ? ⁶ Hainarô ino raha mitana izy, mba hiboahany amin'ny fotoagna araiky fo. ⁷ Miasa eky raha misitsiky, tsy fagnaragna lalâna, mandra-pialany olo araiky manakana lalagna amin'izao. ⁸ Avy io araiky tegna mpandika lalâna andeha ambara, ho vonoen'i Jesosy Tompo amin'ny fofokaingnin'ny vavany. Tompo hitonga izy amin'ny tsisy dikany baka amain'ny fisehoan'ny fiaviany. ⁹ Fiaviany araiky tegna mpandika lalâna avy amin'ny asan'ny setoany miaraka amin'ny hery jiaby, irô famantaraga, bakô irô fahagagana tsy marigny, ¹⁰ bako miaraka amin'ny fitaka jiaby amin'ny fahamarignana. Raha jiaby izegny nidrô olo very, fotony irô tsy nangala fitiavagnan'ny fahamarignana mba ahavoavonjy irô. ¹¹ Baka amin'izeny antony izegny andefasan-dRagnahary fahadisoagna mba hinoan-drô vandy. ¹² Ho saizina irô jiaby, irô zegny tsy mino fahamariagna nefa mankasitraka tsy fahamarignana. ¹³ Zahay tokony magnamia fankasitragna ndRagnahary ho anarô fo, ralahy nitiavin'ny Tompo. Zagnahary nifidy anarô voalohany vokatry amin'ny famonjegna amin'ny fagnamasigna Fagnahy draiky finoagna fahamarignana [Fagnamariagna : dikany volagna hafa vakigna : Zagnahary nifidy anarô rango tamin'ny voalohany amin'ny famonjiagna]. ¹⁴ Izegny nikahiagna anarô tamin'ny filazantsaranay mba ahazoanarô voninahitr'i Jesosy Kristy Tompotsika. ¹⁵ Dikan'izegny, ralahy, mijoroa mafy. Tana irô fahamarignana nampianarigny anarô. Na tamin'ny volagna na tamin'ny taratasinay. ¹⁶ Amin'izao ty ambila i Jesosy Kristy Tompotsika tagnany, bako zagnahary baba tsika tian-tsika draiky nagnamia antsika fankaherezagna mandrakizay draiky fahatokisagna tsara amin'ny ho avy baka amin'ny fahasoavagna, ¹⁷ hampangigniny fô naro bakô hampaherezigny anaro amin'ny asa draiky volagna tsara jiaby.

Chapter 3

¹ Amin'ny fotoagna niany ty rahalahy, vavâha zahay mba hideragna ndraiky agnamezam-boninahitra ny volagnan'ny Tompo, kay karaha zaigny koa ny aminarô. ² Vavaha zahay mba ho afaka amin'ny olo ratsy fagnahy ndraiky olo ratsy, fa tsy manam-pinoagna aby olo jiaby io. ³ Fa ny Tompo mahatoky, magnafy originy ndraiky miambigny anarô amin'ny ratsy Izy. ⁴ Fa zahay managna fatokiagna amin'ny Tompo hampahery ndraiky hiaro anarô tsy ho azon'ny ratsy salakady agnanaovanarô ndraiky hanohizananarô zaka jiaby nandidianarô zahay. ⁵ I Tompo hitariky ny fonarô amin'ny fitiavan-dRagnahary ndraiky fiaraitan'ny Kristy. ⁶ Niany ty, mandidy anarô zahay rahalahy amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompo, mba hiala aminarô rahalahy jiaby izay miaigny agnatin'ny hakamoagna ndraiky tsy arakaraka ny fomban-drazagna nalainarô aminany. ⁷ Fa ny tagnanarô mahay ny tokony hianaranarô momba zahay salakady efa nipetraka tsara taminarô koa zahay. ⁸ Avy iô, tsy nihinagna hanignin'olo maimaimpoagna tsy nandoavam-bola zahay, fa kanefa ndreky, niasa andro aman'aligny tamin'ny asa sarotro zahay mba tsy ho enta-mavesatra ho aminarô tsy araiky araiky. ⁹ Tsy hoe : noho ny tsy fanagnam-pahefagna nagnanaovanay anarô izegny. Fa kanefa ndreky, antony nahatonga zahay nagnano zegny mba ho fitaratra ho anarô, kay zegny angalanarô tahaka zahay. ¹⁰ Tamin'ny zahay niaraka taminarô, nivolagna taminarô izy hoe : " Raha ohatra olo araiky malaigny hiasa, zaigny midika fa tsy tokony hihinagna izy." ¹¹ Fa regninay fa miraviravy tagnana ny sasany taminarô fa tsy miasa aby irô fa mivandravandra magnano rahan'olo. ¹² Amin'ny fotoagna ziô ty, bekoinay ndraiky anarinay amin'i Jesosy Kristy Tompo, mba hiasa tsara amin'ny fiadanagna ndraiky hihinagna ninany. ¹³ Anarô rahalahy aza ketraka amin'ny fagnanaovagna ny marigny. ¹⁴ Raha ohatra misy tsy magneky ny tenintsika amin'ny taratasy ty, marihà tsara olo zaigny aviô aza mikambagna aminany mba hampamaignatra izy. ¹⁵ Kay, aza raisigny ho fahavalo koa izy fa anarô karaha olo mpirahalaky. ¹⁶ Fa ilay Tompon'ny fiadanagna agnamia fiadanagna anarô mandrakariva amin'ny zaka jiaby, enga anie ho tonga aminarô jiaby ny Tompo. ¹⁷ Ity veloma ataon'ny tagnako farany amirô, zaha Paoly, ity famantaragna amin'ny taratasy izay nosoratako. ¹⁸ Kay, ny fahasoavan'ny Jesosy Kristy Tompo handeha aminarô Jiaby.

1 Timothy

Chapter 1

¹ Paoly, apostolin'i Jesosy Kristy araka ny didin-dRagnahary mpamojy atsika ndraiky i Kristy Jesosy Tompotsika, ² ho agn'i Timoty, zanaka lelahy marigny amin'ny finoagna: fahasoavagna, famindram-pô, ary fiadanagna boaka amin-dRagnahary Baba ndraiky i Jesosy kristy Tompotsika. ³ Araka ny nangatako ho ataonao izikoa fa niala tao Makedonia tao za, mipetrà Efesosy ao baika havitanao mibaiko irô olo sasany tsy hampianatra fôto-fampianaragna hafa. ⁴ Tsy tokony hitandrigny irô tantara ndraiky tetiargna tsisy fiarafagnany io irô. Baka amin-drô io navian'ny adivevitry fa tsy magnampy rafitry Zagnahary, izay amin'ny alan'ny finoagna. ⁵ Ary ny tanjogno ny didy zegny fitiavagna baka amin'ny fô madio, baka amin'ny fihiritreretagna tsara, ary baka amin'ny finoagna tsisy fiatsarambelatsihy. ⁶ Ny olo sasany zegny tsy

nahataka ny tanjogno sady niala tamin-drô raha aby io hoagny amin'ny lahateny adaladala.⁷ Irô io ty ho mpampianatra lalâgna, kanefa irô tsy mahazo raha volagniny sady hizigizignin-drô.⁸ Fa atsika draiky mahay fa tsara lalâgna izikoa misy araiky mampiasa izy ara-dalâgna.⁹ Atsika mahay, fa ny lalâgna tsy natao ho an'ny olo-marigny, fa ho an'ny mpandiniky lalâgna ndraiky olo mpikatramo, ho an-drô ratsy fagnahy ndraiky mpanota, ary ho an-drô zagnahary diso sady tsy masigny. Izegny natao ho an-drô izay mamono baba ndraiky reniny, ho an-drô mpamono olo aby io,¹⁰ ho an-drô ratsy fitondran-tegna ara-nofo, ho an-drô sodomita, ho an-drô mpangala an-kerigny olo mba ho andevozigny, ho an-drô mpavandy, ho an-drô vavolombelogo tsy marigny, ary na ino na ino hafaka manohitry ny fampianaragna mahatoky.¹¹ Io fampianaragna io zegny mifagnaraka amin'ny volagnan-dRagnahary vohatahy izay nankinigny taminaka.¹² Isaorako i Kristy Jesosy Tompontosika. Nampahery za Izy, fa nataony mahatoky za, ary nanendry za ho amin'ny fanompoagna Izy.¹³ Za olo mpivolagna raha tsy manjary, mpagnenjiky, sady lehilahy mahery setra. Kanefa nahazo famindram-pô za fôtony tamin'ny tsy fahaizagna no nagnanôvako zegny noho ny tsy finoagna.¹⁴ Fa ny fagasoavagna ny Tompontosika no nandrakotro tamin'ny finoagna ndaiky fitiavagna izay ao amin'i Kristy Jesosy.¹⁵ Ity hafatra ity zegny azo antoko ndraiky mendriky ny fagnikiagna jiaby, fa i Kristy Jesosy zegny navy teto an-tany hamonjy irô mpanonta. Za no ratsy indrindra tamin-drô.¹⁶ Fa nohon'izegny antony izegny no namindragna fô taminaka, mba baka aminaka, ny tegna maventy, i Kristy Jesosy zegny mety hagnaboaka ny faharetagna jiaby. Nagnano zegny Izy ho ohatra amin-drô izay magniry hatoky Izy ho an'ny fihainagna mandrakizay.¹⁷ Ary ho an'ny mpanjakan'ny taogno, tsy mety maty, tsy hita maso, ny Zagnahary tôkagna, anie ny laza ndraiky voninahitry mandrakizay doria. Amênny.¹⁸ Ity didy ity no amiako anao, Timoty, zanako, araka irô faminaniagna nataoko mikasiky anao taloha tagny, fa anao zegny mety angady ny angady tsara,¹⁹ ny fitanagna ny finoagna ndraiky fitandrignesana ny fihiritreretagna tsara. Tamin'ny fandavagna zegny, misy ny nagnano sambo vaky ny finiagnanany.²⁰ kara ny Hymeneo ndraiky Aleksandro, izay natolotro ho an'i setoany mba ampaianarigny irô tsy hivolan-dratsy.

Chapter 2

¹ Vohalahany zegny, mamporisiky za fa irô fangatahagna, vavaka, fifonagna, ary fisaoragna, natao ho an'olo jiaby,² ho an-drô mpanjaka ndraiky irô jiaby ao amin'ny fahefagna, baika hahafantsika miaigny am-piadanagna ndraiky mihaiginy milamigny amin'ny toe-pagnahy araka Zagnahary ndraiky fahamendregna jiaby.³ Tsara zegny sady azo ikegna eo agnatrehana-dRagnahary mpagnavotrontsika.⁴ Tiany havôtagna aby olo jiaby ary hoavy amin'ny fahaizagna ny marigny.⁵ Fa araiky fo Zagnahary, ary araiko fo koa mpagnelagnelagna Zagnahary ndraiky olo, atao hoe lehilahy Kristy Jesosy.⁶ Izy nagnamia tegnany ho vidim-pagnavôtagna ho an'olo jiaby, karaha ny fitsanganagna vavolombelogo amin'ny fotoagna tôkany ho izy.⁷ Fa amin'izegny tanjogno zegny, za, ny tegnako, natao ho mpitory ndraiky apostoly. mivolagna ny marigny za. Za tsy mavandy. mpampianatra irô Jentilisa amin'ny finoagna ndraiky fahamarignana za.⁸ Nohon'izegny, tiako ny lehilahy jiaby na ahia na ahia mba hivavaka ndraiky hanagagna tagnana masigny tsy an-keloko na amin'ny fifandiragna.⁹ Kara zegny koa ny magnangy, tiako mba hisikigny akanjo mendriky izy, amin'ny fahazotoagna ndraiky fahafehezan-tegna. Tsy tôkany hagnano fagnêva mitaly, na volamena, na vangovango, na akamjo lafo vanga.¹⁰ Tiako irô hisikigny amin'izay mety ho an-drô magnangy izay hagnaboaka toe-pagnahy araka ny Zagnahary baka amin-drô asa tsara.¹¹ Ny magnangy zegny tôkany hianatra ampahangignana ary hagneky tanteraka.¹² Tsy ambelako hampianatra ny magnangy na hampihatra fahefagna amin'ny lehilahy, fa hijanogno agnaty fahangignana.¹³ Fa Adama no noforôgninyvohalahany, aviô i Eva.¹⁴ Adama zegny tsy voafitaka, fa ny magnangy no voafitaka tanteraka tamin'ny fandikan-dalâgna.¹⁵ Na magnano zegny ndraiky hovonjegna izy baka amin'ny fitirahan-tsaiky, izikoa mitohy amin'ny finoagna ndraiky fitiavagna ary fahamasignana miaraka amin'ny fihononan-tegna.

Chapter 3

¹ Matokisa volagna ty: Izikoa misy olo araiky magniry ho mpiandraikitry, dikany zegny magniry asa tsara izy.² Nohon'izegny ny mpiandraikitry tsy maintsy tsy manan-tsigny. Tsy maintsy manambady viavy ariky fo koa izy. Izy zegny tôkany hshsy handanjanja, hendry, tia filaminagna, tia mandray olo. Tsy maintsy mahay mampianatra izy.³ Tsy tôkany ho zatra ratsy amin'ny divay izy, tsy olo mpikatsiky ady, fa mba malemy fagnahy, feno fiadanam-pô. Ary izy tsy tôkany ho tia vôla.⁴ Tôkany hitantara tsara nytokantragnony izy, ary irô zanany zegny tôkany harikitry izy am-pagnajagna tsara.⁵ Akôry ataony ikarakara fiangonagna Zagnahary, izikoa tsy hainy mitantara tokantragnonany.⁶ Tsy tôkany ho olo vo niôva fo izy, mba tsy ampihômbohômbo izy ka ho lavo amin'ny fagnamelogana karaha ny setoany.⁷ Izy fo kos zegny tsy maintsy tsara laza amin-drô agny ivelany, baika tsy ho lavo agnaty fahafaham-baraka ndraiky ny fandriky ny setoany.⁸ Karaha zegny koa irô Diakona, tôkany ho mendriky. Irô zegny tsy tôkany higiaka divay be loatra na tsy mahay miafy ara-tsakafo.⁹ Tôkany hitagna ny fahamarignan'ny finoagna nambara miaraka amin'ny fiô ny fihiritreretagna madio.¹⁰ Irô fo koa zegny no tôkany ho sedraigna vohalahany, aviô tôkany hanompo fôtony irô tsisy tsigny.¹¹ Irô magnangy aby io koa mba magneva zegn koa. Tsy tôkany ho mpagnendrikendriky irô. Tôkany hahay handanjanja ary mahatoky amin'ny raha jiaby.¹² Irô Diakona koa mba tôkany hanambady viavy araiky fo. Tsy maintsy mitantagna tsara irô zanany ndraiky tokantrangnonany irô.¹³ Fa zay olo nanompo tsara, hahazo ny laza tsara ndraiky fahatolisagna maventy amin'ny finoagna ho an'ny tegnany irô zaiginy amin'ny Jesosy Kristy.¹⁴ Za manoratra irô raha aby ireto aminao, ary magnantegna ny ho avy tsy ho ela agny aminao za.¹⁵ Fa za koa zegny tara, manoratra mbaika hahazanao ny fitondran-tegna ao

amin'ny tokantragnon-dRagnahary, izay fiangonan-dRagnahary velogno, vato araiky fehizoro ndraiky fiolegnan'ny fahamarignana.¹⁶ Tsy azo toerigny fa fahamarignana nambara izay araka Zagnahary zegny maventy: "Izy niseho tami'ny nofo, nohamarignin'ny Fagnahy, hitan'ny anjely, nambara tagnivon'irô firenena, ninoan'izao tontolo izao, ary natsangana tamim-boninahitry."

Chapter 4

¹ Amin'iziôty mivolagna mazava tsara ny Fagnahy fa amin'ny afara agny, hiala amin'ny finoagna ny olo sasany sady mitandrema tsara amin-drô fagnahy mpamitaka ndraiky irô fampianaran-drô setoany ² amin'ny fihatsarambelatsihin'ny mpavandy. Fa voamariky amin'ny vy may heritreritrin-drô. ³ Tsy himboagna irô manambady ndraiky ny mangala irô hanigny izay noforôgnin-dRagnahary ho zaraingna amin'ny fisaoragna amin-drôizay mino ndraiky izay mahay ny marigny. ⁴ Fa ny raha jiaby izay noforôgnin-dRagnahary zegny tsara aby. Tsisy hiekena ny raha jiaby nalaintsika tamim-pisaoragna. ⁵ Fa nohamasigniny tamin'ny tenin-dRagnahary ndraiky vavaka zegny. ⁶ Izikoa apetrakandrô alohan-drô rahalahy irô raha aby io, ho mpanompo tsaran'i Jesosy Kristy anarô. Fa nitaizagna tamin'ny tenin'ny finoagna ndraiky tamin'ny fampianaragna tsara araiky narainarô anarô. ⁷ Fa lavo i angano nitantarain'ny matoe vavy igny. Kanefa, tarita agnamia voninahitry Zagnahary ny volagnanarô. ⁸ Fa efa ely fo ny azo ampiasaina vatagna fôrimegna, kanefa fampiasaina amin'y raha jiaby ny toetry araka zagnahary. Mitana fampanantenagna amin'ny fiainagna zioty ndraiky ny fiainako jiaby. ⁹ Ity hafatra ity zegny mendriky atokisagna sady mendriky ny fahafenoan'ny fagnekena. ¹⁰ Nohon'izegny, hitologno ndraiky hiasa mare atsika. Fa matoky ao amin'ny Zagnahary velogno atsika, izay mpamonjy olo jiaby, indrindra irô zay mino. ¹¹ Ambarà sady ampianara irô raha aby io. ¹² Tsy tôkony hisy olo tsy agnisy fôtony fahatanoragnanao. Fa kanefa tôkony ho hoatra hoan-drô izay mino, amin'ny fivolagnana, fitondran-tegna, fitiavagna, ary fahadiovagna. ¹³ Mandra-piaviako, tohiza ny famakiagna, ny fagnanaragna, ndraiky fampianaragna. ¹⁴ Kaza ambanimbagnina ny fagnomezam-pahasoavagna izay ao aminao, izay namiagna anao tamin'ny alalan'ny faminaniagna, niaraka tamin'ny fametrahan-tagnan-drô olo maventy. ¹⁵ Arôva irô raha aby regny. Magnikia mba ho ao amin-drô regny, baika hahazo olo jiaby ny fandrosoagnanao. ¹⁶ Tandrema tsara ny hainginao ndraiky ny fampianaragna. Tohiza irô raha aby igny. Fa izikoa anao magnano karazegny, hivonjega ny tagnanao ndraiky irô mitandregny anao.

Chapter 5

¹ Kaza masiasiaika ny matoelaha. Fa anara karaha baba izy. Anara karaha atao magnanatra rahalahy irô lehilehy tanora. ² Anara karaha reny irô vihavy matoe, ary irô magnangy tanora karaha ny anabavy amin'ny fahadiovagna jiaby. ³ Magnajà irô mpitongategna, irô tegna mpitongategna. ⁴ Fa izikoa misy zanaka na tsaike ely ny mpitongategna araiky, ambila akendriky irô hianatra agnaboaka fagnajagna agnaty tokatragnonany. Tokony hamaly babegna aby irô amin-drôray aman-dreny, fôtony ankasitahan-ndragnahary zegny. ⁵ Fa ny tegna mpitondrategna zegny nambela manôkagna. Mametraka ny fatokisany amin-dRagnahary izy. Mipetraka zisaka amin-drô fangatahagna draiky vavaka marandraigny sy ariva. ⁶ Na dia zegny draiky, maty aby ny vihavy izay mihaingy ho amin'ny fafinaretagna, na dia bala velogno izy. ⁷ toria irô raha aby zegny mbaika tsy azahoan-drô tsigny. ⁸ Fa izikoa nisy olo tsy magnamia ho an-drô havany marikitra, indrindra ho an-drô izay ao agnatin'ny ankohonany, zegny tsy nagneky ny finiagna izy ary ratsy lavitry noho ny tsy mpino. ⁹ tokony hisoratigny koa ny vihavy izay tsy latsaka ny tsôtampolo taogno, magnangy ariky vadin'ny lalaha araiky. ¹⁰ Tokony ho hay nohon'irô asa tsara izy, na nikarakara orô tsaike, na koa nampidriky irô vahiny tan-tragno, na nagnasa vitin-drô mpino, na nampahivagna ny alahelo, na nanolo-tegna tamin'ny asa tsara jiaby. ¹¹ Fa ho an'irô mpitondrategna mbala tanora koa, aza magneky hanoratra agnaty lisitra irô. Fa izikoa magnetraka amin'ny filan'ny vatagna hanohitry an'i Kristy irô, tihanabady dikany zegny. ¹² Amin'izegny irô hahazo sazy fôtony namadiky ny fanoloran-tegnany voalohany. ¹³ Kai najary zatra nalaigny koa irô. mandiana mitety tragno. Tsy hoe loso malaigny fo irô fa nanjary mpagnasaha sady mpikatsiky ady koa. Mivolagana raha tsy tokony volagniny irô. ¹⁴ Nohon'izegny tiako hanambady aby irô vihavy mbala tanora, hiteraka, hikarakara tokantragno, mba tsy avitany magnamia hiraka ny fahavalo hagnampanaga fa zahay nagnano ratsy. ¹⁵ Fa ny sasany fa nivezigny hagnaraka Satana. ¹⁶ Izikoa misy magnangy mino managna mpitondrategna, tokony hagnampy irô izy, baika tsy hankavesatra ny fiangonagna, baika hahafany hagnampy irô tegna mpitondrategna marigny. ¹⁷ Irô olo lohandoan'ny izay manapaka tsara baika hiraisigny ho mendri-boninahitry aroe agnabo regny, indridra irô izay miasa miaraka ami'ny volagna ndraiky amin'ny fampianaragna. ¹⁸ Fa hoy ny sôratra Masigny hoe: "Tsy tokony hamehy vavan'ny aomby anao izikoa mbala mively voa izy." avio koa: "Ny mpiasa zegny mendriky ny karamany." ¹⁹ Kaza mangala fiampagangna manohitry ny lohandoan'olo araiky izikoa tsisy misy vavolombelogno aroe na telo. ²⁰ Ahitsia eo alohan'ny raha jiaby irô mpanota mbaika havoza ny ambiny hafa. ²¹ Mandidy anao mare zao eo alohan-dRagnahary ndraiky eo alohan'i Kristy Jesosy ndraiky irô anjely voafidy, baika hitananao irô didy aby io tsisy fisarasaragna ary baika tsy hagnanaovanao na ino na ino amin'ny fiadanagna. ²² Aza mekimiky mametra-tagnana amin'ny olon-kafa. Tokony hitana tagnanao hadio anao. ²³ Tokony tsy higiaga rano eky anao. Kanefa, tokony hangla divay hely anao ho an'ny vavony ndraiky irô aretigninao mateti-pitranga. ²⁴ Ny fahotan-drô olo sasany zegny hay miharihary, ary irô koa zegny mandeha alohan'irô ao amin'ny fitsaragna. Fa ny ota sasany hagnaraka baka hafara. ²⁵ Kara zegny koa, misy asa tsara hay koa, nefa irô sasany zegny koa tsy mety asitriky.

Chapter 6

¹ Zay raha jiaby ambanin'ny zioga karaha irô andevo baika agnana ny tompony ho mendriky ny haja jiaby. Tokony agnana zegny aby irô baika tsy hivolagnan-dratsy ny agnaran-dRagnahary ndraiky ny fampianarana. ² Irô andevo managna tompo mino zegny tsy tokony hagnano tsinotsinogno irô fôtony mpirahalaha aminany. Kanefa, irô tokoy hanompo irô fo. Fa irô tompo zay nampiana tamin'ny asan-drô zegny mpino sady tiavigny. Ampianara sady ambaraha irô raha jiaby. ³ Hevera fa olo zeny mampianatra amin'ny fomba hafa sady tsy magneky ny fagnambarantsika ara-pinoagna, izay volegna Jesosy Kristy Tompontsika. Hevera fa irô io zegny tsy magneky ny fampianarana araiky mitonga amin'ny toetry karaha ny Zagnahary. ⁴ Ny olo izay mipoera-poera sady tsisy raha hay. Kanefa, izy zegny adalagnan-drô hadihevitra ndraiky irô fadisian-dahatra momba irô volagna. Iregny volagna iregny miteraka fialogana, fanevatevagna, ahiahy ratsy, ⁵ sady ny fifanojoagna amin'olo maloto saigny. Mila amin'ny marigny irô. Mihevitra izy fa ny toetry karaha ny Zagnahary no fomba haviagna ho mpanan-karena. [Fagnamariagna: Ny fandikagna sasany taloha zegny magnampy hoe: "Mila amin'ny raha karaha zegny". Fa ny fandikagna taloha tegna tsara zegny tsy magnampy zegny.] ⁶ Ary ny jery karaha ny Zagnahary miaraka amin'ny fahafaham-pô zegny tombony maventy. ⁷ Fôtony atsika tsy mitonga nino nino amin'izao tontolo izao. Tsy hahavita hitonga nino nino atsika. ⁸ Fa kanefa, tokony atsika ho afa-pô amin'ny hanigny ndraiky lamba. ⁹ Sady irô izay ty ho lôso mpanan-karena zegny latsaka ao agnatin'ny fakam-pagnahy, agnatin'ny fandriky. Latsaka tagnatin'ny hadalagna ndraiky irô filagna mampidi-doza maro irô, sady irô hafaka mandetiky irô olo amin'ny faharavagnana ndraiky fandavoagna. ¹⁰ Fôtony fôtotron'irô karazagna raha ratsy jiaby ny fitiavam-bola. Ny olo sasany izay magniry zegny efa voavezigny niala tamin'ny finoagna ary nitrebiky ny tegnany irô tamin'ny fahoriagna maventy. ¹¹ Fa anao, oh ry lelahin-dRagnahary, milifasa irô raha aby io. Mihezaha mitady ny fahamarignana, ny toetry mifagnaraka amy Zagnahary, ny fahatokisagna, ny fitiavagna, ny faharetagna ndraiky ny hatsaram-pagnahy. ¹² Miadiva am-pinoagna. Hahazo fihainagna mandrakizay fa ho amin'izegny no hikahiagna anao. Zegny antony nitsangananao vavolombelogo amin'izay inoanao tagnatrehana-drô vavolombelogo maro tamin'ny tsara. ¹³ Za ny nagnamia anao didy zegny eto aloan-dRagnahary, izay nahatonga raha jaby velogno, ary agnatrehana'i Kristy Jesosy, izay nivolagna ny marigny tamin'i Pontio Pilato. ¹⁴ Kolokoloha tsara ny didy, tsy manan-tsigny, mandra-pihavian'ny Tompontsika Jesosy Kristy. ¹⁵ Zagnahary magnaboaka ny fisehoany amin'ny fotoagna tôkoy ho izy_Zagnahary, araiky nitahigna, araiky ngôvo tôkagna, araiky Mpanjaka izay nanjaka, ary araiky Tompo izay manapaka. ¹⁶ Izy zaraiky fo managna ny tsy fahafatesagna ary mipetraka amin'ny hazavagna tsy digny zahagna. Tsisy olombelogo mahita izy na hafaka mizaha izy. Ho anany anie ny voninahitra ndraiky fahefagna mandrakizay. Ameny. ¹⁷ Volagna olo managna jiaby ambony tany ty mba tsy hipoera-poera, ndraiky magnantegna fanagnana, zay tsy azo antoko. Fa kanefa, tokony hagnantegna Zagnahary irô. Magnamia atsika fanagnana marigny jiaby Izy baika hiravoravoantsika. ¹⁸ Volagna irô mba hagnano tsara, baika hanagna fanagnana amin'ny asa tsra, mba alala-tagnana, sady vôgnonoa handrasa. ¹⁹ Amin'izegny fomba izegny, no hitanan-drô ny fôtotro tsara ho an'ny tegnany amin'izay ho avy, kai hitanany ny tegna fihainagna. ²⁰ Ry Timoty, tandrema izay namiagna anao. Hialaha ny koraga adala ndraiky fandrision-dahatra mifanohitra mikasiky ny fikahiagna tsy marigny ny amin'izay atao hoe fahaizagna. ²¹ Olo sasany magnambara raha zegny midika fa tsy nahatsiaro finognanany irô. Ho aminarô anie ny fahasavagna.

Titus

Chapter 1

¹ Paoly, mpanompon-dRagnahary ndraiky Apostolin'i Jesosy Krsity, hagnamafy ny finoagnan'olo voafidin-dRagnahary ndraiky fahalalagna ny marigny magnaraka ny toe-pagnahy araka ndRagnahary, ² amin'ny fahatokisagna fiainagna mandrakizay, nampagnategnain-dRagnahary, araiky tsy mavandy, tamin'ny taloha tagny. ³ Tamin'ny fotoagna voatôndro, nambarany volagnanany tamin'ny hafatra natokisany hampitaiko. Nataoko araka hirakan-dRagnahary Mpamonjy antsika izegny. ⁴ Ho an'i Titosy, zanaka marigny ao amin'ny finoagna hitambaratsika. Fahatsaragna ndraiky fiadanagna baka amin-dRagnahary Baba ndraiky Jesosy Kristy Mpamonjy atsika. ⁵ Baka amin'ny antony izegny nambilako anao tagny Kreta, mba handaminanao raha jiaby mbôla tsy vita ndraiky hanindregny olo be isaka tanàna araka zegny nagnirahako anao. ⁶ Olo be zegny tsy tokony hanagna tsigny feky, vadim-biavy araiky, managna zanaka mino tsy voampanga amin'ny raha tsy manjary na maditry. ⁷ Tadiaviny mpitandrigny, amin'ny maha-mpagnano asan-dRagnahary, tsy fanagnana tsigny. Tsy tôkony hahery fivolagnana na mipoera-poera. Tsy tôkony mora meloko, tsy mamolava, tsy tia miady, bakô tsy olo tia vola. ⁸ Kanefa ndraiky, tôkony hampiantrano izy, namagna tsara fagnahy. Tsy maintsy olo mahalefity tegna, marigny, masigny, bakô mahafehy tegna. ⁹ Tôkony mitagna mare hafatra zegny fa nampianarigny izy, mba ahafany mampahery irô hafa amin'ny fampianarana tsara bakô hagnitsy irô zegny manohitra. ¹⁰ Fa maro olo mpiketrikely, indrindra irô zegny voavositry. Tsisy dikany raha volagnin-drô. Magnadiso fagnatenagna ndraiky mitariky olo amin'ny lalagna diso irô. ¹¹ Ilaigna magnajanogno irô. Mampianatra raha tsy tôkony hampianarigny irô mba hazahoagna haregna maloto ndraiky mandrava fianakaviagna jiaby. ¹² Nisy araiky tamin-drô, lelahy misy jerin-drô, nivolagna: " Kretana mpavandy fo, ratsy bakô biby mandoza, kamo hangaigany." ¹³ Marigny raha nambarany izegny, dikan' izegny anara mare irô mba hatanjaka amin'ny finoagna. ¹⁴ Kaza miraha anganon'ny Jiosy na didin'olo niala tamin'ny fahamarignana. ¹⁵ Hoan'irô zegny madio, madio amin'ny raha jiaby. Fa hoan'irô voaloto ndraiky tsy mino, tsisy madio na aminino na

aminino. Baka amin'ny saigny ndraiky fieritreretany efa voaloto. ¹⁶ Magneky mahay ndRagnahary irô, naifa ndraiky tsy magneky irô amin'ny asa vitany. Mpandika lalâgna ndraiky mpagnaratsy irô. Tsy mavita asa tsara na ino na ino.

Chapter 2

¹ Anao ndraiky, magnambarà zegny mifagnaraka amin'ny fampianaragana marigny. ² Irô lelahy efa nahazo taogno tsy maintsy mahay magnaja tegna, matotro, mahafehy tegna, matanjaka amni'ny finoagna, amin'ny fitiavagna, bakô amin'ny faharaitagna. ³ Kara zegny koa irô viavy efa nahazo taogno tôkony hampiseho fa irô tsara fitondran-tegna, fa tsy hifampitsiko. Tsy tôkony andevozin'ny divay loatra irô. Tôkony hampianatra tsara irô ⁴ mba hampiofagna irô viavy tanora ho tegna tia vady ndraiky zanany. ⁵ Tôkony hampianatra irô hahafehy tegna, hadio, hikorakara tokantragnô tsara, bakô hagnaja vadiny irô. Tôkony hagnano raha jiaby zegny irô mba tsy ho voatsinotsino volagna Zagnahary. ⁶ Kara zegny koa, ampaheraza irô lelahy mbola manafo mba hagnaja tegna. ⁷ Amin'ny fomba jiaby ambarà tegananao ho modelin'irô asa tsara; bakô, izy koa mampianatra anao, magnaboaha hafitsiagna ndraiky fahamendrehagna. ⁸ Mivolagna hafatra tsara sady tsisy tsigny, mba hahay megnatra izegny tsy magneky na azovy na azovy, fôtony tsy managna na ino na ino ratsy hambara mikasiky atsika izy. ⁹ Irô mpanompo tôkony agneky ny tompony amin'ny raha jiaby. Hagnano zegny tiany atao fa tsy hifamaly aminanany. ¹⁰ Tsy tôkony hanganlaganlatra irô. kanefa, tôkony hagnaboaka finoagna tsara jiaby irô, mba hampamendriky fampianaragnantsika mikasikin-dRagnahary mpagnavotro atsika amin'ny raha jiaby. ¹¹ Efa niboaka tamin'olo jiaby fasoavan-dRagnahary. ¹² Mampianatra atsika tsy agneky toetry tsy magnaraka Zagnahary ndraiky filân'izao tontolo izao izegny. Mampianatra atsika hiaigny am-pinoagna, am-pahamarignana, ndraiky araka lalâgna ndRagnahary amin'ny fotoagna iaingantsika iziô ¹³ iô am-piambesantsika mare zegny hangalantsika fagnantenagna meva, fimboahany voninahitry Zagnaharintsika maventy ndraiky Mpamonjy Jesosy Kristy. ¹⁴ Jesosy Kristy nanolotro teganany ho atsika mba hagnavotro atsika hiala amin'ny tsy fagnarahan-dalagna jiaby ndraiky hagnadiovagna, ho an'ny teganany, olo araiky izegny tegna mavitriky hagnano asa tsara. ¹⁵ Ambarà bakô indesà ampaherezigny irô raha irô. Magnameza fagnitsihagna amin'ny fahefagna jiaby. Aza imboagna hisy olo hagnano tsinontsino anao.

Chapter 3

¹ Ampahereza irô hagneky irô mpanapaka ndraiky irô manam-pahefagna, hagneky izegny irô, mba vognono amin'ny asa tsara jiaby. ² Ampatsarôva irô tsy handatsa na azôvy na azôvy, hiala amin'ny adihevitra, hagnambela hafa hagnaraka lalagnanany, aviô hagnamboaka fanetren-tegna amin'ny olo jiaby. ³ Tamin'ny taloha teganantsika tsy mba nanagnana saigny ndraiky tsy nagneky. Voataogno tamin'ny lalagna diso atsika bakô nandevonin'ny filâgna ndraiky fafinarentagna samy hafa. Niaigny tao amin'ny faratsiagna aviô fialôgnana atsika. Natao ts tiagna izahay bakô tsy nifankalaigany atsika. ⁴ Izy koa nimboaka hatsaram-pagnahin-dRagnahary mpagnavotro atsika ndraiky fitiavany olombelognô, ⁵ tsy tamin'ny asan'ny fahamarigna nataontsika izegny, fa tamin'ny famindram-pô namonjany atsika. Izy namonjy atsika baka tamin'ny fagnadiovagna fahaterahagna vaovao avio fagnavaozagna tamin'ny Fagnahy Masigny. ⁶ Zagnahary nandatsaka tamintsika Fagnahy Masigny maro baka tamin'i Jesosy Kristy mpagnavotro atsika. ⁷ Nataony izegny mba, ho voamarigny tamin'ny fasoavagna, kay ho tonga mpandavo atsika avy amin'ny fatokisagna ndraiky fiainagna mandrakizay. ⁸ Izegny hafatra zegny mba tôkony atokisagna. Taiko hagnambara mikasiky raha zegny am-pahatokisagna anarô, mba irô zegny matoky Zagnahary mba hikasa hagnano irô asa tsara zegny efa napetrany tio alohan-drô. Raha zegny sady tsara no mahameva hoan'olo jiaby. ⁹ Ialà adihevitra adala ndraiky tantaram-pirazagnana bakô tsy fifankazahoagna aviô ady mikasiky lalâgna. Irô raha aby zegny raha tsisy dikany sady tsy maha tsara. ¹⁰ Tsy magneky olo jiaby miteraka fizarazaragna io agnivoranô, hafarany fampitandremagna na indraiky na indroe, ¹¹ bakô ataova hay fa olo kara zegny niala tamin'ny lalagna marigny aviô manonta ndraiky mampan-diso teganany. ¹² Izy koa fa niaraka i Artema na Tykiko agny aminarô zaho, mandiana malaky aminaka agny Nikopolia, izegny nangalako hevitra handianagna ririgniny. ¹³ Alefasa malaky Zena, araiky mpahay lalâgna, aviô Apolosy, mba tsy ho hisy raha hampijaly irô. ¹⁴ Olontsika tsy maintsy mianatra magnano asa meva ilaigna malaky mba ts aviany irô tsy hamokatra. ¹⁵ Irô jiaby miaraka aminaka magnano veloma anarô. Magnanaova veloma irô zay tia atsika amin'ny finoagna. Ho aminarô jiaby anie fahasoavagna.

Philemon

Chapter 1

¹ Paoly, voagadran'i Jesosy Kristy, ndraiky Timoty rahahiny ho agny amin'ny Filemona, ² bakô Apia anabavinay, ndraiky Arkipo miaramila namanay, Ho an'ny l'eglise zegny mivavaka an-tragno nao ao. ³ Ho aminarô anie fahasoavagna ndraiky fiadagnana baka amin-dRagnahary Babatsika ndraiky Jesosy Kristy Tômpo. ⁴ Mankasitraka ndRagnahariko za. ⁵ Manogniny Anao za amin'ny fivavahako. Efa naharegny mômba fitiavagna ndraiky finoagna amin'i Jesosy Tômpo ao bakô. ho andrô mpinoava jiaby za. ⁶ Mivavaka za mba hisiany fiombognana amin'ny finoagnanao hahomby amin'ny fahalalagna zaka tsara jiaby amintsika iô amin'i Kristy ao. ⁷ Fa nanagna haravoagna ndraiky nahay nionigny za nihin'ny fitiavagnanao, fôtony fôn-drô mpino velom-belognô baka tamin'ny alalanao, rahahy. ⁸ Dikany zegny, na managna fahasahagna jiaby baka amin'i Kristy nandidy Anao mba nagnano zegny tôkony hataonao, ⁹ nèfa nohon'ny fitiavagna,

nikaiky Anao za- zaho, Paoly, lelahy fa matoe, bakô iziô gadra ho an'i Jesosy Kristy.¹⁰ Nangataka Anao za amin'ny zanako Osesimosy, natêrako tamin'ny gadra. ¹¹ Fa izy Tsy nahatsara anao taloha tiô, fa iziô izy nahatsara anao ndraiky za. ¹² Nalêfako nimpody andêha aminao agny izy, têngnany tiako. ¹³ Magnîry hitana izy miaraka aminaka za, mba hafahany manompo zaho Anao, izy ka mbala mifehy nohon'ny flazantsara za. ¹⁴ Nêfa tsy tia nagnano na ino na ino za izy koa Tsisy fagnikiagna za. Tsy tiako ho an-katiregny asa tsara ataonao fa an-tsitrâpô. ¹⁵ Angambà dikany zegny nisarahanany taminao fotoagna hely, mba hanagnanao izy mandrakizay. ¹⁶ Tsy andevomeky baka izy, fa tsara mandilatra andevo, kay ralahy malala. Izy têngnany malala aminaka, bakô mandilatra Anao, na amin'ny nôfotro na amin'ny Tômpo ao. ¹⁷ Kay izy koa managna za ho mpiara miasa anao, raisà kara za izy. ¹⁸ Izy ka magnano raha Tsy mety izy na mitrôsa na ino na ino aminao, ataova aminaka izegny. Zaho, Paoly, tagnako manôratra ity: ¹⁹ Zaho ndrô hagnêfa aminao. Tsy hoe mivolagna aminao zegny za Kay midriky trôsa aminaka anao. ²⁰ Ia, ry ralahy, ataovà mahazo tombony amin'ny Tômpo ao za; ambilâ mba mangala kajo fôko ao amin'i Kristy. ²¹ My Toky mahakasiky fankatoavanao, soratako ho nao. Haiko fa nagnano mandilatra zegny angatahiko anao. ²² Mandritra fotoagna zegny fo, homagna ho anakahy chambra tragnony vahiny, magnantêgna za fa baka amin'ny vavakanao hampody aminao ndraiky za. ²³ Epafra, namako mpiara migadra amin'i Jesosy Kristy ao, magnano veloma anao.

²⁴ Kara zegny koa i Marka, Aristarko, Demasy bakô Lioka, mpiara-miasa aminaka. ²⁵ Ho amin'ny fagnahinarô anie fahasoavagnan'i Jesosy Kristy Tompontosika. Amen.

Hebrews

Chapter 1

¹ Taloa fa ela be tagny zegny Zagnahary nikoragna tamin'ny razambentsika baka tamindrô mpaminany tamin'ny fotoagna ndraiky tamin'ny fomba maro. ² Fa amin'ny andra farany ziôty, nikoragna tamintsika baka tamin'ny Zanany lahy Izy, araiky nitondreny ho mpandova ra jiaby. Baka Taminany fo koa nagnamboaran-dRagnahary ity tany ity. ³ Izy zegny famirapiratan'ny voninahitrin-dRagnahary, araiky tegna endriky Tegnany. Na ra jiaby zegny tanany hiaraka baka amin'ny ngôvon'ny volagnanany. Tafarany zegny nagnadiovan'ny regny, kay nipetraka ambanin'ny tagnan'ankavanan'ny Mavety agny amin'ny avo Izy. ⁴ Roso agnabony kara irô anjely Izy, fôtony agnaranany nilovainy zegny tsara mihoatra agnarandrô. ⁵ Fa azôvy tamindrô anjely io zegny mba nivolagnan-dRagnahary hoe: "Zanako ianao, nivadiky Babanao Zaho niany" Nivolagnindraiky hoe: "Ho babany Zaho, kay azôvy ho Zanako"? ⁶ Sady izy koa fa nitondra lahimateo teto amin'ity tany ity Zagnahary, nivolagna Izy hoe: "Irô anjelin-dRagnahary jiaby zegny tsy maintsy midera Izy hoe Izy." ⁷ Miasiky irô anjely zegny nivolagna Izy hoe: "Izy araiky nagano irô anjely ho fagnahy, aviô irô mpanompo nataony lelan'afo." ⁸ Fa mikasiky Zanaka zegny, nivolagna Izy hoe: "Ny sezy fiandriananao, anao Zagnahary Zegny mandrakizay doria. Volagna fanjakananao zegny tehin'ny fitasaragna. ⁹ Nitia fahamariagna anao sady tsy nitia fandikan-dalàna. Dikany zegny, Zagnaharinao zegny Zagnahary, nagnôsotro anao tamin'ny mainaka hafaliagna noho irô mpiara-dia aminao." ¹⁰ Tagny tamin'ny voalohany, ry tompo, Anao namôrognô fôtotro tany. Irô langitry zegny asan'ny tagnanao. Hatriaka kara fa tapa-damba irô. ¹¹ Ho ravagna irô, fa Anao hanohy. ¹² Hamôritry irô kara fa lambanao, sady ovagna kara poti-damba irô. Kara zegny koa anao, aviô taogonanao zegny tsisy fihafarany." ¹³ Fa azôvy tamindrô anjely nivolagnan-dRagnahary tamin'ny fotoagna jiaby hoe: "Mipitrà amin'ny tagnana ankavanako mandra-pagnanaovako irô fahavalonao ho sezin'ny vitinao"? ¹⁴ Kay irô anjely jiaby io tsisy fagnahy manompo, kay nalefa hiahy irô zegny andova famonjegna?

Chapter 2

¹ Dikany zegny atsika tsy maintsy mitandrigny mare amin'ny ra regnintsika mba tsy hagnara-drenirano amin'ny zegny atsika. ² Izy koa marigny hafatra zaigany nivolagniny baka tamindrô anjely, aviô fandikan-dalàgna jiaby ndraiky tsy fankatoavagna zegny mangala sazy ara-drariny, ³ akory zeny hafahantsika milefa izy koa tsy mijery famonjegna mavety be zegny atsika? Io zegny famonjegna nambaran'ny Tompo voalohany ndraiky namafisindrô zaigany naregny zegny tamintsika. ⁴ Tamin'ny fotoagna io fo koa zegny Zagnahary nankamarigny zegny tamin'ny famantaragna, fahagagagna, ndraiky irô fagnamaizam-pahasoavan'ny Fagnahy Masigny araka sitrapôny. ⁵ Fa tsy tamindrô anjely nampaneken-dRagnahary ho avin'ity tany ity mikasiky koragnantsika zegny. ⁶ Kanefa, nisy olo nijoro vavolambelognô ho avin'ny tany zegny, magnano hoe: "Ino olo, anao misaigany izy? Nndray zanak'olo, mikarakara izy anao?" ⁷ Anao zegny nagnano olo ambany hely noho irô anjely; nisikininao satro-boninahitra tamin'ny vinahitr sy sy dera izy. [Fagnamarihagna: Ny dikan-teny sasany taloha dia miampy hoe: "Kay anao nagnapetraka izy amindrô asan'ny tagnano."] ⁸ Ra jiaby zegny nampagnekenao ambanin'ny vitiny iô." Ho izy no nampagneken-dRagnahary ra jiaby. Tsy namela na ino na ino izy koa tsy nampagnekeny izy. Amin'ny zioty atsika zegny tsy mbala mahita ra jiaby nampagnekeny izy. ⁹ Fa atsika mahita io zaigany nataony ambany noho irô anjely nandritry ny fotoagna foky: Jesosy, nohon'ny zegny fijaliagna ndraiky fahafatesany zegny nampisikinigny satro-boninahitra tamin'ny vonahitra sy dera. Kay amib'ny zioty, baka tamin'ny fahasoavan-dragnahary, nagnandramany fahafatesagna ho an'ny olo jiaby. ¹⁰ Mety amin-dRagnahary zegny, fôtony ra jiaby zegny ho Izy sady baka aminany, mba hitôndra zanaka maro ho agny amin'ny voninahitra. Mety aminany hahatonga mpitariky famonjegna izy irô ho feno baka amin'ny fijaliagna. ¹¹ Na olo zaigany magnamasigny na irô zaigany voahasigny zegny managnaloharano araiky. Dikany zegny tsy maignatra irô mikaiky Izy hoe ralahy. ¹² Nivolagna Izy:

"Hagnambaragna agnaranao amindrô ralahiko Zaho, hihira mikasiky anao baka agnatin'ny fivondronagna Zaho." ¹³ Aviô koa, "Hatoky izy zaho." Aviô koa: "Ity, eto zaho ndraiky zanaka zaigny namian-dRagnahary zaho." ¹⁴ Dikany zegny, fôtony nofo aman-drà irô zanaka Zagnahary, nandrasa ra koa fa zegny niaraka tamindrô fo koa Jesosy, mba ho baka amin'ny fahafatesagna hafafagnany araiky zaigny managna ngôvin'ny fahafatesagna, devoly zegny. ¹⁵ Zegny mba hagnafahany irô jiaby zaigny mavozo fahafatesagna zegny niaigny fiaignandrô jiaby tamin'ny fandevoznagna tao. ¹⁶ Mazava ho azy fa tsy irô anjely vonjeny; fa kanefa, taranak'i Abrahama. ¹⁷ Dikany zegny mendriky Izy atao kara irô ralahanyamin'ny fomba jiaby, mba ho mpisorombe feno famindram-pô ndraiky fatokisagna Izy amin'ny fifandraisagna amindrô ran-dragnahary, sady mba hitôndra mikasiky famelagna irô fahotagnan'olo. ¹⁸ Fôtony Jesosy mintsy nijaly sady nalaigna fagnahy zegny afaka magnampy irô zaigny alaim-pagnahy Izy.

Chapter 3

¹ Nony zegny, anarô ralahy masigny, nandrasa kaikin'ny langitry anarô. Dinia mikasiky Jesosy, apôstoly ndraiky mpisorogno be araiky iketsika. ² Izy zegny natoky an-dRagnahary, araiky nanendry izy, kara i Mosesy, araiky natoky tantragnon-dRagnahary tao fo koa. ³ Fa Jesosy zegny fa niraisigny mendriky voninahitra mavety noho Mosesy, fôtiny zaigny magnôrigny tragno tegna manan-kaja noho tragno io. ⁴ Fa tragno jiaby zegny nisy olo nagnôrigny fa araiky zaigny nagnôrigny ra jiaby zegny Zagnahary. ⁵ Amin'ny lafiny araiky, Mosesy zegny natokisagna kara mpanompo aeaiky tantragnon-dRagnahary jiaby tao. Izy vavolombelogo mikasiky irô ra zaigny tôkony fa nivolagniny amin'ny ho avy. ⁶ Fa Kristy Zanaka miandraikitry tragnon-dRagnahary. Atsika tragnony, izy koa mitana mare herim-pô ndraiky fatokisantsika atsika. ⁷ Dikany zegny kara nivolagnan'ny Fanahy Masigny hoe: "Niany, anarô koa maregny feo ⁸ zegny aza magnamafy fônarô kara fikomiagna amin'ny fotoagna fitsapagna ambadiky agny." ⁹ Kara zegny razambenarô izy koa nitologno baka tamin'ny fitsapagna Zaho, sady izy koa fa nandritry efapolo taogno zegny, hitandrô asako. ¹⁰ Dikany zegny tsy Zaho amin'io taranala io. ¹¹ Ho Zaho hoe: "Irô zegny votariky mandrakariva agny amin'ny lalan-diso am-pony ao. Tsy nahay lalaganaka irô. Kara zegny nifantako tamin'ny heloko naka hoe: 'Tsy honohono hidriky amin'ny fijanonako ao irô.' ¹² Mitandrema anarô ralahy, mba tsy hisy na araiky aminarô zegny hanagna fo ratsin'ny tsy finoagna fo zaigny miala amin-dRagnahary velogno. ¹³ Fa kanefa, mifampahereza isan'andra mba tsy hisy aminarô ho mafy fo baka amin'ny fitaka fahotagna ¹⁴ Fa atsika zegny nivadiky mpiara-miasa amin'i Kristy izy koa mitana mare fahatokisantsika Zaho nanomboko tamin'ny voalahany katramin'ny farany. ¹⁵ Fa mikasiky zegny fa nivolagniny hoe: "Niany, koa maregny feony anarô, aza magnamafy fonarô kara amin'ny fitolognana." ¹⁶ Azôvy izy zaigny fa naregny an-dRagnahary kay nitologno? Fa tsy irô jiaby zay niboaka baka tagny Egypta baka tamin'i Mosesy nba zegny? ¹⁷ Azôvy ampaneloko izy tagnatitiny efapolo taogno? Tsy irô zaigny nanota va, zaigny lavo ambadiky tagny fatindrô? ¹⁸ Ho ninjôvy nifantako fa tsy hidriky amin'ny fijanonagna irô izy koa tsy ho anarô zaigny tsy nanakotoa Izy? ¹⁹ Hitantsika fa tsy afaka nidriky amin'ny fijanonagna tao irô noho'ny tsy finoagna.

Chapter 4

¹ Dikany zegny, aleo hitandrigny tsara atsika mba tsy hisy aminarô tsy afaka hahatratra teny fampanantenana nambelany ho anarô mba hidiranao amin'ny fitsaharan-dRagnahary ao. ² Fa atsika zegny nagnambaragna vaovao mahafaly kara irô. Fa zegny hafatra zegny tsisy tombony hoandrô zaigny tsy nitambatra tamin'ny finoagna niaraka tamindrô zaigny nankatoa tao. (Fagnamarihagna: ny dikan-teny sasany zegny mivaky kara ty: "Fa zegny hafatra zegny tsisy tombony hoandrô zaigny naregny izy tamin'ny tsy finoagna. ³ Fa atsika zegny nino irô zaigny nidriky amin'ny zegny fijanonagna zegny, araka zaigny fa nikoragniny: "Kara nifantako tamin'ny heloko naka zegny tsy mety honohono hidriky amin'ny fijanonako ao irô." Fa na dia zegny, asa famorognany zegny vita tamin'ny fagnoregnana ity tany ity. ⁴ Fa izy nivolagna tagny ho agny mikasika andra faha-fito hoe: "Zagnahary nijanogno tamin'ny andra faha-fito tamin'ny asany jiaby." ⁵ Sady mbala nivolagna ndraiky izy hoe: "Irô zegny tsy mety hidriky amin'ny fitsaharako ao." ⁶ Dikany zegny, fôtony mbala voatokagna ho an'ny sasany fidiragna amin'ny tsaharagna ao, fôtotny maro irô Israelita naregny vaovao mahafaly tsy nidriky tao nohon'ny tsy fankatoavana, ⁷ zegny nagnambela andra araiky ndraiky nankahiagna hoe: "Andra niany" Zagnahary. Tafarany andra maro zegny nikoragna baka tamin'i Davida Izy, kara zaigny fa voakoragna tamin'ny voalohany hoe: "Niany ty koa maregny feony zegny anarô, kaza magnamafy fônarô." ⁸ Fa izy koa Jesosy nagnamia fijanonagna irô, tsy nikoragna mikasiky andra araiky hafa Zagnahary. ⁹ Dikany zegny mbala misy sabotsy fitsaharagna voatôkagna ho an'ny vahoakan-dRagnahary. ¹⁰ Fa zaigny midriky amin'ny fijanonan-dRagnahary zegny zegny nijanogno tamin'ny asany fo koa, kara nataon-dRagnahary taminany. ¹¹ Dikany aleo atsika hazoto hidriky amin'ny zegny fitsaharagna zegny mba tsisy na araiky tafalatsaka amin'ny karazagna tsy fakatoavagna zaigny nataondrô. ¹² Fa volagnan-dRagnahary zegny velogno sady manadaitra aviô marangitry noho sabatra leleny aroe. Mitrebiky jusqua fagnasarahagna aigny amin'ny fagnahy aviô tognonigny amin'ny tsoka mintsy aby. Kay afaka fantarigny eritreritry fô ndraiky irô fikasagna. ¹³ Tsisy famorognana nisitriky talohan-dRagnahary tiô. Fa kanefa ra jiaby zegny miharihary sady mibiagna iô imason'araiky zaigny tsy maintsy hampagnabiagnantsika. ¹⁴ Dikany zegny, fôtony asika zegny managna mpisoronabe maventy zaigny roso namaky langitry, Jesosy Zanakan-dRagnahary, alô atsika hifikitry mare amin'ny finoagnantsika. ¹⁵ Fa atsika zegny ts managna mpisoronabe zaigny tsy mahatsapa fangorohagna amin'ny fahalementsika. Fa kanefa, atsika zegny managna olo araiky zaigny fa nalaim-pagnahy tamin'ny fomba jiaby kara antsika, saingy Izy tsisy fahotagna. ¹⁶

Aleo zegny atsika andeha amin'ny sezy fiandrianan'ny fahasoavagna, mba handraisantsika famindram-po ndraiky hahita fahasoavagna hagnampy amin'ny fotoagna ilaigina zegny.

Chapter 5

¹ Fa mpisorombe jiaby voafidy avy tamin'ny olo zegny nitondreny mba hiasa amin'ny agnaran'olo amindrô ra mikasiky an-dRagnahary, kay mba hanolorany fagnamaizagna ndraiky fagnatitra hoany ota. ² Izy zegny afaka mifagnaraka môra amin'ny tsy mahalala ndraiky misalasala fôtony izy mintsy zegny voadidin'ny fahalimiagna. ³ Dikany zegny, izy fo koa zegny nitakiagna hanolotro sorona hoandrô otanany manaokagna, kara nataony hoandrô otan'olo. ⁴ Tsy ho an'ny tegnany handraisan'olo zegny voninahitra zegny. Fa kanefa, izy zegny nikahin-dRagnahary, kara i Arona igny. ⁵ Kay kara zegny, Kristy tsy mba nagnamia haja tegnanany mintsy tamin'ny fagnanaovany tegnanany ho mpisoronabe. Fa kanefa, araiky zaigny nikoragna taminany nivolagna hoe: "Zanako Ianao; lasa Babanao zegny Za niany." ⁶ Kara zegny fo koa nivolagniny tantany hafa tagny hoe: "Aneo zegny mpisorana mandrakizay araka fomban'i Melkizedeka." ⁷ Nandritr'irô andran'ny nofony, Kristy nanolotro vavaka ndraiky fangatahagna niaraka tamin'ny hiaka mare be ndraiky rano, ason-dRagnahary, araiky zaigny afaka mamonjy Izy amin'ny fahafatesagna. Regny izy nohon'ny fangorahany. ⁸ Na dia zanaka zegny Izy, nianatra fankatoavagna tamindrô ra zaigny niaraitany. ⁹ Natao ho tonga lafatra Izy kay tonga, ho an'ny olo jiaby zaigny mankatoa Izy, araiky loharanon'ny famonjega mandrakizay. ¹⁰ Nitondren-dRagnahary kara mpironabe Izy araka fomban'i Melkizedeka. ¹¹ Manan-kambara maro mikasiky Jesosy zahay, fa soratra magnazava zegny jusqu'a nahalalindalovagna farignesinarô. ¹² Fa amin'ny fotoagna ziôty zegny tôkony ho mpampianatrita anarô, anarô zegny mbala mila olo hampianatra anarô fitsipiky regny fototry hafatran-dRagnahary. Ronono no ilainarô fa tsy ventin-tsakafo! ¹³ Fa olo zaigny migiaka ronono fo zegny tsy ampy traikefa amin'ny hafatra fahamarinagna, fôtony zegny izy mbala tsaiiky hely. ¹⁴ Fa ventin-tsakafo zegny hoandrô mavety. Irô zegny voahofagna tamin'ny rfagnavagna tsara amin'y ratsy fahatakarany nohon'ny famihaizagna irô

Chapter 6

¹ Dikany zegny, andaiha hambelantsika fiatombohan'ny hafatr'i Kristy kay handroso amin'ny fahamatoragna. Andaiha atsika tsy hagnapetraka ndraiky fôtotro fibebahagna nohon'ny asan'ny maty ndraiky inoagna an-dRagnahary, ² na fôtotro fampianaragna mikasiky batesa, fagnambilan-tagnana, fitsanganandrô olo maty, aviô fitsargna mandrakizay. ³ Hagnano zegny fo koa atsika izy koa ambelan-dRagnahary. ⁴ Fa tsy hay atao hoandrô zaigny fa nahazavaigna zegny ndraiky, zaigny nagnadragna fagnamezagna baka an-dangitry agny, zaigny nangala Fanahy Masigny, ⁵ sady zaigny nandramagna volagnan-dRagnahary tsara ndraiky irô herin'ny fotoagna ho avy, ⁶ kanefa lavo navy tiô _tsy hay ndraiky atao magnampody irô amin'ny fibebahagna. Fôtony zegny nimboandrô ho an'ny tegnandrô ndaiky Zanakan-dRagnahary, sady nalainy baraka ampahibemaso. ⁷ Fa tany zaigny mitroka maleny mateti-piavy amin'ny zegny, aviô zaigny mamokatranka rô ra maniry ilaindrô olo zaigny niasany tany--io zegny tany zay mangala fitahiagna baka amin-dRagnahary. ⁸ Fa izy koa mamokatra fatsiky zegny, tsisy ilâgna izy aviô fa mariny fagnozognana. Fiafarany zegny amin'ny firihaitagna. ⁹ Fa zahay zegny resy lahatra amindrô ra tegna tsara mikasiky anarô, ry malala, ra zay mikasiky famonjega, na dia mivolagna kara zegny aby zahay. ¹⁰ Fa Zagnahary zegny tsara ndraiky mba tsy marigny kay agnadigna asanarô ndraiky fitiavagna zaigny naboakanarô nohon'ny agnarany, fôtony anarô zegny manompo irô mpino sady mbala manompo irô juqu'à ziôty. ¹¹ Magniry mafy zahay mba agnaboaka fahazotoagna kara zegny jusqu'à amin'ny farany araik'araiky aminarô ho an'ny antoky fahatokiagna feno. ¹² Amin'ny zegny mba tsy mivadiky kamo anarô, fa ho mpaka-tahaka andrô zaigny mpandova rô famapanantenagna amin'ny finoagna ndraiky fiharetagna. ¹³ Fa tamin-dRagnahary nagnano fampanantenagnany tamin'i Abrahama zegny, niasalasala tamin'ny tegnanany Izy, izy koa fa tsy afaka niasalasala tamin'ny olo mavety kokoa. ¹⁴ Nivolgna Izy hoe: "Zaha tegna hitahy anao aviô tegna hahamaro anao" ¹⁵ Tamin'ny zegny fomba zegny nahazo zay nampanantenagna tafaran'ny niambesany tamim-paharetagna Abrahama. ¹⁶ Fa olo zegny misalasala amin'ny olo zaigny tegna mavety noho tegnandrô. Isaka vita fifamaliandrô zegny misy voady araiky natao ho fagnamafisigna. ¹⁷ Izy koa nanapa-ketrikany hagnaboaka tegna mazava tamindrô mpandovan'ny fampagnantenagna tsy fiovan'ny karazagnan'ny tanjognonany zegny Zagnahary, namiany antoka tamin'ny voady zegny. ¹⁸ Nataony zegny mba ho baka amin'ny ra tsy azo avagna anankoroa--- zay tsy hain-dRagnahary mavandy amin'ny zegny--- hanagna fampaherezagna matanjaka, ba hitana mare fahatokisagna zay nambelany aloantsika tiô, atsika zay nilaifa mba hanagna fialofagna. ¹⁹ Managna zegny toky zegny atsika ho aro ndraiky vatofantsika mety iankiagna ho an'ny fagnahintsika, fahatokiagna zay midiky amin'ny fitoeragna agnaty ao ambadiky lamba ao. ²⁰ Jesosy nidriky tamin'ny fitoeragna zegny tao kara mpialoha lalagna ho antsika, kay navy mpisoronabe mandrakizay magnaraka fomban'i Melkizedeka.

Chapter 7

¹ Melkizedeka zegny, mpanjakan'i Salema, mpisoron-dRagnahary Avo Indrindra, zay nifanojo tamin'i Abrahama izy koa fa nipody baka nandresy irô mpanjaka sady nahita izy. ² Izy namian'i Abrahama ampahafolon'ny ra jiaby. Agnarany hoe "Melkizedeka" zegny midika hoe "mpanjakan'ny fahamarinagna. "Agnarany hafa zegny " mpanjakan'i Salema," zegny: "mpanjakan'ny fiadanagna." ³ Izy zegny tsy managna baba sady tsy managna mama no tsy managna razambe aviô tsy

managna fiantombohandrô andra sady tsy managna fiakaran'ny fiainagna. Fa kanefa, mitovy amin'ny Zanakan-dRagnahary izy, fôtony mipetraka ho mpisorona mandrakizay. ⁴ Zahava habaizan'ny lelahy io. Razambentsika Abrahama zegny nagnamia ampahafolondrô ra zaigny azony tamin'ny ady. ⁵ Amin'ny lafiny araiky, irô zanaka lahin'i Levy zay mangala fisoranagna zegny managna baiko baka amin'ny lalâgna mba hamory ampahafolon-karena baka amindrô agny olo zay baka amindrô ralahindrô, na zegny, irô fo koa zegny baka amin'ny vatan'i Abrahama. ⁶ Fa amin'ny lafin'ny araiky Melkizedeka zay tsy voasoritra baka amindrô taranakanany zegny nangala ampahafolon-karena baka amin'ny Abrahama, aviô nagnamia tso-drano izy, araiky zay nanagna irô fampantenagna. ⁷ Tsisy fandavana fa olo tegna ambany zegny amin'olo tegna agnabo tso-drano. ⁸ Amin'ny tranga zegny, olo mety maty zegny mangala ampahafolon-karena, fa amin'ity tranga ity zegny magnamarigny fa mbala velogno izy. ⁹ Aviô amin'ny fomba fikoragniny, Levy zay nangala ampahafolon-karena zegny nagnefa ampahafolon-karena baka tamin'ny Abrahama fo koa, ¹⁰ fôtono Levy zegny tagnatiny tegnan'ny razambeny tao izy koa nifanojo tamin'i Abrahama i Melkizedeka. ¹¹ Amin'ny ziôty izy koa mety atao baka amin'ny fisorognana levitika fahatanterahagna (fa ambanin'nyzegny tao olo nangala lalâgna), zegny filâgna tegna be ino mety nisy ho an'ny mpisorogno hafa mba hitsanganagna araka fomban'i Melkizedeka, aviô tsy alaigna araka fomban'i Arona? ¹² Fa izy koa nivoagna fisorognana zegny tsy maintsy hivoagna fo koa lalâgna. ¹³ Fa araiky nivolagnana mikasiky irô ra an'ny foko hafa irô, zay tsisy olo manompo amin'ny alitara mihintsy. ¹⁴ Fa mazava amin'ny ziôty fa baka amin'ny Joda no nahaterahan'ny Tompontsika, foko zaigny tsy nivolagnan'i Mosesy mintsy mikasiky irô mpisorona. ¹⁵ Zaigny volagnintsika zegny fa tegna mazava izy koa misy mpisorogno hafa mitsangnana amin'ny endrik'i Melkizedeka. ¹⁶ Tsy baka tamin'ny fôtotro lalâgnan'ny taranaka ny nofo no nahatonga izy ho mpisorogno, fa kanefa baka tamin'ny fôtotro ngôvon'ny fiainagna tsy mety levona. ¹⁷ Fa Soratra Masigny zegny mitangana vavolombelogno mikasiky izy hoe: "Anao zegny mpisorogno mandrakizay araka fomban'i Melkizedeka. ¹⁸ Fa nisy fagnafagnana didy taloa tiô fôtony nalemy sady tsisy dikany zegny. ¹⁹ Fa tsisy ra nataon'ny lalâgna tonga lafatra. Kanefa, misy fampidiragna fahatokiagna tegna tsara hoany ho avy zay hagnantaognatsika an-dRagnahary. ²⁰ Tsisy zegny izy koa tsisy fandraisagna fisalasalagna. Amin'ny lafiny araiky, irô hafa irô zegny nivadiky mpisorogno tsy nila fisalasala. ²¹ Fa amin'ny lafiny araiky hafa ty, Jesosy zegny mpisorogno baka tamin'ny fisalasalagna nataon'araiky nivolagna taminany hoe: "Tampo zegny nampisalasalagna sady tsy hiôva amin'ny hevitrinany hoe: 'Anao zegny mpisorogno mandrakizay.'" ²² Baka tamin'ny zegny fo koa Jesosy nagnamia antoka fanekem-pihavanana tsara tegna tsara. ²³ Amin'ny lafiny araiky, maro no rôso mpisorogno fôtony fahafatesagna zegny manakagna irô hanohy. ²⁴ Amin'ny lafiny araiky hafa, fôtony Jesosy mipetrika mandrakizay zegny, izy managna fisorognana mandrakizay. ²⁵ Dikany zegny izy fo koa zegny afaka mamonjy tanteraka irô zaigny magnantogno an-dRagnahary baka aminany, fôtony izy zegny miaigny fo mba hagnelagnelagnandrô. ²⁶ Fa mpisoronabre kara zegny mety ho antsika. Izy zegny tsy manam-pahotagna, tsy manan-tsigny, madio, nisaragna tamindrô mpanonta, sady nivadiky agnabony noho langitry reo. ²⁷ Tsy mila izy, tsy kara irô mpisoronabe, hanolotro sorogno isan'andra, voalohany hoandrô fahotagnany manôkagna, aviô hoandrô fahotagnan'olo. Fa nagnano zaigny ndraiky fo hoany jiaby izy, izy koa nanolotro tegnan'ny. ²⁸ Fa lalâgna manôndro olo zaigny managna fahalemegna ho mpisoronabe. Fa volagnan'ny misalasala zaigny navy tafaran'ny lalâgna zegny nanôndro Zanaka lahy, zay nataoa lafatra mandrakizay.

Chapter 8

¹ Fôtotro ra koragninay zegny kara ty: Atsika zegny managna mpisoronabe zay nipetraka tiô an-tagnan'ankavanan'ny sezy fiandrianan'araiky be voninahitra an-dangitry agny. ² Izy zegny mpanompo amin'ny toeragna masigny ao, tabernakely araiky marigny zay Tompo, fa tsy olo nagnôrigny izy. ³ Fa mpisoronabe jiaby zegny nitondreny hanolotro fagnamaizagna sorogno. Dikany zegny ilaigna managna ra ho atolotro. ⁴ Fa izy koa tambon-tany teto zegny Kristy, tsy ho mpisorogno feky Izy, fôtony misy irô zay manolotro fagnamaizagna araka lalâgna. ⁵ Irô zegny manompo amin'ny tabernakely ao zay kandrindragna sady aloko ra an-dangitry agny. kara nampitandreman-dRagnahary an'i Mosesy koa izy handeha hagnamboatra tabernakely zegny: volagnin-dRagnahary: "Zahava, mba ataonao araka modely zaigny fa naboaka anao tan-tendrimbohitra tagny ra jiaby." ⁶ Fa amin'ny ziôty zegny Kristy nangala asa fanompoagna tsara lavitra. Noho izy mpagnelagnelagna fo koa amin'ny fagnekegna tegna zegny, zay mifôtotro amin'ny fampagnantenagna tegna tsara. ⁷ Fa izy koa tsy nanagna tsigny zegny fagnekegna voalohany zegny, tsisy ra nilaigna fagnekegna faharoe. ⁸ Fa izy koa nahita tsigny tamin'ny olo Zagnahary zegny, nivolagna Izy: "Igny, ho avy andra---volagnin'ny Tompo--- koa fa hagnano fagnekegna vaovao amin'ny olon'Israely ndraiky olon'i Joda Za. ⁹ Tsy kara fagnekegna zay nataoko niaraka tamin'ny razagnandrô tamin'ny andra nitondrasako irô tamin'ny tagnany hiala baka tamin'ny tany Egypte zegny. Fa irô zegny tsy nijanogno tamin'ny fagnekeko tao, aviô Zaho tsy niraharaha irô---volagnin'ny Tompo. ¹⁰ Fa zano fagnekegna zay ho hataoko amin'ny olon'Israely afaran'iregny andra regny---hoy Tompo. Hataoko an-tsaingindrô ao lalâko, aviô ho soratako am-pôndrô ao fo koa zegny. Ho Zagnaharindrô Zaho, aviô irô ho olonaka. ¹¹ Irô zegny tsy hampianatra mpiaramonigny sady ralahiny aby, hivolagna hoe: 'Ainarô Tompo.' Fa hahay Za jiaby manomboko amin'ny tegna hely jusqu'à tegna mavety amindrô. ¹² Fa Zaho zegny hamindra fô amin'ny tsy fahamarinagnandrô, sady tsy hahatsiaro irô fahotagna zegny eky." ¹³ Amin'ny fivolagnana hoe "vaovao" zegny, nagnano fagnekegna voalohany ho taloha izy, aviô zay fa lany andra ndraiky zegny fa mariny ho ravagna.

Chapter 9

¹ Aviô na dia fagnekegna voalohany zegny aby, nanagna fitsi-pihavanagna ndraiky fipetrahagna masigny ambonin'y tany ty. ² Fa nisy tabernakely zay nomagniny. sambra voalohany, nisy fipitrahana-jiro, latabatra, aviô mofon'ny fagnatrahagna, kay nikahiagna hoe fipitrahany masigny. ³ Ambadiky lamba faharoe ao zegny nisy chambre araiky hafa, kahiagna hoe tany tegna masigny. ⁴ Nisy alitara volamena ho an'ny ditin-kazo magnitry zegny. Nisy fiaran'ny fagnekegna fo koa, zay rakotro volamena tantairaka. Agnatin'ny zegny tao fo koa zegny nisy siny volamena zay nisy mana, tehin'Arona zay nagniry, aviô irô vato fisaka fagnekegna. ⁵ Agnabon'ny fiaran'ny fagnekegna igny zegny, kerobima be voninahitra maro magnaloko sorogno fanarognana, zay tsy afaka koragnanay amin'ny antsipiriany amin'ny ziôty. ⁶ Koa fa voahomagna zegny irô ra irô, nidriky amin'ny chambre ambadiky tabernakely tao fo irô mpisorogno mba hagnano fanompoandrô. ⁷ Mpisoronabe fo nidriky indraiky isan-taogno amin'ny chambre faharoe tao, aviô niaraka tamin'ny lio zay natolotro aminany ndraiky amindrô fahotagna tsy niniandrô olo. ⁸ Naboakan'ny Fagnahy Masigny fa lalagna mandaifa amin'ny tany tegna masigny zegny mbala tsy naboaka izy koa mbala mitsangana tabernakely voalohany. ⁹ Zegny fagnoharagna hoany fotoagna amin'ny ziôty. Irô fagnamaizagna ndraiky irô sorogno atolotro amin'ny ziôty zegny samby tsy afaka hahantatairaka fieritreraitan'ny mpivavaka araiky. ¹⁰ Mifantoka amin'ny sakafo ndraiky ra figiagna aviô karazam-pomba fidiovagna maro fo irô. Irô jiaby zegny fitsipky hoany nofo fo zay nagnamia mandra-pagnamboaragna fandaminagna vaovao. ¹¹ Kristy zegny navy kara mpisornabendrô ra tsara zaigany navy. Nandaiha baka tamin'ny tabernakely tegna mavety sady tegna lafatra zay tsy nataon'ny tagnan'olombelogno Izy, zay tsy hoany tany voamboatra ty. [Fagnamarihagna: Irô dikan-teny sasany zegny mivaky kara ty: "Jesosa zegny nivadiky kara mpisoronabendrô ra tsara zay ho avy."] ¹² Tsy tamin'ny liondrô osy lahy ndraiky vantotr'omby vavy zegny, fa tamin'ny lionany manaokagna zay nidriky amin'ny tany tegna masigny tao indraiky fo hoany jiaby sady niaro famonjentsika mandrakizay. ¹³ Fa koa lionarô osy ndraiky irô ahomby lahy aviô famafazagna laveno'ny vantotr'ahomby vavy amindrô zay nivady maloto iô, manôkagna irô amin-dRagnahary ho fagnadiovagna nofandrô, ¹⁴ karakory fihooan'ny lion'i Kristy, zay nanolotro Tegnany tsisy kilema ho an-dRagnahary baka tamin'ny Fagnahy mandrakizay, hagnadio fieritreretantsika hiala amin'ny asa maty mba hanompo Zagnahary araiky velogno? ¹⁵ Nony zegny anyony zegny, Izy zegny, fôtony nisy fahafatesagna araiky niboaka mba hagnafaka irô zay ambanin'ny fagnekegna voalohany amin'ny fahotagnandrô, kay hangala fampagnaten'ny lova mandrakizay irô zaigany voakaiky ¹⁶ Fa koa misy didim-panagnana, fahafatesan'olo araiky zay nagnano zegny, tsy maintsy voaporfo. ¹⁷ Fa koa misy fahafatesagna fo vao manan-kery didim-panagnana, fôtony tsy manan-kery zegny izy koa kay mbala velogno olo araiky nagnano zegny. ¹⁸ Kay na fagnekegna voalohany zegny aza tsy natao izykoa tsisy lio. ¹⁹ Koa fa nagnamia didy jiaby tao amin'ny lalàgna tamindrô olo jiaby zegny Mosesy, nangala liondrô ahomby ndraiky irô osy, niaraka tamin'ny rano, volon'ondry jaky mena aviô hysopa izy sady namafy amin'ny boky tiô ndraiky olo jiaby. ²⁰ Aviô izy nivolagna: "Inty no lion'ny fagnekegna zay nandidian-dRagnahary hoanarô." ²¹ Kara zegny koa, namafy lio amin'ny tabernakely tiô ndraiky irô fipitrahandra jiaby hampiasaina amin'ny fanompoagna izy. ²² Araka lalàgna zegny, tsaiaky ra jiaby voadio zegny voadio tamin'ny lio. Koa tsisy filatsahan'ny lio zegny tsisy famelan-keloko. ²³ Dikany zegny nilaigna tandindondrô ra an-dangitry agny mba ho voadion'ny sorognondrô biby rô. Na dia zegny, irô ra langitry mahitsy nila nidiovigny tamin'ny sorogno tegna tsara. ²⁴ Fa Kristy zegny tsy nidriky tao amin'ny tany tegna masigny zay nataon'ny tagnana, zay tandindon'araiky tegna izy fo. Kanefa nidriky tan-dangitry tagny mintsy Izy. mba hiboaka iô amin'ny fagnatrehan-dRagnahary ho antsika amin'ny ziôty. ²⁵ Tsy nandaiha tao mba hanolotro tagnany impirimpiry Izy, kara fagnanovan'ny mpisoronabe zay midriky amin'ny tany masigny ao indrindra isan-taogno niaraka tamin'ny lion'y hafa. ²⁶ Fa izy koa ra nisy, nila nijaly impirimpiry nanomboko tamin'ny fsgnoraingana ty tany ty Izy. Fa amin'ny ziôty zegny in-draiky mandeha monja nagnaboagna Izy mba hanaisotra fahotagna baka amin'ny sorogno tagnany fo. ²⁷ Fa natao ho foaty in-driky mandaiha olo jiaby, avio afaran'ny zegny no hoavy fitsaragna. ²⁸ kara zegny fo koa Kristy, zay natolotro in-draiky mandaiha mba hagnadosoagna irô fahotagna maro kay iboaka fagnindroeny tsy mahatagna ota, fa hoany famonjegna irô zay miambigny Izy amim-paharetagna

Chapter 10

¹ Fa lalàgna zegny alokondrô ra tsara hoavy fo fa tsy tegna endrikindrô ra irô. Irô zay magnatogno an-dRagnahary zegny tsy afaka ho lafatra baka amin'ny sorogno mitovy amin'ny zay indesindrô mpisorogno isan-taogno. ² Koa zegny tsefa nijanogno nanolotro regny sorogno regny mba irô? Amin'ny ra niboaka zegny, koa fa nodiovigny in-draiky mandaiha monja zegny irô, tsy mba hahay ota eky irô mpivavaka. ³ Fa amindrô sorogno irô zegny misy fampatsiaraovagna irô ota isan-taogno. ⁴ Fôtony lion'ny ahomby lahy ndraiky osy lahy zegny tsy mahavita magnadoso irô ota. ⁵ Izy koa navy teto amin'ity tany ity Kristy, nivolagna Izy: "Tsy sorogno na koa fanatitra no nirianarô. ⁶ Fa kanefa, vatagna zay fa nomagninarô ninaka. Fanatitra niroagna na sorogno hoany ota zegny, tsy nifalianarô. ⁷ Aviô ho Za hoe: "Zahava, inty Za, araka zay voasoratra mikasiky Za amin'ny saoratra masigny ao, mba hagnano sitrakarô." ⁸ Nivolagna izy voalohany: "Tsy sorogno, na koa fanatitry, na fanatitra niroagna, na sorogno hoany ota niriarô. Aviô Anao tsy nifaly tao amin'izy regny." Iregny zegny sorogno zay atolotro araka lalàgna. ⁹ Aviô nivolagna izy: "Zahava, inty Za hagnano sitrakarô." Izy zegny ngnadoso fampiaragna faharoe. ¹⁰ Tamin'ny zegny sitraka zegny, atsika zegny nahamasinigny baka tamin'ny fanatitry vatan'i Jesosa Kristy in-draiky mandaiha monja. ¹¹ Amin'ny lafiny araiky, mpisorogno jiaby zegny mitsangana isan'andra manompo an-dRagnahary. Izy zegny manolotro sorogno mitovy jiaby, na zegny aza irô zegny tsy afaka magnadoso irô ota mintsy. ¹²

Amin'ny lafiny araiky hafa, Kristy zegny manolotro sorogno araiky hoany ota mandrakizay, nipaitraka antagnan'ankavanan-dRagnahary Izy.¹³ Izy zegny miambigny mandram-pagnaovagna irô fahavalony ho fagnambilagna vitiny.¹⁴ Fa tamin'ny fanatitra araiky zegny izy nahalavorary mandrakizay irô zay nahamasinigny.¹⁵ Fagnahy Masigny koa zegny mitsangana vavolombelogo go antsika. Fa tamin'ny voalohany Izy nivolagna hoe:¹⁶ "Ity no fagnekegna zay ho ataoko miaraka amindrô afarandrô andra reo volagnin'ny Tompo. Hambelako am-pôndrô ao lalâko, aviô hanaoratra zegny an-tsaingidrô ao Za."¹⁷ Tsy hahtsiaro ota ndraiky irô helokondrô eky Za."¹⁸ Aviô na aia misy famelagana zegny, tsisy sorogno hoany ota eky.¹⁹ Dikany zegny, ô ralahy, atsika zegny managna fahatokiagna hidriky amin'ny tany tegna masigny ao tamin'ny lion'i Jesosy.²⁰ Zegny lalagna voavao sady velogno zay nibigniafiny ho antsika baka tamin'ny lamba, zany hoe, baka tamin'ny nofony.²¹ Fôtony atsika zegny managna mpisorogno mavety mitandrigny tranon-dRagnahary,²² aleo atsika hagnantogno amin'ny fô madio amin'ny finoagna feno fahatokiagna, mba hagnantsika fô voadio amin'ny fieritreretagna ratsy aviô hanagnantsika vatagna voadio tamin'ny rano madio.²³ Aleo atsika hitagna mare fagnekegna fiandrdragna mahatokintsika, tsy am-pihozongozonagna, fôtony Zagnahary, zay nampagnantaigna zegny, mahatoky.²⁴ Aleo atsika handiniky fomba handrisihagna tsy araik'araiky amin'ny fitiavagna ndraiky irônasa tsara.²⁵ Aleo atsika tsy hignajanogno fiarahagna mivorivory, kara nataon'ny sasany. Fa kanaifa, mifankahereza fo, aviô maika fa hitanarô fa mahay mariny fo andra.²⁶ Fa atsika koa kay kinia manonta koa fa baka nangala fahalalagna marigny, tsisy fanatitra hoany ota eky.²⁷ Fa kanefa, taokagna ihany fiambesagna hatahotry fitsaragna, aviô falaofagna miretry zay hamotiky irô fahavalon-dRagnahary.²⁸ Na azôvy na azôvy zegny nandà lalâgnan'i Mosesy ho faty tsisy indrafô amin'ny fitsanganagna vavolombelognondrô aroe na telo zay nantri-maso.²⁹ Fagnasaziagna ratsy lavitry kara karakory no eritreretinarô fa mendriky irô zay nandia Zanakan-dRagnahary, zay nagnao lion'ny fifagnekegna ho tsy masigny__ Lion'araiky zay nagnamasigny Izy__aviô naniratsira Fagnahin'ny fahasovagna?³⁰ Fa atsika mahay araiky zay nivolagna hoe: 'Za valifaty; Za no hamaly.'" Aviô koa: "Tompô zegny hitsara olonany."³¹ Ra mampavozo no hilatsaka an-tanagnan-dRagnahary velogno iô!³² Alaiva honogno irô andra taloha, koa nazavaigna anarô, fomba naharaitanarô ady mare tamin'ny fijaliagna.³³ Anarô zegny nalaigna baraka ampahibemaso tamin'ny fagnaratsiagna ndraiky tamin'ny fagnagniny, aviô anarô zegny niaraka nandrasa tamin-drô zay nandalo fijaliagnakara zegny.³⁴ Fôtony anarô zegny nanagna fangoroham-pô tamindrô zay voagadra, aviô anarô zegny nagneky tamim-pifaliagna fangalâgna fanagnanarô. Zegny nahay anarô fa tagnanarô zegny managna fanagnana tegna tsara sady maharitry mandrakizay. [Fagnamarihagna: Ny dikan-teny taloha zegny tsy hahitagna fezan-teny hoe: "Fa anarô zegny nanagna fangoroham-pô tamin'ny gadrako."]³⁵ Dikany zegny aza ariagna fahatokianarô, zay managna valisoa mavety. Fa anarô zegny mila faharetagna, mba³⁶ hahazoanarô zay nampanantenan-dRagnahary koa nagnano sitrapôny anarô.³⁷ Fa tsy ho ela aby araiky zay tegna ho avy zegny sady tsy ho tara.³⁸ Olo marigny zegny hivelogno amin'ny finoagna. Koa mipody afara izy, Za zegny tsy ho faly aminany."³⁹ Fa atsika zegny tsy agnisandrô zay mipody afara ho amin'ny faharavagna. Kanefa, atsika zegny agnisandrô zay managna finoagna ho amin'ny fitanagna fagnahintsika.

Chapter 11

¹ Aviô finoagna no antoko amindrô ra nambaisagna tamim-pitokiagna. Io zegny porofondrô ra misy zay mbala tsy nahita.
² Dikany zegny, irô razambe zegny nankatoavigny nohon'ny finoagnandrô.³ Amin'ny finoagna no hahazantsika fa didin-dRagnahary no namôrogo ity tany ity, kay zaigny hita maso zegny, tsy natao tamin'ny ra zay hita maso.⁴ Tamin'ny finoagna no nanoloran'i Abela fanatitra tegna tsara ho an-dRagnahary noho an'i Kaina, baka tamin'ny zegny no nagnambarany izy ho marigny, aviô Zagnahary nivolagna izy tsara noho irô fanatiny, sady amin'ny finoagna no mbala hivolagnan'i Abela, na dia fa maty aby izy.⁵ Tamin'ny finoagna no namindragna an'i Enoka mba tsy ahitany fahafatesagna. "Tsy hita izy, fôtony nalain-dRagnahary." Fa talohan'ny nangalagna izy zegny, nitsangana vavolombelogo fa nankasitrahana-dRagnahary izy.⁶ Aviô koa tsisy finoagna zegny tsy mety ho hankasitrahany. Fôtony ilaigina hoe zay magnatgno an-dRagnahary zegny tsy maintsy mino fa misy Izy Kay Izy no mamaly tsara andrô zay mitady Izy.⁷ Tamin'ny finoagna Noa nagnamia hafatra baka amin-dRagnahary mikasiky irô ra zay tsenjiky hita, niaraka tamin'ny fagnajagna an-dRagnahary nagnamboarany sambo zay nagnavaotany ankohonany. Fa tamin'ny fagnanaovagna zegny, nagnamelohany ity tany ity aviô naviany ho mpandova fahamarinagna araka finoagna.⁸ Tamin'ny finoagna Abrahama, koa fa nikaiky, no nankatia aviô nandaiha amin'ny tany araiky zay hazahoagna lova. Nandaiha izy, tsy nahay zay tany imboagna.⁹ Tamin'ny finoagna no niaignany tamin'ny tany araiky nampagnantenaigina Kara vahiny. Niaigny tagnatin'ny tragno tao izy niaraka tamin'Isaka ndraiky Jakoba, irô mpiara-mandova amin'ny araiky fampanantenana mitovy.¹⁰ Fa izy nitady araiky tanàna zay managna irô fagnoraigina, tanàna zay Zagnahary no mpamari-tragno ndraiky mpanori-tragno.¹¹ Tamin'ny finoagna, na dia tsy mitairaka aby Saraha, nazahoan'i Abrahama fahafagna ho baba. Nisy zegny na dia Fa tegna matoe aby izy, fôtony nihetry fa ho kara araiky matoky namiagna fampanantenagna izy.[Fagnamarihagna: Misy fagnontaniagna mikasiky hoe finoagnan'i Abrahama sa nifoagnan'i Saraha no navohitra. "Tamin'ny finoagnan'i Saraha, n'a dia Fa matoe zegny izy, no nazahoany hery hanan-janaka, na dia fa tegna matoe zegny izy hitôndra tsaiiky, fôtony nihevity araiky nagnamia fampagnantenagna izy ho mariky."]¹² Dikany zegny, baka amin'ny lelahy zegny, zay fa ho faty, no nahatirandrô zay kara kintagna an-dangitry regny hamaroany ndraiky kara jia magnamôrogo ranomasigny, zay tsy voa kônty.¹³ Tamin'ny finoagna tao regny jiaby regny maty tsy nangala irô fampagnantenagna. Fa kanefa, tafaran'ny nahitagna draiky niarabagna irô baka lavitry tagny zegny, nagneky irô fa vahiny aviô sesi-tany eto an-tany.¹⁴ Hoandrô

zay mivolagna ra kara zegny magnazava aa mitady tanindrazagna irô.¹⁵ Koa nieritrerity firenene zay nialany zegny irô, mety nanagna fahafagna hiipody.¹⁶ Fa koa zegny, nagniry firenena mba tegna tsara irô, araiky an-dangitry agny. Dikany zegny tsy maintsy mahamainatra an-dRagnahary voakaiky hoe Zagnaharindrô, kay nagnomagna tanàna hoandrô Izy.¹⁷ Tamin'ny finoagna Abrahamana, koa nitsapigna zegny, nanolotro an'Isaka. Io zegny zanany lahy tôkagna zay natolotrony, izy araiky nahazo irô fampagnantenagna.¹⁸ Tamin'i Abrahamana nivolagnana hoe: "Baka amin'Isaka hanondroagna irô taranakanao."¹⁹ Abrahamana zegny nihevitra fa Zagnahary hahavita hanangana an'Isaka amindrô maty, aviô amin'ny hevitrinany, baka tamindrô hazahoany izy ndraiky.²⁰ Tamin'ny finoagna mikasikirô ra ho avy koa zegny nitsofan'Isaka rano an'i Jakoba, ndraiky Esao.²¹ Tamin'ny finoagna Jakoba, tamin'izy fa ho faty, nitso-drano irô zanak'i Josefa tsiaraik'araiky aby. Nivavaka Jakoba, nitaifaka tamin'ny lohanany.²² Tamin'ny finoagna Joasefa koa fa nagneky fiarafagnany, nikoragna fandianan'ny zanak'Israely baka agny Egipte sady nagnafarany amin'ny taholagnanany.²³ Tamin'ny finoagna Mosesy, koa fa tairaka zegny izy, nasitriky babany ndraiky mamany tagnatiny telo fanjava fôtony, hitandrô izy Fa tsaike tsara. Tsy navozo didin'ny mpanjaka irô.²⁴ Tamin'ny finoagna Mosesy, tafaran'ny nahabe izy, no nandà hikahiagna izy ho zanaka lahin'ny zanaka vavin'i Farao.²⁵ Fa kanefa, nifidy hijaly niaraka tamin'ny vahoakan-dRagnahary izy, tozay hankafy irô fahafaharetan'ny fahotagna agnatiny fotoagna fôky.²⁶ Nivolagna izy hoe fahafam-baraka amin'ny fagnaharagna an'i Kristy zegny haregna mavety noho irô haregna an'i Egipte. Fôtony nampifantoko irô masony tamin'ny valisoanany izy.²⁷ Tamin'ny finoagna no nialan'i Mosesy tagny Egipte. Tsy navozo filôfan'ny mpanjaka izy, fa niaritry zegny kara nahitany araiky tsy hita maso.²⁸ Tamin'ny finoagna no nitandrimany Paska ndraiky famafazagna lio, mba tsy hikasiky zanaka lahimatoandrô Israely mpandavo zanaka lahimatoa.²⁹ Tamin'ny finoagna nampitahandrô Ranomasigny Mena kara mandia tany maiky. Koa fa nagnandragna nagnano zegny irô Egyptiana, voateligny irô.³⁰ Tamin'ny finoagna nandrongatan'ny mandan'i Jeriko koa baka niodikodigny tagnatiny fito andra irô.³¹ Tamin'ny finoagna tsy nafaty an'i Rahaba araiky makorely niaraka tamindrô mpaniasia, fôtony nangala irô mpisafô tamin'ny fiadanagna tagny izy.³² Ino fo koa no afaka volanko? Fa ho lany foagna naka koa mikoragna mikasik'i Gideona, Baraka, Samsona, Jefta, Davida, Samoela, sady mikasiky irô mpaminany za.³³ Baka tamin'ny finoagna no nazahoandrô fanjakagna, niasa ara-drariny sady nangala irô fampagnantenagna. Namody vavandrô lion ndrô,³⁴ namono ngôvo môtôro, nilaifa lelan'ny meso be, janga tamindrô aretigny, nivadiky nahery an'ady, sady nandresy irô tafiky vahiny.³⁵ Nitsangana tamin'ny fananganan-ko velogno irô viavy. Irô hafa zegny nampijaliagna tamin'ny tsy fagnekegna fagnambilagna mba hazoandrô fitsanganagna tegna tsara.³⁶ Hafa zegny nitsapagna tamin'ny kôro ndraiky popoko, ia fa na dia fehy ndraiky fagnagadragna aby.³⁷ Nitoram-bato irô. Nitsofigny hizara aroe irô. Nivonegna tamin'ny meso be irô. Nirenireny tamin'ny hiditr'ondry ndraiky hoditr'osy irô. Nahantra irô, nampangôrohoregna irô, nampahoriagna. [Fagnamarahagna: ny dikan-teny sasany taloha zegny mivaky hoe: "Nitoram-bato irô. Nitsofaigna hizara aroe. Nampandalôvigny fitsapagna. Nivonega tamin'ny meso be."]³⁸ Ity tany ity zegny tsy mendriky irô. Nirenireny tamin'ny bongo tagny, tamin'ny lava-bato ndraiky tamin'ny lavaka ambanin'ny tany tagny irô.³⁹ Kanaifa irô olo jiaby regny zegny niken-dRagnahary nohon'ny finoagnandrô, tsy nangala fampagnantenagna irô.⁴⁰ Nagnomagna ra tegna tsara ho antsika Zagnahary, mba tsy ho lavorary irô koa tsisy antsika.

Chapter 12

¹ Dikany zegny, fôtono atsika voadidina vavolombelogno maro be kara rônjo, kay alô atsika hagnambaila vesatra jiaby ndraiky fahotagna môra magnodidigny atsika. Alô atsika hilomay am-paharaitagna filomahizagna zay napaitraka alohantsika tiô.² Alô atsika hitandrigny amin'i Jesosy, mampiatomboko ndraiky mpagnantantairaka finoagna. Nohon'ny hafaliagna zay nambaila aloany tiô zegny niaritry hazofijaliagna Izy, tsy nijery hainatra zegny, aviô nipaitraka antagnan-ankanan'ny sezy fiandrianan-dRagnahary tiô.³ Dikany zegny eritrerita mikasiky Izy, araiky zay niaritry fanoheragna kara zegny, baka taminarô mpanota hanohitry taingany, mba tsy ho rairaka am-pônarô ao kay hilavo saboa.⁴ Tsy mbala nanohitra anarô na nizezaka hanohitry fahotagna jusqu'à amin'ny fahalatsahan'ny lio,⁵ aviô adignanarô fampaherezagna zay nampianarigny anarô kara aminarô zanaka hoe: "Ry zanako lahy, aza mampahivagna fitsipiky Tompo, na mampakajo koa fa ahitsy anarô."⁶ Fa Tompo magnafay jiaby zay tiany, aviô Izy magnasazy zanaka tsiaraik'araiky zay alainy.⁷ Miaraita fijaliga kara fitsipiky. Zagnahary zegny mitondra anarô kara fa zanaka.⁸ Fa zanaka karakôry tiô kay tsy nifaizin'ny babany? Fa koa tsy managna fitsipiky anarô, zay anagnan'ny olo jiaby, sarin-tsarin'ny zanaka anarô fa tsy zanany.⁹ Aviô koa, managna baba ara-nofô kara mpagnafay atsika, sady nagnaja irô atsika. Tsy tôkony tegna hankatoa Baban'ny fagnahy mba amizegny atsika aviô ho velogno?¹⁰ Andaniny zegny, irô babatsika nagnafay atsika nandritra andra vitsy araka zay marigny tamindrô.¹¹ Ankilany zegny, Zagnahary nagnano zegny hoany zay tsara ho atsika mba hafantsika managna anjara amin'ny fahamasinagna. Tsary nisy fagnafaizagna kay ho tsara fa maneko fo. Kanaifa afara hely zegny mamakotra vokatra feno fiadanana'ny fahamarinagna hoandrô zay nirasaina tamin'ny zegny.¹² Dikany zegny hataova matanjaka tagnanarô zay miraviravy ndraiky lohalikinarô malemy.¹³ Magnanaova lalagna mahitsy hoany vitinarô mba zay malemy zegny tsy hipotsaka fa ho janga aby.¹⁴ Magniagna fiadanagna miaraka amin'ny olo jiaby, aviô koa fahamasinagna zay tsy hahitan-jôvy na azôvy Tompo koa tsisy miaraka amin'ny zegny.¹⁵ Mitandrima mba tsy tsisy na azôvy na azôvy tsy hanagna fahasoavan-dRagnahary ndraiky fakan'ny fahangidiagna mitombo hiteraka korontagna mba tsy ho maro no rôso voaloto amin'ny zegny.¹⁶ Mitandrima mba tsisy fijangajangana na olo tsy an-dRagnahary kara i an'i Esao, zay niavarotro fizokiany hoany sakafo araiky.¹⁷ Fa anarô mahay

fa koa afaka zegny, ko fa nagniry andova fitahiagna zegny izy, nolaviny, fôtony tsy nahita irika amin'ny fibebahagna zegny izy na dia nikatsaka zegny tamin-dranomaso aby.¹⁸ Fa anarô tsy navy tamin'ny bongo zay tsy azo kasigna, bongo môtôro magnôro, hiziky, fahizignina aviô tafio.¹⁹ Anarô zegny tsy navy tamin'ny trompera magnaina mare, na tamin'ny feo zay mivolagna irô volagna zay mpitandregny zegny nagantaka mba tsisy volagna hafa ambara amindrô.²⁰ Fa irô tsy afaka niaritry zay nodidiagna hoe: "Fa na dia biby mikasiky bongo zegny aby tsy maintsy ho tôram-bato." [Fagnamarihagna: Irô dikan-teny sasany taloha zegny mivaky kara ty: ""Fa na dia biby araiky zay mikasiky bongo aby zegny tsy maintsy ho torom-bato na ho vonegna amin'ny zana-tsipika."""]²¹ Fa mampavozo loatra fahitagna araiky zay nivolagnin'i Mosesy hoe: "Mangorongoroa za aviô manintsy"²² Fa anarô ndraiky zegny avy amin'ny bongo Ziona tiô ndraiky amin'ny tagnân-dRagnahary velogno Jerosalema an-dangitry agny, aviô amindrô anjely an'alin'aligny tamin'ny fankalazagna tiô.²³ Anarô zegny navy amin'ny antokon'olon'ny voalohan-teraka tiô, zay voasôratra agnaragna an-drangitry agny. Anarô zegny navy amin-dRagnahary tiô, araiky Mpitsara jiaby ndraiky amin'ny fagnandrô olon'ny fahamarinagna zay natao tonga lafatra tiô.²⁴ Anarô zegny navy amin'ny jesosy tiô, araiky mpagnalalagna fagnekegna vaoavao, aviô tamin'ny lio latsaka zay tegna tsara noho lion'i Abela.²⁵ Aleo anarô tsy handà araiky zay mivolagna. Fa koa tsy nilaifa irô tamin'irô nandà araiky zay nampitandrigny irô tan-tany teto, kay ely koa zegny hilifasantsika koa mihodigny amin'ny araiky zay nampitandrigny atsika baka agny an-dangitry atsika. Tamin'ny fotoagna araiky, feony nagnozongozogno tany.²⁶ Fa amin'ny ziôty, Izy nampagnantaigna sady nivolagna hoe: "Mbala hagnozongozogno ndraiky tsy tany fo fa langitry koa."²⁷ Irô volagna reo, "Indraiky mandaiha koa", zegny midika famindragna irô ra jiaby zay afaka hozongozogno zegny irô ra zay nahariagna, mba hipetraka irô ra zay tsy azo hozokozogniny.²⁸ Dikany zegny, fôtony mangala fanjakagna zay tsy azo hozokozogniny zegny, aleo ho mpankasitraka atsika aviô amin'ny fomba zegny hideragna an-dRagnahary am-pagnajagna fatatra sady amin'ny vozo.²⁹ Fa Zagnahary zegny môtôro mandevigny.

Chapter 13

¹ Aleo hitohy fitiavagna ara-piralahiagna. ² Aza magnadigna fampiantragnaoagna irô vahiny. Fa baka tamin'ny zegny nagnaboan'ny sasany fampiantragnaoagna irô anjely naifa tsy hainy zegny. ³ Tsarôva irô voagadra, kara hoe niara-nifehy tami-ndrô anarô. Tsarôva irô zay nampahoriagna, kara hoe irô amin'ny vatagna fo koa zegny anarô. ⁴ Aleo ho hajain'ny tsiarai'araiky fanambadiagna. Aleo mba hadio fandriagnan'ny fanambadiagna, fa Zagnahary zegny hitsara irô mpangala-badin'olo ndraiky irô mpandranto. ⁵ Ambila fitondran-tegnanarô ho afaka amin'ny fitiavam-bola. Mifalia ami-ndrô ra zay hanagnanarô, fôtony Zagnahary zegny nivolagna hoe: "Zaho zegny tsy hiala anarô mintsy, na hahafoy anarô karakôry." ⁶ Aleo atsika ho faly mba hasaky hivolagna hoe: "Tompo no Mpamonjiko; ka tsy havoza zaho. Ino no azon'ny olo atao aminaka?" ⁷ Hevero irô mpitariky anarô, irô zay nivolagna Volagnan-dRagnahary taminarô, aviô hevero vokatin'ny fihetsiki-ndrô. Adosoa kara finoagnandrô. ⁸ Jesosy Kristy zegny tsy miova nomaly, ndraiky niany, aviô mandrakizay. ⁹ Aza magneky tahomigny amin'ny karazagnandrô fampianaragna hafahafa. Fa tsara koa tôkony hamafisigny amin'ny fahasoavagna ny fo, fa tsy amin'ny hanigny zay tsy magnampy irô zay mandaiha miaraka ami-ndrô. ¹⁰ Atsika zegny managna alitara zay tsy anagnandrô zay manompo taberinakely fahefagna hihinagna. ¹¹ Fa lio -ndrô biby nivonegna atao fagnatitra ho an'ny ota zegny nindessin'ny mpisoronabe tao amin'ny tany masigny, nandritran'ny zegny vatagnandrô zegny niroagna ambadiky toby tagny. ¹² Dikany zegny Jesosy fo koa zegny nijaly ambadiky varavaragnan'ny tanàna tagny, mba hamasigny irô vahoaka baka amin'ny liony manôkagna. ¹³ Andeha atsika noho zegny Aminany ambadiky toby agny, hitôndra fahafam-barakany. ¹⁴ Fa tsy managna tanàna madigny atsika eto. Fa kanefa, miambigny araiky zay ho avy atsika. ¹⁵ Baka aminany, avio alô atsika hanolotro irô fanati-pideragna ho an-dRagnahary directe, fideragna vokatra maloto zay magneky agnarany. ¹⁶ Alô tsy adignatsika magnano tsara ndraiky magnampy tsiarai'araiky aby, fa amin'ny fagnatitra kara zegny taigna mahafaly an-dRagnahary. ¹⁷ Mankatoava aviô magneke irô mpitarika anarô, fa irô miaro fagnahinarô, kara irô zay hagnano tatitra. Mankatoava mba hagnano zegny am-pifaliagna irô mpitondra anarô, fa tsy am-pisentoagna, zay manjary tsisy dikany hoanrô. ¹⁸ Mivavaha hoanay, fa zahay zegny nino fa managna feon'ny fieritreretegna madio aviô magniry hiaigny am-pahamarinagna ra jiaby. ¹⁹ Magnaposa anarô tegna mavety aza mba zaho hagnano zegny, kay mba hipody malaky aminarô zaho. ²⁰ Aviô Zagnahary araiky fiadanagna zay nanangagna tamin'ny maty, araiky mpiambigny ondry mavety, Tomptsika Jesosy, baka taminan'ny lion'ny fagnekegna mandrakizay ²¹ zegny hagnatsara anarô amin'ny asa tsara jiaby mba hagnanaovagna sitrapôny. Izy anie hiasa agnatitsika ao zay taigna ankasitrahany alohany iô, baka amin'i Jesosy Kristy, zay hamiagna voninahitra mandrakizay. Amen. ²² Aviô mampahery anarô zaho, ralahy, mba hitôndra volagna fampaherezagna zay fôky nisoratako hoanarô. ²³ Ataova hay fa efa nafahagna Timoty ralahintsika, zay hiaraka aminaka hiza anarô koa avy aloha izy. ²⁴ Ataova veloma irô mpitariky anarô jiaby ndraiky irô mpino jiaby. Irô zay baka Italia agny zegny magnano veloma anarô. ²⁵ Ho aminarô jiaby anie fahasoavagna.

James

Chapter 1

¹ Jakoba, mpanompon-dRagnahary sy Tompo Jesosy Kristy, ho an-dro foko aroe ambin'ny folo niparitaka : arahaba. ² Alaiva ho firavoravogna jiaby zegny, ry rahalahy, koa mandalo probleme samihafa anaro. ³ Hainaro fa fitsapagna finoagna naro, mahatonga faharetagna. ⁴ Ambila faharetagna agnana asany, mba tegna hivoatra draiky feno tanteraka

anao, ka tsy hijialy na aminy ino na aminy ino.⁵ Fa koa misy aminaro mila fahendregna, hiangaviagna izy angataka zegny amin-dRagnahary, Izy magnamia an-tsitsapo, sady tsy mandatsa iro mangataka, ary amiany raha angatahinyzegny.⁶ Fa ambila izy hangataka amin'ny finoagna, tsy misalasala amin'ino na amin'ino. Izay misalasala mitovy amin'ny daroban-dranomasigny andesiny draiky mitopatopa.⁷ Fa olo zegny tsy tokony hiheritreritry hangala na ino naino mboka amin'ny tompo.⁸ Olo kara zegny tsy mipetraka tany raiky, miovahova amin'ny lalagna nazy jiaby.⁹ Aoka rahalahy ambany, hagnano fisandratagna ho rehahany,¹⁰ fa manan-karegna ny finoany fotony ho ravagna mitovy latsaka amin'ny hahitry.¹¹ Masoandra mipiaka amin'ny hafanagna may sady mampameky ahitry. ny voan-kazo mihitsagna, ka hatsany ho montraka, kara zegny koa olo manan-karena ka halazo amin-antsasaka diany.¹² Sambatra olo miharitry fitsapagna, fotony koa baka nandalo fitsapagna izy, hangala satrom-boninahitry ny fiainagna, izay nampagnatenaigina tamin-dro, izay tian-dRagnahary.¹³ Koa misy halaim-pagnahy aoka izy tsy hivolagna : "Dragnahary nitsapa za," fotony zagnahary tsy azony alain-pagnahy, ary tsy mangala fagnahy na amin-drovy na amin-drovy.¹⁴ Fa samy alaim-pagnahy amin'ny fagniriany olo jiaby, izay mampihametro, draiky mandresy izy.¹⁵ Koa avy fagnampodimpodianagna ny fagniriana, miteraka fahotagna zegny. Koa fa mitombo be fahotagna, miteraka fahafatesagna.¹⁶ Aza mety fitahiginy, ry rahalahiko, tiako.¹⁷ Fagnamezagna tsara jiaby, draiky fagnamezagna tonga lafatra jiaby baka agny agnambo. Zegny midotso baka amin'ny baban'ny fahazavagna. Izay tsisy fiovagna na aloko baka amin'ny fiodignany.¹⁸ Zagnahary nisafidy agnamia faharetagna atsika amin'ny volagna fahamarignana, mba ho karazagna voalohanm-bokatr'iro raha jiaby niforoniny atsika.¹⁹ Hainaro zegny, rahalahiko tiako : aoka olo jiaby halaky hitandregny, tsy hivolagna malaky, sady tsy halaky meloko.²⁰ Fa heloko, tsy hahafagna magnano fahamarignan-dRagnahary.²¹ Ka adosoa fahalotoagna jiaby, ary faharatsigna jiaby. Ampagnetsen-tegna alaiva volagna efa napetraka , izay afaka mamonjy fagnahy naro.²² Aoka mba mpagnaraka volagna anaro fa tsy mpitandregny fo, ka mamitaka ny tegnany.²³ Fa koa misy mpitandregny volagna nefa tsy magnaraka, mitovy olo mandiniky tarehy voajanahary amin'ny fitaratra izy.²⁴ Mandiniky tegnany izy avio magnadigna momba izy.²⁵ Fa izay mandiniky tsara ny lalagna fahafagna tonga lafatra, draiky manohy magnano zegny fa tsy mpitandregny fo ka magnadigna, ka tahiagna amin'ny asany olo zegny.²⁶ Raha misy mihevi-tegna ho mpivavaka, nefa tsy mifehy lelany, ka mamitaka fo nazy izy, sady tsy misy vidiny fivavagna ataony.²⁷ Fivavagna madio draiky tsisy petigny io alohan-dRagnaharintsika draiky babantsika izao : hagnampy iro kamboty draiky iro mpitondratagna amin'ny fahoriagna dro, ary miaro tegnany mba tsy ho hisy petigny avy amin'izao tontolo izao.

Chapter 2

¹ ô Ralahiko, aza asiagna fizahavagna tavan'olo ny finoanarô ny Tompontsika i Jesosy Kristy ,tompon'ny voninahitra.² Ataova misy olo miditra amin'ny Synagoganarô misy olo magnano peratra volamena draiky akanjo tsara, abaka avio misy lelahy hafa koa mijaly miditra magnano akanjo maloto.³ Raha ohatra mizaha olo magnano akanjo tsara anarô draiky mivolagna: "Azafady, mipetraka eto amin'ny place tsara anao", raha hivolagna amin'ny lelahy mijaly draiky anao: "é Mitsangana ary anao" na koa "Mipetraka eto amin'ny plasiny vitiko eto anao,"⁴ magnavaka anarô amin'ny zegny kay efa magnano mpitsara hevi-dratsy?⁵ Tandrignaisa ralahiko tiako, tsy raha efa nifidin-dRagnahary mba irô olo mijaly amin'ny izao tontolo izao mba ho hanankarena amin'ny finoagna ndraiky ho mpandova ny fanjakana nampagnantenainy hoan'ndrô tia izy?⁶ Fa anarô efa nangala baraka ny mijaly! kay tsy irô mpanakarena aby iô fo taigna mampahory anarô? tsy irô ma mitarika anarô amin'ny fitsarana?⁷ Mbala tsy anarô koa nagnaratsy agnarandrô tsara?⁸ Na izegny aza, raha magnatanteraka ny lalâgna ny mpanjaka narô, voasoratra amin'ny soratra masigny: "tiava ny namanao tahaka ny taignanao," kay magnanaova tsara anarô.⁹ Fa izikoa anarô magnano sitrak'olo sasany, nefa mbola manota, dikany zegny voaheloko kara irô olo mpandika lalâgna.¹⁰ Fa na zôvy na zôvy magnaraka lalâgna, ka nefa lavo amin'ny lalâgna araiky, dikany zegny anao tsy maintsy ho voaheloko amin'ny lalâgna jiaby.¹¹ Anao magnano mivolagna: " Aza mijangajanga" na koa "mamono olo," kanefa mbola tanterahanarô izeny, midika zegny fa mpamdika lalâgna anao.¹² Aoka anarô hivolagna ndraiky agnanao arak'izay mamendrika narô, izegny olo itsarainy lalâgna amin'ny fahafagna.¹³ Fa ny fitsaragna tsy misy famindra-po amin'ndrô izay tsy maneho ny famindra-po. Fa kanefa aza adino ny famindra-po mandresy ny fitsarana.¹⁴ Ino aby mba ny tsara ralahiko aby é, fa raha ohatra olo araiky nivolagna fa manam-pinoagna izy, kanefa tsy misy asa? Mety afaka hamonjy izy dikan'izegny finoagnanany zegny?¹⁵ Ataova kara misy ralahy na anabavy magnano akanjo ratsy na koa tsy ampy sakafo andavan'andro.¹⁶ Ataova misy araiky amin'ndrô mivolagna amin'ndrô: "Mandiana ampiadanagna, magnanovà mafana avy iô mivokisà." Raha ohatra tsy magnamia irô zaka jiaby ilainy vatagnanarô anao,¹⁷ kay ino mahatsara izegny? Kay karah zegny koa finoagna koa tsisy asa, maty.¹⁸ Nefa mety misy olo mivolagna: "Manampinoagna anao, avy iô zaho managna asa." Aboahà zaho ny finognanao tsisy asa, fa haboakako anao ny finoako amin'ny alalan'ny asako.¹⁹ Anao mino fa Zagnahary araiky fo, kara ataonao zegny. Nata i Satana aby iô mbola mino zegny aby, kay zegny mahatonga izy mangôvitra maregny agnarany Zagnahary zegny.²⁰ Tsy hainarô ry olo adala, fa tsy vagnono i Satana ny finoagna izy koa tsisy asa?²¹ Tsy namariogniny tamin'asany mba i Abrahama razantsika tamin'ny nagnatairany zanany Isaka tagnabon'ny alitara?²² Hitanao fa ny finoagna niasa niaraka tamin'ny asany, abaka avy iô ny asa nivadiky finoagna.²³ Kay tanteraka ny soratra masigny, izay mivolagna hoe: " Abrahana nino an-dRagnahary, kay niheitreritra tamin'ny fahamarinagna izy," ndraky avy iô izy nikahiagna naman-dRagnahary.²⁴ Hitanarô zegny fa tamin'ny asany hagnamariagna olo fa tsy amin'ny finoagna.²⁵ Kay karah zegny koa, i Rahaba mpivaro-taigna tsy

namarigniny tamin'ny asa koa mba izy, tamin'izy nandray irô iraka ndraiky nandefa irô tamin'ny lalan-kafa? ²⁶ Fa maty ny vatagna raha misaraka amin'ny fagnahy, kay karah zegny ny finoagna tsisy asa donk maty.

Chapter 3

¹ Tsy olo maro zegny tokony ho loso mpampianatra, avako aby. Haintsika fa andalo amin'ny fitsaragna mare atsika io. ² Fa atsika jiaby io zegny voasariky amin'ny fomba maro. Izikoa misy olo tsy voasariky amin-drô volagna io, midika fa lehilahy matotro marigny izy, sady afaka mamehy na hainginany topiny. ³ Ary izikoa asiantsika lamboridy amin'ny vavan'ny aomby baika agnarahan-drô volagnatsika, afaka mitondra atsika jiaby koa atsika io. ⁴ Zahava fa irô sambo, na araiky tegna maventy indessin'ny tsiko mare igny zegny, bala voavezigny ny vòlant hely amin'ny tany tian'ny mpigidy imboagna. ⁵ Kara zegny koa lelahy hely vatagna, kanefa izy matondra raha maro. Zahava koa hahilèzan'ny môtôro araiky magnôro atiala maventy. ⁶ Ny lelahy koa ane mba môtôro, hipetrhan'ny fahotagna amin'ny vataagnatsika. Zegny koa magnisy tasy vatagna araiky sady magnôro lalam-piainagna. Rihetin'ny môtôro koa ny hainginany. ⁷ Fa ny karazam-biby jiaby, vôrognô, biby mandady, raha agnat ranomasigny zegny folaka sady nifolatin'olombelognô. ⁸ Fa mikasiky lelahy, tsisy olo mavita mamolaka zegny. Io zegny ratsy araiky tsy hay fihezigny, feno ahody mahafaty. ⁹ Amin'io koa zegny hanompoantsika Tompo dariky Baba, sady amin'io koa hagnozognantsika olo, sady nitovy amin'ny Zagnahary. ¹⁰ Boaka amin'ny vava zegny fo koa hiboan'ny fitahiagna draiky fagnozognana. Ry avako aby, tsy hisy irô raha aby io. ¹¹ Loharano fo mba magnaboaka rano mamy draiky matraba boaka amin'ny fiboahany? ¹² Va kakazo ny aviavy ma mamoa oliva? Sa ny vohaloboka, mamoa aviavy? Ny rano masiny koa mba tsy afaka magnaboaka rano mamy. ¹³ Azovy ma misy jery sady mahay agnivoranô iô? Ambila izy agnaboaka fiainagna tsara amin'ny sasany amin'ny fanetren-tegnan'ny fisigna jery zegny. ¹⁴ Fa izikoa anarô mafana fô sady tia halaza amin'ny fô narô ao, kaza magnambôho na mavandy tsy magneky ny marigny. ¹⁵ Zegny tsy fahendregna nijotso boaka tangnabo tagny. Fa, boaka amin'ny tany fo, ny tsy boaka amin'ny fagnahin'ny setoany zegny. ¹⁶ Fa agny amizay misy lolom-po draiky fitiavagna halaza, misy hiziky draiky fagnanovagna raha ratsy jiaby. ¹⁷ Fa fahendregna boaka agnabo agny zegny madio aloha, aviô feno fihadanagna, tsara fagnahy, mihevitra ny hafa feno famelan-keloko draiky vokatsa, tsy mamopoko sady tsotra. ¹⁸ Ny vokatra ny fahamarignana zegny voafafy am-piadagnana agnivoran-drô izay mapihavagna

Chapter 4

¹ Baka aia nahavian'iregny ady ndraiky korotagna amin'narô iô? Ziô ma tsy raha efa nilainarô izay miady amin'ny mpikambana ao agnivoranô? ² Magniry anarô, nefa tsy managna. Mamono ndraiky magniry anarô, ka nefa tsy afaka ahazo. Miady ndraiky tsy fankahazo anarô. Tsy managna anarô satria anarô tsy mangataka. ³ Mangataka anarô nefa tsy mahazo satria ratsy fangataka, baika hafanarô mampiasa izegny ho amin'ny fagniriaranô. ⁴ Hoanarô mpijanganjaga! Moa tsy hainarô va fa fiaragna amin'izao tontolo izao fandrafiagna micontre an-dRagnahary? Koa na zôvy na zôvy te-ho naman'izao tontolo izao ka magnano tagnany ho fahavalon-dRagnahary. ⁵ Sa anarô mieritreritra fa Soratra Maigna iô, mivolagna zava-poagna? iô fagnahy nataony tamin'tsika iô, nataony iz'io baika ho fahasarotan-piaro. ⁶ Fa ndRagnahary magnamia fahasoavagna bebe kokoa, noho zegny hoy soratra masigny: "ndRagnahary micontre olo mpiraiharaiha, fa magnamia fahasoavagna n'olo mpanetry taigna" ⁷ Ka magnekeha an-dRagahary. Tohero ny devoly, ka hilaifa anarô izy. ⁸ Magnatontongna marikitra ndRagnahary, ka hagnakaiky anarô Izy. Diova tanagna narô, ry mpanota; baka iô atavanarô madio fonarô, ry mpiroa saigny. ⁹ Malahelovà, misaonà, avy iô mitomoangnihà! Aoka faharavoravoanarô hivadika fitomagnianina, baka iô fifalianarô ho fanjoretana. ¹⁰ Manetre-tena eo ankilan'ny Tompo, ka hanandratra anarô Izy. ¹¹ Kaza mifagnaratsy anarô, rahalahy. Olo izay magnaratsy rahalahiny na mitsara rahalahiny, izy manohitra lalàgna ndraiky mitsara lalàgna. Raha tsarainarô lalàgna, anarô zegny olo tsy mpagneky lalàgna fa olo mpitsara. ¹² Araiky fo magnamia lalàgna ndraiky mitsara. izy araiky fo mpamonjy ndraiky mpandringana. Azovy ma anao, kay andaihy hitsara namanao? ¹³ He! mitandregny anarô izay mivolagna hoe: "Iniany na amaray atsika iditra ato amin'ity tanàgna ity, hijanogno tognô araiky agny, hivarotro sady haka tombo-barotra atsika." ¹⁴ kanèfa azovy aminarô mahay raha hiboaka amaray; mba ino raha hainarô? Fa anarô kara zavogno anié! miboaka betibetiky avio ravagna. ¹⁵ Fa ndraiky, tôkono hivolagna anarô hoe: "Raha sitrapon'ny Tompo, ho velogno atsika hanao ity na hanao iry." ¹⁶ Fa amiziô ndraiky anarô, mirèharèha amin'ndrô raha jiaby sady hitetika hipoèrapoèra. Ny fireharehana jiaby kara izegny. ¹⁷ Ka izay mahay magnano tsara nefa tsy magnano izegny, kay heloka ho azy izegny.

Chapter 5

¹ Avia, anarô zaigny manam-bola, mitomagnia daiky midradradradrà nony irô fahoriagna avy aminarô. ² Haraigna narô efa io, draiky fisikinagna efa lanin'ny kalalao. ³ Volamaina narô ndraiky volafotsy narô efa harafesigny. Ny harafesigny ho vavolombelognô hiampanga anarô. nakajianarô haraignanarô mba ho amindrô farany. ⁴ Ity, karaman-drô mpiasa izay niasa taninarô, araiky nazonarô, zegny mitaraigny; sady ny fitaraignan'ny mpamokatra efa navy amin'ny sofigny ny Tôpin'ny maro. ⁵ Niaigny tamin'ny haregna teto an-tany anarô sady fa nagnèram-pô tamin'ny tegnanarô. Efa namangna ny fônarô amin'ny andra hamonoagnarô anarô. ⁶ Nisazy sady namono olo marigny anarô. Tsy nasakana anarô izy. ⁷ Kai mba mahareta ry avako aby, mandra-pihavian'ny Tompo. Ny mpitsabo miambigny vokatra sarobidy boaka amin'ny tany.

Miambigny amin'ny faharetagna izy, mandra-pazahoany zegny ny aloha draiky farany.⁸ Anarô fo koa mahareta. Fatara ny fônarô, fôtony fa mariketry hoavy ny Tompo.⁹ Kaza mfampitantara olagna ry avako aby, mba tsy hitsaraigna anarô. Igny fa, ny mitsara mitsangana amin'ny varavargna iô.¹⁰ Angala ohatra araiky za ry avak aby, boaka amin'ny fijaliagna draiky faharetan-drô mpaminany, irô izay nivolagna tamin'ny agnaran'ny Tompo.¹¹ Ita koa fa, ataontsika kara sambatra igny irô fa niharitry. Efa regninarô ny fiharetan'i Joba, ary hainarô ny tanjogno ny Tompo, ny maha-feno hinakinaka draiky famelahan-keloko.¹² Fa ny tegna agnabo ry avako aby, kaza mihaingny amin'ny lagnitry, na amin'ny tany na amin'ny fiainagna hafa. Fa alô sitrany volagninarô fa hoe: "Ya" mba "Ya" sady ny "aha" baika mba ho "aha," mba tsy hidriky amin'ny fitsaragna anarô.¹³ Misy olo araiky aminarô io mijaly amin'ny ady sarotro? alô izy mba ivavaka. Misy olo koa faly? Tokony hihira hira fideragna y.¹⁴ Misy marary ma aminarô ao? Tokony mikaiky olobe ny fiangonagna izy, sady tokony hivavaka hoanany koa zegny irô. Tokony hagnosotro menaka izy amin'ny agnaran'ny Tompo irô.¹⁵ Ny vavaka ampinoagna no agnajanga nyolo marary, ary Tompo hanagna izy. Izikoa izy nanota, hamela izy Zagnahary.¹⁶ Kai mifamelaha heloko anarô, mifampivavaha koa mba ho janga anarô. Ny vavaka ataon' olo marigny zegny tegna matanjaka amin'ny fasagnany.¹⁷ Elia zegny lehilahy nitovy tamintsika fo. Fa nivavaka mare izy baika tsy hilatsahan'ny mahalegny, sady tsy latsaka taminany tany tagnatin'ny telo taogno draiky telo fanjava.¹⁸ Baka tio bala draiky nivavaka koa izy. Ny lagnitry zegny nagnamia mahalegny, sady ny tany namokatra.¹⁹ Ry avako aby, izikoa misy araiky amianarô miala amin'ny fahamarignana, ary misy araiky magnampody izy,²⁰ tokony ho hain'olo io fa na azovy na azovy magnadoso mpanonta araiky amin'ny lâlagna tsy marigny, hagnavotro izy amin'ny fahafatesagna, sady agnasitriky fahotagna marobe.

1 Peter

Chapter 1

¹ Petera, apostolin'i Jesosy kristy, hoandrô zanaka am-pelezagna, irô zay voafidy, magneragna an'i Ponto, Galatia, Kapadokia, Asia aviô Bitynia.² Zegny araka hain-dRagnahary Baba mialoha, voatôkan'ny Fagnahay ho faatoavagna ndraiky ho famafazagna lion'i Jesosy Kristy. Ho aminarô anie fahasoavagna sady hitombo anie fiadanagnanarô.³ Ho tahiagna anie Zagnahary ndraiky Baban'i Jesosy Tompontsika. Tamin'ny famindram-pony, nagnamaizany antsika fahatiahany vaovao hoany fahatokisan'ny lova. Zegny lova zegny baka tamin'ny fitsanaganaan'i Jesosy Kristy tamin'ny maty.

⁴ Zegny hoany lova zay tsy ho faty, tsy ho robaka, aviô tsy ho ravagna. Zegny voatôkagna ho anarô an-dangitry agny.⁵ Anarô zegny arôvan'ny ngôvin-dRagnahary baka amin'ny finoagna, hoany famonjegna zay fa vôgnono ho ambara amin'ny fotoagna farany.⁶ Taigna ravoravo mikasiky zegny anarô, na dia ilainarô aby hahatsiaro malahelo amin'ny olo maro samy hafa amin'ny ziôty.⁷ Zegny hoany fagnaporofoga finoagnanarô, zay tegna sarobidy noho volamena zay simba, na dia nisidraigna tamin'ny môtro aby. miboaka zegny mba ho hita vokatra finoagnanarô amin'ny fideragna, voninahitra, aviô haja amin'ny hiboan'i Jesosy Kristy.⁸ Tsy nahita Izy anarô, nefa tia Izy. Tsy nahita Izy anarô amin'ny ziôty, kanefa mino Izy sady tegna faly amin'ny fifaliagna tsay hay koragniny, mahafinaritra.⁹ Alainarô amin'ny ziôty zegny vokatra fioagnanarô, famonjegna fagnainarô.¹⁰ Irô mpaminany zegny nikaroka sady nagnontay tsara mikasiky zegny famonjegna zegny, momba fahasoavagna zay hoanarô.¹¹ Izy rô zegny nitady fahaizagna mikasikin'ny hoe azôvy aviô ombiagna Fagnahin'i Kristy ami-ndrô ao nivolagna tami-ndrô. Zegny nisy kara nivolagni-drô mialoha mikasiky irô fijalian'i Kristy ndraiky voninahitra magnaraka zegny.¹² Nambara tami-ndrô zegny mba tsy hanompo tegna-ndrô irô, fa anarô, koa fa nivolagna irô ra zay voavolagna tami-narô amin'ny ziôty irô baka tami-ndrô zay nitory filazantsara taminarô baka amin'ny Fagnahy Masigny nalefa baka an-dagnitry agny-- ra zay tia-ndrô anjely ho hay.¹³ Dikany zegny homagna saigninarô. Mahonona taigna. Magnambila fitokisagna amin'ny fahasovagna zay hindsigny ami-narô iô amin'ny hiboan'i Jesosy Kristy.¹⁴ Amin'ny mahazanaka mpankato, mampifagnaraka taignanarô ami-ndrô fagniriagna zay narahinarô tamin'ny anarô mbala tsy nahay.¹⁵ Fa kara araiky zay nikaiky anarô hoe masigny, koa anarô, aleo ho masigny amin'ny fitondran-taiganarô jiaby.¹⁶ Fa voasôratra hoe: "Aleo ho masigny, fôtony masigny Zaho."¹⁷ Kay koa mikaiky araiky zay mitsara tsisy fagnavakavagna araka asan'olo tsiarai'araiky aby hoe: "Baba" anarô zegny handany fotoan'andranarô amin'ny fagnaboagna fagnajagna.¹⁸ Ainarô fa tsy baka tamin'ny volafotsy na volamena mety ravagna no nagnavotagna anarô tamin'ny fitondan-taigna adala zay nianaranarô tami-ndrô razagnanarô.¹⁹ Fa kanaifa, navotagna tamin'ny lio sarobidin'i Kristy anarô, zay kara zanak'ondry tsisy kilema na tsigny.²⁰ Voafidy taloahan'y nananganagna an'ity tant ity Kristy, fa amin'ny ziôty zegny tami-ndrô fotoagns farany no nanagnambaràgna Izy tami-narô.²¹ Baka taminany no hinoanarô a-dRagnahary, zay nanangagna Izy tamin'ny maty ndraiky tami-ndrô namiany voninahitra mba ho ao amin-dRagnahary finoagna ndraiky fahatokisagnanarô.²² Nagnadio fagnahinarô tamin'ny fankatoavagna fahamarinagna anarô. Zegny ho an'ny fitiavagna ara-pirahalahiagna madio; dikany zegny mifankatiava mare amin'ny fo. [Fanamarihana: Irô dikan-teny sasny zegny mivaky hoe: "Nagnadio fagnahinarô tamin'ny fankatoavagna fahamariagna baka tamin'ny Fagnahy anarô"]²³ Natairaka ndraiky anarô, tsy baka amin'ny voa tsy mety maty, baka amin'ny volagnan-dRagnahary velogno sady mitoetra.²⁴ Fa "nofo jiaby zegny kara ahitry, aviô voninahiny jiaby zegny kara voninkazon'ny ahitry. Maiky ahitry, aviô malazo voninkazo,²⁵ fa volagnan'ny Tompo zegny midôko mandrakizay." Zegny vaovao mahafaly zay nambara tami-narô

Chapter 2

¹ Dikany zegny aria ratsy jiaby, fahadisoam-panantenagna jiaby, fihatsaram-belatsihy, fagniriagna, aviô fagnendrikendrehagna jiaby. ² Kara tsaiiky vo tairaka, magniry ronono ara-pagnahy madio mba hahafanarô mitombo ao amin'ny famojegna baka amin'ny zegny, ³ koa nahatsapa anarô fa tsara fagnahy Tompo. ⁴ Magnatogno izy araiky vato velogno zay narian'ny olo, fa voafidin-dRagnahary ho manan-danja Aminany. ⁵ Anarô fo koa zegny kara irô vato velogno zay voahôrigny ho tragno ara-pagnahy, mba mpisorogno masigny zay manolotro sorogno ara-pagnahy iken-dRagnahary baka amin'i Jesosy Kristy. ⁶ Sôratra Masigny zegny ahitagna karaty: "Igny, Zaho mipaitraka amin'ny Ziona vato fehizoro, voafidy sady manan-danja. Zay jiaby mino Izy zegny ho maignatra. ⁷ Voninahitra zegny ho anao zay mino. Kanaifa, "vato nariana-ndrô mpanoritragny zegny niavadiky loahan'ny fehizoro"- ⁸ aviô, vato mahatafintohina ndraiky vatolampy mahalavo. Tafintohina irô, tsy nankato volagna, zay voatôkagna hoandrô fo koa. ⁹ Fa anao zegny olom-boafidy, mpisoron'ny mpanjaka, firenena masigny, olo ho an'ny fananan-dRagnahary, mba ho afaka hagnambara hatsara-drô asan'araiky zay nikaiky anao baka tamin'ny hiziky tao handaiha amin'ny hazavagna mahavariagna ao anao. ¹⁰ Taloha anao tsy olo, kanaifa amin'ny ziôty anao zegny olon-dRagnahary. Tsy nangala famindram-po anao, fa amin'ny ziôty anao nandray famindram-po ¹¹ Ry malala, mikaiky anarô kara vahiny ndraiky mpirenireny zaho mba hifady filàn'ny nofo, zay mahatonga ady manohitra fagnahinarô. ¹² Tôkony managna fitondran-taigna tsara anarô ami-ndrô Jentilisa, mba ho raha mikoragna mikasiky anarô hagnano ra ratsy zegny irô tôkony hahitagna irô asa tsaranarô ndraiky hankalaza an-dRagnahary amin'ny andra zay hahtongavany. ¹³ Ankatoava fahefan'ny olombelogno jiaby noho amin'ny Tompo. Ankatoava tegna agnabo mpanjaka, ¹⁴ ndraiky irô governora koa, zay nalaifa mba hagnasazy irô mpagnano ratsy ndraiky hankalaza irô zay magnano tsara. ¹⁵ Fa zegny sitrapon-dRagnahary, amin'ny fagnanaovagna tsara anarô zegny mampangina koragna tsy mahalala fomban'ny olo adala. ¹⁶ Kara maha-olon-kafa, aza ampiasaina ho kara fagnaronagna fahalemegna fahafahanao, fa aleo ho kara mpanomon-dRagnahary. ¹⁷ Amia voninahitra olo jiaby. Tiava firahalahiagna. Mahavozoa an-dragnahary. Amia voninahitra mpanjaka ¹⁸ Ry mpanompo, meteza hanaiky tomponarô amin'ny fagnajagna jiaby. Aza magneky ho mpanompon'ny tsara ndraiky ho tompo tsara fagnahy, fa hoandrô ratsy toetry fo koa zegny. ¹⁹ Fôtony mendri-pideragna zegny koa misy miaritra tekoteko koa fa mijaly amin'ny tsy rariny noho fagnantegnanany an-dRagnahary. ²⁰ Fa ôtrino vola koa manota anao aviô miaritra mandritra fagnasaziagna anao aviô? fa koa nagnano tsara anao sady miaritra mandritra fagnasaziagna anao zegny mendri-pideragna amin-dRagnahary zegny. ²¹ Fa noho ty nikahiagna anao, fôtony Kristy fo koa zegny nijaly ho anao. Namaila ohatra ho anao Izy mba hanarahagna irô lalagnany. ²² Tsy nanota Izy, na hoe nisy fitaka tamin'ny vavany. ²³ Koa nivolagnana ratsy zegny Izy, tsy nasiaka, fa nanolotro taignanany tamin'ny araiky zay Mpitsara ampahamarinagna. ²⁴ Izy vôkany zegny nitôndra irô fahotantsika tamin'ny taignanany tao ho agnabony kakazo iô, mba tsy hanagna anjara amin'ny fahotagna eky atsika, aviô mba hiaigny ho an'ny fahamarinagna. Baka Tamin'ny ratranany nahasitragna anarô. ²⁵ Nirenireny kara ondry very anarô jiaby, fa amin'ny ziôty anarô nipody tamin'ny mpiambigny ondry ndraiky mpiambigny fagnahinarô.

Chapter 3

¹ Amin'ny zegny fômba zegny, Anarô viavy zegny tôkony hagneky vadinarô. Ataova zegny na dia misy lelahy maro aby tsy mankatoka volagna, aviô mety ho azo irô na tsisy volagna aby, baka amin'ny fitondran-taignan'ny vadi-ndrô. ² Fa irô na dia hahita fitondran-taigna mendrikarô am-pagnajagna. ³ Aleo zegny ho tantairaka tsy miaraka ami-ndrô haingo ivailany: randram-bolo, firavaka volamena, na akanjo lamaody. ⁴ Fa kanaifa, aleo zegny ho tantairaka miaraka amin'ny zay ampon'olo ao ndraiky hatsaragna maharitrany fagnahy tsara sady mangigny, zay sarobidy alohanan-dRagnahary iô ⁵ Fa irô viavy masigny taloha no nandravaka taigandirô kara zegny. Nanagna fahatokiagna an-dRagnahary irô aviô nagneky vadiny aby. ⁶ Kara zegny fomba zegny nankatoavan'i Abrahama an'i Saraha ndraiky nakaiky izy ho tômpiny. Anarô zegny zanany amin'ny ziôty koa magnano zay tsara ndraiky tsy mavoza ologna anarô ⁷ Kara zegny fo koa, anarô lelahy zegny tôkony miaigny miaraka amin'ny vadinarô araka fahazavan-taigny, tegna kara fanaka malemy viavy. Tôkony amianarô voanahitra irô kara mpiara-mandova fagnomezan'ny fianagna. ⁸ Ataova zegny mba tsy ho voasakagna vavakanarô ⁹ Farany, anarô jiaby, aleo hiray saigny, hangoroka, hifankatia kara mpirahalahy, ho tso-po aviô hanetri-taigna. ¹⁰ Kaza mamaly ratsy ny ratsy na manaivataiva ny mpanaivataiva. Mifanohitra amin'ny zegny aby, mitahia fo, fa noho zegny no nikahiagna anarô, mba hahafanarô mandova fitahiagna ¹¹ Araiky zay tiankafy fiainagna ndraiky tiahitra andra tsara zegny tôkony hagnajanogno lelanany amin'ny ratsy ndraiky soginany amin'ny fivolagnana fitaka. ¹² Aleo izy hiala amin'ny atao hoe ratsy kay agnana zay tsara. Aleo izy hitady fiadanagna ndraiky hitaky zegny. ¹³ Mason'ny Tompo mahita marigny, aviô sofigny maregny irô fangatahandrô. Fa tavan'ny Tompo zegny manohitra irô zay magnano ratsy. ¹⁴ Azôvy araiky zay hamely anarô koa magniry hagnano tsara anarô? ¹⁵ Naifa koa mijaly nohon'ny fahamarinagna zegny anarô, sambatra. Kaza mavoza zay havozaondrô. Kaza mangôrohôro ¹⁶ Fa kanaifa, atokana kara masigny am-ponarô ao araiky Tompo Kristy. Mivignaosa fo hamaly olo jiaby zay magnontany anarô antony hatokisanarô an-dRagnahary. Ataova amin'ny halemem-pagnahy ndraiky fagnajagna zegny. ¹⁷ Manàgna feon'ny fieriteretagna madio mba olo zay manaivataiva fiainagna tsarainarô amin'i Kristy ao zegny mety maignatra fôtony mivolagna manohitra anarô irô kara hoe mpagnano ratsy anarô. ¹⁸ Taigna tsara, koa Zagnahary no magniry, fa mijaly anarô amin'ny fagnanaovagna tsara nohon'ny fagnanaovagna ratsy. ¹⁹ Fa nijaly noho fahotagna fo koa i Kristy. Izy zay marigny zegny nijaly ho antsika, zay tsy marigny, mba hagnandaisany antsika amin-dRaganahary. Nivonegna tamin'ny nofo Izy, fa nivilômin'ny Faghahy. ²⁰ Baka tamin'ny

Fagnahy zegny, nandaiha izy aviô nitory hoandrô fagnahy zay ami-gadra agny amin'ny ziôty.²⁰ Tsy nankatoa irô koa fa niambigny faharaitan-dRagnahary tamin'ny anadran'ny Noa, tamin'ny anadran'ny fananganagna sambofiara, aviô Zagnahary namonjy olo vitsy _ fagnahy valo _ tamin'ny rano.²¹ Zegny no famantaragna batisa zay mamonjy anarô amin'ny ziôty _ tsy kara fagnadiovagna loto amin'ny vatagna, fa kara kaikin'ny feon'ny fieritreretagna ho amin-dRagnahary _ baka tamin'ny fitsananganan'i Jesosy Kristy tamin'ny maty.²² Kristy zegny an-tagnana an-kavanan-dRagnahary iô. Nanonga an-dangitry agny Izy. Irô anjely, irô manam-pahefagna, aviô ngôvo zegny tsy magneky Izy.

Chapter 4

¹ Dikany zegny, fôtony nijaly tamin'ny nofo zegny i Kristy, ataova fiadian'ny taigananarô zegny tanjogno zegny. Fa zay ra jiaby tamin'ny nofo zegny nijanogno tamin'ny fahotagna.² Vokatra zegny, olo kara zegny, mandritra fotoagna tavaila hiaignany zegny, tsy hiaigny ho an'ny fagnirian'olo eky, fa ho a'ny sitrapon-dRagnahary.³ Fa ampy zay fotoagna roso nagnanaovagna zay tian'ny Jentilisa atao-hafaliagna nofo, fijejojejoagna, famamoagna, fitondran-taigna mahamaignatra, fisoman-dratsy, aviô irô asan'ny fanompoan-tsampy maharikoriko.⁴ Heverindrô fa hafahafa fôtony tsy mikambagna amin-drô ao amin'ny zegny fagnarampo be zegny anarô, dikany zegny hivolagna ratsy mikasiky anarô irô.⁵ Hamaly araiky zay vôgnono hitsara ny velogno ndraiky maty irô.⁶ Amin'ny antony zegny nitoriagna vaovao mahafaly tami-ndrô maty fo koa, mba na dia nitsaraigna tamin'ny nofo kara olo aby zegny irô, hiaigny kara an-dRagnahary amin'ny fagnahy ao.⁷ Magnantogno faran'ny ra jiaby. Dikany zegny tongava saigny, aviô mihonona taigna amin'ny eritreritrinarô ho an'ny fitiavam-bavaka.⁸ Agnabon'ny ra jiaby, manâgna fitiavagna feno ho an'ny tsiaraik'araiky avy, fa fitiavagna mandrakotra fahotagna maro.⁹ Mifampiantranoa tsy am-pitaraignana¹⁰ Fa tsiaraik'araiky aminarô zegny nangala fagnomezam-pahasoavagna, ampiasay hifanopoagna zegny. Magnanaova zegny kara mpitan-draharahan'ny fagnomaizam-pahasoavagna maro maimaimpoagna an-dRagnahary.¹¹ Koa misy mivolagna, aleo izy agnano zegny kara araiky mivolagna volagnan-dRagnanahary. Koa misy manompo, aleo zegny ho avy amin'ny ngôvo zay vatsian-dRagnahary. Magnanaova irô ra reo mba homem-boninahitra baka amin'i Jesosy Kristy amin'ny fomba jiaby Zagnahary. Aleo ho an'i Jesosy Kristy vonahitra ndraiky ngôvo mandraikizay doria. Amen.¹² Ry malala, aza raisigny ho hafahafa fitsapagna amin'ny afa zay nitranga taminarô, kara hoe nisy ra hafaha nitranga tami-narô.¹³ Fa kanaifa, na dia maro aby hiaigananarô irô fijalian'i Kristy, mifalia, mba ho afaka hifaly fo koa anarô aviô ho ravoravo amin'ny fagnambaragna voninahiny.¹⁴ Izy koa nitivitivaigina nony agnaran'i Kristy zegny anarô, voatahy, fôtony Fagnahin'ny voninahitra ndraiky Fagnahin-dRagnahary zegny midôko aminarô ao.¹⁵ Fa aleo tsisy na azôvy na azôvy aminarô hijaly kara mpamono olo, mpangalatra, mpagnano ratsy, na mpiraharaha an'ny hafa.¹⁶ Fa koa misy mijaly fa kristiana, aleo izy tsy ho maignatra; fa kanaifa, aleo hagnamia voninahitra an-dRagnahary amin'ny zegny agnaragna zegny izy.¹⁷ Fa fotoagna ity hanomboagna fitsaragna miaraka amin'ny ankohonan-dRagnahary. Koa manomboko amintsika zegny, ino ho vokatra ho anarô zay tsy mankatô filazantsaran-dRagnahary?¹⁸ Aviô koa "olo-marigny aby dila tsy ho voavonjy, amin'ny fomba akôry hiboan'ny olo tsy an-dRagnahary ndraiky mpanota?"¹⁹ Dikany zegny aleo zay mijaly nony sitrapon-dRagnahary hagnankiny fagnahindrô amin'ny Mpamôrognô mafaatoky amin'ny fagnanaovan-tsara

Chapter 5

¹ Magnanatra irô lohologno aminarô zaho, za, zay lohologno namagna. Zaho fo koa zegny vavolombelognondrô fijalian'i Kristy, aviô koa mpikambagna amin'ny voninahitra zay fa hiboaka ao.² Dikany zegny, magnanatra anarô za, ry lohologno, ambaisa ondrin-dRagnahary zay aminarô iô. Araiva maso izy regny, tsy amin'ny fahateriteregna, fa amin'ny sitraponarô, araka sitrapon-dRagnahary. Araiva maso izy regny, tsy amin'ny vola maloto, fa an-tsitrapo.³ Aza manjakanjaka amin'olo zay tandraimanarô. Fa kanaifa, aleo ho fitaratra ho an'ny ondry.⁴ Aviô, koa fa miboaka araiky Lohan'ny mpiambigny ondry zegny, hahazo satro-boninahitra tsy mety robaka anarô.⁵ Kara zegny koa, anarô tanora fagnahy, magnikia olo-mavety. Anarô jiaby, sikina fanetren-taigna haigninarô aviô mifanompao. Fa Zagnahary manohitra mpirehareha, fa hagnamia fahasoavagna mpanetry taigna.⁶ Dikany zegny manetren taigna ambanin'ny tagna-maherin-dRagnahary iô mba hanandratany anarô ami-zegny fotoagna zegny.⁷ Ambila Aminany iô fagnahianarô jiaby, fôtony Izy miahy anarô.⁸ Mahonogna taigna, miambena. Fahavalonarô zegny devoly, mignodidigny kara Lion mitsegny, mitady zay olo ho arapany.⁹ Manohera izy. Mioraigna amin'ny finoagnanarô. Ainarô fa zegny fahoriagna manjo zegny firaisandrô mpino magnairagna ity tany ity fo koa.¹⁰ Koa baka nijaly nandritra fotoagna foky anarô, Zagnahary fahasoavagna jiaby, zay nikaiky anarô ho amin'ny voninahiny mandraikizay amin'i Kristy ao zegny, hagnantairaka anarô, hanangagna anarô, aviô hampahery anarô.¹¹ Ho Izy anie fanjakagna mandrakizay mandrakizay. Amen.¹² Alaiko kara fa ralah mafatoky i Silasy, aviô nanoratra volagna fô-pôky ho anarô baka taminany za. Magnanatra anarô za aviô magnambara anarô fa zay nisoratako zegny fahasoavagna marignin-dRagnahary. Mijoroa ami-zegny.¹³ Viavy zay agny Babylona, zay voafidy niaraka tami-narô, magnano veloma anarô. Aviô koa i Marka, zanako lahy, magnano veloma anarô.¹⁴ Mifagnanaova veloma amin'ny fanoroham-pitiavagna. Ho ami-narô jiaby anie fiadanagna zay amin'ny Kristy ao.

1 John

Chapter 1

¹ Nanomboka tamboalohany tagny, izay efa regninay, izay efa hitany masonay, izay efa nozahavanay, ary izay efa nokasigin'ny tagnanay zegny makasika Tenin'ny fiainagna izegny. ² Kara izegny koa, makasika ny fiainagna nambarany, sady efa hitanay izegny, ka mitsangana vavolombelogo amin'izegny izahay. Kay zahay zegny magnambara aminarô makasika fiainagna mandrakizay ao amin'ny Papa, ary efa nambara zahay izegny. ³ Lay raha efa hitanay ndraiky regninay zegny ambaranay aminarô koa, baika hanagnanarô fifandraisagna aminay koa. Ny fifandraisagna misy aminay zegny, fifandraisagna amin'ndRagnahary ndraiky amin'ny Zanany, Jesosy Kristy. ⁴ Kara zegny koa zegny, hanoratanay aminarô amin'ny raha jiaby yô, baika ho tanteraka zegny haravoagnatsika. [Fagnamarihana: Irô dikam-bolagna taloha sasany zegny mivolagna karaty : "Ndraiky hanoratanay aminarô amin'ny raha jiaby yô, baika ho tanteraka zegny haravoagnatsika."]⁵ Ity hafatranazy efa regninay avy taminy, kay ambaranay aminarô: Zagnahary zegny fahazavagna, avy iô, ao Agnatinany tsy misy ajôbiagna zegny feky. ⁶ Izy koa atsika kay, mivolagna fa mifandray Aminazy, mbala mandaiha ao agnatin'ny mahiziky, mavandy atsika sady atsika tsy magnano marigny. ⁷ Kanêfa, izy koa ndraiky atsika mandaiha amin'ny mazava karaha Izy ao amin'ny fahazavagna, atsika tsy araiky araiky managna fifandraisagna Aminany avy iô koa, mbala lion'i Jesosy Zanany magnadio atsika ami'ny fahotagna jiaby. ⁸ Izy koa atsika mivolagna fa tsy managna fotoagna, atsika zalah mamitaka taignatsikay! avy iô, fahamarinagna zegny tsy ao amintsika feky. ⁹ Néfa, izy koa atsika miaiky irô fahotantsika aby yô, Izy zegny, mahatoky atsika sady marigny amin'ny famelagna irô fahontagnatsika ndraiky magnadio atsika amin'ny tsy fahamarinagna jiaby. ¹⁰ Atsika koa mivolagna fa tsary nanota, mivolagna Izy mpavandy, sady tsy ato amintsika taignanazy.

Chapter 2

¹ Zanako! manaoratra ity raha ity zaho baika anarô tsy hanota. Kanêfa, izy koa misy manota, atsika zegny managna mpisolo vava miaraka amin'ny Papa, tsy azôvy izegny fa i Jesosy Kristy, ilay marigny. ² Izy zegny magnavotsa atsika amin'ny fahotagnatsika jiaby, avy iô, tsy atsika zaraiky fo, fa magnéran-tany koa. ³ Amin'izegny ahaizantsika mahay fa atsika ninazy: koa atsika mitandrigny didinany aby iô. ⁴ Araiky nivolagna karaty: "Zaho mahay ndRagnahary zegny", néfa izy tsy mitandrigny irô didinany, mpavandy olo zegny, avy iô ny marigny tsy aminazy. ⁵ Fa na zôvy na zôvy mitandrigny volagna ndRagnahary, taigna mitandrigny marigny, ao amin'olo izegny no agnambony fitiavan-dRagnahary. Amin'izegny ahaizantsika fa ato amintsika Izy. ⁶ Fa araiky ilay nivolagna fa izy mipetraka ao amin'ny Zagnahary, izy zegny tôkono mandaiha mitovy amin'ny lalagna nandaihanan'i Jesosy Kristy koa. ⁷ Ry malala, tsy manaoratra didy vaovao ho anarô zaho, fa didy taloha izay efa nanagnanarô nanomboka taminy voalohany. I didy taloha volagniko zegny efa regninarô. ⁸ Fa manaoratra didy vaovao ha anarô zaho, izay marigny ao amin'i Kristy ndraiky ao aminarô, satria ny mahiziky zegny mandalo, fa ny fahazavagna marigny zegny efa magilatray. ⁹ Araiky mivolagna fa agnatin'ny mazava izy, néfa, tsy tia rahalahany izy, izy zegny mbala agnatiny ajôbiagna juska-zîô. ¹⁰ Araiky mitia rahalahany, izy zegny ao amin'ny mazava sady izy tsy hisy fotoagna hampameloko izy. ¹¹ Fa ilay araiky mankahala rahalahany zegny ao amin'ny mahiziky sady mandaiha ao amin'ny ajôbiagna; izy zegny tsy mahay izay andehanany, satria ny ajôbiagna zegny efa mibada masony. ¹² Manaoratra aminarô zaho, ry zanaka malalako! satria irô fahotagnanarô zegny voavela baka amin'ny agnaranazy. ¹³ Manaoratra aminarô zaho, ry papa! satria efa hainarô ilay araiky avy boka agny amboalohany agny. Manaoratra aminarô zaho, ry manafolah satria noresenarô zegny ny ratsy. Efa nanaoratra taminy narô zaho, ry zaza madinika, satria hainarô mahay i Ray. ¹⁴ Efa nanaoratra ho anarô zaho, ry ray, satria anarô mahay ilay avy amin'ny fiandohana. Efa nanaoratra ho anarô zaho, ry tovolah, satria mafy anarô, avy iô volagna Zagnahary mipetraka ao aminarô, avy iô anarô efa nandresy ilay ratsy. ¹⁵ Aza mitia izao tontolo izao na irô raha aby aminazy. Izy koa misy, mitia izao tontolo izao, dikan'izegny tsy agnatiny ao fitiavagna Papa. ¹⁶ Fa i raha jiaby yô ao amin'izao tontolo izao ao filan'ny aigny fo, filan'ny maso, ndraiky poerapoera amin'ny fiainagna izay tsy avy amin'ny Papa fa avy amin'izao tontolo izao. Izao tontolo izao ndraiky fagnirigna baka zegny mandalo fo. ¹⁷ Fa na zôvy na zôvy magnano sitrapon-dRagnahary, izy zegny hipaitraka mandrakizay. ¹⁸ Ntsaiky aby, ity l'heura farany. Efa regninarô tsara fa ho avy antiKristy, amizîô yô efa maro irô antiKristy izay efa navy. Kay amin'ny fotoagna izegny ahaizantsika fa ity l'heura farany. ¹⁹ Niala tamintsika irô, kanêfa, tsy baka amintsika. Tamintsika irô tiô, ary niaraka nipaitraka tamintsika. Fa avy tiô irô niala tamintsika, irô kôfa niala, namboakandrô fa tsy tamintsika irô. ²⁰ Managna fagnosaoragna avy amin'ilay araiky Massigna anarô, avy iô, hainarô jiaby fa marigny zegny. [Fagnamarihana: misy dikam-bolagna hafa sasany vaovao izay mivaky karaty: "managna fahalalagna jiaby anarô." Ny dikam-bolagna sasany taloha zegny mivaky karaty: "Baka yô hainarô tsara raha jiaby."]²¹ Tsy nanaoratra aminarô zaho satria anarô zegny tsy mahay ny marigny, fa satria hainarô izegny sady tsy misy vandy avy amin'ny marigny. ²² Azôvy no mpavandy fa tsy ilay araiky izay tsy magneky fa i Jesosy no Kristy? Izegny olo izegny antiKristy, koa fa tsy magneky Papa ndraiky Zanaka izy. ²³ Tsy misy olo kay tsy magneky Zanaka kay ho hanagna Papa. Izay magneky ny Zanaka no managna ny Papa koa. ²⁴ Fa ho anarô, aoka izay regninarô hatramin'ny fiandohana hidaonarô ao aminarô. Raha izay regninarô hatramin'ny fiandohana no midaonarô, izegny hidaonarô ao amin'ny Zanaka ndraiky ao amin'ny Papa koa. ²⁵ Izegny no fampantanagna namiany atsika: ny fiainagna mandrakizay. ²⁶ Efa nanaoratra izegny raha izegny ho anarô zaho mombandrô izay hitôndra anarô amin'ny lalan-diso. ²⁷ Ny aminarô ndraiky, ilay hosotra izay nalainarô avy taminy zegny hipetraka ao aminarô, avy iô anarô zegny tsy mila olo mampianatra anarô. Fa ny hosotra fo zegny nampianatra anarô raha jiaby, sady marigny avy iô tsisy vandy, Izy efa nampianatra kay mipetraka ao Aminy. ²⁸ Amizîô,

ry zanaka malalako, mipetraka ao aminy, baika kôfa miboaka yô Izy, hanagna fahasahiana zegny atsika ndraiky tsy ho maignatra eo ankilany amin'ny fiaviany.²⁹ Kôfa hainarô fa izy fo no marigny, hainarô fa izay magnano raha mety zegny natairany.

Chapter 3

¹ Indro karakory loatra fitiavagna namaizan'ny Papa atsika, baika hikaian'atsika zanaka Zagnary, ary tainga zanany marigny atsika. Noho amin'ny antony izegny, izao tontolo izao tsy mahay atsika, satria izy tsy mahay i raha aby zegny. [Fanamarihana: Ny dikam-bolagna taloha tsy manisy hoe: "ary tainga zanany marigny atsika."]² Ry malala, zanaka Zagnahary atsika amiziô, izegny mbala tsy nambara hoe karakory atsika. Atsika efa mahay fa kôfa miseho i Kristy, mitovy Aminy atsika, satria hitatsika kara Izy atsika.³ Izay managna izegny fahatokisagna momba ny ho avy mifehy aminy izegny, magnadio tainganany baika hadio karaha Izy.⁴ Izay manota, izay tsy ara-dalàgna; fa fahotagna tsy ara-dalàgna.⁵ Anarô mahay fa i Kristy, nambara mba hagnala irô fahotagna, avy iô, ao Aminy tsy misy fahotagna. Tsy misy olo izay mipetraka ao Aminy kay nbala hanota zegny.⁶ Tsy misy olo mbala manota kay nahita Izy na nahay Izy.⁷ Ry zanaka malala, aza ambaila hisy olo hamitaka anarô. Araiky izay magnano fahamarinagna fo no marigny, karah mahamarigny an'i Kristy.⁸ Araiky izay manota, avy amin'ny Devoly, fa Devoly, nanota hatrany amboalohany. Noho izegny antony izegny Zanaka Zagnahary naboaka, baika hahafagna mamotika irô asan'ny devoly.⁹ Na azôvy na azôvy nateraka ndRagnahary tsy mba manota, satria ny voa avy tamin-dRagnahary kay mipetraka ao agnatiny, sady tsy mahay manota izy, satria nateraka ndRagnahary.¹⁰ Izegny mampiseho miharihary fa izay zanaka Zagnahary ndraiky izay zanaka ny devoly. Tsy mba avy amin-dRagnahary izay olo tsy magnano marigny ndraiky izay olo tsy tia rahalahanazy.¹¹ Fa izegny hafatra zegny efa regninarô rango-tamboalohany: tôkono mifankatia fo atsika,¹² fa tsy tôkono agnana kara i Kaina, izy avy amin'ilay ratsy sady namono rahalahanazy izy. Mba faomba karakory loatra izy ndraiky nasaky namono rahalahanazy? Satria ratsy asanazy, fa ny rahalahany tsara sady marigny.¹³ Aza gaga anarô rahalahiko aby raha mankahala anarô ny tany.¹⁴ Haintsika fa efa niala tamin'ny fahafataisagna mandaiha agny amin'ny fiainagna atsika, satria tia andrô rahalahitsika atsika. Izay tsy tia rahalahinany mipetraka agny amin'ny fahafataisagna agny.¹⁵ Izay mankahala rahalahinany, mpamono olo. Haintsika fa tsy misy mpamon'olo managna fiainagna mandrakizay na hipetrachany ao aminy.¹⁶ Amin'izegny ahaizantsika fitiavagna, satria atsika nagnamian'i Kristy aigninany. Atsika koa tôkono magnamia aignitsika ho andrô rahalatsika.¹⁷ Fa na zôvy na zôvy managna angôvon'izao tontolo izao, kay mahita fahasahiragnan'ny rahalahany kay magnafody fon'ny mahinakinaka izy, amin'ny fomba karakory zegny ipetrachany fitiavan-dRagnahary ao aminany?¹⁸ Ry zanako malalako! aoka atsika tsy hitia amin'ny volagna fo na koa amin'ny vava fo, fa aoka mba atao amin'ny asa ndraiky fahamarinagna.¹⁹ Avy amin'izegny ahaizantsika fa avy amin'ny fahamarinagnatsika, avy iô, mampatôky fontsika eo ankilany atsika.²⁰ Fa izy koa magnameloko atsika fotsika, Zagnahary zegny lehibe noho ny fontsika, avy iô mahay raha jiaby Izy.²¹ Ry malala, raha tsy manameloka atsika fontsika, managna fahatokisagna amin-dRagnahary zegny atsika.²² Na karakory na karakory angatahaintsika, ho azontsika aminazy izegny, satria atsika mitandrigny irô didinany ndraiky magnano raha ankasitrahany eo ankilany.²³ Ity zegny didinazy: tôkono mino agnaran'ny Zanany Jesosy Kristy atsika avy iô, mila mifankatia atsika mitovy aminy fagnamaizany irô didinany teo amintsika.²⁴ Lay mitandrigny didinany, izy zegny mipetraka ao aminy ary Izy koa ao aminy. Karaty zegny ahaizantsika fa mipetraka ato amintsika Izy, ny Fagnahy Izay namaizany atsika.

Chapter 4

¹ Ry malala, aza magneky fagnahy jiaby. Ka néfa ndraiky, mitsapa irô fagnahy mba hahita fa avy amin-dRagnahary izy irô, satria mpaminany santoka maro irô efa niala tamin'izao tontolo izao.² Amin'ny fotoagna zegny ahaizandrô Fagnahin-dRagnahary, fagnahy jiaby izay magneky fa i Jesosy Kristy izay havy nôfotso, avy amin-dRagnahary, avy iô,³ zay fagnahy tsy magneky fa Jesosy, tsy avy amin-dRagnahary. Dikan'izegny fagnahiny antiKristy, izay efa regninarô fa ho avy, ary amiziô zegny Izy efa eto an-tany. [Fanamarihana: misy dikambolagna taloha sasany zegny mivaky karaty: "Avy iô, fagnahy jiaby izay tsy magneky fa i Jesosy havy nôfotso, tsy avy amin-dRagnahary. Izegny zegny fagnahin'ny antiKristy, izay efa regninarô fa ho avy, ary amiziô zegny izy efa eto an-tany."]⁴ Anarô avy amin-dRagnahary, ry zanaka malala, anarô efa nandresy izy, satria araiky ao aminarô zegny be lavitra noho irô izay eto amin'izao tontolo izao.⁵ Irô zegny avy amin'izao tontolo izao; noho izegny, zay raha koragnindrô zegny avy amin'izao tontolo izao, baka yô koa, izao tontolo izao zegny mitandregny raha koragnindrô. Avy amin-dRagnahary atsika.⁶ Avy amin-dRagnahary izahay; izay mahay Tompo, maharegny atsika. Fa zay tsy avy amin-dRagnahary, tsy maharegny atsika. Amin'izegny ahaizantsika fagnahin'ny fahamarinagna ndraiky fagnahin'ny fahadisoagna.⁷ Ry malala, allo atsika hifankatia, fa fitiavagna baka amin-dRagnahary, avy iô zay olo mitia zegny nateraka ndRagnahary sady mahay tsara an-dRagnahary.⁸ Olo zay tsy mahay mitia, tsy mahay an-dRagnahary, satria zagnahary zegny fitiavagna.⁹ Noho izegny fitiavan-dRagnahary zegny nambara tamintsika, fa Zagnahary, nandaifa Zanany lahitôkagna ho an'izao tontolo izao baika ho velogno noho Izy atsika.¹⁰ Ao agnatiny fitiavagna zegny, tsy nitiavantsika an-dRagnahary, fa nitiavany atsika, kay nirahiny zegny Zanany baika hagnavaotagna atsika amin'ny fahotagna jiaby.¹¹ Ry malala, karazegny zegny nitiavan-dRagnahary atsika, kay tôkono mba hifankatia koa atsika.¹² Tsy mbala nisy olo nahita an-dRagnahary na oviagna na oviagna. Izy koa atsika mifankatia, mipetraka eto amintsika Zagnahary, avy iô tantairaka ato amintsika fitiavagnanany.¹³ Amin'izegny no ahaizantsika fa

mipetraka Aminazy atsika, satria izy, nagnamia atsika tamin'ny Fagnahiny sasany.¹⁴ Baka yô koa, atsika efa nahita sady efa mitsagagna vavolombelogo, fa i Papa efa nandaifa Zanany lahy ho Mpamonjy an'izao tontolo izao.¹⁵ Na zôvy na zôvy magneky fa Jesosy, Zanaka lahin-dRagnahary, izy zegny mipetraka ao aminy Zagnahary, avy iô izy ao amin-dRagnahary.¹⁶ Sady atsika efa nahay sady nino fitiavagna namaizan-dRagnahary atsika. Zagnahary zegny fitiavagna, izay mipetraka ao amin'ny fitiavagna zegny, izy koa zegny mipetraka ao amin-dRagnahary, ary Zagnahary, mipetraka ao aminy.¹⁷ Kay noho izegny, fitiavagna zegny notanteraigna tamintsika, baika hanagnatsika fahatokisagna amin'ny andron'ny fitsaragna, satria mitovy Aminazy, kay kara zegny koa atsika ato ambony tany ity.¹⁸ Tsy misy mavoza ao amin'ny fitiavagna. Kanéfa ndraiky, ny fitiavagna tantairaka zegny magnadoso fahavozoagna, satria ny fahavozoagna zegny tsy maintsy miaraka amin'ny sazy. Fa ilay araiky izay mavoza zegny tsy natao ho tanteraka ao amin'ny fitiavagna.¹⁹ Tia Azy atsika, satria Zagnahary efa tia atsika taloha.²⁰ Koa misy olo mivolagna hoe: "Tiako Zagnahary" néfa izy mankahala rahalahany, izy mpavandy. Fa izay tsy tia rahalahany izay hitany, tsy afaka ahita ndRagnahary, izay tsy hitany.²¹ Avy iô, izegny koa no didy izay anagnatsika avy aminany: Na zôvy na zôvy mitia an-dRagnahary, tsy maintsy mitia rahalahany koa.

Chapter 5

¹ Na zôvy na zôvy mino fa i Jesosy, i Kristy, izy zegny nateraka ndRagnahary, avy iô na zôvy na zôvy tia papany mba tia zanaka naterany.² Noho izegny, ahaizantsika fa tiantsika zegny irô zanaka Zagnahary: Atsika kôfa tian-dRagnahary baka yô, magnatantairaka didinany atsika.³ Satria zegny fitiavagna ndRagnahary zegny: ahaizantsika irô didinany. Avy iô, didinazy tsy mavesatra.⁴ Fa ny olo jiaby zay natairaka ndRagnahary zegny mandresy izao tontolo izao. Avy iô zegny, fandresena zay efa fandresena izao tontolo izao: baka amin'ny finoagnatsika.⁵ Azôvy lay araiky izay mandresy izao tontolo izao? Araiky izay mino fa i Jesosy, Zanaka Zagnahary.⁶ Izegny zegny lay avy tamin'ny rano ndraiky lio: Jesosy Kristy. Ity zegny navy tamin'ny rano fo, fa tamin'ny rano ndraiky lio.⁷ Fa misy telo izay mitsagagna vavolombelogo: Fagnahy, rano, avy iô lio. Irô telo irô zegny mifagnaraka. [Fanamarihana: Dikam-bolagna sasany zegny misaraka karaty: "Fa misy telo izay mitsagagna vavolombelogo agny andagnitra: Papa ndaiky Volagna, avy iô Fagnahy Masigny; Irô telo irô, zegny lasa araiky. Avy iô izy telo zegny mitsagagna vavolombelognp eto ambony tany: Fagnahy, rano, ary lio; izy telo zegny mifagnaraka tsara." Na izegny aza, irô dikam-bolagna taigna tsara zegny tsy mivaky kara izegny."⁸ Koa mangala fijoroagna vavolombelogn'olo zegny atsika, ho mavety lavitra zegny fijoroagna vavolombelon-dRagnahary; I fijoroagna vavolombelon-dRagnahary zegny karaty: izy zegny mijoro vavolombelogo mahakasika ny Zanany.⁹ Na zôvy na zôvy mino izegny Zanaka Zagnahary zegny, managna fijoroagna vavolombelogo amin'ny raha taignazy. Izay tsy mino Zagnahary zegny magnano Izy mpavandy, satria izy zegny tsy nino irô fijoroagna vavolombelogo, zay efa namian-dRagnahary mahakasika Zanakanazy.¹⁰ Fijoroagna vavolombelogo izegny karaty: Zagnahary, nagnamia atsika fiainagna mandrakizay, izegny fiainagna zegny ao amin'ny Zanakanany.¹¹ Koa anagnanao Zanaka zegny anao zegny managna fiainagna. Izay olo tsy managna zanaka Zagnahary, tsy managna fiainagna.¹² Zaho efa nanaoratra irô raha jiaby taminarô, baika ahaizanarô fa managna fiainagna mandrakizay anarô, izay mino agnaran'ny Zanaka Zagnahary.¹³ Mitovy zegny koa, ity fagnekegna izay anagnatsika eo ankilanany, fa na karakory na karakory raha angantahitsika araka sitrapony zegny, hamian' atsika fo izegny.¹⁴ Kara zegny koa Izy, haintsika tsara fa mitandregny atsika Izy, na karakory na karakory raha angatahitsik'Aminazy zegny, tsy maintsy azontsika fo izegny raha jiaby nangatahitsika Aminany.¹⁵ Izy koa misy olo araiky mahita rahalahany magnano fahotagna izay tsy mitairaka fahafataisagna, izy zegny tsy maintsy mivavaka, baika Zagnahary zegny, hagnamia fiainangnanany. Zaho zegny mampitaha irô managna fahotagna tsy mitairaka fahafatesagna. Misy fahotagna izay miteraka fahafataisagna; zaho tsy mivolagna hoe tôkono hivavaka amin'izegny izy.¹⁶ Zay tsy fahamarinagna jiaby zegny fahotagna, néfa misy fahotagna tsy mitairaka fahafatesagna.¹⁷ Haintsika fa na zôvy na zôvy natairaka Zagnahary, tsy mba manota. Néfa ilay araiky natairaka Zagnahary zegny miaro taignany, baka yô koa ny ratsy zegny tsy afaka hikasik' izy.¹⁸ Haintsika fa avy amin-dRagnahary atsika, baka yô, izao tontolo izao zegny mipetraka ao amin'ny ratsy.¹⁹ Kanéfa haintsika fa Zanaka Zagnahary zegny efa navy, baka yô koa Izy nagnamia atsika fahazavan-tsaigany baika ahaizantsika fa Izy fo marigny. Mitovy amin'izegny koa zegny atsika ao amin'ilay araiky izay marigny, ao amin'i Jesosy Kristy Zanany. Izy Zanaka Zagnahary marigny sady fiainagna mandrakizay.²⁰ Zanakô, arovy amindrô sampy taignanarô.

2 John

Chapter 1

¹ Baka amin'ny lohologno juska amin-drô viavy voafidy ndraiky irô zanany, tiako amin'ny fahamarignana - bakô Tsy za fo, fa irô jiaby zegny nahay ny marigny koa -² nohon'ny fahamarignana mipetraka agnatitsika bakô hiaraka amintsika mandrakizay.³ Ho amintsika fahasoavagna, famindram-pô, fiadanagna baka amin-dRagnahary Baba ndraiky avy amin'i Jesosy Kristy, Zanaka ny Baba, amin'ny fahamarignana ndraiky fitiavagna.⁴ Egnany ravoravo za fôtony nahita sasany amin-drô zanakanao madèha amin'ny fahamarignana, Kara nangalatsika didy zegny baka tamin'ny Baba.⁵ Kay mangataka aminao za, madamo - Tsy Kara manôratra didy vaovao aminao za, fa zegny nanagnatsika rango tamin'ny voalohany - Kay tôkony hifankatiavatsika samy atsika.⁶ Kara ity fitiavagna, mba handianatsika araka irô riding. Kay zao didy, araka regninarô rango voalohany, Kay tôkony andihanarô amin'izegny.⁷ a Maro irô mpamitaka efa rôso agny

amin'izao tontolo izao, bakô irô tsy magneky ka fa Jesosy Kristy navy baka amin'ny nôfotro. Izegny mpamitaka ndraiky antikristy.⁸ Zahava téganarô, mba tsy ho very irô zaka jiaby fa vitantsika, baka hazahoanarô valiny fitiavagna feno.⁹ Ndré azôvy ndrô azôvy mandêha aloha bakô Tsy mipêtraka amin'ny fampianaran'i Kristy Tsy managna ndRagnahary. Kay araiky mipêtraka amin'ny fampianaragna, i araiky zegny fo ndrô managna Baba ndraiky Zanaka.¹⁰ Kay izy koa misy olo avy aminao iô Tsy mitôndra fampianaragna zegny, aza mampidriky izy agnatiny tragnonao bakô aza magnano mbalatsara izy ka.¹¹ Fa zegny magnano mbalatsara izy miaraka magnano raha Tsy manjary ataony.¹² Managna zaka Maro ho soratagna aminarô za, nêfa za Tsy magnîry hanôratra zegny amin'ny taratasy ndraiky encre. Na zegny ndraiky, magnatêgna fa ho avy agny aminarô za bakô hikoragna mivantagna, mba tantêraka haravoagnarô.¹³ Magnano viloma anao irô zanaka rahavavinao voafidy.

3 John

Chapter 1

¹ Za lohologno mamangy I Gaio malala, tiako amin'ny.² Ô ry malala, mivavaka za mba hambinigny amin'ny raha jiaby anarô bakô ho salama, Kara hagnambinagna fagnahinao anao.³ Tegna ravoravo za fa nisy ralahy navy bakô nijoro vavolombelona tamin'ny fahamarinagnanao, Kara andihananao amin'ny marigny.⁴ Tsy managna haravoagna be Kara ity za, bakô maharegny fa mandeha amin'ny fahamarinagna irô zanako.⁵ Ô ry malala, magnanao asa mahatoky Anao na amin'ny ino na ino asa ataonao ho ndrô ralahy igny ndraiky irô vahiny igny,⁶ mitsangana vavolombelogo fitiavanao agnatrehany ny l'eglise. Tsara ny atanao izy ka alefanao amin'ny fômba mendriky ndRagnahary ndrô,⁷ fôtony nohon'ny agnaragna nialany, Tsy nitôndra na ino na ino baka tamin-drô Jentilisa.⁸ Noho zegny atsika tôkony agnaraka Kara zegny, mba ho mpiara-miasa amin'ny fahamarinagnanao atsika.⁹ Nonôratra zaka tamin'ny l'eglise za, kanefa Diotrefa, ti-ho lohany amin'ndrô, Kay mandray zahay.¹⁰ Noho zegny, ka avy za, tsaroako irô asa nataony, fômba nikoragnany raha tsy manjary manohitry zahay miaraka amin'ny asaha. Tsy afa-pô tamin'ndrô asa, Kay Tsy niraisiny ior ralahy igny izy. Kay niroasiny irô nagnano Kara zegny ka izy bakô nandroaka irô hiboaka l'eglise.¹¹ Ô ry malala, aza mangalataka raha ratsy zegny fa zegny tsara. Kay araiky nagnano tsara nihin-dRagnahary; fa araiky zegny nagnano ratsy Tsy ahita ndRagnahary.¹² Raha jiaby ndraiky fahamarignana vavolombelogo magnambara i Demetrio. Zahay koa mitsangana vavolombelogo, bakô hainao fa marigny fagnambaranay.¹³ Managna zaka maro ho soratagna amin'arô za, fa Tsy magnîry hanoratagna regny aminarô amin'ny stylo ndraiky encre za.¹⁴ Kanêfa za magnatêgna ahita anarô tsy ho ela, bakô hikoragna mivantagna atsika.¹⁵ Ho aminarô fiadanagna. Magnano viloma anao irô namagna aty. Viloma amin'ndrô namagna tsaraikiraiky agny araka ny agnarany aby.

Jude

Chapter 1

¹ Joda, mpanômpon'i Jesosy Kristy araiky, ralahin'i Jakoba, ho andrô kaiâgna hoe, malala amin-dRagnahary ao Baba araiky, ndraiky voakajy ho an'i Jesosy Kristy:² Hampitombosiny aminarô anie famindram-po ndraiky fiadagnana bakô fitiavagna.³ Ry malala, tamin'ny nagnano êzaka jiaby hanôratra ho anarô mikasiky famonjegna hitanbaratsika igny za, nanôratra ho anarô za mba hanosiky anarô hiady mare ho any finoagna zegny efa namiagna indray mandêha ho andrô mpino.⁴ Fa ho an'olo sasany nisisiky antsokosoko aminarô ao. Regny olo voamariky amin'ny sazy. Iregny ka olo ratsy fagnahy manêvatêva fahasoavan-dRagnahary andeha amin'ny gèsty, bakô tsy magneky Andriana ndraiky Tômpo tokana tsika, Jesosy Kristy.⁵ Iziô za tia hampatsiaro anarô_ na dia fahinarô loatra Kay izegny edy_ fa Tômpo nagnavotro olony baka amin'ny tany Egypta, tafarany zigany naripany zegny olo jiaby tsy nino.⁶ Bakô irô anjely zegny tsy nitana fahifagna napêtraka tamin-drô, fôtony niala amin'ny tany nagnapitrahan-dRagnahary irô kay nifiheziny tamin'ny fehy mandrakizay irô, tagnatin'y hiziky tsy sômasôma ankitigny, andeha fitsaragna maventy.⁷ Kara zegny agny Sodoma draiky Gomora bakô tanâgna magnodidigny izy jiaby, izegny nagnamia tegnan-drô amin'ny fijangajangagna draiky fagnanôvagna filagna tsy ar-boajagnahary. Kay natao ohatra amin-drô zegny mijaly amin'ny fagnasaziagna amin'ny môtôro mandrakizay agny irô.⁸ Kanefa kara zegny koa, irô mpagninôfinôfy mandoto koa vatagnan-drô, mivolagna raha tsy manjary manohitry irô managna voninahitry.⁹ Fa na Mikaela arikanjely anie, izy koa niady tamn'ny devoly draiky nifamaly tamin'ny Mosesy, kay Tsy nasaky nivolagna raha ratsy hisaziny izy. Fa hoy isy ndraiky: "Hagnanatra anao anie Tompo ay!"¹⁰ Fa irô olo aby io mivolagna raha tsy manjary tsy hainy. Zegny hainy kara fahaizany biby tsisy jery zegny raha nadrobaka irô.¹¹ Lagigny amin-drô! Fa izy koa irô nandeha amin'ny tanànan'i Kaina irô, kay nagnaraka hadisoagnan'i Balama hahazoagna valiny. Ho ripaka amin'ny fikomiagnan'i Kora ao irô.¹² Irô olo araiky harambato misitriky agnatiny ny hanim-pitiavagnanarô ao. Mihinana fa mba mahêza mênatra, mamoky tégna fo irô. Fôtony irô kara rôndro misy rano, andesin'ny tsiko. Kakazo fararano tsisy voany indroe maty, nialan'ny fakany.¹³ Irô kara daroba-dranomasigny mahery, mitômpatômpa mamorivory hênatran-drô. Lakintagna mirenireny koa irô, kay voakajiny mandrakizay hajobiagnan'ny hiziky.¹⁴ Bakô Enoka, faha fiton'i Adama, êfa namiany mahakasiky irô, nivôlagna hoe: "Indriô! Ho avy Tômpo miarakan-drô masigny hamanalinaligny. Ho avy Izy hagnatanteraka fitsaragna olo jiaby."¹⁵ Ho avy Izy mba hampiaiky olo ratsy fagnahy jiaby tamin'ny asa vitany tamin'ny haratsiam-pagnahiny, bakô irô vôlagna jiaby nambaran'ny ratsy fagnahy hikontra Izy."¹⁶ Irô mpihomognomogno, ndraiky mpimenomegnono, zegny magnaraka filàgna

ratsy ndrô. Irô pigèsite mare, zegny, izy ka baka amin'ny tombontsoan'ndrô manökana, miposy ny hafa.¹⁷ Fa anarô, malala, aza adigna irô vôlagna nataon-drô apostolin'i Jesosy Kristy Tompotsika retsy èla.¹⁸ Hoy irô taminarô: "Fa amin'ny Andra farany ho hisy mpaniratsira hanaraka filagnan'ny haratsiam-pagnahy."¹⁹ Irô olo irô mitariky fisarahagna. Fôtony irô afaka ny nôfotro, bakô tsy managna fagnahy b²⁰ Fa anarô, malala, mioraigna tsara amin'ny finoagna marigny indrindra, bakô mivavaha amin'ny Fanahy Masigny.²¹ Mitoëra anarô amin'ny fitiavan-dRagnahary, bakô ka ambësa famindram-pôn'i Jesosy Kristy Tômpotsika zegny mitôndra amin'ny fiaignana mandrakizay.²² Mamindrà fô amin-drô misalasala.²³ Vonjia sariha hiala amin'ny môtro olo sasany. Bakô sasany ndraiky amindra fô ami-tahotra. Mankahalà ziska amin'ny akanjo nolotoin'ny nofotrazana.²⁴ Bakô ho an-jôvy miaro anarô mba tsy ho meloko, aviô mba havianao hijoro agnatrêhany voninahitriny iô, Tsisy tsigny ankaravoagna maventy,²⁵ amin-dRagnahary tôkagna Mpamonjy atsika anie, voninahitry, fahabëzagna, fahifagna, hery, talohan'ny lëra jiaby, iziô, bakô mandrakizay, Amen

Revelation

Chapter 1

¹ Ity ny fagnabaragnan'i Jesosy Kristy, namian'Andriamanitry Izy agnaboahany amindrô mpanomponany ny raha tsy maintsy ho avy. Nampahafantariny zegny tamin'ny alalan' ny fagnandifasany anjely tamin'i Jaona mpanomponany.² Jaona dia nagnamarigny ny mikasiky ny tenin'Andriamanitry ndraiky fijoroagna vavolombelogno jiaby mikasiky Jesosy ndraiky raha jiaby hitany.³ Sambatra izay mamaky ity faminaniagna ity, ndraiky mitandrigny izay voasoratra ao, satria efa mariny ny fotoagna.⁴ Jaona nandeha tagny amindrô fiagnonagna fito tagny Azia : Ho aminarô anie ny fahasoaavagna ndraiky fiadanagna avy baka amin'ilay niany, ndraiky taloha sady ho avy, ndraiky avy baka amindrô Fagnahy fito izay eo alohan'ny sezy fiandrianany,⁵ ndraiky avy baka amin'i Jesosy Kristy, izay vavolombelogno marigny, talagnolo amin'ny maty, sefon'ny mpanjakan'ny tany. Ho an'ilay tia atsika ndraiky nagnafaka atsika tamin'ny fahotagnantsika tamin'ny lionany—⁶ Izy baka nagnano atsika ho fanjakagna, mpisorogno ho an'Andriamatinany sady Babany koa – Ho anazy anie ny voninahitry ndraiky fahefagna mandrakizay mandrakizay. Amen.⁷ Indro, ho avy baka amin'ny rondro Izy ; maso jiaby hahita Izy, nata irô nanomboko saboha Izy. Abokô, hitomoagny aminany firenena jiaby. Ià, Amen.⁸ "Zaha no Alfa ndraiky Omega" hoizy ny Tompo Andriamanitra, "Ilay niany, ndraiky Taloha sady ho avy, ilay Tsitoha" (Fagnamarihagna : ny dikan-teny hafa vakigny karaha ity : « Zaha no Alfa ndraiky Omega, fiandohagna ndraiky fiarafaragna,» hoy ny Tompo Andriamanitra.⁹ Zaha Jaona, rahalahinarô ndraiky namanarô amin'ny fahoriagna ndraiky amin'ny fanjakagna ndraiky faharetagna ao amin'i Jesosy, tao amin'ny nôsy atao hoe : Patmo noho ny tenin-dRagnahary ndraiky fivolagnana mikasiky Jesosy.¹⁰ Voatsindrin'ny Fagnahy tamin'ny andron'ny Tompo zaha, kay naharegny feo mahery karaha feon'ny trompetra tafaranakahy tao¹¹ nagnano hoe : « Izay raha hitanao sorata amin'ny boky, abokô, ampitondrà ho agny amin'ny fiangonagna fito : ho agny Efesosy ndraiky Smyrna, ndraiky Pergamosy, ndraiky Tyatira ndraiky Sardisy ndraiky Filadelfia ndraiky Laodikia."¹² Abokô, nitodiky zaha nizaha feo nivolagna taminakahy. Zaha kôfa nitodiky, nahita plasin-jiro volamena fito ;¹³ abokô, tagnivon'ny plasin-jiro volamena tiô nisy Araiky karaha Zanak'olo nagnano ankanjo lava jiska vitinany sady nisikigny fisikinam-bolamena tamin'ny tratranany.¹⁴ Abokô, lohanany ndraiky fagnevanany fotsy karaha volon'ondrikondriky fotsy, karaha orampanala, abokô masonany karaha lela-môtro.¹⁵ Abokô vitanany karaha varahagna manganohano, karaha avy tamin'ny fandrendrehagna igny ; abokô feonanany karaha firohondrohon'ny rano be.¹⁶ Abokô nitagna lakintagna fito tamin'ny tagnananany ankavanagna Izy ; abokô nisy meso aroa lela marangitry niboaka avy baka tamin'ny vavanany ; abokô, soranany mamirapiratra karaha masoandro mamirapiratra amin'ny angovo jiaby.¹⁷ kôfa nahita Izy zaho zaha, lavo niankohoka karaha olo maty talohan'ny vitinany. Avy tiô, nanambotro zaha tamin'ny tagnananany ankavanagna Izy sady nivolagna karaty : « Aza mavozo ; Zaho no Voalohany ndraiky Farany,¹⁸ Ilay Velogno, efa maty Zaha, kanéfa, indro, Velogno mandrakizay mandrakizay sady managna lakilen'ny fahafatesagna ndraiky fiainan-tsihita.¹⁹ Kay soràta zay raha efa hitanao, na raha niany, na raha mbola ho avy²⁰ ny raha misitriky makasiky lakintagna fito izay efa hitanao tamin'ny tagnanakahy ankavanagna ndraiky plasin-jiro volamena fito. Ny lakintagna fito dia anjelin'ny fiangonagna fito : abokô, ny plasin-jiro fito dia fiangonagna fito.

Chapter 2 Soràta ho an'ny anjelin'ny fiangonagna ao Efesosy hoe : « Ireto ny volagna ava baka amin'araiky ilay mitagna lakintagna fito amin'ny tagnana ankavanagnanany ndraiky mandeha agnivon'irô plasin-jiro volamena fito,

² Haiko irô raha efa vitanao ndraiky asa mafinao ndraiky fiararaitanao maharitra. Haiko fa tsy afaka handefitry amin'olo mpagnano raha tsy manjary anao. Haiko fa nitsapainao irô izay mivolagna izy fa Apostoly, kanefa tsy izy, navy tiô, hitanao izy fa sandoko.³ Haiko fa managna faharetagna anao, sady nijaly mafy noho ny amin'ny agnaragnanakahy, sady tsy nivo lefogno anao.⁴ Kanefa manohitra anao zaha, fotony anao niala tamin'ny fitiavagna voalohany.⁵ Tsarova noho izegny ny toeragna nahalavo anao. Mibebaha abokô magnanova irô raha nataonao tamin'ny voalohany. Fa anao koa tsy mibebaka, ho avy aminao zaha hangala plasinjiro amin'ny plasinany.⁶ Kanefa izao no ataonao : « Halanao ny raha vitan'ny Nikolaita, izay halako koa.⁷ Izay manan-tsofigny, aoka izy hitandregny raha volognin'ny Fagnahy amin'ny fiangonagna. Izay maharesy dia hamiako lalagna hihinagna ny avy baka amin'ny hazon'aigny izay amin'ny paradisan'Andriamanitry."⁸ Soràta ho an'ny anjelin'ny fiangonagna agny Smyrna hoe : « Ireto ny volagnan'Araiky izay voalohany sady farany, araiky efa maty kanefa velogno ndraiky:⁹ " Haiko ny fahoriagnanao ndraiky fahantragnanao,

kanefa manan-kariagna anao. Haiko ny asaha ho an'irô izay mivolagna izy fa jiosy, kanefa tsy izy. Synagoga'ny Satana irô.¹⁰ Aza mavozo ny amin'ny raha efa hiaraitanao. Indro! Ny devoly dia hagnatsipy sasany aminarô amin'ny prison mba ho tsapaigny anarô, abokô, hijaly mandritra ny folo andro anarô. Matokia jiska maty, abokô, hamiako anarô ny satroboninahitry ny fiainagna.¹¹ Izay manan-tsofigny, aoka izy hitandregny raha volagnin'ny Fagnahy amin'ny fiangonagna. Izay maharesy tsy mba horobatin'ny fahafatesagna faharoa.¹² Soràta ho an'ny anjelin'ny fiangonagna agny Pergamosy hoe : « Ireto ny volagnan'araiky managna sabatra aroa lela: ¹³ “ Haiko ny tany ipitrahanao, dia ao amin'ny tany misy ny sezy fiandrianan'I Satana. Abokô, amin'izîô ty, mitanà mafy agnaragnanakahy anao. Haiko fa tsy nandà ny finoagnanao ny aminakahy anao, natà tamin'ny andron'I Antipasy vavolombelognonakahy aby, izay natoky Zaha, izay nivinogny taminarô tiô, tao amin'ny fipetrahana'ny Satana tao. ¹⁴ Kanefa, managna raha volagnigny hely aminao zaha : “ Misy sasany aminarô mitagna mafy ny fampianaragnan'ny Balama, izay nampianatra an'i Balaka hagnapetraka raha mahavoatsikohogno alohan'ny zanak'israely, beky hihinanandrô hanigny natao sorogno ho an'ny sampy abokô mba ho fijangajangagna. ¹⁵ Karaha izegny koa, misy sasany aminarô mitagna mafy ny fampianaran'irô Nikolaita. ¹⁶ Mibebaha, noho izegny, Fa izy koa tsy izegny, ho avy malaky aminarô zaha, hiady amindrô miaraka amin'ny sabatra avy baka amin'ny vavanakahy. ¹⁷ Izay manan-tsofigny, aoka izy hitandregny raha volognin'ny Fagnahy amin'ny fiangonagna. Ho andrô izay maharesy, hamiako mana miafigny, abokô, hamiako vato fotsymiaraka amin'ny agnaram-baovao voasoratra amin'ny vato, agnaragna tsisy olo mahay izy koa tsy izay olo mahray azy fo.” ¹⁸ Soràta ho an'ny anjelin'ny fiangonagna ao Tyatira hoe : « Ireton y volagnan'ny Zanak'Andriamanitry, izay managna maso karaha lelan'afô abokô tongotro fito karaha varahagna mangilatra: ¹⁹ “ Haiko ny raha vitanao: ny fitiavagnanao ndraiky ny finoagnanao ndraiky ny fanompoagnanao ndraiky ny faharaitagnanao. Haiko fa ny raha vitanao farany dia maro lavitry mihoatra ny raha vitanao voalohany. ²⁰ Kanefa izao no anohairako anao: Nandiferanao ilay magnangy zezebela, izay mivolagna izy ho magnangy mpaminany. Amin'ny alalan'ny fampianaragnanany dia mamitaka irô mpanomponakahy irô izy mba hijangajanga abokô hihinagna hanigny atao sorogno ho an'ny sampy. ²¹ Nagnamia fotoagna hibebahany zaha, kanefa tsy mety nibebaka amin'ny fijangajangagnanany izy. ²² Indro! Hataoko marary amin'ny fandriagnanany izy, abokô, irô izay mijangajanga miaraka aminany koa ampahoriako mafy, izy tsy mibebaka amin'ny asa ratsin'ny magnangy io irô. ²³ Ho voneko hofloaty zakanany, abokô, irô fiangonagna jiaby irô hahay fa Zaha araiky mahita ny fieritreretagna ndraiky fietseham-po. Hamiako araka ny asanarô tsaraikiaraiky aby anarô. ²⁴ Fa ny aminarô izay tavela ao Tyatira, olo jiaby izay tsy mitagna fampianaragna ity, draiky izay tsy mahay ny antsoina hoe: sain-dalin'ny Satana – Izao no volagniko aminarô : “ Tsy vesariko entagna hafa anarô”. ²⁵ Na izegny ndreky, tsy maintsy mitagna mafy ny finoagnanarô anarô mandrapahaviano. ²⁶ Izay araiky maharesy ndraiky izay magnano izay efa nefako zisk'amin'ny farany, dia hamiako izy ny fahafahana amin'ny firenena jiaby. ²⁷ Hanapaka eo amindrô amin'ny tehim-by izy, karaha fagnapotepotehagna vilagny tany no hagnapotepotehagna irô. ²⁸ Karaha nazahoako navy baka amin'ny Babako koa ny hagnamaizagna izy lakintagna mpitariky andro. ²⁹ Izay manan-tsofigny, aoka izy hitandregny raha volognin'ny Fagnahy amin'ny fiangonagna.”

Chapter 3

¹ Soràta ho an'ny anjelin'ny fiangonagna agny Sardisy hoe : « Ity ny volagnan'ilay mitagna ny Fagnahy fiton'Andriamanitry ndraiky lakintagna fito. “ Haiko raha nataonao. Managna agnaragna velogno anao, kanefa maty abokô. ² Miambaina abokô atanjaha izay tavela fa mitady hofloaty, fotony, asanao jiaby tsisy hitako tanteraka eo imason'Andriamanitrinakahy. ³ Tsarova, noho izegny, raha nazonarô ndraiky raha regninarô. Ankatoavinarô zegny abokô mibebaha. Izy koa anarô tsy mifoha, ho navy karaha mpangalatra zaha, abokô tsy ho hainarô lera haviako aminarô. ⁴ Kanefa misy agnaran'olo vitsivitsy agny Sardisy izay tsy nandoto ankanjondrô. Handeha hiaraka aminakahy irô, magnano ankanjo fotsy, fotony mendriky irô. ⁵ Izay araiky maharesy, hampisikinigny ankanjo fotsy, abokô zaha tsy hamafa agnaragnanany ao amin'ny bokin'ny fiainagna na ombiagna na ombiagna, abokô hivolagna agnaragnanany alohan'ny Babako ndraiky anjelinany irô. ⁶ Izay manan-tsofigny, aoka izy hitandregny raha volognin'ny Fagnahy amin'ny fiangonagna. ⁷ Soràta ho an'ny anjelin'ny fiangonagna agny Filadelfia hoe : « Izao ny volagnan'araiky izay masigny sady marigny_Izy no mitagna ny lakilen'ny Davida, Izy no manokatra ary tsisy olo na zovy na zovy namody, Izy no mamody ary tsisy olo na zovy na zovy afaka manokatra. ⁸ “ Haiko raha vitanarô. Indro, nambilako tamiagna misokatra alohanarô izay tsisy olo afaka magnafody. Haiko fa managna angovo hely anarô, kay nankato volagnanakahy abokô anarô tsy nandà agnaranakahy. ⁹ Indrô! Irô avy baka amin'ny synagoga'ny Satana, irô izay mivolagna fa jiosy kanefa tsy izy aby fa mavandy irô. Hataoko navy hangoalitra amin'ny tongotronao irô, abokô, ho avy irô mba hahay fa nitia anao Zaha. ¹⁰ Fotony anarô efa nitandrigny didinakahy tamin'ny faharetagna, noho izegny hiarô anarô amin'ny andro fitsapagna izay efa ho avy amin'izao tontolo izao jiaby koa Zaha, mba hitsapa irô izay miaigny ambonin'ny tany. ¹¹ Ho avy tsy ho ela Zaha. Tananarô mafy izay anagnanarô mba tsy hisy hangala ny satroboninahitrinarô. ¹² Ataoko andry amin'ny tempolin'ny Andriamanitrinakahy izay maharesy, ary tsy hiala iô mandrakizay mandrakizay izy. Hisoratako aminany ny agnaragnan'Andriamanitrinakahy, ilay agnaragnan'ny tanagnan'Andriamanitrinakahy (ilay Jerosalema vaovao, izay mijotso avy baka andangitry avy baka amin'Andriamanitrinakahy), ndraiky agnaragnanakahy vaovao. ¹³ Izay manan-tsofigny, aoka izy hitandregny raha volognin'ny Fagnahy amin'ny fiangonagna. ¹⁴ Soràta ho an'ny anjelin'ny fiangonagna agny Laodikia hoe : « Izao ny volagnan'Amen, vavolombelognon mahafatoky sady marigny, ilay mpanapaka ny zavaboarin'Andriamanitry.” ¹⁵ Haiko raha nataonarô, anarô sady tsy manintsy sady tsy mafana. Magniry Zaha mba

hanintsy na hafana anarô! ¹⁶ Noho izegny fotony anarô matimaty_sady tsy mafana no tsy manintsy_efa haloan'ny vavanakahy anarô. ¹⁷ Anarô mivolagna hoe: “manankariagna anarô, nanagna fitaovagna marô, kay tsy misy raha ilainarô eky. Kanefa, tsy hainarô fa anarô no tegna ory, Mampainakina, mahantra, Jamba abokô mitanjaka. ¹⁸ Tandrignesanarô torohevitrinakahy: mividianana volamena voadio tamin'ny motro aminakahy anarô baiky anarô ho lasa mpagnankariagna, ndraiky ankanjo fotsy mamirapiratra beky anarô ho araka mampiankanjo vatagnanarô, Kay tsy hampiboaka my hegnatran'ny fitanjahagnarô, abokô, hagnosotro my masonarô mba hahitanarô. ¹⁹ Ampiofaniko ny olo izay tiako, abokô, hampianariko irô ny fomba tokony hiainandrô. Noho izegny, mazotoa ary mibebaha. ²⁰ Indrô, mitsangagna amin'ny varavaragna Zaha abokô mikonkogno. Kay koa misy maharegny feonakahy Kay manaokatra varavaragna aminakahy, ho avy antragnonany ao Zaha Kay nihinagna miaraka aminay, ary Kay miaraka aminakahy. ²¹ Izay maharesy, hamiako zo hipetrika miaraka aminakahy amin'ny sezy fiandranagnanakahy, karaha nandrisiako koa kay nipetrahako niaraka tamin'ny babako tamin'ny seza fiandrianagnanany. ²² Aoka izay manan-tsofigny hitandregny izay Raha volagnin'ny Fagnahy amindrô fiangonagna.

Chapter 4

¹ Tafaran'ny raha aby zegny nizaha zaha, abokô, nahita tamiagna araiky nisokatra tamin'ny langitry zaha. Ny feo voalohany regniky nikoragna taminkahy karaha trompetra, nagnano hoe: “Miakara amty ary haboakako anao izay tsy maintsy hitranga avy afaran'irô raha aby irô.” ² Nisy fotoagna zaha voatariky ny Fagnahy, nahita sezy fiandrianagna nipetraka tamin'ny langitry, nisy olo nipetraka taboniny tiô. ³ Ilay araiky nipetraka tamboninany tiô nanagna sora karaha jaspera ndraiky karneola. Nisy sobeha nikodidigny sezy fiandrianagna io. Sobeha karaha emeraoda. ⁴ Nisy sezy fiandra efatra amby roapolo nagnodidigny sezy fiandrianagna, ary lohologno efatra amby roapolo no nipetraka tambonin'ny sezy fiandrianagna, nagnano ankanjo fotsy, niaraka tamin'ny satro-boninahitry volamena tamin'ny lohandrô. ⁵ Avy baka tamin'ny sezy fiandrianagna tiô nisy tsela-pahazavagna, kotroko, ndraiky kotro-baratra. Nisy jiro fito talohan'ny sezy fiandrianagna, jiro izay Fagnahy fiton'Andriamananitra. ⁶ Talohan'ny sezy fiandrianagna tiô nisy ranomasigny fitaratra karaha kristaly. Tagnivon'ny sezy fiandrianagna ndraiky nagnodidigny izy tiô nisy raha managn'aigny efatra, feno maso talohandrô ndraiky tamin'ny tahaizagnandrô. Raha managn'aigny voalohany iô karaha lion, raha managn'aigny faharoa karaha zanaka aomby, raha managn'aigny fahatelo karaha olo, ary raha managn'aigny fahaefatra karaha voromahery mitiligny. ⁸ Raha managn'aigny efatra aby iô samby managna helatra tsota aby, feno maso ambony ndraiky ambany. Agnatin'ny andro ndraiky aligny irô tsery mijanogno mivolagna hoe: “Masigny, masigny, masigny ny Tompo Andriamanitra Tsitoha izay nisy, ary misy ary mbola ho avy.” ⁹ Na ombiagna na ombiagna raha managn'aigny aby iô hagnamia voninahitry, laza, ndraiky fisaoragna amin'airaiky mipetraka amin'ny sezy fiandrianagna, araiky velogno mandrakizay doria iô fo, ¹⁰ lohologno efatra amby roapolo irô koa niankohoko talohan'araiky nipetraka tamin'ny sezy fiandrianagna. Niankohoko tamin'ny araiky velogno mandrakizay doria irô boaka iô nagnatsipy satroboninahitrindrô talohan'ny sezy fiandrianagna sady nivolagna hoe: ¹¹ “Mendriky Anao, ry Tomponay sady Andriamanitranay, ny handray ny voninahitry, ny laza ndraiky hery. Fotony Anao no namorogno raha jiaby, ary tamin'ny alalan'ny sitraponao, nampisy raha aby izegny ndraiky namorognana azy.”

Chapter 5

¹ Nahita horonkoron-taratasy tan-tagnana ankavanagnan'araiky nipetraka tamin'ny sezy fiandrianagna zaha, voasoratra talohany ndraiky tavafaranany. Nifihizigny tamin'ny tombokase fito izy. ² Nahita anjely mafy nivolagna tamin'ny feo mafy zaha nagnano hoe: “Azovy mendriky hanokatra horonkoron-taratasy ndraiky hanokatra tombokasenany?” ³ Tsy misy olo avy andangitry na eto antany na ambanin'ny tany kay afaka hanokatra horonkoron-taratasy iô na hamaky izy. ⁴ Nitomoagny mafy zaha, satria tsisy olo hita mendriky hanokatra horonkoron-taratasy iô na hamaky izy. ⁵ Kanefa araiky lohologno tiô nivolagna taminakahy: “Aza mitomoagny. Indro! lion'ny fokon'i Joda, solofon'ny Davida efa nandresy. Afaka hanokatra horonkoron-taratasy ndraiky tombokase fito io Izy. ⁶ Boaka iô nahita Zanak'ondrikondriky nitsangagna tagnelagnelan'ny sezy fiandrianagna ndraiky raha managn'aigny efatra ndraiky tagnivon'ny lohologno aby iô zaha. Karaha olo nivinogny Izy. Nanagna ampondo fito ndraiky maso fito Izy; Fagnahy fito nalefa magneran-tany jiaby irô. ⁷ Nandeha Izy ary nangala horonkoron-taratasy igny tamin'ny tagnana ankavanagnan'araiky nipetraka tamin'ny sezy fiandrianagna. ⁸ Izy kofa nalain'ny Zanakondrikondriky igny horonkoron-taratasy iô, niankohoko talohanany tiô irô raha managn'aigny efatra ndraiky lohologno efatra amby roapolo irô. Samby nanagna lokanga ndraiky lasety volamena feno tsemboko mangitry tsaraiaky araiky irô, vavakandrô olo masigny izegny. ⁹ Nihira hira vaovao irô: “Mendriky handray horonkoron-taratasy iô ndraiky hanokatra tombokasenany Anao. Fotony Anao nivinogny abakô tamin'ny lionao no nividianagna irô olon'Andriamanitra avy tamin'ny foko, fiteny, olo, ndraiky firenena jiaby. ¹⁰ Nataonao fanjakagna ndraiky mpisorogno irô mba hanompo Andriamanitra ary hanjaka an-tany eto.” ¹¹ Avy iô nahita sady naharegny feon'anjely maro nagnodidigny sezy fiandrianagna ndraiky raha managn'aigny ndraiky lohogno aby iô zaha. Mandeha amin'ny aligny aligny agny fitambarandrô. ¹² Nivolagna tamin'ny feo mafy irô hoe: “Mendrika anie Zanak'ondrikondriky iô mba handray fahefagna, hariagna, fahendrena, hery, laza, voninahitry ndraiky dera.” ¹³ Naharegny raha aby voaforogno tandangitry tagny, ndraiky tamin'ny tany teto ndraiky tandranomasigny tagny zaha - raha jiaby izegny nivolagna hoe: “Ho an'araiky mipetraka amin'ny sezy fiandrianagna ndraiky Zanakondrikondriky anie ny dera ny laza,

ny voninahitry, ndraiky fahefagna hagnamia baiko mandrakizay doria.”¹⁴ Raha managn’aigny efatra irô nivolagna hoe: “Amen!” Ary lohogno aby irô koa samby niankohoko sady nivavaka. [Sasan’ny amindrô dikan-teny taloha vakigny hoe: “Irô lohologno efatra aby roapolo aby irô niankohoko sady nanompo araiky izay velogno mandrakizay doria.”]

Chapter 6

¹ Izy kofa nanokatra araiky tamin’ny tombokase fito iô Zanakondrikondriky igny, sady nahita zaha sady naharegny araiky tamindrô raha managn’aigny efatra nivolagna tamin’ny feo karaha korogno hoe: “Avia!”² Nizaha zaha, nisy cheval fotsy tiô. Mpitengigny izy nitagna tsipika, abôko, namiagna satro-boninahitry izy. Niboaka karaha mpandresy izy beky izy handresy.³ Izy kofa nanokatra tombo-kase faharoe Zanakondrikondriky igny, naharegny raha mana-gnaigny faharoe zaha nivolagna hoe: “Avia!”⁴ Boaka iô, nisy cheval mena navy niboaka tiô. Mpitengigny izy namiagna fahefagna hagnadoso fiadanagna amin’ny tany, beky olo hifamono. Mpitengigny izy namiagna meso maventy.⁵ Izy kofa nanokatra tombokase-kase fahatelo Zanakondrikondriky igny, naharegny raha managn’aigny fahatelo zaha nivolagna hoe: “Avia!” Nahita cheval joby zaha, abôko, mpitengigny izy nitàgna balance tamin’ny tagnananany.⁶ Naharegny feo karaha feo tamin’ny raha managn’aigny efatra aby tiô igny zaha nivolagna hoe: “Vary eraka fatrambary ho an’ny denaria araiky, abôko, hordea intelon’ny fatrambary ho an’ny denaria araiky. Fa aza mbola mandrobaka menaka ndraiky divin’.”⁷ Izy kofa nanokatra tombokase fahaefatra Zanakondrikondriky igny, naharegny feon’ny raha managn’aigny fahaefatra zaha nivolagna hoe: “Avia!”⁸ Baka iô nahita cheval hatsatra zaha. Mpitengigny izy antsoviginy hoe: fahafatesagna, abôko, irô fasagna jiaby nagnaraka izy. Namiagna fahefagna amin’ny ampahaefatran’ny tany irô, mba hamonoandrô amin’ny meso, amin’ny mosary ndraiky amin’ny aretigny, ndraiky amin’ny bibidin’ny tany.⁹ Izy kofa nanokatra tombokase fahadimy Zanakondrikondriky igny, hitako tambanin’ny alitara tiô fagnahindrô novonegny noho ny tenin’Andriamanitry ndraiky fijoroagna vavolombelogo notanandrô.¹⁰ Nihiaka tamin’ny feo mafy irô nivolagna hoe: “Jiskaforiagna, ry mpanapaka ambonin’ny raha jiaby, masigny sady marigny, no hitsaragna irô miaigny amin’ny an-tany, ndraiky hamalianao lionay?”¹¹ Namiagna ankajo lava tsy araiky araiky irô, abôko, nivolagniginy koa irô fa tokony mbola hiambigny hely, mandrapahafeno isandrô mpanompo namandrô ndraiky irô rahalahindrô ndraiky anabavindrô izay tokony hovonegny koa karaha namonoagna irô.¹² Izy kofa nanokatra tombokase fahatsota Zanak’ondrikondriky igny, nizaha zaha abôko nisy horohoron-tany mafy. Lasa joby karaha lamba fisaonagna masoandro abôko fanjava boribory igny nanjary karaha lio.¹³ Lakintagna jiaby tamin’ny langitry latsaka tambonin’ny tany, karaha voan’aviavy miraraka amin’ny tany izy kofa tsofin’ny tsiko mafy igny.¹⁴ Langitry nanjavogno karaha taratasy nahorikoritry. Bongo jiaby ndraiky nosy jiaby nalàgna tamin’ny plasinany tiô.¹⁵ Abôko mpanjakan’ny tany ndraiky olo manan-danja, ndraiky irô jeneraly, ny mpanankariagna, ny mahery, ndraiky olo hafa jiaby, andevo ndraiky olo afaka, nisitriky tagnaty lava-bato ndraiky tamin’ny vatolampin’ny bongo.¹⁶ Abôko nivolagna tamin’ny bongo ndraiky vatolampy tiô irô hoe: “Milavao aminay! Asitrhanarô amin’ny soran’araiky mipetraka amin’ny sezy fiandrianagna ndraiky helokon’ny Zanak’ondrikondriky zahay.”¹⁷ Fa navy andro maventy hampameloko irô. Azovy hahavita hiaritry?”

Chapter 7

¹ Tavafaran’izaiginy nahita anjely efatra zaha nitsangagna tamin’ny zoron-tany efatra, nanohitry rivotry efatran’ny tany mafy, beky tsy hiosy rivotro hitsoka amin’ny, na amin’ny ranomasigny, na amin’ny kakazo jiaby.² Abokô nahita anjely hafa niakatra navy baka tatsiginagina zaha, izay nanagana tombo-kasen’Andriamanitry velogno. Nihiaka mafy tamindrô anjely efatra izay nahazo lalagna handrobaka tany ndraiky ranomasigny izy hoe: “Aza robatigny ny tany ndraiky ranomasigny na irô kakazo irô mandrapanisantsika tombo-kase amin’ny laharandrô mpanompon’Andriamanitsika.”⁴ Naharegny isandrô vita tombo-kase zaha: 144.000 no votombo-kase avy baka amin’ny fokon’olon’isiraely jiaby.⁵ aroa arivo sy iray alina avy baka amin’ny fokon’i Joda aroa arivo sy iray aligny avy tamin’ny fokon’i Robena, aroa arivo sy iray alina avy baka amin’ny fokon’i Gada,⁶ aroa arivo sy iray alina avy baka amin’ny fokon’i Asera, roa arivo sy iray alina avy baka amin’ny fokon’i Naftaly, roa arivo sy iray alina avy tamin’ny fokon’i Manase.⁷ Aroa arivo sy iray alina avy tamin’ny fokon’i Simeona, aroa arivo sy iray alina avy tamin’ny fokon’i Levy, aroa arivo sy iray alina avy tamin’ny fokon’i Isakara,⁸ aroa arivo sy iray alina avy tamin’ny fokon’i Zebolona, aroa arivo sy iray alina avy tamin’ny fokon’i Josefa, ary aroa arivo sy iray alina avy tamin’ny fokon’i Benjamina no voatombo-kase.⁹ Tafaran’ny raha aby zegny, nizaha zaha, abôko, nisy olo maro tsy hay isaiginy avy tamin’ny firenena, foko, olona, ndraiky fiteny jiaby nitsangagna talohan’ny sezy fiandrianana ndraiky talohan’ny Zanak’ondrikondriky tiô. Nagnano ankanjo lava fotsy abôko mitagna sampan-drafia tamin’ny tagnanandrô irô, abôko irô¹⁰ nagnantso tamin’ny feo mafy irô hoe: “Ny famonjiagna dia nin’Andriamanitsika izay mipetraka ambonin’ny sezy fiandrianana, ndraiky nin’ny Zanak’ondrikondriky!”¹¹ Anjely jiaby nitsangagna nagnodidigny sezy fiandrianana, ndraiky ny magnodidigny irô lohologna ndraiky irô zava-managnaigny efatra, abôko irô nampiankohoko ny tarehindrô talohan’ny sezy fiandrianana. Nivavaka tamin’Andriamanitra irô¹² nagnano hoe: “Amen, Dera, voninahitry, fahendrena, fisaoragna, fahefagna, ndraiky hery anie ho an’Andriamanitrantsika mandrakizay doria! Amen!”¹³ Boaka iô, araiky tamin’ny lohologno nagnontany zaha hoe: “Azovy irô magnano ankanjo fotsy lava, ary avy aiza irô?”¹⁴ Abakô nivolagna taminany zaha: “Tompoko, Anao edy mahay azy”, nivolagna taminakahy izy hoe: “Irô no no hiboaka avy amin’ny fahoriagna be. Nosasandrô ny ankanjolavandrô abakô nofotsiany tamin’ny ran’ny Zanak’ondrikondriky.”¹⁵ Noho izegny antony zegny, alohan’ny sezy fiandrianan’Andriamanitry irô, ary mivavaka andro

aman'aligny ao amin'ny tempolinany. Araikey izay nipetraka tamin'ny sezy fiandrianana hamelalatra lainany amindrô.¹⁶ Tsy ho mosary eky irô, abôko tsy hangetaheta eky. Tsy hamely azy eky ny masoandro, na hafanagna hagnoro.¹⁷ Fa ny Zanak'ondrikondriky agnison'ny sezy fiandrianangna no ho mpiambigny irô ndraiky hitari-dâlagna irô amin'ny loharanon'ny rano velogno, ary hofafan'Andriamanitra ranomaso jiaby amin'ny masondrô.

Chapter 8

¹ Izy kofa nivahahan'ny zanakondrikondriky igny tombo-kase fahafito, nisy fahanginagna antsasa-dera tandangitry tagny.
² Avy tiô, nahita anjely fito zaha nitsangagna talohan'Andriamanitra, abôko, irô namiagna trompetra fito.³ Nisy anjely hafa koa navy, nitagna lasety volamena fagnoroagna ditin-kazo mangitry, nitsangagna tambonin'ny alitara. Namiagna ditin-kazo mangitry maro izy hateriny miaraka amin'ny vavakan'ny olo masigny tamin'ny alitara volamena fagnoroagna ditin-kakazo mangitry alohan'ny sezy fiandrianagna.⁴ Tsembokon'ny ditin-kakazo mangitry iô, ndraiky vavakan'olo masigny niakatra talohan'Andriamanitry avy baka amin'ny tagnan'ny anjely.⁵ Abôko nalain'ny anjely iô lasety fagnoroagna ditin-kazo mangitry abôko nifinoany tamin'ny motro avy amin'ny alitara. Avy tiô, natsipiny tamin'ny tany, boaka iô, nisy korohom-baratra, tsinkelatra, ndraiky horohoron-tany.⁶ Irô anjely fito nanagna trompetra irô samby niomagna hitsotro trompetranany.⁷ Nitsotro trompetranany anjely voalohany, nisy havandra ndraiky afo mifangaro lio. Abôko, natsipy tantany taty raha zegny beky may ampahatelon'ny tany, ampahatelon'ny kakazo, ary nay aby raha maitso jiaby. (Fagnamarihagna: sasantsasany amin'ny dikan-teny magnadoso ny hoe: beky ho may ampahatelon'izegny.)⁸ Nitsotro trompetranany anjely faharoa, avy tiô, nisy raha karaha bongo maventy nirehitry tamin'ny motro natsipy tan-dranomasigny. Ampahatelon'ny ranomasigny niova lio,⁹ abôko maty ampahatelon'ny raha managn'aigny tan-dranomasigny, abôko ravagna ampahatelon'ny sambo.¹⁰ Nitsotro trompetranany koa anjely fahatelo, nisy lakintagna maventy nilatsaka avy tan-dangitry, nirehitry karaha fagnilo tamin'ny ampahatelon'ny ampahatelon'ny matsabory ndreky loharano.¹¹ Raha mafaiky agnaragna lakintagna iô. Lasa nangidy ampahatelon'ny rano, ary olo maro maty tamin'ny rano niova nafaiky io.¹² Nitsotro trompetranany koa anjely fahefatra, abakô, niova ampahatelon'ny masoandro ndraiky ampahatelon'ny davolagna ndraiky ampahatelon'ny lakintagna lasa mahizigny. Tsy nisy hazavagna ampahatelon'ny andro ndraiky ampahatelon'ny aligny.¹³ Nizaha zaha, abôko naharegny voro-mahery nagnembagna tamin'ny langitry nagnantso tamin'ny feo mafy hoe: “Loza, loza, loza, ho andrô monigny amin'ny tany noho ny feon'ny trompetra tavela izay efa ho tsfindrô anjely telo.”

Chapter 9

¹ Nampagneno trompetranany ny anjely fahadimy. Nahita lakintagna latsaka baka andangitra zaha latsaka tamin'ny tany. Iô lakintagna iô no namiagna lakilen'ny lavaka laligny tsy hita farany.² Nisokafigny lavaka laligny tsy hita farany iô, niakatra setroko niboaka avy tamin'ny lavaka iô karaha setroko avy tamin'ny laforo maventy. Nivadiaky maloko masoandro ndraiky tsiko noho ny setroko niboaka avy tamin'ny lavaka iô.³ Nisy valala niboaka avy tamin'ny setroko, abakô, namiagna hery karaha herin'ny trabogno amin'ny tany irô.⁴ Nivolagniny mafy irô mba tsy handrobaka ahitry tambonin'ny tany na raha maniry mahitso na kakazo fa irô olo tsy managna tombo-kasen'Andriamanitry amin'ny laharandrô fo.⁵ Tsy nahazo lalagna hamono irô olo irô irô, fa hampijaly irô agnatin'ny dimy fanjava fo. Abakô, fanaintaigandrô karaha pitiky trabogno izy kofa mamitiky olo igny.⁶ Amin'izegny andro izegny olo hitady fahafatesagna fa tsy hahita. Hagniry mafy irô mba hofaty, kanefa hilefa irô ny fahafatesagna.⁷ Karaha cheval nomanigny tamin'ny ady valala aby iô. Tamin'ny lohandrô nisy raha karaha satroboninahitry volamena, abakô, tarehindrô karaha tarehin'olombelogo.⁸ Nanagna volo karaha volon'ny magnangy irô, abakô nifindrô karaha nifin'ny lion.⁹ Nanagna fiarovantratra karaha fiarovantratra vy irô, feon'ny helatrandrô karaha feon'ny kalesy ndraiky cheval maro mihazakazaka andeha hiady.¹⁰ Nanagna oiny nisy famitihagna karaha nin'ny trabogno; amin'ny rambondrô no misy hery handrobaka olo agnatin'ny dimy fanjava.¹¹ Nanagna mpanjaka irô, anjelin'ny lavaka tsy hita farany ny mpanjakandrô. Abadona gnaragnanany amin'ny teny hebreo, abakô Apolyona agnaragnanany amin'ny teny grika.¹² Loso ny loza voalohany. Ary avafaran'izegny mbala hisy loza aroe hafa koa ho avy.¹³ Nampagneno trompetranany koa anjely fahaeniny, abakô zaha naharegny feo niboaka tamin'ny ampondron'ny alitara volamena izay efa nisy talohan'Andriamanitra.¹⁴ Abakô, nivolagna tamin'ny anjely fahatsota iô feo iô nagnano hoe: “avotsorandarô irô anjely efatra voatady agny amin'ny renirano maventin'ny Eofrata.”¹⁵ Irô anjely efatra efa nomanigny tamin'ny zegny lera zegny, tamin'ny zegny andro zegny, tamin'izegny fanjava izegny, tamin'izegny taogno zegny, boaka iô navotsondrô irô mba hamono ampahatelon'olombelogo.¹⁶ Ny isandrô miaramila mitengigny cheval dia 200, 000,000. Naharegny irô isa irô zaha.¹⁷ Karaha izegny ny fomba nahitako irô cheval irô tamin'ny fahitagnanakahy ndraiky irô izay nitengigny tamindrô: ny fiarovantratrindrô nirehy mena, bleu antitry abakô solifara jaune. Abakô, lohan'ny cheval aby irô karaha lohan'ny lion, raha niboaka tambavandrô afo, tsemboko, ndraiky solifara.¹⁸ Ampahatelon'ny olo matin'ny zegny loza telo zegny: afo, tsemboko ndraiky solifara niboaka avy tambavandrô.¹⁹ Ary angovon'ny cheval aby irô avy tamin'ny vavandrô ndraiky oindrô - oindrô zegny baka karaha bibilava, ary irô nanagna loha afaka magnekitry olo.²⁰ Lambin'olo, tsy maty tamin'ny loza zegny, tsy mba nety nety nibebaka tamin'ny asa vitandrô, ary tsy nijanogno nanompo demono ndraiky sampy volamena, volafotsy, varahagna, vato, ndraiky kakazo izay tsy mahita, tsy maharegny na mandeha.²¹ Irô tsy nety nibebaka tamin'ny asa famonoagna, famosaviagna, fijangajangagna, na asa fangalaragna.

Chapter 10

¹ Abakô, nahita anjely mahery hafa nijotso avy tandangitry zaha. Tagnatin'ny rondro izy, abakô nisy sobeha tambonin'ny lohanany. Soranany karaha masôva abokô tongotronany karaha andry afo. ² Nitagna taratasany miholonkologno hely nivelatra tamin'ny tagnagnanany izy, abakô nametraka tongotronany ankavia tamin'ny ranomasigny izy ndreky tongotronany ankavanagnanany tamin'ny tany. ³ Avy iô izy nihiaka mafy karaha feon'ny lion. Izy kofa niaka, nikorogno mafy tamin'ny feondrô ny korohogno fito. ⁴ Izy kofa nikorohogno korogno fito irô, mbola tagnatin'ny fanoratagna zaha, naharegny feo avy tandangitry nivolagna hoe: “ Tanà ataova tsy ambaratelo raha nivolagnin'ny korohogno fitô. Aza soratagna izegny.” ⁵ Avy tiô, anjely igny hitako nitsangagna tambonin'ny ranomasigny ndraiky tamin'ny tany, nagnatsangagna tagnagnanany tandangitry. ⁶ Nianiagna tamin'ilay velogno mandrakizay doria, izay namorogno langitry ndraiky raha jiaby aminany ao, ny tany ndraiky raha jiaby aminany ao, ndraiky ranomasigny ndraiky raha jiaby aminany akao, boaka iô nivolagna anjely igny hoe: “ Tsisy raha ambesagna eky. ⁷ Fa amin'ny andro araiky izy kofa mampagneno trompetranany ny anjely fahafito, dia hotanteraka ny misterin'Andriamanitra, tsy miahafa amin'ny nambarany tamindrô mpaminany mpanomponany.” ⁸ Feo regniky avy tandangitry igny nivolagna indraiky taminakahy koa hoe: “Mandihana, alaiva horonkoron-taratasy mivelatra amin'ny tagnan'ny anjely mitsangagna ambonin'ny ranomasigny ndraiky ambonin'ny tany.” ⁹ Avy tiô, nandeha tamin'ny anjely iô zaha nivolagna taminany mba hagnomezany zaha iô horonkoron-taratasy iô hely iô. Nivolagna taminakahy izy abakô: “ Alaiva horon-korontasy ity abakô oàna. Hampafaiky ny ao amin'ny kibonao izegny fa ambavanao ndreky izegny ho mamy karaha antely.” ¹⁰ Nalaiky tamin'ny tagnan'anjely horon-korontaratasy hely igny abakô noàniky. Mamy karaha antely tambavanakahy izegny, fa tavafaran'ny ninanako izy, niova nafaiky tamin'ny kibonakahy. ¹¹ Avy iô nisy olo nivolagna taminakahy hoe: Tsy maintsy maminany indraiky koa anao mikasiky olo maro, irô firenena, ndraiky irô mpanjaka.”

Chapter 11

¹ Namiagna volotara hampiasaigny ataoko tehigny zaha. Nivolagniny taminakahy hoe: “Mitsangàna abakô rifesa tempolin'Andriamanitry ndraiky ny alitara, ndraiky irô mivavaka aminany ao. ² Fa aza rifesigny ndreky ny kianja ambelagnan'ny tempoly, fa namiagna jentilisa irô izegny. Handia ny tanàgna masigny mandritra ny aroa amby efapolo fanjava irô. ³ Hamiako irô vavolombelognonakahy ny fahefagna haminany mandritra ny 1,260 andro, nisikigny lamba fisaonagna.” ⁴ Irô vavolombelogno irô dia hazon'oliva aroe ndraiky plasin-jiro aroe nitsangagna talohan'ny Tompon'ny Tany. ⁵ Izy koa misy olo misafidy handratra irô, miboaka afo ny vavandrô hihinagna fahavalondrô. Na zovy na zovy magniry handratra irô, dia tsy maintsy hivinogny amin'ny zegny fomba zegny. ⁶ Irô vavolombelogno irô dia managna fahefagna hagnidy ny langintry mba tsy hilatsahan'ny oragnandro mandritra ny andro haminaniandrô. Manampahefagna irô hagnova rano lasa lio, ndraiky hamely ny tany amin'ny karazagna loza jiaby na ombiagna na ombiagna tiandrô anaovagna zegny. ⁷ Izy kofa vita ny fijoroandrô vavolombelogno, dia hiakatra avy baka agnaty lavaka tsy hita farany agny ilay bibilava hiady hanohitry irô. Handresy irô izy ary hamono irô. ⁸ Hiampatra amin'ny lalagnan'ny tanagna maventy ny fatindrô (izay antsovigny hoe: Sodoma ndraiky Egipta) izay namantsiahagna ny Tompondrô. ⁹ Hizaha ny fantindrô agnatin'ny telo andro sy tapany olo, foko, tsy mitovy fiteny ndraiky firenena jiaby. Tsy hambelandrô apetraka am-pasagna. ¹⁰ Ny olo mipetraka ambonin'ny tany hiravoravo ary hankalaza noho ny amindrô. Ary hifagnamia fagnomezagna aby irô satria nampijaly irô miaigny ambonin'ny loatra irô mpaminany aroe irô. ¹¹ Fa afaka telo andro sy tapany, ho navy hihiditry amindrô ao ny fofok'aigny avy amin'ny Andriamanitry, ary hitsangagna amin'ny tongotrandrô irô. Hilatsaka amindrô izay mahita irô ny fahavozaogana be. ¹² Avy iô, haharegny feo mafy avy andangitry irô hivolagna amindrô hoe: “ Miakara eto!” Avy iô hiakatra ho agny andangitry agnaty rondro irô, ary mbola nahita tsinjo irô ny fahavalondrô. ¹³ Amin'izegny lera zegny, hisy horohoron-tany mafy, abakô ho robaka ny ampahafolon'ny tanàgna. Fito arivo ny olo hofloaty amin'ny horohoron-tany, havoza mafy irô olo tavela tsy maty ary hagnamia voninahitra an'Andriamanitry ny langitry. ¹⁴ Loso ny loza faharoa. Ary, ho tonga tsy ho ela ny loza fahatelo. ¹⁵ Avy iô, mampagneno trompetranany ny anjely fahafito, abakô nisy feo mafy nivolagna avy tandangitry tangny hoe: “ Ho lasa fanjakagnan'ny Tompontosika sy ny Kristinany ny fanjakagnan'izao tontolo izao. Izy no hanjaka mandrakizay doria.” ¹⁶ Avy iô, irô lohologno efatra amby roapolo izay nantotry tamin'ny sezy fiandrianandrô talohan'Andriamanitry tiô niankohoko. Nankalaza an'Andriamanitry. ¹⁷ Nivolaga irô hoe: “ Magnamia fisaoragna anao zahay, ry Tompo Andriamanitry Tsiroha, ilay Niany ndraiky Taloha satria nangala ny herinao lehibe Anao ary nanomboko nanjaka. (Fagnamarihagna: Sasany amin'ny dikan-teny taloha vakigny magnano hoe: Ny mpanapaka raha jiaby, Ilay niany ndraiky taloha, abokô ilay ho avy, fa ny dikan-teny amin'izao ty tsy karaha zegny.) ¹⁸ Neloko mafy firenena aby irô, kanefa tonga ny helokonao. Tonga ny fotoagna hitsaragna ny maty ndraiky hamaliagna tsara irô mpaminany mpanomponao, ndraiky irô mpino, ndraiky irô izay navozo ny agnaragnanao, na ny tsy manan-danja na ny mahery. Tonga ny fotoagna izay handringananao irô nandrobaka tany.” ¹⁹ Avy iô, nisokatra ny tempolin'Andriamanitry tan-dangitry abakô hita ny fiaran'ny fagnikiagna agnatin'ny Tempolinany. Nisy tsela-pahazavagna, korohogno, korohogn'oragnandro, horohoron-tany, ndraiky havandra maventy tao.

Chapter 12

¹ Famantaragna maventy no hita tan-dangitry tagny: magnangy nisikigny masoandro, ary fanjava no tambanin'ny tongotronany, abakô satro-boninahitry vita tamin'ny lakintagna aroa amin'ny folo no tamin'ny lohanany. ² Mavesatra izy, ary nihiaka mafy fa efa hiteraka, satria efa nihetsi-jaza izy. ³ Avy iô nisy famantaragna hafa koa niboaka tandangitry tagny: Indro! Nisy dragon mena maventy nanagna loha fito ndraiky tandroko folo, abakô nisy satro-boninahitry fito tamin'ny lohanany. ⁴ Oinany nikaoko ampahatelon'ny lakintagna tamin'ny langitry sady natsipiny tamin'ny tany izegny. Abakô nitsangagna talohan'ny magnangy efa hiteraka igny, izy kofa teraka izy, dia afaka handrapaka zanakanany. ⁵ Niteraka tsaiiky lelahy izy, izay hanapaka firenena jiaby miaraka amin'ny tehigny vy. zanakanany, nalaiginy ankeriny ho agny amin'Andriamanitry ndreky sy ho eo amin'ny sezy fiandranagnanany, ⁶ boaka iô, i magnangy iô nilefa nandeha tamin'ny dezera tagny, efa nisy plasy efa nomanin'Andriamanitra tagny ho azy, kay ho voakarakara mandritra ny 1260 andro izy. ⁷ Abakô, nisy ady tandangitry tagny. Mikaela ndreky anjelinany niady tamin'ny dragogno; ary namaly ady ilay dragon miaraka tamin'ny anjelinany. ⁸ Fa dragon iô tsy dia natanjaka kay tsy naharesy irô. Ary tsy nisy plasy ho azy eky tandangitry tagny. ⁹ Ilay dragogno maventy - izay menaragna taloha igny antsoviginy hoe: devoly na Satana, araiky namitaka izao tontolo izao - dia natsipy tambonin'ny tany, ary irô anjelinany irô koa natsipy niaraka taminany. ¹⁰ Avy iô, naharegny feo avy tan-dangitry tagny koa zaha: “amin'iziô ty, tonga ny famonjiagna, ny hery, ny fanjakan'Andriamanitry ndraiky ny fahefagnan'ny Kristinany. Fa ny mpagnampanga ny rahalahintsika dia natsipy tambany tagny, araiky mpagnampanga irô andro amagnaliginy alohan'Andriamanirintsika. ¹¹ Irô naharesy izy tamin'ny lion'ny Zanak'ondrikondriky sy ny fijoroandrô vavolombelogo ary tsy nankamamy fahignananany eky irô na dia efa ho foaty ary izy. ¹² Noho izegny, mifalia anarô ry langitry, ndraiky anarô jiaby mipetraka aminany. Fa mitandrema anarô amin'ny tany ndraiky amin'ny ranomasiginy satria nijotso aminarô agny ny devoly. Feno heloko izy, satria hainy fa hely tavela amin'ny fotoagna anagnany. ¹³ Izy kofa hain'ny dragon iô fa nalatsaka tamin'ny tany izy, loso izy nagnenjiky magnangy niteraka tsaiiky lelahy igny. ¹⁴ Fa i magnangy igny ndreky namiagna helatran'ny voromahery maventy, kay afaka nitiligny nandeha tagny amin'ny toeragna efa nokarakaraigny ho azy tagny amin'ny desera tagny. Iô baka toeragna hitsinjovagna izy, mandritra ny telo taogno sy sasany mba tsy ho hitan'ilay menaragna. ¹⁵ Abakô nagnaboaka rano karaha renirano tamin'ny vavanany i menaragna iô, hifaoko magnangy iô. ¹⁶ Fa ny tany nagnampy magnangy iô. Nisokafin'ny tany vavanany abakô nateliny tagny rano naboakan'ny vavan'iô dragon iô. ¹⁷ Boaka iô, neloko tamin'ny magnangy iô dragon iô ka niala ary nitady ady tamin'ny lambin'ny taranakanany, izay Mankato ny didin'Andriamanitry ary mitagna ny fijoroagna vavolombelogo mikasiky Jesosy. ¹⁸ Avy iô, nitsangagna tiô ambon'ny alagnanan'ny ranomasiginy tiô dragon iô.

Chapter 13

¹ Nahita bibidy zaha niakatra avy tamin'ny ranomasiginy. Nanangna ampondo folo ndreky loha folo izy. Tamin'ny ampondonany nisy diadema folo, abokô tamin'ny lohanany nisy agnaragna fitenen-dratsy. ² Bibidy hitako iô karaha Leoparda. Tongotronany karaha tongotron'ny bera, abokô vavanany karaha vavan'ny lion. Dragon igny nagnamia izy herinany, sezy fiandrianagnanany, ndreky fahefagnanany maventy mba hanapaka. ³ Lohan'ny bibidia araiky karaha efa maty, kanefa nahivagna ilay fery tseky hahafaty izy. Gaga tany jiaby ary nagnaraka bibidy iô. ⁴ Abokô niankohoko tamin'ny dragon igny koa irô, satria izy no nagnamia fahefagna i bibidy iô. Niankohoko tamin'ny bibidia iô koa irô, sady nivolagna hoe: “Azovy ma karaha bibidy?” ary “Azovy afaka miady aminany?” ⁵ Namiagna vava afaka mivolagna fireharehagna ndraiky fitenenan-dratsy i bibidy iô. Abakô namiagna lalagna izy mba hampihatra fahefagna mandritra ny efatra amby efapolo fanjava. ⁶ Abakô nanokatra vavanany hiteny ratsy an'Andriamanitra i bibidy iô: niteny ratsy agnaragnanany, toeragna ipetrany ndraiky irô mipetraka an-danditry. ⁷ Nambela hiady taminindrô mpino bibidy iô ary naharesy irô. Abakô, ny fahefagna magneragna foko, olo, fiteny ndraiky firenena jiaby namiagna izy. ⁸ Hiankohoko aminany iô irô mponigny jiaby ambonin'ny tany, izay tsy voasoratra agnaragna amin'ny bokin'ny fiainagna, nandritra ny famoronagna izao tontolo izao, izay nihin'ny Zanak'ondrikondriky, izay efa nivonegny. ⁹ Izay manantsofigny, aoka izy hitandregny. ¹⁰ Raha misy nagnababo, dia mba hatao babo koa izy. Raha misy mamono amin'ny meso, dia amin'ny meso koa no hamonoagna izy. Indro ny faharetagna sy ny finoagnan'olo masiginy. ¹¹ Abakô nahita bibidy hafa koa zaha niakatra avy tamin'ny tany. Nanangna ampondo aroe karaha Zanak'ondrikondriky izy, ary nivolagna karaha dragon. ¹² Nampihariny aby fahefagna jiaby nihin'ny bibidy voalohany, abakô, ny tany ndraiky mponigny jiaby taminany tiô nasainy miankohoko tamin'ny bibidy voalohany araiky jagna tamin'ny fery tseky nahafaty izy. ¹³ Nagnano fahagagagna maro mahatalanjogno olo izy. Nampilatsaka afo avy an-dangitry ho amin'ny tany talohan'olo izy. ¹⁴ Tamin'ny alalan'ny famantaragna, namitaka irô mponigny ambonin'ny tany izy, tamin'ny alalan'ny famantaragna namiagna izy. Abakô nivolagna tamindrô izy mba hagnamboarandrô sary ho voninahitry ny bibidy voaratan'ny meso kanefa mbola velogno fo. ¹⁵ Nambela asiagna aigny ny sarin'ny bibidy beky sary iô afaka mivolagna abakô izay tsy magneky miankohoko amin'ny bibidy iô dia nivinogny. ¹⁶ Nitireny koa olo tsaraiiky araiky, na ny zaza na olo maventy, na mpanankariagna na mahantra, na tsy andevo na andevo, dia ampandraisiny mariky tamin'ny tagnanany ankavanagna na amin'ny laharanany. ¹⁷ Tsy hisy olo mahazo mividy na mivarotro afa tsy izay managna mariky ny bibidia, izany dia ny isan'ny anarany. ¹⁸ Ity ny fahindriagna, raha misy manan-tsaiginy, aoka izy hagnisa ny isan'ny bibidy. Fa fagnisan'ny olo izegny. Izegny isa izegny dia 666.

Chapter 14

¹ Nizaha zaha ary nahita Zanak'ondrikondriky nitsangagna tamin'ny bongon'ny Ziona. Niaraka taminany irô 144.000 izay nanagna agnaragnanany ndraiky agnaragna'ny Babany voasoratra amin'ny laharandrô. ² Naharegny feo avy tan-dangitry karaha firohandrohan'ny rano maro ndreky kotroko mafy zaha. Ny feo regniky koa karaha feon'ny lokanga vilomin'ny mpitendry izy. ³ Nihira hira vaoavao talohan'ny sezy fiandrianagna ndraiky talohandrô raha managn'aigny efatra ndraiky irô lohologno tiô irô. Tsy nisy na zovy na zovy afaka nianatra hira zegny afa-tsy irô 144.000 izay nividigny avy teto antany. ⁴ Irô olo irô dia tsy mba nandoto vatagnandrô tamin'ny magnangy, fa nitagna vatagnandrô hadiô amin'ny nofo. Ary irô magnaraka ny Zanak'ondrikondriky na aiza na aiza andianany. Irô dia nividigny avy tamin'ny olombelogno ho voaloham-bokatra ho an'Andriamanitry ndraiky ho an'ny Zanak'ondrikondriky. ⁵ Tsisy vandy hita tamin'ny molotrondrô, tsy manantsigny irô. [Fagnamarihagna: Dikan-teny sasany magnampy hoe: “ talohan'ny sezy fiandranan'Andriamanitry.”] ⁶ Nahita anjely hafa nitiiligny ambony koa zaha, nanagna hafatra mandrakizan'ny vaovao mahafaly hambara amindrô izay miaigny ambonin'ny tany, amin'ny firenena, foko, fiteny, ndraiky olo jiaby. ⁷ Nagnantso tamin'ny feo mafy izy hoe: “ Mavozoa an'Andriamanitry abakô magnameza voninahitry Izy. Fa tonga ny lera fitsarany. Mivavaha Aminany, izay nagnano ny langitry, ny tany, ny ranomasigny ndraiky loharano.” ⁸ Nisy anjely hafan'ny anjely faharoa nagnaraka irô, nivolagna hoe: Robaka,robaka Babylona maventy, izay nadresy lahatra firenena jiaby mba higiaka ny divain'ny fitondran-tegna malotonany.” ⁹ Nisy anjely hafan'ny anjely fahatelo nagnaraka irô nivolagna tamin'ny feo mafy hoe: “ Izy koa misy mivavaka amin'ny bibidy ndraiky sarinany, abokô koa mandray mariky amin'ny laharanany na amin'ny tagnananany, ¹⁰ dia higiaka ny sasany amin'ny divain'ny helokon'Andriamanitry koa izy, divay tsy nifangaro nahidigny tagnatiny ny kapoakan'ny helokonany.Izay olo mihinagna izy dia hampijaligny amin'ny afo ndraiky solifara alohandrô anjely masignin'Andriamanitry ndraiky alohan'ny Zanak'ondrikondriky. ¹¹ Ny tsemboko avy amin'ny fijaliandrô dia miakatra mandrakizay doria, ary tsy hanam-pitsaharagna na aligny na andro irô mpanompon'ny bibidy ndraiky sarinany, ary irô olo jiaby mandray mariky agnaragnanany. ¹² Indro ny faharetagnan'ny olo masigny, dia izay Mankato ny didin'Andriamanitry ary mino an'i Jesosy. ¹³ Naharegny feo avy tan-dangitry zaha nivolagna hoe: “ Sorata izao: Sambatra ny maty izay maty amin'ny Tompo”. “Ie”, hoy ny Fagnahy, “mba hahafahandrô miala sasatra amin'ny asandrô, fa ny asa vitandrô magnaraka irô.” ¹⁴ Nizaha zaho, nisy rondro fotsy. Nipepetraka tamin'io rondro io tiô araiky karaha zanak'olo. Nanangna satro-boninahitry volamena tamin'ny lohanany ndraiky fijinjagna marangitry tamin'ny tagnanany izy. ¹⁵ Abakô nisy anjely hafa koa niboaka avy tamin'ny tempoly ary nagnantso araiky nipetraka tamin'ny rondro io tamin'ny feo mafy hoe: “ Alaiva fijinjagnanao baka io manomboha mijinja. Fa tonga ny fotoagna fijinjagna, fa masaka ny vokatry ny tany.” ¹⁶ Ary araiky izay nipetraka tamin'ny rondro nampandroso fijinjagnanany tamin'ny tany, abakô nijinjaizy ny tany. ¹⁷ Nisy anjely hafa koa niboaka avy tamin'ny tempoly tagny an-dagnitry; nanagna fijinjagna marangitry koa izy. ¹⁸ Mbola nisy anjely hafa koa niboaka avy tamin'ny alitara fagnoroagna ditin-kazo mangitry, izay nanagna fahefagna amin'ny motro. Nagnantso irô izay managna fijinjagna marangitry irô tamin'ny feo mafy izy hoe: “Alaiva ny fijinjagnanarô marangitry abokô angona aby ny sampam-boaloboko avy amin'ny voaloboky ny tany, fa efa masaka aby irô voaloboko aby irô izao. ¹⁹ Nampandroso fijinjagnanany tamin'ny tany ilay anjely abakô izy nagnangogno ny vokatry ny voaloboky ny tany izy. Boaka io, natsipy tagnatiny ny famiazam-boaloboko ben'ny helokon'Andriamanitry izegny. ²⁰ Io famiazam-boaloboko io nidiavigny tambelagnan'ny tanàgna tagny, ary ny lio dia niraraka avy tamin'izegny kay tonga jiska amin'ny ambosan'ny lamboridin'ny cheval, izay 1.600 stadio.

Chapter 15

¹ Avy io, nahita famantaragna hafa tamin'ny langitry koa zaha, sady maventy no mahatalanjogno nisy anjely fito miaraka amin'ny loza fito, izay loza tegna farany, nefa amin'izegny no hahatanteraka ny helokon'Andriamanitry. ² Nahita raha niboaka tamin'ny ranomasigny fitaratra nampiarahiginy tamin'ny motro zaha. Nitsangagna nariny ranomasigny tiô irô izay naharesy ilay bibidy ndraiky sarinany ndraiky isa maneho agnaragnanany. Nitagna harpa namian'Andriamanitry irô irô. ³ Abakô nihira ny hiran'i Mosesy, ilay mpanompon'Andriamanitry , ny hiran'ny Zanak'ondrikondriky hoe: “ Maventy sady mahatalanjogno ny asanao, Tompo Andriamanitry, ilay Farany agnambo. Marigny sy mahitsy ny lalagnanao, ry Mpanjakandrô firenena. ⁴ Azovy ny tsy havoza Anao, ry Tompo sy hagnamia voninahitry agnaragnanao? Fa Anao araiky fo no masigny. Firenena jiaby ho avy abakô hivavaka alohanao io satria efa nambara irô asanao marigny. ⁵ Tavafaran'ny raha aby izegny nizaha zaha, ary nisokatra tamin'ny langitry ilay tempoly izay managna lain'ny fijoroagna vavolombelogno. ⁶ Niboaka avy tamin'ny efitry farany masigny irô anjely fito nitagna loza fito irô. Irô nisikigny ankanjo madio, lamba rongony mampiratra abakô misy ceinture volamena magnodidigny tratrandrô. ⁷ Araiky tamindrô raha managn'aigny efatra nagnamia irô anjely fito lasety volamena fito feno helokon'Andriamanitry, izay velogno mandrakizay doria. ⁸ Feno tsemboko avy amin'ny voninahitr'Andriamanitry ndraiky avy amin'ny herin'ny tempoly. Tsy misy na azovy na azovy afaka miditry ao mandra-pahatanteraky ny loza fitondrô anjely fito.

Chapter 16

¹ Naharegny feo nagnantso mafy avy tamin'ny tempoly zaha abokô nivolagna tamindrô anjely fito hoe: “mandihana abokô araraharô amin'ny tany lasety feno helokon'Andriamanitry. ² Loso ilay anjely voaloany ary nandraraka ny tagnatiny ny lasetinany tamin'ny tany; fery ratsy ndraiky marary no tonga tamin'olo izay nanagna mariky ny bibidy, irô

izay nankalaza sarinany.³ Ilay anjely faharoa nandraraka ny tagnatin'ny lasetinany tamin'ny ranomasigny. Niova lio izegny, karaha lion'olo maty, ary naty raha managn'aigny jiaby tagnatin'ny ranomasigny.⁴ Abakô ilay anjely fatelo nandraraka ny tagnatin'ny lasetinany tamin'ny matsabory ndraiky loharano ary niova lio koa izegny.⁵ Regniky ny anjelin'ny rano nivolagna hoe: “Marigny Anao, ilay niany sy taloha ary ho avy, satria efa nitsara irô raha aby irô Anao. (Fagnamarihana : Ny antontan-taratasy sasantsasany taloha mamaky hoe: “Marigny Anao, Tompo Ilay niany ndreky taloha ary ho avy, satria efa nitsara raha aby irô Anao.”)⁶ Satria ny liondrô mpino ndraiky mpaminany no nalatsakandrô, abakô namiagna liô higiahigny irô; fa izegny no mendriky ho andrô.”⁷ Regniko ny alitara namaly hoe: “Eny, Tompo Andriamanitra lehibe, marigny sady mahitsy ny fitsaragnanao.”⁸ Ilay anjely fahaefatra nandraraka ny tagnatin'ny lasetinany tamin'ny masoandro, dia namiagna lalagna hagnoro olo amin'ny afo izy.⁹ Main'ny hafana gna be irô, ary irô niteny ratsy agnaragnan'Andriamanitra, izay managna fahefagna amin'ny loza aby izegny. Tsy nibekaka irô ary tsy nagnamia voninahitry Izy.¹⁰ Avy iô ilay anjely fahadimy nandraraka ny tagnatin'ny lasetinany tamin'ny sezy fiandrianan'ilay bibidy, ary nandrakotro fanjakagnanany ny haizigny.Nitsakotsako lelanany irô noho ny fahoriagna.¹¹ Niteny ratsy ilay Andriamanitra ny langitry irô noho ny fahoriagna ndraiky ferindrô, ary mbola tsy nagneky hibekaka amin'ny raha vitandrô fo irô.¹² Ilay anjely fahaenigny nandraraka ny tagnatin'ny lasetinany tamin'ny matsabory maventy, ilay Eofrata. Noritigny izegny mba hagnomanagna ny lalandrô mpanjaka izay ho tonga avy agny atsignanagna.¹³ Nahita fagnahy maloto telo nanagna endriky sahogno zaha niboaka avy tambavan'ny dragogno, avy agny ambavan'ny bibidy, ndraiky avy amin'ny vavan'ny mpaminany sandoko.¹⁴ Fagnahin'ny demono magnano famantaragna mahagaga irô. Nandeha tamin'ny mpanjakan'izao tontolo izao mba hagnangogno irô miaraka ho agny amin'ny ady maventin'Andriamanitra Farany ambony.¹⁵ (Indro! Ho avy karaha mpangalatra Zaha! Sambatra izay miambigny ka miaro fitafiagnandrô tsoha hitanjaka izy ka ho hita fahamenaragnanany.)¹⁶ Nentindrô niaraka tangny amin'ny toeragna atao amin'ny teny hebreo hoe: Hara-magedona irô.¹⁷ Avy iô ilay anjely fahafito nandraraka ny tagnatin'ny lasetinany tamin'ny rivotro. Abakô nisy feo mafy niboaka avy tamin'ny tempoly ndraiky avy tamin'ny sezy fiandrianagna magnano hoe: “Vita”¹⁸ Nisy tsinkelatra, korohogno, korohombaratra ndraiky horohoron-tany mafy sady lehibe noho horohoron-tany jiaby nisian'olo tambonin'ny tany.¹⁹ Vaky ho fizaragna telo ilay tanàna maventy, ary ravagna ny tanagnandrô firenena. Avy iô Andriamanitra nagnantso mba hahatsiaro Babylobe lehibe ary namiagna tanagna izegny ny kapoaka feno divay vita avy amin'ny firihetan'ny helokonany.²⁰ Boaka iô nanjavogno nosy jiaby, abakô tsy hia eky bongo jiaby.²¹ Nisy havandra maventy, mitovy avisaragna talenta araiky iô, latsaka avy baka an-dangitry ho amin'olo. Nagnozogno Andriamanitra irô noho ny loza avy tamin'ny havandra satria tegna mafy loatra izegny loza izegny.

Chapter 17

¹ Araiky tamindrô anjely fito izay nitagna lasety volamena fito nagnatogno zaha abakô nivolagna taminakahy hoe: “Avia, haboakako anao ny sazin'ny mmpijangajanga lehibe mipetraka ambonin'ny rano maro.”² Taminany no nijangajangandrô mpanjakan'ny tany. Ny divain'ny fijangajangagnany no nahamamo ny mponignin'ny tany.”³ Avy iô nindosin'iô Anjely iô tamin'ny Fagnahy tamin'ny dezera zaha, avy iô nahita magnangy nipetraka tambonin'ny bibidy mena feno agnaragna teny ratsy zaha. Iô bibidy iô dia managna loha fito ndraiky tandroko folo.⁴ Magnangy iô misikigny ankanjo volom-parasy ndraiky mena ary miravaka vol amena, ndraiky vato saro-bidy ary vato soa. Nitagna tamin'ny tagnananany kapoaka volamena feno raha maharikoriko mikasiky fijangajangagnanany.⁵ Tamin'ny laharanany nisy agnaragna managna dikany miafigny voasoaratra hoe: “Babylona lehibe, mamandrô fijangajangagna ndraiky raha maharikorikon'ny tany.”⁶ Hitako magnangy iô namon'ny liondrô olo masigny ndraiky maritirin'I Jesosy. Tegna gaga zaha, kofa nahita izy.⁷ Fa Anjely iô nivolagna taminakahy: “Magnino anao gaga be karaha io? Hazavaiko aminao dikan'ny magnangy iô ndraiky bibidy mitondra izy, iô bibidy managna loha fito ndraiky ampondo folo iô.”⁸ Iô bibidy hitanao iô mbola misy ziô ty, kanefa efa andalam-piakaragna avy agnaty lavaka farany ambany tsy hita farany agny. Aviô, handeha amin'ny fandrangagnagna agny. Irô miaigny ambonin'ny tany, irô olo tsy voasoratra agnaragna amin'ny bokin'ny fiainagna hatramin'ny namorognana izao tontolo izao ho gaga irô izy kofa hahita bibidy iô, izay tsy iô ziô ty, kanefa efa andalam-pihaviagna.⁹ Ity ny hevitra ny misy fahindriagna, irô loha fito irô dia bongo fito ipitrany iô magnangy iô.¹⁰ Irô koa dia mpanjaka fito koa. Mpanjaka dimy efa lavo, mpanjaka araiky iô ziô ty. Ilay araiky mbola tsy navy, izy kofa tonga izy, fotoagna hely fo ipitrany iô.¹¹ Ilay bibidy izay misy, fa tsy misy ziô ty, izy no mpanjaka fahavalo, kanefa araiky amindrô mpanjaka fito fo izy, abakô handeha amin'ny fandranganagna.¹² Irô ampondo folo hitanao irô dia mpanjaka folo izay mbola tsy nandray fanjakagna, fa hahazo fahefagna karaha ny mpanjaka miaraka amin'iô bibidy mandritra ny aligny araiky.¹³ Niray saigny irô, hagnamia hery ndraiky fahefagna iô bibidy iô.¹⁴ Hanangagn'ady hanohitry Zanak'ondrikondriky irô. Fa zanak'ondrikondriky no handresy irô satria Izy no Tompon'ny tompo, ary Mpanjakan'ny mpanjaka ary mpandresy miaraka aminanay koa irô olo voantso, irô olo voafidy, ndraiky irô olo manam-pinoagna.”¹⁵ Nivolagna taminakahy anjely araiky: “iô rano hitanao tamin'ny nipitrahany ny mpijangajanga igny iô, dia olo, vondron'olo, firenena, ary fiteny.”¹⁶ Ampondo folo hitanao ndraiky bibidy ndraiky dia hankahala mpijangajanga iô. Hataondrô tsinontsinino ndraiky hampitanjahindrô izy, hotriritriarindrô nifotranany boaka, iô hiroandrô tanteraka amin'ny motro izy.¹⁷ Fotony Andriamanitra efa hametraka izegny tagnatin'ny fondrô mba hagnataneraka fikasagnanany amin'ny fagnikiagnandrô hagnamia hery irô hitondragna bibidy iô mandrapahatanteraka ny tenin'Andriamanitra.¹⁸ Ary magnangy, araiky hitanao igny dia tanàna maventy manjaka amin'ny mpanjakan'ny tany.

Chapter 18

¹ Tavafaran'ny raha aby izegny nahita anjely hafa nijotso avy tandangitry zaha. Nanagna fahefagna lehibe izy, boka iô namirapiratra noho ny voninahitry tany. ² Nihiaka tamin'ny feo mafy izy, nivolagna hoe: “ravagna, ravagna ilay babylona! Niova tragnon'ny demono, fialofandrô fagnahy maloto, ary fialofandrô vorogno maloto ndraiky marikoriko jiaby.” ³ Fotony firenena jiaby nigiaika divain'ny fitondrantegna malotonany. Irô mpanjakan'ny tany baka nagnano fitondrantegna maloto taminany. Irô olo mpivarotro ta ny niova mpagnarivo tamin'ny alalan'ny fomba fiainagnandrô amin'ny nofo.” ⁴ Avy iô naharegny feo hafa baka tandangitry zaha nivolagna hoe: “Mialà aminany, anarô olonakahy beky tsy hizarany fahotagnanany aminarô, ndraiky tsy hahazahoanarô lozanany.” ⁵ Efa niangogno karaha bongon'ny langitry ny fahotagnanany, ary Andriamanitry nahatsiaro asa ratsinany. ⁶ Mamalia izy karaha namaliany irô olo hafa, ary valianarô indroen'ny raha vitany; tamin'ny kopoaka efa nifinoany, finoan'ny indroen'izegny aminany. ⁷ Karaha izy nagnamia voninahitry tegnanany tsy niafiaty, amia izy ny fampijaliagna ndraiky alahelo fanaoko izy. Fotony izy nivolagna tamponany nagnano hoe: “Nipetraka karaha magnangy mpanjaka zaha. Tsy maty vady zaha ary tsy hisaogno mandrakizay zegny zaha.” ⁸ Noho izegny ho avy amin'ny andro araiky ny aretigny mandringangna, ny fahafatesagna, ndraiky mosary. Hiroagna amin'ny motro izy, fotony ny Tompo Andriamanitry mahery, abôko Izy no mpitsara izy. ⁹ Irô mpanjakan'ny tany nijangajanga ndraiky nandeha tsy nisy fieritreretagna jiaby hitomoagny ary hiankohoko alohanany iô izy kofa hahita tsemboko fahamaizagnanany irô. ¹⁰ Hitsangagna lavitra irô, havoza fijaliagnanany kay hivolagna hoe: “Loza, loza ho iô tanagna be iô, Babylona, ilay tanagna matanjaka, fa amin'ny lera araiky ho avy sazinan'ny.” ¹¹ Irô mpivarotro tany nitomoagny abakô nisaogno izy, fotony tsisy olo niady ¹² varotro taminany eky, varotro volamena, volafotsy, vato sarobidy, rojo, labandrongony tegna tsara amin'ny kakazo sarobidy, varahagna, vy, marbra, ¹³ kaneligny, raha mangitry, ditin-kakazo, miora, hangitry, divay, menaka, koba tsara disa, vary, biby fitarimigny ndraiky ondrikondriky, cheval ndraiky kalesy, irô andevo ndraiky fagnahin'olo. ¹⁴ Vokatra jiaby tianao tamin'ny angonao jiaby dia hiala aminao. Ny entagnanao lafo vidy ndraiky mamirapiratra dia hanjavogno, abokô tsy ho hita eky mandrakizay. ¹⁵ Irô mpivarotro entagna lasa mpagnarivo noho izy hilefa lavitry noho ny fahatahorandrô fijaliagna, hitomoagny abakô hisaogno mafy. ¹⁶ Hivolagna irô hoe: “Loza, loza ho an'ny tanagna maventy izay nisikigny lambandrongony tegna tsara, volomparasy, ndraiky mena, ary niravahagna volamena, rojo sarobidy ndraiky vatosoa!” ¹⁷ Agnatin'ny lera araiky fo ho foagna fanagnana jiaby izegny.” Irô kapitenin-tsambo jiaby, irô mandeha ambon'ny ranomasigny jiamby, tantsambo, ndraiky mpipetraka amin-dranomasigny jiaby, samby hitsangagna lavitry aby. ¹⁸ Nihiaka irô izy kofa nahita tsembokon'ny fahamaizagnanany. Nivolagna irô hoe: “Tanagna magnankory kara tanagna be iô?” ¹⁹ Nagnatsipy vovoko tamin'ny lohanany izy, abokô nihiaka mafy, nitomoagny, ary nisaogno nagnano hoe: “Loza, loza ho an'ny tanagna be nisy irô managna sambo andranomasigny izay lasa mpagnarivo avy tamin'ny hariagnanany. Tagnatin'ny lera araiky fo, robaka raha jiaby izegny.” ²⁰ “Mifalia aminany ry langitry, anarô olo masigny, anarô apostoly, ndraiky mpaminany fotony Andriamanitry nitondra fitsaragnany taminy noho ny aminarô!” ²¹ Anjely mafy araiky nangala vato karaha vato maventy abakô nagnatoraka izegny tagnaty ranomasigny, sady nivolagna hoe: “amin'izegny fomba izegny, Babylona, ilay tanagna maventy, harodagna arahigny hery setra, ary tsy ho hita eky.” ²² Ilay feo nataondrô lokanga mpitendry lamoiziky, mpitsotro sodigny ndraiky trompetra tsy ho regny aminao eky. Irô mpagnano asa tagnana isankarazany aminao ao tsy ho hita aminao ao eky. Tsy hisy feon'ny vato familezam-bary ho regny eky aminao. ²³ Ny fahazavagnan'ny jiro tsy hamirapiratra aminao ao eky. Irô feon'ny mpampakatra ndraiky hampakarigny tsy ho regny aminao ao eky, fa ny mpivarotronarô no andriagnan'ny tany, abakô irô firenena dia voafitaka tamin'ny famosaviagnanarô. ²⁴ Taminany tao baka nahitagna lion'ny maminany ndraiky olo masigny, ndraiky ny lion'olo jiaby voavono tambonin'ny tany.”

Chapter 19

¹ Tavafaran'ny raha aby izegny naharegny feo karaha feon'ny vahoaka maro tandangitry tagny zaha nagnano hoe: “Aleloia. Ny famonjiagna, ny voninahitry, ary ny hery dia ho an'Andriamanitrintsika.” ² Fitsaragnanany irô dia marigny sady mahitsy, fotony Izy nitsara mpivarotegna lehibe izay nagnaratsy ny tany tamin'ny fijangajangagnanany. Namaly lion'ny mpanomponany izay nalatsany Izy.” ³ Nivolagna fagnindroe koa irô hoe: “Aleloia! Ny tsemboko iô dia miakatra avy baka aminany mandrakizay doria.” ⁴ Irô lohologno efatra amby roapolo ndraiky irô raha managn'aigny efatra dia niankohoko ary nanompo an'Andriamanitry izay nipetraka tamin'ny sezy fiandrianagna. Nivolagna irô: “Amen. Aleloia!” ⁵ Boaka iô nisy feo niboaka avy tamin'ny sezy fiandrianagna, nivolagna hoe: “Deranarô ny Andriamanitrintsika, anarô mpanomponany jiaby, anarô mavoza Izy jiaby nany tsy manan-danja na ny matanjaka.” ⁶ Boaka iô naharegny feo karaha feon'olo maro, karaha firohondrohon'ny rano maro, ndraiky karaha filatsahan'ny korohogno mafy zaha, nagnano hoe: “Aleloia! Fa manjaka ny Tompo Andriamanitry izay manapaka amin'ny raha jiaby.” ⁷ Aoka atsika hifaly ary hiravoravo abakô hagnamia voninahitry Izy fotony tong any fampiakarambadin'ny Zanak'ondrikondriky, ary ny ampiakarigny efa niomagna. ⁸ Namiagna lalagna hagnano ankanjo rongony mangilatra ary madio izy” (Fa ny lamba rongony izegny dia asa marigny nataondrô olo masigny irô). ⁹ Ilay anjely nivolagna taminakahy hoe: “Sorata izao: sambatra irô izay nasaigny tamin'ny fetin'ny fampakarambadin'ny Zanakondrikondriky.” Nivolagna taminakahy koa izy hoe: “Teny marignin'Andriamanitry irô.” ¹⁰ Niankohoko tamin'ny tongotronany zaha mba hanompo izy, nivolagna taminakahy izy boaka iô: “Aza magnano izao! Fotony zaha dia mpiaraka manompo aminao ndraiky irô rahalahinao izay mitagna ny

fijoroagna vavolombelogo mikasiky Jesosy. Manompoa an'Andriamanitry, fa ny fijoroagna vavolombelogo mikasiky Jesosy dia ny fagnahin'ny faminaniagna.”¹¹ Abakô nahita ny langitry nisokatra zaha, abakô zaha nahita cheval fotsy. Ny mpitenginy izy nantsoviginy hoe: Mahatoky sady marigny. Amin'ny fahamarinagna no hitsarany ndraiky hiadiany.¹² Masonany karaha lelamotro, abakô amin'ny lohanany misy diadema maro. Managna agnaragna voasoratra aminany izay tsisy olo mahay izy afa tsy Izy edy Izy.¹³ Nagnano ankanjo lava izay najobo tamin'ny lio Izy, ary agnaragnanany dia nantsoviginy hoe: Ny Tenin'Andriamanitry.¹⁴ Irô tafiky ny langitry nagnaraka Izy tamin'ny cheval fotsy, nagnano ankanjo lamba rongony, fotsy sady madio.¹⁵ Abakô nisy meso marangitry avy tamin'ny vavanany, amin'izegy no hamilezany irô firenena, abakô hanapaka irô amin'ny tehigny vy Izy. Mandia amin'ny famiazagnan'ny helokon'Andriamanitry Tsitoha Izy.¹⁶ Managna agnaragna voasoratra amin'ny ankanjo lavanany amin'ny fenany Izy hoe: “Mpanjakandrô mpanjaka sy Tompondrô tompo.”¹⁷ Nahita anjely nitsangagna tamin'ny masoandro zaha. Nagnantso irô vorogno magnembagna ambony tamin'ny feo mafy hoe: “Avia, mivoria amin'ny fetiben'Andriamanitry.”¹⁸ Avia hihinagna ny nofotrondrô mpanjaka, ny nofotrondrô mpirariky tafiky, ny nofotrondrô lelahy matanjaka, ny nofotrondrô chevan ndraiky irô mpitenginy izy ary ny nofotro'ny lelahy jiaby, ny afaka ndraiky ny andevo, ny tsy manandanja ndraiky ny matanjaka.”¹⁹ Nahita ny bibidy ndraiky irô mpanjakan'ny tany niaraka tamin'ny tafikindrô zaha. Nivory irô mba heady amin'araiky mitenginy cheval ndraiky tafikinany.²⁰ Vosambotro bibidy iô ary niaraka taminany ny mpaminany sandoko izay nagnano famantaragna tagnatrehagnanany tiô. Tamin'ny famantaragna aby zegny baka no namitahany olo aby nandray mariky ny bibidy ndraiky irô izay nanompo sarinany. Boaka iô irô aroe natsipy velogno tagnaty matsaborin'ny motro mirehitry solifara.²¹ Lambiny tamindrô nivinogny tamin'ny sabatra izay niboaka avy tamin'ny vavan'araiky nitenginy cheval. Vorogno jiaby nihinagna nofotro manintsindrô.

Chapter 20

¹ Boaka iô nahita anjely nijotso avy tandangitry tagny zaha. Nanagna lakilen'ny lavaka tsy hita farany izy, ary nanagna rojo vy maventy tamin'ny tagnananany.² Nanambotra ilay dragogno izy, menarana taloha, ilay devoly na satana abakô nitadiany arivo taogno.³ Natsipiny tamin'ny lavaka tsy hita farany izy, boaka iô nafodiny lavaka izegy ary nasiany tombokase. Natao izegy nahatonga izy tsy hamitaka firenena maro eky mandrapahatapitryn'ny arivo taogno. Avafaran'izegy, tsy maintsy havotsotro agnatin'ny fotoagna hely izy.⁴ Boaka iô, nahita sezy fiandrianagna maro zaha. Nipetraka tamboniny tiô irô izay namiagna fahefagna hitsara. Nahita fagnahindrô nitapahan-doha noho ny fijoroagna vavolombelogo mikasiky Jesosy ndraiky noho ny tenin'Andriamanitry zaha. Tsy niankohoko tamin'ny bibidy na tamin'ny sarinany irô, abakô irô tsy nagneky ny handray mariky tamin'ny handrindrô na tamin'ny tagnandrô. Niova velogno indraiky koa irô ary nanjaka niaraka tamin'ny Kristy tagnatin'ny arivo taogno.⁵ Lambin'ny tamindrô maty tsy velogno mandrapahatapitry ny a rivo taogno. Izegy no fitsanganagna voalohany.⁶ Sambatra ary masigny irô olo managna anjara amin'ny fitsanganagna voalohany! Aminjegny tsy manankery ny fahafatesagna faharoe. Irô dia ho mpisorogon'Andriamanitry ndraiky Kristy ary hanjaka miaraka aminany agnatin'ny arivo taogno.⁷ Izy kofa tapitry ny arivo taogno, hivahagna amin'ny tramaizigny Satàna.⁸ Hiboaka izy mba hamitaka firenena maro amin'ny vazan-tany efatra: Goga ndraiky Magoga mba hitondra irô miaraka andeha amin'ny ady. Ho maro karaha alagnana amin'ny ranomasigny irô.⁹ Nanonga tambonin'ny tany lemaka irô abakô nagnodidiginy tobindrô olo masigny irô, ilay tanagna tiagna kanefa nisy motro nijotso boaka andangitry nandripaka irô.¹⁰ Ny devoly namitaka irô koa natsipy tamin'ny matsaborin'ny motro mirehitra solifara, toeragna izay hanipazagna ny bibidy ndraiky ny mpaminany sandoko. Ary hampijaliginy andro aman'aliginy mandrakizay irô.¹¹ Boaka iô nahita sezy fiandrianagna fotsy maventy ndraiky izay nipetraka tiô zaha. Tany ndraiky langitry nilefa fagnatrehagnanany, kanefa tsisy toeragna andihanagna irô.¹² Nahita ny maty zaha olo maventy ndraiky zaza nitsangagna talohan'ny sezy fiandrianagna, boaka iô nivilariginy ny boky. Nisy boky araiky nivilariginy – ny bokin'ny fiainagna. Nitsarainy araka raha voasoratra tamin'ny boky aby iô ny maty araka ny asandrô.¹³ Ny ranomasigny nagnaboaka izay maty taminany tao. Ny fahafatesagna ndraiky fiainantsihita koa nagnaboaka izay maty tamindrô, ary ny maty nitsarainy araka ny raha nataony.¹⁴ Ny fahafatesagna ndraiky ny fiainantsihita dia natsipy tamin'ny matsabory mirehitry motro. Izegy ny fahafatesagna faharoe dia ny matsabory mirehitry motro.¹⁵ Izy koa misy agnaragna tsy voasoratra amin'ny bokin'ny fiainagna, dia natsipy tamin'ny farihy mirehitry afo koa irô.

Chapter 21

¹ Avy iô nahita langitry vaovao ndraiky tany vaovao zaha, fa efa tsisy eky ny langitry voalohany ndraiky tany voalohany, abakô tsy nisy eky ny ranomasigny.² Hitako ilay tanàna masigny, Jerosalema vaovao nijotso avy tandangitry avy tamin'ny Andriamanitry, voamagna karaha ny ampakariginy nampitiraiginy ho an'ny vadiny.³ Naharegny feo mafy avy amin'ny sezy fiandrianagna zaha nivolagna hoe: “Indro! Amin'nolo nipitrahan'ny tabernakelin'Andriamanitry, ary hiaiginy miaraka amindrô izy. Holonany irô, abakô Andriamanitry koa hiaraka amindrô ary Izy ho Andriamanitrindrô.”⁴ Hamafa ranomaso jiaby amin'ny masondrô Izy, ary tsy hisy fahafatesagna eky, na tomoagny na fanaintegnagna. Efa lasa raha taloha.⁵ Araiky nipetraka tamin'ny sezy fiandrianagna nivolagna hoe: “Indro! Navaoziky raha jiaby.” Hoy Izy: “Sorata izao satria teny aby ireto matoky sady marigny.”⁶ Nivolagna taminakahy Izy hoe: “Efa vita raha jiaby irô! Zaha no Alpha ndraiky Omega, ilay fiandohagna ndraiky fiafaragna. Izay tihigiaka dia hamiako higiahiginy avy amin'ny

loharanon'ny fiainagna.⁷ Izay mandresy handova raha aby izegny, abakô Izaha ho Andriamanitritany, ary izy ho zanakanakahy.⁸ Irô hosa, tsy manam-pinoagna maharikoriko, mpamono olo, mpijangajanga, mpagnano aody, mpanompo sampy, ndraiky mpavandy dia ho agny amin'ny matsabory mirehity motro, solifara no fipitrahandrô. Izegny ny fahafatesagna faharoe.⁹ Nagnatogno zaha araiky tamindrô anjely fito irô, araiky nanagna lasety feno loza fito farany, nivolagna izy hoe: “ avia aty. Haboakako anao ilay hampiakarigny, ilay vadin'ny Zanak'ondrikondriky.”¹⁰ Avy iô nindosiny tamin'ny fagnahy tagny amin'ny bongo hambo zaha, boaka iô naboakany zaha ilay Jerosalema tanàna masigny nijotso avy agny andangitry avy amin'Andriamanitry.¹¹ Nanagna ny voninahitr'Andriamanitry i Jerosalema, abakô famirapiratagnanany karaha vatosoa sarobidy, karaha vato Kristaly jasy madio.¹² Managna riba hambo maventy miaraka amin'ny vavahady aroambin'ny folo izegny, niaraka tamin'ny anjely aroa ambin'ny folo tamin'ny vavahady aby iô. Taamin'ny vavahady aby irô no voasoratra ny aragnandrô foko aroa ambiny folon'ny zanak'Isiraely.¹³ Nisy vavahady telo tatsignianagna tiô, vavahady telo tavaratra tiô, vavahady telo koa tatsimo ary vavahady telo koa tandrefagna tiô.¹⁴ Nanagna fotro aroa ambin'ny folo ny riban'ny tanagna iô, ary tamin'izegny no nisy irô agnaragna aroa ambin'ny folon'ny Apostolin'ny Zanak'ondrikondriky.¹⁵ Araiky nikoragna taminakahy iô nanagna fandrifesagna volotara vita tamin'ny volamena mba handrifesagna ny tanàna, ny vavahadinany, ny ribanany.¹⁶ Iô tanàna iô managna endrika efajoro; mitovy ny andavany ndreky ampohiny. Nandrefy tanàna iô tamin'ny fandrifesagna volotara iô izy, aroa arivo stadio ny andavany (mitovy ny andavany ndraiky ampohiny ndraiky hambosagnanany.)¹⁷ Nandrefy riban'izegny koa izy, 114 hakiho izy koa amin'ny refin'olo (karaha izegny koa izy amin'ny refin'ny anjely.)¹⁸ Vita tamin'ny jasy ndraiky volamena tsy mifangaro iô riba iô karaha taratra madio.¹⁹ Fototron'ny riba iô koa voaravaka tamin'ny karazagna sarobidy jiaby. Jasy no voalohany, safira ny faharoe, kalkedona ny fahatelo, emeralda ny fahatelo, sardoniksa²⁰ ny fahadimy, karneola ny fahatsota, krysolita ny fahafito, berila ny fahavalo, topaza ny fahasivy, krysopraso ny fahafolo, Jacinta ny faharaiky ambin'ny folo, ametista ny fahaaroa ambinifolo.²¹ Ny vavahady aroa ambin'ny folo dia vatosoa aroa ambin'ny folo; vita tamin'ny vatosoa araiky ny tsaraiky araiky amin'ny vavahady aby iô. Lalam-be tantanagna tiô dia volamena tsy mifangaro karaha taratra mangarahara.²² Tsy nahita tempoly tantanaga tiô zaha fotony Tompo Andriamanitry Tsitoha ndraiky Zanak'ondrikondriky no Tempoly.²³ Tsy nila masoandro na fanjava iô tanàna iô hamirapiratra aminany fotony ny voninahitr'Andriamanitry dia namirapiratra taminany, ary Zanak'ondrikondriky iô no jiro amin'izegny.²⁴ Handeha amin'ny fazavagnan'izegny tanàna izegny irô firenena. Ny mpanjakan'ny tany irô hitondra ny fahatsaragnandrô ho amin'izegny. (Fagnamarihagna: ny antontan-taratasy taloha sasany vakigny hoe: Irô firenena izay voavonjy dia handeha amin'ny fahazavagnan'izegny tanàna izegny.)²⁵ Tsy hifody ny vavahadin'izegny mandritra ny andro, abakô tsy hisy aligny agny.²⁶ Hitondra fahatsaragnanany ndraiky hajandrô firenena amin'izegny irô,²⁷ ary tsy hisy maloto hihiditry amin'izegny eky. Tsy hisy na azovy na azovy hagnano raha mahamengatra na mavandy hihiditry ao, irô voasoratra agnaragna amin'ny bokin'ny zanak'ondrin'ny fiainagna fo.

Chapter 22

¹ Boaka iô naboakan'ny anjely zaha ny matsaborin'ny fiainagna, madio karaha kristaly. Nikoriagna avy agny amin'ny sezy fiandrianagnan'Andriamanitry ndraiky Zanak'ondrikondriky² mamakivaky agnivon'ny lalagnan'ny tanàna. Abakô, sisin'ny aroe amin'ny matsabory iô dia samby misy kakazon'ny fiainagna, mamaoa karazagna tegnany aroa ambin'ny folo, mamao isaka fanjava. Ravin'ny kakazo izegny natao hagnajangagna firenena jiaby.³ Kay tsisy eky ny ho voaozogno. Ny sezy fiandrianagnan'Andriamanitry ndraiky Zanak'ondrikondriky dia ho amin'iô tanagna iô, abakô irô mpanomponany dia hanompo Izy.⁴ Hahita soranany irô, abakô Agnarany dia ho amin'ny amin'ny laharandrô.⁵ Kay tsy hisy aligny eky; tsy hila fahazavagnan'ny jiro na masoandro eky irô fotony ny Tompo Andriamanitry no hazava amindrô. Ary hanjaka mandrakizay doria irô.⁶ Nivolagna taminakahy ilay anjely hoe: “ Azo atokisagna irô teny aby irô sady marigny. Ny Tompo, Andriamanitritrô fagnahindrô mpaminany dia nagnandefa anjenany mba hagnaboaka ny raha tsy maintsy hitranga tsy ho ela amindrô mpanomponany.”⁷ Indrô! Efa mariny ny fiaviagnanakahy, sambatra izay mankato ny tenin'ny faminaniagna amin'ny boky ity.⁸ Zaha, Jaona, naharegny sady nahita raha aby iô. Zaha kofa naharegny sady nahita izegny zaha, niankohoko tamin'ny tondron'iô anjely iô zaha hidera izy, iô anjely nagnaboaka zaha raha aby iô.⁹ Nivolagna taminakahy izy: “Aza magnano izegny! Mpanompo mananao miaraka aminao zaha, miaraka amindrô mpaminany rahalahinao, ary miaraka amindrô izay mankato ny tenin'ny boky ity. Miderà Andriamanitry!”¹⁰ Nivolagna taminakahy koa izy: “Aza asiagna tombokase ny tenin'ny faminaniagna amin'ny boky ity, fotony efa mariny ny andro.”¹¹ Izay magnano ny tsy marigny, ambilà izy mbola hanohy tsy fahamarinagna. Izay maloto fiainagna, ambilà izy hanohy fiainagna malotonany. Izay marigny, ambilà izy hanohy ny fanaovagna ny marigny. Izay masigny ambilà izy hanohy fahamasinagnanany.”¹² “Indrô, efa mariny ny fiaviagnanakahy. Miaraka aminakahy ny valisoanakahy mba hamaliako ny tsy araiky araiky araka raha nataony.”¹³ Zaha no Alpha ndraiky Omega, ny voalohany ndraiky farany, ny fiandohagna ndraiky fiaragna.¹⁴ Sambatra irô izay manasa ankanjondrô mba hahazo lalagna hihinagna avy amin'ny kakazon'ny fiainagna ndraiky hihiditry amin'ny tanàna avy amin'ny vavahady. (Fagnamarihagna: Raha tokony: “Sambatra irô izay manasa akanjondrô” irô antontan-taratasy hafa taloha vakigny hoe: sambatra irô izay magnano didinany.)”¹⁵ Fa ambelagna agny irô fandroaka, irô olo mpagnano aody, mpijangajanga, mpamono olo, irô olo mpanompo sampy ndraiky irô jiaby tia mavandy ndraiky mpavandy.¹⁶ Zaha, Jesosy dia nagnandefa anjelinakahy hagnambara aminarô raha aby irô ho anarô fiangonagna. Zaha no fakany ndraiky taranakan'i Davida, lakintagna mamirapiratra amin'ny mandraigny.¹⁷ Ny

Fagnahy ndraiky ny ampakarigny mivolagna hoe: “Avia!” Aoka izay maharegny hivolagna hoe: “Avia!” Na azovy na azovy tihigiaka, aoka izy hagnatogno, ary na azovy na azovy magniry izegny, aoka izy hahazo maimaimpoagna ny ranon’ny fiainagna.¹⁸ Zaha dia magnambara amin’izay maharegny faminaniagna amin’ny boky ity: “Izy koa misy magnampy izegny, Andriamanitry hagnampy loza ho azy.¹⁹ Izy koa misy magnadoso ny teny faminaniagna amin’ny boky ity, Andriamanitry koa hagnadoso anjaranany amin’ny kakazon’ny fiainagna ndraiky tanàgna masigny izay voasoratra agnatin’ny boky ity.” (Fagnamarihagna: ny antontan-taratasy taloha dia vakigny hoe: “Andriamanitry hagnadoso anjaranany amin’ny bokin’ny fiainagna ndraiky amin’ny tanàgna masigny izay voasoratra amin’ny boky ity.”)²⁰ Izaho raha nivolagnin’ny araiky nagnambara raha aby iô: “Te! Efa mariny ny fitiaviagnanakahy.” Amen! Tongava, ry Tompo Jesosy!²¹ Ho an’ny olo masigny anie ny fahasovagnan’i Tompo Jesosy. Amen.